Taratasin’i Mompera Chevrier

⇒ Taratasin’i Mompera Chevrier

⇒ Ireo vanim-potoana nisongadina teo amin’ny fiainan’i Antoine Chevrier

⇒ Taratasy ho an’ny fianakaviany 1847-1877

- Ho an’i Ramatoakely Annette Frechet (Nenitoa)
  - 1 (1) Ho an’i Ramatoakely Annette Frechet (Nenitoa)
- Ho an-dRamatoa… (Ranabavy)
  - 2 (2) Ho an-dRamatoa… (Ranabavy)
- Ho an’Andriamatoa Chevrier (Dadatoa)
  - 3 (3) Ho an’Andriamatoa Chevrier (Dadatoa)
- Ho an’Andriamatoa Chevrier (Ray)
  - 4 (4) Ho an’Andriamatoa Chevrier (Père)
- Ho an’Andriamatoa Thévenon Peigner
  - 5 (5) Ho an’Andriamatoa Thévenon Peigner
- Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)
  - 6 (6) [1] Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)
  - 7 (7) [2] Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)
  - 8 (8) [3] Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)

Taratasy avy Saint André sy ny Cité 1855-1860

- Ho an’Andriamatoa Francisque Convert
  - 9 (9) [1] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert
  - 10 (10) [2] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert
  - 11 (11) [3] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert
  - 12 (12) [4] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert
  - 13 (13) [5] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert
- Ho an-dRamatoa Genoux
  - 14 (14) Ho an-dRamatoa Genoux

- Ho an’Andriamatoa Paul du Bourg
  - 15 (535) Ho an’Andriamatoa Paul du Bourg
- An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 16 (15) [1] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 17 (16) [2] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 18 (17) [3] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 19 (18) [4] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 20 (19) [5] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 21 (20) [6] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 22 (21) [7] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 23 (22) [8] An’Andriamatoa Camille Rambaud
  - 24 (553) Ho an-dRamatoa (La Tour du Pin)

⇒ Taratasy Ho an’ny pretra sy ny seminarista 1864-1878

- An’i Mômpera Freyd Supérieur du Séminaire Français à Rome
  - 25 (555) An’i Mômpera Freyd Supérieur du Séminaire Français à Rome
- Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 26 (23) [1] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 27 (24) [2] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 28 (25) [3] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 29 (26) [4] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 30 (27) [5] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 31 (28) [6] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 32 (29) [7] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 33 (30) [8] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 34 (31) [9] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 35 (32) [10] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 36 (33) [11] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 37 (34) [12] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 38 (35) [13] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 39 (36) [14] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 40 (37) [15] Ho an'i L'Abbé Bernerd
  - 41 (38) [16] Ho an'i L'Abbé Bernerd

- 42 (39) [17] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 43 (40) [18] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 44 (41) [19] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 45 (42) [20] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 46 (43) [21] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 47 (44) [22] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 48 (45) [23] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 49 (46) [24] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 50 (47) [25] Ho an'i L'Abbé Bernerd
- 51 (48) [46] Ho an'i L'Abbé Bernerd

- Ho an'i L'Abbé Gourdon
  - 52 (49) [1] Ho an'i L'Abbé Gourdon
  - 53 (50) [2] Ho an'i L'Abbé Gourdon
  - 54 (51) [3] Ho an'i L'Abbé Gourdon
  - 55 (52) [4] Ho an'i L'Abbé Gourdon
  - 56 (53) [5] Ho an'i L'Abbé Gourdon
  - 57 (54) [6] Ho an'i L'Abbé Gourdon
- Hoan'Andriamatoa...
  - 58 (539) Hoan'Andriamatoa...
- Hoan'Andriamatoa...
  - 59 (540) [1] Ho an'Andriamatoa…
  - 60 (541) [2] Ho an'Andriamatoa…
- Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 61 (64) [1] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 62 (65) [2] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 63 (66) [3] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 64 (67) [4] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 65 (68) [5] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 66 (69) [6] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 67 (70) [7] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 68 (71) [8] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
  - 69 (72) [9] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

- 70 (73) [10] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
- 71 (74) [11] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
- 72 (75) [12] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)
- 73 (76) [13] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

- Ho an'Andriamatoa Abbé Martinet
  - 74 (59) Ho an'Andriamatoa Abbé Martinet
- Ho an'Andriamatoa Abbé Dutel
  - 75 (55) [1] Ho an'Andriamatoa Abbé Dutel
  - 76 (56) [2] Ho an'Andriamatoa Abbé Dutel
- Ho an'ny gropy misy ireo seminarista efatra Broche, Delorme, Duret, Farissier
  - 77 (111) Ho an'i Claude Farissier
  - 78 (112) Ho an'i Claude Farissier
  - 79 (124) Ho an'i Nicolas Delorme
  - 80 (100) Ho an'i François Duret
  - 81 (125) Ho an'Andriamatoa Delorme
  - 82 (538) Ho an’ireo Seminarista efatra ao Alix
  - 83 (89) Ho an'i Jean Broche ao Alix
  - 84 (126) Ho an’i Nicolas Delorme
  - 85 (90) Ho an'i Jean Broche
  - 86 (113) Ho an'i Claude Farissier
  - 87 (101) Ho an'i François Duret
  - 88 (91) Ho an'i Jean Broche
  - 89 (114) Ho an'i Claude Farissier
  - 90 (127) Ho an'i Nicolas Delorme
  - 91 (102) Ho an'i François Duret
  - 92 (103) Ho an’i François Duret
  - 93 (92) Ho an’i Jean Broche
  - 94 (104) Ho an’i François Duret
  - 95 (93) Ho an’Andriamatoa Broche, Farissier, Delorme
  - 96 (104 bis) Ho an'Andriamatoa Duret
  - 97 (128) Ho an’i Nicolas Delorme
  - 98 (129) Ho an’i Nicolas Delorme

- 99 (130) Ho an’i Nicolas Delorme
- 100 (94) Ho an’i Jean Broche
- 101 (131) Ho an’i Nicolas Delorme
- 102 (115) Ho an’i Claude Farissier
- 103 (105) Ho an’i François Duret
- 104 (95) Ho an’i Jean Broche
- 105 (132) Ho an’i Nicolas Delorme
- 106 (537) Ho an’ireo seminarista efatra
- 107 (133) Ho an'Andriamatoa Abbé Delorme
- 108 (156) Ho an'ny iray amin'ireo seminarista efatra
- 109 (134) Ho an'i Nicolas Delorme
- 110 (135) Ho an'i Nicolas Delorme
- 111 (136) Ho an'i Nicolas Delorme
- 112 (137) Ho an’i Nicolas Delorme
- 113 (96) Ho an'i Jean Broche
- 114 (97) Ho an’i Jean Broche
- 115 (106) Ho an’i François Duret
- 116 (107) Ho an’i François Duret
- 117 (116) Ho an'i Claude Farissier
- 118 (108) Ho an'i François Duret
- 119 (98) Ho an'Andriamatoa Jean Broche
- 120 (99) Ho an'i Jean Broche
- 121 (117) Ho an'i Claude Farissier

- Ho an'Andriamatoa l'Abbe Ardaine
  - 122 (57) Ho an'Andriamatoa l'Abbe Ardaine
- Ho an'Andriamatoa Abbé...
  - 123 (536) Ho an'Andriamatoa Abbé...
- Ho an'Andriamatoa l'Abbé Favier
  - 124 (155) Ho an'Andriamatoa l'Abbé Favier
- Ho an'i Maurice Daspres, Leon Ferrat, seminarista
  - 125 (139) Ho an'i Maurice Daspres
  - 126 (140) Ho an'i Maurice Daspres

    - 127 (148) Ho an’i Léon Ferrat
    - 128 (141) Ho an'i Maurice Daspres
    - 129 (142) Ho an’i Maurice Daspres
    - 130 (143) Ho An'i Maurice Daspres
    - 131 (144) Ho an'i Maurice Daspres
    - 132 (145) Ho an'i Maurice Daspres
    - 133 (146) Ho an'i Maurice Dasprès
    - 134 (147) Ho an’i Maurice Daspres
    - 135 (149) Ho an'i Léon Ferrat
- Ho an’i Wilhelm Antoni
    - 136 (150) [1] Ho an’i Wilhelm Antoni
    - 137 (151) [2] Ho an’Andriamatoa Wilhelm Antoni
    - 138 (152) [3] Ho an’i Wilhelm Antoni
- Ho an’Andriamatoa L’Abbé Marcoux
    - 139 (157) Ho an’Andriamatoa L’Abbé Marcoux
- Ho an’i… seminarista
    - 140 (158) Ho an’i… seminarista
- Ho an'i...
    - 141 (153) Ho an'i...
- Ho an'i Jean-Claude Jaricot, Pretra
    - 142 (77) [1] Ho an'i Jean-Claude Jaricot
    - 143 (78) [2] Ho an'i Jean-Claude Jaricot
    - 144 (79) [3] Ho an'i Jean-Claude Jaricot
    - 145 (80) [4] Ho an'i R.P. Jaricot
    - 146 (81) [5] Ho an’i R.P Jaricot
    - 147 (82) [6] Ho an'i Jean-Claude Jaricot
    - 148 (83) [7] Ho an'i Jean Claude Jaricot
    - 149 (84) [8] Ho an’i R. P. Jaricot
    - 150 (85) [9] Ho an’i Rév. P. Jaricot
    - 151 (86) [10] Ho an’i R. P. Jaricot
    - 152 (87) [11] Ho an’i R. P. Jaricot
    - 153 (88) [12] Ho an’i R. P. Jaricot

- Ho an'ireo pretra efatra voalohany ao amin'ny Prado : Broche, Delorme, Duret, Farisier.
  - 154 (118) Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier
  - 155 (119) Ho an’i Claude Farissier
  - 156 (120) Ho an’Andriamatoa L’Abbé Farissier
  - 157 (109) Ho an’i François Duret
  - 158 (121) Ho an’Andriamatoa Abbé Farissier
  - 159 (110) Ho an’i François Duret
  - 160 (122) Ho an’i Andriamatoa L’Abbé Farissier
  - 161 (123) Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier
  - 162 (138) Ho an'i Nicolas Delorme
- Ho an'ireo manam-pahefana mpitondra fiangonana
  - 163 (58) Ho an'i Mompera Bruno, Capucin
  - 164 (60) Ho an'Andriamatoa Orcel, Vicaire général
  - 165 (524) Taratasin'Atoa Orcel, nadikan'i Mompera Chevrier
  - 166 (534) Ho an'Atoa... Vicaire général
  - 167 (61) Ho an'Atoa Pagnon, Vicaire Général
  - 168 (62) Ho an'i Mgr Thibaudier, Evêkan'ny Sidonie ao Lyon
  - 169 (63) Kopian'ny taratasy nosoratan'i Mgr Thibaudier

Taratasy ho an’ny Maseran’ny Prado 1859-1879

- Ho an’i Masera Marie
  - 170 (159) [1] Ho an’i Masera Marie
  - 171 (160) [2] Ho an’i Masera Marie
  - 172 (161) [3] Ho an’i Masera Marie
  - 173 (162) [4] Ho an’i Masera Marie
  - 174 (163) [5] Ho an’i Masera Marie
  - 175 (164) [6] Ho an’i Masera Marie
  - 176 (165) [7] Ho an’i Masera Marie
  - 177 [166] [8] Ho an’i Masera Marie
- Ho an’i Masera Véronique
  - 178 (228) [1] Masera Véronique
  - 179 (229) [2] Masera Véronique

- 180 (230) [3] Masera Véronique
- 181 (231) [4] Masera Véronique
- 182 (232) [5] Ho an'i Masera Véronique
- 183 (233) [6] Ho an'i Masera Véronique
- 184 (234) [7] Ho an'i Masera Véronique
- 185 (235) [8] Ho an'i Masera Véronique
- 186 (236) [9] Ho an'i Masera Véronique
- 187 (237) [10] Ho an'i Masera Véronique
- 188 (238) [11] Ho an'i Masera Véronique
- 189 (239) [12] Ho an'i Masera Véronique
- 190 (240) [13] Ho an'i Masera Véronique
- 191 (241) [14] Ho an'i Masera Véronique

- Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 192 (167) [1] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 193 (167 bis) [2] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 194 (168) [3] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 195 (169) [4] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 196 (170) [5] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 197 (171) [6] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 198 (172) [7] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 199 (173) [8] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 200 (174) [9] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 201 (175) [10] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 202 (176) [11] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 203 (177) [12] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 204 (178) [13] Ho an'i Masera Thérèse Brun
  - 205 (179) [14] Ho an'i Masera Thérèse Brun
- Ho an'i Masera Claire
  - 206 (180) [1] Ho an'i Masera Claire
  - 207 (181) [2] Ho an'i Masera Claire
  - 208 (182) (3) Ho an'i Masera Claire
  - 209 (183) [4] Ho an'i Masera Claire

- 210 (184) [5] Ho an’i Masera Claire
- 211 (185) [6] Ho an’i Masera Claire
- 212 (186) [7] Ho an’i Masera Claire
- 213 (187) [8] Ho an’i Masera Claire
- 214 (188) [9] Ho an’i Masera Claire
- 215 (189) [10] Ho an’i Masera Claire
- 216 (190) [11] Ho an’i Masera Claire
- 217 (191) [12] Ho an’i Masera Claire
- 218 (192) [13] Ho an’i Masera Claire
- 219 (193) [14] Ho an’i Masera Claire
- 220 (194) [15] Ho an’i Masera Claire
- 221 (195) [16] Ho an’i Masera Claire
- 222 (196) [17] Ho an’i Masera Claire
- 223 (197) [18] Ho an’i Masera Claire
- 224 (198) [19] Ho an’i Masera Claire
- 225 (199) [20] Ho an’i Masera Claire
- 226 (200) [21] Ho an’i Masera Claire
- 227 (201) [22] Ho an’i Masera Claire
- 228 (202) [23] Ho an’i Masera Claire
- 229 (203) [24] Ho an’i Masera Claire
- 230 (204) [25] Ho an’i Masera Claire
- 231 (205) [26] Ho an’i Masera Claire
- 232 (206) [27] Ho an’i Masera Claire
- 233 (207) [28] Ho an’i Masera Claire
- 234 (208) [29] Ho an’i Masera Claire
- 235 (209) [30] Voadin’ny Masera Claire
- 236 (209 bis) [31] Ho an’i Masera Claire
- 237 (210) [32] Ho an’i Masera Claire
- 238 (211) [33] Ho an’i Masera Claire
- 239 (212) [34] Ho an’i Masera Claire
- 240 (212 bis) [35] Ho an’i Masera Claire
- 241 (213) [36] Ho an’i Masera Claire

- 242 (213 bis) [37] Ho an’i Masera Claire
- 243 (214) [38] Ho an’i Masera Claire
- 244 (215) [39] Ho an’i Masera Claire
- 245 (216) [40] Ho an’i Masera Claire (erreur traduction)
- 246 (217) [41] Ho an’i Masera Claire
- 247 (218) [42] Ho an’i Masera Claire
- 248 (219) [43] Ho an’i Masera Claire
- 249 (220) [44] Ho an’i Masera Claire
- 250 (221) [45] Ho an’i Masera Claire
- 251 (222) [46] Ho an’i Masera Claire
- 252 (223) [47] Ho an’i Masera Claire
- 253 (224) [48] Ho an’i Masera Claire
- 254 (225) [49] Ho an’i Masera Claire
- 255 (226) [50] Ho an’i Masera Claire
- 256 (227) [51] Ho an’i Masera Claire

- Ho an'i Masera Gabriel
  - 257 (242) [1] Ho an'i Masera Gabriel
  - 258 (243) [2] Ho an'i Masera Gabriel
  - 259 (244) [3] Ho an'i Masera Gabriel
  - 260 (245) [4] Ho an'i Masera Gabriel
  - 261 (246) [5] Ho an'i Masera Gabriel
- Ho an'i Masera Elizabeth
  - 262 (247) Ho an'i Masera Elizabeth
- Ho an'i Masera Hyacinthe
  - 263 (248) Ho an'i Masera Hyacinthe
- Ho an-dRamatoakely Marie Tripier
  - 264 (249) Ho an-dRamatoakely Marie Tripier
- Ho an'ireo ankizivavikely - Kôminiô voalohany
  - 265 (250) Ho an'ireo ankizivavikely ny Kôminiô voalohany

Taratasy Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard 1860-1878

- Taratasy Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

- 266 (251) [1] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 267 (252) [2] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 268 (253) [3] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 269 (254) [4] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 270 (255) [5] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 271 (256) [6] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 272 (257) [7] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 273 (258) [8] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard / vérifier de près les lettres 273 à 286 qui n'ont pas eu de première relecture et que j'ai saisies moi-même car elles avaient été oubliées
- 274 (259) [9] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 275 (260) [10] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 276 (261) [11] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 277 (262) [12] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 278 (263) [13] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 279 (264) [14] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 280 (265) [15] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 281 (266) [16] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 282 (267) [17] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 283 (268) [18] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 284 (269) [19] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 285 (270) [20] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 286 (271) [21] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard
- 287 (272) [22] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Taratasin' ny « direction » 1862-1878

- Ho an'ny fianakavian'i Velly
  - 288 (435) Ho an'Andriamatoa Velly
  - 289 (436) Masera Marie St André
  - 290 (437) Masera Marie St André
- Ho an'i Ramatoa Franchet
  - 291 (273) [1] Ho an'i Ramatoa Franchet
  - 292 (274) [2] Ho an'i Ramatoa Franchet

- 293 (275) [3] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 294 (276) [4] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 295 (277) [5] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 296 (278) [6] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 297 (279) [7] Ho an’i Ramatoa Franchet

- Relire avec attention ces lettres 298 à 307 qui manquaient, que j’ai saisies et qui n’ont pas été relues
  - 298 (280) [8] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 299 (281) [9] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 300 (282) [10] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 301 (283) [11] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 302 (284) [12] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 303 (285) [13] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 304 (286) [14] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 305 (287) [15] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 306 (288) [16] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 307 (289) [17] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 308 (290) [18] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 309 (291) [19] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 310 (292) [20] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 311 (293) [21] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 312 (294) [22] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 313 (295) [23] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 314 (296) [24] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 315 (297) [25] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 316 (298) [26] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 317 (299) [27] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 318 (300) [27] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 319 (301) [29] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 320 (302) [30] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 321 (303) [31] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 322 (304) [32] Ho an’i Ramatoa Franchet
  - 323 (304) [33] Ho an’i Ramatoa Franchet

- 324 (306) [34] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 325 (307) [35] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 326 (308) [36] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 327 (309) [37] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 328 (310) [38] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 329 (311) [39] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 330 (312) [40] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 331 (313) [41] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 332 (314) [42] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 333 (315) [43] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 334 (316) [44] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 335 (317) [45] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 336 (318) [46] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 337 (319) [47] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 338 (320) [48] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 339 (321) [49] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 340 (322) [50] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 341 (323) [51] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 342 (324) [52] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 343 (325) [53] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 344 (325) [54] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 345 (327) [55] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 346 (328) [56] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 347 (329) [57] Ho an’i Ramatoa Franchet (traduction manquante)
- Pas été traduit
- 348 (330) [58] Ho an’i Ramatoa Franchet
- 349 (331) [59] Ho an’i Ramatoa Franchet

- Ho an-dRamatoakely Marie
  - 350 (545) Ho an-dRamatoakely Marie
- Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine
  - 351 (438) [1] Ho an’i Masera Séraphine
  - 352 (439) [2] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine

    - 353 (440) [3] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine
    - 354 (441) [4] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine
    - 355 (442) [5] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine
    - 356 (443) [6] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine
- Ho an-dRamatoa Perraud
    - 357 (415) [1] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 358 (416) [2] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 359 (417) [3] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 360 (418) [4] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 361 (419) [5] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 362 (420) [6] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 363 (421) [7] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 364 (422) [8] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 365 (423) [9] Ho an-dRamatoa Perraud
    - 366 (424) [10] Ho an-dRamatoa Perraud
- Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 367 (363) [1] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 368 (364) [2] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 369 (365) [3] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 370 (366) [4] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 371 (367) [5] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 372 (368) [6] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 373 (369) [7] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 374 (370) [8] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 375 (371) [9] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 376 (372) [10] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 377 (373) [11] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 378 (374) [12] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 379 (375) [13] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 380 (376) [14] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 381 (377) [15] Ho an-dRamatoakely Grivet
    - 382 (378) [16] Ho an-dRamatoakely Grivet

- 383 (379) [17] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 384 (380) [18] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 385 (381) [19] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 386 (382) [20] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 387 (383) [21] Ho an-dRamatoakely Grivet / vérifier traduction faite par moi surlignée en jaune
- 388 (384) [22] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 389 (385) [23] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 390 (386) [24] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 391 (387) [25] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 392 (388) [26] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 393 (389) [27] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 394 (390) [28] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 395 (391) [29] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 396 (392) [30] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 397 (393) [31] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 398 (394) [32] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 399 (395) [33] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 400 (396) [34] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 401 (397) [35] Ho an-dRamatoakely Grivet
- 402 (398) [36] Ho an-dRamatoakely Grivet

- Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 403 (445) [1] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 404 (446) [2] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 405 (447) [3] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 406 (448) [4] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 407 (449) [5] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 408 (450) [6] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 409 (451) [7] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 410 (452) [8] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 411 (453) [9] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 412 (454) [16] Ho an-dRamatoakely Tamisier
  - 413 (455) [11] Ho an-dRamatoakely Tamisier

- 414 (456) [12] Ho an-dRamatoakely Tamisier
- 415 (457) [13] Ho an-dRamatoakely Tamisier
- 416 (458) [14] Ho an-dRamatoakely Tamisier
- 417 (459) [15] Ho an-dRamatoakely Tamisier
- 418 (460) [16] Ho an-dRamatoakely Tamisier
- 419 (461) [17] Ho an-dRamatoakely Tamisier
- 420 (462) [18] Ho an-dRamatoakely Tamisier

- Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 421 (332) [1] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 422 (333) [2] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 423 (334) [3] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 424 (335) [4] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 425 (336) [5] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 426 (337) [6] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 427 (338) [7] Ho an-Ramatoakely de Marguerie / vérifier +++ traduction faite par moi phrase en jaune
  - 428 (339) [8] Ho an-Ramatoakely de Marguerie / vérifier +++ traduction faite par moi phrase en jaune
  - 429 (340) [9] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 430 (341) [10] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 431 (342) [11] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 432 (343) [12] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 433 (344) [13] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 434 (345) [14] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 435 (346) [15] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 436 (347) [16] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 437 (348) [17] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 438 (349) [18] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 439 (350) [19] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 440 (351) [20] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 441 (352) [21] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 442 (353) [22] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 443 (354) [23] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
  - 444 (355) [24] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

    - 445 (356) [25] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
    - 446 (357) [26] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
    - 447 (358) [27] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
    - 448 (359) [28] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
    - 449 (360) [29] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
    - 450 (361) [30] Ho an-Ramatoakely de Marguerie / Vérifier traduction surlignée en jaune et faite par moi
    - 451 (362) [31] Ho an-Ramatoakely de Marguerie
- Ho an-dRamatoakely Roche
    - 452 (463) Ho an-dRamatoakely Roche
- Ho an-dRamatoa Mathieu
    - 453 (427) [1] Ho an-dRamatoa Mathieu
    - 454 (428) [2] Ho an-dRamatoa Mathieu
    - 455 (429) [3] Ho an-dRamatoa Mathieu
- Ho an-dRamatoakely Fournet
    - 456 (464) [1] Ho an-dRamatoakely Fournet
    - 457 (465) [2] Ho an-dRamatoakely Fournet
- Ho an-dRamatoa Guillet
    - 458 (466) Ho an-dRamatoa Guillet
- Ho an’i Masera Marie de Saint Raphaël
    - 459 (468) Ho an’i Masera Marie de Saint Raphaël
- Ho an-dRamatoa Balmon Ferrière
    - 460 (469) [1] Ho an-dRamatoa Balmon Ferrière
    - 461 (470) [2] Ho an-dRamatoa Balmon Ferrière
- Ho an-dRamatoakely Chambard
    - 462 (471) [1] Ho an-dRamatoakely Chambard
    - 463 (472) [2] Ramatoakely Philibert Chambard
    - 464 (473) Ramatoakely talen’ny « Œuvre des peigneuses »
- Ho an-dRamatoakely Gauthier (Ramatoa Chion)
    - 465 (467) Ho an-dRamatoakely Gauthier (Ramatoa Chion
- Ho an-dRamatoa …
    - 466 (444) Ho an-dRamatoa …
- Ho an-dRamatoa …

- 467 (477) Ho an-dRamatoa …
- Ho an-dRamatoa …
  - 468 (474) [1] Ho an-dRamatoa …
  - 469 (475) [2] Ho an-dRamatoa …
  - 470 (476) [3] Ho an-dRamatoa …
- Anatra fohy
  - 471 (478)
  - 472 (554)

⇒ Taratasy ho an'ireo mpanao soa sy ireo naman'ny Prado. 1863-1878

- Ho an'Andriamatoa Sellier
  - 473 (542) Ho an'Andriamatoa Sellier
- Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Hallot
  - 474 (547) [1] Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Hallot
  - 475 (399) [2] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 476 (400) [3] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 477 (401) [4] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 478 (402) [5] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 479 (403) [6] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 480 (404) [7] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 481 (405) [8] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 482 (406) [9] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 483 (407) [10] Ho an-dRamatoa Hallot
  - 484 (546) [11] Ho an-dRamatoa Hallot
- Ho an'ny fianakaviana Avout
  - 485 (525) [1] Ho an'ny fianakaviana Avout
  - 486 (526) [2] Ho an'ny fianakaviana Avout
  - 487 (527) [3] Ho an'ny fianakaviana Avout
  - 488 (528) [4] Ho an'ny fianakaviana Avout
  - 489 (529) [5] Ho an'ny fianakaviana Avout
  - 490 (530) [6] Ho an'ny fianakaviana Avout
- Ho an'Andriamatoa Revol
  - 491 (503) Ho an'Andriamatoa Revol

- Ho an’Andriamatoa sy Ramatoa Servan
  - 492 (413) [1] Ho an’Andriamatoa sy Ramatoa Servan
  - 493 (414) [2] Ho an’Andriamatoa sy Ramatoa Servan
- Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier
  - 494 (408) [1] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier
  - 495 (409) [2] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier
  - 496 (410) [3] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier
  - 497 (411) [4] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier
  - 498 (412) [5] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier
- Ho an’ny Dokotera Dubuisson-Christol
  - 499 (504) Ho an’ny Dokotera Dubuisson-Christol
- Ho an-dRamatoa Félissant
  - 500 (430) Ho an-dRamatoa Félissant
- Ho an-dRamatoa Legendre
  - 501 (505) Ho an-dRamatoa Legendre
- Ho an’Andriamatoa Ramel
  - 502 (506) Ho an’Andriamatoa Ramel
- Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy, Solombavambahoaka, Jura
  - 503 (548) [1] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy
  - 504 (549) [2] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy
  - 505 (550) [3] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy
  - 506 (551) [4] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy
  - 507 (552) [5] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy
- Ho an-dRamatoa Crouzier
  - 508 (508) [1] Ho an-dRamatoa Crouzier
  - 509 (509) [2] Ho an-dRamatoa Crouzier
- Ho an’Andriamatoa Vial
  - 510 (521) Ho an’Andriamatoa Vial
- Ho an-dRamatoakely de Foulquier
  - 511 (431) [1] Ho an-dRamatoakely de Foulquier
  - 512 (432) [2] Ho an-dRamatoakely de Foulquier
  - 513 (433) [3] Ho an-dRamatoakely de Foulquier

- 514 (434) [4] Ho an-dRamatoakely de Foulquier
- Ho an’ny fianakaviana de Murard
  - 515 (533) [1] Ho an’ny fianakaviana de Murard
  - 516 (512) [2] Ho an’ny fianakaviana de Murard
  - 517 (513) [3] Ho an’ny fianakaviana de Murard
- Ho an-dry Ramatoakely Dussigne
  - 518 (425) [1] Ho an-dry Ramatoakely Dussigne
  - 519 (426) [2] Ho an-dry Ramatoakely Dussigne
- Ho an-dRamatoakely Rousset
  - 520 (522) Ho an-dRamatoakely Rousset
- Ho any Masera…
  - 521 (543) Ho any Masera…
- Ho an-dRamatoa…
  - 522 (523) Ho an-dRamatoa…
- Ho an-dRamatoa…
  - 523 (514) Ho an-dRamatoa…
- Ho an’Andriamatoa
  - 524 (515) Ho an’Andriamatoa
- Ho an’Andriamatoa Jannez
  - 525 (516) [1] Ho an’Andriamatoa Jannez
  - 526 (517) [2] Ho an’Andriamatoa Jannez
- Ho an-dRamatoa Cartier
  - 527 (507) Ho an-dRamatoa Cartier
- Ho an-dRamatoakely Chaine
  - 528 (511) Ho an-dRamatoakely Chaine
- Ho an’i Dokotera Levrat
  - 529 (510) Ho an’i Dokotera Levrat
- Ho an-dRamatoa …
  - 530 (544) Ho an-dRamatoa …

⇒ Taratasy Famporisihana 1857-1878

- Ho an’Andriamatoa Curé Savignat Ho tombontsoan’Andriamatoa Jacques Artis
  - 531 (481) Ho an’Andriamatoa Curé Savignat

- Ho an’Andriamatoa mpiara-dia ao amin’ny hôpitaly miaramila Ho tombontsoan’dRamatoakely Galley
  - 532 (482) [1]
- Taratasy fanamarinana Ho an-dRamatoakely Galley
  - 533 (483) [2] Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Galley
  - 534 (484) [3] Ho an-dRamatoakely Galley
- Ho any Masera … ho an-dRamatoakely Galley
  - 535 (485) [4] Ho any Masera … ho an-dRamatoakely Galley
- Ho an’ny Dokotera … ho an’ny tombotsoan’ny tovolahy iray
  - 536 (486) Ho an’ny Dokotera … ho an’ny tombotsoan’ny tovolahy iray
- Tapakila ho an-dRamatoakely Vincent
  - 537 (519) Tapakila ho an-dRamatoakely Vincent
- Taratasy fanamarinana ho an’Andriamatoa Guerre
  - 538 (531) [1] Taratasy fanamarinana Ho an’Andriamatoa Guerre
- Ho an’Andriamatoa Guerre
  - 539 (532) [2] Ho an’Andriamatoa Guerre
- Taratasy fanamarinana ho an’ny fianakaviana Dennesson
  - 540 (489) Taratasy fanamarinana ho an’ny fianakaviana Dennesson
- Ho an’Andriamatoa … ho an’i Pierre Thibaudier
  - 541 (487) [1] Ho an’Andriamatoa … ho an’i Pierre Thibaudier
  - 542 (490) [2] Ho an’Andriamatoa … ho an’i Pierre Thibaudier
- Ho an-dRamatoa Supérieure de N.D. des sept Douleurs Ho an-dRamatoakely Vallet
  - 543 (492) [1] Ho an-dRamatoa Supérieure de N.D. des sept Douleurs Ho an-dRamatoakely Vallet
- Ho an’ny tombontsoan-dRamatoakely Marmoiton
  - 544 (493) [2] Ho an’ny tombontsoan-dRamatoakely Marmoiton
- Ho an’Andriamatoa … Ho tombontsoan’Andriamatoa Dupasquier
  - 545 (491) Ho an’Andriamatoa … Ho tombontsoan’Andriamatoa Dupasquier
- Ho an’Andriamatoa Talen’ny Toeram-pitsaboana Ho tombontsoan’Andriamatoa Faure
  - 546 (494) Ho an’Andriamatoa Talen’ny Toeram-pitsaboana Ho tombontsoan’Andriamatoa Faure
- Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Convert
  - 547 (495) Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Convert
- Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Crozier
  - 548 (497) Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Crozier

- Taratasy fanamarinana ho an’Andriamatoa Chapotton
  - 549 (496) Taratasy fanamarinana ho an’Andriamatoa Chapotton
- Ho an’Andriamatoa Dufour
  - 550 (498) Ho an’Andriamatoa Dufour
- Ho an’Andriamatoa Gilet ho tombontsoan’Andriamatoa Dufour
  - 551 (501) Ho an’Andriamatoa Gilet ho tombontsoan’Andriamatoa Dufour
- Ho an’i Masera Nouvel ho tombontsoan-dRamatoakely Guillet
  - 552 (499) Ho an’i Masera Nouvel ho tombontsoan-dRamatoakely Guillet
- Ho an’Andriamatoa Mpiara-dia amin’ny Hôtel-Dieu ho tombontsoan’i [Wilhelm Antoni]
  - 553 (500) Ho an’Andriamatoa Mpiara-dia amin’ny Hôtel-Dieu ho tombontsoan’i [Wilhelm Antoni]
- Ho an-dRamatoa Supérieure-Refuge N.D. de Compassion ho tombontsoan’i Marie Lausdat
  - 554 (502) Ho an-dRamatoa Supérieure-Refuge N.D. de Compassion ho tombontsoan’i Marie Lausdat
- Ho an-dRamatoakely Chagny ho tombontsoan-dRamatoakely Bealun
  - 555 (488) Ho an-dRamatoakely Chagny ho tombontsoan-dRamatoakely Bealun
- Ho an’Andriamatoa Perisse ho tombontsoan’[Andriamatoa Lati]
  - 556 (502 bis) Ho an’Andriamatoa Perisse ho tombontsoan’[Andriamatoa Lati]
- Ho an’Andriamatoa Curé … ho tombontsoan-dRamatoa Caillat
  - 557 (518) Ho an’Andriamatoa Curé … ho tombontsoan-dRamatoa Caillat
- Ho an’Andriamatoa Préfet ho tombontsoan’ny asasoan’ny Prado
  - 558 (520) Ho an’Andriamatoa Préfet ho tombontsoan’ny asasoan’ny Prado
- Ho an’Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana ho tombontsoan’Andriamatoa Drevon
  - 559 (480) Ho an’Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana ho tombontsoan’Andriamatoa Drevon
- Ho an’i Masina Maria Virjiny
  - 560 (479) Ho an’i Masina Maria Virjiny

Ireo vanim-potoana nisongadina teo amin’ny fiainan’i Antoine Chevrier

- 1826,
  - 16 aprily : teraka tao Lyon izy. Mpiasam-panjakana mpamory hetra ny rainy ; ny reniny mpiasa mpamoly landy ary lehibe-na orinasa fanenomana lamba. Tsy taratra ho lavitra loatra ny fiavina maha tantsaha azy ny fianakaviany, indrindra avy amin'ny lafin-dreniny, izay avy any Dauphiné.
  - 18 aprily : natao batemy tao amin'ny paroasy Masindahy-François-de-Sales izy.
- 1840,
  - Nianatra tao amin'ny sekolin-dry Frères des Ecoles Chrétiennes i Antoine Chevrier. Tamin'ny fidiran'ny sekoly, tamin'ny volana oktobra, dia nilatsaka ho mpianatra tao amin'ny sekolin-dry mompera[1] tao amin'ny paroasy izy.
- 1843,
  - volana oktobra : tafiditra ho kilasimandry tao amin'ny semineran'i Argentière izy (diôsezin'i Lyon).
- 1846,
  - volana oktobra : niditra tao amin'ny seminera fianarana teôlôjia, tao Lyon izy.
- 1850,
  - 25 mey : nohamasinina ho pretra i Antoine Chevrier.
  - 28 mey : notendrena ho vikera tao Saint-André de la Guillotière izy ; faritra be mponina teo amin'ny manodidina an'i Lyon io. Tsy niroa fo izy tao, nanatontosa ny asa nankinina taminy.
- 1855,
  - Ny volana desambra 1855, reraka loatra izy, ka voatery nisintaka niala sasatra, nandritra ny efa-bolana. Efa hatramin'izany fotoana izany izy no voatarika manokana hifantoka amin'ny fitsinjovana ny mahantra, saingy nampaory ny fony ny nahita fa tsy nahitam-bokatra firy ny asa nataony.
- 1856,
  - 13 mey : nisy tondra-drano nahatsiravina namaky ny fifiloha ankavia tamin'ny reniranon'i Rhône, izay faritra nisy an'i la Guillotière. Ny pretra tao amin'ny

[1] Ny antsoina hoe « sekolin-dry Mompera » eto, dia sekoly anomanana ny ankizy alohan'ny tena hidirany any amin'ny seminera.

paroasy Saint-André no isan'ny lohalaharana tamin'ny famonjena ny tra-boina, ka nanjary nihafanta-daza i Mompera Chevrier, noho ny fahafoizan-tenany.

- volana jona : nifanojo tamin'i Camille Rambaud i Antoine Chevrier. Zanaky ny mpanana tao Lyon ity tovolahy ity ; rahefa nibebaka izy, dia nanokan-tena hikarakara ny mahantra : naka ny fomba fiainan'izy ireo ary niara-niaina taminy mihitsy. Vao avy nanorina ny Tobin'i Jesoa Zazakely i Camille Rimbaud tamin'izay. Fikarakarana ara-pinoana sy ara-tsôsialy no natao tao. Araka izany, dia nisy trano naorina ho an'ny mpiasa tao ary fampianaram-pinoana ho an'ny zanaky ny mahantra. Nanaitra an'i Mompera Chevrier mafy ny ohatra hitany tamin'izay nataon'i Rambaud.
- **Noely : tamin'io i Antoine Chevrier no « nibebaka ».** Nandinika ny tenin'ny Evanjely teo anatrehan'ny Tranon'omby izy : tonga nofo ny Tenin'Andriamanitra ary nonina tety amintsika ; tsapany tamin'izany ny antson'i Kristy miantefa aminy manokana ary manasa azy ho amin'ny fiainana lavorary kokoa, mifanaraka kokoa amin'ny Evanjely, ary maniraka azy ho apôstôly bebe kokoa. Tapaka hevitra izy fa hanaraka an'i Jesoa ka hitia ny olombelona amin'ny fitiavana tsisy fetra, hanaraka azy amin'ny fanetren-tenany ary amin'ny fitiavany ho rnahantra.

- 1857,
- naka hevitra tetsy sy teroa izy, ary indrindra tamin'i Curé d'Ars. Nampirisihin'ny olona izy hitozo amin'ny fikasany. Saingy ny mompera Curé-ny sy ireo pretra niaraka taminy no tsy nankato ny heviny.
- Volana aogositra : niala tao amin'ny paroasy izy ary lasa pretra tao amin'ny Tobin'i Jesoa Zazakely. Tao no nahazatra ny olona niantso azy hoe Mompera Chevrier. Olona jadona izay reniny, ka tsy faly tokoa teo anatrehan'io fanapahan-kevitra io ; niziriziry tamin'izany heviny izany izy mandra-pahafatin-janany. Nisy olona nantsoina hoe masera, nanolo-tena nikarakara ny Tobin'i Jesoa Zazakely. Tamin'io taona io no tonga i Marie Boisson, tovovavy vao 22 taona, mpiasa mpamoly landy ; izy io no tonga Masera Marie, ary lehiben'ny fikambanan'ny Maseran'ny Prado voalohany. Tonga tao amin'ny Tobin'i Jesoa Zazakely koa i Pierre Louat, izay nantsoina hoe frera Pierre : izy no niara-nanorina ny Prado tamin'i Antoine Chevrier, saingy tsy naharitra izy.

- 1859,
  - volana janoary : ny nandalovany voalohany tany Roma.
  - Ny volana vitsivitsy nanaraka an’io no nahatsapan’i Mompera Chevrier fa tsy mitovy ny tanjona nokendren’izy sy Rambaud. Voatery hisaraka ry zareo ; mbola nijanona tao amin’ny Tobin’i Jesoa Zazakely ihany anefa aloha i Mompera Chevrier mandra-pahatongan’ny fotoana nanamasinana ho pretra an’i Camille Rambaud, ka nahafany niantsoroka ny raharaha maha pretra azy.
- 1860,
  - 10 desambra : nahazo efitrano anankiray tao la Guillotière i Mompera Chevrier. Trano fandihizana izy io hatramin’izay, tsy dia tsara laza firy, ary nantsoina hoe « trano fandihizana Prado ». Dia tsy afaka tamin’ilay trano sy ny fianakaviambe ara-panahy naorin’i Mompera Chevrier ny anarana hoe Prado. Fampianarana katesizy ho an’ny zanaky ny mahantra no nataon’i Mompera tao. Ny taona vitsivitsy nanaraka dia nisy mpiara miasa isan-tsokajiny tonga nanome tanana. Ny nafana fo indrindra, dia i Mompera Jaricot izay nohamasinina ho pretra tamin’ny taona 1869, saingy tsy dia natanja-tsaina firy izy ka tsy azon’i Mompera Chevrier nianteherana.
- 1864,
  - volana septarnbra : nandalo fanindroany tany Roma izy. Nisy fangatahana nentiny teo amin’ny Papa. Hitantsika voarakitra ao amin’ny Mpianatra Marina (Véritable Disciple) ny rijan-tenin’izany fangatahana nataony izany.
- 1865,
  - tafajoro ny sekolin-dry mompera tao amin’ny Prado. Mbola tsy maintsy nalefa nandranto fianarana tany amin’ny sekoly Saint-Bonaventure ihany anefa aloha ny mpianatra, paroasy teny am-pita ankavanan’ny reniranon’ny Rhône io.
- 1866,
  - volana oktobra : nahita mpampianatra ho an’ireo mpianany i Mompera Chevrier ; nanomboka niasa ny sekolin-dry Mompera tao amin’ny Prado.
- 1867,
  - Voatendry ho « curé »-n’ny paroasy tao Moulin-à-Vent i Mompera Chevrier.

An’ny diôsezin’i Grenoble io paroasy io, saingy nifanila tamin’ny diôsezin’i Lyon sy ny tanànan’i Lyon. Nifanarahana fa ao amin’ny Prado ihany no hipetraka i Mompera Chevrier andavanandro, ary ny iray amin’ireo pretra miara-mipetraka aminy ao no misolo azy eny amin’ny paroasy. I Mompera Martinet no tena niandraikitra an’io paroasy io araka izany. Ho an’i Mompera Chevrier, dia sehatra sarobidy izy io hampiharana ny ezaka momba ilay tanjona tena tiany ho tratra, dia ny hoe : Asa ilofosan’ireo Pretra mahantra eo anivon’ny paroasy.

- Saingy ny volana jona 1871, na dia tsy nilazana tamin’ny fomba ofisialy aza izy, dia reny fa i Mompera Martinet no notendrena ho « curé » misolo azy.

- 1874,
  - faran’ny volana marsa : narary mafy izy ka voatery niala sasatra hatramin’ny faran’ny volana mey.
  - Volana novambra : nisy « communauté » kely nosokafany tao Limonest, tanàna ambanivohitra tsy lavitra an’i Lyon. I Mompera Jaricot no napetraka tao, niampy masera efatra ary ankizy mpianatra katesizy tokony ho 20.
- 1875,
  - volana rney : dia fanintelony nataony tany Roma. Tamin’izany fotoana izany no nanoroan’ny olona hevitra azy hanangana an’ireo ankohonany ho fikambanan-drelijiozy. Tsy nankatà an’izany anefa ny Arsevekan’i Lyon, i Mompera Chevrier koa tsy nisisika rahateo.
- 1876,
  - 25 jolay - 15 aogositra : ratsy dia ratsy ny toe-pahasalaman’i Mompera, nasain’ny dokotera nipetraka tany Vichy izy.
  - Volana oktobra, nanaiky handefa seminarista efatra avy amin’ny Prado hiofana any Roma ny Arseveka. Efa diakra izy ireo, ary araka ny soridalana nomen’i Mompera Chevrier dia hiara-miaina anatina « communauté » kely mahaleo tena izy any.
- 1877,
  - 14 marsa : dia fahaefatra nataon’i Mompera Chevrier tany Roma. Roa volana no nijanonany tany, niara-nipetraka tamin’izy efa-dahy seminarista izy, ka nivaofy ny « Véritable Disciple » tamin’izy ireo.

- 26 mey : fanamasinana ho pretra tao Saint-Jean-de-Latran.
- 20 jona : niverina tany Lyon izy. Nanome toky azy ny Arseveka fa havelany ho azy izy efa-dahy pretra vaovao.

- 1878,
  - tamin’ny lohataona, lasa niditra any amin’ny monastera i Mompera Jaricot, ary ny roa tamin’ireo pretra vaovao dia efa nilazalaza ny handeha koa ; etsy andaniny, nihombo ny aretin’i Mompera Chevrier. Niverina tao amin’ny Prado ihany anefa i Mompera Jaricot, ny volana jona.
  - 31 oktobra, tamin’io andro io ny Sorona masina farany natolotr'i Mompera Chevrier. Tsy afa-niala teo am-pandriana intsony izy mandra-pahafatiny.
- 1879,
  - 6 janoary : nametra-pialana i Mompera Chevrier, ary i Mompera Duret, iray tamin’izy efa-dahy pretra tamin’ny taona 1877, no lasa lehiben’ny Prado.
  - 2 oktobra : nodimandry tao amin’ny Prado i Mompera Chevrier. Tao amin’ny lasapelin’ny Prado ihany izy no nalevina, ny 6 oktobra.

Taratasy ho an’ny fianakaviany 1847-1877

Ho an’i Ramatoakely Annette Frechet (Nenitoa)

1 (1) Ho an’i Ramatoakely Annette Frechet (Nenitoa)

Ramatoakely Annette Frechet, ao amin’Andriamatoa Ferrand
Chatanay, Près de la Tour du Pin (Isère)

Grand Séminaire, faha 31 desambra 1847

Ry Nenitoa malala,

Amin’izao fanavaozana ity taona ity izao, hahazo alalana anie ny zanakao lahy hanolotra firariantsoa izay mendrika ny fitiavanao ahy sy ireo soa rehetra nataonao ahy. Misoatra anao lalandava aho amin’ny fandraisana mahafinaritra ataonao ahy rehefa mba mahita anao aho, ary ireny marika fanajana ataonao ny zanakao lahy ireny. Tsy afaka mamaly tsara kokoa an’ireny fihetsika tsara ataonao amiko ireny aho afa tsy ny fanehoako aminao ny fankasitrahako anao ary izany dia amin’ny alalan’ny fivavahako ho anao ary enga anie hahafaly an’Andriamanitra ireny. Iangaviako koa ianao Nenitoa malala hivavaka ho ahy ; fantatrao moa fa ity taona vaovao ity no hanapaka ny amiko amin’ny ho avy. Koa mivavaha ho ahy, ka ny dingana izay hataoko, ny fanamasinan-tena izay hataoko eo amin’Andriamanitra anie hahafaly Azy. Ary izaho kosa tsy manadino anareo.

Miangavy an’Andriamatoa sy Ramatoa Ferrand mba hanaiky ny faniriako sy ny firariantsoa noho ny taona vaovao ho azy ireo, amim-pankasitrahana.

Ilay manolotena sy zanaka malalanao.

A. Chevrier, Minoré

Ho an-dRamatoa… (Ranabavy)

2 (2) Ho an-dRamatoa… (Ranabavy)

Grand Séminaire, faha 22 mey 1850

Ranabavy malala,

Ny fahanginana anaty laretirety izay nialoha ny fanamasinana ahy ary izay nibaikoan’ny fandinihan-tena lalin’ny fahasoavana tonga lafatra izay tian’Andriamanitra hameno ahy ao anatin’ny famindrampony dia tsy mifanaraka amin’izay miseho any ivelany, nefa moa ve ho afa-miala amin’ny fanehoana aminao ny fankasitrahako sy ny fihetseham-

poko lalim-paka aho ?

Ny zavatra tsy nampoiziko nomena ahy dia lehibe lavitra noho izy noeritreretiko ho tsy mendrika ny hatsaram-ponao. Ity akanjo fotsy anaovako ao anatin'ny fahasambarana ity dia ho tena antony lehibe hieritreretako anao foana mandritra ny Sorona Masina mihaja ary hivavahako ho an'ireo izay tena tianao.

Tena saika faly mihitsy aho hanao ny Lamesako voalohany any St François, fa tsy misy pretra mahazo mivoaka ao amin'ny Seminera. Nasaina am-panajana aho hanao ny Lamesan'ny fikambanana izay amin'ny 6 ora maraina. Raha tsy maraina be dia mba sahy nanantena aho fa hahita ny ray aman-dreniko any, fa na tsy mahita azy ireo aza ny masoko, hahita azy ireo tsara ny fo amam-panahiko.

Ankasitraho ny tokin'ny fifikirampo maotin'ity anadahinao manolo tenaho.

Meteza handray ny fifikiram-pon'ity anadahinao.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa Chevrier (Dadatoa)

3 (3) Ho an'Andriamatoa Chevrier (Dadatoa)

Andriamatoa Chevrier any amin'Andriamatoa Dufournel
Rue des Capucins 8, Lyon.

St André, faha 10 septembra 1855

Vao nandray taratasy iray avy tany *Sebastopol* aho ary miangavy ahy ny rahalahiko hanome vaovao momba azy amin'ny rainy sy ny reniny ary ny havany. Satria tsy afaka mandeha any aho vatatenako mba hahita anao noho ny asako, izaho mantsy no miasa amin'ity herinandro ity, dia naniraka ireto ekleziastika roa ireto aho hanao ny iraka nampanaovina ahy.

Tsy fantatro na hanimba taratasy fandrainao isan-kerinandro ity, fa na tsy maharay taratasy ianao amin'ny talata ho avy araka ny mahazatra dia aza sahiran-doha, salama tsara izy ary mbola tsy nahazo ratra. Tsy dia misy zavatra hafa ao anaty taratasiny. Tsy milaza akory aza izy hoe voarainy ny taratasiko sy ny fonosan'entana kely napetrako tamin'Andriamatoa Hauvert. Toa tsy Andriamatoa Hauvert akory aza no namita ny iraka fa nampanaoviny miaramila ao amin'ny faha 42 izany. Nalahelo be izy fa tsy afaka niresaka

tamin'io miaramila io, tsy tao amin'ny tranolainy ilay miaramila rehefa tonga izy dia tsy fantany akory hoe aiza no hahitana azy. Nanantena aho fa hisy fotoana ho an'Andriamatoa Hauvert hahitany ny rahalahiko ary hiresaka kely momba an'i Lyon sy ireo namany izy. Datin'ny 27 aogositra ny taratasy, dia mbola tsy fantany koa ny fanendrena azy ao amin'ny laharan'ny "*Chevalier de la Légion d'Honneur*". Fifaliana sy hasambarana tokoa ho azy ny fandraisana ity vaovao ity. Ao anatin'ny taratasiny dia tsy miresaka afa-tsy ny fahadisoam-panantenany, ny alahelony izy rehefa mahita ireto miaramila ambony mitondra mari-boninahitra ary izy kosa, miaramila antitra, izay tsy mba miamboho adidy nandritra ny 27 taona teo ambanin'izy ireo na ara-panajana na ara-boninahitra. Azo lazaina fa tena mahonena izany, ary izy irery ihany no mahatsapa izany, fa ho voaonitra tsara izy rehefa handray ny taratasinao ka hahita ny fanondrotana azy ao amin'ny "*Moniteur*" sy ny hazofijaliany**.** Miombom-po amin'ny hasambarany aho ary mifampizara aminy ny hafaliany : hafaliana tena marina ary tena mendrika. Hitady fotoana kely hanoratana taratasy kely fiarahabana ho azy aho, kanefa mandra-piandry an'izany, raha manoratra ho azy ianao dia azafady mba lazao izy fa voaraiko ny taratasiny ary nahafaly ahy, fa tsy mifampizara ny alahelony intsony aho izao fa efa levona ireny, ka mifanohitra amin'izay, miombom-po amin'ny hasambarany aho.

Mampahatsiaro ahy koa ny voady matotra hiakatra any *Notre Dame de Fourvière* izy raha mba ho tsara vintana ka hiverina any Lyon. Angamba ho andro fety tena tsara ho antsika izany ary manantena aho fa ilay Andriamanitra tsara izay nitahiry azy hatramin'izao mbola te-hitahiry azy mandritra ny ady ka hahita azy soa aman-tsara indray isika. Mivavaka amin'Andriamanitra ho an'izany aho isan'andro.

Ekeo ary ny famangiako, ny fitiavako tena mafana sy tena vokatry ny fo ary oroka kely ho an'i Alice.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa Chevrier (Ray)

4 (4) Ho an'Andriamatoa Chevrier (Père)

Andriamatoa Chevrier, Rue Sala 64 – au 1er Lyon

J.M.J. Chatanay, faha 16 jolay 1862

Ry Mômpera malalako,

Tonga aty Latour salama tsara izahay. Hijanona hiaraka amiko hatramin'ny asabotsy hariva ny reniko ary hody any Lyon amin'ny enina sy sasany izahay. Aza misahirana ianao, efa nanoratra tany amin'ireo vehivavy eo an-toerana aho izay handeha hahita anao sy hanao ny sakafo harivanao, tsaboy tsara ny sandrinao mandritra ireo andro roa ireo.

Tsy tsara ny andro, avy ny orana androany. Angamba ho tsara ny andro rahampitso, afaka mitsangatsanga ianao, izaho koa.

Tsy miova aty Chatanay.

Mampamangy anareo izy ireo. Noho ny amin'Andriamanitra. Ny zanakao.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa Thévenon Peigner

5 (5) Ho an'Andriamatoa Thévenon Peigner

Andriamatoa Thévenon Peigner, Près de la Halle any Bourgoin Isère

15 desambra 1865

Andriamatoa,

Voninahitra ho ahy ny mampandre anao fa ny tsy fahafahanay handeha aty aminao, handray ny zana-bola azo hatrany St Martin dia miangavy anao izahay handefa azy na hanoratra ho anay. Maty tamin'ny volana janoary ny zokiny lahy, ka miangavy anao izahay ho any amin'Andriamatoa Claude Chevrier, Rue Sala 64 any Lyon.

Ny mpanomponao

Chevrier

[Taratasy nosoratana tamin'ny anaran'i Claude Chevrier rainy fa sora-tanan'i Mômpera Chevrier]

Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)

6 (6) [1] Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)

Ho an'i reniko

J.M.J. 16 fevrie

Reny malalako,

Salama tsara foana aho ary miangavy anao tsy ho be eritreritra. Hody amin'ny sabotsy amin'ny roa ambin'ny folo ora sy sasany aho. Aza adinoina mandefa ankizilahy iray na roa any amin'ny garan'ny Vaise hitondra ny entako.

Nandefa taratasy kely ho an'i Masera Claire aho ho valin'ny taratasiny dia mba omeo azy azafady.

Ny zanakao, manoroka anao.

A. Chevrier

7 (7) [2] Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)

J.M.J. Prado, faha 2 nôvambra 1870

Reny malala,

Faly be rehefa nandre fa tsara ny dianao. Manaova tahiry vitsivitsy, ilaintsika foana ireny atsy ho atsy.

Tsy dia tsara loatra ny vaoavao, efa manakaiky ny Prussiens ary azo antoka fa afaka hafoloana dia ho akaiky an'i Lyon izy ireo.

Efa nomena baiko ny beantitra sy ny ankizy any Lyon mba hiala ny trano.

Hampanao Kômonio voalohany izahay amin'ny alahady ho avy.

Hanoro hevitra ireo vehivavy ao amin'ny lapan'ny tanana aho hanofa trano ety an-tanana lehibe mba ho afaka hiafina raha misy ilana izany ary hanao tahiry vitsivitsy koa. Mamporisika anao hijanona any Chatanay, ho tsara antoka ianao any. Ataoko izay azoko atao.

Karakarao tsara ny tenanao ary vidio izay rehetra ilainao. Hiangavy ireo rahalahiko Claude sy ireo anabaviko aho hikarakara anao. Dia miarahaba anareo rehetra.

Mivavaha ho ahy. Tsy manadino anao aho.

Ny zanakao manoroka anao.

A. Chevrier

8 (8) [3] Ho an-dRamatoa Chevrier (Reny)

Ramatoa Chevrier, mananotena any La Providence – Prado
Rue Chabrol 55, Guillotière – Lyon Rhône – France

Rome, faha 4 jiona 1877

Reny tena malalako,

Hiverina any amin’ny Prado tsy ho ela izahay, ela ny ela. Mihevitra ny hiainga amin’ny alatsinainy ho avy izao izahay ka ho tonga ny alakamisy hariva na ny zoma maraina any Lyon. Holazaiko anao ihany ny fotoana rehefa tapa-kevitra tsara aho.

Ataoko fa salama tsara ianao na farafaharatsiny mba tsara kosa ny vaovao nomen’Andriamatoa Berne anay, ka hifankahita tsy ho ela ao anatin’nyfahasalamana isika mianaka. Salama tsara aho, afa-tsy indraindray misy rofirofy kely andro vitsivitsy izay. Nanavy i Masera Claire, narary ny tendany tato ato fa efa tsaratsara izy, efa nivoaka ny trano izy izao. Tonga namangy anay izy omaly sy androany.

Somary nivonto kely ny tarehiny.

Salama tsara ireo lehilahintsika ary miomana ho tonga hiasa any amin’ny Prado amim-pahazotoana.

Manantena aho fa salama tsara ny tovovavin’ny Monchat ary hahita azy ireo salama tsara aho. Mba ho famangiana tsara ho ahy izay amin’ny fiverenako.

Mandra-pihaona ary amin’ny faran’ny herinandro ho avy.

Ny zanakao manoroka anao.

A. Chevrier

Mampamangy ny rehetra e !

Taratasy avy Saint André sy ny Cité 1855-1860

Ho an’Andriamatoa Francisque Convert

9 (9) [1] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert

Lyon, faha 30 aogositra 1855

Ry Francisque malala,

Tena nalahelo aho tsy tao an-tranoko rehefa tonga hanao veloma ahy ianao alohan’ny dianao mahaliana sy lava, voalohany hirary soa ny dianao ary koa hiangavy anao hanao iraka kely any Paris. Ity ary ilay izy :

Mba handeha any amin’ny biraon’ny Encyclopédie ny XX^{ème} siècle rue Jacob 31

ianao, Ny Tale dia Andriamatoa Ange de St Priest, ary hangataka ny Volume de la table de l'Encyclopédie boky roa avy amiko ary koa ny famenon'io boky io izay mbola tsy azoko. Nanoratra ho an'Andriamatoa Tale ao amin'ny biraon'ny Encyclopédie aho volana vitsivitsy izay fa mbola tsy nahazo valiny aho. Lazao azy ireo fa mbola tsy vitako ny fandoavana manontolo ny vidin'ity boky ity ka tsy ho afaka mandoa azy manontolo aho raha tsy maharay izay mbola banga. Tokony ho fantatrao koa fa efa ho telo volana aho izao no nanafatra ity boky ity tamin'ny fanelanelanan'Andriamatoa isany Girard sy Josserand, mpivaro-boky any Lyon, ary koa, raha tsy ao anatin'ny rejisitry ry zareo aho, tokony ho hita ao amin'ny an-dry Girard sy Josserand, mpanelanelana ahy aminy.

Tamin'ny fiangaviako dia efa nanoratra hatramin'ny ela Andriamatoa isany Girard sy Josserand fa tsy nahazo valiny mahafapo mihitsy izy ireo.

Tsy hiandraikitra ireo boky ireo ianao raha misy te-hanome azy ireo anao (izay tsy inoako aloha), fa iangavio izy ireo mba handefa azy amin'ny adiresin'Andriamatoa Girard sy Josserand na koa amin'ny adiresiko any St André. Tena ho feno fankasitrahana anao re aho raha vitanao ity raharaha ity na koa afaka manome torohevitra ahy ianao.

Hitako i Reninao tsara fanahy izay miandry amim-pitebitebena taratasy avy aminao, mba hahalala vaovao avy amin'ny zanany sambatra ary koa ny vaovaon'Andriamatoa Neyrat. Tena afa-po tanteraka izy rehefa nandray ny taratasinao ary dia niangavy ahy izy hilaza aminao mba hividy bokim-pivavahana amin'ny teny alemana ho an'ny Madame Wolgeli any Metz raha sendrasendra mandalo amin'ity tanana ity ianareo. Mila boky tsara tarehy ho azy izy mba hahalalany ny oran'i Lyon, boky misy Lamesa sy Vêpres ary vavaka, sns, sns. Salama tsara ny rainao sy ny reninao, lasa tany Vienne izy ireo ; tsy hijanona afa tsy iray andro any ny rainao, tonga omaly harivan'ny alarobia ny reninao ary mino aho fa tsy miverina aloha be io izy fa te-hahafantatra raha nanoratra ho azy ianao.

Tsoriko aminao ry Francisque malalako fa tsara vintana sy sambatra ianao : jerenao ange e ! ny fitsangatsanganao manodidina an'i Frantsa amin'ny maha olon-tsotra anao, tahaka ny fanaonao miaraka amin'olon-tianao, nefa dia tsy mandoaka ny paosinao izany na dia natao ho an'ny mpandeha any amin'ny tanana lehibe izany. Manantena aho fa hahay hanararaotra izany ianao ary amin'izany.

Dia miarahaba tena foana Andriamatoa Neyrat ny amin'ny fitiavany manokana anao. Ka ampitao any amin'Andriamatoa Neyrat ny fitiavako tena mamy ary dia miombom-po amin'ny fifalianao sy ny fahafinaretanao aho mandra-pahatongavan'ny andro hahitako anao

ary handrenesako anao hitantara amiko ny zavatra mahagaga tany amin’ny dianao.

A. Chevrier

P.S. Raha manahirana anao ny irako na tsy manana fotoana ianao, aza mamiza-tena ianao fa hitady fomba hafa azoko hararaotina any Paris aho.

10 (10) [2] Ho an’Andriamatoa Francisque Convert

Tour du Pin, Isère, ao amin’ireo ray aman-dreniko aty Chatanay, Androany, 5 Marsa 1856

Ho an’i Francisque malalako,

Feno valo andro izao no nipetrahako taty ambanivohitra, efa nampanantena ireo ray aman-dreninao aho fa hanome vaovao momba ahy ho azy ireo, koa dia hitana ny teniko nomeko aho. Hafaliana lehibe ho ahy koa anefa ny mahalala vaovao mikasika anao sy ireo ray aman-dreninao. Na dia lavitra ahy aza ny Paroasin’ny St André tsy foiko dia faly lalandava aho mieritreritra azy ary ankasitrahana ny fanatontosako ny andraikitro toy izay ny fanaovako kamolahy aty, nefa ireo rahalahy mpiara-miasa amiko dia sahirana daholo... Koa inona no azo atao hoy ianao ? Ny fitondran’Andriamanitra no efa nandahatra an’izany, ary isika dia tsy maintsy manaiky ny sitrapon’ireo izay mpitondra antsika na amin’ny lafim-piainana ara-nofo na ny ara-panahy. Tianao ho fantarina angamba izay ataoko aty ambanivohitra ary ahoana ny hahitana ahy, koa indro ambarako anao izany : aty amin’ny toerana, antsasak’adiny miala ny tànanan’i Tour du Pin misy ahy, eo an-tampon-kavoana ahatazanana tsara ilay tànana kely, topazo maso ilay Croix-Rousse, dia ho azonao an-tsaina ny toerana misy ahy ; tena mamirifiry ny andro ety, misy zavona miserana ihany, nefa manelingelina ahy ka tsy afaka nivoaka any ivelany aho, ary io indrindra no tena manorisory ahy, ny fitsangatsanganana no fialamboly ankafiziko indrindra, ka rehefa tsy afaka mivoaka aho, dia tena mihisatra ela ny fotoana, nanan-kevitra mihitsy aza aho ny hiverina any Lyon raha toa ka mbola mitohy ny andro ratsy, kanefa moa nanomboka omaly dia nihiratra indray ny masoandro, koa dia mikasa hanararaotra izany andro tsara izany aho. Tsy hanao dia an-tongotra lavitra be intsony aho satria mbola tsy matanjaka mihitsy ny tongotro, raha vao mba manao fanazarantena somary mafimafy kely aho dia mihetsika indray ny kohako. Antenaiko anefa, fa ho sitrana tanteraka aho amin’ny Paka ho avy izao, ary satria niandry ahy efa ela i Mompera Lehiben’ny Paroasy, koa ho faly tokoa aho, hody indray any St André salama tsara, sady ho afaka hanonitra ireo fotoana very rehetra, araka izay vitako. Izany indrindra no

antony no isotroako ronono velona in-telo isan'andro, tsy misy zavatra hafa mahatsara ankoatr'izay aryantenaiko fa hitondra vokatsoa io, raha tao anatin'ny fotoana fialàn-tsasatra ianao ka tapitra ny dianao tamin'ny fiaran-dalam-by, dia ho nilazako mba ho avy hitsangatsangana hatraty Chatanay, hahatsara anao tokoa ny fisotroana ronono kely, fa dia amin'ny manaraka indray izany… Tandrovy fatratra ny fahasalamanao. Ankatoavy tsara ireo ray aman-dreninao ho amin'izany fikajiana fahasalamana izany. Indrindra aza miari-tory ela loatra, satria mba fantatrao moa fa manimba ny fahasalamana ange ny fiaretan-tory be loatra, mahafantatra izany aho satria efa voa.

Saika adinoko ny nisaotra an'i Mompera tamin'ilay fanomezanao tehina ho ahy, nentiko aty izy iny, ary tena manampy ahy tokoa sady hiarovako tena amin'ny alika no itehenako amin'izay rehetra alehako. Nahita hevitra tsara tokoa aloha ianao, ry Mompera Convert malalako, raha nanome ahy an'iny, koa dia misaotra indrindra.

Maneho ny fanajana feno amin-dRamatoa reninao aho, ary hiangavio izy mba hahatsiaro ahy amin'ireo vavaka ataony ; aoka izy hatoky tanteraka fa tsy manadino azy sy ireo olona hafa tsy foiko aho amin'ny vavaka ataoko. Mampamangy amin-dry zalahy rehetra ao amin'ny St Bonaventure raha miresaka aminao ny momba ahy izy ireo. Te-hanagataka aminao aho ny mba hampatsiahivanao ny amiko amin'ireo olona vitsivitsy ao St André, kanefa tiako kokoa raha mangina satria tsy afaka ny hanoratra ho an'ny olona rehetra aho, raha misy mahalala fa nanoratra tamin'ny olona vitsivitsy aho nefa tsy nanoratra ho an'ny maro hafa, dia mety hisy akony ratsy izany. Mba omeo kely an-dRamatoakely Barjot fotsiny ity taratasy ity azafady rehefa hitanao izy, fa taratasy tsy dia maika loatra akory izy ity.

Koa mirary aho raha mirary, mba ho aminareo rehetra anie ny tso-drano ombam-pitahiana avy amin'ilay Tompontsika sy ny Reniny Masina indrindra ary miraikipo aminareo ao amin'i Jesoa Kristy aho.

A. Chevrier

11 (11) [3] Ho an'Andriamatoa Francisque Convert

Lyon, 21 Marsa 1857

Hoan'i Francisque malalako,

Nahatsiaro ahy tokoa ianao nandritra ny fiatahana masina, mendrika indrindra nataonao, koa dia misaotra anao aho noho izany. Tamin-kafaliana tokoa no nahafantarako fa salama tsara ianao na ara-batana izany na ara-panahy, raiso izay fepetra rehetra ilaina

hahatomady anao lalandava, mba hahatongavanao amin’ny tanjona tsara indrindra efa nokendrenao. Atombohy amin’izany ny fametrahana ireo fototry ny fitondrantena matotra sy mafy orina, izay tena ilain’ny pretra eo anivon’izao tontolo izao sy manoloana ireo loza maro mitatao aminy isan’andro, ilàny fahaizana izany. Efa eo an-doharano ianao, koa manovoza betsaka araka izay azonao atao, fa hahasoa anao izany any aoriana any eo amin’ny andraikitra maha-mpisorona, raha voaantson’Andriamanitra ho amin’izany ianao ; ny pretra tsy manam-pahalalana dia tsy afaka hanao ny tsara rehetra izay mety sy tokony ho vitany ; aza heverinao ho toy ny tsy misy ilàna azy ireny petra-kevitra rehetra ireny, na ireny “sinus” sy “cosinus” izay toa maneritery anao, satria tena ilaina ireny na dia eo aza ny hamafin’ny fianarana azy dia tsy maintsy ataonao izay hampahomby azy sy hampahatonga azy hahafinaritra noho ny fieritreretana ny resaka ara-pinoana, izay tokony hahatonga antsika hahatsinjo sahady ny voninahitr’Andriamanitra ho raisina any aoriana.

Nefa mivatsia ianao fitondrantena mendrika satria ilaina noho ny hafa rehetra izany, arak’izany àry, azoko ambara fa zava-poana ny fahalalana ara-tsiansa tsy misy fahadiovam-pitondrantena. Tsikaritro mandrakariva fa ireo pretra feno fahadiovam-pitondrantena sy manetry tena ireo dia mahavita tsara lavitra eo amin’ny andraikitra maha-mpisorona noho ireo pretra avara-pianarana. Koa italahoy fatratra ny fitsilovan’ny Fanahy Masina mba ho hery hanetsika anao amin’izay ataonao rehetra ; hitari-dalana sy hibitsika aingam-panahy ao aminao anie izy ka hampihanaka indrindra io toe-tsaina kristianina tia fiantrana sy ilay toetra maha-mpisorona ny pretra io, ka raha tsy misy azy ny andraikitra maha-mpisorona tanterahina amin’izao androntsika izao dia tena tsy ahitam-bokany mihitsy. Arakaraky ny hanesorana ka tsy ahitana ny fahadiovam-pitondrantena eto amin’izao tontolo izao no tsy maintsy hamirapiratan’izy ireny ao amin’ny pretra. Eny ry Francisque malalako indrindra, tena ho sambatra sy ravo tokoa aho raha toa ka mba tonga pretra tsara fanahy sy masina tokoa ianao indray andro any. Mitadiava ianao namana tena namana sady azo antoka no vontom-pinoana amin’ireo Frera mpiara-miasa aminao, mba hahafahanao midinidinika tsindraindray momba an’Andriamanitra, momba ny toetra tsara indrindra izay irinao. Mivondrona ianareo hampihatra fahadiovam-pitondrantena mendrika ho voninahitr’i Jesoa Kristy Tompontsika, ilay ohatra velona arahin’ny pretra ary Masina Maria ilay mpanjakavavy sady mpiaro ireo mpisorona ao amin’ny toerana masina, tena manampy anareo betsaka amin’ny firosoana sy ny fanatsarana ny fitondrantenanareo ireny dinidinika masina ireny.

Ampitao amin’ny zanakalahin’i Meunier, mpiara-miasa aminao ny fiarahabako azy, ilazao izy fa raha mba misy lanjany ihany ny vavaka asandratro amin’ilay Jesoa Mpamonjy, dia tsy hanadino azy aho, ary tsy hanadino anao koa, fa ny aminao kosa aza adinoina ireo pretra izay manao ny ainy tsy ho zavatra. Atombohy amin’ny alalan’ny fivavahana ny fanovàm-panahy, alohan’ny hampibebahana azy ireny amin’ny alalan’ny teny sy ny asa izay ataonao.

Nilaza tamiko ianao fa tsy nametra-beloma mandrakizay amin’i Jerosalema. Amin’izany zavatra izany sy amin’ny zavatra rehetra dia tsy maintsy jerena Andriamanitra ary arahina ny lalany. Raha toa ka antsoin’Andriamanitra ianao ho tonga mpitory ny Evanjely indray andro any, amin’ireny faritany ireny na any an-kafa, dia tsy maintsy mandeha ; kanefa raha toeran-kafa no iantsoany anao dia ekeo sy ankatoavy tanteraka ny sitrapony masina, saingy mahaiza manararaotra ny fahasoavana rehetra omen’Andriamanitra amin’izao fotoana izao, hampahamendrika anao izany any aoriana amin’ny fotoana izay ampoizinao akory.

Aza miarahaba ahy akory ianao momba ilay mari-boninahitra mendrika azoko tamin’ireny tondra-drano ary aza tezitra ihany koa raha tsy voavaly araka ny tokony ho izy isika, zavatra kely ihany ny valim-pitia azo eto amin’ity tany ity. Heveriko fa ny mpitondra entana na ny olona eto amin’izao tontolo izao tsy manana finoana dia afaka tsara mandrombaka lakroa na meday, fa ho ratsy kosa ny pretra raha mihevitra ireny dera avy eto amin’ny tany ireny, izay setroka ratsy mandoto ny voninahitra maha-mpisorona azy. Aoka ny fahadiovam-pitondrantenantsika no hahamendrika antsika fa tsy ny fampihaingoana atao amintsika. Tiako kokoa ny maheno hoe : Izany ka pretra tia fiantrana, pretra masina ! Toy izay ny maheno hoe : Indro fa pretra voahaingo !

Mbola tsy voarain’Andriamatoa Neyrat foana ny valiziny, angamba very na nangalarin’olona ilay izy, fahoriana lehibe ho azy tokoa izany satria ny fahatsiarovana rehetra momba ny dianareo dia very daholo, tsy maintsy manantena isika fa hisy anjely mpiaro iray, hamerina azy ka hanonitra ireo zavatrao very.

Voaraiko ireo fahefana hamela heloka sy hiditra ao amin’ny fikambanana mpanao asa soa “Confrerie du Scapulaire”, mankasitraka anao noho ny fahafoizantenanao tamin’ny iraka notontosainao aho, saingy izao misy manoratra amiko mangataka ny hamitana lamesa 14, mba handoavana ireo saran’ny birao. Mba lazao amiko azafady raha ohatra ka tsy nandoa na inona na inona ho ahy tany Rome ianao ; raha tsy nanome na inona na inona ho ahy izany

ianao, dia hanao lamesa 14 ho an'i Mompera Capucin, izay nandefa izany tamiko.

Tsy hanome vaovao mikasika ireo ray aman-dreninao aho, fa ny reninao no hanome anao izany mivantana.

Samia ho tahian'Andriamanitra, ry Francisque malalako, aza adino ao amin'ny vavaka ataonao, ilay olona fantatrao any St André mba ho namanao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

12 (12) [4] Ho an'Andriamatoa Francisque Convert

6 Jona 1857

Ho an'i Francisque malalako,

Niandry ahy izay ianao tamin'ny herinandro lasa iny, izaho koa aza mba naniry ny handeha hijery anao sy i Césaire namantsika. Kanefa tsy maintsy mbola nampikônfesy ireo ankizy madinika rehetra eto amin'ny paroasy aho ny Atalata ; Mompera Lehiben'ny Paroasy indray, lasa nanao lamesa any Fourvière tamin'ny Alakamisy lasa teo, tsy tsara amin'ny fanaovana dia mihitsy ny fotoana toy izao. Dia tsy maintsy mampanantena ve aho fa handeha hamangy anao, aleoko kokoa aza tsy manambara na inona na inona aminao fa tonga ihany amin'ny fotoana tsy ampoizinao. Raha ny marina dia tsy afaka ny handeha ho any aho, noho ny antony tsy azo anoharana amin'ny fotoana heverina ho tsara indrindra azo hanatontosana dia, fa hanoratra aminao ihany aho hanambara ny tena antony marina izay mbola tsy azoko atoro anao androany.

Na inona na inona anefa hitranga, dia tsy andriko mihitsy ny hahita anareo, mba hampiasa anareo roa lahy ho amin'ny voninahitr' Andriamanitra sy ho famonjena ny fanahy, araka izay tratran'ny fari-pahaizanareo. Raha tanterako ihany ny tetik'asa nokasaiko dia ho afaka hiandraikitra anareo aho, manantena aho fa tsy ho tezitra ianareo, indrindra Andriamatoa Meunier izay efa zatra niaina tato an-trano sy nifanerasera tamin'ny any ivelany, ary mety ho tonga katesista manam-pahaizana ambony tokoa izy eo anivon'ireo mpomba antsika mazoto. Mbola tanora ianareo, ry namako malala isany ka tokony hoheverinareo tsara ny hampiasana izany fahatanorana izany, satria mantsy, ho avy ny taonan'ny tsy firaharahiana, ka amin'izay fotoana izay dia tsy mitady afa-tsy ny fankafizan'ny fakàna sasatra sisa ny vatana, ary raha eo amin'ny fahatanorana moa no efa midonana-poana, dia vao mainka fa rehefa eo amin'ny fahanterany ; tsy maintsy dieny izao

ianareo no tia manatontosa ny andraikitra maha-mpisorona araka izay tratry ny taona sy ny fahaizanareo ; dieny izao no tsy maintsy ahatsapanareo sahady ao amin'ny fanahinareo, io faniriana ho tonga olomasina mba hahafahana manamasina ny hafa io, satria mba hahafahana manamasina ny hafa dia tsy maintsy masina aloha ny tena ; dieny izao dia tsy maintsy manomboka mampihatra ireo fahadiovam-pitondrantena maro samihafa, izay tokony ho ravaky ny tenanareo atsy aoriana kely atsy ; miala tsiny fa tena adinoko ny tenako. Nanao sermôna be taminareo aho tahaka ireny hoe manana fisalasalana amin'ny sitrapo tsara anananareo sy amin'ny faniriana marina ao aminareo ny ho tonga pretra masina ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra ireny. Koa etsy àry, mahereza, tohizo hatrany ny fanaovana ireo asa izay efa tsara fanomboka nataonareo.

Vao avy nanangana fikambanana, ahitana tanora maromaro ao St André aho izao, nandritra ny iray volana natokana ho an'i Maria dia nanao famerenan-kira izy ireo isaky ny alahady hariva. Ka ianareo mihitsy no ho avy aty hitaona azy ireo amin'ny alalan'ny ohatra tsara sy ny fahadiovam-pitondrantena hasehonareo, mba hiroborobo anie io fikambanana io eo ambany fiarovan'i Mb Virjiny sy Md Louis de Gonzague izay mpiaro izany. Faniriako ny hitaona ireo tanora rehetra ho ato amin'ny St André, kanefa sarotra ny hanatanterahana izany. 20 izao anefa ny isan'ny tanora mpikambana araka ny nanisako azy androany, izay ho tonga olona mahatoky sy be fitiavana, ary antenaiko fa ho faritra fototra ifaharan'ny hafa. Raha misy zotom-po sy fitiava-namana ao amin'izy ireo dia handeha ho azy ny sisa rehetra, ireo mantsy no fototra roa ilaina mba hampandehanana tsara ny asa rehetra. Tsy misy zavatra tanteraka raha tsy misy ny fitiavana. Miasà mba hahazo sy hampitombo izany fitiavana izany ao amin'ny fanahinareo, ary dia ho tonga Apôstôly ianareo. Angataho izany ao amin'i Jesoa Tompo tsara aho, mba hampitafiany ahy ireo halemem-panahy sy famindrampo tsara ananany, ho an'ny olona rehetra ary indrindra fa ho an'ireo izay tena mangetaheta izany, raha tena tsorina ny resaka... Tsy misy atahorana ny fahasalamanareo, tsara izany, hamafiso hatrany izany, araka izay toerana misy anareo. Ilainareo tokoa izany fahasalamana tsara izany satria voaantso ianareo roa lahy mba hiasa mafy sy hampibebaka fanahy maro.

Nahita ny ray aman-dreninareo sy Andriamatoa Meunier aho, izay tena salama tokoa. Tsy andriny mihitsy ny hahita anareo. Afaka manao izany ireo ray sy reny maro be, satria tena tia anareo tokoa izy ireo, ary vitsy ihany ireo ray aman-dreny sahy hanao sorona ny zanany. Tsy maintsy atao ihany ny mangora-po amin'ny fahalemeny, ary raha sanatria ka voaantson'Andriamanitra ianareo handeha lavitra, hiasa tanim-boaloboka vitsivitsy izay

mbola tsy nohasaina ; dia tena ho tojo vatomisakana tokoa ianareo noho ny fitiavany anareo. Ianareo anefa tsy hanao afa-tsy izay sitrapon'Andriamanitra ihany eo amin'ny zavatra rehetra ataonareo, ka tsy afa-manoatra.

Veloma ry namako malala isany, mametraka anareo roa lahy ao amin'ny Fo Masin'i Jesoa aho amin'ity volana natokana ho azy ity, hangataka aminy fitiavana lehibe ho anareo aho ; hanafana ny fonareo amin'ilay hafanana tahaka izay nanafana ny azy anie izy. Angataho ho ahy koa izany fahasoavana izany. Samia tahian'Andriamanitra, hahita anareo an'eritreritra aho rahampitso mandritra ny Sorona masina ary amin'ny alalan'i Maria Reny malalantsika no hanolorako anareo amin'i Jesoa Kristy.

Ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa sy i Maria.

A. Chevrier

13 (13) [5] Ho an'Andriamatoa Francisque Convert

L.J.M. 25 janoary 1858

Ry Francisque malalako,

Misaotra betsaka tamin'ireo fahatsiarovana tsara nomenao. Fantatro fa tena vokatry ny fo izy ireny ary noho izany no andraisako azy am-pifaliana ary satria koa tsy nafoinao tao anatin'ny tsy nahateo anao ny fitiavanao, dia tena porofo tsara amin'ny tombontsoanao izany, ary te-hino mihitsy aza aho fa hahatahiry tsara kokoa ilay fihetseham-po fankasitrahana sy fitiavana an'Ilay Mpahary anao ianao, dia Ilay Andriamanitra fanaperana amin'ny fahatsarana ary miahy antsika amin'ny fotoana rehetra sy mikarakara anao amin'ny fombanao tena Mpiahy. Hiantefa any amin'i Jesoantsika anie ny fitiavanao. Mizara sahady ianao dieny izao hitia tokoa ny Tompontsika ary indrindra hianatra ny torohevitra sy ny fahamarinany hahafahanao manahaka Azy ; izay no tsiambaratelon'ny fahamarinana sy fahalavorarian'ny Pretra. Ry Francisque malala, rehefa mianatra an'i Jesoa dia ny anahafana an'i Jesoa. Ny siansa hafa dia tsinontsinona... Ary hoy i Masindahy Paoly : « Tsy mahalala afa-tsy i Jesoa aho ary tsy te-halala afa-tsy i Jesoa », satria izany no tena fahaizana amam-pahalalan'ny Pretra ary minoa ianao fa adino tokoa ity fahaizana goavana ity mba hilofosana amin'ny siansa hafa tsy dia ilaina loatra ary matetika aza manimba noho ny avonavontsika.

Araka izany, ry namako malala, ny torohevitra tsara indrindra omeko anao dia izao : ao anatin'ny fieritreretana lalina no andinihanao ny fiainan'Ilay Mpamonjy antsika ka hitenenanao hoe : Ry Mpamonjiko, ry Môdeliko, nanao an'izany ianao, tokony hanao toy

izany koa aho, ary toy izany no hiasako ho voninahitry ny Rainao ary ho tonga pretra tsara fanahy aho satria nantsoinao ho amin'ity iraka ambony dia ambony ity aho.

Efa miasa ny rainao izao ; efa nanomboka tsikelikely indray ny asa taozavatra any Lyon. Hitanao izao fa tsy mandao tanteraka ny zanany Andriamanitra Rainareo ; ary tokony antenaina fa tsy ho ratsy loatra araka ny niheverana azy aloha ity tonon-taona ity.

Ampitao any Buer ilay namako tsara fanahy ny fitiavako azy. Faly aho mahalala fa any Alix izy ary miaraka ianareo, afaka mifampahery amin'ny tsara ianareo, tokony hendry tsara i Buer kely tsara fanahy. Lazao azy fa tena tiako tokoa izy ary tena iriko amin'ny foko tokoa ny hitomboany ao amin'ny fitiavana an'i Jesoa tahaka anao rahateo.

Ao aminareo koa moa ilay olona saika mpiara-mivavaka dia Andriamatoa Michelin. Arahabao amin'ny anarako izy ; lazao azy koa fa hitako ny reniny ary salama tsara izy, ary raha ho tonga izy amin'ny fialan-tsasatra dia hiaraka aminy aho.

Hampian'Andriamanitra sy Jesoa Zanany anie ianao ary hiaro anareo rehatra anie izy, ho sakafony ny fahaizana ary indrindra ny fonao hianatra an'i Jesoa izay fahamarinana sy fiainana.

Ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa Tompontsika.

A. Chevrier Pretra

Cité de l'Enfant-Jésus, Brotteaux

Ho an-dRamatoa Genoux

14 (14) Ho an-dRamatoa Genoux

Andriamatoa sy Ramatoa Genoux
Rue de Tigre, Entrée du Nord 81, aux Paquis Geneve

J.M.J. Lyon, faha 27 septembra 1858

Ramatoa,

Ahoana angaha no ieritreretanao ny tsy firaharahako ? Na izany aza anefa dia mamela ahy ary henoy fa matetika aho no mieritreritra ny fianakavian'i Genoux izay nandao an'i Lyon handeha any an-toeran-kafa izay toerana manano sarotra ihany raha ny fanaovana adidy masina araka ny hevitro ; ary raha hoe tsy fantatro ny fahamatoran'ny vadinao sy ny toetra mahatoky anananao eo amin'ny fanaovanao ny adidinao dia ho natahotra ihany aho ny

amin’ny famonjena anao sy ny zanakao ; hohamasinina anie Andriamanitra, ho hitan’izy ireo ao aminao anie ny hery ilaina hampifandanja sy handroaka ny vesatry ny hevi-diso manodidina anao.

Ary Andriamatoa Edmond malalako izay, tsy efa mba niverina kely ho amin’ny fihetseham-po tsara izy ? Nalahelo mafy aho tamin’ny tsy nahitako azy tany Lyon. Nandeha im-betsaka tany amin’dRamatoa Desoux aho fa tsy nahita azy nefa tokony hamangy ahy hatramin’ny ela izy na dia talohan’ny nandehananao aza, nefa dia atahorana foana ny olona izay te-hitondra anao amin’ny tsara rehefa tsy te-hanaraka ny toroheviny. Lazao izy, avy amiko, hanao vavaka isan’andro na dia ny Rainay any an-danitra na ny Ave Maria aza. Hahakasika ny fony anie indray andro any ny fahasoavan’Andriamanitra ary hamaly anao noho ny fitiavanao mendrika.

Ary Anna kely izay marary maso, tokony hiresaka matetika amin’Andriamanitra tsara izy. Omeo fahazavana aho mba hahitako ny paradisanareo. Hivavaka ho anareo rehetra aho, ho an-dRamatoa kely Hortense, mba hahatonga azy ho mpampianatra tsara. Tena antso tsara sy lehibe loatra anie izany, manakaiky tokoa amin’ny antso ho pretra izy ary tsy maintsy hanana tokoa ny fanahin’Andriamantra mba hameno marina sy am-pahamasinana azy. Tokony ho fantany tsara ny mahazava-dehibe izany ary hiasa hitondra ny fanahy maro amin’ny tsara izy. Hivavaka ho an’ Marie keliko aho, fibebahako koa izany ry zanako. Antenaiko fa hanana ny anjara toerany izy any an-danitra ary raha lasa alohanareo any ambony aho dia hanomana toerana any ho an’ny rehetra, fa kosa hanao izay rehetra angatahin’Andriamanitra aminareo ianareo rehetra, hahatongavana any.

Ato amin’ny tranokeliko mahantra aho fa tena faly lalandava miantehitra amin’ilay fitiavan’Andriamanitra ary mangataka am-bavaka fanahy tsara sy mazoto mba ho tonga tena pretra araka ny toe-pon’i Jesoa izay nahantra noho isika ary nanolo-tena ho antsika izay olona fadiranovana. Rehefa handeha any amin’ny fiangonanareo Immaculé Conception ianareo, mba mivavaha ho an’ity manomponareo ao amin’i Jesoa Tompontsika.

Miangavy an’Andriamatoa Genoux mba hanaiky ny fanehoam-pankasitrahako sy ny fitiavako tena vokatry ny fo ary amin’ny maha pretra ahy dia mangataka tsodranon’ny lamesa manokana ho anareo rehetra aho.

A. Chevrier
Aumônier de la Cité de l’Enfant Jésus, aux Brotteaux

Ho an'Andriamatoa Paul du Bourg

15 (535) Ho an'Andriamatoa Paul du Bourg

J.M.J. Rôma, faha 7 janoary 1859

Ry Rahalahy malala,

Efa hiverina any amin'ny Cité de l'Enfant Jésus, na dia tsy naharitra tamiko loatra ny fotoana nefa dia toa ela tamiko no nahalavitra ahy anareo, tena tsy mahatsiaro tsaratsara mihitsy raha tsy eo akaikin'ny rahalahy sy ny namana rehetra ary na dia eo aza ny hatsara sy habe hiainako aty Rôma, aleoko lavitra ny sapela kelintsika sy ny trano keliko, hitako ao tsara ilay Jesoa tsara fanahy ary dia finaritra ery ao. Tena miharesy lahatra hatrany aho fa tsy natao ho an'ireny zavatra goavana ireny aho ary tsy misy na inona na inona mampetipety ahy afa-tsy ny mahantra sy ny madinika, ary dia mbola ao koa no hahitako ny tena hafaliana sy ny tena fahasambarana. Nanatrika ny Sorona Masina tao amin'ny Chapelle Sixtine aho omaly alakamisy andron'ny Epifania. Ataovy an-tsaina ny lalan-tsara malalaka sy lehibe, voaloko amin'ny karazan-doko mahafinaritra, hatrany ambony ka hatrany ambany ary ny valin-drihana misy sarin'ny olona ao amin'ny vaovao mahafaly, dia hita eo olona an'arivony amin'izay voaloko isan-karazany, manome endrika hafa kely tsy fahita na hatraiza na hatraiza ity sapela ity, misy dabilio telo no temerina, eo no ipetrahan'ny kardinaly telopolo manao akanjo mena sy mosette fotsy, rehefa avy eo tonga ny Papa Ray masina miaraka amin'ireo mpanara-dia azy : ny eveka, ny arseveka, ny kardinaly. Tsorina aloha fa tena misongadina izany rehetra izany, ary na taiza na taiza tsy mbola nitafy fahalehibeazana sy famirapiratana toy izany ny fotoam-pivavahana, kanefa naleoko ihany mahita ny tranon'ombin'i Jesoa tsara fanahy ary ho mpiandry ondriny mba hanana fahasambarana ao anatin'ny tranon'ombin'ilay Mpamonjy tsara fanahy.

Tsy mbola nahatsiaro ny fahasambarana miresaka amin'ny Papa Ray masina aho, ary tsy handeha aho raha tsy mahazo ny tsodrano masina avy aminy, mieritreritra aho fa hahazo alalana hiseho eo aminy rahampitso, eo amin'ny fandalovany dia hangataka ny tsodranony ho ahy, ho anareo rahalahy ao amin'ny Cité de l'Enfant Jésus, ary raha miresaka amiko izy dia hasehoko azy ny drafitry ny tanana izay hoentiko miaraka amiko mba hivavahany ho an'ny asa.

Efa tonga ao amin'ny semineran'i St Esprit hatramin'ny afak'omaly i Frera Camille,

hijanona mandritra ny volana vitsivitsy mba hanomboka ara-dalana ny fiainanay ka rehefa tafiditra ao anatin'ny lalana tsara izy dia afaka fifampiraharaha amin'i Monseigneur mba hampiverina azy any amin'ny toerana tena akaiky an'i Lyon satria any Rôma tsy maintsy mijanona farafahakeliny roa taona sy tapany izy tahaka ny amin'ny seminera hafa. Manantena aho fa hitahy ny fotoana ipetrahany any St Esprit Andriamanitra ary haharaka tsara ny fianarany izy. Somary nanano sarotra i Monseigneur anaiky azy, tsy te-hanapa-kevitra ny momba azy izy, ary dia nanemotra ny fanapahan-kevitra ho amin'ny fotoana tsy voafetra, izao moa efa any amin'ny seminera izy, dia nanaiky ihany i Monseigneur. Mivavaka amin'Andriamanitra ho azy fa tena mila izany izy.

Handeha amin'ny talata 11 janoary ho avy izao aho ary raha mandrapahatongan'izay afaka mitsidika "Catacombe"aho dia hangataka ny tsodranon'ny Ray Masina satria tara loatra ny hiverenako any aminareo. Mihevitra ny ho tonga any Lyon amin'ny asabotsy hariva na amin'ny alahady aho.

Ampitao any amin'i Frera Piera sy any amin'i Frera Charles ny fitiavako azy ireo ; ary aza adinoina aho ao anatin'ny fivavahanareo amin'ny Zazakely Jesoa.

Miaraka aminareo amin'ny fitiavako manontolo

ilay manolo-tena ho anareo ao amin'i Jesoa Mpampianatra antsika sy Mpamonjy.

A. Chevrier

Palais Valentini Place des Apôtres

Mba ampitao any amin'Andriamatoa Curé any ny fanajako azy ary lazao azy koa fa tsy afaka hitondra ho azy ny tombontsoa manokana momba ny "famotsorana ny Ôteliny" aho, fa amin'ny fiverenako dia efa nifanaraka hanoratra ho an'i Mômpera Alphonse"Capucin" aho dia halefany aty amiko io rehefa avy manome azy ny torolalana tsy ananako izy.

An'Andriamatoa Camille Rambaud

16 (15) [1] An'Andriamatoa Camille Rambaud

J.M.J. Lyon (Cité), faha 23 janoary 1859

Ry Rahalahy tsara fanahy,

Tsy afaka nanararaotra ny fotoanan'i Frera Paul aho mba hanoratako ho anao dia indro ampiarahiko aminy ny an'i Frera Piera ny taratasiko.

Nahafinaritra ny fiverenako afa tsy ilay misalebolebo eny amin'ny ranomasina izay tena mafy noho ny tamin'ny fiaingana. Tena manana fisaorana ho an'i Mômpera Aymard izay tena tsara fanahy tamiko aho, ary koa nanome ohatra tsara ahy teny ambony sambo. Tonga tany Marseille tamin'ny 4 ora hariva izahay. Nadeha nisakafo hariva tany amin'ny Mômpera Capucin sady nanatitra ny taratasy izay niandraiketako ho any Marseille dia nandeha fiaran-dalamby indray aho. Tamin'ny 9 ora, niaraka tamin'ny Provincial nandeha tany Lyon koa, dia tonga ny maraina ny andron'ny talata izahay.

Faly ery aho nahita ny tananantsika dia azoko an-tsaina mihitsy ianao irery taty. Nefa mahereza fa noho ny amin'i Jesoa sy ny asany masina no mampisaraka anao aminay ary eo koa ny asanao.

Lazao ahy koa ireo olona nampiandraikitra fanaterana taratasy sy iraka ka efa tokony ho tonga any amin'ny andefasana azy daholo. Voarain'ny rehetra ireo fahatsiarovana kely nalefa ary faly izy ireo indrindra moa ireny medalinao ireny izay mahasambatra ery ny manao azy. Nampahereziko ireo rahalahinao izay tena toa vonona hanao ny asa. Faly koa i Frera Paul. Nahomby tsara ny zavatra nataony tamin'ny herinandro lasa. Toa tena hoatra ny hoe neken'Andriamanitra ny fanapahan-kevitra satria nankasitraka ny ezaka nataony izy tamin'ny nampahitany azy vola, noho izany tsy misy ny tokony hampitebiteby sy araka izay nolazain-dry Mômpera Capucin sy ny Supérieur'ny Seminera ary Andriamatoa de Serre hoe : "Raha tian'i Jesoa ho tonga Pretra ianao, asainy tohizana tsara ny Cité sy ny Eglizy na tsy eo aza ianao," ary izany no tena famantarana azo antoka sy tsy mampisalasala eo amin'nyfiantsoana anao ho ao amin'ny fivavahana, ary amin'izay koa anefa tsy misalasala aho rehefa indrindra mahita hoe manao ahoana re izany filan'Andriamanitra Pretra mahantra sy mahafola-tena, tsy hoe akory dia hanao mihoatra noho ny hafa isika fa farafaharatsiny kosa ataontsika amim-paniriana sy hatsaram-panahy izany. Eny e ! Mianara tsara ho tonga Pretra tsara fanahy ary tsy manana zavatra atao afa-tsy izany ianao, ary ny fianarana no hahatonga anao amin'izany, eo koa ny fahaizana ilaina sy ny fahamarinana feno izay takian'ny toetra tena masina. Efa faly mialoha be ihany aho amin'ny fieritreretana hoe hiaramanompo an'Andriamanitra isika. Hitako ny rainao tena faly, toa mionona tsara izy ary hiandry amim-paharetana, salama tsara izy ary tena faly rehefa nahalala hoe tsara trano ianao, tsara sakafo, ary hiverina hanao akany hafa noho ilay nentinao. Mivavaka mafy ho anao izahay, na ao anatin'ny vavakay manokana na miaraka amin'ny rehetra, na indrindra any amin'ny Sainte Messe. Antenaiko fa handeha tsara ny zavatra rehetra ; rehefa tsy mitady

afa-tsy Andriamanitra, na rehefa tsy mila zavatra hafa ankoatr'Azy ihany ihamparana ary manaiky izany vavaka ataontsika izany Izy. Miverina amim-pahazotoana amin'ny asako aho, misahana manokana ny ankizy eto amin'ny tanana sy ny kômonio voalohany aho, izay no tena raharahako, ary manantena aho fa hitsodrano ahy Andriamanitra rehefa manao izany amim-pitandremana aho. Mivavaha ho anay koa ianao, hiombom-po aminao aho indrindra rehefa hivavaka ao amin'ny Colisée izay toeran'ny martiry rehetra ianao.

Ny fahatsiarovako ho an'Andriamatoa Abbé Louis sy ho an'ireo rehetra mety hanontany anao amin'ireo iraka nampanaovin'izy ireo aho.

Ilay mpanomponareo manolo-tena ao amin'i Jesoa Mpamonjy antsika.

A. Chevrier

17 (16) [2] An'Andriamatoa Camille Rambaud

[Ho an'i Frera Camille any Rôma]

J.M.J. [Cité février 1859]

Ry Rahalahy tsara fanahy,

Tokony hanomboka tsy hisalasala intsony ny amin'ny sitrapon'Andriamanitra ao amintsika isika, satria ankasitrahany ny hanome antsika rehetra ny fahasoavany ary raha izany tombontsoa manokana izany no endriky ny sitrapony, dia tsy ho diso anjara amin'izany isika, ho voatsodrano amin'ny zavatra rehetra izy ary ny fahabanganao amin'ny Cité anie ho fandraisana anjara aoriana kely amin'ny voninahiny, ary amin'nyfahasambarana ara-panahin'ny rehetra.

Misaotra anao aho ny amin'ny fiahianao ahy feno fitiavana, nanaraka ny torohevitrao aho, ary nanome ahy trano lehibe i Frera Paul, nefa menatra be aho, ry rahalahy, ho eo afovoanareo rehetra. Raha tokony ho ohatra tsara ho an'ny rahalahiny ny Pretra iray, tsy izaho izany aloha, satria mbola lavitry ny hampiorina anareo aho, ho olona hitondra fanafintohinana aho eo amin'ny fahaiza-miaina anerenao ahy ; farany, hoderaina amin'ny zavatra rehetra anie Andriamanitra, tsy izaho no nangataka taminao ireny fanatsarana ireny.

Fantatro tsy dia mafana fo sy madio am-po aho mba hijanona eo akaikin'ny Tompontsika izay nialofako aloha, tsy mandeha lavitra aho.

Mandeha tsara ny any amin'ny Cité de l'Enfant Jésus. Feno risi-po i Frera Paul, notsofin'i St Enfant Jésus rano ny lalany, saika isan'andro dia mametraka andraikitra izy ary

tena mampahery azy izany ary tsy dia mampanahy azy loatra ny fahabanganao ka afaka mitohy tsy ankijanona ny asa, dia amin'izay koa mba afaka amin'ny tebiteby. Tena hanampy anay ianao indrindra amin'ny alalan'ny vavakao, ary dia miasa tahaka ny asa ataonao ho anay ny vavaka ary ny porofon'izany izay nolazain'i Frera Paul tamiko omaly rehefa avy niverina tany amin'ny fanangonam-bola izy hoe : »Nahazo tany amin'ny tsy nantenaiko ahazoana na inona na inona aho. » Noho izany, mino aho fa tokony hametraka fitokisana lehibe amin'Andriamantra mihoatra noho ny taloha ianao mba hitarika ny asanao. Marina fa hitarika anao izy amin'ny lalana maizina fa ho avy ny mazava tahaka ny efa nahatongany matetika tamin'ny vanim-potoana tahaka izao. Enga anie ny fotoana ipetrahanao any Rôma ho loharanon-tsodrano ho an'izao fotoana izao sy ho an'ny ho avy.

Narahiko ny torohevitrao, dia navelako kely tany an-jorony ny asa rehetra ivelany, adino ny momba ny tena ary tsy tokony ny zavatra ivelambelany no amelanao ny tena zava-dehibe. Dia izao no nataoko tao anatin'ny andro vitsivitsy izay : isaka ny maraina dia manokana fotoana amin'ny fanazarana fanao ato an-trano aho, mampianatra katesizy ny ankizilahy sy ny ankizivavy madinika, dia alefako mody ny olona any ivelany izay anokanako fotoana hafa amin'ny takariva, amin'izay dia vitako daholo ny fanazarako : ny fivavahako marina, ny lamesa masina, ny « Bréviaire » amin'ny fotoana raikitra, ny fampianarana katesizy amin'ny 9 ora ary ny iray hafa amin'ny 11 ora sy sasany, mianatra kely amin'ny ambim-potoana amin'ny maraina, ny hariva indray manao ny raharaha tena ilaina, amin'ny fiasana tahaka an'izany dia mahatsapa fitsaharana ny fanahy sy fifaliana lehibe aho, antenaiko fa hotsofin'Andriamanitra rano tsara io fomba fiainana vaovao io ary hamokatra ho ahy sy ho an'ny hafa izany, tena mahita tsirony sy fahafinaretana aho rehefa mampianatra katesizy, satria manana fotoana anomanana ary andinihana azy aho, ny fahanginana misy ahy ankehitriny dia tena mitondra soa lehibe ho ahy. Ao amin'ny tranon'i St Joseph, vizaky ny famangian'itsy olona itsy sy iroa olona iroa, famangiana tsy misy ilana azy sy manorosory ary tsy mitondra na inona na inona ary tena mamono antoka ahy noho ny fotoana very ; eto aho milamina tsara sy sambatra ; misaotra anao aho noho ny namelanao aho hiaina tsaratsara kokoa eto afovoanareo ; tsy mbola sahy miresaka momba ny fianakavianao aho fa faly kosa ny amin'izay kely omenao ahy.

Malahelo aho fa tsy manana afa-tsy ankizy 9 isika omanina amin'ny kômonio voalohany, fa i Frera Paul aloha mieritreritra fa i Benoît sy i Joseph mbola tsy mahalala loatra ny atao hoe fanoloran-tena, ary raha ampiandraiketana zavatra izy ireo dia lasa hanao

izany fotsiny fa tsy noho ny fitiavana sy fahazotoana amin'Andriamanitra, ary mino an'izany koa aho, ary izay antony izay no nampihemotra anay mba hieritreretana tsara bebe kokoa, nefa mino aho, farafaharatsiny fa mbola afaka mandray roa na telo isika amin'izay tsy lehibe loatra ny elanelany, dia amin'izay mba ho voatazona kokoa ny mahazava-dehibe ny asa atao ; ary rehefa afaka fotoana vitsy, ho tsaratsara i Frera Paul, ho afaka hanampy antsika izy. Lazao araka izay tianao fa tokony hatao izany sao tara loatra.

Mila fikarakarana ireo rahalahintsika madinika ireo ary indrindra ireo vaovao izay tazonina ao amin'ny andiany farany, tokony hokarakaraina bebe kokoa izy ireo, raha tsy izay tsy handray fanahy tsara mihitsy izy ireo, izy ireo rahateo koa mifandray matetika amin'ny olona hafa, raha tokony handray izy ireo, mety hanary izay kely azony, dia zara fa manao ny adidiny ato an-trano izay tokony am-pitiavana sy asaina ankasitrahany ; noho izany dia mieritreritra aho fa ny famoriana azy ireo hilazana aminy ny andraikiny dia tena maika ; tokony ho tonga ara-potoana izany fa maro no tsy manao intsony na ny vavaka fanaony maraina sy hariva ary tsy tonga any amin'ny lamesa intsony ; mba hitsaboana an'izany, hovoriako ao amin'ny efitranoko izy ireo amin'ny hariva amin'ny 9 ora sy sasany, hanao vavaka iombonana ao amin'ny birao izahay ary afaka manome hevitra vitsivitsy ho azy ireo aho indraindray, ary hanao vakiteny masina ho azy ireo aho. Mino aho fa fomba iray tena tsara ilaina izany ary hanainga ny fanahiny hivavaka. Rehefa tsy mivoaka eto amin'ny Cité, dia misy zavatra betsaka atao ho an'Andriamanitra. Mivavaha ho ahy mba hanaovako ny zavatra rehetra angatahin'Andriamanitra amiko, ary hataoko tsara izany araka ny fomba izay itiavan'i Jesoa azy ary indrindra tsy anaovako izay tiako fa ny azy ireny ihany no mba ho izy irery no hoderaina sy hotiavintsika sy ny rehetra. Ny fitiavako rehetra dia ho anao sy ny rahalahy rehetra ao amin'Andriamanitra. Faly aho mieritreritra fa nahita fo sy fanahy iray ianao, hahazo tsara anao sy hiaraka handroso aminao ho any amin'ny lalan'Ilay Mpamonjy antsika. Misaotra azy amin'ny foko rehetra aho amin'ny asa ataony ho anao. Mitomboa hatrany ao amin'ny fahalalan'ny olomasina sy ao anatin'ny fitiavana an'Ilay Fitiavana feno ho antsika. Ny fanajako ho an'Andrimatoa Louis sy ho an'i Mômpera Bruno sy Alphonse. Voaraiko ny taratasin'i Mômpera Bruno.

Ho an'Anriamanitra.

A. Chevrier

18 (17) [3] An'Andriamatoa Camille Rambaud

Ho an’i Frera Camille, Rôma

J.M.J. (Cité, fin février 1859)

Ny fahasoavana sy ny fahazavan’i Jesoa Tompontsika anie ho aminareo lalandava ary hitarika anareo mandrakariva amin’ny lalana marina izay tian’Andriamanitra alehanareo, na toy inona ny zava-tsarotra, ho voafafa avokoa izy ireny noho ny herin’Ilay mitarika ny zavatra rehetra.

Voarainay foana ny taratasinao am-pifaliana, ary mampionona anay ny mieritreritra fa hanome fampaherezana sy fikirizana lalandava Andriamanitra.

Misaotra an’Andriamanitra aho tamin’ny nampahazoany ahy ity fahamarinana ity : fa ny tena andraikitro dia ny hikarakara manokana ny ankizy ato an-trano, ary io andraikitro io dia tena zava-dehibe noho ny hafa, ireo ankizy ireo koa dia tena zanak’Andriamanitra tahaka ny olona hafa, ary ny zavatra tsara dia tena mora sy tena marina eo amin’izy ireo noho ny eo amin’ny hafa, ary tena mety sy mifanaraka amin’ny toetrako sy ny fanahiko toy izay ny zavatra tsara hafa izay hany marina sarotra ary tena tsy mamokatra ; mivavaha ho ahy, azafady mba hitondrako tena araka ny fahazavana sy ny fahasoavan’Andriamanitra. Ny fahazotoana tena marina dia mifototra mandrakariva hitady izay tsy ilain’ny hafa na ireo mody tsinontsinoaviny ; ireo ankizy ireo dia mendrika ny hanana tombontsoa sy hotiavina, ary mihatiako izy ireo hatramin’izay nahateo anivon’izy ireo ahy, ary raha mbola afaka foana aza aho, hajanoko daholo ny asa any ivelany mba hikarakara manokana azy ireo, raha mino koa aho fa mangataka izany amiko Andriamanitra.

Tsy maintsy mandalo amin’ny vatana moa raha te ho tonga any amin’ny fanahy, tsy maintsy ho mpiahy, ho mpitsabo ny vatana koa mba hampahafantarana azy fa tiana izy ireo ; ny fitiavana ny tsy hita maso dia miseho eo amin’ny fitiavana ny hita maso, eo amin’ny azo tsapain-tanana. Omaly hariva, taratara ihany, dia nanao dite ho an’i Joseph sy Ménetrier aho, tena fantatro fa nahafaly azy ireo izany ; tokony hifamaly mantsy ny fitiavana amin’ny fomba rehetra. Nanao vakiteny ara-panahy ho an’ireo tsy salamantsika aho, na valan-dresaka ara-panahy amin’ny 9 ora alina na marimarina kokoa manararaotra manome azy ireo torohevitra tokony homena araka ny maharay aho ; ny maraina amin’ny 6 ora sy sasany dia manao vavaka ho azy ireo aho sy teny hosaintsainina ho an’ny andro ; mila fotoana aloha mba hanazavana azy ireo amin’izay fanazarana izay, nefa manantena aho ny ho tody hatramin’ny farany, tsy dia hoe ao anatin’ny andro vitsivitsy aloha no hahavitana manitsy sy

manarina ; azo anteherana i Joseph, i François ary i Debouchonnet ; azo antenaina tsara ny hafa. Zazalahy tsara fanahy i Benoît izay tsy manana fikasana hijanona na dia hendry aza. Tsy tokony ho hentitra raha tsy tahaka ny hoe angamba hanimba mafy ny fahamasinan'ny hafa ny fanaovan'ny sasany tsinontsinona ela loatra ; matoky aho fa handeha tsara ny rehetra : ny hatsaram-po, ny fotoana ary ny faharetana, izay koa no ilaina.

Salama tsara aho, mila fitandremana kely aho, fa tsy maintsy mametraka ny fitokiana eo amin'Andriamanitra, holaviko izay fahalemem-panahy avy any ivelany, mifanohitra amin'ny fahantrana sy ny fampijalian-tena izany.

Aza manahy ny amin'ny fahasalaman'ny rainao, salama tsara izy, tsy miova foana ny toe-panahiny. Araka ny fanirianao dia hanao lamesa in-droa isam-bolana ho an'ny fanahiny aho ; tsy maintsy manantena isika fa hanazava sy hamindra fo aminy Andriamanitra. Mahereza ary, ry rahalahy malala ao amin'ny Tompontsika, mahatsapa fifaliana tsy hay lazaina aho eo am-pieritreretana fa tokony ho tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ; hivavaka isika, ary hivavaka foana sy hanana fitokiana aminy irery. Salama tsara i Masera Amelie, i Masera Marie koa. Hamita izay natombony ho azy anie Andriamanitra. Ilay anao manontolo ao amin'Andriamanitra sy amin'ny asa.

A. Chevrier

19 (18) [4] An'Andriamatoa Camille Rambaud

JMJ [Cité,] 5 marsa 1859

Hotohanan'i Jesoa mandrakariva ao anatin'ny fahasoavany anie ianao ary hampitomboiny hatrany anie ny toe-po amam-panahy masina napetrany tao anatin'ny fonao. Tsy tokony hitsahatra hisaotra Azy isika noho ireo fanomezany antsika ary hisotsaotra eo an-tongony ao anatin'ny fankasitrahana tokoa noho ireo zava-tsoa maro. Mitso-drano hatrany antsika mandrakariva Izy, ary tokony holazain'i Frère Paul anareo izany.

Mitebiteby kely ny amin'ny fiverenanao ireo rahalahinao, manantena ny hifankahita aminao izy ireo afaka volana vitsivitsy, na farafaharatsiny amin'ny fanran'ny taona, nefa tokony hionona izy fa tsy hahita anao izy ireo mandra-pamerin'Andriamanitra anao eo anivonay. Asaiko manana faharetana izy ireo ary tsy mampanantena azy ireo fiverenana malaky aho. Tsy tokony hanantena anao izy ireo mandra-piditrao anaty fikambanana na mandra-pahavitanao tanteraka, fa tsy mampaninona izany raha mbola mitohy foana ny zavatra tsara na tsy eo aza ianao. Lazao mafy tsara fa natokan'Andriamanitra ny mafy loha,

na dia hoe izy manao ny zavatra rehetra fa tsy isika.

Salama tsara ny rainao, fa mahatsiaro sambatra foana izy rehefa mieritreritra ny fanapahan-kevitra tsara noraisinao. Tonga tany amin'ny Cité izy tsy ela izay ary nahita tsara ny asa mandroso ; efa nolazaiko ianao fa hanao lamesa indroa isam-bolana ho azy aho fa tsy mbola tsy noraiketiko taminao ny fotoana, ny voalohany sy ny faha 15 volana dia afakamiray fo amin'io faniriana io ianao.

Niverina ato an-trano i Frère Piera, tsara ny nitaony. Hositranin'ny Tompo tsara izy aty noho ny any an-kafa, ary ny fisiany eto amin'ny Cité dia ilaina tokoa noho ny any an-kafa, hianatra tsara ny teny latina izy, izay koa no tokony hataony.

Tsara mandrakariva amin'ireo ankiziny i Frère Charles, niverina nianatra ny fizika sy ny fahalalana tsotsotra izy, manome lesona kely ho an'ny lehilahy eto amin'ny Cité izy isaka ny alatsinainy hariva ; mino aho fa tsy dia hoe misy ilana azy na misy lafiratsiny izany, raha toa moa ka hamizaka azy dia aleo ajanony. Nangataka torohevitra tamiko izy dia nekeko, fa tsy tokony handany fotoana be amin'izany ka hanimba ny fotoana fianarany sy ny vavaka fanaony.

Manomboka manara-dalana ireo ankizy kely sy ireo mararintsika. Manao vavaka maraina matetika sy fandinihan-tena kely atrehan'ny rehetra izahay.rehefa hanoratra ianao dia aso teny kely ho an'i Jules izay mbola malaindaina, hampahery azy izany, fa ny sisa salama tsara.

Vonona lalandava i Masera Amelie, anantenako zavatra betsaka izany toe-panahy nahazo tombon-tsoa tamin'Ilay Mpampianatra hendry izany, mivavaha mba hampianarako azy ny lalana tsara, ny teny tsara dia tsy ilana rahatsy misy mpanao zaridaina tsara hamafy sy hamboly ao.

Mbola any ambony lavitra ny amin'izay tokony hataoko aho ary tena tsapako tsy misy hoatra izany mihitsy ny filana ny famonjen' Andriamanitra, ary tsapako koa fa ho azoko izany raha mendrika izany aho. Zavatra tokana no angatahiko dia ny tsy hametraka sakana eo amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Eny ary, ndao hiasa ho voninahitr'Ilay Mpampianatra iombonana, na miafina izy, na tsy fantatra izy, na ankahalaina izy, hoampahafantarintsika izy amin'ny fomba rehetra ?

Mahatsapa aho, ary matahotahotra sy mbola malemy hanatanteraka ny eritreritra feno indrafo izay tian'ny Fanahy Masina hatao, hoatra ny hoe azoko izany nefa mbola mila karavasy hampandroso ahy aho, ka olona hafa no hanome ahy izany.

Ianao koa miasà ho voninahitr'Andriamanitra, amin'ny fahamasinanao miaraka amin'ireo mpianatrao tsara ireo. Enga anie i Jesoa ho ao amino lalandava, ho fiainanao, ho lalanao, ho fahazavanao.

Ho amin'Andriamanitra, eny, ho an'i Jesoa, ary ho anareo manontolo.

A. Chevrier

20 (19) [5] An'Andriamatoa Camille Rambaud

Frera Camille Rambaud

J.M.J. [Cité,] 15 Avrily 1859

Mivavaha ho ahy ry Frera malalako, fa tena pretra fahadiranovana, tsy mendrika an'i Jesoa Kristy, tena mahantra sy tsy mahatontosa ilay andraikitra lehibe maha-mpisorona sady avo lenta, izay nankinina tamiko aho. Tsapako sy hitako miharihary izay tokony hatao, saingy na dia reko tsara izao aza ilay antson'i Jesoa dia hakanosana hatrany no nasetriko ny fahefany feno hitaky izay tiany amiko. Nampamakian'i Frera Charles ahy ny taratasy halefany aminao. Raha efa pretra ianao dia ho naborako taminao koa fa fakam-panahy mitovy amin'ny anao no nitambesatra tamiko sy mbola mitambesatra amiko, hany ka tsy te-haniry toeran-kafa ankoatra ny toeran'ny mpanala maloto eny an-joron-dalana aho. Raha mba fantatro talohan'ny fotoana nanamasinana ahy ho pretra ny andraikitry ny pretra, dia ho nolaviko an-kitsirano ity enta-mavesatra iantsorohako ity, ankehitriny kosa anefa dia azo lazaina fa voatery milanja izany tsy fidiny aho. Hitako ny asa tsara izay tokony hataoko, kanefa dia tsy ataoko izany, tsapako fa tsy maintsy matanja-tsaina lalandava mba hahafaly ny Mpamonjy sy hampamoa tsara io andraikitra lehibe maha-mpisorona io, kanefa dia tsy mahavita na inona na inona aho ; tsy mba manana zotom-po ny ho adala amin'i Jesoa Mpamonjy antsika aho : toy inona ery ny fikasàna tsara mipololotra avy ao am-po ao mandritra ny vavaka mangina italahoana eo anoloan'ny Eokaristia Masina, saingy nony mby tafarotsaka an-tsehatra dia hakanosana re izao, hany ka vontom-pahoriana. Mivavàha ho an'ity pretranao mahantra.

Eo ho eo ihany ny fizotry ny fiainana eto raha ny resaka ara-batana sy ny fiainana andavanandro no tenenina, fa eo amin'ny resaka ara-panahy indrindra, no misy ny olana, manahy mafy ny amin'ny hoaviny ireo Frera namanao, mitebiteby i Frera Paul amin'ny fandoavana ireo zanabola izay efa niangona nandritra ny telo taona ; tsy dia matoky loatra ny

fitondran'Andriamanitra izay efa nitari-dalana anao hatrany izy, sady tsy sahy no tsy dia mino loatra ary tsy manana ilay finoana eo amin'ny fanatontosana asa, izay mankahery ny olona vao miana-mandeha, manao ny asa ary manohy izay efa natomboka. Raha tsy somary ankaherezinao kely indray izy ireo dia ho kivy mora foana ; mety hanana finoana ihany angamba izy ireo rehefa hitany fa tomombana tsara ny asa, matoky izy ireo fa hahomby ny rehetra, ny fahitana fotsiny ny Eglizy lehibe mijoalajoala eto imasontsika dia ampy tsara hinoana ny asan'i Jesoa zazakely, nefa tian'izy ireo ihany ny hahita ny fomba fiasan'Andriamanitra, tiany ny hitsapa azy ireny amin'ny tanany, izay zavatra tsy sitrak'Andriamanitra mihitsy, satria aiza no tokony handraisantsika ny fahamendrehana amin'ny asa izay ataontsika, raha toa ka azontsika raisina sy fantarina izy ireny. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny saintsika manakatra izany, ary tsy haneso antsika ve Andriamanitra amin'izany fomba fisaina sy fikasana ary fomba fijery tsy dia mahataka-davitra ao amintsika izany hany ka tena nampatahotra an'i Frera Paul ny teny izay nambaranao an-taratasy. Raha niteny ianao fa tsy tokony hiantehitra amin'ny fahamalinan'ny olombelona ary tsy maintsy lavina tanteraka aza izany, dia tsy afaka manao io asam-pandavana sy fanaovana sorona feno ao amin'ny sitrapony sy ny fahakingan-tsainy io izy ; mahazatra azy mantsy irony fanoherana mangina madinidinika irony sy izay fitaovana am-pelatanan'olombelona ; ampianaro izy ary antitrantero tsara fa tsy ireny fomba ireny no tokony hianteherana.

Toa niala tanteraka tao amin'ny Cité hono i Ramatoa Auger, tena sarotra hiaraha-miaina mihitsy ny mpanana, sady tsy tiany no tsy zakan'izy ireo ny mahita mahantra. Tsy tokony ho hitan'izy ireo akaiky loatra ireo mahantra sy ny kilemany ; tiany ho tonga lafatra mantsy izy ireo, ka dia tsy afaka ny hifanaraka amin'ny mpanankarena ny mahantra. Tena ho sarotra aminao tokoa ny hahita mpanankarena tsara fanahy, afaka hanatanteraka amin-kitsim-po ny drafitr'asa efa novolavolainareo, satria tanteraka foana hatraiza hatraiza ity teny nambaran'i Jesoa ity : "Lozan'ireo mpanankarena" ; fa ity teny nambaran'i Davida ity kosa dia tsy mba tanteraka firy : "Sambatra izay manana fahaizana hanasoavana ny mahantra", aoka tsy ho kivy amin'izany ianao, angamba raha mba nijanona teto amin'ny Cité ianao, dia ho voavahanao ireny olana madinidinika ireny, ho takatrao ny fomba fijerin'izy ireo, ho hainao kokoa ny hiresaka amin'izy ireo ary dia ho nanam-pahefana kokoa mihoatra noho izay nataonay sy i Frera Paul ianao. Nanomboka tamin'ny fotoana tsy naha-teto anao dia tian'izy ireo ny mba hametrahana làlana eto amin'ny Cité, betsaka ny olona noroahina noho

izany, toy ny mpiambina sy ry Lambert mianakavy ary ny maro hafa koa, nampangain'izy ireo ho nandika lalàna tsy azo ivalozana ireo olona mahantra ireo. Izaho rahateo moa sady tsy afa-nanao na inona na inona ho an'ireo, eny fa na dia nila vonjy hatraiza hatraiza aza aho, hany ka tsy dia mampaninona ahy loatra ny nandehanan'izy ireo. Fa ho voninahitr'Andriamanitra tsara fo irery ihany anie ny zava-drehetra.

Tena mbola salama mihitsy i Frera Pierre, milofo fatratra amin'ny fianarany ny teny latinina izy, hafaliana toy inona moa ny azy manana pretra mpanampy ao amin'ny "Immaculée Conception", izay sady afaka mitsara ny enti-modiny no tena mahafantatra tsara momba io fianarana io. Tena feno zotom-po izy, kanefa dia mila miasa mafy mba hamolaka sy hampilefitra io fahakingan-tsaina manjaka ao aminy io, izay manangana ady aminy mandrakariva ; ny fahasoavan'Andriamanitra no hampahatonga azy ho mora ampianarina sy manetry tena ao am-po. Afaka ny hanao izany tsara i Frera Charles, manetry tena ao am-po sy mora milefitra izy. Tsy isalasalako fa hitso-drano azy Andriamanitra ao amin'ireo raharahan'asa lehibe ataony. Kanefa toroy hevitra ihany izy mba tsy avy hatrany dia hanao fampiharana tonga dia raikitra, na hamerina indray ny lesona fizika, na ny tantara momba ny zavaboahary. Quid Hoc ad aeternitatem ? Fa ho an'ireo mpiasa madinika mahantra indrindra, dia aoka izy ireo hahay manatontosa ny adidy maha-vady sy maha-ray azy ireo, sady amin'ireny koa anie dia tsy voatery handray na hahafantatra zavatra be dia be izy ireo. Heveriko fa tsara raha aorian'ny karêmy vao raisiny indray izy ireo, araka ny efa noeritreretiny. Misy Masera iray vaovao tonga eto aminay, efa hatry ny ela no nahalalako azy, ary efa ela koa izy no nangataka tamim-panajana, fahazoan-dalana hiditra ato aminay, saingy mbola nampandaloviko fisedrana maromaro izy, vao tsy ela akory izay. Raha mahatohitra izy dia inoako fa voaantso ho amin'ny asan'Andriamanitra ka angatahako alàlana aminao ny handraisana azy raha mikiry ny hirotsaka hatrany izy. Zazavavy mahantra, tsy manana harena, tsy dia nahazo fanabeazana firy izy, kanefa dia zazavavy hita fa tena feno zotom-po tokoa ary vonona hanolotra ny tenany manontolo amin'ny zavatra rehetra... Ho hitantsika ny amin'izany ao aoriana raha sitrakao. Raha mba manana Masera anankiray fanampiny isika dia ho betsaka ny zavatra azo atao ao an-trano, toy ny fanasana lamba fampiasa ao amin'ny Eglizy, fanjairana fanamiana sy ny asa madinidinika maro izay afaka hampanaovina azy ireo.

Voan'ny nendramboalavo ny iray amin'ireo tovolahy beazintsika, mbola tsy dia misy atahorana loatra aloha ny aminy hatramin'izao, manantena izahay fa hizotra tsara ny zavatra

rehetra ary ho afaka ny hanome ireo fikarakarana rehetra faran'izay azonay atao.

Maika mihitsy aho hanome ny taratasiko sy hampitondra fonosan'entana any amin'ny hotelin'Andriamatoa Touvais, hanoratra ho anao aho amin'ny manaraka mba hanome fanazavana amin'ny antsipirihany... Te-hiresaka aminao mikasika an'ireo Frerantsika aho. Mila fankaherezana izy ireo eo amin'ny lafiny fananana zotom-po mba ahazoany hanao ny tsara ; mamomo ary hamono azy ireo hatrany ny fahalainana. Tsy tena voaraikitra amin'izy ireo mazava tsara izay asa tokony ho ataony.

Fa hitso-drano anao anie Andriamanitra eo amin'ny fianarana ataonao sy hanampy anao ho amin'ny fanamasinanao, ho tsaroanay am-bavaka amin'izany isan'andro.

Samia ho tahian'Andriamanitra ry Frera malalako indrindra ao amin'i Jesoa, mandra-pazahoako miantso anao ho mpiara-miasa malala, amin'ny alalan'ny toetra masina indrindra izay hampitafian'i Jesoa anao indray andro any.

A. Chevrier

21 (20) [6] An'Andriamatoa Camille Rambaud

J.M J [Cité,] 4 Mey 1859

Tena nitondra tebiteby maro sy fahoriana be ho an'ny fonao tokoa izany zava-mihatra rehetra izany, tena ory tahaka ny hafa rehetra aho, amin'izay rehetra zakain'ny fonao : alahelo, ahiahy, hasanganehana, kanefa tsy maintsy ny finoana no handresy eo amin'ny zavatra rehetra, tahaka an'i Md Pierre nandeha teny ambony ranomasina na dia teo aza ny tafio-drivotra. Manantena aho fa ho oram-baratra mandalo ihany ireny rehetra ireny, kanefa aoka hotsorina fa tena manetsika antsika tokoa ny demony. Fantatrao tsara fa i Mameran'ny Maubec dia nilaza fa ny demony no nanao ny tafiotra ao anaty rivotra, koa dia tena marina tokoa fa izy no mampisamboaravoara ny saina aman'eritreritra ao amin'ny Kôminôte kelintsika.

Nanontany ahy ny tena hevitro ianao ny tokony hiverinana any amin'ny Cité ; tsy mbola nanam-potoana nandinihana izany fanontaniana saro-baliana izany aho, vao androany tamin'ny iray ora mantsy no voaraiko ny taratasinao ary dia novaliako avy hatrany izany, mba hahafahako mandefa izany anio hariva ihany, satria ny faniriako amin'izao fotoana izao dia ny hipetrahanao ao Rome sy hanohizanao ny fianaranao ary ny mba hampatanjaka anao ao anaty fanahin'i Jesoa sy i Md François Raintsika. Ny amin'i Frera Charles indray moa, izay vao avy novakiako teo ny taratasy anankiroa nalefany, dia nanoratra toe-javatra tena

mampalahelo momba anao ; tsy nazava taminy ny maha-zava-dehibe ny lalan-kizorana natorony anao ; tena tafintohina mafy tokoa izy nahita an-dry Mompera Richard sy Chamfray nanala taminy ireo taizany, ary efa hatry ny ela no niady mafy ny sainy fa tsy mahavita na inona na inona izy. Nanjary nanakivy azy izany fisehoan-javatra izany. Tokony hanoratra aminao izy androany ary matoky aho fa ao anaty fiteny malefaka sy feno fanomezan-toky no hanoratany. Hadinoko ny niteny taminao fa, noho izaho tsy nahita an'i Mgr tapa-bolana lasa izay, dia nandeha tany aminy mba hilazalaza kely momba anao ka nahita an'Andriamatoa de Serre aho, izay toa hitako fa manana saina mazavazava kokoa noho ny hafa sy nanome fampanantenana ahy fa hilamina ny zavatra rehetra ary tsy hanano sarotra mihoatra noho izay noheverintsika hotakiana aminy izy ; sady na izany koa na tsy izany, tsy tokony hihevitra loatra ny amin'izao fotoana izao mihoatra noho ny ho avy isika ao amin'ny karazan'asa tahaka itony. Raha mbola manome anao 20 taona hiainana Andriamanitra, inona moa izay 3 taona miohatra amin'ny 20 taona raha ampiasainao tsara ireo taona 3 ireo, afaka mamokatra be dia be eo amin'ny saham-boaloboky ny Tompo ianao. Koa mahereza àry... Mifantoka ela loatra amin'ny fahasahiranana mianjady aminy ireo Frera namanao, tsy zatra mandeha irery mantsy ry zareo, indrindra i Frera Charles. Manomboka mandray ny fitantanan-draharaha i Frera Paul ary mahay miasa sy tsy miankina amin'ny zavatra maro, tena hita tokoa fa manao fihetsika avy amin'ny alalan'ny tenany samy irery izy, izany mihitsy no tena ilaina, fa saingy izao fotsiny, tsy mbola tapa-kevitra tanteraka ny hamoy ny 100 000 FF izay vola napetrany ho tahiry izy. Izany no torohevitra azony tamin'ireo rehetra hitany, izay mihevitra ho toy ny tsy fahamalinana tanteraka ny fakàna an'io vola io (tsy tsara amin'ny tenany manokana sy tsy tsara amin'ny asa), koa amin'io lafin-javatra iray io dia tsy manam-pahatokisana ny amin'ny fomba fijerinao izy, satria tsy tiantsika ny fahantrana tanteraka eo amin'ny lafiny rehetra. Koa aza manahy àry ianao ry Frera ny amin'io tafiotra io : hisava io, minoa an'izany ianao, ary dia hizotra tsara ny fiainana rehetra.

I Frera Pierre, izay votoatin'ny taratasy maromaro nosoratanao tamiko moa, dia nanary tsikelikely, vao tsy ela akory izay, ilay toe-tsaina tia manjakazaka nanafintohina ny rehetra, tsy mitrerontrerona intsony izy rehefa mibaiko : efa alahady roa izay, dia tena niova be mihitsy ny fomba fihetsiny manoloana ireo ankizy efa nahavita ny kôminiô voalohany eto aminay, malemy fanahy izy, mora ifampiraharahana, tsy mikapoka intsony, tsy mihidy irery ao an-trano, tsapany fa tena namita-tena izy, ary antenaiko fa ny fahasoavan'Andriamanitra

no hanova azy amin’ny fitondrantena tsara, izay tena miavaka mihitsy, ho malemy paika ary hifanaraka bebe kokoa amin’ny toe-tsaina feno halemem-panahy ananan’ilay Mpamonjy antsika izy. Mivavaka foana izy ary azo lazaina mihitsy aza fa diso mivavaka be lotara... Matoky anefa aho fa hiova izy ary hahay hanaiky kokoa. Hanaraka izay rehetra hatoroko azy mikasika ny ankizy izy. Nanome lesona ho azy ny nahitany teo amin’ireo ankizy ireo finoana be sy fitiavam-pivavahana mihoatra noho an’ny hafa, ka tena nahafaly azy tokoa ny fomba fivavahana sy ny fitiavam-bavaka teo amin’izy ireo : ka noho ny tsy firaharahiany an’izany teo aloha dia ho tsapany fa ny fomba fampitana ny finoana sy ny fitiavana an’Andriamanitra amin’ny ankizy dia tsy hita ao anaty fandaminana na endrikendrika ivelany fotsiny na ao anaty antsoantso tsy akory, fa ao anatin’ny fiarahantsika miaina amin’izy ireo.

Raha ny amin’ny fandaminanao ny raharaha maha-Ray mpiantoka anao indray, dia mino aho fa tsy te-handray andraikitra ireo zalahy ireo raha tsy eo ianao, ianao mihitsy no handamina an’io raharaha io ; tsy sahy miasa irery ireo satria matahotra sao hanao hadisoana, ka handrava an’io raharaha io fa tsy handamina azy akory. Hevero sy diniho tsara izany, ary omeo ny hevitrao, manahy anefa aho fa hanapa-kevitra hanao ny asa tsy misy anao ihany izy ireo ; handray andraikitra alohan’ny fiverenanao, na ho ela izany na ho haingana... Raha tena takianao aminy ny hanaovana izany, dia ho mora kokoa ny hampahafantarana an’izy ireo ny tena ilàna izany fandraisana andraikitra izany.

Koa mahereza àry ry Frera malalako, aoka tsy hitelina anao ny tafiotra ary tsy hihisatra aminao ny fotoana. Nijanona taona maromaro tany am-ponja i Md Pierre. Ny Papa Pie faha-7 indray dia nitoetra 5 taona tany ivelan’ny Rome nitety fonja maro. Nijanona tany am-pigadrana tany naharitra fotoana ela i Md Paul ; moa ve noho izany no nahafaty ny Eglizy, sy tsy nahavitana ny asan’Andriamanitra ? Amin’ireny fotoana ireny indrindra no isehoan’ny fitantanan’Andriamanitra bebe kokoa, sady mitombo etsy sy eroa ny finoana, fahatokiana ary ny fitiavana ; aza kivy, ary aza miverina raha tsy ny feon’Andriamanitra no manery anao hiverina, fa tsy ny fivovoan’ny demony izay mandratra ny sofinao. Toa hitako ny demony, manodidina anao, mivovò arak’izay fara-heriny mihitsy ka manodinkodina ny sainao mba hahatonga anao tsy hanam-paharetana sy hijalijaly saina, ampangino izy, tsy ao anaty fikorontanan-tsaina akory no tokony hanaovana hetsika na handraisana fanapahan-kevitra, fa manjary tsy mahavita asa mihitsy. Jereo fotsiny i Frera Charles. Nahaketraka azy ny tafiotra sy ny fakam-panahy nitambesatra taminy, nitroatra anefa izy ka nanadino ho azy ny tenany vetivety, tsy ela akory dia nanenina tanteraka tamin’izay zavatra vitany. Samia ho

tahian'Andriamanitra, ry Frera malalako, i Jesoa Tompo tsara anie no hanazava, hampionona, hampahery ary hanome anao ny fahasoavana rehetra mba hahatongavana ho amin'ny tsara izay rehetra nampanaoviny anao ary mba ho amin'ny voninahiny ambony indrindra anie ny zavatra rehetra.

Samia ho tahian'Andriamanitra, amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

22 (21) [7] An'Andriamatoa Camille Rambaud

J.M J [Cité,] 14 Mey 1859

Tena malaina mihitsy aho hamaly ny taratasinao, nefa ianao mangataka amiko ny hanambarana ny zavatra rehetra ; fantatrao tsara fa tsy mba karazan'olona tena mahita mazava tsara ny zava-misy aho, ary tsy dia manan-danja firy loatra ny fitsarako mikasika fisehoan-javatra ; afaka mino aho fa mandeha tsara ny fiainana rehefa ilay tena ratsy iny izy, na tena ratsy ny fandeham-piainana rehefa mandeha tsara iny ; fa i Jesoa Tompo tsara anie no hitso-drano amin'ny zavatra rehetra ary hahomby anie ny asanao : amin'ny foko manontolo no angatahako izany ao anatin'ny vavaka ataoko.

Toa hitako fa mba mandroso tsikelikely amin'ny tsara ihany ny fiainantsika tato ho ato. Efa mba velombelom-panahy kokoa hiaina ho amin'ny tsara i Frera Charles, ary nampahazoto sy nampahahentitra azy bebe kokoa ny nandraisany indray ny kilasy notazoniny ; ny hasarotan-kenatra no mahavoa azy indraindray, ary koa ny tsy fisian-kery mba hahay hitraka amin-kasahiana handresy sy hanohitra ny ratsy ; izay mitranga amin'ny toe-tena ety ivelany dia hita sy tsapa koa amin'ny ao anatiny. Kanefa ilay Andriamanitra tsara izay tia anareo dia tsy hamela azy amin'izany fahoriana sy fijaliana izany.

Fa raha mikasika an'i Frera Pierre indray, ary koa ireo zavatra nambaranao tamiko mba hilazako aminao raha mbola tsy niova izy, dia tsy niova ny toetrany, izy anefa dia tena marary tokoa, ary inoako aza fa tsy mbola ho afaka hampianatra katesizy. Raha vao misoka-bava na miteny kely fotsiny izy dia maina ny traotraokany ary kasoka ny feony, kanefa rehefa tsy ho afaka ny hampianatra katesizy izy, dia angamba hiandraikitra bebe kokoa ny ankizy madinika, asa ohatra, hitsabo azy ireo sy hanara-maso azy mandritra ny fotoam-piasany ; tsy dia ilàna miteny betsaka mantsy ny fanaovana ny asa tahaka izany. Mbola mety azony atao tsara koa ny mikarakara an'i Ménétrier, Debouchonnet ary François, manitsy ny asa soratra sy ny fanazarana hafa ho fanabeazana azy ireo, tsy dia hivoaka any ivelany firy

ka hanamaivana an'i Frera Charles amin'ny andraikiny. Mampiasa loha azy mandrakariva ny fianarany ny teny latinina, kanefa mba tsy toy ny tamin'ny iray volana lasa izay ny toerana nomeny izany fianarany izany ; nefa moa araka ny efa nambaranao mafy dia tena ampy azy tsara izany ho entiny manohy ny fianarana Teolojia, raha toa ka voaantson'Andriamanitra ho amin'ny raharahan'ny pretra ihany izy ; toa hita anefa izao fa tsy dia rototra firy intsony izy, azoko lazaina mihitsy aza hoe manimba ny sainy ny hanjary pretra ; fa toa tapa-kevitra mihitsy aza izy ny handao io lalana io mba hiandraikitra indray ny ankizy, rahatrizay ka sitrana ; io no antson'Andriamanitra voalohany tao aminy. Tsy tokony hanao ny tenantsika ho pretra sy tsy hankasitraka izany raha tsy avy amin'ny alalan'Andriamanitra tokana ihany isika. Tsy omen-tsiny izy amin'izany faniriany izany, satria tsy manana afa-tsy faniriana tsara izy.

Tsy nampihodina azy tamin'izay fikasany mihitsy Andriamatoa Callot sy i Mompera Balme, ny mifanohitra amin'izany aza no nitranga, satria izy ireo mihitsy no namporisika azy hirotsaka amin'izany fikasana tsara izany, hahatonga azy ho "vicaire" na "curé" ihany, no antony namporisihan'Andriamatoa Callot azy ho amin'izany lalana izany, araka ny efa fantatrao àry ny resaka ataony dia toa mampihodina azy amin'ny ato an-trano raha tonga pretra izy ; tsapako tamin'ireo resaka nataony izany, i Frera Pierre anefa dia hita fa tena miraiki-po lalandava eo amin'ny asa atao amin'ireo ankizy madinika ary tsy misy mihitsy afaka ny hanodina sy handrebireby ny sainy amin'izany lalana izany. Tsy mbola tena miverina ao aminy tanteraka ny fahatokisana anareo, tsy maintsy Andriamanitra ihany no antenaina hampahafantatra azy fa avy amin'ny alalan'ny fanetrentena sy ny fanekena ihany no hahatongavana eo amin'ny dingana ambonimbony kokoa. Vao tsy ela akory izay dia namaky ilay boky misy fombam-pivavahana fanaon'ny pretra isan'andro na ny "breviaire des Capucins" izy, ary nangataka torohevitra tamiko mikasika an'io, nambarako azy fa hahita fitiavam-pivavahana tsara kokoa noho izany izy ; kanefa inoako fa araka ny fitsipika dia tokony hampandefitra ny faniriany izy manoloana izany fitsipika izany. Raha samy manao ny ôfisiny araka izay heveriny fa sahaza azy ny tsirairay, dia ho fikorontanana no hita amin'izay fotoana izay. Hahazo aina ery aho raha somary raràna o izy mba hitsapana ny halehiben'ny fanekena sy ny fanetrentena ao aminy. Tokony miditra amin'io lalana io izy, nangataka tamiko ny mba hitari-dalana azy ao amin'izany lalana izany izy, fa tsy afaka manao izany aho, nefa ny hany lalana tokana tsara indrindra azoko ampiasaina dia ny anasako anao mba hampanao asa manorisory sy manambany azy, tsy misy resaka mihitsy

hoe manasa vilia na manao zavatra hafa, lazaina fa mampahatonga ny Frera ho ambany lavitra noho ny zaza izany.

Efa imbetsaka aho no nalaim-panahy manao irery ny asa mba ho ohatra azy, mino aho fa ho vitako izany. Manahy ny hanajamban'ny demony ny masony sy ny hampianjerany azy any anaty nofinofy aho. Nilaza tamiko izy indray andro fa nahita zavatra niseho tamin'ny alina, raha mbola nivavaka iny, ary io fisehoan-javatra io dia nameno tao aminy fahatokisana amin'ny hoavy, fa andao isika hiroso ao amin'ny lalana vaovao ary hizotra tsara daholo ny fandeham-piainana rehetra ; roa andro talohan'io anefa dia niaiky tamiko izy, fa tena feno fahamboniantena tao aminy. Tsy mifampita resaka amin'ny karazan'olona toy izany Andriamanitra (Midera anao aho Andriamanitra ô, amin'izay zavatra asehonao ny madinika sy ny mahantra, hoy i Jesoa). Koa miangavy anao àry mba handidy azy amin'ireo zavatra ireo, na handidy an'i Frera Paul amin'izay tokony ho ekeny ; tiana foana mandrakariva ny manao fihetsika araka izay fomba itiavana azy, ary inoana fa tena tsara mihitsy ny fanaovana izany, fa tsy ny an'ny hafa izay tsikeraina sy sivanina. Salama tsara i Frera Pierre, malemy fanahy ary misosa tsara ny fiainany, kanefa dia mila manetry tena izy, indrindra ho an'ny tenany manokana, ary fantany fa mamita-tena izy matetika, na dia mihevitra ho manana ny marina aza ; tsy misy afa-tsy Andriamanitra tsara irery ihany no afaka hampahita azy ny tena mazava.

Voaroaka i Collomb. Mbola miverina matory eto foana i Benoît, tsy mitovy fisainana amin'i Collomb izy no sady tsy dia atahorana loatra ny fipetrahana eto amintsika ; tena tovolahy manana ny ao anatin'ny fony izy, mankasitraka tanteraka ny amin'izay rehetra natao ho azy izy ary tsy manana fitondrantena ratsy tahaka iry voalohany ; mino aho fa nangataka taminao ny hatory ato an-trano izy, tahaka izany koa i Frera Paul, tsy misy antony maharatsy izay ataony ka itovizany amin'ny toetra nananan'i Collomb.

Tsy dia mivoaboaka any ivelany intsony ireo marary na ireo ankizintsika madinika na ny olon-kafa koa aza, satria na izy ireo tsy manan-javatra hatao, na noho ny tati-dresaka azon'izy ireo avy amin'izao karazan'olona samihafa rehetra izao, ny resaka izay ifanaovan'izy ireo mandritra ny andro sy ny alina ao amin'ilay efitrano kely. Metimety kokoa ny hametrahana olona iray tena manan-tsaina izay hiasa sy handray fepetra hentitra sy mahomby hisorohana ireny zava-dratsy rehetra ireny. Andriamatoa Fraissinet, no noeritreretinay, tovolahy miasa ao amin'Andriamatoa Mouterde, izay "Tiers-ordre de St François", mandringa izy, ary ianao mihitsy aza no efa nieritreritra azy tamin'ny fotoan-dasa.

Ho tsara tokoa raha ho azontsika izy, raha toa ka ekeny izany, mba farafahakeliny misy anankiray lalandava eo am-baravarana mba hampandroso ireo mpanao asasoa sy ny olon-kafa koa, fa raha ny amin'izao fotoana izao aloha dia tsy misy olona mihitsy ary ireo izay eo dia tonga kamo sy mipentsopentsom-bava. Mba omeo ahy kely azafady ny hevitrao amin'izany fa tena ilaiko mantsy.

Voan'ny nendramboalavo koa i Debouchonnet kely, efa miha-tsara izy izao ; saika nentina tany amin'ny akanin'ny fitiavana izy ary izaho mihitsy aza no nikarakara izay hahatomombana izany, kanefa dia nolaviko indray izany avy eo, raha nieritreritra fa ao amin'ny akanin'ny fitiavana anankiray dia tsy tokony esorina ireo olona marary, izay tokony hanaovana ny asa fitiava-namana. Napetraka any amin'ny rihan-trano ambany tafo, lavitra ny fifaneraserana amin'ny hafa izy ary efa miha-tsara aza izy androany, mba niezaka nikarakara azy izahay. Mino tsara aho fa ny fanirianao dia ny tsy handefasana ny zanatsika any amin'ny hôpitaly, hitako mantsy fa mifanohitra amin'ireo fihetsehampo momba ny fitiava-namana izay tokony ho asehontsika azy ireo izany.

Matetika mandeha mamangy an-dreniny i François tsara fanahy, manahy aho sao hanelingelina azy izany ary dia tsy ho tamàna eto intsony avy eo. Mandeha mioty landy foana izy, hany ka antony mahatonga azy hivoaka matetika mandritra ny tapa-bolana mahery izany. Tsy mampitombo ny fitiavam-bavaka ireny fandehanana lava ireny. Manaiky aho fa mila azy ny ray aman-dreniny, kanefa moa ve tsy mety hisy fomba hafa handaminana izany mba hisorohana ireo voka-dratsy aterak'ireny fivoahana matetika ireny ?

Indro misy Frera maromaro izay efa samy nampahalala ny tenany avy mba hiasa ao an-trano, efatra no isany, tsy mino aho raha mba misy na dia iray ihany aza amin'izy ireo no afaka ho tonga relijiozy. Tsy olona tsotra no ilaina fa olona ny tena mivavaka. Tsy maintsy manantena mandrakariva fa ny fitondran'Andriamanitra ihany no hiahy izay rehetra ilainao, satria tena ilaina tokoa izany, na ho an'i Frera Charles rehefa azo hipetrahana ilay trano vaovao "St Paul", sy ho an'ireo ankizilahikelintsika manomana ny kôminiô voalohany amin'ny volana Jona raha tsy sitrana i Frera Pierre. Kanefa ilay Andriamanitra no hiahy ny zavatra rehetra. Ny iray amin'ireo Frera ireo dia fantatro ary efa nangataka hatry ny ela ary angamba misy vonona ihany izy, na dia mbola be aza ny hatao, mbola ho resahin'i Frera Paul aminao ihany izany ary hodinihiny tsara koa. Fa raha ny amin'ireo Maserantsika ireo indray dia omeko fahalalahana tanteraka hanao ny safidiny i Masera Amélie.

Mivavaha re ho ahy azafady, ry Frera tsara fanahy, fa tena mila izany tokoa aho. Mila

ny tenako mba tsy ho kamo loatra ka hampifanaraka ny toe-piainako amin'ny fahasoavan'Andriamanitra aho, mba ahafahako mandray fahasoavana hafa. Tsapako mihitsy fa mila izany aho, ary dia mavesatra lalandava toy ireny vato ireny aho. Hitako ny tsara fa tsy ataoko izany, hitako koa anefa ny ratsy fa dia tsy misakana azy aho. Fa tsy misy ilàna ahy mihitsy angamba ao amin'ny sahan'ny Tompo, mpikarakara zaridaina tsy izy mihitsy, tsy mahay mampitombo na miasa ny sahan'ny Tompo akory. Angataho mba hanilo ahy i Jesoa tsara ary mba tsy hianjera any anatin'ny aizina sy ny hakamoana aho. Samia tahian'Andriamanitra ry Frera malalako, manàna herim-po lalandava, mba tsy hahaketraka anao anie ny fahoriana ary hampiredareda ny fahazotoanao hatrany anie ny fijery feno tsy firaharahina ataon'ny hafa anao.

Adinoko ny nilaza taminao ny amin'ny taratasy izay tokony ho noraisinao avy tamin'ireo Frera namanao, mikasika ny fanavaozana angaha no nangatahin'izy ireo taminao, heveriko fa tsy misy ilàna azy iny taratasy iny. I Mompera Balme koa no inoako fa namporisika azy ireo hanao izany satria nitantara taminy ny tsy fahafaliany vitsivitsy i Frera Pierre ary nitaraina koa i Ramatoa Auger ; kanefa hatao inona daholo izany rehetra izany e ! Tsy afaka hanasitrana ny ratsy na hanao ny tsara rehetra mety azo atao ianao ; ny ho tonga lafatra ao anatin'ny fotoana fohy, dia zavatra tsy mety ho tanteraka mihitsy.

Miezaha isika mba hanjary olomasina sy hanana angovo rehetra ilaina amin'izany ka ho an'ny hafa moa dia ampiasainy amin'ny fanaovana ny ratsy ny azy fa ho antsika kosa amin'ny fanaovana ny tsara.

Aza heverina ho fanehoana hakiviana ao amin'ny Frera namanao ity taratasy ity, tsy izany mihitsy ; hatramin'ny fotoana nandefasan'izy ireo ny taratasy dia tsy namerina niresaka tamiko an'iny toe-javatra iny izy ireo ary tsy nieritreritra ny amin'iny intsony koa aza. Koa aza miasa loha ny amin'iny intsony ianao. Manohy ny asa fanaon'izy ireo toy ny teo aloha ihany izy ireo.

Samia ho tahian'Andriamanitra ry Frera malalako, mivavaka sy mangataka amin'Andriamanitra ny tso-dranony ho anao aho.

A. Chevrier

23 (22) [8] An'Andriamatoa Camille Rambaud

J.M J Cité, faran'ny volana Jona 1859

Ry Frera,

Efa fotoana maharitraritra ihany izay no nampangina ahy ; anisan’ny nahatonga izany ny fikarakarana ny kôminiô voalohany azo lazaina fa faly ihany izahay tamin’ny fetin’ny kôminiô voalohany iny ; nentiko nanatrika ny sakramentan’ny fankaherezana, Alakamisy fankalazana ny fetin’Andriamanitra, ny tao amin’ny “Redemption” izay voninahitra ho ahy nihaonana tamin’i Mgr Kardinaly sy ireo olo-manan-kaja maro hafa izy ireo, niresaka betsaka ny amin’ny Eglizinareo izahay, ny rehetra dia samy nahita fa tena tsara tokoa ilay izy ary samy nirary soa ny hahavitan’ny asa. Toa tsy tapa-kevitra i Mgr amin’ny hahatongavanao ho pretra ato ho ato, tiany mihitsy anao hanapitra ny fotoana rehetra ilaina amin’ny fianarana teolojia, eny na dia any France aza izany ; somary gaga ihany izy tamin’ny tsy nandehananao nankany aminy nandritra ny fivahiniany tao Rome, sady nihomehy izy no niteny tamiko hoe : “Satria diso tafahoatra loatra ny nandraisako azy tamin’ny voalohany, kanefa tsy tokony hahasakana azy tsy hiverina mihitsy izany” ; tsy dia ankasitrahiny loatra ny eritreritrao hiverena hody, tiany mantsy ny hahavitanao tanteraka ny andraikitrao ao amin’ny Cité, sy mba tsy hiverenanao hieritreritra fianarana intsony rahatrizay ka vita soa aman-tsara ny asa, na farafaharatsiny mba tsy tena hiasanao loha amin’ireo asa ara-batana ; teo aloha mantsy dia tsy maintsy nanao asa lehibe sy tena mavesa-danja tokoa, ka ianao irery ihany no afaka mamita sy nandray ny fanomezam-pahasoavana manokana momba azy ary afaka mitondra azy any amin’ny tanjona farany. Ny amin’ny resaka fahatongavana ho pretra moa, dia mety hisy fahatarana tsy mahafaty antoka ; ho tonga amin’izany ihany ianao, saingy kosa amin’ny fotoana tian’Andriamanitra sy hitsarany anao fa tokony hatao an’izany ; tsy niresaka tamin’i Mgr momba ny akanjonao aho, sady inoako koa fa efa nambaran’i Frera Paul anao ny hevitr’i Mgr momba io lafin-javatra iray io.

Misy zava-dehibe iray hafa mibahana ny saiko manontolo ary efa nodinihiko hatry ny ela ihany izany, saingy tsy mba notenitenenikо, noho ny tsy fahatokisako anao ary tsy fahatokisako ny tenako koa, kanefa dia tokony ambarako ihany, satria manery ahy hanao izany ny andraikitro maha-pretra sy ny fisahanako ny asa ara-panahy : ny asa atao amin’ireo ankizy manomana ny kôminiô voalohany. Izao no zava-misy marina : hatramin’izay nisian’ny Cité dia tsy mandeha mihitsy ny asa atao amin’ireo ankizy manomana ny kôminiô voalohany. Voaomàna tapany ihany ireo ankizy manomana ny kôminiô voalohany ary vitsy ihany ny maharitra hatramin’ny farany, tsy misy afaka ny handà izany zava-marina izany ary tsy misy azo atao afa-tsy ny mitaraina : kely ny vokatra azo avy tamin’ ireo ezaka rehetra nataontsika. Tokony ahitana fanafany izany. Tsy tian’Andriamanitra ny tsy hahalavorary ny

asa tsara sy lehibe izay tokony hitondra vokatra maro, toy ny pretra izany no iresahako aminao ary amin’ny maha-mpisahana ny asa ara-panahy ahy no namelabelarako taminao ny fihevitro, miangavy anao aho mba handanjalanja tsara izany eo anatrehan’Andriamanitra sy mba hanome izany zavatra takiany izany.

Koa ambarako àry fa tsy afa-miaraka amin’ny asa ataon’ny Cité ny asa atao amin’ireo manomana amin’ny kôminiô voalohany sy ny an’ireo efa nahavita izany satria vatomisakana ho an’ny andaniny ny ankilany. Vatomisakana eo amin’ny asa ataon’ireo ankizintsika ny Cité, ny tena antony lehibe indrindra maha-vatomisakana azy dia satria tsy afaka manao zavatra anankiroa indray miaraka ireo Frera namanao, tsy afaka izy ireo, sady hamaly izay takian’ny mponina ao amin’ny Cité, handray ny hofan-trano, hangataka fanampiana no hampianatra ny ankizy. Ahoana ny fomba hampianaranao Katesizy raha ohatra ka feno fahasahiranan-tsaina, ahiahy ary raharaha maro isan-karazany ao an-dohanao. Hitako tsara ny zavatra nataon’i Frera Paul mikasika ireo zavatra notanisaina farany teo ireo. Ahoana moa no iainana ny finoana sy fitiavam-bavaka raha voatery mivelona lalandava ao anatin’ny fitondrantena ratsy hita ety ivelany, teneno ahy izay rehetra tianao atao, ireo Frera misahana ny fampianarana ny ankizy dia tsy tokony hanao raharaha hafa ankoatran’izany, tsy hisahana ary tsy hieritreritra afa-tsy izany asa izany ihany izy ireo. Tsy azo ampifanarahina amin’izany ny asa hafa sisa rehetra ; tsy mahita mihitsy ianao, Frera mandàla ny foto-pinoana kristianina ka manao asa hafa ankoatran’ny fikarakarana ny ankizy ; tokony hanaraka any am-piangonana ny Frera namanao rehefa mankany ireo ankizy ireo, hanaraka any am-piasana mba hisarika azy ireo hitia asa sy hiresaka momba ny fahadiovam-pitondrantena tokony haseho amin’ny zavatra rehetra, amin’ny resaka atao rehetra ary mandrakariva, mba hamerenan-doha azy ireo amin-kahalemem-panahy sy amim-pitiavana raha sendra ao anatin’ny hadisoana izy ireo ;

fomba ahoana no tianao ampiainan’i Ménétrier na i Benoît na ny hafa koa ny fitiavan’asa ao am-pon’izy ireo, raha mandritra ny fotoana rehetra anaovana asa-tanana no ahitana ankizy milalao, mamaky boky, ary faly manao zavatra hafa ankoatr’izay tokony hataon’izy ireo ; dia tsy avy amin’izany fomba izany mihitsy akory no ahaterahan’ny fahadiovam-pitondrantena, tsia, tsy maintsy mba asiana Frera tia azy ireny ankizy ireny, mahafantatra azy tsara ary manana mari-pitiavana sy fikelezan’aina ho azy ireny ; raha misy ankizy iray noana na mangetaheta ka mangataka sombi-mofo any an-dakozia, dia tsipi-rano iray vera eny amin’ny tavany no setrin’izany, ary entina toy ny biby izy, jerena amin’ny

maso feno fanambaniana na tsy raharahiana akory ny fisiany, amin'ny fomba ahoana moa no iheveranareo fa tia ny ato an-trano izy ka mbola hiverina am-pifaliana indray avy eo. Ho tahaka izany hatrany ny zava-misy raha tsy mahita afa-tsy ankizy maromaro mba hitari-dalana ankizy maro hafa ianao. Raha mba nahafantatra kely ny amin'ny fikelezan'aina mantsy ireny, kanefa dia tena sarotra azo sy sarotra omena tokoa io toe-tsaina io. Izany àry ny Frera, Frera izay mahalala tsara sy tia asa, ka tokony hitari-dalana, hampianatra ny ankizy, hanaraka azy ireo amin'ny toerana rehetra izay alehany, ireny Frera ireny dia tsy tokony hanana andraikitra hafa ankoatran'ny fikarakarana ireo ankizy malalantsika ireo. Matetika aho no mahita ireo ezaka rehetra vitako, simba ao anatin'ny fotoana fohy monja, noho ny antony izay vao avy nambarako anao teo, koa raha misy asa iray vita nefa ravàn'ny hafa, dia amin'ny fomba ahoana moa no handrosoantsika amin'izany ! Vatomisakana amin'ireo mponina ao amin'ny Cité : ny zava-misy dia tsy faly ny mponina ao amin'ny Cité mahita ireny ankizy ireny. Mahasosotra azy ireo ny tabataba ataon'ireny ankizy ireny, petahany anaram-bosotra izy ireny, maso feno fanambaniana no ijereny azy ireny. Marina tokoa fa ireny ankizy ireny tamin'ny vao tonga, dia nisaringo-boro-damba, tena ratsy arak'izay toetra mahonena misy azy, ary tsy dia tsara jerena ; nahatsapa an'izany sy nahita azy ireny Andriamatoa Auger, tamin'ny fotoana nandehanany, raha nanolotra tavoahangy maro feno divay mba hanomezana hery sy tanjaka ho ahy, ka nanao tamiko hoe : "Tandremo sao omena an'ireo mpiray adidy aminao an !". Ireo vahoaka mahantra, tena mampangora-po ny firesahana an'izany, kanefa izany no toe-tsainy ! Tsy mba mitsinjo lavidavitra kokoa izy ireo, inona àry no azonao atao ? ary io toe-tsaina io dia toe-tsaina ananan'ny ankamaroan'ny olona. Arak'izany, olona voatositosika izy ireo, anaovana ratsy fijery, ambaniana, koa ahoana no fomba hiainany ao anatin'ny tontolo iray izay manambany sy manositosika azy.

Vatomisakana ao amin'ny mpiambina, izay manosika sy voatery mibedy azy ireny, eny mikapoka mihitsy aza. Raha misy ankizy iray miakatra eo ambony vato, dia tsy maintsy ataony izay ampidinana azy fa mitabataba sy miantsoantso ny mpanao mari-trano, tsy hadisoan'ny mpiambina izany, fa hadisoan'ilay vato, nahoana izy no eo, Tao amiko fahiny dia nanesotra ny fahafahako io vato io. Raha misy ankizy iray manao fangalapiery ao amin'ny trano vaovao anankiray, dia tsy maintsy roahina fa manimba ny sokay malemy (plâtre), ny vato na taila fanao gorodona ary ny rafitra biriky ; tsy maintsy roahina amin-kery izy. Ankizy mahantra, tena mahonena tokoa izy ireo, ny vato sy ny trano no naka ny toerany, koa dia tsy hiverina intsony fa handeha ho any an-toeran-kafa na dia eo aza isika, na

marimarina kokoa dia terentsika izy ireo handeha ho any an-toeran-kafa satria tsy misy toerana omentsika azy ireo intsony.

Misy antony hafa koa tsy azo heverina ho latsa-danja, ny ankizy, tahaka ny olona rehetra, dia tia monina any amin'ny fonenany, tiany isika hanao asa ho azy ireo, tia mitokana irery izy ireny ; eto anefa dia tsy azo lazaina fa monina ao amin'ny tranony izy ireo ; tsy afaka milaza izy ireo fa tena karakaraina tanteraka, rehefa hitany fa mifangaro amin'ny olona maro be ; izaho aloha dia tsy afaka miteny mihitsy fa tena miandraikitra azy ireo foana mandrakariva, tokony ho ao amin'Andriamatoa na Ramatoa, na amin'izay miantso ahy aho, ary rehefa tonga ny fotoana izay tsy maintsy handaozako ireo ankizy ireo dia hiandraikitra raharaha maro samihafa na mikasika ny Cité na any ivelany ny tenako. Tsy afaka mandray anjara amin'ny lalao ataon'izy ireo ny Frera namanao, tsy afaka mitondra azy ireo mitsangatsangana, izany anefa no tena ilaina, satria tsy maintsy mamaly mandrakariva ny hetaheta ataon'izy ireo amintsika isika ; mandray anjara amin'ny kilalao ataon'ireo ankizy ireo aho indraidray mba hanentanana azy ireo, nefa fantatro fa tsy mety amiko ny mandeha manao tsambikina eo anivon'ny Cité mpisompatra, izay maneso amin'ny zavatra rehetra ary mitsikilo izay fihetsika rehetra ataontsika, amin'ny fomba ahoana moa no hitoriana ny Vaovao Mahafaly, hanolorana Sorona Masina raha hitan'ny olona fa miara-milalao amin'ny ankizy aho, misy foana ireo fahamalinana, tandrovina amin'ny zavatra rehetra atao, anjaran'ireo namanao ireo no manao izany fa tsy anjarako ; ireo Frera namanao ireo anefa, tsy manana fotoana. Mbola averiko indray fa ho mora kokoa ny manorina asa atao amin'ireo ankizy any amin'ny toerana iray hafa noho ny ao amin'ny toerana izay naharava izany, sarotra tokoa ny mampijoro indray izay efa rava teo amin'ny toerana iray. Tsy ho tonga amin-kafaliana eto amin'ity toerana ity ny ankizinao, mandehana ianao, avereno amin'izy ireo, io sinton'Andriamanitra io, izay narian'izy ireo amin'ity toerana ity, fa afaka hifanandrina na amin'iza na amin'iza momba izany aho ; any an-toeran-kafa kosa anefa mifanohitra amin'izany, mahafinaritra daholo ny zava-baovao, mahasarika ireo toerana vaovao maro ary ny zavatra rehetra dia afaka mampanantena fa hahomby tsara tokoa any an-toeran-kafa. Misy antony iray hafa koa, satria ianao mihitsy no te-hiala amin'ireo andraikitra fanao andavanandro, tahaka izany koa ireo Frera namanao, nefa moa tsy misy fomba faran'izay tsotra ankoatran'ny fametrahanao ny asa atao amin'ireo ankizy beazinao any amin'ny toeran-kafa sy fametrahana ato amin'ny Cité : mpitantana anankiray na mpanolo-tsaina anankiray izay mitoetra maharitra ao amin'ny Cité, ary ianao dia mipetraka any

amin’ny toeran-kafa sy tonga indraindray mandamina ny raharaha sasan-tsasany, dia hihafoana tsikelikely amin’izay ny fitiavanao te-hankahala teo aloha, tsy misy afa-tsy hevitra ihany izany, fa ataovy izay tianao hatao.

Fa ny raharaha ao amin’ny Cité indray, dia asa mitokana mihitsy io, asa izay ataonao ho an’ny pretra fa tsy ho an’ny Frera, ho anao koa, raha manjary pretra ianao miaraka amin’ny fahasoavan’Andriamanitra, nefa dia tokony ho asa ara-panahy daholo izy io, tarihin’ny pretra, mahantra, relijiozy, izay manome oha-pitondrantena tsara maha-mpisorona, araka izay tratran’ny fitiavany sy ny zotom-pony. Izany no hevitra fototra lehibe tiako hampitaina aminao, fa ny tena hafa indrindra dia izao, ireny hevitra ireny dia hevitra avy amin’ireo Frera namanao avokoa, avy amin’ireo Masera ary tsy nampitain’iza na iza ; eritreritro efa hatry ny ela ireo ary rehefa tonga nanatona ahy nampita izay mba eritreriny ny tsirairay avy tamin’ireo Masera sy Frera ireo, dia tsy voasakako tsy hahita fanehoana ny sitrapon’Andriamanitra hiseho ny eritreritro ; fa ny tena nahagaga ahy dia ity : i Frera Charles, manalavitra ny asa atao amin’ireo ankizy ireo indray, dia mba nieritreritra an’izany koa ary tena hentitra sy raiki-tampisaka tao an-tsainy noho ny ao an-tsain’izay tena mieritreritra marina izany, io eritreritra io.

Miangavy anao mba ho mato-tsaina eo anatrehan’Andriamanitra amin’izay rehetra vao avy naborako teo ary hanambara amiko izay eritreritrao amin’io lafin-javatra io, mba hahafahanay mamantatra izay tokony hifanampiantsika. Ahoana no fomba nanatontosan’i Frera Paul ny diany ? Mampamangy any aminy.

Samia ho tahian’Andriamanitra, ilay anao manontolo ao amin’i Jesoa.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa (La Tour du Pin)

24 (553) Ho an-dRamatoa (La Tour du Pin)

J.M.J. (7 février 1860)

Madama,

Mamela ahy hiteny aminao amim-pahatsorana ny amin’ny raharaha iray izay mahaliana anao.

Andriamatoa Berjot izay tokony ho vinantonao tsy ho ela dia nanasa ahy hanatrika ny mariazin-dRamatoa kely zanakao vavy ary mino aho fa hanamasina izany. Henoy ary ny hevitro ary ampitao amin’Andriamatoa Berjot fa tsy tenena ho nanoratra ho anao aho.

Lazaiko anao aloha fa izaho dia pretra mahantra nailika, tsy « Curé » na « Vicaire » aho ary tsy dia mendrika hanao zavatra lehibe, ary mbola lavitra an'izany hoe hampihaja ny fanambadiana ao aminareo ny fanatrehako an'izany, fa angamba aza ho fahafaham-baraka izany satria sady tsy olona mihaja amin'ny fety aho na mifanentana amin'izany. Teraka tao amin'y fianakaviana mahantra aho, ary dia tsy tiako mihitsy nizany miaraka amin'nympanankarena izany satria olona tsy ampy fanabeazana. Raha izany hoe hiteny izany dia tena tsy afaka aho, ary tsy mahalala akory izay hotenenina ka hahafinaritra ny olona, hany ka hoatra ny ondranondrana, aho amin'ny fotoan-dehibe, ary dia fototry ny korontana sy fahasorenana eo amin'ny olona miaraka amiko aho, dia minoa ahy ianao fa ialana amin'izay fahasorenana izay no noratako ho anao. Tsy mahalala ahy Andriamatoa Berjot, heveriny ho olona hafa noh izany aho.

Afa-tsy izay koa, hoatra fiantiana an'Andrimatoa "Curé" ny mahita vahiny mitso-drano fanambadiana iray ao amin'ny fiangonany. Raha hoe "Curé" aho dia azo natao izany fa tsy mety kosa ho an'ny pretra mahantra tahaka ahy izany, ny Curé iray tia manao mariazy malaza any amin'ny paroasiny ary tena marina izany rahateo ny curé iray dia manana ny fahasoavana amin'izany ary ahazo fahasoavana betsaka noho ny hafa izy, ah ! raha mahalala ahy tsara ianao dia tsy hangataka ahy hitsodrano anareo, tadidio tsara izany rehetra izany ary indrindra izay mikasika ny fahaiza-miaina ho tazonina noho ny fitsinjovana an'Andriamatoa Curé ary ampahafantaro an'Atoa Berjot mba tsy hampalahelo ny Curé'nareo tsara fanahy izay ho faly hitso-drano anao. Raha manao toy izany dia ho faly ny olona rehetra dia tsy hanome tsiny ny tenanao ianao tamin'ny nanarahana ny anatro. Izany rehetra izany dia azo alamina tena amim-pahanginana, lazao fotsiny an'Andriamatoa Berjot fa mety kokoa raha i Atoa Curé no manome tsodrano anao, tsy hanipaka ny fanirianao izy ary handeha tsara ny zavatra rehetra.

Koa satria moa tena tian'Andriamatoa Berjot ny anatrehako ny mariazinao dia handeha aho fa aza dia tandremana aho omeo bodofotsy iray fotsiny aho sy mololo kely atoriako amin'ny alina ary ny ampitso dia hanao ny Lamesa Masina aho mba hisaorako ny fandraisanao ahy ary ho an'ny mpivady vao, ary ataovy izay anadinoana ahy satria te-handeha hijery Nenitoa mahantra iray any Chatanay aho ary hiverina ny hariva any Lyon mba tsy ho tapaka mihoatra ny iray andro satria tsy tsara aho raha tsy eo afovoan'ireo mpangataka keliko mahantra izay tsy maintsy omeko mofo matetika ireo. Araho ny anatro ary meteza ho resy lahatra fa handeha tsara ny zavatra rehetra ary ho tena deraina anie ny

Tompontsika Jesoa tsara fanahy satria izay rehetra ataontsika dia tokony ho fanomezamboninahitra azy.

Voninahitra ho ahy sy ho anao manontolo
ao amin'i Jesoa Mpampianatra antsika.

A. Chevrier
Pretra ao amin'ny Cité de l'Enfant Jésus

Taratasy Ho an’ny pretra sy ny seminarista 1864-1878

An’i Mômpera Freyd Supérieur du Séminaire Français à Rome

25 (555) An’i Mômpera Freyd Supérieur du Séminaire Français à Rome

9 jolay 1864

Monseigneur le Supérieur,

Ny tovolahy iray izay Frère de la doctrine chrétienne ary miasa mampianatra ny ankizy mahantra ao amin’ny Providence Lyon, amin’izao fotoana izao dia maniry handeha hanohy ny fianarana ekleziastika any Rôma ao amin’ny Seminaire du St Esprit. Ao amin’ny Diôsezin’i Grenoble Isère izy ; efa 15 taona naha relijiozy tao amin-dry Frère ary nahazo ny faneken’ny lehibeny handeha hianatra.

Koa miangavy an’Andrimatoa Supérieur izy mba hilaza aminy ireo antontan-taratasy hoforonina mba hahazoany miditra ao amin’ny Seminerany, ohatrinona ny saran’ny hofan-trano sy ny vidin-tsakafo, ary ny fotoana inona ny fidiran’ny fianarana.

Aleony mandeha any Rôma satria efa be taona izy ary ny faniriana dia ny hanamasin-tena ato amin’ny asan’Andriamanitra ataontsika, ary manantena izy ho afaka hiditra any moramora.

Voninahitra ho ahy, amim-panajana tanteraka, Andriamatoa Supérieur ny ho mpanomponao manetry tena.

A. Chevrier

directeur de la Providence du Prado, Guillotière. Lyon Rhône

Ho an'i L'Abbé Bernerd

26 (23) [1] Ho an'i L'Abbé Bernerd

Andriamatoa L'Abbé Bernerd, ao amin'ny Prado, ao Lyon.

J.M.J. (1864)

Ho anao Andriamatoa havako sady rahalahy malalako ao amin'ny Tompo,

Voaraiko tamim-pankasitrahana tokoa ny taratasy izay nalefanao ho ahy ary faly amin'ireo vaovao tsara izay omenao ahy.

Hihatsara ny fahasalamako, manantena izany aho, tao anatin'ny andro vitsivitsy izay

dia efa mba nisakafo bebe aho ary tsy marary ny vatako ; misaotra ny fitondran'Andriamanitra aho ny amin'ny nandefasany anareo eto amin'ny Prado mba hamita ny asako, ary matoky aho fa mitso-drano ny asanareo Andriamanitra, amin'ireo fikarakarana rehetra izay nataony tamiko, toy izany koa ramatoakely Catherine.

Teneno mafy ireo zanako madinika ireo mba hihaino anao tsara, aoka izy ireo ho hendry sy ho mpankato ao am-piangonana, amin'izay rehefa miverina aho dia mba ho afaka ny hiteny amiko ianao fa faly tamin'izy ireo, ary efa manomana ny kôminiô voalohany izy ireo.

Hody faran'izay haingana arak'izay azo atao aho, satria na dia eo aza ny filàko hiala sasatra kely dia mikisaka ela ny fotoana rehefa tsy eo amin'ny asa izay tian'Andriamanitra hametrahana antsika isika.

Manoro hevitra an’Andriamatoa Martinet ny amin'ny halemem-panahy sy ny faharetana aho, tahaka ny ohatra izay nasehon'i Jesoa Kristy Tompontsika teo amin'ny zavatra rehetra ; an'Andriamatoa Chériot, ny zotom-po, ny fiaretana, fanoloran-tena tanteraka ho eo am-pelatanan'ny fitondran'Andriamanitra izay mikarakara ny zanany rehefa mitoetra eo am-pelatanany izy ireo, ary tsy mikatsaka afa-tsy ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny zavatra rehetra ; ho an'Andriamatoa Boyet ny zotom-po hanao izay atoron'ny Fanahy Masina azy, toe-panahy feno fikelezan'aina sy fanoloran-tena mba hanokanana ny tena manontolo ho an'Andriamanitra ; an'Andriamatoa Suchet, fanetrentena, fahamarinana, fahafantarana ny tenany, fahatonian'ny fanahy izay miasa loatra ho an'ny hafa. Mangataha amin'Andriamanitra, ho ahy, fanahy tsara eo amin'ny zavatra rehetra ary eo amin'ny fanalako ireo fahoriana sy fahalemena rehetra izay mandreraka ahy ka ho tonga mpanompo sitraky ny fony, tsotra sy mahantra am-po amam-panahy.

Manahy aho fa ho tonga fototr'aretina ny tokotany noho ireo fako be izay ariana ao, tokony hariana any ivelany any ireny fako ireny.

Karakarao tsara daholo ny zavatra rehetra ary aoka ianao salama lalandava. Raha mila zavatra ianao dia miangavia an'i Masera Maria mba hanome izany anao.

Mangata-piarovana ao amin'ny vavaka ataonao aho mba hangatahanareo amin'Andriamanitra, ho ahy ny tena fiovam-po marina.

Ilay anao manontolo ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier.

27 (24) [2] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. (Septembra 1865)

Ry namana hajaina sady malalako indrindra,

Tonga teto Tour du Pin omaly tamin'ny 8 ora alina izahay. Tany amin'ny fianakaviana tsara atao hoe Chalon izahay no natory, ary nanan-kevitra ny hiakatra any Chatanay afaka fotoana fohy. Salama ny reniko, ary maneho aminao ny fanajana feno izy.

Ampiasaiko mba hialàna sasatra sy hanangonana hery ara-pahasalamana ny andro vitsivitsy hitoerako aty, ary indrindra koa hanalako izay havesaran-tsaina ato amiko, mba hahafahako mandray indray ny asako. Tena menatra aho mahita anao tototry ny raharaha maro be, ianao izay mila koa fialan-tsasatra ; nefa manantena aho fa tsy ho malaina lava izao foana akory. Mangataka fiarovana amin'Andriamanitra ao amin'ny vavaka ataonareo aho.

Mampamangy any amin'Andriamatoa Boulachon, amin'ireo Frera sy Masera ary ireo ankizy madinika rehetra.

Raha mihevitra ianao fa mahasoa ireo ankizy ny valo andro, ary ho afaka koa ny handamina ny raharaha miaraka amin'ireo Mompera Capucins ho amin'ny laretirety sy ny kônfirmasiô, dia tokony hatao izany mba hitandroana mandrakariva ny fifandraisana tsara amin'ireo Mompera ireo izay tena ilaintsika tokoa.

Matoky ao anatin'ny fahendrenao izany, ary alamino miaraka amin'Andriamatoa Boulachon, raha hitanao izy.

Fankasitrahana ombam-pitiavana ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Laforest.

Izaho ilay rahalahinao mpiara-miasa mikely aina ho anao ao amin'ny Tompontsika, amim-pitiavana vokatry ny fo tokoa.

A. Chevrier

Lalan'i Chatanay, ao amin'Andriamatoa Claude Frêchet, any Tour du pin, Isère.

28 (25) [3] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. Lohataona 1866

Ry namana sady mpiara-miasa malalako indrindra,

Tena nalahelo anao tokoa izahay . raha ny taratasinao voalohany no tonga nanome toky anay ny aminao sy ny amin'ilay namanao, ary na dia nahatsara anao aza ny dia nataonao,

matoky aho fa tsy handeha ho tonga hatrany amin-dry zareo Comanches ianao satria lavitra be any ary ilay Andriamanitra tsara tsy mangataka an'izany.

Raha nahita an'i Rome izahay dia gaga sy talanjona ary faly koa niaraka tamin'izay raha nahita ireo fahatsiarovana kristiana tsara rehetra mampahatsiaro ny amin'ny finoana ; ary amin'ny maha-pretra anay dia nankalaza am-pifaliana ny Mistery Masina tao amin'ilay lavabato voahasina izay efa nandehanan'ireo olo-masina teo alohanay izahay. Faly aho amin'ny fahasambaranao, miara-mizara izany fahasambarana izany aminao aho ary miangavy anao mba hanambara teny kely iray ho anay eo amin'izay toerana alehanao mba hahazoanay aina kely ao amin'ny fihavanan'Andriamanitra.

Olona maro no manontany vaovao tamiko mikasika anao sy ny hoe rahoviana ianao no hiverina, nampanantena azy ireo aho fa tsy ho ela dia ho eto aminay ianao ary dia ho faly tokoa izahay hanana anao.

Nanambara tamiko ianao fa mieritreritra lalandava an'i Prado. Indro ary homeko vaovao mikasika azy ianao mba ho fanomezana fahafaham-po anao.

Salamalama ihany ireo ankizintsika afa-tsy ny ankizivavikely iray izay voan'ny nendram-boalavo, efa notsaboin'Andriamatoa Fauconnet izy ary efa mihatsara izao. Nasaiko notanterahina teo am-pandriana ny kômoniô voalohan'io zaza io, efa andalam-pahasitranana izy izao.

Voan'ny fanaviana mafy i Robert kely avy tany amin'ny ray aman-dreniny izy, inoako fa tsy ho aretim-be izany. Salama avokoa ireo zanatsika hafa sisa rehetra ary manolotra ho anao ny arahaba feno fanajàna sy miandry izay mba fahatsiarovana kely entinao avy any amin'ny dianao. Mamerina foana ireo fomba fanaony Andriamatoa Théodore, efa ho 8 andro izy izao no tsy afaka nanao na inona na inona ka tena mankarary ahy mihitsy izany, tato anaty ny 2 andro izao dia nihatsara izy. Ny fisainan'i Andriamatoa François dia ny teo ihany ny teo tsy misy fiovàna. Mila anao izy ireo mba hifampitàntana aminy. Niverina Andriamatoa Jacques ilay mpiandry varavarana mahafatra-po antsika tsy nila azy ny tany Chartreuse nitondra ny entany niverina eto amintsika izy ka tena faly be tokoa aho ny amin'izany ; Andriamatoa Suchet dia mbola iny izy iny foana. Salama i Auzon. Mahafinaritra daholo ireo ankizy mpianatsika afa-tsy i Pertoud izay lasa niverina any amin'ny ray aman-dreniny, mbola tanora loatra izy, ho hitantsika ny aminy ao aoriana. Mivavaha mafy amin'i Md Piera sy Md Paoly, ho an'ireo apôstôly kelintsika ireo mba hahomby izy ireo. Tsy misy afa-tsy amin'izy ireo ihany no ahazoantsika hanorenana

fanantenana kely ; ny rehetra, ny rahalahy, ny anabavy ary ireo ankizikely rehetra dia manolotra ny fanajany anao ary mangataka vavaka aminao sy miantso anao hody alohaloha.

Raha ny amin'Andriamatoa Martinet indray, diniho sy fakafakao tsara ny aminy, jereo raha afaka manao zavatra ho an'ireto ankizintsika, mino aho fa tena havanana amin'io asa io izy, tiany io asa io. Dia tsy ho azontsika atao ve ny mametraka fitokisana aminy ny amin'ny fikarakaràna ireo ankizintsika, tena matanjaka izy ; Andriamatoa Théodore kosa efa tena osa, mivavaha mafy ho amin'izany ary diniho tsara izy. Ento eo anatrehan'Andriamanitra ny fandinihana azy. Tsy maintsy mihevitra isika fa ny raharahan'ny mpisorona dia mitondra miaraka aminy ny fahasoavana ary dia inoako fa ho moramora kokoa angamba, ary raha toa ka tsy maintsy miandry olona tonga lafatra, aiza no ahitantsika izany ? Koa farany dia mangataka an'izany amin'Andriamanitra sy amin'ny fahendrenao aho.

Raha ny momba an'Andriamatoa Forvielle, aoka izy hanao izay tiany, tsy misy azoko antenaina intsony ny aminy, tsy handray azy eto Prado intsony aho, tsy hanana fandriampahalemana mihitsy mantsy izahay.

Mangataka an'ilay Andriamanitra isan'andro aho mba handefasany ho ahy pretra tsara fanahy mba hitarika ireto mpianatsika tanora ireto ; tsy fantatro raha mety ny miankina amin'Andriamatoa Jacquet rahatrizay tsy ho eto Prado intsony izy. Tsy misy mihitsy ny antoka. Rehefa miverina ianao, dia ianao angamba no hanapa-kevitra ny aminy.

Mieritreritra matetika ny aminao sy amin'ireo namanao aho. Raha mba manam-potoana malalaka hiresahana amin'i Mgr Dubuis ny amin'i Prado ianao dia mba havaozy aminy ange azafady ny fanehoako ny fanajàna sy ny fankasitrahana tsy misy fihatsaram-belatsihy ny amin'ny fitsidihany. Mba ampatsahivo ao amin'ny fitadidian'i Rtoakely Catherine ilay renikeliko sy Masera Marie izay faly mihitsy amin'ny fahatongavany eto Rome ny amiko. Aoka izy tsy hanadino hanoratra ny laharana faharoa amin'ny kahie mirakitra ny tantaram-piainany, izay inoako sy antenaiko fa hahaliana kokoa noho ilay voalohany, noho ireo fety maromaro izay natrehinareo. Mino aho fa mbola manohy foana mandroso ireo sakafo tsara "mastignance" sy "polastons"fanaony ny ao amin'ny "La Rosette", raha tsy hoe angaha efa niova toerana fisakafoanana hafa ianao.

Toa azoko sary an-tsaina koa fa ao amin'ilay tranontsika taloha an'i Mompera Cassandre ianao no mipetraka, tsy ambaranao ahy izany, kanefa dia voavinaniko ihany. Meteza ianao haneho ny fahatsiarovana mamy avy amiko amin'ireo olona tsara fanahy sady maha-te-ho tia, izay nandray anay tsara tokoa nandritra ny fivahinianany teto Rome.

Misaotra betsaka tamin'ireo taratasy mahafinaritra nalefanao, tena nahafaly anay tokoa izy ireny.

Tsy manadino anao izahay. Tsarovy izahay eo anilan'ireo martiora masina, ary mangataha tso-drano kely amin'i Papa Ray Masina ho anay.

Izaho ilay rahalahy mpiara-miasa sady mikely aina ho anao ao amin'ny Tompo.

A. Chevrier

Miangavy anao aho mba tsy hanadino ahy eo anilan'Andriamatoa sy Ramatoa Picoli sy hanome toky azy ireo ny fankasitrahana feno noho ireo fahasoavana ara-panahy izay azony ho antsika indrindra indrindra ny amin'ny "Portioncule", tena tsara fanahy sady maha-te-ho tia tokoa Andriamatoa d'Achilée.

Ilay anao manontolo.

A. Chevrier

29 (26) [4] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 13 Janoary 1867.

Ry namana hajaina sady malala indrindra,

Isan'andro, madritra ny sorona masina, izahay dia mivavaka ao amin'ny "St Sacrifice", ho an'i Dadatoa malalanao, ho anao, ho an'ny fahasalamanao ary ho an'ireo fanirianao manokana. Makà fotoana izay hilainao. Nanoratra ho an'Andriamatoa le Curé St André aho omaly mba hilaza aminy fa tsy ho afaka ny hanao lamesa any aminy ianao ary Andriamatoa Boulachon dia mbola any Ste Blandine amin'ny mitataovovonana ; koa arak'izany dia tokony ho nivonona ny ho amin'ny androany izy.

Mbola tsy misy fihatsarany foana ny toe-pahasalaman'Andriamatoa Jacquier, indraindray izy mijaly be ; indraindray anefa izy hita fa mihatsara. Tsy hitanay intsony izay hevitra. Tsy misy afa-tsy Andriamanitra irery ihany no mahalala raha havelany ho anay izy.

Nanoratra ho ahy Andriamatoa Martinet omaly, vao afak'omaly izy no nanomboka nipetraka tany Salaize. Naniry ny handalo tao Assise izy alohan'ny hodiany any Lyon, any amin'ny Alarobia dia ho eto aminay. Toa karazan'olona mba mahavita izay asaina ampanaovina azy tsara ihany izy, ary mandefa zavatra maro feno fanajana ho anareo. Salama ny reniko ary maneho aminareo ireo fahatsiarovana mamy avy aminy. Toy ny teo aloha ihany ny fiainana ato an-trano. Tezao tsara ny tenanao, hanampy anao anie Andriamanitra.

Ao amin'ny fo feno fitiavana tsy misy fihatsarambelatsihy, voninahitra ho ahy ny ho tonga mpanompo sy rahalahy manokan-tena ho anareo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

30 (27) [5] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. Chatanay, 6 Aogôsitra 1867

Ry namana hajaina sady malala indrindra,

Misaotra anao izahay sy ny reniko tamin'izay rehetra nataonao tamin'ny fandevenana an'i Chevrier Nenitoako, efa nijaly be tokoa iny ramatoa mahantra iny, ary azo ambara aza fa hoe efa tsy naman'izao tontolo izao intsony, enga anie Andriamanitra mba handray azy ao amin'ny famindrampony, manaova vavaka fohy ho azy mendrika ny sorona masina.

Efa mamindra tsara aho izao, fa ny lohako no mbola reradreraka foana ; eto Chatanay aho, amin'izao fotoana izao, no mipetraka. Tsara ny andro. Antenaiko fa hamelombelona ahy indray atsy aoriana kely atsy ny rivotra sy ny fialan-tsasatra. Miha -ela amiko ny fotoana, lavitra ilay andin'ondrikeliko ; kanefa tsy manahy aho satria fantatro fa tsara ambina izy. Karakarao tsara koa ny tenanao mba tsy harary.

Ho asa vita tsara, ireo izay rehetra hataonao. Alohan'ny hamaranana ny anjaran'i Mgr Charbonnel ho amin'ny fitondrana ireo ankizy ho any amin'ny "Grand Seminaire" dia metimety kokoa angamba ny miandry ny fahatongavan'i Mgr Dubois mba hahafantarana raha eto Lyon izy amin'ny faha - 22 na faha - 23n'ny volana. Mety hanahirankirana an'ireo Andriamatoa ao amin'ny "Grand Seminaire" ireo ihany mantsy ny hampiditra ireo ankizivavikely ireo ao amin'ny lasapeliny, satria inoako fa tsy hamela ny hanaovana izany izy ireo, kanefa manam-potoana handaminana ny amin'izany isika.

Manolotra ho anao ny fanajana sy ny fankasitrahana feno izahay sy Neny. Ny fitiavako ho an’ny rehetra ao an-trano.

Mba omeo kely an'i Frera Joseph anie ity taratasy ity mba hananany zotom-po sy hery bebe kokoa.

Talohan'ny handehanany dia toa tsy faly ilay mpanao zaridaina. Tsy te-hikarakara ny fitafian'ireo ankizy izy ; tsy maintsy taomina izy mba hampiasa ny fitiavana ary ambara aminy fa ny fampiharana io hatsaram-panahy io dia manan-danja be lavitra noho ny sisa rehetra.

Ilay mahatsiaro anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A Chevrier

31 (28) [6] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. Oktôbra 1867

Ry namana hajaina sady malala indrindra,

Salama tsara aho, efa mamindra tsy mila tehina, sitrana ny aretin-dohako efa ho roa andro izay. Mihevitra ny hody aho amin'ny Alarobia hariva. Tsy maintsy mody rahampitso ireo latinista. Hifankahita amin'izy ireo aho ny ampitson'ny fahatongavany mba hanome azy ireo ny hevitro.

Misaotra anao betsaka amin'ireo halemem-panahy rehetra.

Maneho aminao ny firahalahiana feno fanajana izahay sy reniko.

Raiso amin-kafaliana ny fiarahabako sy ny fanajako feno ary ombam-pitiavana anao.

A. Chevrier

32 (29) [7] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [1868]

Ry namana malala

Tonga avy any La Salette i Masera Claire. Manararaotra ny fotoana malalaka aho izao mba hilazako aminao fa mihinana fampivalanana aho, koa raha mba afaka manemotra ny fitsidihanao ho amin'ny Atalata ianao, dia hanana fotoana malalaka kokoa aho.

Noferanay ho amin'ny Alatsinainy ny fotoana mba ahafahanay miomana kokoa ho amin'ny fiverenana.

Koa mba ilazao àry i Frera Jozefa mba handika amiko ny "ordo" izay boky fandaharana lamesa ho amin'ny telo andro manaraka : Alarobia, Alakamisy, Zoma.

Raiso amin-kafaliana ny arahaba feno fanajana sy firahalahiana atolotro anao.

A. Chevrier

33 (30) [8] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 20 jolay [1868]

Ry namana sady mpiara-miasa malala indrindra

Tena nijaly tokoa ianao teny an-dalana izany, hivavaka amin'Andriamanitra izahay

mba hahasoa anie ny ranomafana ary mba tsy hanimba ny soa ataon'ny rano anie ireny fotoam-pijaliana ireny. Tena faly tokoa izahay hahita anao indray ho eto anivonay mba hiarahantsika miasa ho amin'ny voninahitr'Andriamanitra.

Toy ny teo aloha ihany ny fandeham-piainana ato an-trano. Mbola manohy ny hafetsifetsena fanaony foana Andriamatoa Théodore. Tena tsy hitako mihitsy marina izay hatao e ! Miandry anao aho, tena mila anao tokoa aho.

Indro alefako aminao taratasy roa hitako tao anaty fitoeran-taratasy, misy iray koa io ho an'i Monseigneur.

Meteza ianao mba haneho ny fanajàna tsy misy fihatsaram-belatsihy an'i Monseigneur avy amiko. Mangata-piarovana ao amin'ny vavakao izahay rehetra.

Mampamangy hoy Andriamatoa Boulachon.

Raiso miaraka amin'ny fanajàna ny ato an-trano, ny firahalahiana tsy misy fihatsarambelatsihy.

A. Chevrier

34 (31) [9] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. St Jean de Soudain [Karemy 1869]

Ry namana malala sady hajaina

Efa mba manomboka miteny mazava tsara aho, ary manantena fa afaka andro vitsivitsy dia hiverina tanteraka ny feoko. Miha-ela amiko ny fotoana, hanalavitako anareo sy ilay tontolo keliko ; nefa manantena aho fa tsy hamela ahy hisaraka anareo fotoana ela ilay Andriamanitra tsara.

Tezao tsara ny tenanao mandritra izay fotoana itoeranao aty, mba tsy handreraka anao loatra ny asa atao ary mampamangy amin'ireo Andriamatoa isany ireny. Mitandrema tsara ianao ny amin'Andriamatoa Salignat izay be resaka loatra, inoako fa tsy tsara ny hamelana azy hifady hanina satria hitako mantsy tato anatin'ny andro vitsivitsy izay fa valabalaka izy. Ary Andriamatoa Sellier, manao ahoana ny fahasalamany ? Tena reraka izy tao ho ao izay, tokony hasiana afo hamindroana ao amin'ny efitranony, raha toa ka ilainy izany.

Ary ny amin'ireo ankizy madinitsika, mino aho fa hendry tsara izy ireo, lazao izy ireo fa mivavaka ho azy ireo aho mba hanaovany tsara ny kôminiô voalohany, ary mba hiomana amin'izany ao anatin'ny fivavahana sy ny fankatoavana izy ireo.

Talohan'ny handehanako, dia saika hilaza tamin'Andriamatoa Georges aho mba tsy

hanakana ireo latinista hihinana sakafo maivana. Ireo zanaka mahantra ireo dia mila mihinana ny anjara sakafony ; hadinoko anefa ny nilaza izany taminy, koa miangavy anao aho mba hanonitra ny fanadinoako.

Raha mbola ny ho avy amin'ny Alakamisy foana ny fikasanao, dia hifanahita aminao an-kafaliana izahay, izaho sy Andriamatoa Mompera Curé.

Fahatsiarovana feno fankasitrahana avy amiko, ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Laforest.

Salama tsara ny reniko.

Izaho, miaraka amin'ny fitiavana marina sy fankasitrahana feno, ilay namana sy mpanompo mikely aina ho anareo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Ao aminy M. le Curé de St Jean de Soudain, à la Tour du pin, Isère

Asiako taratasy kely ato ho an'i Masera Claire izay sahiran-tsaina lava izao. Mba omeo azy kely ity, ka aoka tsy ho tsikaritr'ireo Masera hafa, mba hisorohana ny fialonana izay tena tsy resaka madinidinika intsony eo amin'izy samy izy.

35 (32) [10] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J.St Jean de Soudain, 16 Avrily 1869.

Ry namana hajaina sady malala indrindra

Tena miala tsiny betsaka aminao aho amin'ireo fahasahiranana rehetra izay omeko anao ; nefa manantena aho fa hamaly soa anao eo amin'izay rehetra nataonao ho anay Andriamanitra.

Afak'omaly alina izahay no tonga, tsara be ny andro tamin'izay ; omaly anefa avy ny orana, nampahatonga ny tontolo ambanivohitra ho tena tsara tokoa izany ranon'orana izany. Mbola tsy afaka mivoaka any ivelan'ny trano aho amin'izao fotoana izao satria avy hatrany dia farina ny feoko ; kanefa hisinda izany afaka andro vitsivitsy.

Manao ahoana ny fahasalamanao ? Efa lasa ve ireo ankizintsika ? Voapetrak'Andriamatoa François tamin'ny toerany daholo ve izy ireo ? Tsy ho banga indray ny toerana amin'ity indray mitoraka ity ; raha tsara ireo toerana ireo dia fitondran'Andriamanitra ho antsika izany.

Ilazao kely Andriamatoa François azafady mba tsy handefa any aminy M. le Curé de

St Jean ny faktioran'ny famonosana ireo miseliny roa. Afaka mandoa izany faktiora kely izany tsara tokoa isika, ary efa tena nanao be ho antsika tokoa izy tao anatin'ireny fotoana ireny.

Mba ilazao koa izy hoe raha vantany vao voafono ireo Evanjely miray dia mba handefasany aho. Ilaiko mantsy izy ireo ho amin'ny tantaran'ny Mistery sy ny lalan'ny hazofijaliana.

Tsy tokony ho hadinoin'Andriamatoa Suchet mihitsy koa ny mandeha maka ny akanjon'i Frera Jozefa izay angamba mety ho tonga amin'ny herinandro ambony, mba hisy soutane iray hisoloany amin'ny fotoana hahatongavany.

Mety ho nalahelo be mihitsy izay angamba Andiamatoa Laforest tamin'ny tsy nandehananao tamin'ny raharahany tany Roanne ; kanefa heveriko fa tsy sahaza ary tsy tsara mihitsy ho antsika pretra, ny mitsabaka loatra amin'ny raharaham-pitsarana, raha tsy hoe angaha voaantso ho amin'izany isika. Aoka izy hiandry am-paharetana, ary Andriamatoa Laforest koa anie mpisolovava mahay e, ka ho hainy tsara, mihoatra noho ny hafa rehetra, ny miandany amin'ny tenany sy milaza ny antonantony.

Mba hanehoy arahaba feno fanajana avy amiko Andriamatoa Jaillet, ary hiangavio Andriamatoa Alexandre mba handavaka ny varavarana fandehanana izay nangatahiny tamiko.

Tsy maintsy ampaherezina koa Andriamatoa Guerre izay maniry lalandava ny ho hody ; alohan'ny handehanany dia nilaza tamiko izy mba hitadiavantsika mpanasa lamba hafa, satria afaka tapa-bolana izy dia mety handeha, tsy fantatro ny antony mahatonga azy handeha. Tena hampalahelo tokoa raha ho izany no zavatra hiseho, satria tena olo-marina sy tena nitandrina ny lamba nokarakarainy fatratra tokoa izy.

Mba manoratà ho ahy, ary raha mba manana fotoana kely ianao amin'ny herinandro ambony, dia mba tongavà mamangy anay, fa tena hahafaly anay tokoa izany. Mampamangy any amin'ireo Andriamatoa isany mpampianatra antsika, ary any amin'ireo latinista.

Mangataka fiarovana amin'Andriamanitra ao amin'ny vavakareo aho ; raiso ary ekeo ny fanehoam-pankasitrahana tsy misy fihatsarambelatsihy ary ny fanajako feno sy tanteraka.

A. Chevrier

Ao amin'Andriamatoa Le Curé de St Jean, akaikin'i Tour du pin, Isère.

36 (33) [11] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 3 Mey 1869

Ry namana sady mpiara-miasa malalako indrindra,

Nifanaraka tamin-Rtoakely Mélanie aho fa handeha ho any Ars andro vitsivitsy izy mba hahazo hery sy hanao laretirety kely, avy amin'izay no hiezahantsika ampidirana azy ao amin'ny Trappistines.

Mba teneno kely Masera Antoinette mba hanao ny raharaha ao an-dakozia mandritra izany fotoana izany, satria mantsy izy mahalala ny fandehan-javatra rehetra ao an-trano, i Masera Catherine kosa no hisolo azy eo amin'ny toerany.

Mety mba hanana fandriampahalemana sy filaminana kokoa isika angamba amin'izany fomba fiasa izany.

Omeo vaovao mikasika anao sy ny amin'ireo latinista kelintsika aho.

Ilay namana mpiara-miasa nikely aina ho anao.

A. Chevrier

37 (34) [12] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 3 Mey, [1869]

Ry namako malalako indrindra

Hadinoko ny nanome taratasy anankiroa an'i Melanie androany maraina. Ny taratasy iray dia misy taratasy fandraisam-bola (mandat) misy sora-bola mitentina 10 francs izay asaina alain'Andriamatoa Suchet any amin'ny Paositra ; ary ny taratasy faharoa kosa dia taratasin'ny reny anankiray Luce no anarany, ary mitady ny zananivavy izay vao natao kôminiô voalohany tamin'ny farany teo, ary napetrak'ireo Masera amin'ny toerana iray. Mba omeo an'ireo Masera niandraikitra izany ity taratasy ity, dia asaivo alefany eny amin'ny reniny ilay zazavavy kely.

Miha-ela amiko ny fotoana hodiako eo anilanareo ary minoa ahy ianareo fa tena fahafoizantena lehibe no ataoko amin'izao fitoerako lavitra anareo izao.

Ilay mahatsiaro anareo mandrakariva ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

38 (35) [13] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 16 Jolay [1869]

Ry namana hajaina sady malala indrindra

Nanahy ny aminao tokoa izahay, tsy fantatray hoe manao ahoana ny fahasalamanao ary moa ve ianao mbola ao Vichy ihany, ny taratasinao tonga no nampahalala anay. Tena malahelo tokoa izahay fa mbola tsy salama foana ianao ary tsy nahatsara anao ny ranomafana. Antenaina fa ny fivahiniana any St Germain Laval dia hahatsara anao kokoa ka hanonitra tsikelikely ny tsy mety avy tamin'ny rano.

Makà izay fotoana rehetra ilainao mba hahasalama anao ary kajio tsara ny fahasalamanao. Salama ireo seminarista eto amintsika ary maneho aminao ny fanajana feno. Manomana ny fanadinany i Frera Josefa, mampamerimberina azy isan'andro ny lesony aho. Miandry ny fihaonan'i Kardinaly sy Mgr Dubuis i Andriamatoa Salignat ny amin'izay ho fanapahan-keviny.

Faly tokoa aho manana izao fotoana izao mba hanehoako amin'Rtoa Masera St Edmond ny arahaba feno fanajana sy fankasitrahana azy tamin'izay rehetra efa nataony ho an'i "Providence".

Tsy manadino anao izahay ao amin'ny sorona masina, mba tsarovy koa izahay sy ireo rehetra miaraka aminay.

Maneho aminao ny veloma feno fanajana Andriamatoa Jaillet ireo seminarista rehetra ary koa ny reniko.

Ekeo sy ankasitraho koa ny fanehoako ny fitiavako tsy misy fihatsarambelatsihy.

A. Chevrier

39 (36) [14] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. Lyon, faha-24 Aogositra 1869

Ry namana hajaina sady malala indrindra

Tsy nahafa-po anay ireo vaovao nambaranao mikasika ny fahasalamanao, koa manaova ianao fialan-tsasatra betsaka ary dia ho hitanao fa ho salama tsara ianao, ka manantena izahay fa ny taratasinao manaraka dia hanome toky anay bebe kokoa ary hanambara aminay fa efa salama tsara ianao.

Iangaviako ianao mba hisaotra ny "Sa Grandeur" amin'ireo fitiavana izay nentiny ho an'ny ato an-tranontsika ary ilazao koa izy fa mivavaka ho an'ny fahasalamany sy ho an'ny fahombiaza'ireo asa ataony izahay.

Naka fialan-tsasatra nandritra ny andro vitsivitsy Andriamatoa Salignat ary hiomana

koa ho amin'ny fanamasinana ho pretra (ordination), izay hataony amin'ny volana Oktôbra.

Eo ho eo ihany ny fiainana ato an-trano. Misy marary ao amin'ny ati-vavan'Andriamatoa Jaillet, manelingelina azy mandrakariva ny solonifiny. Tsy manan-tsanda noho ny antsika ny nifin'ny hafa, manao veloma anao izy.

Nandeha namonjy fialan-tsasatra ireo latinista, efatra amin'izy ireo no nijanona ary manao ireo raharaha ato an-trano no sady mba miala sasatra koa.

Manao katesizy sady mianatra Andriamatoa Jaricot. Salama ireo ankizy madinika ary miomana ny handeha hijery ny "l'imperatrice" izy ireo androany hariva.

Tsaratsara ihany ny fahasalaman'ny reniko ary maneho aminao ny fanajana izy.

Ao amin'ilay hôtely nisy anao tamin'ny voalohany ihany no alefako ny taratasy, mieritreritra aho mantsy fa tsy mbola niova toeran-kafa ianao, tsy nametraka adiresy hafa mantsy ianao tao anatin'ny taratasinao, ary izany koa no anisan'ny antony nahatara ny valin'ny taratasiko ho anao.

Izaho, amin'ny fo feno fitiavana tsy misy fihatsarambelatsihy, ilay namana nikely aina ho anao.

A. Chevrier

40 (37) [15] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [1869]

Ry namana hajaina sady malala indrindra

Vao avy nandray ireo taratasinao roa indray miaraka aho izao. Misaotra amin'ireo fanirianao tsara sy fahatsiarovana mamy rehetra avy aminao ; ny fahatsiarovanay anao dia tena sarobidy tokoa.

Niresaka tamin'Andriamatoa Jourde, mpifanolobodirindrina amintsika sady fantatrao tsara rahateo koa aho, andro vitsivitsy lasa izay. Nanapa-kevitra ny hanolo-tena tanteraka ho amin'ny asantsika izy, ary tokony hiditra ato an-trano amin'ny herinandro ambony. Heveriko fa hanao ireo asa madinika ato an-trano izy ary ho malemy paika kokoa noho Andriamatoa François. Olona marina sady mahalala fomba tsara tokoa izy, manatanteraka avy hatrany izay rehetra asaina ampanaovina, ary niditra ao amintsika ho an'Andriamanitra.

Ary satria moa efa nandraisana fanapahan-kevitra ny amin'iny raharaha iny, andro vitsivitsy lasa izay koa tsy ho afaka ny hiverina amin'ny teniko intsony aho, ary vokatr'izany angamba no mahatonga azy hanao fifanarahana miaraka amin'ny "Societé St Vincent de

Paul", izay izy no mpitan-tsoratra.

Toy ny teo aloha ihany ny ato an-trano. Nanomboka nanao fivoriana kely mikasika ny fivondronan'ny asa ato an-trano izahay tamin'ity herinandro ity, miandry anao aho mba hanampy ahy. Tena ilaintsika tokoa ny fifanarahan-tsaina sy ny fiarahana miaina ao anaty aina iray mba ho amin'ny faharetan'ny asa ataontsika sy ho amin'ny fahamasinan'ny tenantsika rehetra koa.

Mba mivavaha re hoanay e ; tsy manadino anao aho.

Raiso miaraka amin'ity taratasy ity ny fanajana tsy misy fihatsarambelatsihy avy amin'ilay mpanomponao tena tia anao.

A. Chevrier

Misaotra anao tamin'ireo fahatsiarovana mamy nomenao ny reniko, salama izy. Mahatsiaro ireo fahatsiarovana mamy ny aminao ireo Andriamatoa eto amintsika, miandry anareo rehetra izahay.

Amin'ny manaraka indray !

41 (38) [16] Ho an'i L'Abbé Bernerd

Andriamatoa L'Abbé Bernerd, ao amin'ny Providence du Prado,
Rue Chabrol 55, Lyon - Guillotière.

J.M.J. [Chalamont, 14 Jona 1870]

Ry namana hajaina sady malala

Misaotra amin'ireo filazalazana (renseignements) nambaranao sy fisahirananao tamin'ny fitsidihana ireo olona maro samihafa ireo ; tsy mba ho voasolo na oviana na oviana mihitsy ireo mpanao asa soa.

Noho ny tsy fahafantarako na ao amin'ny Prado ianao na tsia, dia nametraka taratasy kely ho anao aho ao amin'ny taratasy izay nosoratako ho an'Andriamatoa Jaricot, mba hiangavy anao hamerina hanao lamesa fanindroany androany raha ilaina izany ka mba hisy lamesa telo eto amin'ny Prado. Manantena aho fa handeha tsara daholo ny zavatra rehetra.

Efa mihatsara aho, nampiverina tsikelikely ny heriko, ny fialan-tsasatra sy ny sakafo tsara ; na izany aza anefa, mangataka aho ny mbola hitoeranao andro vitsivitsy aty mandra-pahatongan'ny fety. Miha-ela amiko ny fotoana hodiako any amin'ny Prado ; kanefa mila fialan-tsasatra misimisy kokoa aho mba handraisako indray ny asako avy eo.

Ary satria, Andriamatoa L'Abbé Jaricot efa miandraikitra ny raharaha ato an-trano ; dia ianao izany no hisahana izay rehetra mikasika ny raharaha ivelany toy ny fitsidihana, ny fangatahana fanampiana, ny fandoavam-bola aty ivelany, irakiraka amin'ny fividianana izay rehetra mety ilaina ao an-trano ; amin'ny alalan'ny fanomezana ny tsirairay ny adidy aman'andraikiny, hizotra tsara kokoa ny fiainana ato an-trano ary dia ho fantatro mazavazava kokoa ny amin'ny ho anjara andraikitry ny tsirairay.

Tena mila tokoa ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra isika alohan'ny hahatongavana amin-javatra iray, hentitra sy maharitra kanefa tsy maintsy ao amin'Andriamanitra no antenaina izany.

Tezao tsara ny tenanao ary mivavaha ho an'ilay mpanompo mahantranao izay tsy manadino anao eo akaikin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Fanajana no atolotro ho an'ireo fianakavianao.

42 (39) [17] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [Oktôbra 1870]

Ry rahalahy malala hajaina indrindra

Tsy manery anao mba hiverina indray any Lyon aho, raha tsy hoe angaha tianao ny ho tonga "garde nationale". Nahazo baiko mba ho anisan'ny ao amin'ny "garde nationale"izahay androany maraina, fa raha tsy izany dia voasazy mandoa lamandy na hampiditra am-ponja, tsy hoe izahay ihany fa ao koa ry Andriamatoa isany Curés sy Vicaires.

Avy any amin'ny "archevêché" aho izao. Nilaza taminay Andriamatoa Pagnon, fa tsy hiharan'ny lalàna ny pretra, sady ankehitriny koa moa tsy misy intsony izany lalàna izany. Manantena aho fa ho oram-baratra ihany izany ary sorisory ateraky ny fanaovana akanjo fanamian'ny pretra. Ianareo ihany anie dia mahita fa tsy tsara ê !

Somary notoherina ihany izahay hatramin'izao fotoana hitenanay izao.

Salama tsara ireo Andriamatoa ary mandefa aminao ny arahaba feno fanajana. Mbola tsy nanatanteraka ny kôminiô voalohany izahay. Nandroaka ankizy tokotokony ho eo amin'ny antsasak'isan'izy ireo aho, ireo izay tsy dia tena vonona loatra ny hianatra, satria tsy dia mahazo fanampiana be loatra izahay. Mihevitra izahay ny hanatanteraka izany kôminiô voalohany izany afaka tapa-bolana, raha omena fotoana ; miomana mandrakariva ny haheno

poa-basy vitsivitsy izahay. Misy ady mantsy ifanaovan'ny manana saina miloko mena sy ny saina telo loko. Tamin'ny asabotsy teo dia nandramanay nesorina ny saina miloko mena mba ho soloina saina telo loko, kanefa dia tsy nety ê ; mety hisy mihitsy ny ady an-trano, amin'izay kosa angamba dia hihemotra izahay. Tena sarotra be ny toerana misy anay. Mivavaha amin'Andriamanitra ho anay.

Meteza ianao haneho amin'i Mgr Dubuis ny fanajana feno sy tanteraka avy amiko, arahaba avy amin'ny mpiara-mianatra taloha ho an'Andriamatoa Barricand, izaho miaraka amin'ny fo feno fitiavana sy firahalahiana tanteraka, ilay nanokan-tena ho anao.

A. Chevrier

43 (40) [18] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 30 Aogôsitra 1871

Ry Ray hajaina sady malala

Misaotra anao aho amin'ireo vaovao tsara izay nomenao anay. Mirary izahay mba hahasoa anao anie ny ranomafana ka hamerina anao eo anivonay rehetra, salama tsara.

Salama tsara daholo izahay rehetra.

Tsy mbola tena mazava tsara ny amin'ny raharahan'Andriamatoa Dutel, tsy mbola niresaka tamiko izy ; ary izaho koa tsy sahy nanontany azy ny vahaolana.

Any Tour du Pin ny reniko. Mihevitra ny handeha haka azy any aho rahampitso, ary hitondra an'Andriamatoa Joanny sy ireo roa hafa koa amin'ny Asabotsy.

Tsy tezitra mihitsy aho amin'ny fahitana fa tsy tody hatramin'ny farany ny dia ho any Amerika, satria olona tsy azo ametrahana fitokisana iny lehilahy iny ; mety ho afaka hahita fomba hafa ihany isika hampiverina an'i Auzon raha antsoin'Andriamanitra ho eo anivontsika izy. Tezao tsara ny tenanao ary tsarovy ao amin'ny Sorona Masina izahay.

Maneho aminao ny veloma feno fanajana ireo Andriamatoa rehetra ireo, ireo ankizintsika koa, toa izany.

Raiso ary ankasitraho ny foko feno fitiavana tsy misy fihatsarambelatsihy.

A. Chevrier

Mbola tsy fantatr'i Masera Antoinette foana hoe rahoviana izy no handeha, ela fanapahana hevitra izy.

35 francs fotsiny no vola fanampiana voangoko.

Ilay mahatsiaro anao.

44 (41) [19] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [Septembra 1873]

Ry rahalahy malala hajaina

Misaotra amin'ny taratasy mahafinaritra nalefanao. Nasaiko narotsaka any amin'ny paositra omaly ny "bréviaire" (pars autumnalis) izay angamba ho tonga alohaloha ihany any aminao mba ho ampiasainao amin'ny fotoana nomena. Karakarao tsara ny tenanao, ary araraoty ny fizaran-taona tojo anao any ka dia miverena aminay salama tsara.

Tsy dia misy vaovao misongadina manokana eto Prado afa-tsy ny fanirianay rehetra mba ahafahan'i Monseigneur ho tonga amin'ny Rozery masina, andron'ny kôminiô voalohany. Hivavaka izahay mba hilaminan'ny asany rehetra ka mba hananany fotoana malalaka amin'io andro io.

Nitsidika an'i Mompera Jaillet i Mompera Regis omaly, sady nandalo izy no nanao veloma anay ary nanome toky ny hiverina, hitory ny laretiretin'ny ankizy.

Niverina indray avy any Trappe Andriamatoa Isidore, nikaroka toerana hipetrahana izy, ary dia ao amin'ilay mpanadio lamba ao Vaise izy no mipetraka.

Ary ny amin'Andriamatoa Joanny tsara fanahy ? Tena mampalahelo mihitsy ny nanombohantsika diso aoriana loatra ireo fikarakarana tena ilaina ho amin'ny fahasalamany. Tena hitako ho mihareraka foana izy ary tena tsy manam-bola mihitsy. Asa raha mbola tian'Andriamanitra ny hitazonana ny ainy satria Izy mantsy izy no tompon'ny aina. Aoka isika tsy hanadino azy ao anatin'ny vavaka izay asandrantsika.

Ireo ankizy sy Seminarista tanora eto amintsika dia maneho aminao ny fanajana feno.

Ireo Pretra sy Seminarista eto amintsika dia mitaona anao mba hanararaotra ny fizaran-taona tojo anao any amin'ny misy anao any, ary hiverina aminay tsy ho ela.

Meteza ianao haneho amin'i Sa Grandeur ny fisaorana tena feno fahatsoram-po tanteraka avy aminay rehetra, toy izany koa ny arahaba feno fanajana avy aminay ary ny fangatahanay ho amin'ny fanatanterahana ny kôminiô voalohany.

Raiso ny fitiavanay tena vokatry ny fo.

A. Chevrier

Rehefa miverina ao Roanne ianao, dia hiangaviako mba haneho ny fisaorana sy ny

fiarabana feno fanajana avy amiko amin'ireo fianakaviana tsara rehetra, izay nanampy antsika, indrindra moa fa Atoa sy Rtoa Jannet.

45 (42) [20] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [Prado] 15 Septembra 1873

Ry namana hajaina sady malala indrindra

Voaraiko omaly ilay taratasinao mahafinaritra ary dodona mihitsy aho izao ny hamaly izany sady hanambara koa aminao ireto zavatra manaraka ireto :

Manam-pikasana ny ho anisan'ireo olona hanao fivahiniana masina any Lourdes, izay hanainga ny 29 Septembra ho avy izao Andriamatoa Dutel sy Andriamatoa Jaricot, ka vokatr'izany dia voatery izahay nandroso 8 andro mialoha ny daty hanaovana ny kôminiô voalohany, ho amin'ny faha - 28 Septembra izao izany.

Nanoratra ho an'i Mgr Dubuis ao St Just D'Avray aho mba hanontany azy raha afaka ny ho tonga izy ny 29 Septembra hanome kônfirmasiô ireo ankizintsika, ary dia nahazo valiny avy amin'Andriamatoa L'Abbé Jaillet aho androany maraina, izay milaza amiko fa ho avy eto amin'ny Prado i Mgr ny 29 Septembra maraina mba hanome kônfirmasiô ireo ankizintsika, ka ny hariva izy dia hiondrana ho any Lourdes. Ireo no vaovao mikasika ny kôminiô voalohany. Raha mba afaka ny ho tonga aloha ianao dia tena hahafaly anay rehetra tokoa.

Nampikônfesy ireo ankizinao izahay eo am-piandrasana ny fiverenanao. Andriamatoa Dutel no nandray andraikitra amin'ny fanaovana laretiretin'ny kôminiô voalohany.

Tena nahafaly ahy ireo vaovao nambaranao mikasika an'Andriamatoa Joanny. Ramatoa Laforest, izay mba vao nifanena tamiko andro vitsivitsy lasa izay, toa mampalahelo be ihany raha mihevitra ny aminy.

Salama daholo ireo Andriamatoantsika ary maneho aminao ny veloma feno fanajana tanteraka, miray fo amiko ny reniko mba hirary fahasalamana sy fahatongavanao soa aman-tsara.

Raiso an-kafaliana ny fanehoako ny fitiavako tsy misy fihatsarambelatsihy sy feno fanajana.

A. Chevrier

46 (43) [21] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 1874

Ry rahalahy sy Pretra malala hajaina

Henoko fa nitabataba tany amin'ny efitrano fandriana i Cucuat ary nanafintohina ny rehetra ny teny naloaky ny vavany. Tsy maintsy atao mihitsy izay hanasaziana an'ity tontolo ity tahaka ny zaza madinika.Tena mampalahelo mihitsy ny tsy maintsy ahatongavana eo amin'io lalana io. Koa meteza àry ianao hanome azy na hampaniraka olona hanome azy ny taratasy izay hosoratako ho azy, ary ataovy izany mba ahafahan'ny rehetra mahafantatra tsara fa tsy afaka ny hizaka ny adalan’izy ireny mandrakariva isika.

Vakio ny taratasiko ary atolory azy ampahibemaso androany hariva na rahampitso maraina.

Ilay rahalahy sady mpiara-miasa mikely aina ho anao.

A. Chevrier

47 (44) [22] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 27 Jolay [1874]

Ry namana hajaina sady malala

Tamin-kafaliana tokoa no nahenoako fa voaray i Blettery malalantsika. Mba hampitao aminy ny fiarahabako sy ny velomako.

Manoratra ho anao koa aho mba hanome anao vaovao mikasika ahy, ary ho an'ny reniko koa izay mitebiteby saina angamba. Salama aho. Nangatsiaka taty, andro vitsivitsy izay, fa mba tsara fanahy ireo Mompera ka nanome ahy izay rehetra nilaiko. Tena salama tsara mihitsy aho. Mihevitra ny ho tafaverina aho amin'ny faran'ity herinandro ity. Mba mivavaha re ho ahy e. Tena faly tokoa aho amin'ny fanaovako laretirety.

Ampitao amin'ireo Andriamatoa isany, Andriamatoa Dutel, Jaillet sy ireo Andriamatoa maro hafa koa ny fiarahabako feno fanajana.

Mampamangy any amin'ireo ankizikeliko rehetra, ary ny arahabako amin'ireo Masera rehetra.

Mangataka fiarovana amin'Andriamanitra ao amin'ny vavakareo,

A. Chevrier

48 (45) [23] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 20 Aogositra 1874

Ry rahalahy mpiara-miasa malalako

Niandry andro vitsivitsy aho mba hanomezako anao ny adiresin'i Lacand, zana-dralahiko ao Vichy, ary satria tsy tonga ilay zanako amin'ny batemy, dia tapa-kevitra aho ny hanoratra aminao mba hamaly ny taratasy mahafinaritra nalefanao.

Faly tokoa aho mahafantatra fa miara-mitoetra amin'ny anabavinao, izay vonona hikarakara anao tokoa ianao, ary manantena izahay fa ireo faharisarisana nahazo anao tamin'ny andro voalohany nahatongavanao dia ho tsinontsinona ihany, ka dia hiverina aminay indray ianao salama.

Nanao fivahiniana masina tany Ars izahay, taorian'ny fanadinana natrehin'ireo Latinista ; niainga izahay ny atalata ary dia izao tafaverina izao. Andeha hamonjy fialan-tsasatra ireo ankizintsika, ary dia manantena izahay fa ny ankamaroan'izy ireo dia hiverina aminay vonombonona, ka dia tsaratsara kokoa ny taom-pianarana ho avy, raha ny fitiavam-pivavahana no heverina.

Eo ho eo ihany ny fahasalamanay.

Maneho aminao ny arahaba feno fanajana sy firahalahiana ireo Seminarista rehetra ary koa ny reniko, maniry ny hahita anao tsy ho ela izahay.

Izaho, miaraka amin'ny fanehoam-pitiavana tena feno firahalahiana tanteraka,

ilay rahalahy mpiara-miasa manokan-tena ho anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A Chevrier

49 (46) [24] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. 5 Jolay 1875

Ry rahalahy mpiara-miasa malalako

Misaotra noho ny fanomezanao ny vaovaonao taminay.

Tena satriko tokoa ny hanatanteraka ny irakao amin'i Mgr Dubuis nefa tsy hitako hoe aiza izy no raisina, tsy ao Lyon izy ary tsy hitako hoe aiza. Tsy mahafantatra vaovao mikasika azy koa Atoa Laforest. Andeha hisakafo any amin'Atoa Jaillet izahay androany ; tena malahelo mafy tokoa izy amin'ny tsy maha-eo anao, i Mgr Charbonnel koa ho any.

Nanomboka omaly ny fotoam-pialan-tsasatr'ireo mpianatsika ao amin'ny Grand

Seminaire, niangavian'ireo mpianatra ireo mba haneho aminao ny arahaba feno fanajana avy amin'izy ireo.

Ireo Seminarista sy Pretra rehetra eto amintsika ary ny reniko koa dia nanome andraikitra ahy mba haneho aminao ny fanehoam-pitiavana tena feno fahatsorana sy fanajana tanteraka avy amin'izy ireo, ary manantena izahay rehetra fa hahasoa anao ny ranomafana. Raha vao mahita an'i Mgr aho dia hambarako azy ny fanasana amin'ny anaranao.

Raiso ny arahaba tena feno fahatsorana sy fanehoam-pitiavana avy amin'ny mpiara-miasa mikely aina ho anao.

A. Chevrier ao amin'ny Prado.

50 (47) [25] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [St fons], 19 Jolay 1875

Ry rahalahy mpiara-miasa malala,

Tamin'alahelo tokoa no nandrenesako tamin'ireo mpiara-miasa amintsika fa nohanin'ny alika ianao. Manantena izahay fa tsy ho aretim-be izany ary dia hiverina aminay indray ianao salama tsara.

Mivavaka amin'Andriamanitra mba hahasoa anao ny fitsaboana amin'ny rano.

Tena vitsy dia vitsy, tafidina any amin'ny isa farany ambany indrindra ny isanay eto amin'ny Prado. Eto St Fons aho izao ; mitory ny Jobily any La Mouche i Jaillet, Andriamatoa Dutel kosa any la rue Rave.

Eto aminay Andriamatoa Chandy izao, izay tonga mba hanome tanana anay. Tsy manam-baovao mikasika an'i Mgr Dubuis mihitsy izahay ary tsy misy koa olona mahalala hoe aiza izy. Naharay taratasy avy any amin'i Mompera Franchesco izahay izay milaza fa ireo fikarohana rehetra natao mba hahitana ireo taratasy milaza ny fahavitana batemy izay nampanaovinao azy dia very maina sy tsy nisy nilàna azy akory, satria tsy maintsy ilaina ny filazalazana mari-pototra. Any Coutouvres ireo antontan-taratasy mikasika an'i Mgr Dubuis. Rehefa mandalo ao Coutouvres ianao dia azonao atao ny maka ireo antontan-taratasy mikasika ny Prado, raha toa ka afaka manao izany ianao.

Ny fangatahana famindram-po izay nosoratako, dia nalefako any amin'ny "Congregation des Evêques et Reguliers", ka dia mbola tsy maintsy andrasana.

Manantena izahay fa hihatsara ny fahasalamanao ary dia mametraka veloma feno haja sy fahatsoram-po tanteraka aminao izahay.

Izaho, miaraka amin'ny fanehoam-pitiavana tena feno fahatsorana,
ilay rahalahy mpiara-miasa mikely aina ho anao.

A. Chevrier

51 (48) [46] Ho an'i L'Abbé Bernerd

J.M.J. [Fahavaratra] 1876

Ry rahalahy mpiara-miasa malala,

Nandalo tany St Fons aho tamin'iny herinandro lasa iny, noho ny tsy fananako valopy na taratasy fanoratana, dia tratra aoriana ny famaliako ny taratasinao.

Misaotra amin'ny fahatsiarovana mamy avy aminao, saingy ianao kosa tsy mba milaza ny fahasalamanao ary raha mba nahasoa anao ihany koa ny ranomafana.

Ny amin'ireo zatovolahy roa indray, dia vonona tokoa aho ny handray azy ireo am-pitiavana araka ny baikonao.

Koa meteza àry ianao mba hiteny azy ireo ho tonga eto amin’ny Prado amin'ny faha-7 oktobra ho avy izao, ary raha tokony ho azy ireo ny antso tsara avy amin'Andriamanitra ao amin'izy ireo, dia hanao izay rehetra azonay atao izahay mba hampahomby izany antso tsara avy amin'Andriamanitra ao amin'izy ireo izany.

Karakarao tsara ny tenanao, ary miverena aminay salama tsara.

Mba mivavaha re ho ahy azafady e, satria tena mila izany tokoa aho.

Eo am-piandrasana ny fifaliana amin'ny fahitana anao indray, dia meteza ianao hanaiky ny fanehoam-pitiavana feno haja sy firahalahiana tena feno fahatsorana tanteraka avy amiko.

A. Chevrier

Ho an'i L'Abbé Gourdon

52 (49) [1] Ho an'i L'Abbé Gourdon

J.M.J. [1865]

Ry rahalahy mpiara-miasa malalako

Tamin-kafaliana tokoa no namakiako ny taratasinao. Io mistery mahafinaritra mirakitra ny Teny tonga nofo io, izay nahatohina ny fonao io no tena orimbato iorenan’ny zotom-po manentana antsika, mbamin’ireo ezaka samihafa ivelomantsika, ka azo lazaina ho antony

lalina mahatonga antsika hanetry tena eo anoloan'Andriamanitra. Io mistery io indrindra no nanainga ahy hangataka amin'Andriamanitra ny fahantràna sy fanetrentena, ary nahatonga ahy hiala teo amin'ny andraikitra maha-mpisorona efa nahazatra, mba hirotsaka hiaina ny fahantràna masina hita ao amin'i Jesoa Tompontsika.

Maniry dia maniry aho sady mangataka isan'andro amin'Andriamanitra mba hamenoany ao amin'ireo pretra ny Fanahin'i Jesoa Kristy ary mba hitovizantsika endrika bebe kokoa amin'ilay Andriamanitra nanjary ohatra velona ho antsika, sady fakan-tahaka lehibe ho an'ny pretra. Eny e, raha mitovy endrika amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika, dia tsy hay tanisaina ny Asa Soa mety ho vita ao amin'ny Eglizin'Andriamanitra.

Mibebaha àry isika, ry Frera malalako, ampio aho hibebaka ary hiombonan-tsika am-bavaka ny mba ho tonga olona mendrika an'ilay soloantsika toerana eto an-tany, ho mendrika an'i Jesoa Kristy sy ho mpizarazara ny fahasoavana.

Jesoa Kristy hafa koa ny pretra dia tena mahafinaritra izany. Mivavaha mba ho lasa toy izany marina aho. Tsapako fa mbola lavitra loatra an'io ohatra tsara be io aho, ka manjary kivikivy indraindray raha lavitra ny fahantràna niainany sy ny fahafatesana nandalovany ary ny Fitiava-namana nanànany. Mivavaha ianao ary hiombonantsika am-bavaka ny mba hitovy endrika amin'ilay ohatra velona sady mahafinaritra nomena arahintsika.

Momba io asa noresahinao tamiko io, dia ataovy araka izay tsapanao ho fanentànana avy amin'ny Tompo, fa manaraha toetr'andro, miasà arakaraka ny fotoana fa aza manaraka ny saim-pantatrao ihany. Avelantsika Andriamanitra hanao ny asa ; satria tsikaritro fa rehefa isika samirery no manao ny asa dia tsy maintsy ravàna indray ho soloana asa hafa izany, fa raha Andriamanitra kosa no manao irery ny asa dia maharitra tsara izany sady manitra azy tsara. Noho izany, raha mba afaka manoro hevitra anao ihany aho, dia amim-panetren-tena lehibe no andrafeto ny asa ataonao ; ny fihinanam-bilona tao an-tranon'omby, izay no fiandohan'ny asa rehetra ataon'Andriamanitra. Ny zavatra eto ivelany dia tsy misy dikany firy loatra, fa kely ihany. Ataovy izay hifandraisan'ny famonjena ny olona amin'ny Voninahitr'Andriamanitra. Aza omena fitsipi-pitondrantena hafa ankoatran'ny mitia ny namana sy ny manaiky hijaly aloha izy ireo. Ny fitsipika voalohany dia ny Fitiava-namana, mandraisa olona vitsivitsy hanombohana ny asa, fa aleo olona iray manana ny Fanahin'Andriamanitra toy izay olona zato tsy manao afa-tsy ny manelingelina fotsiny ihany.

Aza omena tsiny aho raha miteny ireo zavatra rehetra ireo. Olona mahantra ara-batana

sy ara-panahy ihany ny tenako. Andefasako lahatsoratra vitsivitsy vita printy mirakitra ny fahantran’i Jesoa Tompontsika ianao ; nihaona tamin’olo-malaza vitsivitsy aho izay mangetaheta ny hanatanteraka izany fahantrana izany amin’ny fiainan’ny pretra.

Mivavaha ho ahy,

Ilay mpiara-miasa aminao ao amin’i Kristy Jesoa Tompontsika.

A. Chevrier
Aumônier du Prado, à la Guillotière

53 (50) [2] Ho an'i L'Abbé Gourdon

J.M.J. 28 Aogositra 1865

Ry rahalahy mpiara-miasa malala

Aoka tsy ho kivy eo am-panaovana ny asan'Andriamanitra, fa tokony hizatra mandrakariva kosa am-pahamalinana sy am-panetren-tena. Ampiasao avokoa ireo fitaovana izay omen'Andriamanitra anao, ankehitriny aoka ianareo ho masina ary dia ampisain'Andriamanitra ianareo rehefa hitany fa tena matotra ho azy.

Eny tena mila pretra tsara fanahy sady mahantra tokoa Andriamanitra. Io no tena nofinofiko sy faniriana miredareda tato amiko efa mahery ny 10 taona izao. Ny mba hisian'ny pretra maro tsara fanahy ao amin'ny paroasy ary dia ho tanteraka ny zava-drehetra. Mitondra miaraka aminy ireo fanovana fibebahana rehetra ilaina ho an'ny fanahy ny pretra tsara fanahy. Mifahara ary ianao ao amin'ny tanjona lehibe mba hananana mpiara-miasa tsara fanahy, pretra mahantra araka an'Andriamanitra io, ary dia ho azonao daholo izay rehetra ilaina, fa tsinontsinona ihany ny sisa rehetra.

Nilaza tamiko ianao fa mba maniry hanana tranokely mba hisintahana andro vitsivitsy. Indro atolotra anao amin-kafaliana tanteraka ilay tranokeliko ao amin'ny Prado. Tongava, ary am-pifaliana tokoa ny ahitako anao indray ; ary satria moa efa nomen'Andriamanitra anao ny sintona ho an'ny fahantrana, koa dia efa tafaray am-panahy sahady ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika izany isika.

Tongava aty andro vitsivitsy raha manam-potoana malalaka. ianao hifanampy isika mba hitia sy hanaraka an'i Jesoa satria ny tanjontsika dia ny tsy maintsy ho tonga Jesoa Kristy hafa koa eto an-tany.

Mivavaha ho ahy, izaho koa tsy manadiino anao.

A. Chevrier

Providence du Prado, rue Chabrol 55, Guillotière.

54 (51) [3] Ho an'i L'Abbé Gourdon

J.M.J. 7 Novembra 1865

Ry rahalahy malalako indrindra

Aoka ho tanteraka amin’ny zavatra rehetra sy eo amintsika, toy ny eo amin’ny olona maro eto ambonin’ny tany anie ny sitrapon’Andriamanitra. Raha mamela izany Andriamanitra, dia tongava ianao fa ho faly tokoa aho ho afaka ny handray anjara amin’ny fanatontosana asa iray izay tena tiako sy efa niriako nandritra ny taona maro.

Toa nanamora izao fivoriana izao ary toy ny nangataka fanamorana mihitsy aza ny fitondran’Andriamanitra. Manana toerana aho ato amin’ny Prado ahafahako mandray ireo izay rehetra maniry hiasa ao amin’ny Asan’Andriamanitra, ary amin’izany indrindra, dia fifaliana ho ahy tokoa ny amin'ny fananako mpianatra efatra izay tsy maintsy nalefako any amin’ny sekolim-pinoana any Lyon satria tsy manana mpampianatra aho eto, ary dia ho fahasambarana ho ahy tokoa ny fananako azy ireo eto an-trano mandava-taona ahazoako manome azy ireo soridalam-piainana feno fahatsoram-piainana sy fahantrana izay tena fototry ny tanjontsika.

Raha toa moa ianao ka manana mpianatra, dia azonao entina miaraka aminao izy ireo, fa afaka manome anareo efitrano iray mahazaka mpianatra 8 na 10 aho.

Ny tena antony mahatonga ahy hanam-paniriana dia satria vao nanoratra tamiko, adim-pamataranandro vitsivitsy talohan’ny nandraisako ny taratasinao, i Mgr Magaud, milaza fa tsy ho afaka, ny hanohy ny asa fanohanana ny mpianatra mahantra intsony izy, satria efa tsy maharaka ny eo am-pelatanany, tsy nanana afa-tsy mpianatra efatra izy, ary izy ireo ihany no mandoa ny saram-pianarany taminy. Nefa ataoko fa tsy sitraky ny Tompo ny hamelàna ho levona io asa tsara sady lehibe efa natombony io. Tian’Andramanitra mihitsy angamba raha Pretra mahantra no hanao ny asa ; raha ny amiko aloha, dia mahatsiaro tena ho tena vonona tanteraka amin’ny fanohizana ny asan’Andriamanitra aho miaraka amin’ny fanampian’ny namana sy rahalahy iray eo amin’ny fanatontosana azy io, efa manana izay enti-manomboka isika : Ireo mpianatra sy ny toerana hanabeazana azy, ny loharanon-karenan’i Prado izay toa efa hita soritra mazava sahady fa tsy misy tokony hampanahy antsika ; koa amin’izany ary, matokia, fa ny tso-dranon’i Papa Ray Masina dia efa nomena anay, ary ho anao koa, satria namany ireo pretra izay manaiky ny fahantrana masin’i Jesoa Kristy izany tso-drano izany.

Tongava àry, ho faly tokoa aho ny handray anao, raiso avy amin’ny kardinaly ny fahazoan-dalana ary dia hanomboka ny asa isika ; raha ny amin’ireo olona izay nofaninao amin’ny fahantrana indray dia tohizo ny fitarihana azy ireo ho amin’ny lalan’i Jesoa Kristy Tompontsika, ka any aoriana any dia hanampy antsika tokoa izy ireo rehefa tonga ny andro ahazoantsika paroasy mahantra iandreketantsika raha sitrapon’Andriamanitra izany.

Tena faly tokoa tamin’ny famakiana ny taratasinao ary hitako fa tsy irery koa aho. Manana tokoa aho namana mpiara-miasa 2 na 3 izay mitovy fijery amiko, kanefa fantatrao ihany, misy ny sasany amin’izy ireny izay toa isarihan’ny Fanahy Masina antsika bebe kokoa. Aoka ary isika hivavaka mafy tokoa amin’Andrimanitra mandritra ireny fotoana ireny, angataho mafy aminy ny mba hahatanterahan’ny sitrapony masina ary mba hanjavona anie ireo fanakanana ataon’ny olombelona. Manome toky anao fa hitondra amim-bavaka izany eritreritra izany amin’ny fanolorana ny Sorona Masina amin’ny andro manaraka.

Raiso ny arahaba feno fahatsorana sy fanajana avy amin’ny rahalahy te-hiara-miasa aminao ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier
Rue Chabrol 55, Guillotière

55 (52) [4] Ho an'i L'Abbé Gourdon

Ho an’Andriamatoa l’Abbé Gourdon, Vicaire à Millery, Rhone

J.M.J. [Vénissieux] 5 Desambra 1865

Ry rahalahy malala

Mety niandry ahy angamba ianao izay, fa izaho kosa no tsy nahatana ny teny nomena. Eto Vénissieux aho amin’izao fotoana izao, mankalaza ny taon-jobilin’io paroasy io. Nanaiky io andraikitra io ho toy ny avy amin’Andriamanitra aho ary ho azo ampiasaina aoriana ho voninahitr’i Jesoa Kristy Tompontsika, satria ao amin’io paroasy io no ananantsika toerana kely ho fanaovana laretirety, misy paroasy roa hafa tsy misy mpiandraikitra koa ao, izay vao natolotr’Andriamatoa Le Curé ahy raha mba afaka ny hanome pretra roa ho azy ireo aho. Hitanao ary izao fa toa tena mankasitraka ireo fikasana tsara ao amintsika i Jesoa. Aoka isika hivavaka mba handeha tsara hifanaraka ao amin’ny voninahitr’Andriamanitra lehibe sy avo indrindra ny zava-drehetra. Noho izany ary, dia tsy ho afaka ny handeha aloha loatra ho any aminao aho, satria ny fotoana tsy maha-eo ahy eto

Prado dia mety hisy voka-dratsy hanimba ny ato an-tranoko, ary efa nanome teny koa aho fa tsy hivoaboaka matetika lava any ivelany raha tsy efa misy antony lehibe dia lehibe tsy maintsy hanaovako izany.

Mbola tsy afaka nihaona tamin'i Son Eminence aho mba hangataka aminy ny fahazoan-dalanao, tsy ho afaka ny ahita azy aho raha tsy amin'ny herinandro ambony.

Mbà mivavaha ho ahy
sy ho an'ny fibebahan'ireo mpanota maro be.
Ilay mahatsiaro anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier, au Prado, rue Chabrol 55, Lyon

56 (53) [5] Ho an'i L'Abbé Gourdon

J.M.J. 22 Janoary 1866

Ry mpiara-miasa malala

Tafahaona tamin'i Mgr de Serres sy Andriamatoa Pagnon aho telo andro lasa izay, ary dia nambarako taminy ny fanapahan-kevitrao. Tsy avy hatrany dia nandà izy ireo fa nanambara tamiko fotsiny ny tsy fahampian'ny pretra sy ireo vato misakana avy amin'ny kardinaly. Fantatr'izy ireo tsara izany, ka dia tsy nanasaro-javatra izy ireo fa tsy azo atao ny manatanteraka izany mialoha ny fetin'ny Trinite Masina aoka isika hanantena ary hametraka ny fitokisantsika tanteraka ao amin'Andriamanitra. Aoka isika hivavaka ary hangataka amin'Andriamanitra ho ahy ny tena fibebahana marina, fa omen'Andriamanitra ho antsika io fahasoavana io.

Maniry dia maniry aho, ary satriko tokoa ny hanao fitsidihana ara-pirahalahiana aty aminao, kanefa mbola tsy fantatro hoe rahoviana aho vao hanam-potoana malalaka ho amin'izany.

Rehefa miara-mipetraka isika, dia ampianarinao kely aho ny ho tia an'ilay Tompo Mpampianatra antsika, ary indrindra indrindra ny haka tahaka azy. Ny loha-hevitra dinihiko sy eritreretiko mandrakariva dia ny Sacerdo alter Christus (Kristy hafa koa ny pretra) izay tsy maintsy hanehoantsika indray eo amin'ny fiainantsika ny toe-piainan'i Jesoa Kristy, ilay modelintsika, ho tonga mahantra toa azy tao an-tranon'omby, ho voahombo eo amin'ny hazo fijaliana ho famonjena ny mpanota, ho sakafo velona toa azy ao amin'ny Sakramentan'ny Eokaristia ; ny pretra dia toa an'i Jesoa Kristy : olona voaendaka akanjo, voafantsika teo

amin’ny hazo fijaliana, hanina velona avy hatrany, ka mba ahafahan’ny mpino ho maro sy mankatelina ny fiainany dia tsy maintsy voavolavola ho mofo tsara mahavelona izy, tsara fandrahoana sy fanendasana, nandalo tamin’ny fahafoizan-tena ka hatramin’ny fahafatesana masaka tsara, nandalo fijaliana sy fahantrana toa an’ilay Mpamonjy modelintsika - koa amin’izay dia ho zary sakafo mahavelona ny mpino izay zavatra eo amin’ny fiainantsika : ireo fiteny sy fihetsika ataontsika ho ohatra, ary dia zary sorona voatokana isika moa va tsy toy ny reny manao sorona ny tenany mba hamelomany ny zanany. Tongava àry fa iarahantsika midinika sy manantanteraka ireo zavatra rehetra voalaza ireo. Tsapako fa tena ilaiko tokoa ny fisian’olona iray mahafantatra tsara an’Ilay Mpamonjy ary tena tia azy marina. Tsia, tsy tokana irery intsony isika, toy izay nanambaranao azy tao anaty taratasy, fa rahalahy mpiara-dia, ary Jesoa no ho mpampianatra antsika ; Azo takarina ny fisehoan-javatra rehetra miaraka amin’i Jesoa, ary azo ampiraisina avokoa ny rehetra ao aminy, izy no fatorana mafy sady tsy azo vahàna, izay mampiray ireo olona maniry tokoa ny hanaraka azy. Aoka isika handray azy hiara-dia amintsika, ka ho mpitari-dalana, ho lehibe ary ho modelintsika izy ao amin’ny fahantrana, ao amin’ny fanoloran-tena ary fitiavana.

Aoka àry isika hiombon-tsaina aman'eritreritra amin’ity fotokevitra ity : "*Sacerdos alter Christus* (Kristy hafa koa ny pretra), ary aoka koa isika hanao araka izay faraherintsika sy azontsika atao mba hahafantatra sy hanaraka an’i Jesoa. Mivavahà ho ahy.

Ilay namana mikely aina sy akaiky anao indrindra ao amin’i Jesoa Kristy, ilay modelintsika.

A. Chevrier

57 (54) [6] Ho an'i L'Abbé Gourdon

J.M.J. 3 Jona 1866

Ry namana malala indrindra

Raha voatery hitoetra hifanalavitra ara-batana isika, dia aoka kosa hitoetra hiray am-panahy, ka ny tsirairay dia samy hampihatra arak'izay azony atao ny amin'ireo fahefana ananantsika ny fahantrana masina ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika. Io fanapahan-kevitry ny filan-kevitra io, na dia tsy tokony hahagaga antsika aza, dia tsy maintsy hajaina sy ankatoavintsika am-panetrentena tanteraka. Tsy afaka ny haminavina ny antony nahatonga antsika hanao fihetsika toy izany, sy ny antony ilàna pretra vaovao eto amin'ny Prado ireo Andriamatoa eto amintsika. Tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'ny toe-javatra avy

amin'Andriamanitra ihany no hahafahantsika miara-mitoetra, kanefa na inona na inona mety hitranga, dia mitoetra ho mpampianatra antsika foana Andriamanitra, ho hitany mandrakariva ny fomba hampiraisana antsika rehetra raha tiany izany.

Nanoratra ho an'Andriamatoa L'Abbé Merle aho, tsy fantatro mihitsy izay niafarany ; tsy nahita an'Andriamatoa Lainé intsony koa aho, tsy mbola masaka tsara ireo voankazo ireo. Mino aho fa somary mampatahotra azy ireo i Prado, ka noho izany no tsy nahitana intsony hoe iza no hianteherana ato amin'ity trano bongokely mahantra ity. Tena marina raha tsy misy afa-tsy Andriamanitra irery ihany sisa no mitana ity trano ity ; Andriamnitra anefa tsy hitantsika maso. Olona iray, mahantra sy mijaly ary iray ihany no hitantsika mitanatana ratsy eo amin'ny toeran'Andriamanitra, ka mahatonga antsika hanandrana hanalavitra fa tsy hanatona.

Koa aoka àry isika hametraka amin'Andriamanitra, ary Aminy irery ihany, ny fahatokisantsika rehetra ; raha ny amiko, tsy ho sahy ny hitarika an'iza an'iza ho tonga, aho ; tena menatra sy matahotra aho indraindray, tsy misy n'inona n'inona mitana ahy mba hitsoaka. Vao omaly indray aho izao, dia tena voan'ny fakam-panahy mafy mihitsy mba hitsoaka any amin'ny efitranokeliko, ary tsy hiseho indray ; mivavaha ho ahy, fa tena ory sy mijaly aho, tsy eo amin'ny ara-bola an, fa eo amin'ny hatsaram-panahy, teny kely iray no tonony ho ahy ao amin'ny Sorona Masina.

Tena maniry dia maniry tokoa aho ny mba hanana namana hifanampy amiko, hampanatontosa ahy ireo adidy aman'andraikitro. Raha tsy miova aho, dia tsy misy azoko atao afa-tsy ny milevim-belona.

Raha tianao, handefa ny fitsipika (règlement) izay arahiko ao anatin'ny andro iray ianao, ary dia hametraka amiko famaizana mafy ianao raha sendra misy ny hadisoako ao amin'ireo fitsipika ireo.

Ilay mahatsiaro anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Hoan'Andriamatoa...

58 (539) Hoan'Andriamatoa...

20 Janoary 1866

Vavaka sy fanetren-tena,

Midira eo amin'ny varavaram-be, fa tsy eny am-baravaran-kely hoy i Jesoa Kristy, ary amin'ny alalan'ny fahamaizanareo, amin'ny tsy fananananareo faharetana ary amin'ny alalan'ny fanerenareo ny lehibenareo dia naman'ny miditra eny am-baravaran-kely ihany ianareo ka tena mampalahelo tokoa izany.

Mahereza ry rahalahy malalako... Manantena aho fa ilay Andriamanitra tsara dia hampiray antsika, tiako kokoa anefa ny hahita anao tena tsara sy tena malemy fanahy.

Diniho tsara i Jesoa Kristy Tompontsika ilay modelinao ary aoka ho tsaroanao mandrakariva ity tanjona ity, izay tokony ho tanjonao koa tahaka ny maha-tanjoko azy *sacerdos alter Christus. (Kristy hafa koa ny pretra)*

Ilay namana sady rahalahy mikely aina ho anao.

A. Chevrier

Hoan'Andriamatoa...

59 (540) [1] Ho an'Andriamatoa…

J.M.J. [1866]

Ry namana sady rahalahy malalako

Nalefako tany aminao ireo taratasinao mikasika ny fanasolàna kely ny eo an-tampon-dohanao sy ny "ordres moindres" efatr'andro lasa izay, ary nataoko amin'ny adiresin'i Mgr Mansi, rue des Vettari izy ireo. Raha toa ka tsy tonga any aminao izy ireo dia azafady mba mandehana ka takio any amin'ny paositra, toy izany koa ireo taratasy hafa ; raha misy tsy ampy dia manoràta amiko fa tonga dia alefako aminao avy hatrany izany. Mitovy daty amin'ny "ordres majeurs" ireo taratasinao mikasika ny fanasolàna kely ny eo an-tampon-dohanao, nataonay izany mba ho azonao ampiasaina indray miaraka.

Tena faly tokoa aho mieritreritra fa hasandratra tsy ho ela ianao, satria tena mila anao tokoa aho ; be tokoa ny asa ary saika irery mandrakariva aho. Hitarina ny trano raha sitrapon'Andriamanitra izany : hotovonako ny toerana misy ireo mpianatra mahantra, apetrako manoloana ny lasapely ireo ankizivavikely, ary ny toerana nisy azy ireo dia atokana ho an'ireo ankizilahy mpianatra. Manofana pretra tanora ho amin'ny fiainana ara-pinoana aloha be : ho tena asa ankasitrahan'Andriamanitra tokoa izany kanefa tsy maintsy mila antsika mpiasa... Tongàva haingana be, ny asa miandry antsika.

Mangataka fanamarinam-pitondrantena amiko ianao, heveriko efa mba ampy tsara izay

avy amin'Andriamatoa Le Curé de Salaise. Raha toa moa ka tena ilaina izany dia andefasako ianao ; Andriamatoa Guieffier izay nanao ny taratasy fanamarinam-pahaizanao dia manao veloma anao ary miarahaba anao amin'ny fahombiazanao.

Mivavaha mafy amin'Andriamanitra tsara ny amin'izay rehetra mikasika ny fiangonana sy ny aminay ihany koa.

A. Chevrier

Tsy eto Andriamatoa Berne fa any Vichy miaraka amin'i Mgr Dubuis, rahampitso maraina izy vao ho tonga. Omeko azy ireo taratasinao voaraiko androany.

60 (541) [2] Ho an'Andriamatoa…

J.M.J. [1866]

Ry namana sady rahalahy malalako indrindra,

Tena manahy ny aminao mihitsy aho. Taratasy telo izao no efa nalefako ho anao nefa dia tsy nisy valiny.

Nandefa taratasy mikasika ny fanasolana kely ny eo an-tampon-dohanao sy ny "ordres moindres" izay nataoko amin'ny adiresin'i Mgr Mans ho anao aho 3 herinandro lasa izao. Nanoratra taratasy indroa misesy koa aho mba hanontany vaovao avy aminao nefa tsy nisy valiny. Tsy fantatro hoe iza no anontaniako.

Miangavy re mba valio haingakaingana ny taratasiko e !

Ilay nikely aina ho anao.

A. Chevrier
au Prado, Guillotière, Lyon

Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

61 (64) [1] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

Andriamatoa Jaricot, mpianatra ao amin’ny Grand Séminaire - Lyon

J.M.J. Prado, 21 Marsa 1866

Ry namana malalako indrindra

Tamin-kafaliana tokoa no nandrenesako fa ao amin’ny Grand Séminaire ianao. Mahereza. Hitahy anao i Md Josefa. Tsy ho tonga manam-pahaizana ambony ianao kanefa

ataovy izay azonao atao, tia ireo fanahy feno fandavan-tena Andriamanitra ; ary ireo toetra nampahamenatra izay ao aminao vokatry ny hadisoana ara-tsiansa, dia atolory an’Andriamanitra avokoa mba ho famaizana anao sy mba hahazoanao ny tena fanetren-tena marina. Tiana ny mampatsiahy tsara anao fa tsy manana afa-tsy izay nomen’Andrimanitra antsika isika ; ary raha manan-javatra kely isika, dia mba angatahan’Andrimanitra kely koa ; ary raha manan-javatra betsaka kosa isika, dia ho betsaka no angatahan’Andriamanitra amintsika. Kely no nomen’Andriamanitra anao, satria ianao tsy afaka ny hitondra zavatra betsaka. Ataovy fotsiny izay ampamoazana ny kely izay nomen’Andriamanitra anao, ary dia tsy hangataka aminao zavatra betsaka izy. Aoka ianao hianatra indrindra indrindra ny amin’ny fanaovana tsara ny ranom-bavaka, fa eo no ahafantarantsika zavatra maro, mihoatra noho ny any amin’ny boky, raha hainao ny manao azy, ampahafantatra anao zavatra maro ny Fanahy Masina. Mianara mba ho tonga tena mahantra, hampijaly tena, ary ho tena be fitiavana. Ny tranon’omby, ny kalivery, ny tabernakila tsy maintsy mandeha mianatra, ao amin’ireo toerana ireo, ianao isan’andro mba hahatonga anao ho pretra, ho katekista tsara sy mendrika tokoa.

Handray anao am-pifaliana lalandava eto Prado, rehefa ho avy ianao na ho pretra izany na ho katekista.

Mivavaha ho ahy, izaho koa tsy hanadino anao ao amin’ny fanolorana ny Sorona Masina.

Mampamangy an'Andriamatoa Merle, diakonà. Raha vao afaka aho dia ho any amin’ny Seminaire hijery anao. Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

62 (65) [2] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

Andriamatoa L'Abbé Jaricot - Rome

J.M.J. [Lyon,] 12 Janoary [1868]

Ry rahalahy malalako

Tena faly tokoa aho maheno fa nahita toerana ao amin-dry Pères Lazaristes ianao. Mahereza, mianàra tsara, aoka ianao ho tena hendry tsara tokoa, ary dia handeha tsara ny zavatra rehetra. Aza miasa saina na amin'ny inona na amin'ny inona fa ny fitsapana dia anjara ho antsika ka amin’ny alalan’ny fisedrana azy ireny no ahazoantsika ny lanitra. Miasà

mafimafy kokoa mba ho tonga pretra tsara fanahy sy mendrika.

Raha mila zavatra ianao, dia manorata amiko, fantatrao fa anao izahay, toy ny zazakely, tsy maintsy milaza aminay ireo alahelonao madinidinika ianao, mba hahafahantsika manamaivana izany, raha toa ka azo atao izany.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

63 (66) [3] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

Any Rome

J.M.J. Lyon, 1868.

Misaotra tamin'ilay taratasy mahafinaritra nalefanao ry Frera namana tsy foiko, mahafaly ahy mandrakariva tokoa izy ireny.

Efa tonga soa aman-tsara eto an-toerana tamin'ny Zomà lasa teo Andriamatoa Bernerd, any amin'ny fianakaviany izy izao, salama tsara ary mampanao veloma anao.

Araraoty amin’ny fotoam-pahavelomanao ny fanamasinantena, mangatàha amin'Andriamanitra fisainana mahitsy sy matsilo, fomba fijery azo antoka mba hahazoanao, eny fa na dia mitsara ny hafa aza, rehefa voaantson'Andriamanitra ho ao amin'ny andraikitra Masina maha-mpisorona ianao. Ao anaty fivavahana no hanazavan'Andriamanitra izany aminao, ka averimbereno isan'andro *ny veni Creator*. Mizàra mitanisa ny Rôzery sy manao ny lalan'ny hazofijaliana, fantatrao tsara fa tokony ho hitantsika ao anatin'ireo fanehoam-pitiavam-bavaka roa ireo ny zavatra rehetra ho antsika sy ho an'ny hafa koa. Manaova tatitra amiko tsindraindray amin'ireo hevi-dehibe izay tena manaitra anao ao amin'ny vavaka mangina ataonao sy amin'ny sintona izay omen'Andriamanitra anao, manàna fahatokisana lehibe amin'Andriamanitra fa handeha tsara ny zavatra rehetra.

Fa raha ny amin'ny "tiers-ordre régulier" indray, dia aza miasa saina loatra ny amin'io ianao, Andriamanitra no handavorary ny zavatra rehetra. Efa nitantana antsika foana izy hatramin'izao, hanohy tsara ny asany anie Izy ; aoka tsy hokorontanintsika ny lamin'ny Fitondran'Andriamanitra : amin'ny alalan'ny fitiavana te-hanao zavatra avy amin'ny tena ihany no hanimbana ny asan'Andriamanitra indraindray. Efa hitako tamin'ny traikefa fa aleo kokoa miandry toy izay mikoropaka. Ho any Rome i Mompera Bruno ato ho ato, tiany mantsy ny hiandraikitra io raharaha io eo anivon'ny mpitondra fikambanana sy eo akaikin’i

Papa Ray Masina. Hanao fangatahana kely any amin'i Kardinalin'ny Lyon aho, raha ankatoaviny izany dia ho tanteraka tsy ho ela ny zavatra rehetra ; mivavàha, izay ihany no angatahiko aminao, aza manao zavatra hafa tsy niangaviako anao ianao.

Ary satria moa mbola tena tianao foana i Prado, dia ho tianao koa izay vaovao rehetra mikasika azy : eo ho eo tahaka ny mahazatra ihany ny fiaimpiainana ato**,** efa ao amin'ilay efitrano lehibe fisakafoanana izahay izao no mipetraka, tena mety tsara mihitsy ary namboariko ho efitrefitra 8 mitovy, ka iray amin'ireo mpianatra teny latinina ato amintsika no lehiben'ny efitrefitra anankiray, amin'ny alalan'izany no hanombohan'izy ireo mampihatra ny fanetrentena sy ny fitiava-namana, salama tsara izy ireo, ireo Seminarista mahafatra-po eto amintsika hatramin'izao dia mbola i Duret, Delorme, Blettery, Béal, Proriol, Broche ary i Monot ihany. Manao veloma anao izy rehetra ary maniry ny handeha tsy ho ela ho any aminao, hahafaly azy ireo kokoa ny taratasy avy aminao.

Nanoratra tamin’Andriamatoa Bernerd aho ary misy taratasy kely nosoratako ho anao koa any raha mbola tany Rome izy. Toa hoe niainga talohan'ny andraisany io taratasy io izy. Koa raha afaka ianao, mitaky azy ao amin-dRamatoa Cassandra dia mba mandehana re any azafady !

Mampanao veloma anao ny reniko, tahaka izany koa ireo zalahy isany Atoa Salignat, sy ireo maro hafa koa. Efa lasa Andriamatoa Varlop, niangaviako izy mba hisintaka kely, tsy manao afa-tsy manaratsy antsika foana mantsy izy amin'izato toetrany sy fomba fanaony.

Mivavàha ho ahy izay tsy manadino anao. Amin'ny taratasiko manaraka aho vao handefa vola kely ho anao.

A. Chevrier

64 (67) [4] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. Lyon, 20 Mey 1868

Ry rahalahy sy namana malalako

Ato amin-dry Pères Carmes aho amin'izao fotoana izao mba hivavaka amin'ilay Andriamanitra tsara fo sady handinika ny fahantran'i Jesoa Kristy Tompontsika. Mamaky mandrakariva ny Evanjely Masina aho. Tena voalaza tsara izay rehetra nambaran'i Jesoa Kristy Tompontsika, ary anjarantsika indray mitady fomba hampiharana io Soratra Masina io amin'ny fiainantsika. Ry rahalahy malalako ! Ianaro mandrakariva io boky tsara io, ary aoka tsy hitsahatra ny hamaky azy ianao mba hampihatra izay hitanao ao ; izay no raiso ho

fitsipika iombonantsika. Efa fantatrao tsara izany : tsy inona fa ny tranon'omby, ny kalvery ary ny tabernakila. Ireto avy ny fijanonana telo izay hahatongavana amin'ny fahalavoriana eo amin'ny antson'Andriamanitra. Hitako fa tena mbola tratra aoriana be aty aho ; ny azoko atao dia mitaraina amin'ilay Mpampianatra antsika ary mangataka famelana aminy noho ny amin'ireo fotoana veriveriko fotsiny ; kanefa mahereza, miaraka amin'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, hiara-mamindra hanaraka azy ao anatin'ny fahantrana lavorary, fahafatesana ary fitiavana isika.

Niresaka tamiko ny amin'ny fanaovana vavaka samirery ianao, fantatrao tsara ny fomba tena tsotra fanaontsika : ny Rôzery, ny lalan'ny hazofijaliana ary ny lamesa masina. Fantaro tsara ny amin'ireo zavatra telo ireo, ary dia hanana fahaizana momban'ny zavatra rehetra. Fantatrao manko fa tsy manana boky hafa i Md Thomas sy Md Bonaventure. Ny tranon'omby, ny kalvery ary ny tabernakila, ireo no fijanonana telo tiako hametrahana anareo mandrakariva. Mba ho tena mahazatra anareo anie ny firesahana momban'ny Misterin'i Jesoa Kristy Tompontsika, hitondra fahazarana ho anao ka hahafahanao miresaka an'izany toy ny zavatra efa iainanao manokana, efa mahazatra, tahaka ny fahaizan'ny olona miresaka ny amin'ny toetran'izy ireo, ny akanjony, ny raharaha ataony. Eo am-pamakiana azy, raiso ho fanorenana ny ranom-bavaka ataonao ny tantaran'ny Mistery, diniho tsirairay ny teny sy ny asa ary ny hatsaram-panahy. Ary ataovy izay ampidirana izany ao amin'ny fanahinareo, ao am-ponareo ary eo amin'ny fitondrantenanao. Mariho izay zavatra tena manaitra anao indrindra, ho tadidinao tsara kokoa izy amin'izany, ary aoriana dia hampiasainao izy ireny. Toy izany no hahazoantsika fanabeazana. Fantatrao tsara fa isika dia tsy tokony hihambo ho tonga manam-pahaizana ambony be na ho mpandaha-teny mahay, fa ho mpampianatra katesizy tsara fotsiny ihany kosa. Tohizo tsara ny fanaovana ny lalan'ny hazofijalianao, rehefa manao azy ianao, dia aza maimaika ka ho sahirana amin'ny famitana azy ; fa raha misy moa fijanonana mahafinaritra anao. Ny Fanahy Masina anie hanazava anao eo amin'ny toerana iray amin'izany fijanonana izany. Aoka ianao hiato kely eo. Ankafizo ny hatsaran'ny fahasoavan'Andriamanitra, raiso ny hazavana izay tonga ao aminao ... Tsy tokony hatao tsinontsinona ny fahazavana sy ny fahasoavana amin'ny fotoana hahatongavany ; na dia tsy vitanao hatramin'ny farany aza, tsy maninona. Ny fahasoavana sy ny fahazavana no katsahina alohan'ny zava-drehetra fa tsy vavaka maro sy sesilany foana akory no atao.

Raha vao afaka mampandika ny Misterin'ny Rôzery natao'i Mompera Dominicain aho, dia handefasako ianao raha vao misy fotoana malalaka hanaovana izany. Efa naman'ny feno

ihany ity asa ity ka hanampy anao betsaka amin'ny fandinihan-tena sy ny fampianarana.

Tokony ho nandefa vola kely ho anao ihany ny reninao taorian'ny Paka. Raha manampotoana aho dia handefa zavatra kely ho anao, fantatrao tsara fa eto aminay mandrakariva ianao, na dia lavitra aza, ary mieritreritra anao sy ny ao an-trano lalandava izahay.

Mandeha tsara toy ny teo aloha ihany ny fiainana aty. Ao amin'ny Prado ny rahalahin'i Gourdon. Nanome toky ahy an'Andriamatoa Gourdon i Mgr de Serres amin'ny fetin'ny "Trinite Masina", satria hisy amin'io fotoana io pretra maromaro hosolo eo amin'ireo toerana banga ; manana pretra vaovao koa izahay any Genève efa ho iray volana izay. Toa hoe tsara fanahy ilay izy, kanefa tsy fantatro raha hitoetra. Tsy mbola nandray fanapahan-kevitra na inona na inona ny amin'Andriamatoa Salignat aho, tsy fantatro izy raha tapa-kevitra ihany ny handeha ho any Rome. Ho hitantsika eo izany mandritra ity taona ity. Salama tsara ny pretra Layné, nanoratra ho ahy izy tatoato ary mametraka ny veloma aminareo rehetra. Tena hita fa ambinina tokoa izy.

Farany, mivavaha amin'Andriamanitra ho anay rehetra eo anilan'ireo apôstôly masina, mba ho tonga tena apôstoly marina izahay, ary koa any aoriana dia ho tafaray tanteraka isika amin'ny alalan'ny fehin'ny fitiavana, fahantrana ary ny fahafoizantena.

Efa mba miha-tsara ny reniko, ireo Masera koa torak'izany. Miarahaba anareo rehetra ao am-pon'i Jesoa, ilay Mpampianatra antsika izahay ary mangataka koa amin'Andriamanitra mba hahatongavanareo ho pretra sitraky ny fony. Manàna fahatokisana an'Andriamanitra.

Ilay mahatsiaro anareo

A. Chevrier

Hanoratra ho anareo Andriamatoa Berne afaka andro vitsivitsy. Reradreraka mantsy izy tato ho ato ; izao izy efa miha-tsara.

65 (68) [5] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. [Prado] 12 jona 1868

Ry Rahalahy sady namana malala

Tokony ho saininao tsara fa eto amin’ny Prado dia tsy misy intsony na taratasy na ranomainty fanoratana koa ialako tsiny ny tsy firaharahiko anao ary na tsy nanoratra ho anao aza aho, dia matokia fa mahatsiaro lalandava an'i Frera Joseph-ntsika tsara fanahy.

Nahita ny reninao aho afak'omaly. Te-handefa vola kely ho antsika izy, heveriko fa amin'ny fetin'i Md Pierre dia mety hahita fomba ihany angamba izahay handefasana izany

vola izany ho anao mba hikarakaranao ny fiverenanao aorian’ny fotoam-pialan-tsasatra. Ary satria moa ny iray tamin’ireo taratasinao no nanambara taminay fa mitovitovy ihany ny saran-dalana, ka na ianao mijanona ao Rome na ianao mankaty aminay, sady tsy hitako mihitsy izay maharatsy ny fahatongavanao aty aminay andro vitsivitsy.

Nanambara taminay Andriamatoa Boulachon fa raha manatona ny masoivohontsika any ianao dia mety hahazo fandehanana maimaim-poana eny amin’ny fitaterana an-dranomasina, mba anontanio izany raha azo atao.

Tena hody tanteraka eto amin'ny Prado amin'izay Andriamatoa Gourdon amin'ny herinandro ambony. Misaotra an'Andriamanitra aho amin'izany ; ho mpanampy tsara ho antsika izy, ho an'ny rehetra ary indrindra ho an'ireo mpianatra teny latinina eto amintsika.

Manana koa izahay eto nandritra ny efa-bolana izay, pretra avy any Genève izay tonga mba hanampy anay amin'ny fampianarana katesizy ; ampahafantarina anao izy rehefa tafaverina ianao.

Nivahiny teto nandritra ny roa herinandron’ny Paka teo iny Andriamatoa Sagne ary efa lasa nody any Nancy amin'ny sekoliny, inoako fa hiverina indray izy amin'ny volana Jolay hanapitra tanteraka ny fianarany tato an-trano.

Raha ny amin'ny fahasarotana izay anananao eo amin'ny fianaranao indray dia ho hitantsika eo ny fomba ny handaminantsika an'izany rehetra izany rehefa tonga aty ianao. Aoka isika hanana fahatokisana amin'ny zavatra rehetra, mampianatra antsika zavatra maro ny fotoana, ary ny zavatra tsirairay dia tsy maintsy tanteraka amin'ny fotoana izay sitrak'Andriamanitra hanaovana izany.

Nampanamboatra zavatra vitsivitsy eto amin'ny Prado aho : lampihazo kely eo ambonin'ny varavaran'ny lasapely ho an'ireo izay mirotsaka ho pretra eto amintsika, eo amin'ny ilany tsirairay avy dia ho asiana efitrano kely maromaro ary lalantsara iray lehibe hampifandray azy ireo, io no ataontsika toerana fanabeazana ireo nôvisy eto amintsika raha mamela ny hanaovana izany Andriamanitra.. Nakarina roa metatra amin'ny halavany manontolo ambonin'ny lalan'ny Dumoulin i Prado. Tafiditra ao amin'ny elanelana sisa mampisaraka ny efitrano fandriana sy ny lalana ireo efitrano maro. Afaka mampiantrano novisy androampolony isika. Mba ho tanterahan'Andriamanitra anie izany raha izay no sitrapony.

Tohizo tsara ny fanaovanao ny vavaka mangina, ny lalan’ny hazofijaliana ary ny Rôzery. Mahereza ry rahalahy malalako indrindra, mahereza ! Fa raha ny amin'ny antsonao

avy amin'Andriamanitra indray, dia aza mamela ny tenanao ho azon’ny fahasorenana ianao, fantatrao tsara fa ao amin’ny trano iray dia ilaina daholo ny zavatra rehetra toy ny nambaran'i Paul hoe : vongana tanimanga iray ihany no anaovana zavatra maro samihafa ary dia tena ilaina tokoa izy ireny. Miezàha àry isika hiasa mba hanjary olomasina, izay no tena zava-dehibe, horaisintsika ny fahaizana hanao zavatra ka ampiasaintsika amin'ireo madinika ; rehefa tsy ho afaka ny hampiasa izany amin'ireo olon-dehibe isika ; misy foana ny olona mahantra, ny tsy mahay na inona na inona mba hampianarina sy ho taomina amin'ny zavatra mahatsara. Matoky tanteraka aho fa indray andro any dia hanjary pretra tsara fanahy sy mendrika an'Andriamanitra ianao. Mba ahitsio ireo kilema izay efa natoroko anao : ireo fombafomba manao sain-jaza, ny fahamaikamaikana eo amin'ny fomba fihevitra sy eo amin’ny fitsaran-javatra indraindray, mandraisa ianao fomba fiainana malina ka tsy alahelo sy ho soso-dava intsony. Ampandrosoy matetika ao aminao i Jesoa Kristy na eo am-pitenenana izany na eo am-panaovan-javatra ; anontanio azy izay ho nataony raha izy no teo amin'ny toeranao ; ny amin'ny kôminiônao indray dia : hiangavio i Jesoa Kristy mba ho tafaray tanteraka aminao ka mba ho iray ihany ianao sy izy eo amin'izay rehetra atao.

Mampanao veloma anao izahay rehetra, ny reniko, Andriamatoa Berne ary ireo seminarista rehetra. Hifankahita am-pifaliana aminao indray izahay amin'ny fotoam-pialan-tsasatra.

Ilay mahatsiaro anao.

A. Chevrier

66 (69) [6] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. [Faramparan’ny Taona 1868]

Ry rahalahy malala sady namana,

Mihevitra mihitsy aho izao fa nifanena teny an-dalana ireo taratasintsika anankiroa ary voarainao ny taratasiko satria voaraiko ny anao ; nanoratra koa aho tamin'iny fotoana iny ho an'i Mompera Juste mba hilaza aminy ny momba anao.

Mieritreritra anao aho matetika ary mivavaka amin'ilay Tompo tsara indrindra mba hampianarany sy hanazavany anao, ary ao aoriana kely ao, dia mba ho afaka ny ahita mpanampy aho izay tena ilaiko tokoa satria tsy sahy ny hanomboka hanao zavatra mihitsy aho raha mbola hitako fa tena irery ; indrindra moa fa ho an'ireo latinista malalantsika izay mila mpitari-dalana hanolo-tsaina azy ireo ny amin'ny toe-panahy tsara ; ireo seminarista

ireo dia tena havanana sy mahay tokoa raha resaka siansa ; fa raha ny amin'ny hanome azy ireo fanetre-tena, ny fitiavana ary fahatsorana dia tena tsy ho afaka ny hanantena an'izany aho.

Any Moulin à Vent i Mompera Jaillet, mitoriteny izy. Mino aho fa hahita fahombiazana amin'izany izy any, ary mbola hanova fanahy vitsivitsy mba hibebaka koa izy ireo any, mivavaha ho amin'izany.

Raha ny amin'ireo ray aman-dreninao dia inoako fa ho sarotsarotra amin-dreninao ny ho tamàna aty Paris, tokony apetraka amin'izay tian'Andriamanitra ny amin'izany raharaha izany ka ho faly kokoa izy ny hitoetra raha oharina aminao. Raha mandeha any Paris izy dia ho lavitra anao ka hampalahelo azy mafy tokoa izany. Handamina izany ho amin'izay mety sy tsaratsara kokoa Andriamanitra.

Eo ho eo ihany ny fahasalamanay ny reniko no mbola marisarisa kely foana ; mampanao veloma anao ireo seminarista eto amintsika.

Atolotro an'i Mompera Juste sy Mompera Gardien ny fanajana.

Ilay namana sy rahalahy mikely aina ho anao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

67 (70) [7] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

Ho an'Andriamatoa Abbé Jaricot, ao amin'ny "noviciat du Pères Capucins"
Ao Carcassone

J.M.J. [Saint-Fons,] 26 Novembra 1868

Ry rahalahy tsara sy namana hajaina

Mialokaloka eto Saint-Fons aho nanomboka afak'omaly, mba hisintaka sy hiasa kely, tena mila mandany farafahakeliny iray volana mihitsy aho mba hisaina kely ny amin'reo raharahan-tsika ary mba hianatra indrindra indrindra hahay hanambara tsara ny Rozery sy ny lalan'ny hazofijaliantsika.

Tena sambatra tokoa izahay ao anatin'io fitokanana samirery io, ary rehefa hanana ny fahasambarana ny hanana anao izahay, dia ho any foana isika, mba hikatsaka ny fandriampahalemana, ny fahazavana ary ny hery.

Ao Carcassonne ianao, tena faly tokoa aho ny amin'izany ; araraoty tsara ny fotoananao, mba hahaizanao mitia ny Tompontsika sy mandalina ireo

Misterin'Andriamanitra momban'ny tranon'omby sy ny hazofijaliana ; tovozy avy amin'ny fahendren'ireo Mompera ireo ny fanahin'ny fahantrana sy ny fitiava-namana mba ahafahanao mampianatra anay ny amin'izany amin'ny fiverenanao ; fantatrao tsara fa ny fiainantsika dia tokony hifanahaka amin'ny fiainan'ireo Mompera Franciscains ireo, ankoatry ny asan'ny ministera izay tokony ho antsika manokana, dia tadidio tsara ireo fombafomba madinidinika izay mety hahasoa antsika rehetra, sy azo hampifanarahana amin'ny fombafombam-piainantsika ka hampitombo antsika ao amin'ny fanetrentena, fitiava-namana ary ny Fahantrana masina.

Tandrovy tsara ny fahasalamanao, aza manao zavatra izay mety tsy anerena antsika, toy ny fifohazana maraina izay tsy tokony ho hita eo amintsika noho ny asa aman-draharahan-tsika, sy ny fanazaran-tena hafa koa izay sahaza ireo relijiozy mihiboka.

Amin'ny fiverenanao dia ho telo isika : Atoa Martinet, ianao ary izaho ; faly aho amin'izay zavatra azontsika hatomboka hamelomana ny fiainam-pivavahana sy ilaina ho antsika rehetra amin'ny fiarahantsika miray hevitra amin'ireo toko lehibe izay tokony hampivondrona antsika rehetra ho iray. Aorian'ny Paka dia manantena aho ny mbola ho afaka hanao laretirety andro vitsitsy ary maniry indrindra aho ny handeha ho eo anilanao.

Eo ho eo ihany ny fandeham-piainana eto amin'ny Prado. Ireo Andriamatoa isany eto amintsika dia salama tsara. Mbola ato an-trano foana i Atoa Grim. Salamalama ihany Atoa Berne. Tena monina tanteraka eto akaikin'ny toerana onenanay i Mompera Jaillet, ary tonga mba hanampinampy anay rehefa alahady ; hitori-teny ny laretirety any Moulin à Vent izy, tahaka ny tamin'ny taon-dasa, ho amin'ny Noely.

Mbola reraka foana ny reniko, tsy salama Ramatoa Christin. Mandeha tsara ny fiainan'ireo latinista eto amintsika, miangavy anareo rehetra izahay mba hivavaka ho anay rehetra ianareo ; tsy manadino anao izahay.

Ao amin'ny taratasy manaraka dia ho tantarainao aminay fohifohy ny fiainana izay hiainanao ao amin'ny toerana fanomanana ny novisy.

Meteza ianao haneho ny fanajana sy ny fankasitrahana avy amiko amin'ireo Mompera tsara fanahy rehetra.

Hitso-drano anao anie i Jesoa ka hanome anao ny fahamasinana sy fahalalana koa.

A. Chevrier

68 (71) [8] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. 15 Janoary 1869

Ry rahalahy malala sady namana,

Miala tsiny aminao aho tamin'ny tsy nanoratako anao talohaloha, enga anie ilay Mpampianatra tsara antsika mba hanome anao taona tsara, taom-pahasoavana sy famonjena ho anao ary ho an'ny hafa. Raha amin'ity taona ity no anandratana anao ho pretra dia ho taona tena feno fahtsiarovana tsara ho anao izy ity ary ho anisan'ny taona iray misongadina eo amin'ny fotoana sy eo amin'ny fiainana mandrakizay ao amin'ny fiainanao izany. Manana fahatokiana mahafinaritra aho fa Andriamanitra no miantso anao ary ny fahasoavana avy amin'ny fanahy masina, tamin'ny alalan'ny fanandratana anao ho eo amin'io fahamendrehana io no nanao anao ho tokony izay ho tena ianao marina. Mivavaka ho anao aho, ary mangataka an'izany amin'Andriamanitra ho anao amin-jotom-po sy amim-pahasambarana rehefa nieritreritra fa hanana olona iray ho mpanampy namana ary tena rahalahy ao aminao. Mahereza ary manàna faharetana sy fikirizana.

Naharay taratasy iray avy amin'ireo misionera kelintsika ao Galveston aho, salama izy ireo, mety ho lasa diakonà lefitra angamba i Chardy amin'i Paka ; mianatra i Auzon ary salama i Monin ; hanainga i Mgr Dubuis aorian'i Paka ka ho tonga eto izy izany amin'ny volana Mey iny, mandra-pahatongan'izany dia hifandamina aminy izahay ny amin'ny hanatanterahana ny fanamasinana anareo ho Pretra ; aoka ianao hanomana tsara mandrakariva ny fianarana ny tenin'Andriamanitra ka mba ho isan'ny anay ianao amin'ny manaraka satria tena lazaiko amim-pahatsorana fa tena mila olona iray tokoa aho, tsy afaka ny hanao na inona na inona raha tsy misy aloha ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, raha tsy misy koa olona maromaro mivoaka avy eto an-trano ; mitoriteny ny amin'ny laretiretin'ny Avent i Mompera Jaillet izay hita fa tena nahomby ihany, nofaranan'izy ireo tamin'ny fananganana tsangambaton'i Mb Virijiny eo akaikin'ny tranon'i Charvet izany. Salama ireo latinistsika, mety handeha tsara kokoa ny fiainan'izy ireo raha mba manana olona iray hanome azy ireo ny fiainana. Tafiditra niasa ao amin'ny orin’asa iray mba hahazo vola kely ho an-dreniny i Andriamatoa Benoît. Ato an-trano foana Andriamatoa Sagne sy Salignat ; Andriamatoa Cellier koa torak'izany. Mitoetra eto amintsika mandrakariva i Andriamatoa Grim koa inoako fa tsy afaka handao antsika izy. Any amin'ny firenena nahaterahany Andriamatoa Berne amin'izao fotoana izao. Mety ho tafaverina angamba izy rahampitso ; marary ny reniko, handeha ho any Tour du Pin izy mandritra ny andro vitsivitsy. Namidin'Andriamatoa Coquey tanteraka tamiko ilay taniny

may izay ho ampiasaintsika ho an'ireo novisy eto amintsika aoriana kely ao ; tsy maintsy handeha hanao sonia ny fifanekem-barotra any amin'ny mpanao vadintany aho, amin'ny fotoana manaraka ; hataontsika tokontany aloha io tany io mandra-piandry izany.

Salama i Duret Delorme, Proriol, Genond ary ireo vitsivitsy hafa koa. Mivavàha ho azy ireo mba hananany faharetana sy mba hahatonga azy ireo ho miaramila mahafatra-po. Ho any aminao aho ka hitoetra andro vitsivitsy any mba hahazo hery indray ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra aorian'ny Paka. Nasaiko nalamina i St Fons. Mikarakara ao ary mandamindamina ny efitrano fandriana ireo mpandrafitra sy mpandalotra ; tamin'ny fotoana farany nandehanako tany dia tena narary sy nadilo mihitsy ny sofiko.

Aoka isika hivavaka mafy tokoa amin'i Jesoa Kristy Tompontsika mba hanaovany antsika ho pretra tsara, mahantra, ho voahombo sy hohanina velona ary mba hanana mpanompo tsara sy mahatoky izy ao amintsika.

Ilay namana sy rahalahy mikely aina ho anao fatratra ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

Miangavy azy aho mba homeny anao ny tso-dranony.

A. Chevrier

Mandefa teny kely ho anao amin’ny anaran’ireo namany rehetra i Montaigu.

69 (72) [9] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. [Febroary 1869]

Ry rahalahy sady malala indrindra,

Inona no ataonao ? hendry mandrakariva ve ianao ? Na fara-faharatsiny mba mianatra ny ho hendry ve ianao ? Miha-ela amiko ny fotoana ahitako anao. Nanoro hevitra ahy ny amin'ny handehanako hitsena anao i Mompera Bruno - raha toa ka efa mba vitavita ny fianaranao, ny tenin'Andriamanitra sy ny fiarahanao amin'ireo novisy beazinao. Dia tsy maintsy handeha ho any ve aho ary dia hiverina indray hitondra anao ho ato amin'ny Prado avy eo ? Manorata amiko, ho avy any aho amin'ny herinandro ambony ary hiara-miverina amiko ianao ; Mompera Archange no hamarananao izay nataonao taty ary dia hanampy kely anay ianareo.

Lasa i Mompera Grim andro vitsivitsy lasa izay, napetraka ho pretra "sacristain" any amin'ny La Rédemption izy, manana trano tsara hitoerana sady mandray karama izy any.

Mihevitra koa aho fanampin'izany rehetra izany fa ireo latinista eto amintsika dia mila olona mba hitari-dalana sy hitantana azy, ary ireo novisy eto amintsika koa dia tsy afaka ny hanomboka hanao zavatra raha tsy misy olona iray miaraka aminy sy rehefa tonga ny fitondran'Andriamanitra. Aoka àry isika hivavaka mafy tokoa mba hahantanterahan'ny sitrapòn'Andriamanitra eo amin'ny zavatra rehetra.

Namboariko ilay sombin-tany avy tamin'i Mompera Coquay mba hatao tokontany sy ho fivorian'ny mpanao katesizy amin'ireo ankizilahy madinika eto an-tanàna rehefa alahady. Ireo latinista lehibe eto amintsika : Duret, Proriol Delorme no manao izany katesizy izany amin'ireo ankizy madinika ireo. Hinoako fa hitso-drano ity asa ity ilay Andriamanitra tsara ary hiofana tsara eo amin'ny fiainan'ny pretra ireo novisy eto amintsika.

Manorata valin-teny amiko raha tianao ny handehanako ho any Carcassone sy hitondrako anao hiverina ho ao amin'ny Prado ; tsy mifanipaka amin'io hevitro io ny hevitr'i Mompera Bruno.

Efa milamina ny ao St Fons, ho afaka handeha ho any isika hanapitra ny volana Avrily ary hiasa any hangataka amin'Andriamanitra ny fanahiny sy ny fitiavany.

Ilay rahalahy mikely aina ho anao.

A. Chevrier

70 (73) [10] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. 8 Marsa 1869

Ry namana sy rahalahy malalako indrindra,

Tohizo amim-pitiavana ireo fianarana sy fanazarana ataonao mandra-pahatongan'ny fetin'ny Paka, ary aoka ianao hanampy an'ireo Mompera ireo, izay tena nanao soa antsika tokoa tamin'ny nandraisany anao ho ao amin'izy ireo ; satria dia efa tena tsy mahavaly fitia tokoa isika raha alaina ianao amin'izao fotoana tena ahafahanao manampinampy azy ireo izao. Aoka ianao hiofana tsara ny amin'ny resaka hatsaram-panahy, ary miverena aminay hendry tsara ; ho avy haka anao aty aho amin'ny volana Avrily ho avy iny.

Eo ho eo ny fandeham-piainana eto amin'ny Prado. Mivavaha ho anay rehetra raha manakaiky an'i Jesoa Kristy Tompontsika amin'ny fivavahana ianao.

Ilay mpanompo mikely aina ho anao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

71 (74) [11] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. [Prado,] 3 Avrily 1869

Ry rahalahy sady malala

Nahemotro valo andro ny fanaovana ny kôminiô voalohany satria somary narisarisa aho tao anatin'ny tapa-bolana izay, ary satria koa i Mompera Archange tsy ho tafaverina raha tsy amin'ny alatsinainy fa nandeha nitoriteny ny amin'ny karemy any Roanne ; naneho faniriana ny hampianatra ny laretirety amin'ireo ankizintsika izy.

Koa araka izany àry dia tsy afaka ny handeha hivoaka aho raha tsy afaka tapa-bolana ny Alatsinainy 19. Mino aho fa tsy maintsy nandeha any La Pacaudière hamonjy raharaham-pianakaviana Andriamatoa Berne ; raha afaka mandeha mankany aho dia hanoratra ho anao.

Voaraiko ny akanjonao fanaon'ny pretra, inoako fa tsaratsara kokoa ny ampanaovana iray hafa toa an'iny satria efa tonga ity ny fahavaratra ; azo ampiasaina sy mifanaraka amin'ny fotoam-pahavaratra sy ny ririnina ny lambam-pandriananay, manorata amiko raha mila izany ianao.

Tokony ho tonga amin'iny volana Mey ho avy iny i Monseigneur Dubuis, tsy maintsy efa eny an-dalana izy izay nanomboka tamin'ny andron'ny Paka, koa tsy maintsy tokony efa miomana ianao amin'ny fandraisana ny diakonà atsy ho atsy ary hitondra amin'ny fiverenanao taratasy fanamarinam-pahaizana sy ny fitondran-tenanan'ireo Momperantsika capucins avy any Carcassonne.

Toa indro hitako tonga am-pifaliana ny fotoana izay hodianao tanteraka eto amin'ny Prado ka tsy handaozanao anay intsony, hanampianao anay mba hanohy ny asa izay nankinin'Andriamanitra tsara tamintsika. Raha toa ka tsy ho afaka ny handeha hitsena anao aho dia handefa vola ho anao hikarakaranao ny fodianao alohan'ny tapa-bolana.

Amin'ny 13 Avrily ho avy izao ny fanomezana ny Sakaramentan’ny fankaherezana.

Mivavaha ho an'ireo ankizintsika ireo mba hiomana tsara handray am-pahamendrehana izany sakramenta lehibe izany izy ireo.

Fanajàna sy fankasitrahana no atolotro an'ireo Mompera ao aminareo.

Ho anao koa ny fanehoam-pitiavana feno firahalahiana tanteraka sy marina.

A. Chevrier

72 (75) [12] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

J.M.J. [Avrily 1869]

Ry rahalahy sady malala

Voaraiko ny taratasy fanasana mahafinaritra tokoa avy aminao sy avy amin'ireo Mompera tsara fanahintsika, kanefa izaho ilay farim-peo nandritra ny 15 andro dia voatery mandeha any Tour du Pin mandritra ny tapa-bolana, tsy mety ho ahy mantsy ny fanaovana dia lavitra loatra.

Mompera Archange dia vonona tanteraka handray anao. Miha-ela aminy ny fotoana ahitana ny fanombohan'ny fiofanan'ireo novisy eto amin'ny Prado.

Nanafatra akanjo mainty fanaon'ny pretra ho anao aho ary ho vita amin'ny herinandro ambony izany.

Miandry anao am-pifaliana tanteraka izahay. Raha tonga alohan'ny fiverenako dia tongava mijery ahy any Tour du Pin amin'izay mba tsy izahay rehetra no tonga hitsena anao fa izaho no ho avy hitsena anao any.

Salama tsara ny reninao, nahita azy aho telo andro lasa izay, tena ory tanteraka tamin'ny nahafatesan'ny zanany vavy izy, kanefa amin'ny fiverenanao dia ianao no hanambitamby azy.

Ilay rahalahy sy namana tena tia anao.

A. Chevrier

73 (76) [13] Ho an’i Jean-Claude Jaricot (Seminarista)

Ho an'Andriamatoa Abbé Jaricot, ao amin'ny "Providence du Prado"

J.M.J. [Mey, 1869]

Ry namana sady rahalahy malalako indrindra,

Misaotra amin'ny taratasy mahafinaritra nalefanao, nahafaly ahy tokoa ilay izy satria nanome vaovao tsara ho ahy mikasika ny trano mahantrako ary ireo latinistako. Karakarao tsara ny amin'ireo, omeo rano im-betsaka ao anatin'ny indray andro, ary araka izay ilaina ireo marary. Tsy noraisintsika mba hampijaliana akory ireo zaza ireo, ary fahotana ho antsika koa ny tsy manome izay rehetra ilaina an'ireo ananantsika andraikitra. Ho adinin'Andriamanitra amin'izany isika ; tokony ho sorohana izany fitiavam-bola be loatra ao amin'i Melanie izany.

Tsy nambaranao tamiko hoe iza no mpampianatra ny kilasy fahadimy. Hody ve Andriamatoa Cellier ? Nanoratra ho azy aho ; tsy fantatro raha nanome vaovao mikasika azy

ihany izy, ary raha hody koa handray ny kilasiny. Raha tsy misy mpampianatra dia tsy maintsy, hiray hevitra mba hitady olona iray, miresaha amin'Andriamatoa Boulachon.Tsaratsara kokoa angamba ny manana mpampianatra avy any ivelany, izay ho tonga indray mandeha isan'andro ary tsy hikarakara ny amin'ny ato an-trano.

Hanome fotoana misimisy kokoa anao mba hahafahanao miomana tsara ny fahataran'i Monseigneur, ary manàna koa fahatokiana an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Tsy maintsy mivavaka sy manao ny sitrapon'Andriamanitra isika eo amin'ny zavatra rehetra ary mikatsaka ny fahafantarana tsara izany sitrapony izany. Roa volana hiomana ho tonga tena pretra marina tokoa, tsy be loatra izany.

Etsy àry, mahereza, aoka isika hivavaka mba handeha tsara araka ny sitrapon'Andriamanitra ny zavatra rehetra.

Tsy fantatro raha mba nisy akony taminy ihany ny taratasy nalefako ho an'Andriamatoa Chevalier, ary inona no ho vokany. Faharetana ho amin'ny zavatra rehetra, miha-ela amiko ny fotoana hodiako eo anilanareo rehetra.

Tena tsy dia tsara loatra aho ; nefa tsy tokony holaniana ny fotoana raha toa isika manan-javatra betsaka hatao. Tsy manadino ary mieritreritra anao foana aho isan'andro.

Aza manadino ahy eo anatrehan'Andriamanitra.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

Efa vitako ny irakao tany amin'Andriamatoa "Le Curé de St Jean".

Ho an'Andriamatoa Abbé Martinet

74 (59) Ho an'Andriamatoa Abbé Martinet

J.M.J. [10 Mey 1869]

Ry namana malala

Ity ny valin'ilay taratasy nalefako tany Grenobles mikasika ny fanaovana lamesa indroa ao anatin'ny indray andro sy ny valin'ireo fanontaniana izay nangatahiko.

Efa mba manomboka mihatsara aho izao. Mihevitra ny hody aho amin'ny Alakamisy na Zoma.

Ilay mahatsiaro anao.

Mampamangy ao amin'ny tontolonao rehetra.

Ho an'Andriamatoa Abbé Dutel

75 (55) [1] Ho an'Andriamatoa Abbé Dutel

J.M.J. [Oktôbra 1869]

Ry namana hajaina sady malala indrindra

Nitondra fifaliana lehibe ho ahy tokoa ny taratasinao, amin'ny fiheverako fa Andriamanitra angamba dia mety hanome ahy namana sy rahalahy izay afaka hanompo an'Andriamanitra hiaraka amiko ary hitaona ahy ho amin'ny tsara amin'ny alalan'ireo toro-hevitra sy ohatra tsara avy aminy.

Haka tahaka an'i Jesoa Kristy Tompontsika, hanara-dia Azy, ho tonga olona iray manahaka tanteraka an'i Jesoa Kristy eo amin'ny fitondrantenany teto an-tany, izay no tanjona efa napetraka hatrany am-boalohany. Raha mitarika anao ho avy hanampy anay amin'io asa io, sy hiara-miaina ao amin'io fiainana io ny Fanahy Masina, dia tongàva, ary hitso-drano anao omban'Andriamanitra ; kanefa aoka ho tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra masina satria raha tsy misy ny fahatanterahan'io sitrapon'Andriamanitra io dia tsy ho afaka ny hanao na inona na inona isika. Izay no antony tsy hitadiavako na iza na iza, tsy hanereko an'iza an'iza ho avy, miandry aho ny handefasan'Andriamanitra azy ireo, satria hitako tamin'ny alalan'ny fandinihana teo amin'ny fiainana fa ireo olona izay tonga eto entanin'ny saina aman'eritreriny, na tonga manan-draharaha, dia tsy manao na inona na inona, ka tonga sakana izy ireny fa tsy mpanampy.

Kanefa moa amin'ny fahafantarako anao efa nandritra ny fotoana maro izao, dia mino aho, eo amin'ny sehatra maro fa fihevitra avy amin'Andriamanitra izany.

Toy izao raha fintinina ny tanjon'ny ato an-trano :

Hanomana hanao kôminiô voalohany ireo tanora lahy na vavy, izay tsy ho afaka ny hanao izany any amin'ny paroasy misy azy ireo.

Nanampy asa iray, amin'io asa io, ny fitondran'Andriamanitra dia ny hanomana tanora vitsivitsy, izay tsy afaka ny handeha ho any amin'ny Seminera, ho tonga pretra mahantra, voahombo, tahaka an'i Jesoa Kristy Tompontsika sy hampianatra azy ireo hiasa amin-jotom-

po, tahak'izany koa, raha manome alalana ahy Andriamanitra ary efa nangatahiko taminy elabe ny hampiaina azy ireo ao amin'ny fiainana ao anaty fivavahana, amin'ny fanatanterahana ny raharahan'ny pretra ao amin'ny paroasy. Izay no tanjontsika, hitanao izao fa tena manan-javatra hatao betsaka tokoa isika, ary tsy misy asa hafa tsara ampiasan'ny pretra ny fiainany ankoatra ny manomana pretra maro tsara fanahy sy mendrika ao amin'ny Eglizy.

Mety ho hambom-po diso tafahoatra manakaiky ny fahotana ihany angamba izany, kanefa heveriko fa amin'izao fotoana izao indrindra dia io no tena ilain'ny Eglizy, nefa dia mety ampy foana izay tokony hatao mba hahatongavana amin'io tanjona io.

Mangata-piarovana ao amin'ny vavakao aho, ary mivavaka amin'i Jesoa Kristy Tompontsika amin'ny foko manontolo koa mba hanatanteraka ny sitrapony masina, ka hotoaviny aminao ny fanirianao.

Ilay namana sy rahalahy mikely aina, feno fanajana anao.

A. Chevrier
rue Chabrol 55, Lyon

76 (56) [2] Ho an'Andriamatoa Abbé Dutel

J.M.J. [Prado,] 10 Novembra [1869]

Ry rahalahy mpiara-miasa hajaina

Noho ny tsy fahafantarako ny fanapahan-kevitra noraisinareo tamin'ny fihaonanao sy Atoa Pagnon, dia nanoratra ho anao aho mba hanontany raha nahasoa anao teo amin'ireo fikasanao tsara izany na tsia. Mbola misy fanamboarana kely hataoko ao amin'ilay efitrano izay noheveriko fa hatokako hipetrahanao, ary izao ankehitriny izao mihitsy aho dia hampanamboatra azy, raha toa ka mba hanana izany fahasambarana, ny hanana anao ato an-trano izany izahay. Manana fahatokiana mahafinaritra aho fa hanome anay izany fahasoavana izany Andriamanitra Raintsika, ka ho afaka ny hiara-miasa ao amin'ny voninahiny mba ho famonjena antsika isika.

Miaraka amin'ny fanehoako fitiavana feno fanajana sy fikelezana aina, izaho ilay mpanomponao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A Chevrier

Ho an'ny gropy misy ireo seminarista efatra Broche, Delorme,

Duret, Farissier

77 (111) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier]

J.M.J. [Lyon] 1 Marsa 1871

Ry zanaka malala

Niandry ny taratasinao tokoa izahay, ary somary nanana fanahiana ihany aza izahay ny amin'izany ; kanefa moa ianao nanome toky anay ny amin'ny fahasalamanao sy ny toerana izay misy anao.

Ny lalana izay izoranao amin'izao fotoana izao dia tena lalana maha-kristiana tanteraka feno fandeferana sy zotom-pò. Mba hanatontosàna am-pahamasinana izany lalana izany dia tsy maintsy ilaina ny fandavàn-tena sy ny fikelezana aina ary koa ny famonjen'Andriamanitra. Koa mahereza àry, ry zanako malala, ary aoka ianao hino fa izao lalana izoranao izao dia tena fiomànana tsara tokoa ho amin'ny fanoloran-tena ho pretra, ary raha tafavoaka amin-kasahiana sy amin'ny fitondran-tena tsara ary tsy misy fahalemena ianao, dia tena ho pretra sy miaramila mahafatra-pò an'i Jesoa Kristy.

Koa amin'izay àry, katsaho mandrakariva izay ahafa-po ireo lehibenao amin'ny fankatoavana, amin'ny tsy famalivaliana be fahatany omban'avonavona : aoka ho tsotra, malemy fanahy, tia vavaka, ary ho mpanetry tena, tsy hikatsaka na dia kely akory aza, voninahitra na toerana tsara, tsy hitaraina mihitsy na kely aza, hanontany amim-pahatsorana izay tena ilaina eo amin'ny fiainana, hahay hijaly indraindray, satria ny miaramila dia tsy manana izay ilainy mandrakariva, ho mahery fo ao anaty fanaintainana sy fahasahiranana, ary indrindra ho kristiana eo amin'ny zavatra rehetra.

Aza atao tsinontsinona ny fivavahana ; tsarovy fa kristiana ianao ary ambonin'izany, mpianatr'i Jesoa Kristy amin'ny fahalalana tsara ny fitsipik'i Md François ; aza atao tsinontsinona ny fivavahana isan'andro : azo ambara amin'ny fotoana rehetra izany, eo am-piasàna, amin'ny andro, amin'ny alina, eo am-panaovana asam-piambenana, any amin'ny toby miaramila, any amin'ny toerana misy ny tena, toy ny any am-piangonana. Maheno sy tia antsika lalandava Andriamanitra n'aiza n'aiza misy antsika.

Aoka ianao hanatona ny sakramenta, isaky ny Alahady tsy tapaka mihitsy, ny latabatra fanasan'ny Tompo, ary aza mitoetra mihitsy amin'ny toeranao be fahotana ianao. Malemy

isika ary mety hanota foana ; kanefa manana ny fanafodin'izany isika ao amin'ny Sakramenta ; miverena aminay feno fahendrena sy tena mikely ianao nohon'ny amin'Andriamanitra sy ny fiangonany.

Faly tokoa izahay mieritreritra fa manana zanaka be herim-pò ny avy eto amin'ny Prado, izay mikely aina sy manofan-tena ho amin'ny fiainam-pitiavana sy fanoloran-tena mba hanao ho an'ny Eglizy izay nataon'izy ireo amin'izao fotoana izao ho an'ny Tanindrazana.

Salama tsara ireo namanao, tokony ho efa nanoratra ho anao izy ireo tamin'ny faramparany teo.

Raha vita sonia ny fifanarahana ho amin'ny fandriampahalemana, arak'izay efa nantenainy, dia hiverina aminay tsy ho ela ianareo rehetra ary dia hanohy ny efa fanaontsika andavanandro isika.

Salama ny reninao, hitanay izy andro vitsivitsy lasa izay. Mampanao veloma anao ireo seminarista eto amintsika ary mivavaka ho anao. Raha mila zavatra ianao dia manorata aminay, fa tonga dia alefako avy hatrany izany.

Ataovy izay hifankahalalana amin'Andriamatoa Dorier, Sergent-Major ao amin'ny mpilatsaka an-tsitrapò izy, fa saingy tsy fantatro fotsiny hoe "compagnie" inona, zanaka lahin'ny iray amin'ireo mpanao asa soa antsika izy io no sady efa niady tany Rome izy, no koa tovolahy tena masin-toetra tokoa. Ampitao amin'Andriamatoa Gaudin, Andriamatoa Assada sy ireo hafa koa raha misy fantatsika ny fiarahabana avy amiko, ary aoka ianao ho tena hendry lalandava.

Mivavaka sy mitso-drano anao aho.

A. Chevrier

78 (112) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier]

J.M.J. [Prado] 11 Marsa [1871]

Ry Farissier malalako

Nanoratra ho anao aho folo andro lasa izay ho valin'ny taratasinao ; inoako fa voarainao ilay izy taorian'ny taratasinao farany ; tany Rennes no nanaovako ny adiresy, angamba nanao dia lavitra mihoatra ny tokony ho ilainy amin'ny fahatongavany ny taratasy.

Koa tao anatin'ny taratasinao farany àry dia nilaza tamiko ianao fa mety hahazo fialan-tsasatra 15 andro.angamba. Raha toa ianao ka mety ho afaka dia alamintsika ny amin'izany, mino koa aho fa tapitra ny fe-potoana naha-mpilatsaka an-tsitrapo anao, afaka mody aty amin'ny Prado amin'izay ianao ary miandry zava-dehibe hiseho indray andraisanao ny andraikitrao.

Mivavaka ho anao aho.

A. Chevrier

79 (124) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme]

J.M.J. [Prado, Desambra 1871]

Ry zanako malala

Vao avy namaky tamin-kafaliana tokoa ny taratasy nosoratanao farany aho izaho. Niteraka voka-tsoa lehibe ho ahy izay efa notanterahin'ny taratasinao teo aloha, ity taratasinao ity. Mino ny fahatsoran'ireo fanehoam-pitiavana rehetra voarakitra tao aho, ary ny tena nanome ahy an'io fandresen-dahatra io dia ireo fitsipi-pitondran-tena izay nosoratanao ary tontosainao amim-pinoana sy amim-pitiavana.

Eny ry zanako malala, tohizo hatrany ny fivelomana amin'ny fiainam-bavaka sy fisandratana ho ao amin'ny Tompontsika manomboka ny maraina vao mifoha ka mandra-paharivan'ny andro. Ao anatin'ny fivavahana no ahitantsika ny fiainana ara-panahy sy ivoahantsika avy ao amin'ny fotaka mantsin'izao tontolo izao, mba hihinanantsika ny sakafon'ny lanitra.

Tena faly tokoa aho mieritreritra fa manana zanaka mivavaka, tia an'Andriamanitra ary tsy mikatsaka afa-tsy ny voninahitra sy ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy maintsy ampiasaina mba hitiavana bebe kokoa an'Andriamanitra, ireo hadisoana. Tahaka ny nandraisan'ny mpanota iray ny famindram-pon'Andriamanitra no tokony hananany koa fitiavana be dia be. Tsapako mihafeno fitiavana lehibe, ary indrindra fa miha-feno fitiavana anao ny foko rehefa nahita aho fa manamafy kokoa ny fatorana misy aminao sy ny Tompontsika ianao ; ary mieritreritra aho fa, satria Andriamanitra nitia anao bebe kokoa, satria ianao nomeny fahasoavana tamin'ny vavaka ary tamin'ny fanomezana risi-po lehibe ; izaho koa izany hanana fo feno fitiava-namana sy fiantrana ary famindram-po lehibe ho azy. Eny ry zanako

malala, adinoko daholo ny zavatra rehetra, ambarako anao izany mba ho fiononan'ny fonao, ka tsy hisy intsony anie ao amin'ny fo amam-panahinao soritr'alahelo ny amiko ; tsy vitan'ny hoe adinoko sy tsy tsaroako intsony ny hadisoanao rehetra fa nomeko anjaram-pitiavana lehibe ianao. Faly aho mieritreritra fa ireny rehetra ireny dia tsy nanao afa-tsy ny hahatonga ny fifandraisana sy ny fatoram-pihavanana misy eo amintsika ho mafimafy kokoa, akaikikaiky kokoa, ho mamy ary hateza kokoa. Moa tsy tia kokoa ny zanaka izay naharary azy va ny reny iray ? Ary ny ranomaso matetika dia mampamokatra ny tanim-pitiavana.

Koa mahereza àry, matokia, ry zanako malala, ary aoka tsy hitsahatra isan'andro isan'andro hisaotra an'Andriamanitra amin'ny fitiavana lehibe nomeny ho antsika rehetra, isika olo-mahantra, izay nanararaotra ny famindram-pony ; izy anefa dia nikarakara antsika tamim-pitiavana sy tamim-paharetana lehibe. Aoka isika rehetra hifaly, hitsena ny fahatongavan'ity andro Noely mahafinaritra ity izay ahitantsika ny zanak'Andriamanitra mifidy ny tranon'omby mba hahaterahana, ka hanehoany amintsika ny fiatahana amin'ny zavatra rehetra ivelany mba afahantsika miraiki-po tanteraka aminy ary aminy irery ihany. Arakaraka ny mahafeno ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'ny fanahintsika no ahafahantsika koa miataka amin'ireo zavatra ivelany : zava-tsoan'ny tany sy ny fananana maro isan-karazany, fianakaviana, Ray aman-dReny, namana, na hitiavantsika azy ireo bebe kokoa satria ny fatorana izay mampifamatotra antsika amin'izy ireo dia tena marina kokoa, mafy, ary mateza tokoa. Aoka àry isika rehetra hangataka an'io fiatahana lavorary io izay mitondra antsika mankany amin'ny zotom-pon'ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina, ary manome antsika ny tena fitiavana marina.

Mirary ho aminao ny tena fitiavana marina ao amin'Andriamanitra aho, izay ho hitanao ao amin'ny fianarana an'i Jesoa Kristy Tompontsika, ilay Tompo sady modelintsika ; tia anao aho noho ny aminy, ho azy ary ao aminy, ary ny fiombonana aminy dia ahavitantsika asa betsaka vokatry ny fitiavany, ho voninahitry ny Rainy ary ho famonjena ny fanahin'ireo rahalahintsika mpanota. Manoroka anao aho ary mitso-drano ao amin'ny fahatsoram-poko tanteraka.

A. Chevrier

Rahampitso na asabotsy dia ampiarahiko amin'ny fiaran'Andriamatoa Vissot ny akanjo maha-Pretra anao ary ny kiraron'Andriamatoa Farissier.

Salama tsara ny anabavinao. Anisan'iray amin'ireo tena hendry izy.

80 (100) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. [Prado,] 3 Janoary 1872.

Misaotra ry zanako malala isany tamin'ireo firarian-tsoa ho amin'ny vaovao avy taminareo. Enga anie ilay Tompo tsara, hanaiky ary handray azy ireny ho hanitra ankasitrahiny !

Raha ny amiko aloha, dia tena manaiky azy ireny an-tsitrapo tokoa aho satria fantatro fa nivoaka avy tamin'ny fo marina sy madio izy ireny, ary dia tena akaikikaiky kokoa ny ôtely voarakitra izany noho izay tsy tamin'ny taratasy no nanambaranareo azy.

Izaho koa dia nirary taom-baovao anareo raha vao nankalaza voalohany ny sorona masina ny lamesa, tsy nanadino anareo aho, ianareo indrindra no anisan'ny tena mendrika tamin'ny andian'ondriko na marimarina kokoa izany no ijereko anareo satria tokony ho izany mihitsy no izy, izay nandray betsaka dia tokony hanana betsaka koa.

Nangataka tamin'ny Tompontsika aho, ary mbola mangataka aminy isan'andro, mba ho feno ny Fanahiny masina ianareo, mba ho fianarana sarobidy ao am-ponareo ny fianarana an'i Jesoa Kristy, ka hampitovy ny fiainanareo amin'ny fiainan'ilay Tomponareo no tena fanirianareo. Ny Fanahy masina anie no hameno ny fanahinareo : fahazavana, fifaliana, fanantenana, ary ilay hazavan'Andriamanitra ambony sy tsara indrindra anie no hanazava anareo eo amin'ny fianaranareo, ka hampahita anareo ny marina, izay fanomezana faran'izay lehibe indrindra azon'ny olona raisina avy amin'Andriamanitra eto an-tany. Tonga mba hitondra ny marina amintsika i Jesoa Kristy *ego sum veritas :* ny fianarana filozofia sy ny fahaiza-mandaha-teny dia tara-pahazavana kely ihany izay tokony hitarika anareo ho amin'ny fahazavana lehibe, ka ho hitanareo ao amin'ny fianarana sy fandinihana lalim-paka ny Teolojia.

Koa mahereza àry ry zanaka malala isany, mitomboa ao anaty fahendrena sy hatsaram-panahy, aoka ianareo ho tonga Pretra mendrika. Mivonona tsara ianareo amin'ny ady lehiben'ny Tompontsika, satria tena lehibe ho anareo tokoa io ady io rahatrizay ka tonga Pretra ianareo indray andro any, vao mainka koa moa arakaraka ny maha-lehibe izao tontolo izao no maharatsy azy, bebe kokoa anefa ny fahalainana sy ny tsi-firaharahina misisisisika mahazo laka eny anivontsika eny.

Mivavaha ary mivavaha mafy tokoa, aza atao tsirambina ireo fanazarana madinidinika

izay nomeko anao mba ho tanterahina ; tontosao tsara ny herinandronareo, ampiaraho amin'izany isan-kerinandro ny fiainan'ny Tompontsika ; hanovo hery sy fahendrena ao amin'izany ianareo. Ny fahazarana mieritreritra an'i Jesoa Kristy, ilay Mpampianatra antsika dia hanome anareo hery sy zotom-po mba hanaraka azy, ary hanaraka azy akaikikaiky kokoa arak'izay farany azo atao, arak'izay efa nambarako anareo matetika.

Aoka isika tsy ho ketraka amin'ny fanatontosantsika ny andraikitsika. Manana ny Tompo isika izay mahay mamaly fitia an'ireo sorona madinidinika ataontsika ho azy.

Miha-ela amiko ny fotoana hiarahako aminareo ao anatin'ny fitokanana tena samirery, mba hiarahantsika mandinika amin'ilay Mpamonjy antsika sy hikarohantsika koa fomba azo atao ka azo ampiharina mba ahitantsika sitraka eo imasony ary ampiasaina koa mba hampibebahana an'ity tontolo efa rava ity.

Mieritreritra anareo matetika aho ry zanako malala isany ary mangataka amin'Andriamanitra ho anareo mba hanamasinany, hanampiany, hampiononany, hanomezany anareo hery ao amin'ny ady sy eo amin'ireo ireo fahasahirananareo ; ny ady lehibe izay hataon'ny demony aminareo matetika mba hitsapana fanahy sy hanakiviana anareo.

Manana fahatokiana, hery ary fikirizana. Aoka mba hanetry tena amin'ny zavatra rehetra, ho mpankato ny lehibenareo, ho be fitiavana manoloana ireo namanareo, mizaka ny zavatra rehetra, tsy mitaraina na amin'inona na amin'inona, feno fiantrana sy halemem-panahy ary manomboha dieny izao mampihatra ireo hatsaram-panahy izay tokony ampiharina ao aoriana amin'ny fomba tena lavorary.

Veloma ao amin'Andriamanitra ry zanako malala isany, arahaba feno fanajana avy amiko ho an'ireo mpampianatra sy lehibenareo, misàora azy amin'ireo fikarakarana rehetra izay ataony anareo, mahaiza mankasitraka amin'ireo fikarakarana izay natokany ho anareo.

Salama ihany izahay aty.

Ny reniko dia maneho fisaorana anareo noho ireo fahatsiarovana mamy avy aminareo ho azy. Tena nahafaly azy tokoa ireo teny kely natokanareo ho azy. Andeha hijery anareo Atoa Dutel sy Lagier amin'ny faran'ny volana.

Faly avokoa ireo Pretra sy ireo Seminarista rehetra tamin'ireo fanehoam-pankasitrahana sy fitiavana izay nasehonareo tao anatin'ny taratasinareo, tahaka izany no tokony hatao ary tanterahina amin'ny fo, atao ho fankasitrahana an'Andriamanitra ary ho an'Andriamanitra.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ry zanaka malala isany.

Mitso-drano anareo amin'ny foko manontolo aho, ary mametraka anareo eo ambany fiarovan'ilay Tompontsika tsara indrindra, mba hiarovany anareo ary hanomezany anareo koa ny fitiavany.

A. Chevrier

81 (125) Ho an'Andriamatoa Delorme

Ho an'Andriamatoa Delorme

J.M. [Prado,] 3 janoary 1872

Ry Delorme malalako,

Aoka ianao hiasa mafimafy kokoa hanao ezaka eo amin'ny tenanao mba handresy ireo tsy firaharahiana madinidinika izay manaraka anao na aiza na aiza. Tsy maintsy hitombo ao aminao hatramin'ny dingana farany ambony indrindra ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, ry zanako malala, mba hanohana anao eo amin'ny ady sy tolona izay ataonao mba hifehezanao ny vatana sy ny fanahy ; misy fotoana sy faniriana tsara tokoa ho amin'ny tsara ao aminao ; kanefa tsy maintsy manao izay hampaharitra izany ny finoana sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, ary izany dia ho hitanao ao amin'ny fivavahàna sy fandinihan-tena ; aoka ho amin'ny fanahinao matetika i Jesoa Kristy Tompontsika. Aoka izy no fiandohana sy fiafaran'izay ataonao rehetra : fianarana, fivavahana, rehefa ny finoana no manjàka ao amin'ny fo iray dia mahavita zavatra maro izy ary tsy isalasalako fa ny anao koa dia hanana izany toe-panahy be fiantràna izany ; raha manaiky anjakan'ny fahatsaran'i Jesoa Kristy ilay Tompo tsara antsika ; vakio matetika ny evanjely masina ary tovozy avy ao ny fototry ny fiantrana sy ny zotom-pò izay ilainao mba hiasanao handresy ny fahalainana sy hiasàna amim-pahombiazana ho famonjena ny hafa.

Manafatrafatra anao aho ny amin'ny fahanginana sy fahamarinana, ireo zavatra ireo no tsy tanterakao mazàna. Noho izany indrindra, amin'ny alalan'ny fitiavana ny fankatoavana izay nentin'i Jesoa Kristy teto an-tany, dia tsy maintsy hazomina ny fahanginana ary marina amin'ny lalàna rehetra, Jeso Kristy nanambara fa tsy misy "iota" izay avelany tsy ho tanterahina ; tahaka izany isika aoka tsy hamela zavatra bitika indrindra tsy ho tanteraka ; tsy misy zavatra kely ao amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, miha-mitombo ny zavatra rehetra, ary ny zavatra kely sy bitika indrindra no mitarika amin'ny fahasoavana faran'izay

lehibe.

Tontosay tsara ny herinandronao, ka ny fiainan'i Jesoa Kristy Tompo anie no aoka hameno ny fotoananao manontolo, ka mba hitombo ao am-ponao hatrany hatrany ny fitiavan'i Jesoa Kristy.

Noho i Andriamanitra Ray Tsitoha dia mitso-drano anao amin'ny foko manontolo aho ry zanako malala, ary mangataka ho anao ny finoana, ny fitiavana, ny fankatoavana.

A. Chevrier

82 (538) Ho an’ireo Seminarista efatra ao Alix

(Ho an’ireo Seminarista efatra ao Alix)

J.M.J. 24 janoary 1872

Ry zanako malala isany[2],

Noraisiko tamim-pifaliana tokoa ireo firarian-tsoa tamin’ny fety nalefanareo ho ahy, ary inoako koa fa nivavaka ho ahy ianareo tamin’io andro io, satria eo am-pototry ny ôtely ihany no tena misy ireo firarian-tsoa tsara indrindra, eo koa no ahazoana fanantenana amin’ny fahatanterahan’ny faniriana : Andriamanitra irery ihany no Tompo, ary afaka maka na manome izay tiany.[3]

Ry zanako malala isany, miezàha mba ho tonga olomasina, anio ary mandrakizay, tsy misy afa-tsy ny olomasina irery ihany no afaka miasa amim-pahombiazana[4] amin’ny fampibebahana ireo mpanota, ho Voninahitr’Andriamanitra sy ho fandresen’ny Eglizintsika Masina. Endrey ! fa nahavita zavatra tsara tokoa ireo olomasina teto ambonin’ny tany ! Nahafinaritra an’Andriamanitra tokoa izy ireo ary.ilaina amin’ny hafa**.**

Ny olomasina dia Voninahitr’Andriamanitra miseho eto ambonin’ny tany, izy no maneho an-karihary ny maha-Andriamanitra ety ambonin’ny tany, fifalian’ny anjely sy fahasambaran’ny olona maro.

Ny olomasina dia olona tafaray amin’Andriamanitra, iray ihany izy sy Andriamanitra, afaka mangataka amin’Andriamanitra, miresaka amin’Andriamanitra ary

[2] Tsy manana ny sora-tanan'io lahatsoratra io izahay, fa kopia roa no anananay ; ny iray nosoratan'i François Duret tamin'ny Febroary 1872, izay indro adikanay araka ny tena endriny, ny iray kosa nomen'ny"Petit Seminaire du Prado"an'i La Roche.

[3] Io andalan-tsoratra voalohany io dia tsy hita teo amin'ilay kopia faharoa.

[4] Ny kopia faharoa dia manampy eto hoe : "Manavao izao tontolo izao".

eken’Andriamanitra, olona manana ny fahefan’Andriamanitra rehetra eo am-pelatanany, mahavita manozongozona izao tontolo izao rehefa tafaray tanteraka amin’ny Tompo, izay mifehy ny zava-drehetra. Ny olomasina dia ireo olona faran’izay mahery indrindra eto ambonin’ny tany. Misarika ny rehetra ho eo aminy izy ireo, satria manana ny fitiava-namana sy ny fahazavan’Andriamanitra, ary ny manana ny fahavokaran’ny Fanahy Masina. Manana ny haren’Andriamanitra izay zarainy amin’ny Voahary tontolo izy ireo. Mpitantana ny haren’Andriamanitra eto ambonin’ny tany izy ireo. Koa mba miezàha hanjary olomasina ianareo, ry zanako malala isany, ho fahazavana mba hitarika ny olona amin’ny lalana tsara, ho afo hanafana ireo mangatsiaka sy mamanala, ary endrika velona manambara an’Andriamanitra eto ambonin’ny tany ka ho fakan-tahaka eo amin’ny kristianina rehetra.

Eny, ry zanako malala isany, miezaha mba hanjary olomasina ; tsy tonga eo no ho eo izany ; fa tsy maintsy miasa maharitra amin’izany, eny na hatramin’ny fanombohan’ny fiainana mihitsy aza. Asa lehibe tokony efaina izany. Tanjona ambony tsy maintsy ho tratrarina ; kanefa dia tsy maintsy atao izay ahatongavana amin’izany raha te-ho tonga pretra mendrika ! Ny pretra tsy masina dia tsy mahavita zavatra firy, tsy mahavonjy fanahy maro ! Fa ianareo kosa tsy maintsy miezaka isan’andro mba hanjary olomasina. Amin’ny fomba ahoana àry izany ry zanako malala ? Eo am-pivavahana indrindra indrindra**,** eo am-pangatahana isan’andro amin’ilay tena Masina indrindra, dia i Jesoa Kristy modelintsika, izay nanamasin-tena teto ambonin’ny tany mba hianarantsika ho tonga olomasina koa.

Manomboha ianareo ho olomasina kely dieny mbola eto Alix, am-piombonam-po amam-panahy tanteraka amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fivavahana, am-panatanterahana an-tsakany sy an-davany ny fitsipika mifehy anareo, izay mihazona mandrakariva ny fahanginana sy manao ny asa fitiava-namana, io fahadiovam-pitondrantena io no toetra manokana mampiavaka ny olomasina ! Fitiava-namana manoloana ny Tale, ny Lehibe ary ny Mpampianatra anareo, Mpikarakara trano sy ny rehetra, fampiharana ny halemem-panahy sy hamorampo no toetra miavaka ananan’i Jesoa Kristy !

Fanekena amin’ny zavatra rehetra faran’izay madinika indrindra, izay mampahatsiaro fa ny Tompontsika dia nanaiky fahafatesana, eny hatramin’ny fahafatesana teo amin’ny hazofijaliana mihitsy aza. Raha manomboka miaina dieny izao ireo zavatra ireo ianareo, dia efa manomboka sahady mandeha ao anatin’ny lalan’ny fahamasinana, izay tokony ho lalanareo. Maherezà, ry zanako malala isany ! Enga anie ka hipàka any amin’ny ati-fanahinareo ny teniko, ka hiteraka fitiavana an’i Jesoa Kristy ao aminareo, ary faniriana

Masina hanahaka Azy.

Manoroka sy mitso-drano anareo aho.

A. Chevrier

83 (89) Ho an'i Jean Broche ao Alix

[Ho an'i Jean Broche ao Alix]

J.M.J. [Prado, Marsa 1872]

Ry zanako malala isany

Naneho alahelo tamiko ianareo, tao amin'ny taratasinareo farany, noho ny fahanginana izay notanako ny amin'ny resaka anareo, nandritra ny fotoana ela, kanefa dia inoako fa tsy hanome tsiny ahy be loatra ianareo ny amin'izany, satria fantatrareo tsara fa nisintaka nankany amin'ny Prado ary kely dia kely ny fotoana ananako.

Koa raha toa àry aho ela ela vao manoratra ho anareo, tsy hoe sanatria manadino akory ! Tsia fa ny fotoana no manjohy ahy hatrany hatrany.

Nilaza zavatra izay tena mahafaly ahy tokoa ianareo dia ny amin'ireo fiaraha-manao famelabelaran-kevitra madinika izay tanterahanareo mandritra ny andro natokanareo hitsangatsanganana. Ireny fanazarana madinidinika ireny dia ho famonjena lehibe ho anareo mba hifampitaizana ao anaty fivavahana sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika ary mba hiofananareo koa ho tonga katekista mahafatra-po, satria izany no tanjon'ny asantsika, ary fantatrareo tsara izany : mampianatra ireo mahantra tsy mahalala, tena betsaka tokoa izy ireo, mampianatra am-pahatsorana fotsiny izao, miresaka amin'izy ireo ny Andriamanitra, ny amin'i Jesoa Kristy, ny fanahin'izy ireo, ary ny fiainana mandrakizay. Indrisy fa be ny olona manari-tena noho ny tsy fahalalan'izy ireo satria tsy nisy pretra naseho azy ireo mba hampianatra ny tena fahamarinana.

Ireo olona masina rehetra dia nahatakatra ny tena ilàna ny fampianarana raha nandeha ka nihazakazaka namakivaky ny tanana misy azy ireo, tahaka izay nataon'i Md François de Sales sy Md François d'Assise mba hitaona azy ireny ho amin'ny fampianarana sy hampianatra azy ireo any amin'ny toerana rehetra izay ahafahana manao izany, tahaka ny nataon'i Jesoa Kristy Tompontsika izay nitory teny tamin'ny toerana rehetra ahitany fanahy hihaino azy.

Mivondrona alohaloha ianareo hiresaka ny amin'Andriamanitra, ny amin'i Jesoa

Kristy, amin'ny alalan'ireo famelabelaran-kevitra madinidinika fanaonareo isan-kerinandro mikasika ny rôzery sy ny lalan'ny hazo fijaliana, hisintona fahasoavana bebe ho aminareo ary dia hiomana ho amin'ny Iraka lehibe dia lehibe izay nankinin'ny Tompontsika mba hampianatra ny hafa.

Koa mahereza àry, mikiriza, mazotoa miasa, tanteraho tsara ny herinandronareo, mba hahitanareo ao amin'izany ny fahasoavana hahaizanareo mitondra tena tsara sy hahatongavanareo ho mpianatra mahafatra-pon'i Jesoa Kristy mpampianatra sady modelinareo.

Indro aho mandefa kiraro maromaro aminareo, sôkôlà kely ho an'ny vavoninareo, tsy dia betsaka fa mba zarao eo amin'ny samy mpirahalahy.

Tsy ho afaka ny handeha alohan'ny fetin'ny Paka hijery anareo aho. Nametraka vola 20 francs ho anareo ao amin'Andriamatoa Broche aho mba hividiananareo izay mety ilainareo.

Raha mila zavatra ianareo dia milàza amiko fa alefako daholo izay rehetra hangatahinareo.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ilay anao manontolo.

A. Chevrier

84 (126) Ho an’i Nicolas Delorme

[Ho an’i Nicolas Delorme]

J.M.J. [Karemy 1872]

Ry zanako malala

Amin’ny Alahadin’i Quasimodo izao vao hotanterahana ny kôminiô voalohany eto amintsika. Ho faly tokoa izahay hanana anao eo anilanay ; ary ianao koa ho toy izany eo anilanay.

Faly tokoa izahay ny amin’io ankizivavikely io, isan'ny iray amin’ireo tena hendry indrindra izy. Hanao tsy ampihambahambana ny kôminiô voalohany izy miaraka amin’ny anadahiny ; ary ireo teniny dia tsy hanao afa-tsy izay hahatonga azy ho tena mafana fo.

Efa manakaiky ity ny herinandro masina ; aoka isika hiray fo amin’ny Ste Victime izay nijaly ho antsika.

Nohon’ny niasany ho amin’ny voninahitry ny Rainy no nahafaty an’i Jesoa. Naneho vavolombelona ny amin’ny fahamarinana izy, araka izay nambarany teo anoloan’i Pilaty ; io

fanehoana vavolombelona tsara indrindra io, izay nanehoan’ny fahamarinana teo imason’ny olona maro no nividianany ny fahafatesan’ny ankamaroan’ny ratsy fanahy, ary dia natolony an’Andriamanitra Rainy io fahafatesana masina io mba ho famonjena ny fanahin’izay rehetra mino azy, ary dia azony ny famonjena antsika.

Ho antsika izay miray aminy amin’ny alalan’ny finoana, fitiavana, fanantenana, fanatanterahana ny asany, aoka àry isika haka tahaka an’ilay Modely avo indrindra ; ho antsika koa izay miasa ho amin’ny voninahitr’Andriamanitra Ray ; anjarantsika ny mampandresy ny marina eo amin’izao tontolo izao, amin’ny alalan’ny tenintsika, ny ohatra ataontsika, ny fahatanjahana sy ny herimpontsika, anjarantsika ny mampandresy ny marina hatramin’ny fahafatesana. Voalohany indrindra ao amintsika, amin’ny alalan’ny fampiharantsika ireo hatsaram-panahy kristiana sy tonga lafatra izay nanomezan’i Kristy ohatra tamintsika, amin’ny alalan’ny fahafatesan’ny vatana sy izay rehetra momba ny tany sy ny ara-nofo mba hampiainana an’i Jesoa Kristy ao amintsika, izany hoe ny fiainany, ny foto-keviny ary ireo ohatra nataony.

Aoka ataontsika miaraka amin’i Jesoa izany, famonoana izay rehetra momba ny tany sy ny ara-nofo.

Miendahà ianareo amin’ilay olona taloha, hoy i Md Paoly, ary mitafià olona vaovao indray ; ario Adama ilay zava-boary voalohany izay maloto, simba, rovidrovitra, mba hitafianareo an’ilay zava-boaary faharoa izay ao amin’i Jesoa Kristy, izay olom-baovao, « novus homo ».

Koa maherezà àry, ry zanaka malala indrindra, enga anie Jesoa Kristy mba ho tanjona kendrentsika sy ho firedaredan’ny fanahintsika mandrakariva, mba hiraisantsika fo tanteraka aminy, ka hanahaka azy tanteraka isika, hiaina ny aminy, ary hanaparitaka ny aminy eran-tany isika, mba ho izy irery ihany no fahamarinana, fahazavana, fahasambarana, fiadanana, fiainana, fialan-tsasatra, fifaliana ary fiainanana mandrakizay.

Mivavahà ho ahy, mivavahà koa ho an’ireo ankizintsika ao amin’ny kominio voalohany.

Mitso-drano sy tia anao ao amin’i Jesoa Kristy aho.

A. Chevrier

Raha mila zavatra ho amin’ny fotoam-pialan-tsasatry ny Paka ianao dia ampahafantaro ahy izany, fa tonga dia alefako aminao avy hatrany.

85 (90) Ho an'i Jean Broche

[Ho an'i Jean Broche]

J.M.J. [Prado, mey 1872]

Ry Broche malala,

Nampitondra "topette de sirop de mou de veau" sy "pâtes de gimauve" an'i Broche, izay nanana hatsaram-po handray andraikitra, ho an'i Delorme namana aho. Karakarao tsara izy ary aza misy atao tsinontsinona ny rehetra mba hanasitranana azy. Vidio ao amin-dry Masera izay rehetra ilaina.

Raha mety ny amahanana azy atody manta roa sy divay kely isa-maraina, dia mety hahatsatsara ny tratrany marisarisa izany.

Lazao an'izany Andriamatoa Tale izay efa nanaovako tsipin-teny ny amin'izany ihany.

Tontosa tsara tamin-kafaliana ireo fety nataonay.

Mivavaka ho anao mandrakariva izahay. Aoka ianao ho hendry lalandava.

Amin'ny manaraka indray manoratra taratasy lavalava fa efa tena alina be ny andro. Veloma.

A. Chevrier

86 (113) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier]

J.M.J. [St Fons, jona 1872]

Ry zanako malala isany indrindra,

Eto St Fons aho izao nandritra ny andro vitsivitsy. Sady mivavaka aho no mianatra koa mba hahafantatra an'ilay Mpamonjy avo indrindra Tompo ary modelintsika. Mieritreritra anareo matetika aho, satria ho anareo manokana no anolorako ny fivavahako, ny eritreritro ary ny asako ho an'Andriamanitra. Koa enga anie ity toerana efa nohamasinina ity mba ho tonga ho anareo rehetra toeran'ny fahamasinana, fijaliana ary hisian'ny tso-drano avy any an-danitra ka ahatonga anareo indray andro any pretra mendrika an'ilay efa teo alohanareo, nanolotra ny ainy ho an'ny voninahitry ny rainy sy ho famonjena an'ireo izay manam-pinoana azy ary manantena ny fitsanganany amin'ny maty.

Nametraka ny fahalalana an'i Jesoa Kristy Tompontsika ambonin'ny fahalalana rehetra

i Md Paoly, ary midera tena izy amin'ny tsy fahafantarana afa-tsy ny amin'i Jesoa sy Jesoa nohomboana koa arak'izany ary dia io no fahalalana izay ambonin'ny fahalalana rehetra izay hany tokana mahatonga antsika ho tena pretra marina sy mendrika azy : mba ahafahana mitori-teny ny amin'i Jesoa Kristy, moa tsy tokony ho fantarina va izy ? Mba hahafahana maka tahaka an'i Jesoa Kristy, moa tsy tokony ho fantarina va izy ? Ary ahoana no ahazoantsika mamantatra azy raha tsy mandinika sy mianatra azy isika ?

Koa zava-dehibe ho an’ny mpianatra mbola tanora iray izany ny mianatra an'i Jesoa Kristy Tompontsika izay tsy maintsy hotoriany aoriana kely, tsy maintsy alainy tahaka indrindra eo amin'ny fitondran-tenany mba ho modelin'ny olona rehetra araka ny nanambaran'i Md Paoly azy : *"Imitatores mei, estote sicut et ego Christi"*, endrika andian'ondry ny pretra araka ny filazan'i Md. Piera *forma gregis* endrika andian'ondry, modelin'andian'ondry, endrika izay tsy maintsy jerena sy ifikiran'ny andian'ondry.

Fohy ny fotoana, ry zanako isany, ka tsy maintsy atomboka haingakaingana ny fianarana ny Evanjely. Indrisy, tena nanenenako ireo fotoana verivery fotsiny. Raha mba nanomboka asa nialoha be aho, raha tsy kanosa, tsy mitavozavoza, tsy kamo, ho be ny zavatra haiko izay tsy fantatro ary toy inona ny ezaka azoko atao ahabe ny vokatra eo amin'ny fanahy maro. Tena kely tokoa ny zavatra ataontsika raha ampitahaina amin'izay zavatra hataontsika. Tena vitsy mihitsy ny olona nibebaka. Vitsy ny olona mitàna ny finoana sy ny fitiavan'Andriamanitra, satria isika tenantsika mihitsy no kanosa ary kely ihany no mba ambarantsika ny amin'ilay Mpampianatra antsika, tsy haintsika koa ny mampiditra ao amin'ny fanahy maro ny fitiavan'ilay toriantsika. Eny, ry zanako malala isany, miasà ary amin-kafanam-pò mba ho tonga pretra tsara fanahy, ary izany tsy ho anareo, tsy ho an'ny voninahitrareo na ahafaly izay ray aman-dreninareo, sns…, fa ho an'ny voninahitr'i Jesoa Kristy, ilay Andriamanitra sy mpamonjy antsika irery ihany. Aoka hadio tsara ny eritreritrareo sy ny fitiavan'ny fonareo ao amin'ny fianarana, ka tsy hikatsaka afa-tsy ny voninahitr'ilay Tompo iray sady tokana ianareo dia Jesoa Kristy Tompontsika, eo amin'ny zavatra rehetra.

Nampahafantatra ahy ianareo fa efa mihatsara i Delorme namantsika, hoderaina anie Andriamanitra amin'izany. Karakarao tsara izy ary aza matahotra ny hanao fandaniana izay rehetra ilaina amin'ny fahasalamany ; ary raha misy iray marary eo aminareo, aoka ianareo ho feno hatsaram-pò sy fitiavana mba hahasoa azy, ataovy daholo izay fandaniana rehetra ilaina mba hikajiana ny fahasalamany, mba hiasàna amin-jotom-pò ho amin'ny

voninahitr'Andriamanitra ; tokony tsy maintsy hanana fahasalamana tsara ny mpiasa iray. Nefa na izany aza misy ny fijaliana midera an’ Andriamanitra tahaka ny hafa amin’ny fanoloran-tena izay ataony isan’ andro ao anatin’ny alahelony.

Amin'ny fotoam-pialan-tsasatra dia hiasa isika mba hampody indray ny fahasalaman’izy ireo, ireo izay reraka noho ny hafanana sy ny fianarana ; manana an'i Limonest, St Fons ary Chatanay isika ny amin'izany. Ho an'Andriamanitra, ho an'ny voninahiny ny zava-drehetra : ny asa, ny fakan-drivotra, ny fialan-tsasatra, ho an'Andriamanitra sy ho famonjena ny fanahy ny zava-drehetra.

Nilaza tamiko ianareo fa telo no niatrika ny fanadinana ara-panjakana, eny ry zanako, aza mirehareha amin'izany satria avy amin'i Jesoa Kristy Tompontsika ny zavatra rehetra. Tiako ny hahita anareo ho tonga manam-pahaizana ambony ao amin'ny Séminaire sy eo anivon'izao tontolo izao, raha toa ka tsy maintsy hirona ho amin'ny voninahitr' Andriamanitra izany dia arahaba soa, arahaba tsara ; fa raha toa kosa tsy hirona ho amin'ny voninahitr'Andriamanitra izany fa ho amin'ny voninahitrareo, dia asakasakareo, satria izay tsy ampiasaina ho an'Andriamanitra, dia tsy misy ilàna azy mihitsy na kely aza.

Andeha ho any amin'ny ray aman-dreninao ianareo amin'ny fotoam-pialan-tsasatra ; rehefa avy mandany ny andro vitsivitsy any ianareo dia miverena aty aminay fa hanao fandaminan'asa isika ho an'ireo asa izay ataontsika manokana na ho an'ireo ankizintsika mandritra ny fotoam-pialan-tsasatra.

Raha ny amin'ny fitondrana akanjo fanaon'ny pretra dia efa niresaka ny amin'izy io tamin'Andriamatoa Le Supérieur Alix aho tamin'ny fitsidihako farany tany aminy, tsy dia mankasitraka loatra ny fampandehanana ny mpianatra manao akanjon'ny pretra izy, ireo momperantsika ao amin'ny Prado dia mihevitra fa aloha loatra ho anareo ny miseho any ivelany manao ny fanamian'ny pretra ; raha ny amiko, ny ao am-poko lalina, dia faniriako ny hahita anao manao ny fanamian'ny pretra mandrakariva, satria mariky ny fandavanareo izao tontolo izao sy firaiketam-ponao amin'i Jesoa Kristy izany ; kanefa aleo isika miandry ny fotoam-pialan-tsasatra manaraka ; hiasa bebe kokoa ao aminao ny fahasoavan'Andriamanitra, ka dia hitondra izany akanjo izany am-pahamendrehana eo anivon'izao tontolo izao ianareo, ary dia ho fantatrareo mazava koa ny fahamendrehan'ny akanjo iray izay mampahatsiaro ny amin'ny fisarahana amin'izao tontolo izao, fanoloran-tena ary ny maha tena mpianatr'i Jesoa Kristy.

Manoroka anareo amin'ny foko manontolo ary mivavaka ho anareo mandra-

pahatongan'ilay fifaliana amin'ny fahitana anareo.

A. Chevrier

Manao veloma anao ireo Seminarista eto amintsika, ho faly tokoa izahay rehetra ahita anao.

87 (101) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret] J.M.J. [Prado,] 11 Aogositra 1872.

Ry Duret malalako,

Nahemotray amin'ny faha-25n'ity volana ity ny kôminiô voalohany eto aminay, mba hanananay fotoana hanomana tsara azy ireo. Tena raharaha goavana sy tena sarobidy tokoa izy io ka izany no mahatonga antsika ho azon'ny fakam-panahy hanemotra fa tsy hampandroso ny daty hanatanterahana azy.

Koa vokatr'izany dia ho afakampitson'io daty no hanatanterahana ny fanadinan'ireo latinista. Raha tsy misy ny sampona mety tsy hahatongavanao amin'io fotoana io dia miomàna hanorona ny entakelinao ka ho tonga hanatevina ny andin'ondrikelinay. Salama tsara izahay, ankoatra ny sery nahazo ahy efa nandritra ny andro maromaro izay.

Manam-potoana malalaka ary ho avy amin'ny faha-20n'ity volana ity i Delorme sy i Farissier.

Manao veloma anao izahay rehetra. Mba manorata ange any amin'i Blettery azafady e, dia ambarao azy izay nambarako anao tetsy ambony teo, mba afahany ho tonga koa.

Mahereza, ry namana malala, mahareta ao amin'ny izay niantsoan'Andriamanitra anao. Andriamanitra, izay efa nifidy anao no hanome koa ny fahasoavany mba hamitana ny asany. Ny fandavan-tena tsara izay apetrakao eo am-panaovana ara-dalana ny asa ho amin'ny fahamasinanao dia antoka iray ho amin'ny antsonao amin'ny fampibebahana ny hafa.

Hitso-drano anao anie Andriamanitsika !

Meteza ianao haneho ny velomako amin'ireo Ray aman-dReniko, ary ny fanajako ho an'Atoa le Curé.

A. Chevrier

88 (91) Ho an'i Jean Broche

[Ho an'i Jean Broche] J.M.J. [Prado] 9 Desambra 1872

Ry Broche malalako,

Tena nety tokoa ny nataonao tamin'ny nanambaranao amiko ny tsy fahasalaman'i Duret rahalahinao. Hivavaka ho azy izahay, indrindra moa rahampitso izay andron'ny kôminiô voalohany eto aminay mba hitahirizan'Andriamanitra azy ho antsika sy hanatsitranany azy haingana raha izay no sitrapony masina.

Ampahafantaro ny amin'ny toe-pahasalamany mandrakariva aho, raha toa moa ka mihombo mafy ny aretiny dia ho avy aho hijery azy.

Matoky aho fa mahazo izay fikarakarana rehetra tadiaviny izy, misaora an'ireo mompera sy ireo anabavy rehetra ny amin'izay rehetra nataon'izy ireo ho anao sy ho azy.

Mahereza, mivavaha ary mikiriza fa hanampy antsika Andriamanitra.

Meteza ianao hanao vavaka kely ho an'ireo ankizy madinika rehetra izay fantatrao sy nampianarinao katesizy.

Handray ny kônfirmasiô any amin'i Monseigneur izahay amin'ny talata ho avy izao.

Hiely eny aminareo rehetra anie ny Fanahy Masina ry zanaka malala isany, aza atao tsinontsinona ny miantso azy isan'andro toy izay efa nandidiako anareo fa izy no manome ny fitiavam-pivavahana sy ny fahalalan'ny pretra.

Salama tsara daholo izahay.

Tena faly tokoa ireo seminarista tamin'ny teny tsara izay nambaranay azy ireo avy taminao.

Mahareta ary mitomboa ao amin'ny hatsaram-panahy, fanetren-tena sy fitiavana, fankatoavana ary ny fahadiovan'ny fo sy ny fanahy.

Miomana ianareo ho amin'ny andron'ny Noely ary angataho amin'ilay zanak'Andriamanitra ny fanetren-tena sy ny fahantrana.

Hitso-drano anareo rehetra anie Jesoa ary indrindra ho an'ilay namantsika marary.

A Chevrier

89 (114) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier] J.M.J. [Prado, Desambra 1872]

Ry namako malala,

Tsy mbola vitan'ilay mpanao kiraro eto aminay ny kiraronao ; malahelo tokoa aho amin'ny tsy ahafahako mandefa azy raha tsy amin'ny faran'ny herinandro. Mihevitra aho fa ho afaka ny hanatitra azy, amin'ny Alakamisy na Zoma izao, ao amin-dry Pissot, akaikin'i

Bondy, ao amin'ilay adiresy nomenao ahy raha hampitondra entana. Hampiarahiko amin'io fotoana io ihany koa ireo kojakoja ho anao mba hanamboaranao ny akanjo fanamian'ny pretra (soutane). Efa nanomana ny entany koa i Masera Dominique.

Nampanoratra ny anaran-jananilahy ho amin'ny fitarihana Andriamatoa Broche ; toa hoe nangatahintsika taminy hono ny anaran'ny fanafahana seminera. Fantatr'Andriamatoa Lehibe (le Superieur) tsara hoe rahoviana no tokony handefasana azy ireo, ka tsy tokony hitebiteby isika.

Toa hoe tena tsara mihitsy hono ny nataon'i Farissier, araka izay notaterin'ny mpiara-miasa ao amin'ny fitarihana, Montégu, tamiko ary niangavian'io olona io aho mba hampita aminao ny firahalahiany tena feno fahatsorana.

Tany Lyon, tamin'ny faha-8n'ny volana Desambra izahay dia nanao fety manetriketrika. Tena feno sy mazava hono ny fanazavana, araka ny filazan'ny olona rehetra. Fa ny tena nahataona olona maro be indrindra, dia ireo "processions" roa izay niakarana any Fourvière, ny "procession" voalohany dia ny an'ireo vehivavy, misy eo amin'ny 20 000 eo ho eo izy ireo ary ny iray faharoa dia ny an'ireo lehilahy, miisa amin'ny 3 000 eo ho eo ry zareo, tsy kaontina ao anatin'ireo, izay niakatra irery na nivondrona na miaraka amin'ny fianakaviana tany Fourvière. Miantefa any amin'ny ati-fon'Andriamanitra ary miaro an'i Frantsa mahantrantsika amin'ny loza vaovao marosamihafa io fanehoana ny finoana sy fankasitrahana io. Tohizo hatrany ny fivavahana, ry namako isany, ho an'ny fiangonana, ho an'ny Frantsa sy ny tanànantsika, mba ho tonga amintsika ny fanjakan'Andriamanitra.

Ny 10 Desambra, nanana fety iray manokana izahay dia ny fitsaohana mitohy ny Sakramenta Masina. Nampifanandrifianay tamin'io fety io ny andro nandraisanay ho fananana an'i Prado, 12 taona lasa tokoa izay, mitovy amin'io andro io mihitsy ; nandray ho fananana an'io toerana io aho. Andro fanomezam-boninahitra an'Immaculée Conception sady andron'i "Notre Dame de Lorette" koa ; tsy nanana loharon-karena na fanampiana hafa aho tamin'izany, afa-tsy ny fahatokiana an'Andriamanitra, ary nino fa raha manome sakafo ara-panahy ho an'ny olona aho dia mba omen'Andriamanitra sakafo ara-batana koa ; tena nangovitra be aho tamin'izay andro izay. Nanafina zavatra marobe amiko ao amin'io toerana io Andriamanitra ; fanahy vitsivitsy no niova ka nanaiky hibebaka tao. Izay no tena faniriako. Efa niasa betsaka tao amin'io toerana io izahay, ary efa nahavita asa vitsivitsy.

Na dia izany aza, teo anivon'izany rehetra izany, dia nangataka mandrakariva tamin'Andriamanitra aho mba hampisiany vondrona-pretra maromaro, mivelona amin'ny

fahantrana sy be zotom-po ary tsy manana hevitra sy faniriana hafa ankoatry ny fikelezana aina ho amin'ny famonjena ny fanahy sy ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainana ao anaty fahantrana sy fahafoizantena.

Koa tamin'ny 10 Desambra lasa teo ary dia tena nieritreritra anareo zanako malala isany tokoa aho ary nangataka ho anareo, tamin'i Jesoa Kristy Tompo, izay eo amin'ny alitara, mba ho ianareo anie no ho voalohany amin'ny fanatitra izay ataoko aminy amin'ny ato an-trano, amin'ireo olontsika, ary amin'ireo vato ara-panahy izay tsy maintsy hanompo azy am-po sy am-panahy.

Nandefa mofo ara-batana ho antsika Andriamanitra hatramin'izao, tsy dia misy dikany inona ireny, fa izaho kosa mangataka aminy fanahy maro be zotom-po sy be fiantrana, vato velona, masina. Aoka ary ianareo ry namana malalako ho io vato velona io, ho io masina io ary ho io fanahy be fiantrana io izay tsy maintsy miasa ho an'i Jesoa Kristy, ary miaraka amin'i Jesoa Kristy, mba hanohizana eto an-tany ny fahafoizantena niainany, ny fanokanantena ary ny fitiavana ; mba tongava Jesoa Kristy hafa koa ianareo, ianaro izy, izy no modelinareo. Tsidiho am-panahy matetika ny tranon'omby, ny kalvery ary ny tabernakila mba hanovozanareo avy ao, fanahy sy fiainana izay tsy maintsy hanentana anareo manadrakizay. Matokia ianareo fa ao anatin'ny fivavahako sy ny fanatitra izay ataoko dia manana anjara toerana lehibe mandrakariva ianareo. Mangataka anjara lehibe ao aminareo koa aho.

A. Chevrier

Indro aho mandefa vola 20 francs.

Hitsidika anareo Andriamatoa Jaricot amin'ny manaraka. Mitso-drano anareo ao amin'Andriamanitra aho.

90 (127) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme]

J.M.J.[St Léonard, faran'ny Janoary 1873]

Ry zanako malala isany

Fotoana fohy miaraka amin'ny zanako ao Alix, efa tena elabe mihitsy aho izay no tsy nanambara na inona na inona taminareo.

Eto St Léonard indray aho izao, ato amin'Andriamatoa l'abbé Villion izay tsy salama,

nisintaka andro vitsivitsy aho mba hiasa kely.

Misaotra anareo aloha amin'ireo taratasy mahafinaritra nalefanareo ho ahy, na ny firarian-tsoa noho ny taom-baovao na ny fitsingerenan'ny taona nahaterahako ; mitso-drano ireo hatsaram-po izay napetrak'Andriamanitra tao amin'ny fanahinareo aho, ary mangataka aminy koa ny mba hampitomboany izany hatsaram-po tsara izany ao anatin'ny tena fitiavana lavorary sy fitiavana ny Tompontsika, satria azy ary ho ao aminy no tokony hiantefan'ny zavatra rehetra.

Ny faniriana sy ny firarian-tsoa ataoko aminareo ry zanako malala, dia ny mba hitomboanareo bebe kokoa ao amin'ny fahalalana sy fitiavana ny Tompontsika, izay nanao ny tsara rehetra ao amintsika, ary hany tokana koa afaka mampamoa ao amintsika ny tena asa lavorary.

Izay rehetra ataonareo, hoy i Md Paoly, dia ataovy ho voninahitry ny Tompontsika ; hevero ho fototry ny zavatra rehetra Izy ; aoka Izy no ho tonga tanjona tokana eo amin'ny asa ataonareo ary eo amin'ny antson'Andriamanitra izay ao aminareo. Mahalala an'i Jesoa Kristy, miasa ho an'i Jesoa Kristy, maty ho an'i Jesoa Kristy, izany no tanjontsika ary antom-piainantsika iray manontolo.

Avelao izao tontolo izao hiasa mba hahazo anarana, laza sy voninahitra, harena, hajan'izao tontolo izao... Hadalana izany ary mandalo daholo ireny rehetra ireny, zavatra tokana ihany no mitoetra, dia izay eo amin'ilay Tompo mandrakizay, izay tonga teto an-tany mba hampianatra sy hitari-dalana antsika. Afantohy eo amin'io àry ny fanahinareo ; raha mbola tanora isika dia manaitra antsika mazàna izay mamirapiratra eto amin'izao tontolo izao, ary indrisy fa indraindray aza dia mifangaro amin'ireo eritreritra tsara ao amintsika ireny eritreritra avy amin'ny zava-misy eto an-tany ireny ; hevitry ny fianakaviana, ny maha-olona, ny anjara toerana misy ny tena eo amin'ny sehatra maro, fiainana feno voninahitra, sy izay mbola tsy fantatro koa ? Izay rehetra mandalo ao an-tsaina. O ! Ry zanako malala, asandrato avo dia avo ny fonareo *sursum corda* ka eng*a* anie ny fisainana sy ny fanirianareo rehetra, mba hankalaza sy haka tahaka an'ilay Tompontsika, izay hany tokana mendrika ny faniriana sy ny fitiavanaeo. Izany no ahatonga anareo hahamendrika ny firaiketam-poko, fiheverako ary ny tena fitiavako. Izany no tena fanirian'ny foko : ny hahita anareo mendrika an'ilay Tompo tsara sy avo indrindra, ny hahita anareo mandeha amin'ny lalany, ary amin'izay fotoana izay aho dia hino fa tsy very ny fotoanako, ny fiantran'Andriamanitra dia tsara toerana amin'ny tokony ho izy, ary namaly ny hetahetan'ny foko ianareo. Faly tokoa

aho raha namaky ny taratasinareo, hitako fa misy fitiavan'Andriamanitra kely nitsimoka tao, hatsaram-po ambony sy tsara indrindra miantefa amin'Andriamanitra, izay tokony hampamendrika anareo ho mpianatr'i Jesoa Kristy.

Eny, tena nampionona ahy tokoa ireo taratasinareo, ary isan'andro dia tsy manadino anareo aho, ry zanako malala isany ; tsy misy mihitsy fotoana na azoko lazaina mihitsy aza hoe tsy misy mihitsy ora izay tsy hitodihako amin'Andriamanitra mba hangataka aminy izay ahatonga anareo ho Pretra sitraky ny fony, satria ianareo no fanantenako, fiononako ary andriko ; amin'ny toerana rehetra izay hiantson'Andriamanitra anareo, dia afaka miteny mandrakariva aho hoe : Andriamanitra ô ! Efa nomeko mpianatra marina sy tena azo antoka ianao, raha toa ka tsy nanao n'inoninona aho teto an-tany, dia mba farafaharatsiny kosa ny hafa niasa ho ahy ary nanao izay tsy vitako. Hotahiana anie ianareo, ry zanako malala, mivavaka ho anareo aho ary mangataka ny tso-dranon'ny lanitra mba ho eo amin'ny fanahinareo, izay tena sarobidy amiko tokoa ; aoka ianareo tsy ho kivy eo amin'ny fakam-panahy maro samihafa izay mety hahavoa anareo, mandehana amin-jotom-po, aoka tsy hitsahatra ny mivavaka, mivavàha tsy ankiato, hoy i Md Paoly, mba ahazoana ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika, ka ahafahanareo manaparitaka izany fitiavana izany be dia be eran-tany any aoriana.

Miala tsiny aminareo aho raha manoratra tsy misy fombafomba fanoratana sy fehezan-teny toy izao, manoratra aminareo izay hevitro, ary amin'ny foko no anoratako aminareo, tiako tahaka ny zanaka ianareo. Aoka ianareo rehetra ho an'Andriamanitra, ho an'i Jesoa Kristy, ho an'ny Eglizy, ary amin'izany dia tafaray tanteraka isika amin'ny alalan'ny fatoram-pihavanana mamy, matanjaka sy maharitra kokoa satria ireo no mateza amin'izao andro iainantsika izao ary ho amin'ny fiainana mandrakizay. Mivavàha ho ahy sy ho an'ireo zanako, ary ho an'ireo rahalahinareo ao amin’ny Prado.

Ilay Ray tia anareo anie no hitahy anareo.

A. Chevrier

Alefako ho an'i Delorme namantsika ny kiraro. Raha toa ka mila zavatra ianao, dia ambarao ahy izany ary aza andrasana ho efa potika sy efa simba vao manafatra.

91 (102) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. [Lyon, 20 Marsa 1873]

Ry zanako malala isany

Ekeko izay nangatahinareo tamiko tao anatin'ireo taratasinareo farany, ny handehananareo any Ars izany. Aoka ianareo hivavaka mafy eo amin'ny fasan'i Curé d'Ars, olon'Andriamanitra mba hanahafanareo ny hatsaram-panahy nananany teo amin'ny fanetrentena, fahatsorana ary ny fahasoavana ho tonga mpampianatra katesizy tsara fanahy, satria tao amin'izany no tena nampahay io pretra io. Hampianatra ny olona ny katesizy ! Io no tena iraka lehibe ho antsika amin'izao andro ankehitriny izao. Tsy maintsy mampianatra isika, tsy amin'ny alalan'ny kabary tsara lahatra, izay tsy ho tonga any amin'ny ati-fo lalin'ny tsy mahalala akory, fa amin'ny alalan'ireo fampianarana tena tsotra sy sahaza ny olon-drehetra.

Ilaina ny mampianatra ny katesizy amin'izao androntsika izao, hiteny amim-pahatsorana ary milaza amin'ny olona rehetra fa misy Andriamanitra iray ary iray ihany, satria tsy maintsy miverina any amin'ny fampianarana tany am-boalohany isika dia ny milaza amin'ny olona rehetra fa misy Andriamanitra iray ary iray ihany, ary hampianatra azy ireo hitia sy hanompo an'Andriamanitra. Tena mampalahelo ankehitriny ny mahita ny fisafoakan'ireo mpankahala fivavahana, ny asa izay ataon'izy ireo isan'andro mba ao am-pon'olona, amin'ny firenen-drehetra, ny amin'ny fahafantarana an'Andriamanitra, ny fahamendrehana sy ny fahambonian'ireny fahalalana ireny. Manao famelabelaran-kevitra ho an'ny be sy ny maro izy amin'izao fotoana izao, ao Lyon, ao amin'ny lapan'i Md Piera, any Alcazar sy any amin'ny efitrano lehibe maro mba hanaporofo amin'ny olona fa milina ihany hono izy ireo. Ary tsy misy an'Andriamanitra ao amin'izy ireo. Ny olona dia avy amin'ny gidro sy ny biby maro hafa koa, tena mahatsiravina ny mahita ny fikirizan'ny manam-pahefana ankehitriny hanimba toe-tsain'izao tontolo izao sy hihevitra ny olona ho vatana fotsiny ihany ; inona no hiafarantsika raha mandeha foana, ao amin'ny lalana mahatsiravin'ny tsi-finoana, tsy fitiavana fivavahana ary tsy fanajana ny fitsipi-pitondrantena isika. Ry zanako malala ô ! Aoka isika hivavaka, miasà ao anaty fivavahana sy fanetrentena, mba ho tonga pretra sitraky ny fon'i Jesoa Kristy Tompontsika, feno zotom-po, finoana ary fitiavana ho an'ny olon-drehetra isika…

Tsy afaka ny handresy ity taranaka tsy mino sy ratsy ity isika raha tsy amin'ny alalan'ny asa feno hatsaram-panahy lehibe, tsy maintsy atao izay hampitolagaga izao tontolo ankehitriny izao amin'ny alalan'ny fanaovana asa feno hatsaram-panahy, izay mifanohitra

amin'ny toetra ratsin'ny olona misy amin'izao ando iainantsika izao. Mba hataon'Andriamanitra ho masina anie isika, ary dia ho tsapanareo ao am-ponareo sahady ireo faniriana hampanao katesizy amin'izao tontolo izao, sy hampianatra amin'ireo tsy mahalala, fikelezana aina ary fanolorantena.

Mieriteritra aho indraindray ny amin'ny fahazoan-dalana izay nangatahanareo tamiko : ny amin'ny hitondranareo akanjo fanamian'ny pretra mandritra ny fotoam-pialan-tsasatra. Raha ny handeha hampianatra katesizy any amin'ny hôpitaly sy any amin'ireo akany fitiavana no fanirian'ireo, ary raha manam-paniriana tokoa ianareo ny hampahafantatra an'Andriamanitra amin'ireo mponina mahantra izay mijaly tokoa, satria amin'ireny fanahy mijaly ireny no tena azo ampiasaina sy mora kokoa izay mahasoa, raha izay no fanirianareo dia omeko alalana ho amin'izany ianareo amin'ny fotoam-pialan-tsasatra lehibe ao anatin'ny taona, fa tsy amin'ny fotoam-pialan-tsasatry ny Paka akory, mba ahafanareo manomboka manao ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra, izay homena anareo aoriana kely hotorianareo eo anivon'ny olona maro. Eny ry zanako malala isany, miasà ianareo, aoka isika hiasa mafy ary hivavaka indrindra koa, satria amin'ny alalan'ny vavaka sy ny asa no hahatongavantsika eo amin'ny tanjona izay kasain'Andriamanitra ho antsika amin'ny alalan'ny fanaovany izay hahatonga antsika ho pretra.

Mieritreritra aho indrandray, indrindra ny amin'ireo famelabelaran-kevitra madinidinika ataonareo ao Alix. Tena faly indrindra aho amin'izany. Raha mba afaka manome ahy lohahevitra na famintinana mikasika izany famelabelaran-kevitra izany ao anaty taratasinareo ianareo, dia tena manao izay hahafaly ahy tokoa. Miray fo aminareo aho, ary mifaly amin'izay rehetra ataonareo, indrindra moa amin'izay tsy maintsy manampy bebe kokoa ny amin'ny fikatsahana ny voninahitr'Andriamanitra indray andro any.

Veloma ao amin'Andriamanitra, nivavaka tamin'i Md Jozefa ho anareo aho omaly, ry namako isany, mba hahatanterahanareo ny andraikitra izay mitovy amin'ny notanterahiny tamin'i Jesoa zazakely.

Hibitsika aminareo anie ny Fanahy Masina, hampahery anareo anie ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompontsika. Mangataka amin'Andriamanitra aho, ho an'i Blettery malalako, ny fahazavana sy ny faharetana ; ho an'i Broche malalako, ny hery sy finoana ; ho an'i Duret malalako, ny fahalemem-panahy sy famindram-po ; ho an'i Delorme malalako, ny fahatokiana sy ny fahatahorana an'Andriamanitra ; ho an'i Farissier malalako, toe-panahy tia vavaka ary toetra tsy dia miovaova loatra. Ary ho an'ny rehetra, fitiavan'Andriamanitra sy ny

fitiavana ny hafa, toe-panahy mikely aina izay mitaona anareo hanadino tanteraka ny aminareo ka tsy hihevitra afa-tsy Andriamanitra sy ny hafa (mpiara-belona).

Manoroka anareo amin'ny foko manontolo aho.

A. Chevrier

92 (103) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. [Prado], 28 Marsa 1873

Ry Duret malalako

Indro alefako aminao ny taratasy manamarina ny fanafahana anao manao ny raharaha miaramila, tsy maintsy nasaina nasian'ny lehiben'ny fitsinjaram-paritra sonia izy ity, koa tsy afa-nandefa azy aho raha tsy androany.

Tsy afaka amin'ny raharaha miaramila ianao raha tsy ho tonga miaramilan'i Jesoa Kristy ihany. Koa hevero tsara àry ny amin'izany fahasambarana izany fa tsy vitan'ny hoe miaramilan'i Jesoa Kristy fotsiny ianao, fa irany ihany koa. Ao amin'ny Sekoly iray izay ianarana hanompo ilay mpanjaka lehibe, handresy ireo fahavalony ary ho fiadiany ianao izao. Koa miasà àry amin-jotom-po mba ho tonga miaramila mendrika an'ilay Tompon'ny tany sy ny lanitra.

Mampamangy any amin'ny namana rehetra.

Mivavaha ho ahy izay tsy manadino anao.

A. Chevrier

93 (92) Ho an'i Jean Broche

[Ho an'i Jean Broche]

J.M.J. [Prado] 6 Jona [1873]

Ry zanako malala indrindra

Tsy avelako handalo fotsiny ity herinandro mahafinaritra, fankalazana ny Pantekôty ity ka tsy hanambarako teny kely aminareo. Ny herinandron'ny Fanahy Masina izany, izay fantatrareo tsara hoe toy inona ny filàntsika izany Fanahy izany mba hiainana ny fiainan'Andriamanitra.

Izay ateraky ny nofo dia nofo, ary izay ateraky ny fanahy dia fanahy, ary mbola Jesoa

Kristy Tompontsika ihany koa no nanambara tamintsika fa izay tsy ateraka indray amin’ny rano sy Fanahy Masina dia tsy afaka miditra any amin’ny fanjakan’ny lanitra, koa tsy maintsy raisintsika àry io fiainam-baovao io ; fiainam-baovao raisina an-tanan-droa mba hanatanteraka ao anatintsika ao, ilay fahaterahana faharoan’ny Fanahy Masina izay hany tokana afaka manainga antsika hanatona an’Andriamanitra ; izay ateraky ny nofo dia nofo, eny, nanana an'i Adama isika, ilay lehilahy voalohany niaraka tamin’ireo filan-dratsiny, ny kilemany sy ny fahoriany isan-karazany, ary ireo sisa rehetra mampidi-doza nataony antsika ; izany rehetra izany dia mibahan-toerana ao anatintsika ao fa vokatry ny fahotana teo amintsika ; ka ny Fanahy Masina no tonga nandrava io voahary voalohany io, mandrodana io olona tranainy io, noho ny fahasoavana sy ny hery avy aminy, hametraka ao anatintsika ny fiainana ara-panahy sy araka an’Andriamanitra, izay mamolavola antsika hanahaka an’ilay Mpahary antsika ; natao hitovy endrika aminy sy hanahaka Azy isika.

Ka ny Fanahy Masina no hamerina indray io endrika sy fitoviana io, izay indrisy fa efa nofafàn’ny fahotana. Eny, hitalaho amin’ny Fanahy Masina àry isika, fa tena ilaina tokoa Izy. Mba ahazoantsika ny antony ilàna azy dia hoy Jesoa Kristy hoe : Tsy maintsy mandeha aho mba haniraka ny Fanahy Masina hankaty aminareo. Satria manko ireo Olona telo ao amin’Andriamanitra ireo, dia samy manana ny asany ho tanterahina eo amintsika, mba hamolavola antsika hanjary olona tonga lafatra, ny Ray no nahary antsika ny Zanaka no manoro antsika ny marina sy ny lalan-kombàna fa Izy no fahazavantsika ary ny Fanahy Masina kosa no manome antsika ny Fitiavana, ka mahatonga antsika ho tia ny Zanaka ; izay tia moa dia afaka mahafantatra, mahatsapa ny zava-miseho ary izay tia dia afaka manao sy miezaka. Koa ny Fanahy Masina àry izany no mandavorary izay efa natombok’i Jesoa Kristy. Ny Ray no manome ny fisiana, ny zanaka no manambara tena amintsika ary manoro antsika an’Andriamanitra sy ny lalan-kombàna, dia ny Fanahy Masina kosa no manentana antsika ahalala ny dikan’izay efa nataon’ny Zanaka sy ho tia azy. Ireo asa telon’ny Trinité Masina ao amin’Andriamanitra ireo dia ampiharina amin’ny tenantsika ary dia samy ilaina avokoa izy ireo na ny iray na ny hafa ; fa kosa ny asan’ny Fanahy Masina no tena ilaina indrindra satria inona fotsiny moa no hijerena raha tsy fantatsika ny zavatra jerena, inona fotsiny no ihainoana raha tsy fantatra ny dikan'izay zavatra henontsika. Mbola inona ihany koa ny mahazo ny dikan’ireo zavatra hita sy re raha tsy manana fitiavana azy akory ny tena ? Koa enga anie ianareo ahafantatra tsara ny asan’ny Fanahy Masina eo amintsika, mba hahafahanareo mangataka azy hiasa eo aminareo ka tsy hametraka vato misakana tsy

afahany manao ny asany ianareo.

Mba ho fahazavana sy ho fitiavanareo anie ny Fanahy Masina, ka hampahafantatra anareo sy hitiavanareo ny Ray sy ny Zanaka, ary dia ho tena Zanak'Andriamanitra marina tokoa ianareo, izay tsy nateraky ny nofo sy rà fa naterak'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina *ex Deo nati sunt.*

Raha mbola reraka foana i Duret namantsika, dia aza atao tsinontsinona ny fanomezana azy izay fitsaboana rehetra ilaina mety hahatsara azy. Asaivo mihinana zavatra kely foana izy ny maraina sy antoandro. Honerako izay rehetra lany taminy rehefa tonga any aho mamangy anareo.

Mbola tsy namboarin'Andriamatoa Blettery foana ny kiraron'i Cucuat. Tapaka mantsy io kiraro io efa ho tapa-bolana izao. Raha misy mpanao kiraro any Alix dia ampanamboary hafa izy, mba tsy handeha tsy mikiraro intsony.

Eo ho eo ihany ny fandeham-piainana ato an-trano, izaho mihitsy no tompon-trano tsy mahafatra-po, ka mila ny Fanahin'Andriamanitra. Manan-kevitra ny hitokana irery any amin'ny efi-tranokeliko aho, ary maniry ny hipetraka lalandava ao, satria tsapako loatra fa tsy misy ilàna ahy. Tsy misy afa-tsy zavatra tokana ihany no mba angatahiko amin'Andriamanitra dia ny mba hampianarany ahy hanao tsara ny katesizy, hampianatra tsara ireo mahantra sy ireo ankizikely. Mahay miresaka momba an'Andriamanitra, tsy misy tsara toy izany ry namako malala isany.

Manao veloma sy mitso-drano anareo ao amin'Andriamanitra aho.

A. Chevrier

94 (104) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

[Prado, 6 jona 1873]

Vao avy naharay ny taratasin'i Duret namantsika aho izao, ary dia nosokafako indray ilay taratasy efa nosoratako omaly mba hamaliako ny taratasiny. Hivavaka amin'Andriamanitra ho an'ilay rahalahinao hanao kominio voalohany amin'ny alahady izao izahay. Tsy maintsy mivavaka tsara ho ireny zanaka mahantra ireny isika.

Handray ny fanasolana kely eo an-tampon-doha i Révérend namantsika androany hariva amin'ny 4 ora, hanatrika izany aho. Ao amin'ny Grand Séminaire no hatao izany.

Tena hafaliana ho ahy ny mahita sahady iray amin’ireo zanatsika hanomboka ny fidirany ho ao amin’ny miaramilan’ny lanitra. Eny faly tokoa aho, ary mbola ho faly bebe kokoa noho izany aho raha ahita anao, ianao mihitsy, hiditra amin’izany. Hafaliana toy inona moa ny ahy amin’ny hanapahako ireo volonao ireo mba hanome anao ilay toe-panahim-piesorana sy fisitahana amin’izao tontolo izao. Mba ho avy haingana anie izay fotoana izay, na marimarina kokoa, mba ho tonga ao aminao tsy ho ela anie ireo hatsaram-panahy izay mampahatonga ho miaramilan’i Jesoa Kristy.

Ry Duret malalako, raha voatery hiala sasatra ianao, dia tsy maintsy mangataka alalana mba ho aty amin'ny Prado na any Limonest, hikarakara anao izahay, mangatàha ary dia hikarakara izay rehetra ilaina izahay ary dia hatanjaka haingana ianao. Tsy azo ampiandrasina ela izany ; tongava raha ilaina izany. Raha afaka mandeha mankany aminao aho amin’ny Alatsinainy, dia ho avy hijery anao.

Veloma ao amin’Andriamanitra ry zanako malala, hitahy anao anie Andriamanitra.

Tsy fantatro ianao raha afaka ny hahatakatra izay lazaiko ; fa izaho kosa aloha tsy manam-potoana ny hamerenana hamakiana azy indray.

A. Chevrier

95 (93) Ho an’Andriamatoa Broche, Farissier, Delorme

[Ho an’Andriamatoa isany : Broche, Farissier, Delorme, ao amin’ny Prado]

J.M.J. [Limonest, jolay 1873]

Ry namana malala isany,

Ho any amin'ny Prado aho rahampitso. Tsy mandeha tsara ny fampianarana ao amin’ny sekoliko fanomanana ho pretra. Tsy mendrika ny hitari-dalana sy hanabe ireo mpianatra mahantrako ireo mpampianatrao. Koa miangavy anareo aho mba handray ireo mpianatro ireo hatramin’ny faran’ny taom-pianarana, hanomana azy ireo amin’ny fanadinana, ary hanitsy izay fihevitra ratsy mety ho nomen’ireo mpampianatra azy ireo.

Ho aminareo anie Andriamanitra.

Rahampitso hariva.

A. Chevrier

96 (104 bis) Ho an'Andriamatoa Duret

[Ho an'Andriamatoa Duret, ao Charlieu]

J.M.J. 13 Aogositra [1873]

Ho an'ny namana sady rahalahy malalako ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika,

Tapa-kevitra Atoa Jacquet, ireo Seminarista koa tahaka izany. Tonga androany avy any St Etienne i Farissier, ary eto amin'izao fotoana izao, dia nilaza tamiko koa izy fa tapa-kevitra ny handeha, koa azonao atao tsara àry izany ny tonga amin'ny alatsinainy hariva.

Tsy maintsy miverina ianao ny faha-12n'ny volana Septembra, mba ahafahantsika manomana ny laretiretinao mandritra ny fotoam-pialan-tsasatra, tena mila an'io tokoa isika.

Ny zavatra rehetra dia ho an'ny voninahitry ny Tompontsika sy ho famonjena ny hafa.

Tsy manadino anao aho eo anilan'ny Tompontsika ary mangata-piarovana aminy koa ao amin'ny vavakareo.

Mampamangy any amin'ireo Ray aman-dReninao sy any amin'ny rahalahinao.

A. Chevrier

97 (128) Ho an’i Nicolas Delorme

[Ho an’i Nicolas Delorme]

J.M.J.[Prado, faran’ny volana Septembra 1873]

Ry zanaka malala isany

Rehefa tonga any Lourdes ianareo, dia mandehana avy hatrany eo amin’i Masina Maria Virjiny ary ilazao izy hoe : Indreto izahay !

Nizotra tsara ny dianay, tonga avy lavitra, izahay, tena reraka izahay mba mijere anay, raha sitrakao. Ary dia hitoetra ianareo eo anatrehan’Andriamanitra sy Maria Virjiny izay nanome voninahihtra io toerana fisehoany io.

Hanetry tena fatratra ianareo eo anatrehan’Andriamanitra sy ny Reniny masina amin’ny alalan’ny fangatahana amim-panetren-tena famelana amin’ireo ota nataonareo teo amin’ny fiainana sy izay nataonareo teny an-dalana, teny an-dalana mantsy dia nisy ny fiteny tsy mahasoa, fihetsika maneho fitiavana, fieboeboana, fahatokisan-tena be loatra teo aminareo, teo amin’ny asanareo, teo amin’ny fikelezanareo aina ; fankasitrahan-tena be teo aminareo ary fanekena ireo deradera madinidinika azonareo teny an-dalana ; noraisina tsara matetika ianareo, ny fitiavan’ny hafa dia mazàna lehibe lavitra noho ny anareo, ka tsy

maintsy mietry tena ianareo amin’ny fisian’ny zavatra voajanahary teo amin’ny fitondran-tenanareo. Eny ry zanako malala isany, tsy maintsy diovina ny fanahy mba handraisana ireo fahasoavana be dia be tsy tambo isaina avy amin’Andriamaitra ; midiova ianareo, manetre tena fatratra, ary dia hijery anareo Andriamanitra ; ary raha mahita zavatra voajanahary ao aminareo izy, dia tsy afaka ny hijery anareo intsony. Manetre tena ary manaova asa fivalozana amin’ny otanareo mba hijeren’Andriamanitra sy ilay reniny masina indrindra, Maria Virjiny anareo ; lazao tsara fa mpanompo tsy mahasoa ihany ianareo, ary ireo asa soa rehetra dia avy amin’ny famindram-pon’Andriamanitra tsy hita lany ihany ; ary raha mijery ny fahotantsika Izy (Andriamanitra) dia tsy misy afa-tsy ny afo be no mendrika antsika.

Ireo no fihetsem-po izay tsy maintsy tokony hanananareo eo am-pisehoana eo anatrehen’i Maria Virjiny.

Avy eo ianareo dia mandehana mikonfesy tsara ary hotanterahinareo izay hahafa-pò ny vatana mahantranareo ; hiverina indray ianareo avy eo ary dia mbola hitomany ihany hangataka tsy hanam-pitsaharana ny fibebahanareo sy ny fanasitranana ny aretinareo, ary hitoetra eo ianareo mandra-panaikin’Andriamanitra sy ny reniny masina hamaly vavaka anareo. Mahereza, mahareta mikiriza.

Mety hahazo fanombohana fanomezam-pahasoavana angamba ianareo ; kanefa tsarovy fa mba ahazoana fahasoavana mahagaga dia tsy maintsy ampitomboina ny finoana sy ny fitiavana amin’ny alalan’ny vavaka feno fahasahiana. Mety hahavita izany ka tsy misy fanomezana manokana avy amin’Andiamanitra ve ianareo ? Tsia.

Koa mahereza àry, mivavaha ary mikiriza. Kanefa raha toa Andriamanitra, ao amin’ny famindram-pony, ka manaiky hanome ny fahasoavana izay nangatahinareo dia mbola amin’ny toe-javatra toy izany ihany koa no tsy maintsy hanetren-tena fatratra hitandrin-tena mafy mba tsy hihambo na amin’ny inona na amin’ny inona, tsy hidera tena na inona na inona sy hino indrindra indrindra fa manana anjara ianareo amin’ny fahamendrehana asian'ny Mpamonjy soa, ary ahatsiaro izay nolazain’i Jesoa Kristy tamin’ny marary sitrany : Aza miteny na inona na inona amin’ny olona ; tena natahotra mafy ny fireharehana Andriamanitra tamin’ireo marary mahantra sitrana.

Fanetren-tena, fivavahana, fikirizana, ampiasao ireo fitaovana voajanahary natoron’ny Virjiny masina indrindra.

Mivavaka ho anareo rehetra izahay

ary mirary koa ho anareo ny fahadiovam-po, vatana, ary fanahy.

Ilay rainareo izay mivavaka ho anareo ary mitso-drano anareo.
Amin’ny manaraka.

A. Chevrier

98 (129) Ho an’i Nicolas Delorme

[Ho an’i Nicolas Delorme]

Ry Zanaka malala,
Omaly, teny am-pandehanana hampanao sonia ireo taratasinao aho dia nahatsikaritra fa tsy sahaza ny habeny ireo taratasy nosoratanao.
Koa alefako aminao ireto takelaka roa ireto mba handikanao indray ireo taratasinao anankiroa.
Avereno amiko avy hatrany izy ireo avy eo.
Hasaiko raisin’ny mpiandry varavarana androany hariva izany, mba hahafahako mampanao sonia azy any amin’ny Lapan'ny Tanàna sy ny biraon'ny Archevêché rahampitso.
Veloma ao amin’Andriamanitra, mahereza ary matokia.

A. Chevrier

99 (130) Ho an’i Nicolas Delorme

[Ho an’i Nicolas Delorme]

Mihevitra aho fa tokony alefako any amin’ny rainao ireo antontan-taratasy, ary dia izy mihitsy no mitondra azy ireo any amin’Andriamatoa Broglie mba hasiana sonia.
Noho ny tsy nahitana ny lefitry ny lehiben’ny firaisana tato anatin’ny andro maromaro, dia tsy maintsy voatery niandry.
Ilay mahatsiaro anao.

A. Chevrier

100 (94) Ho an’i Jean Broche

[Ho an’i Jean Broche]

J.M.J. [Prado] 20 Novembra 1873

Ry Zanako malala isany,
Ireto ny ambaratonga arahinareo ny ho amin’ny fianarana Soratra masina. Raisonareo

tsirairay ny hatsaram-panahinareo, izay hianaranareo ao amin’ny Vaovao Mahafaly aloha.

Frera Pierre, ny fitiavana.
Frera Augustin, ny fanetran-tena.
Frera Paul, ny fahantrana.
Frera Farissier, ny fanekena.
Frera Révérend, ny fahadiovana.

Mifidy aloha ianareo, ao amin’ny Vaovao Mahafaly, izay manana fifandraisana amin’io hatsaram-panahy io ao, ary dia anaovanareo asa manokana avy eo, mba hanananareo ireo fitaovana rehetra mikasika ilay hatsaram-panahy voatondro, ka mba ho tonga apôstolin’ny hatsaram-panahinareo ianareo.

Raha ny amin’ny famelabelaran-kevitra ataonareo rehefa Alarobia indray, dia raiso ireo Misterin’ny rozery, ny lalan’ny hazo fijaliana, ary ny Fanahy Masina, dia ho lasa lohahevitra 5 izy amin’izay, lohahevitra iray ihany ho an’ny rehetra : Mistery Mahafaly, Mistery Mampalahelo, Mistery be voninahitra, lalan’ny hazo fijaliana, ary ny Fanahy Masina. samy manana ny azy ny tsirairay. Ireo no lohahevitra hodinihinareo. Anaovako kopia ireo fanampiny nataoko ho an’ireo Mistery, ary dia halefako aminareo izany raha vao vonona.

Ireo no lohahevitra amin’ity taona voalohan’ny Seminera ity ; amin’ny taona manaraka dia homeko lohahevitra hafa ianareo. Ny amin’ny famelabelaran-kevitra : Vakio aloha ny lohahevitra ary manaova fanazavana am-bava momba izany, amin’ny fomba tsotra sy manana endrika katesizy.

Manoro hevitra anareo koa aho ny amin’ireo asam-piomanana fito amin’ny ranom-bavaka, raha afaka manao izany ianareo : asam-piomanana, fankalazana, fiderana, fankasitrahana, fitiavana, fanoloran-tena, fangatahana ; manoro hevitra anareo ihany koa aho ny amin’ny fahanginana ao amin’ny efitrano, ny fifankatiavana eo amin’ny samy ianareo sy amin’ny olon-drehetra. Mba hampahatsiaro tena anareo anie ny lehibenareo, Frera Pierre, raha ilaina izany, ary hanery anareo hanao asa fivalozana amin’ny fotoana ilàna izany. Izany rehetra izany dia ho an’ny Voninahitr’Andriamanitra.

Aoka isika hiasa mba hahatonga antsika ho masina amin’ny alalan’ny fampiharana ireo hatsaram-panahy Kristianina.

Veloma ao amin’Andriamanitra, ry zanako malala isany, izaho ilay anareo manontolo ao am-pon’i Jesoa ilay Mpampianatra antsika.

A. Chevrier

Tanteraho arak'izay nanambarako azy ato anatin'ity taratasy ity ny hafatro.

101 (131) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme]

J.M.J. [Prado, novembra 1873]

Ry Zanako malala isany

Manome alalana anareo hianatra ny teny hebreo aho. Maniry koa aho raha maniry ny mba hisian'ny iray na roa aminareo hianatra ny teny grika. Ny teny latina, grika, ary hebreo no teny telo teo amin'ny hazo fijaliana.

Noho ny maha voatery antsika hiara-miaina dia tsy maintsy mifameno isika, mifanampy koa amin'izany, eo amin'ny ara-nofo sy ara-panahy ho amin'ny fahalalana sy fahendrena.

Ho an'Andriamanitra sy Jesoa ilay mpamonjy antsika ny zavatra rehetra.

A. Chevrier

102 (115) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier]

J.M.J. [Prado, janoary 1874]

Ry Zanaka malala isany,

Indro mandefa vola 500 francs ho anareo aho mba hanefanareo ny saram-pianarana tao amin'ny Grand Séminaire.

Mivavaha ho an'ireo mpanao asa soa anareo ary mivavaha ho ahy koa.

Miangavy anao aho mba haneho ny arahabako feno fanajana sy firarian-tsoa feno fahatsorana avy amiko ho an'Andriamatoa Mpitam-bola.

Hendre tsara ary mankalazà an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanomezanareo toky azy fa hanompo azy ho mpianatr'i Jesoa Kristy marina ianareo.

A. Chevrier

103 (105) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. [Prado], 9 Febroary 1874]

Ry Duret malalako

Ny mbola tsy ahafahako mankany amin'ny Seminera no hamaliako ny taratasinao, na eo aza ny faniriako.

Tsy mitsipaka na dia kely ny fivoriana ataonao miaraka amin'ireo tanora namanao ireo aho, izay efa natomboka tamin'ny alalan'ny fivoriana kely mba hifanampiana eo amin'ny fomba fiaraha-miasa ho famonjena ny fanahin'ny tanora ao amin'ny paroasy, moa ve isika dia afaka hitsipaka ireo izay rehetra azo atao amin'ny voninahitr'Andriamanitra sy famonjena ny fanahy ? Manampy antsika amin'ny fampivelarana ny zotom-po ao anatintsika sy fitiavana an'i Jesoa kristy Tompontsika ireny fivoriana madinidinika ireny ; kanefa tsarovy fa ny fomba tena lehibe indrindra dia ny fahatongavantsika ho olomasina sy ho feno ny fanahin'Andriamanitra ; raha miaraka amintsika ny Fanahy Masina dia hahita fahombiazana eo amin'izay rehetra ataontsika isika. Katsaho eo amin'ny fivoriana ataonareo ny fandinihana izay nataon'i Jesoa Kristy Tompontsika, ary eo am-pakàna tahaka Azy, dia tsy ho voafitaka ianareo fa handeha amin'ny lalana marina.

Amin'izao fotoana izao, rehefa Alahady, dia mahatratra eo amin'ny 150 eo ho eo ny ankizikely tonga eto amin'ny Prado, ary maniry aho indraindray ny hananana anareo mba hiasa amin'ireo tanora fanahy ireo hampianatra azy ireo hahafantatra an'Andriamanitra sy Jesoa zananilahy. Mahay miresaka momba an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy Tompontsika. Endrey, mba tsara loatra izany ! Koa mianara, mandiniha tena tsara, mba hahafahanao manovo ao anaty fiatahana Masina sy ny fianarana ataonao ireo fahasoavana ilaina mba hiasana amim-pahombiazana amin'ny asan'Andriamanitra any aoriana.

Mahereza, ry namana malala, manana ny fanantenana aho fa hitso-drano ny fandavantenanao ilay Mpampianatra tsara, mba hahatonga anareo rehetra ho tena mpanompony, satria ho anareo no nitahirizan'ilay Andriamanitra tsara ny asany.

Koa miraisa fo àry ianareo amin'ireo tanora ireo, ary ampitomboy ao am-pon'izy ireo ny tsiambaratelom-piainan'i Jesoa Kristy Tompontsika, apetraho ao amin'izy ireo ny fitiavana ny Fanahy Masina, ny Rôzery, ny lalan'ny hazofijaliana, ary ambarao koa fa ny fametrahana ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika ao anatin'ny fanahy maro dia mampibebaka sy mitarika azy ireo ho amin'Andriamanitra.

Raha ny amin’ny zavatra madinika ao amin’ny fitsipika izay tsy tontosanao an-tsakany sy an-davany, dia fenoy amin’ireo karazana fanazarana madinidinika hafa izany, ary fantaro fa manolo ny zavatra rehetra ny fitiavan’Andriamanitra, ary misy fomba maro be azo anaovana asa fivalozana madinidinika, mandritra ny tontolo andro, izay tena ankasitrahan’Adriamanitra tokoa toy ny : fahanginana, fanekena, fitiava-namana, fanohanana ny hafa, hany ka mampanatona antsika akaikikaiky kokoa amin’i Jesoa Kristy Tompontsika, ilay fakan-tahaka avo indrindra, ireny asan’ny fahadiovam-pitondrantena ireny**.**

Aoka ianao mba ho marim-potoana tsara amin’ny herinandro kely nofidinao. Mankasitraka tokoa ny fanapahan-kevitrao hamerina hamaky isam-bolana ny asa nataonao aho. Ireny fombafomba madinidinika ireny dia mampatsiahy antsika amin’ny tanjontsika sy amin’ireo fomba ahatongavana amin’izany. Tsy maintsy manontany tena ny amin’izay tena ilaina isika raha ny amin’ny resaka ara-panahy, mora solafaka isika ary olon’ny tany ihany ka tsy tokony hanao tsinontsinona izay fomba mahasoa, ilaina mba hampatanjaka antsika matetika.

Raha ny amin’ilay Ray be herim-po izay te hampanambady ny zananivavy indray dia : tokony ho fantany tsara fa rehefa mampanambady ny ankizy isika, dia tsy ananantsika zo intsony ny mifehy azy ireo, ary koa, ao amin’ny lalàna dia voasoratra hoe : Ary ravehivavy handao ny Ray aman-dReniny ka hikambana amin’ny vadiny, ary araka ny mahazatra dia tsara kokoa ny manao tokan-trano roa noho ny tokan-trano iray, satria sarotra raha tokan-trano roa no iarahana ampifandrindrana ; ary raha ny fahatahorana ny fisehoan-javatra ho avy no mitambesatra be ao amin’ny fikasantsika, dia tsy ahavita na inona na inona mihitsy isika, hany ka tsy maintsy miasa mandrakariva ao anaty fahatokiana sy fanantenana amin’Andriamanitra. Ary raha toa ka hendry ilay tovolahy, tsy ao anatin’irony fiaraha-monina tsy dia tsara irony, raha mamonjy lamesa, farafahakeliny mba indraindray, raha manao ny Pakany izy, ary mikarakara tsara ireo Ray aman-dreniny, sy tsy manan-trosa, dia azon-dRavehivavy atao ny manaiky azy ary afaka manantena izy, ekena izy, ary antenaina fa hanampy azy ireo ho tonga olona sambatra ny fahasoavan’Andriamanitra.

Samia ho tahian’Andriamanitra, ry namana malala, ho aminao anie ny tso-dranon’Andriamanitra, ka hitarika anao ho amin’ny tsara.

Nahita an’i Blettery aho tamin’ny Alarobia lasa teo. Tany Alix aho, salama ary miasa tsara izy ; faly avokoa ireo Seminarista. mampanao veloma anao izy ary mivavaka ho anao sy mangataka ihany koa ny vavaka avy aminao.

Izaho ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

104 (95) Ho an'i Jean Broche

[Ho an'i Jean Broche]

J.M.J. [Prado, 15 Aogositra 1874]

Ry rahalahy malala

Tena hatsaram-panahy tsara loatra ny fankasitrahana ka tsy tokony atao tsinontsinona ny fampiharana azy isak'izay misy fotoana ahafahantsika manao izany. Koa tsy maintsy omena an'io tovolahy io àry izay rehetra azonao omena azy eo amin'ny resaka fahalalana sy fitiavam-pivavahana, ary mitoera any hatramin'ny faran'ny volana, hatramin'ny faha-30-n'ny volana.

Ry ramatoakely Dussignes isany, izay tsara fanahy mandrakariva taminay sy taminao koa, dia nividy karatra roa ho an'ny fivahinianana any Lourdes ho anao sy ho an'Andriamatoa Blettery. Tiany ianareo mba hanana ny tombotsoa toa an'ireo frera hafa, ary hitondranareo ho anay ny fahasoavan'ilay lava-bato masin'i Lourdes. Miainga ny 31 Aogositra amin'ny 6 ora hariva ny convoi andian'olona miara-mizotra. Koa tsy maintsy miverina andro an-katok'io daty io isika, fara-fahatarany, mba hanomana ireo entan-kelintsika.

Manan-kevitra ny hanao fivahinianana any Ars izahay amin'ny Talata, miaraka amina latinista vitsivitsy sy frera mpiara-miasa amintsika.

Fiombonam-bavaka. Eo ho eo ihany ny fandehan-javatra rehetra ; amin'ny Alatsinainy ny fanadinana. mivavaha ho anay.

Veloma hoy ireo mpiara-mianatra rehetra.

A. Chevrier
Fiakaran'i Masina Maria

105 (132) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme]

J.M.J. [Prado] 2 janoary 1875

Ry Zanaka malala isany

Novakiako tamin-kafaliana tokoa ny taratasy izay nalefanareo ho ahy noho ny fahatongavan'ny taona vaovao, ny tena mampionona sy mahafaly ahy ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika dia ireo fihetseham-po maneho ny hatsaram-panahy izay voarakitra tao ary ireo faniriana hampihatra ny hatsaram-panahin'i Jesoa Kristy Tompontsika. Eny ry zanaka malala isany, tena ho voaonitra eo amin'ny zavatra rehetra tokoa aho raha mahita zavatra an'Andriamanitra ao aminareo : fitiavana avo indrindra, lehibe, tena kristianina ary mendrika ny toetra ambony indrindra izay iantsoan'Ilay mpampianatra tsara anareo.

Aoka ho renareo matetika ao anaty vavakareo, ao amin'ny fandinihan-tenanareo, ary ao amin'ny fieritreretanareo ireto tenin'Andriamanitra ireto : *Sequere me, Sequere me*, teny izay nitaona an'i Piera, Jakoba Filipo sy ireo sisa nanaraka azy taty aoriana, ary nanao azy ireo ho tonga apôstôly izay mandeha amin-jotom-po sy amim-pandresena ao amin'ny lalan'ny fahantrana, fahoriana, ary fitiavana.

Mivavaka ho anareo aho, ry zanaka malala isany, ianareo no fiononako amin'ny alaheloko, fanantenako ao aminy.

Rehefa mieritreritra aho fa indray andro any ianareo dia hampianatra katesizy amin'ny mahantra, hikely aina ho amin'ny fanaovana ny asan'Andriamanitra, hanao izay rehetra tsy azon'ny tenako natao, ho tonga olona masina, hiasa mba ho tonga olona manahaka tanteraka an'i Jesoa Kristy, hiredareda ao am-ponareo ny fitiavana ary hampamokatra anareo voa tsara izay hitoetra mandrakizay, dia faly.

Tonga olona masina ! Io no tena vontoatin'ny asanareo isan'andro. Mitomboa ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, aoka ianareo hitombo mba hahatongavanareo ao amin'ny fahalalana an'i Jesoa Kristy satria io no fanalahidin'ny zavatra rehetra. Hahafantatra an'Andriamanitra sy Kristy voahosotra ho azy. Io no tena maha-olona, maha-pretra, maha-masina ; enga enie ianareo mba ho tonga amin'izany.

Mivavahà ho ahy, izaho kosa hivavaka ho anareo,

amin'izay mantsy dia sady ho rainareo ara-panahy no ho sakaizanareo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika aho.

A. Chevrier

106 (537) Ho an'ireo seminarista efatra

[Ho an'ireo seminarista efatra]

St Fons, 21 janoary 1875

Ry zanaka malala isany

Misaotra amin’ireo taratasinareo mahafinaritra noho ny amin’ny fety. Ekeko am-pifaliana ireo firariana sy firarian-tsoa ary vavakareo ho ahy, ho an’ny trano mahantrantsika, ho an’ireo zanatsika ary hoanareo koa satria tokony tsy maintsy ho iray ihany isika.

Aza tsiny indrindra ry namana malala isany amin’ny tsy fitandremana nisy tato anatin’ny andro vitsivitsy lasa izay mikasika ny lambanareo, tsy fantatro mihitsy izay mety nahatonga izany ka nanadinoan’ireo ankizy azy. Androany dia tonga mba hijery anay eto St Fons, toerana izay misy ahy nanomboka tamin’ny Alatsinainy mba hanolo toerana an’Atoa le Curé, ireo anabavy sy ankizikely ary efa nomeko baiko an'i Masera Dominique aho mba hanonitra rahampitso dia rahampitso ihany an’ilay fanadinoana.

Indrisy ry zanako mahantra isany fa nasaina nampihatra ny hatsaram-panahy an-katerena ianareo, tokony nanoratra tamiko alohaloha ianareo nilaza izany.

Andro maromaro lasa izay dia nandeha niakatra teny amin’ny toeram-pandevenana aho mba hanaraka ny fatin-dRtoa Boulachon, ary teo am-pidirana hody tamin’ny 11 ora 1/2 aho dia niditra tao amin’ny Grand Séminaire mba hanao fitsidihan’ny Ray sy namana anareo, kanefa nanakana ahy mba tsy hanoroka anareo sy haneho aminareo ny firarian-tsoa am-bava avy amiko, na dia efa nataoko an-tsoratra ihany aza izany, ny tao amin’ny kilasin’ny mandinika Soratra Masina.

Kanefa raha vao azoko hatao izany dia hataoko ary dia hotantarainareo amiko ny mikasika ny fiainanareo nandritra ny herinandro.

Mety hiakatra alohan’ny fotoana noheveriko aho.

Noteneniko i Masera Dominique mba handefa lamba hanaovana akanjo fanaon’ny pretra ho an’Atoa…

Miasa amin’ny fanaovana katesizy aho izao ka arakaraky ny handinihako lalina an’izany no ahitako fomba iray hanabeazana tena mahasoa sy mitondra voka-tsoa ho an’ny mahatoky sy ho an’ny rehetra izy io.

Firifiry amin’ireo katekista tsara toetra no mety hanao ny tsara amin’ny fanahy.

Ilaina ny fananarana vitsivitsy ; kanefa tsy maintsy ilaina indrindra indrindra koa noho izany ny fampianarana katesizy. Firifiry akory amin’ireny fanazavana tsotra sady mora ireny no tafapaka avy hatrany any am-pon’ny olona ary mampianatra bebe kokoa mihoatra noho ny kabaribe.

Mivavaka aho mba ho tonga katekista tsara toetra ianareo.
Veloma ry namana malala isany,
ilay Mpampianatra tsara anie hitahy anareo sy ity mpanompony mahantra.

A. Chevrier

107 (133) Ho an'Andriamatoa Abbé Delorme

Ho an'Andriamatoa Abbé Delorme, mpianatra ao amin'ny "Grand Seminaire de Lyon"

J.M.J. [Lyon], 11 Desambra 1875

Ry zanako malala indrindra

Andefasako vola 6000 francs ianao ho an'ny anaram-bononahitra maha-pretra anao.

Raha toa ka hanokan-tena manontolo ho an'ny asan'ny Prado ny fanirianao, dia ekeo izany ny vola alefako aminao izany fa atolotro anao amin'ny foko manontolo.

Hapetrakao ao amin'ny tranon'ny Prado io vola io, ary dia manaiky marina aho fa hanome anao vola 300 francs isan-taona izany hoe mba hitsinjovana izay zavatra mety ilainao tahaka izay tokony hataon'ny Ray ho amin'ireo zanany.

Fa raha toa ka tsy izany kosa ny fanirianao dia avereno amiko tsotra izao ilay vola amin'ny filazanao amiko fa tianao kokoa ny manao sonia fanomezana toky handray andraikitra handrotsaka vola ao amin'ny tahirim-bola eklesiatika.

Ilay Rainao nanokan-tena sady tia anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

108 (156) Ho an'ny iray amin'ireo seminarista efatra

[Ho an'ny iray amin'ireo seminarista efatra]

J.M.J. 11 Desambra 1875

Ry zanako malala indrindra

Indro alefako aminao ny vola hikarakarana ny anaram-boninahitra maha-pretra anao : 6000 francs.

Raha toa ka hanokan-tena manontolo ho an'ny asan'ny Prado ny fanirianao dia ekeo izany vola izany fa omeko anao amin'ny foko manontolo. Hapetrako ao amin'ny tranon'ny Prado izy io, ary dia manaiky marina aho ny hanome anao vola 300 francs isan-taona, izany hoe natao mba hiomanana mialoha amin'izay zavatra izay mety ilainao tahaka izay tokony

hataon'ny ray ho amin'ireo zanany.

Fa raha sanatria tsy izany kosa ny fanirianao, dia avereno amiko am-pahatsorana ny vola amin'ny filazana fa tianao tokoa manao sonia ny fanomezan-toky handray andraikitra handrotsa-bola ao amin'ny tahirim-bola eklesiatika.

Ilay Rainao nanokan-tena sady tia anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

109 (134) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme]

† Prado, 15 Desambra 1875.

Ambarako etoana fa nanome an'i Nicolas Delorme 6000 francs an'i Prado, ao Guillotière aho ho saran'ny anaram-boninahitra maha-Pretra azy.

Ary amin'izany vola izany, dia ekeko an-tsitrapo ny hiantoka azy isan-taona, vola 300f raha mbola miraiki-po amin'ny asa tanterahina ao Prado foana izy

Natao teto Lyon, 15 Desambra 1875.

A. Chevrier

110 (135) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme] J.M.J.

Ry zanaka malala

Izao vao voaraiko ny taratasy nalefanao tamin'ny herinandro lasa, taratasy izay nangatahinao tamiko ny mba hitoerako herinandro any St Fons.

Tezitra aho tamin'ny fahataran'ny fahatongavan'io taratasy io sy ny tsy firaharahina nataon'Andriamatoa Suchet. Hiezaka izahay ny hanonitra izany amin'ny fotoana manaraka, raha azo atao.

Hody androany hariva mantsy aho fa efa tonga Andriamatoa Curé.

Tena faniriako tokoa ny hahita anao hanao fialan-tsasatra tsara sy hahazo hery eo amin'ny fahasalamana ara-batana sy ara-panahy.

Veloma, amin'ny manaraka indray.

A. Chevrier

111 (136) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme] J.M.J.

Ry zanako malala

Nandeha tany amin'ny "Seminaire" aho omaly, saingy efa tara loatra ka tsy afaka ny nahita anao, naniry ny hahita anao mihitsy aho, ianao vatatenanao mihitsy mba hampitony ny fonao, rahalahy sady zanaka lahy ao amin'ny Tompo, izay tena mijaly tokoa ; kanefa izay tsy voalazako am-bava dia ho tanterahako ato anatin'ity taratasy kely ity. Tena maivan-doha no sady tsy tsara fitondran-tena i Louise. Hanana taona sarotra lalovana tokoa iny vehivavy iny, toetoetrany sy fomba fanaony izany, kanefa inoako fa miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra hahatsiaro tena ary Andriamanitra hibitsika ny fony, ka ireo fahatsiarovana ny fampianarana voalohany noraisiny, ireo no ohatra tsara izay nananany ary ny feon'Andriamanitra dia hitarika ho amin'ny tsara. Tena sarotra mihitsy amin'izao fotoana izao tahaka izay miseho mandrakariva, ny mitana ny hatsaram-panahy eto anivon'izao tontolo izao, nolovaintsika avy tamin'i Adama mantsy ity fihetsika mampalahelo maneho ny filàn'ny nofo ity izay mitarika antsika hihevitra izay zavatra ivelambelany eo amin'ny fiainana ka mahatonga antsika hitady fahafinaretana hafa ankoatran'izay efa nanomezana alalàna ; tokony hitalaho mafy amin'Andriamanitra isika amin'izao mahazo antsika izao ary mba hiangavy ny famindram-pony tsy handao antsika. Izaho mino fa mety hahavita zavatra tsy mahomby mihitsy io zanaka mahantra io, kanefa dia mbola hiverina amin'Andriamanitra ihany izy ary ho tonga zazavavy kely tsara fanahy sy ho voavotra avy eo.

Koa mahereza àry ry namana malala, enga anie ka tsy hahaketraka antsika ireo alahelo lalim-paka ao amintsika fa hanampy kosa antsika hanompo an'Andriamanitra miaraka am-pahamarinana sy amim-pitiavana bebe kokoa. Tena nijaly tokoa ny Tompontsika tao anatin'ny fitiavany raha nahita ny tsi-fahamarinantsika, na dia teo aza ny fikasany hanamaivana izany, kanefa dia tsy nahavita mihoatra noho izay tokony ho nataony tamintsika izy noho ireo sitrapo ratsy ao amintsika. Aoka isika hanahaka ny ohatr'i Jesoa Kristy, hivavaka, hitalaho, hijaly, aoka hatolo-tsika ny mpanota ireo fitaovana ahazoam-pamonjena izay eo am-pelatanantsika, aoka koa isika hanantena fa ilay Andriamanitra be famindram-po dia hangoraka amin'ny fotoana maha-mety izany.

Ny fivalozana dia hamafa ao aoriana kely ao ireo fahadisoana rehetra izay nataon'ity hatanorana tsy mahalala sy tsy marin-toetra ity.

Aoka isika tsy hihevitra intsony fa feno ratsy tao aminy, tsy mino izany aho. Hivavaka amin'Andriamanitra ho an'ny rehetra izahay.

Raha ny amin'ny fanaovana ny akanjo volom-biby malailay (cilice) indray, dia aoka isika ho malina satria ireny fampijalian-tena ivelany ireny indraindray dia manimba ny fahasalamana ; manome alalana anao hanao an'io akanjo io indray mandeha isan-kerinandro aho fa saingy tapak'andro ihany arak'izay safidinao.

Veloma ao amin'Andriamanitra ry namana malala.

Mampamangy any amin'ireo zanako hafa rehetra izay tena tiako tokoa. Mahatsiaro anareo rehetra aho ary maniry indrindra ny hitomboan'ny hatsaram-panahin'ilay Tompo sady mpampianatra ambony no tsara indrindra mba hahatongavanareo indray andro any tena mpianatra tonga lafatr'i Tompo.

A. Chevrier

112 (137) Ho an’i Nicolas Delorme

[Ho an’i Nicolas Delorme]

J.M.J. [Lantigné, 26 jona 1876]

Ry namana malala indrindra,

Vao afak’omaly 24 jona aho vao voaraiko ny taratasy nosoratanao tamin’ny faha-14n’ny volana, izay milaza amiko ny hafaliana lehibe noraisinao tamin’ny nahatongavanao ho diakra. Toa anareo rehetra dia tena nalahelo mafy fatratra tokoa aho tamin’ny tsy nanatrehako an’io fotoana io ; kanefa dia nivavaka ho anao aho. Arakaraka ny hiakarana tsikelikely eo amin’ny laharana no tsy maintsy ampitomboina koa ny amin’ny fitiavana araka izay efa nambarako anao tao amin’ny taratasiko tamin’ny Pantekôty.

Tena ho faly tokoa hahita anao hendry, ho tonga pretra indray androany ; rehefa hiseho eo anatrehan’Andriamanitra aho, ka tsy manana zavatra hafa dia mba farafaharatsiny aho hanana ity fanatitra ity ataoko ho azy : nanomana ho anao aho, Andriamanitra ô !, fo-na pretra maro izay tena tia anao tokoa, nanoka-tena ho an’ny voninahitrao sy ho an’ny eglizinao, feno fitiavana ny hafa ; ary amin’ny alalanao dia angamba aho mba mety ho voaavotra ary hanavotra ny hafa ; tena tsara izany tonga pretra masina izany ! Misaintsaina ny an’izany ihany aho amin’izao andro izao fa tena tsara e, lehibe sady zava-dehibe no tena ambony indrindra. Ho an’izay olona te-hiaina araka ny Evanjely tsara an’i Jesoa Kristy, dia

ho tonga lehibe izy ary hanao asa soa maro. Mahereza, ry zanako malala isany. Ilay Andriamanitra tsara anie hanome anao ny fahasoavany, hitondra anao eo an-tsandriny, ka hanao anao ho apôstôly vaovao ireo izay hampiredareda ny fanahy fitiava-namana ambony sy tsara indrindra ao anatin'ny fahantrana masin'i Jesoa Kristy Tompotsika.

Asaiko omanin'izay miandraikitra azy ireo zavatra rehetra nangatahinao tamiko ; tena faly tokoa aho hahita anareo rehetra tafavory amin’ity fotoam-pialan-tsasatra ity, mba hanao ireo fanazaranareo madinidinika sy mba hampantanjaka anareo ao amin’ny fanahy tsaran’i Jesoa Kristy, satria tena vitsy izany manana ny fanahin'Andriamanitra izany amin'izao fotoan'andro iainantsika izao.

Raha ny momba ilay zavatra nangatahinao tamiko indray ry zanako malala, dia efa ela mihitsy aho no nihevitra an’izy io ; raha mba afaka manatanteraka azy aho dia ho hafaliana lehibe ho ahy sy ho anao tokoa izany, horesahantsika ny amin’iny ary ho hitantsika eo.

Mivavahà ho ahy. Tato anatin’ny 8 andro dia tena reraka be aho, taorian’ny tsy fahalevonako anana mangidy izay tiako nohanina. Tsapako toa hoatry ny te-handoha be izany aho, ary dia manakorontana ny saiko iray manontolo tokoa izany.

Efa mba mihatsaratsara androany ; efa mba manomboka mihinan-kanina kely aho ary manantena fa afaka andro vitsivitsy dia ho afaka ny ho any Limonest, toerana izay hihaonantsika amin’ity fanombohan’ny fotoam-pialan-tsasatra ity.

Veloma ry namana sy rahalahy malala isany ao amin’ny Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Miangavy anao aho mba haneho ny arahabako feno fanajana amin’Atoa Le Supérieur sy amin’ireo seminarista.

Mampamangy any amin’i Blettery namana malala, tsy mbola nahazo vaovao mikasika azy aho hatramin’ny nahatongavany. Manao ahoana ny fahasalamany ?

Anontanio an’Andriamatoa Mpitam-bola hoe ohatrinona ny vola mbola aloako aminy.

113 (96) Ho an'i Jean Broche

[Ho an'i Jean Broche]

J.M.J.[Prado, faran'ny volana Oktobra 1876]

Ry zanaka malala isany

Tamin-kafaliana tokoa no nahafantaranay ny hatsaran'ny dia nataonareo. Enga anie ilay Tompo tsara hitahy anareo rehetra sy hampitondra voka-tsoa ny fotoana izay hitoeranareo any Rome ho amin'ny fahamasinana sy ny fahalalanareo.

Hanaraka an-tsakany sy an-davan'ny fampianarana izay efa natoro anareo ianareo ; misoràta anarana ao amin'i Apollinaire amin'ny resaka fianarana ny tenin'Andriamanitra mba ahafahana manadina anareo sy ahazoanareo ny anaram-boninahitra "bachelier en Théologie", raha azo atao, dia alohan'ny hiverenanareo.

Raha ny amin'ny resaka akanjo indray dia izao, raha tena ilaina dia manaova kapaoty (manteau) ; araho amin'izany ny fitsipika mifehy ny seminera frantsay. Rah a manao kapaoty (manteau) ireo mpiara-mianatra aminareo ao amin'ny seminera frantsay, dia mba manaova koa fa manome alalana anareo aho.

Ataovy izay hampisongadina anareo amin'ny alalan'ny fahatsorana, fahatoniana, ary fahendrena indrindra indrindra, mihoatra lavitra noho ny amin'ny alalan'ny akanjo, satria *habitus non facit monachum.* Tsy mbola nahita an'i Mgr aho, kanefa heveriko fa tsaratsara kokoa ny manatanteraka am-pahatsorana ny sitrapony ka tsy mikatsaka ny hanatanterahana ny sitrapontsika. Koa raha tsy mampilaza na inona na inona aho, dia azon'i Mompera Jaricot atao izany ny miverina mankaty amin'ny tapa-bolana farany volana Novembra, rehefa tafapetraka tsara ianareo, ary rehefa mandeha tsara koa ny zavatra rehetra. Miangavy anareo mba hividy ireo bokin'i Mompera Vadon, izay nampanontaniany an'i Mompera Bernerd, ary hitondra izany amin'ny fiverenanareo.

Manana ny veloma sy ny arahaba feno fanehoam-pitiavana avy amin'ny rehetra aho asainy ampitaiko aminareo.

Aza adino ny manoratra amiko isan-kerinandro, sy ny manatanteraka ireo fitsipika madinidinika.

Tena feno mihitsy ny trano, tsy mbola feno olona tahaka izao mihitsy izy hatramin'izay. Tena ilaina ny mpiasa maro. Tena ho tsara mihitsy izany hitori-teny amin'ireo olona rehetra ato an-trano sy any ivelany izany, ary hiparitahantsika avy eo ho any ambanivohitra sy eny amin'ny vohitra maro madinidinika, tahaka izay nataon'ny Tompontsika sy ireo mpianany mba hitory ny tenin'Andriamanita amin'ireo madinika sy mahantra. Ho vitantsika izany, ary mino izany aho, miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra. Aoka ianareo hitombo bebe kokoa ao amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny finoana, mba ahafahanareo miomana tsara hanome betsaka ho an'ny

hafa, satria nanome betsaka anareo Andriamanitra, ary dia hangataka zavatra betsaka amin'izay nandray betsaka izy.

Manoroka anareo rehetra aho ary mirary koa ho aminareo rehetra ny finoana, ny fitiavan'Andriamanitra ary ny fanahiny.

Ilay anareo manontolo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Fanajana avy amiko ho an'i Mompera Francesco sy ireo Mompera Francesco anankiroa.

114 (97) Ho an’i Jean Broche

[Ho an’i Jean Broche]

J.M.J. [Novembra, 1876]

Ry zanako malala isany,

Faly tokoa aho naheno fa nahasambatra anareo ny nihaona tamin’ny Raintsika Masina Papa Pie IX, ary nitso-drano anareo izy no sady nitso-drano koa, ireo mahantra tao aminareo ireo mahantra izay tokony hitoriana teny sy ampianarina ; ary voatso-drano tamin’ny alalany tao aminareo koa izahay : *Benedictio pauperibus.* Tena mifanaraka tsara amin’izay nambaran’ny Tompo ny tenin’i « Vicaire de Jesus Christ » : Sambatra ny mahantra. Eny, ho mahantra mandrakariva ao amin’Andriamanitra anie isika, hipetraka ho mahantra mandrakariva ary hiasa ho an’ny mahantra isika, ny fahantrana sy ny fahatsorana anie no ho toetra miavaka eo amin’ny fiainantsika, ary dia hahazo ny tso-dranon’Andriamanitra sy ny Raintsika isika. He tsara tokoa raha miasa amin’ireny mahantra ireny isika satria tsapa fa naman’Andriamanitra izy ireny, ary tsy miasa maina foana amin’ny fanahin’izy ireny isika, koa miezaha àry ianareo hitia ny mahantra sy ny madinika. Aza miasa ho amin’ny fahalehibiazana sy izay hisandratanareo ianareo, fa miasà kosa mba ho toy ireny madinika ireny ary manetre-tena ho tena mitovy amin’ny mahantra, hiara-miaina aminy, ho eo aminy ary hiara-maty aminy ianareo, ary aoka tsy hanahy ny amin’ireo fanomezan-tsiny izay nataon’ny Jody tamin’i Jesoa Kristy Tompontsika isika. Niaraka mandrakariva tamin’ireo mahantra, ny poblikana ary ireo olona ratsy fitondrantena ny Tomponareo. Fanomezan-tsiny izay tokony hanomezana voninahitra antsika izany fa tsy hanambaniana velively akory ! Tonga mba haka ireo mahantra i Jesoa Kristy Tompontsika. *Misit me evangelizare*

pauperibus. Koa mianara àry ianareo mba hitia ny mahantra, ka ny tso-dranon'i Pie IX, ilay lehibe hitantsika maso sady solontenan'i Jesoa Kristy anie no mpaminany tsara ho anareo ka hahatonga anareo hitia ny mahantra sy hitoetra lalandava ao anatin'ny fahantrana masina.

Mety efa lasa angamba i Mompera Jaricot, ilazao izy fa manome alalana azy amin'ilay zavatra nangatahany tamiko aho, raha tsy lasa izy.

Raha ny amin'ireo karazana anaram-boninahitra izay nambaranareo tamiko, dia toa hitako ho sarotra ihany noho ny antony fe-potoana izay tsy maintsy hipetrahanareo any Rome ; kanefa raha misy moa iray aminareo te-hanokantena mba hahazo ny anaram-boninahitra ho dokotera, dia manome alalana azy aho, ka mba hanambany tena lalandava anie izy ary tsy hiasa afa-tsy ho an'ny mahantra sy ny madinika. Hodinihiko sy ho eritreretiko tsara ny amin'izany ary dia handefasako valin-teny farany ianareo momba io andininy io atsy ho atsy, raha mbola mety foana ny fotoana.

Mivavaha amin'Andriamanitra ho anay, na ny marimarina kokoa, tohizo ny fanaovana izany. Hiombom-bavaka ao am-po sy am-panahy anie ianareo ka hahazo hery misimisy kokoa ao anatin'ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompontsika.

Tena maniry tokoa aho ny handeha aloha hiaraka aminareo, tsy fantatro raha ho azoko atao izany, manantena aho fa hanome fomba ahafahako manao izany ny fitondran'Andriamanitra ao aoriana kely ao.

Salamalama daholo izahay rehetra. Betsaka ny olona ato an-tranontsika, miandry tanana vaovao hitsotra izahay mba hiasa sy hanatevina eo amin'ny asa. Betsaka tokoa ireo fanahy ho vonjena sy hampianarina ! Milofosa fatratra amin'ny fivavahana ary koa hampitoetra ilay antso tsara napetrak'Andriamanitra tao aminareo, hampianatra ny Soratra Masina amin'ny mahantra, satria io no lalana tsara sy mendrika irina indrindra.

Mivavaka mafy ho anareo aho. Manao veloma anareo rehetra izahay.

Raiso ny oroka feno fitiavana avy amiko ao am-pon'i Jesoa Kristy ilay tena Tompontsika.

A. Chevrier

115 (106) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret] J.M.J. Prado, faran'ny Novembra

Ry rahalahy malala isany

Ity no fanapahan-kevitra noraisinay ny amin'ny anaram-boninahitra. Nihevitra izahay

fa, raha ny amin’ity taona ity aloha, dia ho sarotsarotra ihany ny hiandreketana an’io raharaha io, satria manana ny fianarana ny tenin’ny soratra masina izay tokony ianarana am-pahamalinana tsara ianareo ho amin’ny fanandratana anareo, koa mety hibahana ao an-tsainareo sy hanimba ny fitiavam-bavakareo ny fisainana sy ny fanahiana ny amin’izy io, raha azoko atao ny mandeha mijery anareo dia tsy maintsy handeha aho mb hiasa bebe kokoa ny amin’ny fanaovana katesizy sy ny fitiavam-pivavahana isika mba hiomanantsika amin’io fiainana araka ny Evanjely io izay tokony hitarika antsika ao amin'ny Prado. Raha toa moa afaka herintaona, ka hitantsika fa ilaina ny hanaovana izany, dia ho hitantsika eo, ary dia hanao ny safidintsika isika ; fa raha ny amin’izao fotoana izao aloha dia tsy maintsy heverina ny hidirana ao amin'ny Prado, hiasa ao isika mba hampianatra katesizy ny madinika sy mahantra.

Izany koa ny eritreritr’Atoa Le Supérieur, izay tafahaona tamiko roa andro lasa izay.

Mino izy fa ho afaka ny hanatrika ny taranjam-pianarana "droit canon" sy "lithurgie" ianareo efatra, izany eritreriny izany dia hinoana fa tsy hifanohitra velively amin'ny fanirian'i Monseigneur. Hanoratra ho anareo izy mikasika an’io resaka io.

Tonga soa aman-tsara ary salama i Mompera Jaricot, tontosany am-pifaliana ny diany.

Tsy maintsy mankany Rome amin’ny volana ambony, ary aoriana kelin’ny fetin’ny Noely i Monseigneur. Hitanay izy afak’omaly niaraka tamin’i Mompera Jaricot. Faly tokoa izy tamin’ireo filazalazana izay nomenay azy mikasika anareo.

Mandritra ny fivahiniany ao Rome dia mety hahita azy ianareo. Azonareo atao ny maneho ny fanirianareo hananana ahy ho eo anilanareo amin’izay rehefa mangataka alalana ny handeha hijery anareo aho dia ho fantany, ho takany tsikelikely ny halehiben'ny fanirianareo.

Tsy fantatro raha tsapanareo ny filàna ; fa raha ny amiko aloha, dia tena tsapako fa manan-javatra maro holazaina aminareo mikasika an’i Jesoa Kristy Tompontsika aho ary mampahafantatra aminareo ny hoe tena mpianatr’i Jesoa Kristy marina, mba handehananareo amin’ny lalana marina izay manome voninahitra ny Tompo (ilay mpampianatra). Voninahitry ny raiko no hahatongavanareo ho mpianatro sy hitondranareo vokatra betsaka. Tena mitondra vokatra be tahaka ny fahafenoan’ny fiainan’i Jesoa Kristy Tompontsika, izay tena fitiavana isika amin'izay fotoana izay.

Mivavahà mafy ry zanaka malala isany : ny fivavahana, ny hazo fijaliana, ny tranon’omby dia mampianatra zavatra betsaka lavitra noho ny boky maro ary ny fahalalana,

izay azontsika eo am-pototry ny hazo fijalian'i Jesoa Kristy na ny tabernakila dia misy ventiny, marina ary tsara lavitra raha mitaha ny momba antsika noho izay azontsika ao anatin'ny boky maro.

Mivavahà ho ahy, mivavaka ho anareo koa aho. Ho aminareo rehetra sy ho aminay koa anie ny tso-dranon'i Papa Ray Masina, ho tahian'Andriamanitra lalandava isika raha mbola mitoetra ho mahantra.

Ny 10 Desambra no fetintsika, aoka ary ianareo hiray fo amam-panahy aminay ary dia tsy hanadino anareo izahay na dia lavitra aza.

Miarahaba anareo rehetra ao am-pon'ilay Mpampianatra tsara antsika izahay.

Ilay Ray sady mpanomponareo mikely aina.

A. Chevrier

Manoratà ho ahy isaky ny Alahady mba hilazalazanareo amiko ny amin'ny fiainanareo manokana sy ny fiaimpiainanareo amin'ny ankapobeny. Voaraiko ireo fitsipi-piainanareo. Ataovy izay hahamasina amin'izany na ovay izany araka ny filàna ka ny fitiavana anie no ho fitsipika iray lehibe indrindra aminareo.

116 (107) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. [Prado] 26 Desambra 1876

Ry zanaka malala isany

Manome alalana anareo ho any Ostie aho, kanefa aoka ianareo hahay hitsitsy vola, fantatrareo tsara fa ny volanareo dia volan'ny mahantra ary tokony ampiasaina am-piheverana fatratra fa tsy ho amin'ny fahafinaretan'ny tena samirery, ny mahantra mantsy tsy mba afaka mikatsaka izay fahafinaretana irin'ny fony.

Alefasonareo ho anay ny St Pierre, rehefa avy nasainareo notsofin'ny Papa Ray Masina rano.

Miarahaba anareo amin'ny nanananareo fotoana nitondrana ny kardinaly masina, ny fahatsiarovana an'io olo-masina io anie ho voarakitra ao an-tsainareo ka hanampy anareo avy any an-danitra ambony izy, mba hampiharanareo ireo hatsaram-panahin'ny fitiavana sy ny fahantrana izay nampihariny nandritra ny androm-piainany, hitanareo izao fa miara-dalana ny fahantrana sy ny fitiavana, ary dia tena tsara indrindra.

Mampanamboara ianareo kapaoty misy saron-doha (camails) any Rôma, ataovy lamba, raha azo atao sahala amin'ireny akanjo fanaon'ny pretra eto amintsika ireny, hitako indray ireo boky mirakitra ny lalàna sinodaly izay navelan'i Abbé Broche tao amin'ny Sacristie, teo am-pelatanan'Atoa Cusset mantsy izy ireo teo aloha.

Aoka ianareo ho marina tsara amin'ireo fitsipikareo ; raha misy andininy izay tsy ho voatanterakareo amin'ny andro na amin'ny fotoana voatondro, dia ovay izany, kanefa aoka ho eo aminareo ny fanahin'Andriamanitra ; ary aoka hotsaroanareo fa tsy ny ivelany fa ny fanahy no velombelona amin'ny fanaovana izany. « *Caro non prodest quidquam spiritus est qui vivificat.* »

Raha ny amin'ny fiaretan-tory amin'ny alina indray dia : aza manao an'izany raha tsy efa hoe tena ilaina na amina fisehoan-javatra hafa iray manokana, satria ny asa tohizana amin'ny alina dia manimba fa tsy mahasoa ; tontosay tsara ny famelabelarana ara-panahy ataonareo, fa ao amin'ireny famelabelaran-kevitra ara-panahy no miala sasatra isika ary mihamatanjaka ao amin'ny fahalalana an'i Jesoa Kristy Tompo. Fantatro tsara hoe toy inona ny filanareo fivavahana, firaisana, hery, ary zotom-po, kanefa mananà fahatokiana. Miray fo aminareo amin'ny alalan'ny fanahy aho. Miasa sy mivavaka ho anareo aho ary tsy maniry zavatra afa-tsy tokana ihany dia ny mba ahatongavanareo rehetra ho pretra masina, ho tena mpianatra marin'i Jesoa Kristy. Araraoty ny zavatra rehetra mba hampiorina mafy anareo ao amin'ny fanapahan-kevitra, fisainanana tsaranareo ; ary aoka ho matoky amin'ny fahasoavana izay tsy handao aminareo mihitsy, raha mangataka azy ianareo.

Ao amin'ireo andro natokana hankalazana an'ilay fahazazana masin'i Jesoa Kristy Tompo dia angataho ilay fahakelezana, fanetren-tena ary fahantrana izay toetran'i Jesoa zazakely. Ho fantatrareo amin'ity famantarana ity izy, hoy ireo anjely, ahita zaza mandry ao anaty tranon'omby ianareo, ny fahantrana no toetra manavaka ny Tompo ; enga anie koa mba ho toetra manavaka antsika izany, ary raha mbola mitoetra ao anaty fahantrana, fahatsorana ary fanetren-tena isika, dia hitoetra ho zanaka sy mpianatr'i Jesoa Kristy.

Handeha rahampitso any Rome i Monseigneur ; mino aho fa hanana fotoana hahitana azy ianareo, tokony aminy ianareo no hitantara kely ny amin'ny fiainanareo, ary hararaotinareo ny fotoana fitsidihanareo mba ahazoana ny fandehanako mamonjy anareo afaka andro vitsivitsy.

Tsy namantsika intsony ilay marary ; maty izy, ary efa tapa-bolana lasa izay, maty tamim-pahamasinana sy tamim-pahalemena izy ; manana mpiaro anankiray isika, any an-

danitra, ho an’ny sekolintsika sy ho an’ny tranontsika. Tsy napetrak'i Abbé Delorme taminay ny filazalazana ny nahafatesan'i Pégon kely ; mino aho fa hadinony izany ; mahafantatra ny zavatra rehetra ilay Andriamanitra tsara, marina izy, fa tenin’io zaza io koa angamba dia mety ahasoa fanahy maro osa sy reraka ka hitarika azy ireo ho amin’ny tsara.

Lasa nandeha Atoa Isidore, tampotampoka toy ireny toetrany ireny ê, Atoa Bernard no nisolo toerana azy ; faly ny aminy aho. Mbola iny toetrany iny foana Atoa Jacquier. Eo ho eo ny fahasalaman’ireo seminarista ary mompera eto amin'ny Prado, mandefa ho anareo rehetra ny veloma izy ireo ary dodona ny ahita anareo indray. Manao arak’izay azony atao ireo Maserantsika, mivavaka ho anareo izahay rehetra.

Ny amin’ny fanomezana dia hangataka amin’i Jesoa Kristy Tompontsika aho ao amin’ny Sorona Masina, izay fantatrareo tsara ary tianareo hatramin’ny fanarahana azy akaiky dia akaiky ary raha tia an’i Jesoa Kristy Tompontsika, dia ho tonga lafatra tsy ho ela, satria arakaraky ny hitiavantsika olona iray, no vao mainka koa anahafantsika azy.

Manoroka anareo rehetra amin’ny foko manontolo aho ary anareo manontolo aho.

A Chevrier

Miangavy anareo mba haneho amin’ireo frera Francesco roalahy sy amin’ny Mompera Lazariste ny fanehoam-pitiavantsika feno fankasitrahana sy ny firarian-tsoa avy amiko noho ny taom-baovao, raha mihevitra ianareo fa misy izay zavatra mety ahafaly azy ireo, dia milazà amiko fa ho faly tokoa ny hanao soa azy ireo.

Ho an’i Signora-nareo ity sarikely ity.

117 (116) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier]

J.M.J. [Lyon, faran'ny Janoary 1877]

Ry namana malala isany

Voaraiko ireo taratasy firarian-tsoa ary faniriana nalefanareo ho ahy, misaotra amin'ny rehetra rehetra. Enga anie ilay Tompo tsara ka hiaino sy hanatanteraka azy ireny.

Voarainay afak'omaly koa ireo sary vongan'i Md Piera, tonga soa aman-tsara tsy niharam-pahavoazana, tsy nisy tapaka, na dia nizara roa aza ny kesika nisy azy ireo.Tsy afaka nampiaraka ireo taratasy izay natokana hanaovana modely ny seza fiandrianan'i Eveka izahay ; raha azonareo atao ny mandefa aminay ny tena bikany sy ny refiny marina amin'ny

taratasy, dia azonay atao ny maka tahaka ireo seza fiandrianan'i Md Piera izay misy eto am-pelatananay. Tsara tarehy ireo sary vongana, tena nahay nifidy tokoa ianareo. Alefaso aty aminay ireo taratasin'i Papa mikasika ny raharaha tsirairay raha vao azonao atao, mba afahanay mampanao sonia azy ny Eveka (ordinaire) sy mampiseho azy ireo ao amin'ny lasapelin-tsika, *Deo gratias.*

Nahazo fanomezana alalana avy tamin'i Mgr ianao mba handehanako ho any aminao, tena faly be aho amin'izany. Mivavàha amin'Andriamanitra mba hahafahako mankany aminao ; inoako fa tsy faran'ny volana Febroary no andehanako e, kanefa raha afaka miainga aloha dia hataoko tokoa izany satria betsaka ny zavatra mbola hataoko. Mbola betsaka ireo vavaka hatao sy andraisana an'i Fanahin'Andriamanitra. Ô ! Aoka ianareo tsy hitsahatra ny hangataka ny Fanahin'Andriamanitra ho ahy, fa tanteraka ao daholo ny zavatra rehetra. Raha manana ny Fanahin'Andriamanitra isika, dia hananantsika ny zavatra rehetra. Raha mba afaka mandray kely izany Fanahin'Andriamanitra izany ny tenako, mba hampitaiko aminareo, dia ho faly tokoa aho satria ho vitako ny asako amin'izay fotoana izay.

Aoka isika hangataka izany Fanahin'Andriamanitra izany ho an'ny tsirairay amintsika, aoka isika, tsy hanadino ny fiarahana mitanisa ny *Veni Creator* isan'andro mba ahafahantsika mandray betsaka ny fanahin'Andriamanitra sy ahafahako mampita izany aminareo. Misaora an'ireo Mompera ireo izay mampianatra sy manome toro-hevitra anareo. Aoka ianareo hankasitraka an'ireo izay manao soa anareo, tsy amin'ny alalan'ny teny ihany fa amin'ny alalan'ny asa koa, amin'ny fanampiana azy ireo arak'izay azonareo atao sy faran'izay azonareo atao mihitsy e ! Miraisa hina ao anaty fanahy sy fo iray ianareo rehetra, ary tsarovy fa mpirahalahy ianareo, zanaka nomen'ilay Tompo tsara tombotsoa ka tokony hifankatia ao amin'Andriamanitra sy ho an'Andriamanitra.

Alaviro ny famalivaliana tsy misy dikany, mifanajà ianareo, tsarovy fa diakônà ianareo izao ary ho lasa pretra tsy ho ela, ary amin'ny fandraisana anjara amin'ny fahamendrehan'ny Eglizy dia tokony hanaja tena ianareo ary handray avy amin'ny hafa koa ny haja vokatry ny toetra tsara anananareo, tahirizo tsara na izany aza ny fanetren-tena, izay fototry ny hatsaram-panahy rehetra... Omeo ohatra tsara ny rehetra amin'ny alalan'ny fahatsorana, fahaiza-mifehy tena, ary fahamaotinana amin'ny toerana rehetra izay alehanareo, na eny am-pitsangatsanganana izany na ao am-pianarana na any am-piangonana ary na aiza na aiza.

Mivavaka ho anareo aho ary mangataka isan'andro amin'Andriamanitra ny fanahy tsara, ary enga anie ianareo ho vato fanorenana sy ohatra tsara, ary ho katekista mahafatra-po

indrindra, ho an'ny rehetra sy ho an'ny ao an-tranontsika, satria io no iraka lehibe ho antsika.

Salama tsara ireo Atoa eto amintsika ary manao veloma anareo. Hitahy anareo anie ny Tompontsika ka hanome anareo ny fanahiny ; angataho ho ahy izany, mba ahafahako manome izany anareo amin'ny alalan'ny teniko.

Manao veloma anareo izahay rehetra ary manoroka anareo ao amin'ny fifalian'ny Tompo.

Mivavàha ho an'ilay mikely aina ho anareo.

A. Chevrier

118 (108) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. [Limonest,] 28 Febroary 1877

Ry zanako malala isany

Nahita an'i Mgr aho omaly, nanamafy tamiko ireo fanomezana alalana izay nomeny anareo izy.

Koa hiainga eto Lyon àry aho izany ny Atalata 13 Marsa, mba ho tonga araka ny eritreretako, any Rome ny Alakamisy maraina. Miara-dia amina lehilahy iray aho, mpampianatra taloha izy io, ary mipetraka ao amin'ny tranontsika ao Limonest mandritra ny fotoana vitsivitsy.

Tanteraka ihany marina ny faniriantsika : hitoetra eo anivonareo aho mandritra ny andro vitsivitsy. Izany indrindra no tena faniriako. Meteza ianareo hivavaka amin'ny fonareo manontolo mba ahafahako manatanteraka eo amin'ny zavatra rehetra, ny sitrapo masin'ilay Tompo avo indrindra sy manome anareo ny fanahin'Andriamanitra, tanteraka daholo mantsy ny zavatra rehetra. Mivavahà mba ahafahako mahita izany fanahin'Andriamanitra izany ary manana azy be dia be, mandritra izany androm-pahasoavana sy fahazavana izany, mba ahazoako manome izay ilainareo hahatongavana ho tena mpianatra marin'i Jesoa Kristy. Izany indrindra no tena faniriako.

Nisintaka kely nankaty Limonest nandritra ireo andro ireo, mba hivavaka sy hiasa ary handray indrindra indrindra koa fahasoavana izay tena ilaiko tokoa aho.

Rehefa mieritreritra aho fa tena mampitolagaga ny fitondran'Andriamanitra ary hainy tokoa ny mitantana ny zavatra rehetra amim-pahendrena, dia tsy misy azoko atao afa-tsy

midera ny hatsaram-pony sy mino fa ankasitrahiny ny asantsika, ary i Prado mahantrantsika dia toerana voahasina izay anopazany fijery feno fiantrana sy fitiavana ; aoka isika ry zanaka malala isany hisarika ny fijerin'ny fitondran'Andriamanitra ambony sy tsara indrindra ho eo amintsika, ary aoka isika hiezaka hiditra ao anatin'ny fijeriny sy ho tonga pretra sitraky ny fony ary mifanaraka amin'ny fitsipika izay nambarany ao amin'ny Evanjeliny masina ; enga anie ianareo mba hahafantatra tsara azy ka hiasa amin'ny fonareo manontolo mba hanara-dia ilay Tompo tsara, tsy lavitra fa tena akaiky tokoa, araka izay efa faniriany, mba ahafahanareo mitondra vokatra, vokatra be dia be.

Amin'ny manaraka isika dia hianatra an'i Jesoa Kristy, ilay mpampianatra sady modelintsika, ary dia hiezaka isika rehetra handeha amin-kasahiana ao amin'ny lalana tsara indrindra izay natorony antsika.

Manorata amiko milaza izay zavatra tokony ho entina ho anareo. Mety efa voarainareo angamba ny boky "grammaire Italienne". Hitondra satroka iray ho an'i Delorme aho, sapile maromaro, meday maromaro mba hitondra famelan-keloka, araka izay nangatahinareo azy tamiko, ny sisa moa dia mbola hambaranareo ahy ihany.

Amin'ny manaraka.

Malahelo tokoa aho ny amin'ny tsy nahafahako nandeha aloha mba hihaona amin'i Mgr Thibaudier ; kanefa dia tena tsy afaka nanainga aloha nankany mihitsy aho e.

Enga anie ka hitahy anao i Jesoa Kristy Tompontsika.

Mivavahà ho ahy, izay tsy manadino anao.

A. Chevrier

119 (98) Ho an'Andriamatoa Jean Broche

[Ho an'Andriamatoa Jean Broche]

J.M.J. [Prado, 11 Marsa 1877]

Ry namana malala isany

Hanaraka ny lalan'i Marseille aho, mba hamonjy anao, mampatahotra ahy ho amin'ny tratrako tsy dia matanjaka loatra ny hatsiaka amin'ny fandalovana an'i Alpes.

Tsy fantatro ny fotoana hiaviako any Rome ; hampandre anao mialoha aho rehefa tonga ao Livourne. Amin'ny manaraka indray. Mivavaha ho ahy.

Halefanay avy any Paris ny boky gramera Italiana amin'ny Zoma ho avy izao.

A. Chevrier

120 (99) Ho an'i Jean Broche

[Ho an'i Jean Broche]

J.M.J. (Marseille, 15 Marsa 1877)

Ry zanako malala isany

Eto Marseille aho izao nanomboka omaly Alarobia hariva, hitoetra andro iray na roa eto aho mba hiala sasatra ary hanala sery izay azoko tamin'ny Alahady teo tany amin'ny efitrano fandraisam-bahinin'ny Prado.

Miha-ela amiko mihitsy ny fotoana hahatongavana, tena menatra tokoa aho amin'ny maha-voatery ahy handray fitandremana ho an'ity vatana mahantra ity mba ahafahany mbola manohy ihany ny asany ary mba ahazoako koa mamita ny asa izay nankinin'ilay Andriamanitra tsara tamiko.

Koa raha tsy afaka ny hanainga rahampitso aho, dia voatery tsy maintsy mijanona andro Alahady ao Gênes, tsy tiako mantsy ny mandeha andro Alahady. Koa raha tsy tonga amin'ny fiaran-dalamby miainga amin'ny 2 ora 15 mn eny amin'ny gara, dia ho azo antoka fa ny Alatsinainy aho izany no ho tonga ary amin'io fiaran-dalamby io ihany.

Mivavahà ho ahy sy ho an'ilay mpiara-dia amiko, mandra-piandry ny fotoana hahitako sy hanorohako anareo.

Ilay anareo manontolo.

A. Chevrier

121 (117) Ho an'i Claude Farissier

[Ho an'i Claude Farissier]

J.M.J. (Rome, 22 Mey 1877)

Ry namana malala isany

Ny otely izay natoronao ahy ao St Pierre dia voatokana ho an'ny Kardinaly iray izay tokony hanome voninahitra ny Trinite Masina ; koa heveriko fa metimety àry izany ny manaraka ny eritreritra voalohany dia ny anambaranao ny lamesanao voalohany ao amin'ny lamisiona ; hilamin-tsaina kokoa ianao amin'izay, ary ireo Mompera rehetra koa dia efa nanome ireo fahazoan-dalana rehetra, ho voakarakara tahaka ny zanaka an-trano ianao ; fa

any an-kafa mantsy dia mitoetra ho vahiny foana ianao, ary indrindra koa *regnum Dei intra vos est*. Rehefa manana an'i Jesoa Kristy dia efa ampy izay. Hanan-javatra mihoatra ianao raha tena manana marina an'i Jesoa Kristy mihoatra noho ny amin'ny zavatra hafa. Aza mikatsaka fahafaham-po na amin'inona na amin'inona eto an-tany. Nanam-paniriana ny hanambara ny lamesany voalohany teny amin'ny hôpitaly i Pie IX. Aoka isika koa hikatsaka izay tena kely, tsotra sy ny miafina indrindra, fa izany no anjara lovantsika. Enga anie isika ka hanana an'i Jesoa sy ny fanahiny ho tafaray amintsika, izay ihany no tokony ho katsahintsika.

Ny andro manaraka dia azonareo atao ny manome fahafaham-po ireo fahazotoanareo mivavaka, kanefa amin'ny voalohany dia tsy maintsy ny fiheverana ny amin'Andriamanitra no tokony hameno ny fo sy ny fanahinareo. Ho an'Andriamanitra, ho an'i Jesoa Kristy. Ho tonga olon-dehibe tokoa ianao rahatrizay, ka ho tonga pretra, kanefa dia tsy maintsy tonga madinika koa etsy an-danin'izany mba ho tena Jesoa Kristy vaovao eto an-tany ; aoka ho tsaroanareo mandrakariva fa ianareo dia tokony haneho ny tranon'omby, ny kalvery ary tabernakila, ka ireo famantarana telo ireo dia tokony ho tahaka ny holatra izay tsy maintsy entinareo mandrakariva eny aminareo ; farany eto an-tany, mpanompon'ny rehetra, andevon'ny hafa amin'ny alalan'ny fitiavana, farany amin'ny rehetra amin'ny alalan'ny fanetren-tena. Tena tsara indrindra izany kanefa koa dia tena sarotra. Tsy misy afa-tsy i Fanahy Masina no afaka mampahafantatra antsika an'izany. Enga anie ianareo ka handray an'izany Fanahy Masina izany be dia be tokoa, ho azonareo ny zavatra rehetra raha toa ka raisinareo izy ao amin'ny fanamasinana anareo ho pretra ; Tena asa lehibe sady ankasitrahan'Andriamanitra tokoa no ho vitako amin'ny fanokanana anareo ho pretra, na farafahakeliny mba hanana ankizy izay hivavaka ho ahy sy hangataka fahasoavana sy famindram-po rehefa antsoin'Andriamanitra ho any aminy aho, amin'izay mantsy dia hanana ankizy aho, hanohy ny asan'Andriamanitra eto an-tany, asam-pitoriana ny Evanjely tsara amin'ireo mahantra izay asa lehibe notanterahin'i Jesoa Kristy teto an-tany : *Misit me Evangelizare pauperibus*. Enga anie ianareo hahafantatra tsara izany ary tsy hivaona amin'io iraka tsara io, izay asa nataon'i Md Vincent de Paul, ilay apôstôlin'ny fitiavana.

Fahatokiana, fankaherezana, fitiavana, fifaliana, fandriampahalemana, ary fiononana amin'ity andro tsara ity izay tokony hampanjary anareo ho anjelin'ny tany, ny irak'ilay avo indrindra, mpisolo vavan'ny mpanota, mpitahiry ary mpizara fanomezana avy amin'Andriamanitra, tena namana marin'Andriamanitra sy ny olona, Paoly sy Piera vaovao,

apôstôly vaovao eto amin'izao tontolo izao, *quam pulchri sunt pedes*. Raha tsara ny tongotra dia ho tsara koa ny fo, ny tanana, ny loha ary izay sisa rehetra tsy mikasika ny tany.

Mivavaka ho anareo aho ary tazoniko ho ahy ny tso-drano voalohany avy aminareo.

Ilay anareo manontolo. Rahampitso dia ho tonga tena mpirahalahy marina ao amin'ny Tompo tokoa isika.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa l'Abbe Ardaine

122 (57) Ho an'Andriamatoa l'Abbe Ardaine

J.M.J. 20 Novembra 1873

Ry rahalahy mpiara-miasa sady namana malala,

Avy any amin-dry Monseigneur aho izao. Nilaza tamiko izy fa efa ho vita hono ny raharahanao ary tsy ho ela angamba ianao dia ho anay.

Misaotra an'Andriamanitra amin'ny fahasoavana izay nomeny anay tamin'ny nanolorany ho anay rahalahy mpiara-miasa tena mikely aina sy mazoto be, satria inoako fa tena hiasa mihitsy ho amin'ny voninahitr'ilay mpampianatra iombonantsika sy ho amin'ny famonjena fanahy maro no ahatongavanao eto aminay. Ento ho anay ary ny tena fandavan-tenanao marina sy ny fankatoavanao, ary hiara-dalana tokoa isika.

Amin'ny fahatongavanao eto amin'ny Prado dia hahita pretra maromaro, dimy no isany ; nefa vitsy amin'izy ireo ihany no tena miandraikitra ny ato an-trano sy ireo ankizintsika, ny raharaha any ivelany no tena iandreketan'izy ireo betsaka. Ho ahy manokana dia mila pretra tsara fanahy aho izay hiasa ato an-trano fa tsy mandeha atsy sy aroa. Betsaka tokoa ny raharaha atao ato an-trano : ny amin'ny sekoly fanomanana ho pretra, ireo hatao kominio voalohany, ny katesizy isan-kariva, ny katesizin'ireo ankizy madinika, ny fitorian-teny, ny konfesy ; tena lehibe tokoa ny asa ho an'ireo izay manana zotom-po kely ary tia mandray andraikitra.

Koa tongàva ary ianao miaraka amin'ny fonao tsara sy ireo faniriana tsara ao aminao ary dia ho faly tokoa izahay hanana anao.

Hatombokao tsotra fotsiny ny asa, tsy be tabataba, tsy miseho ho tena vonona hanao zavatra fa milaza hoe efa nangataka tamin'i Monseigneur izay nanome alalana anao ianao. Homeko anao ny raharaha hatao ary dia handeha tsara ny rehetra.

Tena faly be tokoa aho ary misaotra ilay Mpampianatra tsara ; manantena tokoa aho fa ny zava-drehetra hatao dia ho an'ny voninahiny sy ho an'ny fahasambarantsika rehetra, ary indrindra ho an'ireo izay miomana ho pretra.

Veloma, manantena aho fa tsy ho ela dia handray taratasy avy any amin’ny Archevêché.

Raiso ny fiheverako anao ho rahalahy tena mahatoky.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa Abbé...

123 (536) Ho an'Andriamatoa Abbé...

J.M.J. 21 Novembra 1873

Ry rahalahy mpiara-miasa, hajaina indrindra

Heveriko fa raha tsy misy ao an-trano, endri-piainana feno fanarahan-dalana izay tsy maintsy apetraka mba harahina amin'ny alalan'ny fanekena azy amin'ny fo ho voninahitr'Andriamanitra sy ho famonjena ny hafa,

tsy tokony mihitsy hanome fahefana feno sy tsy fehipehezina na iza na iza mba hitantanana ny asa na ny ampahany amin'izany asa izany, ka manome fahafahana ny hafa hanome baiko izay tsy ankasitrahiko mihitsy na manohitra ahy.

Tsy hiara-hiombon'antoka amin'iza na amin'iza ny amin'ny resaka tombotsoa amin'ny fiainana andavandro aho.

Heveriko fa ny fatorana dia ny fatorana misy eo amin'ny fo sy ny fanahy, ka ny firaisana tsy misy io fatorana voalohany io dia mitarika antsika ho malahelo lava ary mifanolotra rojovy.

Nefa raha sendra misy ny fahafatesako tampoka, ny faniriako dia ny hametraka amin'ny alalan'ny fanaovana didim-pananana izay zo ananako rehetra ato an-trano, raha tsy hoe angaha ao aoriana kely misy pretra maromaro tonga ka tena sahaza ahy tokoa.

Izay no heveriko fa mety eo anatrehan'Andriamanitra ary koa nanoroan'ireo Lehibeko hevitra ahy.

Izaho miaraka amin'ny fanajana feno sy tanteraka,

ilay mikely aina ho anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa l'Abbé Favier

124 (155) Ho an'Andriamatoa l'Abbé Favier

Andriamatoa Abbé Favier, Vicaire à Marols, Loire

J.M.J. [Lyon,] 27 janoary 1874

Andriamatoa L'Abbé

Ireto avy ireo fepetra apetrantsika amin'ireo zatovolahy izay tonga eto amin'ny Prado mba hianatra ka maherin'ny 16 taona. Raisintsika ho frera izy mandritra ny taona iray, dinihintsika mandritra iny taona iny ilay antson'Andriamanitra ao amin'izy ireo, ary avy eo izy ireo dia ampidirintsika ao amin'ny "latin" ka na izy hotazonintsika ho frera ihany na hiverina any amin'ny fianakaviany arak'izay safidiny.

Raha te-hiditra arak'ireo fepetra ireo io tovolahy io dia afaka miditra izy aorian'ny Paka na mety ho aloha kelin'izay aza, raha misy ny asa omeko azy.

Raiso sy ankasitraho ny fiarahabana feno fitiavana ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Ho an'i Maurice Daspres, Leon Ferrat, seminarista

125 (139) Ho an'i Maurice Daspres

[Ho an'i Maurice Daspres]

J.M.J. [Prado 26 desambra 1875]

Ry zanako malala indrindra,

Voaraiko ireo taratasinao mahafinaritra anankiroa izay nahafantarako tamin-kafaliana lehibe tokoa, fa tena manao ezaka ianao mba hitazonana ireo fanapahan-kevitrao, mahereza ary mahareta : ao amin'ny lalan'ny hatsaram-panahy dia tsy maintsy mandray foana isan'andro zotom-pò ary araka ny nambaran'ilay Ray mpampianatra antsika, tsy maintsy entina isan'andro ny hazofijaliany.

Ny fetin'ny Noely izay nankalazaintsika omaly dia mampahatsiahy antsika ny amin'ireo hatsaram-panahin'ny fahantrana sy fanetren-tena izay tiako horesahina aminao, ary

koa fototry ny fiainana kristiana, indrindra momba ny fiainam-panoloran-tena, satria io no tena tanjon'ny fiainantsika : fahatsorana, fahantrana, maka tahaka an'i Jesoa Kristy amin'ny maha-mahantra azy sy miasa mba hitorinteny amin'ny mahantra, « *Misit me evangelizare pauperibus*. »

Aza avela handalo ireny fety mahafinaritra ireny ka tsy ahazoanao hery indray ao amin'ny fanahin'ny fahantrana sy ny fanetren-tena. Manam-baovao ambara aminao aho fa ireo Momperan'ny Grand Séminaire rehetra dia nandray avokoa ny "sous-diaconat" tamin'ny Noely teo. Nanatrika ny fanandratana azy ireo aho. Nody eto amin'ny Grand Séminaire Andriamatoa Blettery.

Tena mitombo be ny isan'ny mpianatra eto amin’ny sekolintsika fanomanana ho pretra, miisa 40 ny mpianatra ao, raha toa ka lasa olona masina daholo izy ireo aoriana ; kanefa mbola betsaka ireo tratra aoriana ; manao veloma anao ireo tranainy rehetra, ireo Masera rehetra koa toy izany. Mazàna voatsiahy ao an-tsain'izy ireo ny fahatsiarovana anao.

Tohizo hatrany ny fiasàna amin-jotom-po sy hery, aoka hifikitra amin'ny tonom-bavaka ianao, ny rôzery ary ny lalan'ny hazo fijaliana isaky ny herinandro ; tsy maintsy manoratra indraindray amin'ireo seminarista ao amin'ny Grand Séminaire ianao mba hitandroana ny fifandraisana tsara misy izay manamafy sy mikolokolo ny fanahy ao amin'ny fitiavam-bavaka sy ny fitiavana ireo namana tsara.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ry zanako malala. Asehoy tsara amin'Andriamatoa Le Supérieur, mpampianatra anao ankehitriny sy tamin'ny taon-dasa, ny fanajako azy ireo.

Mivavahà matetika ho anay.

Ary dia ho voaraiko amin-kafaliana mandrakariva ny vaovao avy aminao. Raha mila zavatra ianao, dia ampahafantaro izany aho.

Ao amin’ilay Tompontsika sy amin’ny fitiavana Azy.

A. Chevrier

126 (140) Ho an'i Maurice Daspres

[Ho an'i Maurice Daspres]

J.M.J. [Prado] 16 Febroary 1876

Ry zanako malala

Mikasa foana aho ny handeha hijery anao ary koa ireo seminarista tsara fanahy ao

amin'ny Grand Séminaire fa dia misy foana ny fahasamponana madinidinika, fantatrao tsara ny asa izay ataoko ato amin'ity trano ity.

Voaraiko ny filazam-pahaizana izay maneho ny laharanao sy ny isa azonao ao am-pianarana ; mahereza ry zanako malala, mahareta, eny mahareta hatrany. Mazotoa tsara miasa sy mivavaka. Aza atao tsinontsinona ireo fanazarana madinidinika fanaon'ny seminarista sy ny "Tertiaire de St François" : "office de la Ste Vierge", ny rôzery, ny lalan'ny hazo fijaliana, vavaka fanajana an'i Masina Maria isaky ny herinandro. Ho avy hijery anao aho amin'ny manaraka ary haka andro iray mihitsy na dia eo aza ny asa rehetra.

Mba atoroy ahy ny lalana sy ny fomba hiaingako ny maraina sy hiverenako eto amin'ny Prado ny hariva.

Eo ho eo ny fandeham-piainana ato an-trano. Salama koa ireo seminarista ao amin'ny Séminaire. Manao veloma anao izahay rehetra ary mirary ny tso-drano avy amin'Andriamanitra ho anao aho.

A. Chevrier

Mba lazao ahy izay zavatra tokony hoentina ho anao, raha mila izany ianao.

127 (148) Ho an’i Léon Ferrat

[Ho an’i Léon Ferrat]

J.M.J. [Vichy, aogositra 1876]

Ry Léon malala

Eto Vichy aho izao no mitoetra efa ho 12 andro izao.

Efa mihasalama aho tao anatin'ny andro vitsivitsy izay kanefa mbola mahatsapa fahareraha ihany ary tsy mbola tafaverina amin'ny laoniny ny fahasalaman'ny vavoniko, raha handevona izao karazan-tsakafo rehetra izao ; nefa na izany aza tsy dia misy ahiana ny aminy fa efa mihatsara izao ary manantena ny hody aho aorian’ny fetin’ny Nampiakarina any an-danitra i Masina Maria Virjiny ».

Ary ianao salama tsara ? Miasa tsara ve ianao ? Voalamina ve ny zavatra rehetra mba ahafahanao mitoetra mandritra ny fotoam-pialan-tsasatra ?

Manangòna fahalalana, fitiavam-bavaka ary fahasalamana tsara hanaovana filôzôfia tsara ary koa tsy hitoeranao aorian'i Daspres mpialoha anao.

Raha ao Toussaint Andriamatoa sy Rtoa Chanuet dia mba ampitao aminy ny

fiarahabana sy ny fisaorako feno fahatsorana tanteraka tamin'izay rehetra nataony tamiko sy taminao.

Mampamangy any amin'Andriamatoa Abbé mpampianatra anao. Ny fiarahabako feno fanajana ho an'Andriamatoa Le Curé toy izany koa Rtoa

sy Andriamatoa Place.

Aza adino mihitsy koa ireo relijiozy tsara fanahy ao amin'ny Sorona Masina izay itahirizako fahatsiarovana mamy.

Ao am-pon'i Jesoa Kristy ilay mpampianatra antsika, izaho ilay pretra nikely aina ho anao.

A. Chevrier

à Vichy, chez M. Desgouthes, chef d'Octroi, rue de Paris. Allier

128 (141) Ho an'i Maurice Daspres

[Ho an'i Maurice Daspres]

J.M.J. 30 Septembra 1876]

Ry rahalahy malala

Tamin-kafaliana tokoa no nandraisako ny vaovao avy taminareo. Tena maniry amin'ny fo manontolo tokoa aho ny mba hitomboanareo ao anaty fahendrena sy fahalalana, ireo mantsy no voninahitra anankiroa an'ny pretra, ary raha tsy misy ireo fepetra roa dia ho mpanompon'Andriamanitra tapatapany ihany izy.

Aoka àry ianareo hiasa mafy kokoa mba hitomboanareo ho amin'ny fahamasinana. Aza atao tsinontsinona ny fandinihan-tena isan'andro, ny ofisy, ny fivavahana amin'ny Fanahy Masina, ny rôzery, ny lalan'ny hazo fijaliana. Ao amin'ny fampiharana an'ireo fitiavam-pivavahana ireo no ahazoanareo fahalalana mikasika an'i Jesoa Kristy, ilay Tompo sady mpampianatra anareo. Aoka ianareo hahatsiaro indraindray izay nambarako anareo mikasika ny fahantrana, satria io hatsaram-panahy io no fototry ny fiainantsika ary tamin'ny tamin'ny alalan'io ihany koa no nanombohan'i Jesoa Kristy Tompontsika ny fiainany teto an-tany.

Manorata amiko ianareo isam-bolana, mifandimbidimby mba hanao tatitra amiko ny amin'ny fitondran-tenanareo sy ny fahavitan'ireo fanazarana samihafa, fanehoana fitiavam-bavaka. Aoka ianareo hifampahatsiaro tena eo amin'ny hadisoana ataonareo. Fomba iray tena tsara tokoa ny hifanitsiana izany eo amin'izay tsy mety atao, amin'ny alalan'ny

fampahatsiarovan-tena toy izany dia mahavita asam-pitiavana iray lehibe isika manoloana ireo rahalahy namantsika, ary ilay olona nandray ny fanamarihana dia manao ny asa am-panetrentena lehibe sitrak'Andriamanitra ary mahasoa ny fanahiny. Aoka ianareo ho mahatoky amin'ny zavatra rehetra ary dia hisarika ny fijerin'Andriamanitra ho ao aminareo ianareo ary sorona napetrakay ho amin'ny antsonareo ; manan-javatra betsaka hatao isika mba hahatongavana ho Masina ; tokony atomboka dieny mialoha io asa lehibe io, tsy mila miandry ho tonga pretra, mba ahazoana ny hatsaram-panahy maha-pretra, tokony atomboka dieny mbola zaza ny fampiharana azy. Matokia ary mahereza. Aza atao tsinontsinona ireo fanazarana fanehoam-pitiavam-pivavahana, manaova tatitra amiko isam-bolana, izay no takiako aminareo.

Atolotro an'Andriamatoa Lehibe ny haja, ary arahaba feno fitiavana sy fankasitrahana ho an'ireo mpampianatrareo.

Raha mila zavatra ianao dia ilazao aho.

Ilay mpanompo sady Ray mikely aina ho anao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

129 (142) Ho an’i Maurice Daspres

[Ho an’i Maurice Daspres]

J.M.J. 15 Febroary [1877]

Ry namana malala isany

Voaraiko ireo filazam-pahaizana isan-telovolanareo, hitako tamin-kafaliana fa tena miasa tsara ianareo, ary manao ezaka mba ahombiazana, manaova toy izany koa amin’ireo izay rehetra mikasika ny fahendrena ary aoka ho mahatoky mandrakariva amin’ireo fanazarana fitiavam-pivavahana madinidinika, ny rozery, ny lalan’ny hazo fijaliana ary ny ofisy.

Eny, tsy maintsy mivavaka, ry zanako malala isany mba ahafantarana zavatra, tahaka ny tsy maintsy ahafantaran’ny pretra an’i Jesoa Kristy sy ny evanjeliny ary dia tanteraka ao daholo ny zavatra rehetra ; ianaro tsara ny evanjelinareo ary ampifanarao amin’ny fiainan’i Jesoa Kristy ny fiainanareo, izany no pretra ; henoy tsara ireo fampianarana izay omen’ny mpampianatrareo anareo, mba hirosoanareo koa amin’io fotoana io ao anaty hatsaram-panahy sy fahalalana.

Mivavaka ho anareo isan’andro aho. Mivavahà ho ahy koa mba ahafahako mamita tsara ny asa lehibe izay nankinin’Andriamanitra tamiko, ary mba anaovako anareo rehetra koa ho masina, ho pretra, sitraky ny fon’Andriamanitra.

Andefaso vaovao tsindraindray mikasika anareo aho, na dia tsy voavaliko eo ho eo aza izy ireny, dia tiako ny mandray ny taratasinareo ary mahafantatra hoe inona no ataonareo ary manao ahoana ny fahasalamanareo. Manao tsy tsaratsara ny rahalahintsika Léon, kanefa manantena aho fa tsy ho aretim-be izany, ary tsy maintsy efa manana izay hikarakarana azy i Maurice, satria mantsy izy mpitsabo mpanampy. Handeha hijery anareo ato ho ato i Mompera Dutel.

Hendre tsara mandrakariva.

Atolotro an’ireo mpampianatra tsara fanahy anareo sy an’Andriamatoa Le Supérieur ny fanajana, izaho ilay nikely aina ho anareo.

A. Chevrier

130 (143) Ho An'i Maurice Daspres

[Ho An'i Maurice Daspres]

J.M.J. Rome, 25 Avrily [1877]

Ry namako malala isany

Eto Rome aho izao nandritra ny iray volana mba hanomana ho pretra sy ho amin'ny iraka lehiben'ny katesizy ireo frera efatra zokinareo. Enga anie izahay mba hiomana tsara amin'izany ;ny faniriako dia ny hanomana katekista maro ao amin'ny fiangonana ary hanangana fikambanana pretra iray izay miasa ho eo amin'io tanjona io. Izay no iraka lehibe an'i Jesoa Kristy Tompontsika : *Misit me evangelizare pauperibus.* Enga anie ianareo tsirairay mba hitombo ao amin'io fisainana io ka ho tonga pretra mazoto, vonona handeha na aiza na aiza hitoriteny amin'ny mahantra.

Tena faly tokoa aho tamin'ireo andinindininy izay nomenareo ahy mikasika ny fanadinanareo, hitako fa tena miasa tsara sy tena mampiasa ny fotoananareo ianareo ka tena faly aminareo ny mpampianatra anareo. Iangavio Andriamatoa Le Supérieur mba handefa ny filazam-pahaizanareo amin'ity adiresiko ity : *Via d'ell orazione e morte 92 Roma*.

Ho afaka ny hahita ny vokam-panadinanareo isan-telo-volana aho satria tsy mba andefasana an'izy ireny mihintsy aho any Lyon.

Mahereza àry ry zanako malala isany, aoka tsy ho sorena amin'ireo fahasahiranana madinidinika izay mety hiseho fa tsy maintsy mizatra an'izany ;ny fijaliana sy ny fietren-tena no tena maha-olona marina. Ny olona iray izay tsy nijaly sy tsy niaritra ny mafy dia tsy mahalala na inona na inona ary tsy tsara amin'ny inona na inona.. Ireo izay zatra nodokafana, nosafosafoina ary nomem-boninahitra mandrakariva dia tsy inona fa mpanara-drenirano ihany ; arakaraky ny hankahalana, hikapohana, hanalana baraka, hampietrena anareo no vao mainka koa mampaha-lehibe sy mampatanjaka ary mahatsara anareo eo amin'ny fanompoana an'Andriamanitra.

Aza atao tsinontsinona ny fanazarana ara-pivavahana : ny rozery ny lalan'ny hazo fijaliana, ny ofisy ary ny fifanitsiana eo amin'ny samy mpirahalahy raha misy ny fotoana ilàna izany.

Aoka ianareo hankatò ny mpampianatra anareo, ho tsara fanahy sy be fitiavana amin'ny rahalahinareo, aza matahotra ny hanolotra azy ireo ny fanampiana rehetra azo atao ary hizaka ny zavatra rehetra tsy misy fimenomenomana ; aoka ianareo ho tonga olona matanjaka sy mahery fo ; Ilay Andriamanitra tsara anie hanome anareo fahasalamana ara-batana sy ara-panahy ary dia hiverina aminay indray ianareo feno herim-po amin'ny fanaovan-tsoa ka hiasa amin'ny fanovana an' izao tontolo izao ary dia ho tonga misionerakely mahafatra-po an'Andriamanitra ianareo.

Mivavaha ho anay, fantatro fa manao izany ianareo.

Manao veloma anareo ireo diakra eto amintsika, ireo frera avy niatrika ny fanadinana ho amin'ny fiomanana ho pretra mantsy izy ireo ary afaka iray volana dia hiakatra eny amin'ny hotely, ao aoriana kely dia anjaranareo indray.

Enga anie ilay Andriamanitra tsara mba hanolotra anareo ny fahasoavana toy izay efa natao tamin'izy ireo.

Atolotro an'Andriamatoa Lehibe ny fiarahabako tena feno fanajàna ary arahaba feno fitiavana sy fankasitrahana ho an'ireo Andriamatoa mpampianatra filozofia sy fandaharan-teny anareo.

Ho anareo kosa ny velomako ary ny fitiavako tsy misy fihatsaram-belatsihy.

Hitso-drano anareo anie Jesoa.

A. Chevrier

131 (144) Ho an'i Maurice Daspres

[Ho an'i Maurice Daspres]

J.M.J. [Fotoam-pialan-tsasatra 1877]

Ry namana malala

Manome alalana anao aho hiaraka amin'i Léon any La Grande Chartreuse raha toa ka mety hahasoa anao izany.

Nefa tiako kokoa raha mba tonga aty ianareo hitoetra telo andro satria tena mila fialan-tsasatra tokoa ianareo rehetra

Jesoa Kristy Tompontsika aza mba nitondra ny mpianany niala sasatra tamin'ny fotoan'androny.

Mahafaly ahy tokoa ny asanao ary matoky aho fa ilay Mpampianatra tsara hitso-drano anao ka hitondra voka-tsoa ireny asa ireny.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

132 (145) Ho an'i Maurice Daspres

[Ho an'i Maurice Daspres]

J.M.J. [Prado,] 10 Desambra [1877]

Ry namana malala

Azoko an-tsaina am-pifaliana tokoa fa tena faly ianao ao amin'ny "Grand Seminaire"ary manantena aho fa ny fivahinianan ao dia hitondra ho anao fitomboana eo amin'ny sehatry ny finoana, fivavahana ary fitiavana manoloana ny Tompontsika. Arakaraka ny hanatonantsika ny tanjona, no tokony handraisantsika zotom-po sy hitomboana eo amin'ny hatsaram-panahy izay manomana ho amin'ny fanoloran-tena. Ary satria "Grand Seminaire"natokana indrindra mba hanomanan-tena ho amin'io asa lehibe io, dia manoro hevitra anao manokana aho ny amin'ny fivavahana izay fototry ny fahasoavana ara-panahy rehetra ; ny olona mivavaka dia mahazo ny zavatra rehetra ao amin'Andriamanitra ; koa satria tena sarotra be izany ny ho tonga pretra izany, dia tsy maintsy mivavaka mafy isika mba hahazoana izany fahasoavana izany ; fantatrao tsara ireo vavaka mahazatra fanao ato an-tranontsika : ny rôzery, ny lalan'ny hazo fijaliana, koa amin'ny alalan'ny fitanisanao tsara ny rôzerinao, amin'ny fanaovanao am-pahamarinana ny lalan'ny hazo fijaliana, no

hahaizanao mamantatra ny Tompontsika, mitia sy maka tahaka azy. Aza adino ny manao ny ofisinao, heveriko fa azonao atao tsara ny manonona izany isan'andro ary am-piombonana amin'ireo frera namanao.

Avy nankalaza ny fetin'ny 10 Desambra izahay androany, faha-17n'ny "fondation" eto amintsika ; nandray mpianatra 8 avy any Cordon de St François izahay ary nanome alalana azy ireo hanao ny akanjo fanamian'ny antoko mpihira, betsaka tokoa ireo mpianatra ao amin'ny sekolinay fanomanana pretra ; enga anie io sekoly io mba hamoaka pretra maro arak'i Jesoa Kristy, ilay modelintsika ambony sy tsara indrindra, ho tahaka azy feno fanentanan'ny fanahin'ny fahantrana sy fanoloran-tena mba hahasoa ny fanahy.

Any Limonest Andriamatoa Léon ; tena faly be tokoa izy mipetraka any. "Prefet d'études" no asany. Mampanadina azy ny lesony filôzôfia sy latina Andriamatoa Jaillet, amin'izay mantsy mba tsy ho verivery foana ny fotoanany. Antenaiko fa amin'ny taona ho avy dia ho mafimafy kokoa izy amin'ny fianarana ary dia haharaka tsara ny fampianarana.

Halefanay aminao ny taratasy maneho ny fangatahana famindram-po (surplis) izay nangatahinao taminay afaka andro vitsivitsy.

Tena tsy tsara mihitsy ny fahasalamako, tsy mety mahazo hery aho ary mikohaka foana, tsy fantatro izay fotoana ahafahako mijery anao.

Meteza ianao haneho amin'Andriamatoa Le Superieur ny fisaorako azy tena feno fahatsorana tanteraka tamin'ireo hatsaram-po rehetra izay nataony ho anao. Ataovy izay hahamendrika anao amin'ireo fikarakarana rehetra ataony anao amin'ny alalan'ny fanehoanao fitondrantena tsara, fivavahana ary amin'ny asa izay ataonao. Aoka ho tena tso-piaina ary ataovy mihitsy koa izay hanitsianao ilay endrika somary mitananàka, ireo fahasarotan-kenatra madinidinika izay asehonao rehefa manoloana olona iray na rehefa miresaka amin'izy ireny ianao ; tsy misy dikany ny fahasahisahiana kanefa ny fahasarotan-kenatra diso tafahoatra izay tonga hatramin'ny fahangovitana na ny fihozongozonan'ny vatana dia tsy tsara koa. Aoka isika handeha am-pahatsorana, tsy misy olakolaka sy handao izay rehetra mamofompofona fahazazana ka mandray fahatokisan-tena kely izay avy amin'ny fahendrena sy ny fankatoavana ny finoana ary ny herin'ny fitiavan'Andriamanitra.

Koa etsy àry, mahereza ry zanako malala, ireo Andriamatoa rehetra eto amintsika dia mandefa aminao ny arahabany ary manoroka anao amin'ny fony manontolo, miresaka matetika anao izahay no sady tena tia daholo.

Efa mba miha-tsara ny fahasalaman'ny reniko.

Mivavaha ho anay, tsy manadino anao izahay. Raha mila zavatra ianao dia ampahafantaro anay izany, fa halefanay aminao.

Ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

133 (146) Ho an'i Maurice Dasprès

[Ho an'i Maurice Dasprès] J.M.J. [Prado], 1 Marsa [1878]

Ry namako malala

Tara kely aho vao namaly ny taratasinao ho ahy noho ny fitsingerenan’ny taonako ary ny taom-baovao ; kanefa na dia tsy manoratra ho anao matetika aza aho, dia mahatsiaro anao ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika, ary tsy manadino anao izahay eo amin’ny resaka ifanaovanay amin’ireo mompera. Faly tokoa izahay hanana ao aminao toetrana-mpanompon’Andriamanitra mahatoky izay hanampy anay hamita ny asa izay sady tsara no lehibe ny amin’ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly ao amin’ireo ankizy sy mahantra. Koa miomàna tsara ianao amin’io asa lehibe io amin’ny alalan’ny fampianaran-tena samirery, indrindrindrindra moa ny fivavahana, satria mahafantatra zavatra maro isika ao anaty fivavahana, ary eo am-pototry ny hazo fijaliana (i Jesoa Kristy) no ahitana ny zava-miafina raketin’Andriamanitra, eo no anovozan’ireo olona masina fahalalana ambony izay omeny an’izao tontolo izao avy eo, satria Jesoa Kristy no fahamarinana ary eo akaikiny no ahitantsika izany fahamarinana izay manazava sy manafana ny fanahy izany.

Aoka ianao ho matoky lalandava, ry zanako malala, eo amin’ireo karazana fanazarana fitiavam-pivavahana : ny rôzery, ny lalan’ny hazo fijaliana, ny ofisy, ora masina vitsivitsy raha azonao atao izany mba hiainana am-piraisana aminay amin’ny alalan’ny eritreritra sy ny fo.

Nanana hatsaram-po tonga nijery anay talohan’ny iaingany ho any Rome i Son Eminence Le Cardinal, be fitiavana izy raha ny mikasika antsika, nitondra ho ahy ireo fitsipi-piainana madinidinika izay mikasika antsika izy : miaraka amin’ny teny kely nosoratan’ny tanana izay anehoany fa manaiky ary mitso-drano antsika izy, dia tsy misy ataontsika afa-tsy ny manohy sy manaraka ireo fitsipi-pianana madinidinika izay natorontsika, manao izay ahatongavana katekista tsara fanahy satria izay no tanjontsika mba ahafahantsika mandeha avy eo mampianatra sy mitory teny eny amin’ny toerana rehetra hilàna izany. Mivavahà mandrakariva mba hitomboan’ny fahafantarana an’Andriamanitra sy handresena ny ratsy ka

ho amin’ny alalan’ny fampianarana no ahazoantsika mampisongadina ny tsara amin’ny ratsy izay zavatra lehibe indrindra eto amin’izao tontolo izao.

Salama tsara ireo Momperantsika ary mandefa aminao ny veloma feno fitiavana, mbola osa ny fahasalamako kanefa inoako fa hihatsara izany aorian’ny andro vitsivitsy hialan-tsasatra.

Ho faly tokoa aho ny handeha hijery anao sy Atoa Le Supérieur, izay tena tsara fanahy taminao, ary hisaotra azy amin’ireo tombontsoa azo avy aminy.

Tsy manadino anao eo anilan’ilay Tompo tsara aho, mivavahà ho ahy koa, ary minoa ny fitiavan’ilay nanoka-tena ho anao ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

134 (147) Ho an’i Maurice Daspres

[Ho an’i Maurice Daspres] J.M.J. [Prado,] 8 jona [1878]

Ry zanaka malala indrindra ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika

Tamim-pifaliana tokoa no nandrenesako fa voaantson’ireo lehibe ao ho amin’ny fanasolana ny eo an-tampon-doha ianao, tena fahasambarana lehibe tokoa izany voaantso hitondra ny satro-boninahitry ny fanahy izany, izay mampatsiahy antsika fa voafidin’Andriamanitra isika, mizara ny satro-boninahitry izay nentiny tety an-tany, ary hanana anjara koa amin’izay ananany any an-danitra.

Eo am-pandraisana ny fanasolana ny eo an-tampon-doha ianao dia ho tonga mpanompo manokan’ilay Mpanjaka avo indrindra, voasaron-tsilo sy nandray ny fanjakan’ny tany tamin’ny alalan’io satro-boninahitra io. Koa midirà àry ianao am-pifaliana ao amin’ny miaramila marin’i Jesoa Kristy. Aoka hotsarovanao tsara fa nihataka tamin’izao tontolo izao ianao ary nandoa ireo zavatra maro be tsy misy antony, ny rendrarendran’ny tany nasehon’ireo volo ireo, izay mazàna mitaky fikarakarana tafahoatra ka tsy maintsy hialàna mba hiraiketana fo amin’ilay Tompo avo indrindra, satria izay olona mbola mitana ny zavatry ny tany dia tsy ho an’i Jesoa Kristy (na oviana na oviana). Izay tsy mamoy ny ananany rehetra dia tsy ho mpianatro, hoy izy (Jesoa Kristy) ao amin’ny Evanjeliny.

Ny famoizana ny zavatry ny tany, ny rendrarendran’izao tontolo izao sy eo amin’izao tontolo izao, no asa voalohany hatao mba ho an’i Jesoa Kristy marina ; aoka ary ianao ry zanaka malala ho be indrafo manoloana izany toe-javatra izany, ary lavo izao tontolo izao mba ahazoanao manolo-tena ho an’i Jesoa Kristy ; fa arakaraky ny mahakely ny zavatra

tazonintsika ho an'ny tenantsika no maha-an'i Jesoa Kristy antsika, ary satria ianao tsy maintsy ho azy manontolo, dia tsy tokony hihazona na inona na inona ho anao akory ianao.

Tena sitrako ary faniriako tokoa ny handeha hanatrika ny fanasolana voalohany ny tampon-dohanao, kanefa mbola tena osa ny fahasalamako, tsy afaka manao asa na inona na inona) aho, ary indraindray aho dia tsy maintsy mamonjy fandriana aorian'ny fandoavana miseho amiko.

Hivavaka amin'Andriamanitra ho anao izahay amin'ny an-katoky ny Trinité masina. Hanambara ny lamesa ho anao izahay ka dia hahita anao hiverina am-pifaliana indray eo anivonay, ary satria moa ianao any akaikin'ny Ray aman-dreninao, dia azonao atao ny mandeha mitsidika azy ireo amin'ny firavan'ny Séminaire, ary dia hiverina aminay indray ianao avy eo.

Lazao ahy hoe mbola misy ohatrinona no tokony haloako amin'ny Séminaire mba ahafahako mandefa ny vola ilaina amin'izany, sady ianao koa tsy maintsy mba mila vola kely.

Raha mila akanjo fanaon'ny pretra sy "surplis" ilaina amin'ny Asabotsy ianao, dia halefanay ho anao izany.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ry namana malala, izy anie hitahy anao ary ny Fanahy Masina anie hameno anao ny fanomezany mandritra ity herinandro ity, ka hanova anao toy ny nanovany ireo apôstôly ka hanao izay hahatonga anao ho tena masina. Izay no angatahako amin'Andriamantira ho anao amin'ny alalan'i Mb Maria Virjiny.

Fanajana feno no atolotra an'Andriamatoa Le Supérieur.

A. Chevrier

135 (149) Ho an'i Léon Ferrat

[Ho an'i Léon Ferrat] J.M.J. 22 Jolay [1878]

Ho an'Andriamatoa Léon havako

Tamin-kafaliana tokoa no nandrenesako fa manantontosa tsara ny andraikitrao ianao ; tezao tsara ireo ankiziko tohizo tsara hatrany ny fanaovana fandinihana raha ilaina izany aza miasa saina amin'ireo tenin'ny etsy sy eroa ianao ; misy mantsy ny olona ratsy fanahy, izay tsy manao afa-tsy ny hilaza ny tsy mety eo amin'ny sasany mandrakariva. Aoka ianao ho hentitra ary atreho mandrakariva ireo fanazarana ara-pivavahana.

Mahereza ary mikiriza. Hitso-drano anao anie Andriamanitra.

A. Chevrier

Ho an'i Wilhelm Antoni

136 (150) [1] Ho an'i Wilhelm Antoni

Ho an'i Wilhelm kely ao amin'ny Prado

J.M.J. [Rome] 18 Avrily [1877]

Ry namana malalako

Voaraiko ny taratasy izay nosoratanao ho ahy noho ny fitsingerenan'ny taona nahaterahako.

Faly tokoa aho tamin'ireo fanehoam-pitiavana noraiketinao tao. Tena maniry dia maniry tokoa aho ny hanampy anareo rehetra, tonga eto an-tany aho mba hanao ny sitrapon'Andriamanitra tokana ihany ary raha tian'Andriamanitra ho avy amin'ny alalako no ahatonga anareo ho pretra, dia ho faly tokoa aho ny amin'izany ; ary tena faly tokoa aho ny amin'ny anaovako an'i Wilhelm keliko ho masina ; kanefa ho amin'izany dia tsy maintsy tonga olona masina aho aloha, koa tsy maintsy mivavaka tsara amin'Andriamanitra ho ahy ianareo, mba hahafahako mamita ny asa izay nankininy tamiko, ary koa mba hanompoantsika rehetra azy ao anaty fanetren-tena sy fitiavana.

Hendre tsara mandrakariva, ry zanako malala,

tandremo ny tenanao amin'izany aretin-dohanao matetika izany, ary dia hisinda tsikelikely izy.

Manao veloma anao ireo seminarista isany ary miangavy anao hivavaka ho amin'ny fanamasinana azy ireo.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ry zanako malala, hitahy anao anie izy.

A. Chevrier

137 (151) [2] Ho an'Andriamatoa Wilhelm Antoni

Ho an'Andriamatoa Wilhelm Antoni

J.M.J. 5 Oktobra 1878

Ry Zanako malala indrindra

Manampy teny kely ao amin'ny taratasin-dRamatoakely Grivet aho. Manantena aho fa

manao fialan-tsasatra tsara ianao ary dia hiverina hody indray tsy ho ela, salama tsara sy tena hendry. Mino mihitsy aho fa miha-ela aminao ny fotoana hiverenana, toy ny fihisatry ny fotoana hifankahitantsika rehetra, toy izany koa ireo ankizy malalantsika. Ireo mpianatra momba ny fahaiza-mandaha-teny tsara (rhétoriciens)eto amintsika dia handeha tsy ho ela ho any Alix. Raha te-hahita azy mialoha ny fotoana handehanany ianao, dia tsara raha tonga alohan'ny faha-15-n'ity volana ity. Mivavaha amin'Andriamanitra mba hahatonga azy ireo ho mendrika ny antson'i Jesoa Kristy Tompontsika koa eo am-pirosoana hatrany ho ao amin'ny lalan'ny fanoloran-tena ho pretra, dia haneho aminareo rehetra koa ny lalan'ny hatsaram-panahy sy ny fahendrena izy ireo.

Miangavy anao aho mba haneho ny arahabako feno fitiavana amin'ireo Ray aman-dreninao. Fanajana avy amiko ho an'Andriamatoa Le Curé.

Tena mbola tsy tsara ny fahasalamako, tsy mahahinan-kanina aho, reraka ny vatako, kanefa tsy maintsy manampy antsika Andriamanitra hamita izay natombony.

Aza atao tsinontsinona ny fivavahana, ny rozery, ary ny lalan'ny hazo fijalianao, ny ofisy, ny komonio masina ary miverena aminay haingakaingana ary tena hendry.

Ilay Ray tena tia anao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

138 (152) [3] Ho an'i Wilhelm Antoni

Ho an'i Wilhelm Antoni [5]

Tsara sy masina, ary tonga lafatra mandrakizay Andriamanitra, tena tsara avokoa izay rehetra nataony, tsy tokony hanahy na amin'inona na amin'inona isika. Rehefa Andriamanitra no mametraka olona eo amina toerana iray, dia tokony ho tsara eo amin'io toerana io ilay olona, satria tafapetraka teo izy tamin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, izay marina sy tsara mandrakizay.

Ho an'Andriamatoa L'Abbé Marcoux

139 (157) Ho an'Andriamatoa L'Abbé Marcoux

[5] Valin-taratasy avy amin'i Mompera Chevrier, nosoratany tao amin'ny taratasy nomeny an'i Wilhem Antoni tamin'ny 9 Oktobra 1878, momba ny resaka mikasika an'ilay katolika, maty protestanta.

Ho an’Andriamatoa L’Abbé Marcoux, vicaire-n’i Coutouvres

J.M.J. Prado, 3 Desambra 1877

Andriamatoa Abbé,

Ny toe-pahasalaman’i Planus dia tsy namela azy hitoetra eto anivonay. Tena malahelo azy mihitsy aho, satria mpianatra tena tianay sady manao ny asa enti-mody an-tsakany sy an-davany izy. Manantena aho fa aorian’ny ririnina sy ny fikarakarana ataon’ny fianakaviany aminy, dia hiverina aminay indray izy hatanjaka be amin’ny lohataona. Mamelà ahy ianao hanankina azy ho eo ambany fitiavanao ka hiangavy anao hanitsy lalandava ireo enti-mody izay halefanay ho azy. Ho faly tokoa izy hieritreritra fa tsy tena very maina tanteraka ny taom-pianarany raha ny amin’ny resaka fianarana.

Miangavy anao aho mba hanaiky ny arahaba feno fahatsorana sy fanajana avy amin’ilay mpanomponao mikely aina.

A. Chevrier

Ho an’i… seminarista[6]

140 (158) Ho an’i… seminarista

Nomen’i Mompera Chevrier andraikitra aho mba hilaza aminao fa voarainy tsara tamin-kafaliana tokoa ny taratasy izay nalefanao ho azy nandritra ny fotoam-pialan-tsasatra.

Ary ny fanombohan’ny taom-pianarana dia ny Talata faha-19-n’ity volana Oktobra ity.

Ny namanao.

Ho an'i...

141 (153) Ho an'i...

Ry zanaka malala

Mihevitra izahay ny hanome anao fanazavana kely ny amin'ny rôzery, ny lalan'ny hazo fijaliana, ny lamesa ary ny didy folon'Andriamanitra, satria ireo no vavaka fanehoana ny finoana izay ampiharin'ny kristianina saiky isan'andro na isaky ny herinandro ; ka zava-dehibe mihitsy ny fampahafantarana izany azy ireo mba hahafahana manao azy tsara ; ny

[6] Lahatsoratra nosoratan'i Mompera Chevrier.

sapile sy ny rôzery : tsy misy kristianina tsy manao azy. Ny lalan'ny hazo fijaliana indray dia napetraka any amin'ny fiangonana rehetra ary isan'ny fanehoam-pitiavam-pivavahana faran'izay ela indrindra sy tena mahasoa tokoa ; ary ny amin'ny lamesa dia ny kristianina rehetra mihitsy no tsy maintsy mihaino azy isak' alahady.

Ny didy folon'Andriamanitra dia tokony ary tsy maintsy fantatra tsara mba ahafahan'ny tena mandinika ny amin'ny saina amam-panahy ary manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny fanaovana kônfesy.

Ny fianarana ny amin'ireo zavatra ireo àry izany dia tena mahasoa tokoa, tsy maintsy hainay tsara ny amin'izy ireo mba ahafahanay mampianatra anareo ; tsy maintsy hainareo koa izany izy ireo mba ahafahanareo manao azy tsara.

Koa nomenay anareo tamin'ny fomba tena tsotra tokoa izy io, koa enga anie ka hahasoa anareo.

Ho an'i Jean-Claude Jaricot, Pretra

142 (77) [1] Ho an'i Jean-Claude Jaricot

[Ho an'i Jean-Claude Jaricot]

J.M.J. [Vichy, Aogôsitra 1876]

Ry rahalahy malala sy namana

Tamin-kafaliana tokoa no namakiako ireo taratasy nalefanao tamiko vao andro vitsivitsy lasa izay, taratasy izay mitahiry ireo fihetsehampo feno fanehoam-pitiavana sy firaiketam-po avy amin’ny fonao, ho anay sy ho an'ny asantsika. Misaotra an'Andriamanitra amin'izany aho no sady mangataka Aminy koa ny mba hampitomboany ao aminao ireo fihetsehampo feno fahantrana sy fitiavana ny mahantra ary fitiavana hampianatra katesizy ho an'ireo tsy mahalala, satria izany no tanjontsika. Ary satria moa ilay Andriamanitra tsara no mampitombo sy manitatra ny asantsika, dia Izy no hanome antsika ny fahasoavana hanatontosa ireny adidy aman'andraikitra ireny ; tsy asa maro no tokony hirintsika fa ny fahamasinantsika ; ny fanahin'i Jesoa Kristy Tompontsika no tokony ho katsahintsika ary tokony hananana ambonin'ny zavatra rehetra ; ny fahendrena, raha tsy misy azy mantsy dia tsy mahavita na inona na inona isika no sady koa tsy hahafantatra mihitsy izay zavatra tokony hatao voalohany ; izay tsy manana ny fahendrena dia manimba fa tsy manamafy orina ny asan'Andriamanitra. Koa hokatsahintsika am-pifaliana sy am-pahamaikana àry

izany fahendrena izany.

Ho deraina eo amin'ny zavatra rehetra anie Andriamanitra. Efa miha-tsara aho izao : nanome hery sy tanjaka ahy ny fialan-tsasatra, ny fandroana tamin'ny ranomafana ary ny sakafo tsara maro isan-karazany ; mbola tsy tena miverina amin'ny laoniny ny fahasalaman'ny vavoniko, satria mbola betsaka ireo karazan-tsakafo tsy zakako, mandoa aho raha vao mihinana ny sakafo sasany ; fa ankoatr'izay aloha dia salama aho ; manantena aho fa hanome fotoana ahy hamitako ny asa izay nankininy tamiko Andriamanitra, manantena koa aho fa ho afaka handeha any St Fons hiasa andro vitsivitsy any ka hirotsahako indray ao anatin’ny fivavahana sy fianarana an'i Jesoa Kristy Tompontsika mba hahafahako koa mampita amin'ny rehetra izany fiainana ambony sy tsara indrindra izany, izay tena ilaintsika tokoa mba hahasoa ny Eglizy, tsapako tsara fa izany no asako ka tokony hanolorako tena ; ny tena manome fahatokisana dia ny miara-miasa amin’ny mpanompo tsara fanahy, manao ny ainy tsy ho zavatra ary tena mifikitra mafy amin'ny asan'Andriamanitra tokoa, hankalazaina anie Andriamanitra amin'izany rehetra izany.

Nangataka zavatra tamiko ianao ao anaty taratasinao.

Raha ny amin'ny raharahan-dRamatoa de Marguerie indray dia, tsy azontsika atao ny manaiky io raharaha io, arak’izay heverantsika azy, koa any aoriana dia afaka mametraka asa iray any amin'ny firenena iray isika ; jereo raha azo tanterahina izany dia ataovy ; fa raha toa kosa ka tsy manana fanantenana isika ny amin'io resaka io dia tsy tokony asaina mandray andraikitra amin'ny zavatra tsy misy ilàna azy ny eto amintsika.

Raha ny amin-dRamatoakely Thérèse indray, dia tokony ho moramora ihany ny firesaka aminy ; fantatrao tsara fa ny tranontsika dia trano heverina ho fialofan'ireo mahantra, ireo diso fanantenana, ireo izay tena tsy manana mihitsy ary ireo izay natosik'izao tontolo izao. Rehefa mieritreritra isika fa ny tenantsika mihitsy no tsinontsinona, olona natosik'izao tontolo izao, tsy mendrika ny hanan-kialofana, dia tokony ho feno fitiavana sy fiantrana ny hafa. Raha toa ka io zazavavy io no manimba ny sain'ireo tanora miofana ho relijiozy, dia saraho amin'ny hafa izy, tsaratsara mihitsy aza ny mametraka azy any amin-dry Masera Veronique, amin'ny alalan'ny fanafatrafarana sy fanazavana amin'izy ireo ny antony tsy hitazonantsika azy any Limonest, sy hanalavitra arak'izay azo atao ny fifandraisany amin'ny hafa, hampahafantarina azy ny kilema sy ny zavatra tsy mety ataony ka mampianatra azy amin'ny tsy hanomezana fahatokisana raha tsy efa fantatra tsara ny tontolo iainan'ny tena, tena mila fotoana isika mba hahafantarana ny toetran'olona ; raha toa ka

aorian'ny fampiasana ireo fomba maro ireo nefa tsy mitondra soa ho azy isika, dia aleo mihitsy izy no roahina.

Mba hisorohana avy hatrany ny vokatra ratsy naterak'ireo fihetsika sy fiteny nataony, dia aleo kokoa izy alefa any amin-dry Masera Veronique ary dia hilazana i Masera Veronique fa tsy misy afa-tsy izy irery ihany no ananany fifandraisana.

Mahereza ry rahalahy malala, be ny fahoriana eto amin'izao tontolo izao, eny fa na dia ao amin'ny fivavahana koa aza, dia ahitana fahoriana ; izany no vokatry ny fahotana, koa anjarantsika ny manala izany.

Mampamangy any amin'ireo Masera rehetra.

Prions toujours tous les uns pour les autres.

Ilay mikely aina ho anao.

A Chevrier

143 (78) [2] Ho an'i Jean-Claude Jaricot

[Ho an'i Jean-Claude Jaricot]

J.M.J. [Prado faran'ny ôktôbra 1876]

Ry mompera namana sady malala

Indro ny taratasy izay nasain'i Monseigneur nomena ahy androany hariva ho an'ireo Abbé antsika. Tsy tao i Monseigneur omaly, ka dia nametraka taratasy ho azy aho ary indro alefako aminao ny valiny. Avy hatrany dia omenao an'i Mompera Eschbach, lehiben’ny Seminera Frantsay, ity taratasy ity, ary izy no handamina ny zavatra rehetra.

Niresaka tamin'Atoa Richoud aho ny amin'ny hitoeranao any Rome. Nanambara tamiko izy fa azonao atao tsara ny mipetraka any amin'ny fotoana rehetra ilanao izany. Koa arak'izany ary, rehefa tapitra nahazo toerana daholo ireo zatovolahy ao amintsika, ka afaka mandeha tsara araka izay ilàna azy ny zavatra rehetra, ary heverinao fa tsy dia ilaina loatra intsony ny fisianao any dia afaka mody ianao.

Manoratà amiko milaza ny fizotry ny rehetra any rehefa afaka andro vitsivitsy. Izahay rehetra dia mivavaka amin'Andriamanitra ho anareo rehetra mba hahaizanareo manararaotra ny zavatra rehetra, mba hitomboanareo ao amin'ny finoana sy ny fitiavana an'Andriamanitra.

Eo ho eo ihany ny fahasalamanay rehetra. Efa salama tsara aho izao. Mino aho fa aoriana kely ao dia ho afaka ny handray indray ireo asako rehetra. Manao veloma

madinidinika anareo ireo seminaristantsika.

Avy any Limonest aho izao. Eo ho eo ihany ny fahasalaman-dry zareo any, ary maniry ny fiverenanao.

Mampamangy ao amin'Andriamanitra amin'ireo ankiziko rehetra. Omeo vaovao avy any aminareo isan'andro aho. Voaraiko ny taratasy farany nosoratan'i Atoa Broche.

Hitahy anareo rehetra anie Andriamanitra.

Mivavaha ho ahy izay tsy manadino anareo.

A. Chevrier

144 (79) [3] Ho an'i Jean-Claude Jaricot

[Ho an'i Jean-Claude Jaricot]

J.M.J. [Rome 19 Marsa 1877]

Ry rahalahy namana sady malala,

Misaotra amin'ny taratasinao izay hitako teo am-pahatongavana satria tsy tonga teto Rome aho mantsy raha tsy vao androany alatsinainy hariva tamin'ny roa ora. Nivahiny roa andro tao Marseille aho ary tao Gênes tamin'ny alahady mba hanala ny seriko sy hiala sasatra. Salama aho. Efa miha-malefaka ny kohaka fa feo farina efa hisinda no sisa.

Nifanena tamin'ireo pretrako efatra salama tsara sady faly aho. Zavatra tokana no iriko : mba hahasoa azy ireo sy hahasoa ahy koa anie ny fivahinianako aty. Mangataka fiarovana ho amin'izany aho ao amin'ny vavaka ataonareo satria tsapako fa tena ilaiko tokoa izany.

Tena faly tokoa aho nahare fa nandray ny sakramenta ary efa mihatsara i Masera Marie-Bernard, tsy maintsy manantena isika fa ho tehirizin'Andriamanitra ho antsika izy. Lazao azy avy amiko fa hahasoa azy io aretiny io mba hahatonga azy ho mpanetry tena sy ho mpankato, ary dia handeha tsara ny zavatra rehetra. Mivavaka ho azy aho, aoka koa izy mba hivavaka kely ho ahy.

Iangaviako ianao mba haneho amin'ireo Maseran'i Limonest, Masera Marie sy ny hafa koa, Frera Jacques sy Frera Joseph ny arahaba avy amin-dray avy amiko. Ny veloma ho an'ny rehetra.

Ary ho anao ny firahalahianao feno fanajana sy fahatsorana tanteraka. Ataovy izay mba tsy hitondrana olona maro any St André amin'ny alalan'ny fisehoana satria tsy mendrika

azy ireo ny fisehoana an-taratasy. Tena nihomehy izahay tamin'io.

Mivavaha ho ahy.

Anao manontolo ao amin'Andriamanitra aho.

A. Chevrier

Mandefa ho anao ny firahalahiana feno fanajana ireo Abbé antsika.

145 (80) [4] Ho an'i R.P. Jaricot

Ho an'i R.P. Jaricot Aumonier de la Providence de Saint André
A Limonest, Rhône, France

J.M.J. Rome, 26 Marsa 1877

Ry rahalahy malala,

Tena marina mihitsy ny eritreritrao ny amin'ny raharahan'ny pretra. Izaho koa efa impirimpiry moa aho no nihevitra fa tsaratsara ho ahy kokoa ny mandeha manala fotaka eny an-joron-dalana hametraka ny veloma madinidinika ary tsy hanery ny tenako sy ny hafa koa angamba.

Kanefa ry namako malala, tsy fotoanan'ny fihemorana intsony rehefa tafiditra ao. Tsy maintsy terena ilay Andriamanitra tsara hanome antsika izay tsy ampy, ary koa, tena mila mpiasa izay raisiny tsikelikely eny amin'izay toerana ahafahany maka izany Andriamanitra tsy mahita mandrakariva izay tena iriany anefa izy, lehibe ny tanim-boaloboka, ary maro samihafa koa ireo asa atao ao an-tsaha ! Aoka isika hionona amin'izay kely ary dia hilamina kokoa isika ao amin'ny anjarantsika, sy eto amin'ny sehatr'asa iasantsika Aoka ary isika hanana zotom-po mandrakariva, raha toa any aoriana any ka hanangàna fikambanan'ny mpanala fotaka aho, dia horaisiko hiaraka amiko ianao, isika mantsy tsaratsara ihany rehefa tafaraka, saingy izao fotsiny tsy ho afaka ny hihazakazaka mihitsy aho, satria avy hatrany dia tera-tsemboka, koa hitoetra eo an-joron-dalana aho hiambina ny vata ; fa ianao kosa no hanao ny hazakazaka, mandra-piandry izany dia aoka hotohizantsika foana ny asantsika.

Tamim-pifaliana tokoa no nahenoko fa efa mihatsara i Masera Marie-Bernard. Hoderaina anie Andriamanitra noho ny amin'izany, manantena aho fa hanampy antsika io zanaka io, ary ny aretiny dia tsy hanao afa-tsy izay hampiraiki-po azy bebe kokoa amin'ireo Masera sy amin'ny asan'Andriamanitra.

Mba alefaso ho ahy ange azafady, raha vantany vao azonao atao, ny lisitra fenon'ny

anaran'ireo izay ao amin'ny "tiers-ordre" antsika mba ahafahako mandray azy ireo ao amin'ny sampana "Ordre des Conventuels" : anaran'ireo pretra Abbé, frera, masera vahiny, ireo relijiozy vita voady ary ireo novisy.

Tsy fantatro ny anaran'ny toeram-pinoana misy an'Atoa Léon any St André ; raha tsy voasoratra izany dia tsara angamba ny manontany azy an'izany fotoam-pialan-tsasatry ny Paka, rehefa miverina aty izy.

Manoro hevitra aho mba hivavaka mafy ho ahy sy ho an'ireo Abbé tanorako ianao. Tsy fantatro tsara izay zavatra tokony hataoko. Tsapako mantsy fa tsy misy afa-tsy ny fahasoavan'Andriamanitra irery ihany no afaka hampiditra azy ireo ao amin'ny lalan'ny fahantrana sy ny fahafoizan-tena tanteraka, izay tena atahoran'izy ireo mafy mihitsy angamba ; mandeha miadana aho satria na ny tenako aza dia mila tokoa ny fahazavana.

Ho faly tokoa aho raha mitondra anao ho eto aminay Andriamanitra. Talohan'ny handehanan'Atoa Fayard dia nangataka tamiko izy mba handeha ho any Limonest andro vitsivitsy, hiala sasatra ; raha mety misolo toerana anao andro vitsivitsy izy ary ianao koa ho tonga aty hanampy ahy, dia hidera an'Andriamanitra tokoa aho amin'izany.

Mivavaha ho ahy izay tsy manadino anao. Mampanao veloma anao i Mompera Francesco sy ny reny Ursule.

A. Chevrier

146 (81) [5] Ho an’i R.P Jaricot

Ho an’i R.P Jaricot
Aumônier de la Providence St André, Limonest

J.M.J. [Rome, 10 Avrily 1877]

Ry rahalahy malala,

Ary satria efa nanome alalana anao ho avy amin'ny fivahiniana masina Atoa Richoud, dia aoka ianao ho avy amin'ny alalan'io fomba io, fa tsy tokony hangataka tombotsoa manokana. Satria efa nekena ny fahazoandalanao, dia mandehàna ianao amim-pahatsorana. Manatona an'Atoa Pagnon mba hikarakara ny fahazoandalan'Atoa Fayard.

Na izany aza dia heveriko fa tsy hanimba loatra ny ato an-trano ny tsy maha-eo anao. Rehefa tsy hisy afa-tsy lamesa iray ihany eto amin'ny Prado noho ny tsy maha-eo an'Atoa Dutel, dia tsy tokony ho avy ianao.

Tena ho faly tokoa aho ny hahita anao eto. Ho afaka ny hiara-mivavaka sy hiasa kely isika. Tsy hanana afa-tsy 15 andro isika mba hiarahana kanefa ho deraina anie Andriamanitra eo amin'ny zavatra rehetra, ary enga anie isika ka tsy hikatsaka afa-tsy ny voninahitra sy ny fanahin'Andriamanitra.

Amin'ny manaraka indray raha sitrapon'Andriamanitra.

Ilazao ireo izay mangataka zavatra aminao mba handoa ny saran-dalanao, ary mba tsy hisy tabataba sy laza be ny fanaovana izany.

Ilay mikely aina ho anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Aoka ianao hitondra ho ahy vaovao mikasika an’ny reniko sy ireo vehivavy ao Montchat. Ho tonga rahampitso Alarobia maraina Ramatoakely Marguerie.

147 (82) [6] Ho an'i Jean-Claude Jaricot

[Ho an'i Jean-Claude Jaricot]

J.M.J. [Rome, Avrily 1877]

Ry rahalahy mpiara-miasa malala,

Angamba tena mety ho sarotra aminao tokoa ny hahatongavanao aty Rome, fantatro izany ; ary mety hiteraka fahasarotana na avy amin'ny Kardinaly izany na avy amin'ny Prado, izay mety hihevitra izany ho hafahafa ihany ; aoka isika hiandry ny fetin'ny Trinite Masina.

Izao no niheverako fa handaminana ny zavatra, raha mety.

Alohan'ny hiaingako eto Rome, dia maniry indrindra ny hahazo tso-drano manokana avy amin'i Papa Ray masina ho an'ny asantsika ; koa amin'izay aho dia handefa fangatahana famindram-po any amin'i Mgr le Cardinal, izay angatahiko aminy ny fanamafisana ny fangatahana ataoko. Ao amin'io fangatahana famindram-po io dia hanasongadina zavatra vitsivitsy ny amin'ny fitsipika mifehy antsika aho ; ary dia hasehonao ny Kardinaly izany ; raha toa ianao ka afaka mahazo ny sonian'i Kardinaly, dia ho entonao aty aminay izany ary dia hiaraka handeha ho any amin'i Papa Ray masina isika mba hangataka ny tso-drano avy aminy sy ny fanekeny. Angamba mety hahita fahombiazana isika ny amin'izany ; kanefa dia tsy izany no zava-dehibe ; ny zava-dehibe dia ny manao katesizy sy manao zavatra iray ankasitrahan'Andriamanitra, ny sisa dia hanaraka mora eo ihany.

Nangataka taminao ny anaran'ireo "tertiaires"rehetra ato an-trano aho : pretra, frera, masera, relijiozy efa vita voady, nôvisy sy ireo vahiny mba hasehoko an'i Mompera général Conventuel. Mba alefaso amiko haingana izany.

Ilazao Atoa Fayard fa afaka mandeha any Limonest izy ; ianao nefa tsy manan-kevitra ny tsy ho eo an-toerana aloha loatra.

Teneno i Masera Marie-Catherine mba hilaza amin'ireo olona avy any La Savoie fa afaka mandeha mamonjy ny firenena niaviany izy ireo, raha mahafaly azy ireo izany ; mba hitia azy ireo anie Andriamanitra any amin'ny toerana rehetra izay alehany, ary mba tsy hanahy izy ireo na aiza na aiza ny toerana misy azy.

Ny amin'ny Ramatoakely Marguerye indray dia, ny efitrano izay tazonin'Atoa Bernerd sy ireo Ramatoa isany izay mifanila amin'ny anay dia tsy malalaka raha tsy afaka iray volana, ilay efitrano nisy an'i Mb Brigitte, misy efitra 5 koa nefa mbola misy olona.

Raha ny amin'ireo pretra tanora indray dia hinoako fa malemy ny fahefako. Miara-miombon-kevitra aminay i Duret sy Delorme ary mahafantatra tsara ny fahantrana sy ny fiainana eto amin'ny Prado. Manana hevitra maro i Broche sy Farissier ; Broche izany moa indrindra indrindra, tsy miteny ary tahaka ny efa misy hevitra raikitra ao an-dohany, misaina izy no sady manam-pahaizana rahateo ihany koa. Manan-danja eo amin'izy ireo ny fahefan-dry Jaillet, Dutel ary ny ao amin'ny seminera.

Mila mivavaka isika.

Naharay vaovao avy any St André aho. Mandray anjara amin'ny fifalian'ireo ankizinao aho. Meteza ianao hanambara zavatra maro ny amiko. Veloma koa any amin'ireo Masera rehetra, karakarao tsara i Masera Fr. Xavier, izay marary.

Aoka isika hanohy hivavaka mba hilamina ny zavatra rehetra, ho amin'ny voninahiny sy famonjena ny fanahintsika.

Veloma amin'ny rehetra, amin'i Frera Jacques, Frera Joseph sy ny hafa koa.

A. Chevrier

148 (83) [7] Ho an'i Jean Claude Jaricot

[Ho an'i Jean Claude Jaricot]

J.M.J. [Rome, faran'ny volana Avrily 1877]

Ry rahalahy sy namana malala

Voaraiko ny taratasinao sy ny anaran'ireo frera sy masera rehetra ao amin'ny"Tiers-ordre".

Ataoko izay hahitana an'i Mompera général mba hanakambanana ny sapelin-tsika ao amin'ny "Tiers-ordre" sy hahazoako avy aminy famindram-po mifikitra amin'ny "ordre".

Ekeko tokoa ireo fanamarihana izay nataonareo, somary mafimafy ihany, mikasika ireo fanararaotana sasan-tsasany izay tena tsy tiako tokoa no sady tsy mendrika indrindra koa amin'ny maha-pretra. Tena faniriana tokoa ny hahita pretra tia mivavaka sy feno ny fanahin'ny fahantrana ary ny fanoloran-tena izay tokony ho eo amin'ny fiainan'ny pretra iray manontolo !

Mora manaraka ny fiainan'ny mpanana isika, tena sarotra tokoa ny miala amin'izany, raha vao mahita ny tsirony sy raha vao tafiditra ao anatin'izany fiainana izany isika.

Tsapako ankehitriny fa tena sarotra ny mandrava izay efa nampidirina sy nafantoka ao an-tsain'ireo pretra tanora sy ankizintsika ireo. Tena tsapako mihitsy ny fahasarotan'izany, amin'ny lafiny iray koa dia tsapako ny fahalemeko. Tsy nety takatry ny saiko mihitsy fa zava-dehibe ny fahatongavana ho olona masina mba ahafahana mametraka zavatra ; mba ahafahana mampita kely amin'ny hafa ny fiainana ara-panahy, dia tsy maintsy efa feno ny fanahy masina aloha ny tena. Mitaraina ny fahoriako, ny fahosako ary ny tsy fahalalako aho. Tsapako fa tokony ho izaho aloha no tafihina sy hamasinina, alohan'ny hanamasinana ny hafa.

Mivavàha ho ahy. Misaotra amin'ireo lamesa izay tononinao ho ahy.

Miasa sy mandinika ny bokiko "Mpianatra Marina" aho, manazava izany isan'andro ary dia hanomboka hanao fampiharana izahay izao. Eo indrindra no mety hipoiran'ny olana kely madinidinika.

Hitako ho salama na fara-faharatsiny mba efa metimety i Duret sy Delorme. Nilaza i Delorme omaly fa tsy te-hanao ny famantaranandrony intsony izy, fa efa ampy tsara ny fananana famantaranandro iray lehibe hiombonana. Tsy niombon-kevitra aminy amin'izany hevitra izany i Farissier sy Broche. Rahampitso izahay dia hanomboka hamahavaha ny amin'ny fiombonana fananana eo amin'ny samy Frera. Ho hitako eo izay fomba atao amin'izany, raha ho ampiasaintsika ireo vola kely tahirin'izy ireo manokana. Mila anao aho mba hanampy sy hanohana ahy eo amin'ny fisarahana.

Izao no heveriko fa hataoko : mamita ireo asako momban'ny "Mpianatra Marina", mampandinika izany eo amin'ireo Pretra matotra, ary mandeha miaraka amin'ny faneken'izy

ireo. Ary rehefa tonga eto Rome i Mgr, dia hasehoko azy izany ary dia ho arahintsika ny fitsipika.

Mba omeo kely an'i Masera Marie ity taratasy ity, izay andidiako azy mba hikarakara tsara ireo rahavaviny rehetra ary hanome azy ireo koa sakafo ampy.

Veloma amin'ny rehetra. Mampamangy.

A. Chevrier

Maniry indrindra ireo Masera ireo ny mba hampianaranao azy ireo katesizy indroa isan-kerinandro. Diniho raha afaka manao izany ianao.

149 (84) [8] Ho an’i R. P. Jaricot

[Ho an'i R.P Jaricot, ao amin'ny Providence du Prado, Lyon, France]

J.M.J. [Rome,] 4 Jona [1877]

Ry rahalahy sy namana malala hajaina

Voaraiko ireo taratasinao anankiroa. Tsy maintsy efa ampoizina ny fifandisoana sy ny fifanoherana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny amin'io resaka io. Raha toa mantsy efa nifanekena nialoha dia izay no tsara indrindra. Fa ny zavatra tena mampionona dia isika manao ny asan'Andriamanitra ; Andriamanitra dia efa niaro antsika hatramin'izay ka hatramin'izao ary inoako fa tsy hitsahatra ny tsy ho eo amintsika ny fiarovany. Ny fanoherana nataon'Atoa Richoud dia tsy hanao afa-tsy izay hahatonga ny antson'Andriamanitra ao amin'ireo pretra tanora ireo, haharitra sy ho hentitra kokoa ; raha te-hanala azy ireo isika, kanefa izy ireo mifikitra mafy amin'Andriamanitra, amin'ny asan'Andriamanitra dia ho porofo lehibe izany fa tena antsika marina izy ireo, hanampy antsika anie Andriamanitra ary hanome antsika ny fahasoavany.

Niverina nanohy ny asanao amin'ny fampianarana katesizy indray ianao, tena faly tokoa aho ny amin'izany, tohizo ! Tena asa tsara izany rehefa tanterahintsika miaraka amin'ny fanahin'Andriamanitra.

Mihevitra ny hanainga izahay ny alatsinainy ho avy izao mba ho tonga ny zoma maraina na ny alakamisy hariva raha afaka ; handalo ao Assise sy Lorette izahay, tsy tiako ny tsy hanome an'ireo pretra tanora ireo izany tombotsoa (faveur) izany, hita fa tsy dia mifankaiza loatra ny fandaniana.

Amin'ny faha-25n'ity volana ity ny fihaonana lehibe hiantsoan'i Papa an'ireo Kardinaly

hihevi-draharaha lehibe (consistoire), ny fahatongavan'ny daty faha-14 sy 15 dia hinoako fa hanam-potoana hihaona amin'ny Kardinaly isika alohan'ny hiaingany.

Mahereza. Mivavaha amin'Andriamanitra ary aoka isika hankato ny sitrapony masina amin'ny zavatra rehetra.

Veloma any amin'ireo Masera rehetra, arahaba avy amiko ho an'ireo Andriamatoa rehetra.

Salama tsara ireo Andriamatoan-tsika ary mandefa ho anao ny arahaba.

Izaho ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

Mino aho fa efa lasa Atoa Bernerd ; tsy nanoratra taminy aho, nanoratra ho azy tamin'ny herinandro lasa. Tsy fantatro raha namidy ilay trano Millet, tsy fantatro koa na namidy amin'iza.

150 (85) [9] Ho an’i Rév. P. Jaricot

Ho an'i Rév. Père Jaricot, ao amin'ny "Providence du Prado"
Rue Chabrol, 55, Guillotière, Lyon, Rhone

J.M.J. [Rome, Jona 1877]

Ry rahalahy malala

Hijanona eto Rome izahay mandra-pahatongan'i Mgr le Cardinal. Angamba ny fitsidihanay eto Rome dia hitondra voka-tsoa be ho anay, na vokatra kely. Eo am-pelatanan'Andriamanitra izany rehetra izany. Meteza ianao hanambara lamesa ny amin'io fikasana io, mba hitondra soa eo amin'ny asantsika anie io fitsidihana io ka ahafahanay manomboka amim-pahamalinana ny fiainana tena maha-mpianatra marin'i Tompo sy fiainana mifanaraka amin'ny Evanjely.

Tena hita ho vonona sy tena mikely aina tokoa ireo mpiara-miasa aminay vaovao, hanao izay rehetra azony atao izy ireo mba hitoerany ho tafaray aminay ka hifikitra bebe kokoa amin'ny asa.

Natolotro azy ireo tsirairay ny anjara asany ary mino aho fa hanao izay rehetra azony atao izy mba hanatontosana izany ; asa vita no ahafantarantsika ny mpiasa. Koa amin'ny alalan'ny asa vita àry izany no ahitantsika ny olona nanao ny asa.

Naharay taratasy, avy tamin'ny Masera Veronique izay mirakitra sora-tanana Masera

maromaro koa aho ; hanome valin-teny kely ho azy ireo aho.

Nanoratra ho an'Andriamatoa Bernerd aho, telo andro lasa izay, mba hisaotra azy noho ny amin'ireo vaovao nomeny ahy mikasika ny fiaingan'i Kardinaly, ary dia niangaviako koa izy mba hampandre mialoha an'i mama fa nahemotro 8 andro ny fotoana hodiako noho ny fahatongavan'i Mgr eto Rome. Mba hilazao an'izany ny reniko, dia hilazao koa izy fa salama tsara aho, na dia mafana be aza ny andro, kanefa dia tsy maintsy afaka 8 andro izahay vao ho tonga. Hanainga izahay raha vantany vao avy mihaona amin'i Son Eminence.

Tohizo tsara ny fanaovana katesizy. Mbola tsy afaka nanoratra ho an'Andriamatoa Fayard aho ; mbola tsy fantatro tsara izay fomba hifandaminanay, miankina amin'izay eritreritr'i Mgr izany rehetra izany.

Nanao fiangaviana kely ho anao i Frera Francesco ; angamba izahay tsy afaka ny hitondra taratasy manome fahafahana miaraka aminay, fa izy no handefa izany aminay ao aoriana kely.

Veloma any amin'ny rehetra.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

Lasa any Roma efa 8 andro izay Ramatoa kely i Marguerye, tsy nanome vaovaony anay izy na dia nampanantena anay izany aza. Mino aho fa tsy mbola nisava tanteraka ny rahona. Raha hitanao izy, ambarao azy ny adidiko.

151 (86) [10] Ho an’i R. P. Jaricot

Ho an'i R.P Jaricot, à la Providence du Prado
Rue chabrol 55, Guillotière, Lyon - France

J.M.J. [Rome, 19 Jona 1877]

Ry rahalahy malala

Nihaona tamin'ny Kardinaly, izay nandray anay tsara ary nilaza taminay fa tsy tokony hanahy ny aminy izahay androany hariva.

Hiainga eto Rome izahay androany Atalata hariva ary angamba ho tonga any Lyon amin'ny sabotsy hariva.

Mivavaha ho an'ireo mpandeha.

Vao haingana teo no naharaisako ny telegramanao.

Angataho any amin'ny reniko izany vola 6000 francs izany. Misy vola ao amin'ilay toerana fandohalehako rehefa mivavaka, asa na mety hahita izany any amin'ireo vehivavy ao Montchat izy.

Mety ho tonga amin'ny Asabotsy amin'ny 12 ora sy sasany antoandro izahay, na ny harivan'iny raha toa ka tsy tonga amin'ny antoandro amin'ny 12 ora.

Manao veloma amin'ny rehetra. Mivavaha ho anay.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

152 (87) [11] Ho an’i R. P. Jaricot

J.M.J. [Lyon,] 4 Avrily 1878

Ry namana mpiara-miasa malala

Tsy afaka nahita ny reninao aho raha tsy vao omaly ary izany no antony tsy nahafahako namaly alohaloha ny taratasinao. Tena nalahelo be tamin'ny nandehananao ny reninao, ny olon-drehetra koa toy izany ; kanefa manantena izy, toy ireo olona rehetra izay nilaozanao, fa hamerina anao ho eo anivony ny fitondran'Andriamanitra ary ny fotoana dia tsy hanao afa-tsy ny hahatonga anao ho tena hendry, feno hafanam-po ary ahay hanao ny asan'ireo pretra mahantra izay efa notiavinao hatrizay ary ho amin'izany koa no efa nanandratana anao. Ho ahy manokana, mivavaka amin'Andriamanitra aho mba hanazavany ireo lehibenao sy hanazavany anao koa ary mba ahitan'Andriamanitra eo amin'ny zavatra rehetra ny voninahiny lehibe sy avo indrindra ary ny famonjena fanahy maro. "Andriamanitra sy fanahy maro "dia efa voafono ao daholo ny rehetra, tsinontsinona ihany ny sisa rehetra.Koa amin'izany àry, mivavaha ho anay ry namana malala eo anivon'ny laretirety masina izay ataonao ka raiso ho anay ny tena fibebahana sy ny hasambarana hanao tsara ny katesizintsika, hahay manabe tsara ireo mahantra sy ny tsy mahalala ary ireo nilaozan'izao tontolo izao.

Azo lazaina ho mandroso hatrany ny asa fanasoavana sahaninay ankoatry ny fahabangana tsapa eo afovoanay hatramin'ny nandehananareo.

Salama tsara daholo ireo seminarista rehetra ary manohy amin-jotom-po ny asa fanabeazana.

Mivavaha ho ahy raha sitrakao. Fantatrao tsara mihoatra noho ny hafa rehetra ny hoe toy inona izany filàko izany eo anivon'izao korontan-javatra ilomanosako izao, mila mpiasa

betsaka izahay mba hahazoan vokatra miavosa.

Mivavaka mafy ho an'i Jaricot Momperan'izy ireo ny Maseranareo rehetra ao Limonest, tena ao anatin'ny fitoerana manirery sy fandaozana izy ireo.

Mpampianatra any St Bonaventure i Andriamatoa Cusset.

Miresaka amiko ny amin'ny asa iray sahanin'ireo pretra mahantra ao Alemana ianao ao anaty ny taratasinao. Raha mba afaka manome andinindininy mikasika izany ho ahy ianao dia ho faly tokoa aho ny ahafantatra izany, ho anay manokana tsy afaka ny tena hanomboka marina asa fanasoavana ao amin'ny paroasy izahay raha tsy amin'ireto zaza ao am-pianarantsika ihany ; ary manantena aho fa hahomby izany noho ny fitahian'Andriamanitra : ny fotoana, ny fahasoavana, ny faharetana, indrindra ny fahendrena no handamina ny zavatra rehetra ho amin'ny tsaratsara kokoa.

Mangataka fiarovana ao amin'ny vavaka ataonao aho. Efa fantatro ihany ny hadiovam-ponao ka fantatro fa tsy manadino anay ianao. Mandefa ho anao ny arahaba feno fahatsorana sy fitiavana ny rehetra : ireo mompera eto amintsika, ny reniko, ny ankizy ary ireo Masera rehetra. Tsy manadino anao izahay ary manantena ny hahita anao mba hanampianao indray ho tsaratsara kokoa noho ny teo aloha.

Koa raiso àry, ry namana sady malala, ny fiarahabanay feno fitiavana ao amin'i Jesoa Kristy.

Iangaviako ianao mba haneho ny fanajana feno sy tanteraka amin'i Réverend Père Abbé.

Mangataka fiarovana ao amin'ny vavaka ataonao sy ataon'ny ao amin'ny Kôminiôte.

Ilay nikely aina ho anao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

153 (88) [12] Ho an’i R. P. Jaricot

[Ho an'i Jean Claude Jaricot]

J.M.J. [Prado,] 9 Avrily 1878

Ry rahalahy malala

Nahazoam-bokatra mampitolagaga ny ohatra nataonao !

Nandritra ny andro vitsivitsy izay dia nanambara tamiko i Mompera Duret fa tsy ho afaka ny hampianatra katesizy intsony izy, tsy maintsy mamonjy ny fanahiny izy alohan'ny

zava-drehetra, tsy dia ilaina amin'ny asa tsara toy izao raha olona toa azy, ho hain'Andriamanitra ny hanolo azy olon-kafa, tsy handao ahy Andriamanitra ary mahatsapa ny filana hanao fiatahana masina sy hiasa izy ka tsy maintsy mandeha mankany Grande Chartreuse, tsaratsara ho azy ny mitoetra ho frera sy mikely aina amin'ny asa iray, kanefa tsy mandray ny adidy aman'andraikitry ny Pretra mampatahotra azy io adidy aman'andraikitra io, ary matahotra ny fitsaran'Andriamanitra izy, ary koa rehefa avy mandany taona maromaro any Grande Chartreuse izy dia hiverina indray hatanjaka sy hahazo antoka amin'ny antso izay napetrak'Andriamanitra tao aminy, tsara anefa ny fiantsoana tao amin'ny Prado ka tsy hifidy hafa intsony izy ; kanefa dia tsy maintsy andeha. Ary tsy fantatra raha aorian'izao fitanisana izao raha tsy handeha indray izy.

Manam-paniriana lalandava ny ho lasa misionera i Mompera Farissier ary mampiseho hatrany ny faniriany andeha ho any Chine.

Aleon'i Mompera Broche kokoa i Limonest toy izay ao amin'ny Prado ary hitoetra miaraka amin'Andriamatoa Jaillet izy araky ny hevitro.

Tsy dia matanjaka ara-pahasalamana i Mompera Delorme ka tsy ho afaka ny hiasa irery na dia eo aza ny herim-pony, mila mandany volana vitsivitsy mihitsy izy hitoerana any ambanivohitra ny fandehanan'ireo namany koa dia tena tsy hanome hery azy mihitsy.

Raha toy izao ny fahombiazana dia hiangavy ireo Andriamatoa latinista aho mba handeha any amin'ny Seminaire ; tsy afaka koa aho ny handray indray ireo zaza ireo ho amin'ny kominio voalohany. Tsy manana tanjaka na fahasalamana hanao toy ny teo aloha aho. Nanome ahy mpanampy maro, pretra mpanampy tsara fanahy Andriamanitra, nalainy tamiko indray izy ireny, ho deraina noho ny amin'izany anie ny anaran'Andriamanitra. Hanaporofo amiko Andriamanitra, amin'ny fomba tsy azo lavina, fa tsy mila olona mba hanao ny asany ; lazainareo rehetra fa tsy mila olona Andriamanitra, ka ataony tsara izany tsy miaraka amintsika, tsy azo lavina izany. Inoako fa aorinantsika dia handefa olon-kafa mahay lavitra noho isika ilay Andriamanitra tsara. Izay ihany ny mba fiononako sy hany fanantenako, satria na dia eo aza izany rehetra izany, dia mahatsiaro ory sy tena, onena ihany aho hahita an'i Prado hangadihady ary tsy misy ankizy raha nandritra ny 18 taona izy no toerana nirotsahan'ny hatsembohana, nisian'ny asa sy ny fanahy maro mibebaka.

Mandehana daholo ianareo rehetra mivavaka ary manaova asa fivalozana eny amin'ny toeram-pihibohana. Malahelo mihitsy aho amin'ny tsy ahafahan'ny tenako mandeha any satria mila izany koa aho, ary mihoatra lavitra noho ny anareo amin'ny maha-antitra ahy ka

vokatr’izany be lavitra noho ny anareo ny fahotako, kanefa na tsy mankany aza aho dia mba ho afaka kosa angamba ny ho any St Fons. Ary hanana fiononana aho tamin'ny nampiofanako trappistes sy chartreux ary misionera raha toa ka tsy nahavita nanofana olona hampianatra katesizy, izay heveriko anefa fa ilain'ny vaninandro sy ny fiangonana kokoa ankehitriny.

Mivavàha amin'Andriamanitra, ry namako, ho antsika ary ho ahy indrindra indrindra izay mihevitra fa mba nahavita zavatra kelikely, asa iray, nefa dia hitako ankehitriny fa tsy nanao na inona na inona aho. Enga anie izao fanetren-tena izao mba hananatra ahy ka hanadio ahy amin'ny fahotana vokatry ny fiavonavonana sy ny zavatra hafa tao amin'ny fiainako.

Ilay rahalahinao ao amin'iJesoa Kristy navela eo amin'ny hazo fijaliany.

A. Chevrier

Ho an'ireo pretra efatra voalohany ao amin'ny Prado : Broche, Delorme, Duret, Farisier.

154 (118) Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier

Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier, ao amin'ny Prado, Lyon.

J.M.J. [Limonest, Mey 1878]

Ry rahalahy malala

Lasa any Perron omaly i Masera Marie-Cathérine mba hametraka an'i Pauline be, izay 45 taona ary efa teto amintsika nandritra ny 7 taona. Ary satria izy efa nahavita ny kôminiôny voalohany, dia tokony atao amin'izay, izay hametrahana azy any an-toeran-kafa indray, satria efa tratrantsika ny tanjona ny aminy.

Nanome valin-teny an'i Masera Marie-Cathérine izahay, milaza fa mety izao fotoana izao, satria handeha hitokana trano iray lehibe any Perron izahay, mba hametrahana ireo olona mitovitovy amin-dry Pauline ; kanefa dia tsy maintsy ilaina ny fiarovan'ny Lehibe mpitondra iray ao an-toerana, asa Andriamatoa Monteynard ohatra, izy mantsy dia isan'iray amin'ireny Lehibe mpitan-draharaha ireny. Koa tsy maintsy manana hamoram-po mandeha manatona an'Andriamatoa Monteynard izany ianao alohan'ny andro fiakaran'ny Tompo (Ascension), satria amin'io andro io mantsy ireo Lehibe no hifampila hevitra ny amin'ny

fandraisana ireo olona hampidirina ao an-trano, ary mba niangavy azy hampiditra ny resaka momba antsika.

Tsy tokony ho lazaina ry zareo hoe any Limonest ilay olona fa tenenina fotsiny fa ao amin'ny asa izay iandreketantsika ihany izy, ary satria izy efa nahavita ny kôminiôny voalohany dia tsy afaka ny hitana azy intsony isika. Enga anie Andriamanitra mba hitso-drano an'io dingana io.

Tsy maintsy mila isika taratasy iray avy amin'ny Dokotera manamarina fa adala izy, ary taratasy iray hafa kosa avy amin'ny Kômisera milaza fa tena mahantra izy, ary efa nitoetra teto amintsika nandritra ny 7 taona.

Karakarao tsara ny tenanao mba hahafahanao miasa mandrakariva amin-jotom-po ho voninahitr'Andriamanitra. Amin'ny Alarobia mihaona. Ilay anao manontolo.

A. Chevrier

Indro ampiarahiko amin'ity taratasy ity, taratasy ho an'i Monteynard miangavy azy handray an'io zanatsika io.

155 (119) Ho an’i Claude Farissier

[Ho an’i Claude Farissier]

J.M.J. [1878]

Ry namana sady rahalahy malala

Enga anie Ramatoakely Grivet ka hanohy ireo fanazarana izay nomeko azy tamin’ny taon-dasa, handray ho vakiteny ny fahafoizan-tenan’i Mgr de Ségur ; tsy efa nividy boky maromaro tamin’io izy izay, ho an’ireo latinista. Ilazao izy fa mila boky iray ho ahy amin’io aho.

Hoy ny Evanjely : Manaova soa tsy amim-panantenana na inona na inona. Fotoana hanaovana fampiharana izany izao, ary lesona ho anao koa ny tsy hanaikenao na oviana na oviana hisakafo any amin’ny olona izay omenao fanampiana, satria toy izany matetika no amalian’izy ireny fitia antsika ; kanefa ireny famaliana fitia ireny dia kely ho ekena. *Fampandrenesana*.

Ataovy izay ahazoan'i Masera Agnès sy Rtoakely Thérèse toerana haingana araka izay azo atao ary tsy anadinoana na dia izany aza ny fitiavana.

Ilay anao manontolo, ary dia miarahaba anareo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

156 (120) Ho an'Andriamatoa L'Abbé Farissier

Ho an'Andriamatoa L'Abbé Farissier, Aumônier de la Providence du Prado
Rue Chabrol 55, Lyon Guillotière

J.M.J. [Vichy, 14 Jona 1878]

Ry namana sady rahalahy malala,

Tonga eto Vichy androany hariva tamin'ny 4 ora izahay.

Ao amin'ny Rue de la Chaume, misy an'Andriamatoa Corré-Busson izahay no mipetraka. Eo ho eo ihany ny toe-pahasalamanay.

Mba alefaso kely ho ahy ilay famantarako mamela ahy hitory teny any amin'ny paroasy hafa mba hahafahako mankalaza ny Sorona Masina eny fa na dia amin'ny Alahady ihany aza.

Mivavaha ho ahy ary angataho amin'Andriamanitra ny fahendrena.

Veloma amin'ireo frera rehetra, ao amin'i Jeso Kristy Tompontsika, izay ao anatin'ny fanoloran-tena. Arahaba ho an'ny Masera rehetra. Veloma amin'ireo zanantsika rehetra.

Ho aminareo anie ny fiadanan'Andriamanitra.

A. Chevrier

157 (109) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J. 16 jona 1878

Ry rahalahy malala

Indro alefako aminao ny taratasin'Andriamatoa Thibaudier, mpifanolo-bodirindrina amintsika, izay mangataka amintsika ny fampidirana zazalahy 11 taona ho ato amintsika. Mba ilazao izy fa tena tanora loatra io zaza io, ary tsy mino koa aho fa hoe manana toerana ho azy ianao ; apetrako eo ambany fahendrenao ny fandinihana izany raharaha izany, nefa koa aoka tsy ho fanindriana ireo izay ory sy mahantra na zokiolona mihoatra noho izy. Manàna zotom-po tsara ; ny mahantra sy ny tsy manan-kialofana, ny tsy mahalala sy ny mpanota dia anjarantsika, ary tsy ny kely indrindra no lovantsika, mahità fitia eo imason'Andriamanitra mba hahafahantsika mamita ny asa.

Voaraiko ny famantarana mamela ahy hitory teny any amin’ny paroasy hafa, izay nalefan’i Delorme namana tamiko, misaotra ; afaka nankalaza ny sorona masina aho androany ary nivavaka ho anareo mba hanananareo rehetra ny fanahin’Adriamanitra. Aoka isika tsy hitsahatra ny hangataka isan’andro isan’andro ary hikatsaka eo amin’ny fiainana ny fanahin’Andriamanitra, ny fanoharana ary ny tenin’i Jesoa Kristy Tompontsika. Raha ny amin’ny fiainana ara-materialy dia eo ho eo ihany. Hanomboka ny fanarahana ny fitsaboana amin’ny ranomafana aho, rahampitso Alatsinainy ary hitohy hatrany izany. Raha mba afaka miova ho ranom-pahasoavana ny ranon-tany dia ho tena vontom-pahasoavana tokoa izahay satria avy tsy mitsahatra mihitsy ny orana aty.

Tena mahazendana ny mahita an’izao tontolo izao mikatsaka izay hitazonana ny fiainan’ny vatana. Fitsaboana re izao, fanafody re izao mba hihazona ity fiainana ara-nofo ity. Raha mba manao toy izany isika ny amin'ny fomba ihazonana ny fiainana ara-panahy, toy izany koa ny fikolokoloana sy fikajiana azy, dia angamba asa fotsiny ny fahasalamantsika. Aoka isika hiasa mba hahazo ny fiainam-panahy izay tsy mety lò ary mivavaha mba hitomboako ao amin’ny fahasalamana ara-panahy izay tena ilaina kokoa noho ny fiainana ara-batana, izay lò mandrakariva raha ny amin’ny fiainana anefa tsy mba mety maty.

Eo ho eo ihany ny fahasalaman’ny reniko. Toa efa mihatsara Masera Antoinette, tena ilainy ny fialan-tsasatra.

Omeo vaovao mikasika an’i Prado aho. Raha manome hery sy tanjaka ara-pahasalamana ho ahy Andriamanitra, dia ampiasaiko izany hitoerako andro vitsivitsy any St Fons, mba hiasana ho an’ny asantsika ary koa mba handraisana ny fanahin’Andriamanitra, izay heveriko fa tsy maintsy tokony ho eo anivontsika.

Ampitao amin’i Mompera Jaillet sy Mompera Dutel ary Mompera Jacquier ny arahabako feno fanehoam-pitiavana. Mino aho fa tsy mbola tafaverina Mompera Bernerd ; raha efa tonga moa izy dia aza hadino ny mampatsiahy azy ny amiko.

Veloma ao amin’ireo frera rehetra, amin’ireo zanatsika, na ireo tao amin’ny kominio voalohany izany na ireo ao amin’ny sekoly fianarana ho pretra.

Veloma amin’ireo Masera rehetra izay miasa ho an’Andriamanitra sy manampy antsika amin’ny asa izay ataontsika. Veloma amin’ireo ankizivavikelintsika rehetra ary koa amin’ireo izay miraiki-po amintsika ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

Arahaba feno fitiavana ho an’Andriamatoa Chamba sy ireo ao amin’ny lehiben’ny

fitsinjaram-paritra misy antsika.

Aoka isika hivavaka mba hampitombo ny asan'Andriamanitra sy mba hivelaran'izany amin'ny alalanareo, ka mba hitomboanareo koa ao amin'ny fahakelezana sy ny fanetren-tena, mba hahatongavanareo ho tafatombina tsara eo amin'ny asan'Andriamanitra ary dia hianatra bebe kokoa ny amin'ny fanaovana katesizy amin'ny mahantra ianareo, hampianatra ny tsy mahalala ary hikely aina ho an'ireo malahelo.

Mivavaha ho ahy, tsy mitsahatra ny mivavaka ho anareo koa aho.

Ho amintsika rehetra anie ny fanahin'i Jesoa Kristy Tompontsika ka hampamoa antsika ao amin'ny fanaovan-tsoa.

A. Chevrier
Rue de la Chaume, Maison Corré Busson, Vichy, Allier

158 (121) Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier

Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier, Aumônier de la Providence du Prado
Lyon, Guillotière

J.M.J.

Ry rahalahy malala

Mamaly ireo fanontaniana rehetra izay napetrakareo tamiko tao anatin'ny taratasinareo farany aho izao.

Mba mandefasa taratasim-bola mitentina 120F any amin'ny Paositra ho an'i Maurice Daspres ao amin'ny Séminaire any Grenoble. Raha ny amin-dRamatoakely Marmoiton indray dia aoka ny fianakaviana no hifampidinika amin'io fikambanana io, amin'ny resaka saran'ny kilasimandry, tsy anjara andraikitsika izany. Raha tsy mahazo antoka loatra ny fikambanana, araka ny filazanao azy, dia ilazao izy mba hifindra any amin'ny toeran-kafa.

Ny momba an'i Abbé Clerc indray, omeo asa hiandraikitra ireo ankizilahikely, toy izay efa nataonareo izy, asa tsara tokony hatao izany, ary tsy maintsy manao asa soa mandrakariva isika, tokony ho fialofan'ny mahantra, ny reraka, ary ireo halan'izao tontolo izao ny tranontsika. Avia aty amiko ianareo izay reraka, fa izaho hanamaivana anareo. "*Ante omnia charitatem mutuam habentes et continuam*." Raha sendra solafaky ny hadisoana ny rahalahinao, areno amim-panatren-tena izy, amin'ny fiheverana fa raha tojo ny mahazo azy toy io ianareo, dia hanao toy izany avokoa. Toy inona no ahazo antsika raha tsy manohana

antsika ilay Andriamanitra tsara ; ny tranontsika dia fialofan’ny mpanota, na iza na iza izy ary aoka isika hifaly amin’ny fandraisana sy ny fanampiana azy ireo. Eny ! Tena fanomezana tsara indrindra no ataoko aminareo satria manolotra fomba iray ampiharana ny fanetren-tena sy fitiavana aminareo aho. Tsy ahoantsika izay holazain’izao tontolo izao raha tahiny ka manao ny soa isika.

Raha ny amin’ny fanomezana vola an’i Masera Madeleine indray dia efa napetrako any amin’Andriamatoa Dutel izany, ka aoka izy hangataka izany any aminy ; kanefa aoka kosa izy tsy hanao fandaniana tsy nahazoana alalana avy amin’ireo lehibeny. Tsy mahazo manao mihoatra izay tokony hataontsika isika.

Naharay taratasy avy any amin’i Perrichon, izay alefako avy hatrany any amin’i Abbé Delorme aho.

Ny amin’ny fitsidihanareo any Vichy dia ho faly tokoa aho ny ahita anareo ; kanefa alohan’ny ahatanterahana ny rendrarendra dia tsy maintsy jerena izay tena ilàna izany. Tsy maintsy miasa amim-pahantrana isika eo amin’ny zavatra rehetra. Tena malahelo ihany aho tamin’ny fanehoako fihetsika fa manana tamin’ity indray mitoraka ity, tamin’ny fahatongavako taty, satria tsy toeran’ny mahantra aty.

Mba lazao ahy raha ao Lyon ry Ramatoakely Dussigne isany, ary raha ao izy dia miangavy anao aho mba haneho amin’izy ireo ny arahabako sy ny fanehoam-pankasitrahako azy ireo, sy mba hanome vaovao ahy mikasika azy ireo.

Nahita an’i Mompera Bernerd, izay tonga nijery ahy tany Vichy ary tsy maintsy hody androany any Lyon aho, tamin’ny Asabotsy teo. Ampitao aminy ny arahabako sy ny fanehoam-pitiavana avy amiko ho azy. Mandefasa taratasim-panadinana mikasika ny asan’ny saina amam-panahy ho ahy mandika ny katesizy aho izao, ary tena ilaiko tokoa io taratasim-panadinana io.

Mitadiava mpanao hosodoko ary asaivo ataony dika roa mitovy tsirairay ireo tabilao ao amin’ny lasapely manokana : Ny tranon’omby sy ny tabernakila, mba hahafahako mametraka azy ireo any St Fons sy ao amin’ilay efitrano fandraisam-bahiny vaovao ; asaivo ataony mitovy refy amin’ireo tabilao alainy tahaka ihany.

Mba lazao ahy hoe aiza ho aiza isika izao amin’ny fahazoana an’ilay tany ao ambadiky ny lakozia. Asio gorodona ao amin’ilay efitrano fandraisam-bahiny vaovao raha vantany vao maimaina mba hahafahantsika mampiasa io efitrano io. Asaivo lokoin'ny mpandoko trano mitovy loko amin’ny varavarana ny varavaram-pitaratra mitanambokovoko. Raha tsy diso

aho dia Andriamatoa François no nandoko io varavarana io.

Diovy i St Fons mba hahafahan'ireo antoko faha-3 tonga manao ny laretirety tsy ho ela.

Izay no ambangovangony amin'ireo hafatra tiako hampanaovina.

Hanoratra ho an'i Masera, Mompera Jaillet, Mompera Jaricot aho. Tena menatra mafy mihitsy aho miaina ao anatin'ny tsy fanaovana na inona na inona, kanefa ianareo miasa, ianareo izay zara raha ampy hanatanteraka ny asa. Miasa mamerina mandika ny katesizy, izay tokony ho raharaha lehibe ho antsika aho. Mivavaha amin'Andriamanitra ho ahy, tsy manadino anareo isan'andro aho. Salama tsara aho, mivavaha indrindra indrindra ho amin'ny fahasitranan'ny fanahy mba hahafahako mamita ny asan'Andriamanitra, tena zava-dehibe izany, fa ny sisa dia tsinontsinona ihany.

Veloma amin'ny rehetra, amin'ny daholobe sy amin'ny tsirairay ; tsy manadino anareo aho ary miaraka aminareo mandrakariva, amin'ny firaisana amin'i Jesoa Kristy ilay Mpampianatra antsika.

A. Chevrier

159 (110) Ho an'i François Duret

[Ho an'i François Duret]

J.M.J.[Vichy, fiandohan'ny volana Jolay 1878]

Ry namana sady rahalahy malala

Misaotra amin'ny taratasy mahafinaritra nalefanao ; raha nanakana anao tsy hanoratra ireo frera fetsifetsy tamin'ny anjaranao, dia voaonitra kosa ianao ankehitriny amin'ny fanoratanao taratasy lava be.

Aoka ianao ho mirana sy maha-te-ho tia mandrakariva, toetra iray an'ny mpanompon'Andriamanitra izany. Mandroso ny fotoana, miha-ela amiko ny fotoana hiverenako eo anivonareo, izay tena fianakaviako. Mihisatra ny fotoana ho an'ny raim-pianakaviana lavitra ireo zanany sy ny andian'ondrikeliny ; hiverina eo aminareo indray àry aho, hatanjaka sy ho salama kokoa, fa tsy toy ny toe-batako tamin'ny fiaingako, na dia mbola tsy tena mody tanteraka aza ny toe-pahasalamako, satria mbola betsaka ny sakafo tsy levoko ka tsy maintsy fidiana ; kanefa tsy manakana ahy tsy hihatsara izany. Koa hody àry aho amin'ny Alatsinainy hariva ho avy izao amin'ny 3 ora sy 20 mn. Handeha fiaran-dalam-

by miainga amin’ny 9 ora sy sasany ao Vichy izay mba hamonjy ny fiaran-dalam-by mankany Paris St Germain-des-Fossés.

Efa mihatsara i Masera Antoinette, salama koa ny reniko, efa mba eo ho eo ihany ny fahasalaman’i Jenny, hoderaina noho izany Andriamanitra ; salama vatana, raha mba toy izany koa re ny fahasalaman’ny fanahy, ny fanahy mantsy no manana ny tena fiainana.

Koa ho am-pifaliana tanteraka indray no hahitanay an’i Prado mahantrantsika, ary indrindra moa ireo izay mitoetra ao aminy.

Mba ilazao kely ange azafady Andriamatoa Suchet mba ho tonga eny amin’ny gara, miaraka amin’ny fiarany mba hitondra ireo entakelinay. Tsy maintsy ampandrenesina andro vitsivitsy mialoha izy, mba tsy ho ampitson’ny ahatongavanay vao ho tonga ; tena olona tsara fanahy iny Mompera Suchet iny, ary mety ho izy mihitsy no ho lasa alohantsika any amin’ny Paradisa, angamba mety ho lasa aloha loatra izy eo amin’ny lalan’ny fiainana ara-panahy noho ny amin’ny fiainana ara-nofo.

Manana taratasin’olona maro aho eto ambony latabatra amin’izao fotoana izao, miisa eo amin’ny roapolo eo ho eo farafahakeliny, lazao amin’ireo olona manoratra ireo, fa amin’ny herinandro ambony dia homeko ny valiny am-bava izy ireo.

Misaotra an’i Broche namana malala aho amin’ny taratasy nalefany izay manome ahy ny antsipiriany ny amin’ny kilasiny sy ny amin’ireo olona maro hafa koa izay mahaliana ahy ny aminy. Miangavy anao aho mba haneho amin’i Mompera Jaillet ny fanajako azy ary inoako fa hahay hionona izy amin’ny fahaverezan’ilay ombivavy izay mpanome ronono tsara antsika rehetra. Tsy maintsy mankasitraka an’Andriamanitra isika amin’ireo asa soa rehetra nataony indrindra moa ny amin’ireo biby izay nomeny antsika mba hanampy sy hamelona eo amin’ny filantsika.

Hanome valin-taratasy an’i Farissier namana aho amin’ireo zavatra maro samihafa izay nambarany ahy tao amin’ny taratasiny farany.

Atolotro ho an’i Mompera Dutel ny fanajana, mampamangy any amin'i Mompera Jacquier.

Veloma amin’ny rehetra mandra-piandry ny fotoana izay hanorohako anareo am-pitiavana, mba hiarahantsika miasa ho amin’ny fibebahana sy ny fahamasinantsika.

Arahaba ho an’ireo Masera sy ireo zanatsika rehetra.

Mivavaha ho anay, na marimarina kokoa misaotra amin’ireo vavaka tsara nataonao.

Ilay rahalahinao mikely aina ao amin’i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Fantatro fa any Roanne i Mompera Berne.

160 (122) Ho an’i Andriamatoa L’Abbé Farissier

Andriamatoa L’Abbé Farissier, Aumônier de la Providence du Prado
Rue Chabrol 75, Lyon Guillotière

J.M.J. [Vichy] Androany 6 jolay 1878

Ry rahalahy malala

Mba ilazao kely ange Ramatoa Mioche fa tsy afaka ny ho any Lamothe aho, ary tsy afaka mandao ela ny ato an-trano, ary rahafak’ampitso maraina, Alatsinainy faha-8-n’ny volana Jolay dia hody any amin'ny Prado aho amin’ny fiaran-dalam-by miainga amin’ny 3 ora sy sasany.

Misaotra azy betsaka tokoa aho amin’ny fanasana feno fitiavana avy aminy, kanefa tsy ho afaka ny hanampy azy na amin’inona na amin’inona aho ary manana ny asan’Andriamanitra hotanterahina mialoha ny zavatra rehetra aho ; samy manana ny asany ny tsirairay.

Arahaba ho an’ny rehetra

ary ho aminareo rehetra anie ny tso-dranon’Andriamanitra.

A. Chevrier

161 (123) Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier

Ho an'Andriamatoa Abbé Farissier, ao amin'ny "Providence du Prado", Lyon

17 Septembra 1878

Ry rahalahy malala

Tena faly tokoa aho fa voalaminao ny raharaha niaraka tamin-dramatoakely Chapuis. Inoako fa handeha tsara ny zavatra rehetra, ny famangivangiana matetika dia mahatsara kokoa noho ny zavatra sisa rehetra.

Raha ny amin'ilay mpanao trano indray, dia azony atao ny mandalo ao amin'Andriamatoa Jutton mba hametraka ireo ranon-tany, satria efa nifanarahana izany. Efa nifanarahana koa fa hanangana hatreo amin'ny antsasaky ny trano, rindrina atao fefy mirefy

3 metatra ny haavony, ary 50 santimetatra ny sakany, isika. Jereo kely miaraka amin'ny mpandrefy tany ny fetra voatondro sy haka 25 santimetatra avy, ny an'ny mpifanolo-bodirindrina amintsika ary 25 satimetatra avy amin'ny antsika.

Tokony ho ny tompom-pananana anankiroa no hanefa izay rehetra ilaina amin'ny fanaovana rindrina, tsy maintsy atao amin'ny vato izy io, tahaka ireo fefy sisa rehetra manodidina.

Misaotra amin'ireo iraka tontosa tsara nataonao.

Veloma amin'ny rehetra ary mampamangy.

A. Chevrier

Tsy misy valopy. Tsy misy mofo atao fitomboka.

162 (138) Ho an'i Nicolas Delorme

[Ho an'i Nicolas Delorme]

[1878]

Tena mahasoa ny famaizana ara-batana, kanefa mbola mahasoa lavitra kokoa noho izany ny famaizana ara-panahy, koa tsy maintsy haintsika tsara izany ny mandray zavatra sasany mihatra eo amin'ny fiainantsika am-pandanjalanjana sy am-pahamalinana fatratra ary manaiky ny hafa am-pifaliana sy am-pitiavana mba ho an'ny fahamasinan'ny tena. Tena tiako tokoa ny hahita anareo hanaiky ireo famaizana tena mahamenatra izay mifanohitra amin'ny sitraponareo, ianareo rehetra ireo dia samy mpilatsaka an-tsitrapo sy mahaleo tena avokoa, tsy dia manara-dalana loatra ao amin'ny fiainanareo, dia tokony hampatonga antsika ho masina sy ho mendrika ho an'ny hafa ireo famaizana ampiharintsika amin'ny tenantsika.

Tiako ny handraisanareo am-pahamarinana tsara ho fibebahana ny fanambaranareo izay voarakitra ao amin'ny boky misy tonom-bavakareo : fivavahana maraina, fiaretan-tory, fandinihan-tena ao anatin'ny fotoana fohy, maraina ; tsy tiako ny hivoahanareo tsy nahazo alalana, ataovinareo izay ezaka farany ambony ho amin'ny fanatontosana ireo fanazarana tanterahinareo ; ka mba hahatonga anareo ho mpanara-dalana eo amin'ny fanazarana izay tanterahana ao an-tsekoly.

Raha diso tamin'ny fanazarana iray ianareo na tamin'inona na tamin'inona izany, dia aoka hiampanga ny tenanareo ary mangataha famaizana.

Fa raha ny amin'ny famaizana ara-batana indray dia tsy mamela anareo hanao ireo

rehetra notondroinareo aho. Fantatrareo tsara ny fomba nandaozan'i Genon mahantra antsika ; te-hanao zavatra betsaka amin'io karazana famaizana io izy, izany anefa tsy nahazoany alalana, ary na dia teo aza ny ezakay, dia maty noho ny nataony ihany izy.

Koa hitako àry fa tena tafahoatra loatra ny famaizana ataonareo, hahenanareo araka izay efa nanaovako fanamarihana tery ambony izany.

Aoka isika isan'andro hangataka ny fanahin'Andriamanitra mba hitari-dalana sy hitondra antsika ao amin'ny lalana marin'ny fanetren-tena, fibebahana, fahantrana, fitiavana ka hampatonga antsika ho masina.

Fa i Jesoa ilay mpampianatra antsika anie no hitahy ka hampitondra vokatsoa anareo.

A. Chevrier

Ho an'ireo manam-pahefana mpitondra fiangonana

163 (58) Ho an'i Mompera Bruno, Capucin

Ho an'i Mompera Bruno, Capucin

J.M.J.

Révérend Père,

Voaraiko fotoana vitsivitsy lasa izay ireo fanomezana alalana avy amin'i Ara Coeli, azoko ampiasaina ve izy ireo ? Tsy namaky tsara ireo an-dalan-tsoratra farany, izay mirakitra fepetra aho *ubi fratres*....ary dia nitso-drano lakroa maromaro ho an'ny famelan-keloka avy amin'ny lalan'ny hazo fijaliana. Inona ny hatao ?

Voninahitra ho ahy, ombam-panajana feno sy tanteraka,

ny ho tonga mpanompo mikely aina sy ho rahalahinao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

164 (60) Ho an'Andriamatoa Orcel, Vicaire général

[Ho an'Andriamatoa Orcel, Vicaire général]

J.M.J. [24 Febroary 1870]

Ho an'Andriamatoa Vicaire général,

Tonga indraindray mba hitori-teny eto amin'ny paroasikelinay eto Moulin à Vent ireo Mompera Carmes. Mety hahita fomba izy ireo amin'ny fampikofesena, raha toa ka manana

fahefana ny amin'izany.

Meteza ianao hanana famoram-po hanome azy ireo fahefana ahazoany manao izany fampikônfesena izany rahatrizay ka hiverina hitsidika anay indray izy ireo ; mety hanampy anay izany, ary hanampy koa ireo olona ao anaty paroasy.

Voninahitra ho ahy, arahim-panajana feno sy tanteraka
ny ho tonga mpanompo tsotra sy feno fanajana anao.

A. Chevrier
au Moulin à Vent, par Vénissieux

165 (524) Taratasin'Atoa Orcel, nadikan'i Mompera Chevrier

[Taratasin'Andriamatoa Orcel, nadikan'i Mompera Chevrier]

[2 Avrily 1873]

Mompera Chevrier hajaina,

Renay fa nisy pretra nanangana ampahibemaso "Tiers-ordre de Franciscains"anankiray ary nanome ny akanjon'io "ordre"io tao amin'ny fiangonana ao Moulin à Vent, tsy nisy fanomezan-dalana avy tamin'ny Evêché. Nalaza be io resaka teo amin'ny manodidina.

Tsy isalasalana fa zava-poana izany rehetra izany eo imason'Andriamanitra sy eo anatrehan'ny lalàna. Voalaza mihitsy aza fa misy ny fanaraha-maso akaiky ny amin'izany, izay zavatra tsy dia inoako loatra.

Tsy te-hanala baraka ilay pretra izay nanao izany fihetsika izany izahay, amin'ny fampahafantarana, fitsinontsinoavina ny zavatra nataony, fa hiangavy anao kosa Mompera mba hanoro hevitra azy tsy hatoky loatra ny tenany sy hanome haja bebe kokoa ny lalàna mifehy ny Eglizy. Ho feno fankasitrahana anao tanteraka izahay, amin'ny fanampiana izay ataonao amin'io raharaha io sy amin-javatra hafa, ry Ray malala ary dia miangavy anao koa izahay hanaiky ny fanehoam-pitiavana feno fanajana avy aminay.

Orcel V.G.

166 (534) Ho an'Atoa... Vicaire général

[Ho an'Atoa... Vicaire général]

J.M.J.

Andriamatoa Vicaire général,

Manana izahay eto amin'ny paroasinay eto Moulin à Vent (akaikin'ny Venissieux), vehivavy iray mainty fihodirana izay mpanampy ao amin'iray amin'ireo olona tsara fanahy mpiray tanana aminay, eo amin'ny efapolo taona eo izy. Afaka nampianatra azy ny hevitra fototra ny amin'ny fivavahana izahay, no sady mihevitra koa fa azo atao batemy izy.

Mety hanananao ve ny fahamoram-po hanome alalana anay hanolotra azy ny batemy masina mba tsy ho diso anjara an'io sakramenta io ela loatra izy.

Voninahitra ho ahy, ombam-panajana feno Andriamatoa Vicaire général, ny ho tonga mpanompo mpanetry tena sy mpankato anao.

A. Chevrier
au Moulin à Vent

167 (61) Ho an'Atoa Pagnon, Vicaire Général

[Ho an'Atoa Pagnon, Vicaire Général]

J.M.J. [Novembra 1873]

Andriamatoa Vicaire général

Meteza ianao hanana ny fahamoram-po hanome anay ny fahefana mba hanafaka ireo olona rehetra tafalatsaka ao anaty hadisoana, izay miteraka sakana eo amin'ny fombafomba amin'ny fanambadiana ? Na farafahakeliny mba ho an'ny sasan-tsasany ihany aza. Tena feno fankasitrahana anao tanteraka aho ho an'ireo mpanota.

Voninahitra ho ahy ombam-panajana feno ny ho tonga mpanompo feno fanetren-tena sy mikely aina ho anao.

A. Chevrier

Raha tsy mahadiso dia mba saika hanontany izahay raha mba hanana fahasambarana ny handray an'Atoa Ardaine hanampy anay ato amin'ny Prado ary raha afaka manomana efitrano ho azy koa izahay.

168 (62) Ho an'i Mgr Thibaudier, Evêkan'ny Sidonie ao Lyon

Ho an'i Mgr Thibaudier, Evêkan'ny Sidonie ao Lyon

J.M.J. Lyon, 8 Novembra 1875

Monseigneur,

Teo amin'ny faramparan'ny volana Mey lasa teo, "Votre Grandeur" dia nanana hatsaram-po nanampy hafatrafatra feno fitiavana tamin'ny fangatahana famindram-po, izay nangatahanay am-panetren-tena tanteraka tamin'ny Papa Ray Masintsika, tombotsoa mba hiara-miaina ao anaty kominiote, eo ambany fifehezana sy ny fitsipika mifehy ny "Tiers-ordre de St François"ary neken'i Léon X. Nanaiky hanome anay ny tso-drano avy amin-dRay i Papa Ray Masina, ary hametraka ny fangatahanay famindram-po any amin'ny "Sacrée Congregation des Evêques et Reguliers".

Mamelà anay Monseigneur, mba hiangavy anao hanohy hatrany ny fiahianao anay eo anilan'ny St Siège, mba hahafahanay miara-miaina ao anaty kominiote, mba hahasoa ny asanay sy ho famonjena ny fanahinay.

Meteza ianao hankasitraka ny arahaba feno fanajana ambony indrindra miaraka amin'izany. Izaho, Monseigneur manaja ny fahambonianao, ilay mpanompo tena manetry tena sy faran'izay mpankato indrindra.

A Chevrier, Ao "Tiers-Ordre de St François"
Aumônier du Prado, ao Lyon.

169 (63) Kopian'ny taratasy nosoratan'i Mgr Thibaudier

Kopian'ny taratasy nosoratan'i Mgr Thibaudier, noho ny fangatahana nataonay tany Rome

9 Novembra 1875

Ry malala Andriamatoa Chevrier,

Fantatrao tsara fa tena nankasitrahin'ireo namana "Diocèsaine"tao Lyon tokoa ireo asa soa maro samihafa notanterahinareo. Efa nasehoko izany tamin'iray amin'ireo fangatahanareo famindram-po tao Saint-Siège. Ambarako mazava tsara sy amim-pitiavana lehibe fa raha mbola tsy miseho aminay ho manana toetoetra tsy mazava sy tsy mafy orina mba handray avy any Rôma ny fanamasinana "Congrégation Religieuse"araka ny fomba fahita eto Frantsa, io fikambanam-pivavahanareo io, na ianareo koa Mgr Arsevêka sy ireo mpikambana ao amin'ny fiadidiany, dia ho faly tokoa aho hanome anareo fahasoavana sy famindram-po mifanaraka amin'ny fangatahana nataonareo, izay miaraka amin'ity, mba ho eken'ny Ray masintsika ny fanolorana izany ho anareo, ary koa ho an'ireo olona izay miara-miaina amim-pitiavana tanteraka aminareo.

Odon, évêque de Sidonie, auxiliaire de Mgr l'Arch.

Taratasy ho an’ny Maseran’ny Prado 1859-1879

Ho an’i Masera Marie

170 (159) [1] Ho an’i Masera Marie

J.M.J. 29 Jona 1869

Ry Masera malalako isany, ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika,

Misaotra anareo betsaka aho amin'ny vavaka ataonareo, ho an'ny fahasalamako. Inoako fa namaly ny vavakareo Andriamanitra satria efa miha-tsara aho izao. Maniry ny mba ho salama tsara aho, ahafahako mamita ny asa izay nomen'Andriamanitra ahy hatao. Mihatsara aho mba hiasa amin'io asa ara-panahy io ary hanome anareo koa avy eo ny fanahin'i Jesoa Kristy Tompontsika ka ahafahanareo mahavita tena irery ao amin'ny asan'Andriamanitra. Izay ihany ny faniriako. Aoka ho tsorina fa tena mbola lavitra be io fananana ny fanahin'Andriamanitra io, izay tena ilaina mba ahatonga anareo ho ankizivavin'ny Tompo, mainka moa izany hoe : famolahan-tena tanteraka izay angatahin'i Jesoa Kristy Tompontsika amintsika mba ho azy tanteraka ary hanara-dia azy ao amin'ny fitiavana, fanetrentena, fahamoram-panahy ary fahafoizan-tena. Tsy ahadiso anareo tanteraka izany, satria inona moa no hainareo raha tsy hampianarina ianareo izany ? Anjarako ny mampianatra anareo. Koa raha tsy misy famelabelarana ara-panahy isan-kerinandro, ary matetika, dia hitoetra ho olona osa eny foana isika, velombelom-poana araka ny filaza, toy ireo olona eo anivon'izao tontolo izao. Ary raha tsy izaho mihitsy no manome ohatra anareo amin'ny hatsaram-panahy rehetra dia ho tsinontsinona isika eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy maintsy mirotsaka miasa mafy isika, ary amin'ny fo ahatonga antsika ho olona masina eo am-panarahana ny dian'i Jesoa Kristy Tompontsika. Mivavàha amin'Andriamanitra mba ahafahako miasa, ho amin'ny fahamasinan'ny tenako sy amin'ny fahamasinan'ny tenanareo koa, satria tena mampalahelo sy mampisento ny ati-fanahiko lalina ny mahita izao toetrantsika izao ; isika izay tokony ho tsotra, hafàna fo, ho be fitiavana ary ho feno fankatoavana, tena mahantra, araka ny fanahin'Andriamanitra. Aoka isika hivavaka satria mila fahasoavana be dia be mba hibebahana ary indrindra koa mila olona iray izay afaka hanao fanentanana masina hitarika antsika eo anatrehan'Andriamanitra isika.

Io no tsy maintsy hangatahantsika amin'ny fivavahana ambonin'ny zava-drehetra, fa ny sisa dia tsinontsinona. Fantatro fa misy ao aminareo manana fandavantena tsara, ary tena tapa-kevitra tokoa ny hitia an'i Jesoa Kristy Tompontsika. Mahereza àry ianareo amin'izany fanapahan-kevitra tsara izany ary miasà mba hanana ny famolahan-tena izay fahasoavana voalohany omen'Andriamanitra, ka ahatonga antsika ho hendry sy hanaraka ny lalan'Andriamanitra.

Amin'ny manaraka indray. Hitahy anareo anie i Jesoa Kristy Tompontsika ka hanome anareo rehetra ny fiadanany.

A. Chevrier

171 (160) [2] Ho an’i Masera Marie

[1870]

Ry zanako malala,

Vitao mialoha ny torohevitra foana ny andraikitra.

Raha ny momba ny fitokanana samirery dia tsy maintsy atao izay ahitana izany ao am-pò, eny fa na eo anivon’izao tontolo izao aza.

Ny tena fiomànana tsara amin’ny famotsorana ao amin’ny kônfesy dia ny fitiavana an’Andriamanitra sy ny fanetren-tena.

Rarao tsy hifady hanina i Masera Claire ary aza avela hiasa be loatra izy.

Ho aminareo anie ny fitiavana.

A. Chevrier

172 (161) [3] Ho an’i Masera Marie

[1874]

Ry zanako malala

Ekeo izay angatahin’i Cécile.

Tena mila famindram-po be izy mba hahafahany mitoetra.

Karakarao am-pitiavana sy feno hatsarampo izy amin'izay mantsy rehefa handeha, dia tsy hitahiry afa-tsy ireo fahatsiarovana tsara ny aminareo ka ho afaka ny hiverina indray any aoriana any.

Alefaso mody i Marie lavabenao satria efa nifanarahana tamin’ny ray aman-dreniny

izany ; hitondra vehivavy iray hafa ho anareo izahay amin'ity herinandro ity.

Hitso-drano sy hanampy anao anie Andriamanitra.

A. Chevrier

173 (162) [4] Ho an'i Masera Marie

[1875]

Nandositra niala tao an-trano i Masera Philomène tsy te-hanao ny anjara raharaha sy hizaka ireo fandrarana madinidinika ataon'i Masera Antoinette, na dia efa nilazako aza izy mba hanana faharetana mandra-pahatongan'ny kôminio voalohany koa amin'izay vao ho hitako eo izay hatao.

Koa ianao àry izany dia tsy tokony hiasa saina ny aminy mihitsy na dia kely akory aza ary karakarao toy ireny vahiny mandalo ireny izy, satria nandeha fotsiny tamin'izao tany Limonest tsy nisy fahazoan-dàlana akory na avy amiko na avy amin'i Masera Thérèse izy.

Hitahy anao anie Andriamanitra.

Tsy manana olon-kafa izao izahay hanampy an'i Masera Antoinette.

A. Chevrier

174 (163) [5] Ho an'i Masera Marie

[1877]

Ry zanako malala

Tsy maintsy miaina miray fo tanteraka amin'i Jesoa Kristy Tompontsika ao amin'ny Sakramentany masina ianao fa eo no ahitana fiadanana, fifaliana, fahafaham-po. Ataovy tsara daholo ny asanao rehetra mba hahita sitraka amin'ilay Tompontsika izay nientanim-pitiavana ka naniry hiara-mitoetra lalandava eo anivon-tsika ianao.

Eritrereto hoe manana fanahin'olona vitsivitsy izay tsy maintsy hampiainana indray ny amin'i Jesoa Kristy Tompontsika ao anatiny ianao amin'ny alalan'ny fahasoavana ary hametrahana ao aminy indray ilay endrik'Andriamanitra izay voakosoka. Koa misikinà herim-po mba hahatontosanao tsara ny andraikitrao.

Mahereza, matokia, mahità fitiavana ao amin'i Jesoa Kristy izay Mpampianatra antsika, mpanafaka antsika ary mpampiray ny fontsika.

Mitso-drano sy mivavaka ho anao aho.

A. Chevrier

175 (164) [6] Ho an’i Masera Marie

Ho an’i Marie Maseranay ao Saint André

J.M.J. [Avrily 1877]

Voaraiko tamin-kafaliana tokoa ny taratasikely nalefanao izay misy ireo voninkazo sy eritreritra ara-panahy avy aminao. Enga anie ilay Mpampianatra tsara, ilay Andriamanitra mpikarakara zaridaina mba hikolokolo ka hampitombo ao aminao ireo voan'ny hatsaram-panahy, na tamin’ny alalan’ny Batemy izany, na tamin’ny kôminio voalohany. Tondraho isan’andro ireo voninkazo ara-panahy ireo amin’ny alalan’ny ranom-bavaka sy vavaka tsotra dia hitombo amin’ny fitiavan’i Jesoa Kristy Tompontsika ianao ary dia ho tonga zaridainan’Andriamanitra marina tokoa. Aza avela haniry ka hitombo ireo ahi-dratsy, ongoty izy ireny ary amboleo voninkazo tsara hafa ho solony.

Koa mahereza ary mahareta. Mivavaha ho ahy, mivavaka ho anao koa aho ary mangataka amin’Andriamanitra mba hanomezany anao ny fiadanany sy ny fitiavany.

Mitso-drano anao aho. Aoka ho hendry lalandava.

A. Chevrier

176 (165) [7] Ho an’i Masera Marie

[Rome Marsa-jona 1877]

Efa ho tapitra ihany ity ny taratasiko nefa tsy mbola misy zavatra na dia kely akory aza nambarako an’ireo Masera malalako ao Limonest sy ireo ankizivavikeliko izay hanao ny kôminio voalohany. Ambarao azy fa manao veloma madinidinika azy rehetra ireo aho ary miarahaba azy ireo ao am-pon’ilay Andriamanitra tsara ; fa na lavitra na akaiky dia miombona aminareo rehetra aho mba hivavaka ho anareo ary mangataka fiarovana ao amin’ny vavakareo aho.

Indro andefasako ravin’oliva avy amin’ny sampan-kazoko ianareo ary aoka io ravin’oliva avy any Rôma io hitondra fiadanan’Andriamanitra ho anareo, hafaliana, fanantenana toy ilay voromailala tamin’ny andron’i Noe fahiny.

Tsy dia tsara loatra ny fahasalamanareo nefa moa anjaran’ny vatana ny mijaly ; fa isika no tsy maintsy mifanampy tsara mba hahay hitondra fijaliana ka hahatonga azy ho mendrika,

ho loharanom-pahasoavana amin’ny alalan’ny faharetana sy fitiavana ao amintsika ; enga anie Andriamanitra hanampy anareo rehetra ary hanala alahelo anareo amin’ny andraikitra sy fahoriana manjo anareo amin’ireo fijaliana isan-karazany. Fantatrareo tsara moa fa ny faharetana mangirifiry eto an-tany no ahazoantsika voninahi-dehibe any an-danitra.

Mangataka fiarovana ao amin’ny vavakareo aho mba hanao ny sitrapon’Andriamanitra mandrakariva amin’ny zavatra rehetra, ary IZY anie hanome ahy ny Fanahiny. Antsoy hirotsaka amintsika ny tso-dranon’ny lanitra, miantso azy ho aminareo aho, izaho izay mikely aina ho anareo sy mpanompo sambatra ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

177 [166] [8] Ho an’i Masera Marie

[1878]

Ry Masera Marie Malala,

Lazao izany olona izany mba ho tonga sy hipetraka andro vitsivitsy aty an-trano ary dia ho hitantsika eo raha mendrika hiara-monina amintsika ato an-trano izy. Miresaha amin’ny Atoa Curé mba hahazoanao filazalazana momba azy, ny fitiavany vavaka, ny toetoetrany ary ny fahasalamany.

Indro vola 200 francs ho an’izay mety ho lanianao.

Ilazao Ramatoakely Rampignon mba ho avy amin’ny Alakamisy hanala fanadinana momba ny rôzery, ny lalan’ny hazo fijaliana ary ny didin’Andriamanitra. Lazao i F. Xavier anabaviko fa ho azy no hanolorana ny lamesa rahampitso.

Veloma.

A. Chevrier

Ho an’i Masera Véronique

178 (228) [1] Masera Véronique

Ho an'i Masera Véronique

[Mai 1870]

Ry Zanaka malala

Hitanao izao fa mizara roa tsara ianareo ary efa fantatrao izay nambaran’i Jesoa Kristy

Tompontsika : izay zarazarain'ny tsi-fitovian-kevitra sy anjakan'ny ady dia ho rava.

Koa tsy maintsy esorina ao amintsika ireo saina mpanohitra, izay tsy manao afa-tsy mandrava izay ao an-trano ireo, satria efa namehy ny entany i Masera Françoise mba handeha, tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra izy amin’izany

satria tsy misy dikany izany toetra feno fisalasalana izany sady manimba ny hafa koa.

Momba ireo tsy mba miramirana indraindray, jereo hoe miandany amin’iza izy ireo. Raha miandany amin’ny ilany ratsy, dia aoka ho hentitra ianao na ianao hampilefitra azy ireo, na hampandeha azy - afa-tsy ireo izay miseho ho tsara fanahy amin’ny sasany.

Raha miverina i Masera Augustine dia asaivo manonitra ireo teniteny foana tsy malina sy lainga izay nolazainy tamin’izy tonga tato amin'ny Prado taorian’ny fotoana nanendrena anao -nilaza izy fa hoe mahalala zavatra-. Asaivo ataony ampahibemaso ny fivalozany.

Mivavaha mafy. Aza manao asa fivalozana hafa ankoatra ny fanao andavanandro ianao, ary dia matokia ny famindrampon’Andriamanitra. Mandeha tsara ny sisa rehetra.

179 (229) [2] Masera Véronique

Tsy hentitra fa moramoraina loatra i Masera Véronique eo amin’ny fampahatsiarovan-tena ireo rahavaviny.

Tsy dia mailo loatra izy eo amin’ny fanaraha-maso sy fijerena ny zava-drehetra.

Maro ny asa atao ho fanaovan-tsoa.

Toy ny mandray ny Tombotsoan’Andriamanitra ny fandraisana indray sy ny fandravana ny fahotan’ny tena sy ny fahotan’ny hafa.

180 (230) [3] Masera Véronique

Masera Véronique

[1872]

Ry zanako malala

Raiso avy amin'ilay Mpampianatra tsara ny fahasoavana izay ilainao amin'ny alalan'ny fibebahana.

Tsy maintsy mandà ny tenantsika isika mba ho olona afaka, ka hanatona an'Andriamanitra ; tsy afaka misondrotra ho ambony isika satria be loatra ny zavatra mikasika ny tenantsika. Avoahy ao aminao izay rehetra mitambesatra mba ho maivamaivana

ianao. Aza avela hifady hanina i Marie Rampignon.

Mahereza, aoka isika hiasa hanamasin-tena mba ahafahantsika manome voninahitra bebe kokoa an'i Jesoa Kristy Tompontsika.

Salama tsara ireo ankizy, soa ihany. Isaorana anie Andriamanitra.

A. Chevrier

181 (231) [4] Masera Véronique

Ho an'i Veronique Maseranay ao amin'ny Prado

J.M.J. 30 Jona 1873

Ho anao Masera Veronique

Tsy misy zavatra hafa angatahiko amin'i Jesoa Kristy Tompotsika ho anao sy ho an'ny rehetra ao an-trano afa-tsy ny sinto-maherin'ny Fanahy Masina, enti-manao tsara ny katesizy, ny firaiketam-po amim-pahantrana miaraka amin'ny fitiavan'Andriamanitra. Raha afaka mivoatra amin'ny fahatsapana an'io sinto-mahery io sy amin'ny fitiavana an'i Jesoa Kristy Tompontsika isika, dia ho azontsika ny zavatra rehetra.

Mampalahelo ny mahita an'ireny olona izay tsy mikatsaka afa-tsy ny zavatra eto ivelany ireny ka tsy misy ifandraisany amin'izay zavatra tsy maintsy hanokanantsika tena tanteraka. Moa tsy io tokana io ihany no antony mahatonga antsika eto ? Mahafantatra an'i Jesoa Kristy sy ny Rainy ary mampahafantatra izany ny hafa ; moa ve tsy mahafinaritra izany ary moa koa ve isika tsy manana anton-javatra amin'izay fotoana izay hampiasana ny fiainantsika iray manontolo ka tsy mila mandeha any an-kafa intsony hikaroka izay hampiasantsika ny saintsika. Noho izany no hilazako fa ny faniriako lalina dia ny mba hanana Frera sy Masera katesista. Efa miezaka manao io asa io aho amin’ny fo feno hafaliana sy feno hasambarana ; mahay miresaka momba an'Andriamanitra ary koa mampahafantatra azy, amin'ireo mahantra sy tsy mahalala, izany no hiompanan'ny fiainana sy ny fitiavantsika.

Koa miezaha miasa amin’izay, ry Masera havako, mba hahatratra io tanjona efa natokana ho antsika io, fa ny sisa dia tsinontsinona ihany. Raha mba afaka mametraka ao aminareo io sinton’Andriamanitra io aho, dia ho tanteraka ny faniriako. Tsy manana hatsarany manokana ve izany, ary tsy ampy hamonoantsika ny fiainantsika manontolo ve izy io. Ka tsy mila mandeha mitady any an-kafa hamoana ny saintsika ? Aza mikatsaka ny

hampibebaka ny hafa na hanova ny toetran’olona na hanavao ny fihetsika ananany, fandanian’andro izany satria lalana sarotra arahina, ka mahalana no tonga any amin’ny farany. Fa hiezaka kosa isika hametraka ao amintsika ny fitiavan’ny Tompo, ny sintona mitarika antsika hiasa amin’ny zavatra kendrentsika ; ny tena mahafaly ahy ao aminao dia io sintona io izay napetrak'ilay Mpampianatra tsara ao aminao. Andao àry isika hiara-hizotra amin'io tanjona io ka hibanjina azy ho toy ny zava-dehibe sy sarobidy ary dia hitso-drano antsika Andriamanitra.

Aza misahiran-tsaina be loatra ianao, amin'izay mety ho tsy fifanarahan-kevitra madinidinika ; ny fitiavan'Andriamanitra Raintsika anie hanampy sy hampitony anao ; mijoroa hatrany mandresy lahatra ireo adiady madinika ireo ary mandehàna, raha misy mpandeha mijanona foana eo amin'ny vato rehetra na tsilo izay sendra azy eny an-dalana, dia tsy ho tonga any amin'ny tanjony mihitsy izy, toy izany koa isika, aoka hanana tanjona mazava isika, hiroso isika hanatona io tanjona io, andao isika, na inona na inona zava-miseho, amin'izay dia ho tena mpianatra sy mpanompon'Andriamanitra marina isika. Jereonareo i Jesoa Kristy Tompontsika, moa va tsy nizotra nanohy ny lalany foana izy na dia teo aza ireo Farisiana, sy ireo Apôstôly nanembantsembana azy teny matetika. Ary ho amin'izany koa ny fanapahan-kevitro ao aoriana ny handeha, ny handroso hanohy ny dia, ny hampianatra katesizy. Izay tapakevitra aoka mba hiaraka aminay fa ny tsy tapakevitra kosa, aoka izy hijanona eny an-dalana.

Mahereza àry, ry zanaka mahantra.

Hivavaka isika ary hizotra ho any amin'ny tanjona, amin'ny fontsika rehetra, ary dia tsy handao antsika Andriamanitra.

Mivavaha ho ahy ary ataovy araka izay efa nambarako anao ny zavatra rehetra.

Hitso-drano anao anie Jesoa !

Ny Rainao.

A. Chevrier

182 (232) [5] Ho an’i Masera Véronique

J.M.J. [1873]

Ry zanaka malala

Mbola afaka mijanona mandritra ny herinandro manontolo ianao ary manararaotra ny fanasàna izay nataon’i Jesoa Kristy Tompontsika tamin’ireo Apôstôly. Avia misindà kely

miala sasatra.

Enga anie ka hiha-matanjaka ao amin’ny fialan-tsasatry ny Tompo ny fanahinao sy ny vatanao.

Mitso-drano anao aho.

A. Chevrier

183 (233) [6] Ho an’i Masera Véronique

Ho an’i Véronique Maseranay ao amin'ny Prado Lyon

[St Fons 1874]

Ry zanaka malala

Ampiaraho amin’ny taratasy izay alefako ho anao ny anarana sy ny adiresin’ny marary izay mila io fanavaozana io. Raha ho avy ianareo rahampitso ka alohan’ny amin’ny 6 ora hariva dia mbola any an-tendrombohitra fitokanako aho.

Azonareo atao ny mikorana eo amin’ireo saha izay mifanakaiky amin’ny misy ahy ary dia ho avy ao aho hijery anareo ; tsy mamela na iza na iza ho tonga ao anatin’ny fotoana fitokanako samirery aho.

Raha aoriana ny amin’ny 6 ora hariva moa ianareo no tonga dia efa ato St Fons aho.

Hitahy anao anie Jesoa.

A. Chevrier

184 (234) [7] Ho an’i Masera Véronique

[Limonest 1875]

Ry zanako malala

Tsy manana eritreritra handray io masera avy any Condrieux io aho raha miverina aty amin'ny Prado izy, azonao atao ny milaza aminy alalako mba hitady trano hafa izy hivantanana ; -Eléonore dia tena mbola hita tokoa fa tena mbola tanora fo sy saina,

mila fitsaboana maharitra izy ary mety ho sarotra ny hanasitranana azy tanteraka,

aoka tsy hanakivy azy ianao fa lazao azy tsara ny kilemany ary ataovy izay hanekeny ny fanasaziana sy fanitsiana azy.

Tohino koa i Masera Louise,

fa tsapako manko fa toa mbola manao sain-jaza foana izy ary mila fitantanana mafy sy

hentitra ;

teneno mafy i Masera Claire mba hampatsiaro tena azy amin’ny hadisoana ataony ao am-pianarana

ary aza tsitsiana mihitsy izy.

Mahereza, asandrato ny fonao ry zanako malala, aoka tsy ahaketraka anao ny fahalemena sy fahosan’ny hafa, - aoka kosa isika hiasa tahaka ny miaramila matanjaka vonon-kiady ary hiezaka koa indrindra indrindra hanao ny soa mety vitantsika ; - betsaka ny asa tokony hataontsika nefa antenaiko, miaraka amin’ny fahasoavan’Andriamanitra fa ho tontosaintsika hatramin'ny farany izany satria manao ny asan’Andriamanitra isika ary efa be loatra ny fitiavana nasehon’Andriamanitra tamintsika hatramin’izao, ka tsy afaka hamela antsika izy.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

185 (235) [8] Ho an’i Masera Véronique

Ho an’i Véronique Maseranay ao amin’i Saint André Limonest

[Jona 1876]

Ry zanako malala indrindra

Ataovy tsara ny laretiretinao fa tombotsoa ho an’ny vatana sy ny fanahinao ny fanaovana izany. Misaora an’Andriamanitra mba hanomezany anao fialan-tsasatra kely hampahery izay rehetra ao aminao.

Aza mikobona mangina amin’izay mety ho alahelonao ianao, raha tahirizina ao am-po mantsy izy ireny dia hitombo ary dia manjary hankarary fanahy fotsiny.

Hivavaka ho anao aho mba hitomboanao ao amin’ny fitiavan’Andriamanitra sy hahazoanao hery amin’ny fanaovan-tsoa, ary dia ho tena katekista marina ianao.

Aza dia be fanahiana fa apetraho eo an-tongotr’Andriamanitra izany.

Mivavaha ho ahy.

Izaho koa mivavaka ho anao.

A. Chevrier

186 (236) [9] Ho an’i Masera Véronique

Ho an’i Véronique Maseranay ao amin'ny Prado

J.M.J. [Vichy, Aogositra 1876]

Ry Masera malala isany

Inoako fa mbola avelan’Andriamanitra hody eo anivon’ny fianakaviako aho ato ho ato, fa efa ela loatra izay nandehanako taty ivelany izay ; efa azo lazaina fa tsaratsara ihany aho na dia tsy tena matanjaka loatra aza ; manantena ny hahita anareo hendry sy salama tsara aho.

Reko tamin’i Mompera Berne ny vaovao mikasika anareo sy ireo zanantsika, fa aoriana kely kosa dia izaho mihitsy no hahita ny fandehan-javatra rehetra ary hanomboka tsikelikely ny asako, raha tsy ny asa rehetra dia ny ampahany ihany aloha.

Ampitao amin’ireo Masera rehetra na lehibe, na kely, na vaovao, na tranainy, ny fiarahabako.

Maniry ny hahita anareo rehetra ho tena hendry feno hafanam-pò aho, ary dia ho afaka hiara- hankalaza ny fiakaran’i Masina Maria (Assomption) isika rehetra mandra-piandry ilay fiaraha-mankalaza izany any an-danitra.

Ho aminareo anie ny fiadanan’Andriamanitra.

A. Chevrier

187 (237) [10] Ho an’i Masera Véronique

Ho an’i Masera Véronique ao amin'ny Prado

[Limonest, 7 Marsa 1877]

Ry zanako malala indrindra

Aza dia mitaraina mialoha ianao fa Andriamanitra no hihevitra mialoha ny amin’izay ilaina rehetra satria raha misy zavatra tian’Andriamanitra araka ny sitrapony, dia hainy tsara ny manao izay rehetra hahatò sy hahatsara izany ; fa ianao kosa tohizo ny fikarakaranao ny trano ; mba hitanao moa fa ny olona rehetra dia samy mila tanana hitantana sy hitari-dalana, mila maso hanaraka sy hiambina izay ataony, ka tsy hamela ireo tovovavy ireo ahazo fahazaran-dratsy ; zaza saina loatra i Masera Louise ka tsy maintsy esorina aminy ny fitondrana ireo zaza ireo, ka omena anjara asa iray izay ahatonga azy eo ambany fahefan’olon-kafa fa tsy tompon’andraikitra voalohany ; tokony hatao haingana mihitsy

izany. Raha tsy mila an'i Masera Thérèse i Masera Madeleine araka izao fombany izao, dia ianareo mihitsy no aoka hanofana azy handeha sy hitsidika marary, na koa ametraho fitokisana ny aminy i Masera Hyacinthe mba hiara-mandeha mamangy marary izy sy Masera Thérèse. Tsy dia tiako loatra ny olona tsy lany varotra ka mampanjakazaka ny sitrapony, manana antony manokana tsy andefasana an'i Masera Marie-Thérèse hiaraka amin'i Masera Madeleine aho, fa raha tsy izany dia ratsiratsy kokoa nohon'ny nataon'i Masera Louise ny hataony. Tsy nobeazina na tamin'ny inona, na tamin'ny inona ary tsy manana ny fanahin'Andriamanitra ny olona eto amin'ity izao tontolo izao ity. Akory ny habetsahan'ny asantsika izay ho tanterahana mba hametrahana ny fanahin'Andriamanitra ao an-tsain'ireny olona ireny… Ho todintsika hatramin'ny farany ve izany ?

Mivavaha anaka, matoa aho mihataka kely dia noho izany antony izany. Antenaiko marina fa hiantra sy hamindra fo amintsika Andriamanitra ka mba hahazo mpanampy aho amin'ireto pretra tanora efa-dahy ireto, mba hanao ny asan'Andriamanitra.

Aoka ianareo hanao asa tsara amin'ny fanaovan-tsoa, izany no sitrapon'Andriamanitra dia ny hiasantsika ho famonjena ny namana ; aoka ataontsika amin'ny fontsika manontolo izany. Aoka isika hivavaka tsara tokoa ho amin'izany ary aza atao tsinontsinona ny fanaovana vavaka maharitra, ary angataho tsara isan'andro ho anareo, ho ahy, ary ho an'ny hafa koa ny fanahin'Andriamanitra.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ry zanako malala.

Amin'ny Zoma hariva mihaona.

Hitso-drano anao anie Jesoa.

A. Chevrier

188 (238) [11] Ho an'i Masera Véronique

J.M.J. [Rome, 16 Avrily 1877]

Ho anao Masera Véronique

Tamin-kafaliana lehibe tokoa no nandraisako ny vaovao nalefanao tamiko mikasika ny Kôminôten'ny Maseran'ny Prado. Na any Rome na any Lyon, dia miray fo aminareo sy mahatsiaro anareo mandrakariva aho ary azo lazaina mihitsy aza fa arakaraka ny mampifanalavitra antsika no hahatsiarovako anareo bebe kokoa.

Tohizo foana ny fanaovanareo ny katesizinao kely isak'alakamisy sy alahady, izany no iraka iombonantsika, ary tsy ho afa-po aho raha tsy efa mahita ireo Masera sy Frera rehetra

namako manao tsara ny katesizy amin'ireo ankizy sy ireo mahantra,, fa izany mantsy no iraka iombonantsika. Raha mampianatra ny hafa hitia sy hahafantatra an'Andriamanitra isika, vao azo lazaina fa nahavita ny andraikitra nomena antsika. Indrisy fa mbola lavitra ny fanatanterahantsika izany asa tsara nanirahan'ny Tompo antsika izany isika, ary tsy araka ny tokony ho izy ny fanaovantsika azy.

Miezaha àry isika hampivoatra ny fomba enti-mampianatra ny hafa mba ho tia an’Andriamanitra sy hahafantatra azy, koa amin'izany dia hiezahintsika amin'ny alalan'ny fivavahana sy ny fianarana hahafantatra ary ho tia Azy izany.

Hiara-hiasa amin'ireo pretra tanora ato amintsika izahay aty mba hampianatra azy ireo hahazo tsara ny fampianarana katesizy, ny Rôzery, ny lalan'ny hazofijaliana, ny Sorona Masina. Raha mba misy fantatsika na dia ny iray amin'ireo fotsiny ihany aza dia efa afaka ny hanao asa soa betsaka isika. Tena mila vavaka isika, izaho aloha dia tena mahatsapa fa mila an'izany tokoa, koa aza matahotra velively ny mivavaka ho anay, indrindra moa fa ho an'ny tenako manokana. Tsy tonga eto aho mba hitady fankasitrahana na hanao lalàm-panorenana, fa tonga kosa hametraka, araka izay azo atao ao am-pontsika ny fanahin'i Jesoa Kristy. Rehefa manana ny fanahin'Andriamanitra isika dia handeha tsara ny fiainana manontolo. Raha ananantsika ny fanahin'Andriamanitra dia tsy ho foana ny fankasitrahana antsika, fa raha tsy manana ny fanahin'Andriamanitra kosa isika, dia inona moa no antony ilantsika ireny fankasitrahana ireny ? Tsy misy ilàna azy fa zary henatra sy fanamelohana antsika aza izany. Hangatahintsika àry aloha ny fanahin'Andriamanitra fa Izy no hampita amintsika ny fitiavany, indrindra moa ny fanetrentena, ny fahalemem-panahy, ary ny zotom-po, dia handeha tsara ny zavatra rehetra, fa raha tsy izany kosa dia ho tsinontsinona isika sy tsy hahavita na inona na inona mihitsy aza. Io fanahin’Andriamanitra io tokoa, eny izy io, no angataho hatrany, angataho isan’andro vaky, aza mety mitsahatra ny mangataka azy io isika, fa raha tsy izany dia zary tsinontsinona isika ary tsy hahavita na inona na inona. Izay no famporisihana hataoko ho anareo rehetra, na lahy na vavy. Miezaha isika hahazo fanahin’Andriamanitra, dia handeha tsara ny zavatra rehetra.

Inona no antony mahatonga ireo fahoriana madinidinika, fo mora sarotin-javatra, fialonana, haratsiam-panahy mihitsy aza sy toetra manamaivan-javatra atao izay misy eo anivontsika rehetra. Satria tsy eo amintsika ny fanahin'Andriamanitra. Raha azontsika ny fanahin'Andriamanitra dia hisy ny firaisana ara-panahy, fiantrana, fitiavana, zotom-po ary fahafoizantena eo amintsika. Hangataho io fanahin'Andriamanitra io, ary ny tsirairay ao

aminareo hangataka ho an'ny rehetra. Ataovy tsara isan'andro am-pinoana sy amim-panetrentena ny vavaka fitalahoana amin’ny Fanahy Masina mba hahatongavan’izany fanahin'Andriamanitra izany ao amintsika.

Ampitao amin'ireo Masera tranainy rehetra ny fiarahabako ary enga anie izy ireo mba hiroborobo amin'ny firaiketam-po, fivavahana, fitiavana an'Andriamanitra sy fanehoana ny oha-pitondrantena tsara eo amin'ny fiainana. Ho tontosa tsara anie ny asanareo, ho tsara rafitra anie ny vavakareo, ary mba hisy firaisana am-panahy, fitiavan'Andriamanitra, fahanginana, fifanarahana anie ao aminareo, ka mba tsy ho mpirahavavy anarana fotsiny, fa tena mpirahavavy iray tampo tokoa amin'ny alalan'ny fanehoana ny fahadiovam-pitondrantena mafy orina**.**

Mamporisika ireo Masera tanora aho ny amin'ny fivavahana, fahanginana, fanetrentena, fahavononana hanaiky ireo Masera tranainy, indrindra moa fa ireo izay natao hiandraikitra azy ireo eo amin'ny asany ary hahatsiaro matetika ny hatsaran'ny antso nomena dia ny hampianatra ny hafa hitia sy hahafantatra an'Andriamanitra ary ho amin'izany dia tsy maintsy manana fo sy fanahy tafaray tanteraka amin'i Jesoa Kristy Tompo isika, fa ireo izay tsy miray Aminy kosa dia tsy hahavita na inona na inona. Raha tsy misy ahy dia tsy afaka ny hanao na inona na inona ianareo, hoy i Jesoa Kristy, koa raha te-hanao zavatra izany isika dia tsy maintsy miray amin'i Jesoa Kristy mpampianatra antsika.

Miangavy an'i Masera Véronique aho mba hikarakara tsara ireo Masera rehetra ireo (ara-batana, ara-panahy), mba hanohina raha misy ny zavatra tsy mety, satria tsy maintsy atao ny manohina ; satria isika tsy mifanohina ka dia mitombo be ny kilema, ary dia ny kilema indray avy eo no manimba ny sahan'ny Rain'ny mpianakavy..

Tsy maintsy lazaina amim-pahatsorana isan-kariva ny hadisoana natao, mifanohina ary dia faly rehefa notohinin'ny sasany ka afaka miova tsikelikely hiala amin'ny kilema, ary hahita sitraka eo imason'Andriamanitra, ka hanasoa ny mpiara-belona

Faly tokoa aho nandre fa efa tsara ireo marary ao aminareo.

Mivavaka ho anareo aho mba hanomezan'Andriamanitra anareo mandrakariva fahasalamana ara-batana sy ara-panahy, raha ny amiko dia salama tsara aho, izaho aty aloha dia tsy miaritra ny mafy loatra toy ny tao amin'ny Prado, mandritra ny tontolo andro, ary mizotra ara-dalàna ny fiainanay. Maniry aho, raha izany no sitrapon'Andriamanitra, ny hanangona hery sy tanjaka ara-pahasalamana aty Rome, mba hiverenako indray eo anivonareo salama tsara, ka ho afaka ny handray katesizy sy hanao fanazarana ara-pinoana,

ilaina mba hahatonga antsika rehetra ho tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina.

Manao veloma an'i Masera Thérèse aho, ary mivavaka amin'Andriamanitra ho azy mba hiveranan'ny fahasalamany ka mba ho farmasianina tsara ao amin'ny Prado izy.

Miarahaba sy manao veloma an'i Masera Claire mba hikarakarany ireo ankizivavintsika ka mba ho vita tsara ny fanaovana kôminiô voalohany ho azy rehetra.

Ho an'i Masera Dominique, mba hanana faharetana izy eo anivon'ireo asany ka hanome araka izay takian'ny tsirairay aminy.

Ho an'i Masera Antoinette sy Masera Françoise, mba ahaizan'izy ireo mifehy tena eo amin'ny asa mafy ataon'izy ireo, ka hitahirizana ny fahalemem-panahy sy faharetana.

Ho an'i Masera Elizabeth, ny fankaherezana sy ny fanetrentena eo am-piakarana ny tohatra.

Ho an'i Masera Hyacinthe, mba hahitany ao amin'ny Sakramenta Masina izay alehany ny amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fiezahana ho tia ny hafa.

Ho an'i Masera Agnès, ny fahanginana, ny fahamalinana, ny fahaiza-mitoetra irery.

Ho an'i Masera Louise, mba hitomboany ary tsy hatoky tena be loatra izy.

Ho an'i Masera Gabriel, mba hitomboany amin'ny fahamatorana sy fahatokiana an'Andriamanitra ka hihamatanjaka izy ao amin'ny fitiavana an'i Jesoa Kristy. Miarahaba ny reniny sy ny anadahiny aho.

Sœur Stanislas, enga anie hitombo izy ary hihetsika kely handroahana ny aretina.

Ho an'i Masera Marie-Bernard, fahasalamana, fanetrentena, fanekena ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra.

Ho an'i Masera Marie-Thérèse, fandavàna ny fianakaviana sy izao tontolo izao, ary toe-panahy tia vavaka. Ho an-dramatoakely Claudine, faharetana eo amin'ny aretiny. Mety hahita fahamendrehana isika ao am-pijaliana.

Ilay Tompo tsara anie no hitahy anareo rehetra.

Mivavaka ho anareo aho, mivavàha ho ahy koa.

A. Chevrier

189 (239) [12] Ho an’i Masera Véronique

Ho an'i Masera Véronique ao amin'ny "Providence du Prado",
Rue Dumoulin 14, Lyon-Guillotière-Rhône-France

[Rome, Mey 1877]

Ry zanaka malala

Tsy maintsy miala sasatra aorian'ny asa natao ary ataovy izay hisian'izany fialan-tsasatra izany ho an'ny rehetra, ho anao koa, aza kivy, fantatro tsara mihoatra ny hafa hoe toy inona izany fahasarotan'ny manao ny asan'Andriamanitra izany, ary tsy mbola misy fotoana sahala amin'izao nahatsapako fa tsy maintsy masina raha hanao zavatra. Mivavaha mba ahatonga ahy ho masina, ka hahafeno fanahy masina ato amiko. Tena mila izany fanahin'Andriamanitra izany tokoa aho, ary ianareo rehetra koa. Manàna hevitra iray lehibe sy marina ny amin'ny antsoavo tsara indrindra avy amin'Andriamanitra ho anareo, tsy maintsy manome finoana ho an'ny hafa isika sy mampita amin'izy ireo tsikelikely ny fitiavan'Andriamanitra. Tena tsara izany, ary tsy misy na inona na inona mety hanakana antsika ao amin'io lalana io, anio ao amin'ny Evanjely, Jesoa Kristy Tompontsika milaza hoe : "Izaho no mpiandry tsara, ary manome ny aiko ho an'ny zanak'ondriko aho "raha tsy hanome ny aintsika indray maka isika, dia aoka hanome sombintsombiny amin'izany aina izany isan'andro ka dia ho tonga endrik'ilay tena mpiandry tsara.

Tena tsara ny nataonao tamin'ny nandefasanao an'i Masera Gabriel ho any amin'ny reniny, rehefa ny fitiavana no mangataka, dia tsy maintsy ekena foana izany. Ampitao amin'io reny malala io ny velomako ary aoka izy tsy ho kivy ny amin'ireo zanany lahy, salama tsara izy ireo, ho aminy sy ireo zanany anie ny tso-dranon'Andriamanitra.

Tohizo tsara foana ny famoriana ireo zaza madinika ary asaivo manao fanazaran-tena tsotsotra izy ireo, fa hahatsara azy ireo ny fanaovana izany.

Mahereza, mitso-drano sy tsy manadino anareo aho. Mivavàha ho ahy fa tena mila izany tokoa aho, satria mahatsiaro tena ho mahantra be aho ka menatra ny tenako.

Ny Rainao.

A. Chevrier

190 (240) [13] Ho an’i Masera Véronique

Ho an’i Véronique, Maseranay, ao amin'ny Providence du Prado,
Rue Dumoulin, 14, Guillotière - Lyon - Rhone - France

J.M.J. [Rome,] 14 jona 1877

Ry Masera malalako

Novakiako tamin-kafaliana ny taratasinao sy ny an’ireo Masera tanoran’i Prado. Misaotra tamin’ny fahatsiarovana mamy ary ny vavaka ataonareo. Mihaela amiko ny fotoana hodiako eo anivon’ny valan’ondry. Nahemotray ny fotoana hodianay mba ahafahanay mihaona amin’ny kardinalin’i Lyon, izay tsy maintsy ho tonga amin’ity herinandro ity eto Rome, fa tsy afaka ny ahita azy mantsy izahay amin’ny fahatongavanay any Lyon, ka izay no anton’ny fahataranay ; fa raha tsy izany dia efa ny tenanay mihitsy no tonga taty Lyon fa tsy ny taratasy. Mivavahà mba hitera-bokatsoa ho anay io fihaonana io ary mba hanaiky ireto mpiara-miasa amiko vaovao ireto i Monseigneur, ny sitrapon’Andriamanitra anie no aoka ho tanteraka. Raha tsy maintsy hijaly dia aoka hahay hanao izany hatramin’ny farany. Salama tsara ireo Seminaristitsika ary hody amin-kafaliana izy ireo raha sitrapon’Andriamanitra. Mahatsiaro anareo sy ny ankizintsika lalandava aho. Rehefa tafaverina izahay dia hirotsaka hampianatra katesizy ; Andriamanitra anie hitso-drano ny asantsika, izay asa tsara eo imason’Andriamanitra kanefa, tsy maintsy atao tsara izany asa izany.

Arahaba ho an’ireo Masera tranainy rehetra, Andriamanitra anie hanome azy ireo toe-panahy tia vavaka sy fitiavana.

Arahaba ho an’ireo Masera tanora, Ilay Mpampianatra tsara anie hanome azy rehetra ny fitiavan’i Jesoa Kristy Tompontsika ny fahafoizan-tena, ny fahalemem-panahy, ny fitiavana. Ho entiko aty aminao ny sary vongan’ny olo-masina mpiaro anareo, izay efa nahazo tso-drano avy amin’i Papa Ray Masina… ary indro koa alefako ho anareo ny ravina vahy notangosana tao amin’ny zaridainan’i Papa Ray Masina, mba ho tena miraiki-pò tanteraka amin’i Jesoa Kristy sy ny eglizy anie ianareo, toy ny firaketan’ny vahy amin’ny hazo izay iainany.

Mahereza àry ry zanako malala isany.

Aoka isika hiasa ho an’Andriamanitra, hampianatra ny mahantra : Izany no anjara lovantsika, koa aoka ataontsika tsara sy amim-paharetana, aoka isika hihavao ao amin’io antso masina avy amin’Andriamanitra io, ka ho masina indrindra moa amin’ny alalan'ny fitiavana an’i Jesoa Kristy, satria ny zavatra rehetra ao amin'ny fitiavana an’Andriamanitra, izay manana ny fitiavan’i Jesoa, dia manana ny zavatra ilaina rehetra ary afaka manao ny zavatra rehetra, tsy manahy na amin’ny inona na amin’ny inona ; aoka ary isika hitombo ao amin’ny fitiavana an’i Jesoa Kristy ary dia ho sambatra.

Arahaba sy tso-drano ho an’ireo Maseran’i Prado rehetra.

Arahaba ho an’ireo ankizintsika rehetra, izay ho hitanay am-pifaliana indray tsy ho ela

mba ahafahana manohy ny asantsika.

Mety ho tonga amin’ny faran’ny herinandro ambony angamba izahay.

Niainga androany teto Rome i Masera Claire, mety ho tonga aty angamba izy afaka andro vitsivitsy, raha tsy hoe angaha nijanona ao amin-dRamatoakely Chalon ao amin’ny Tour de Pin.

Mampamangy ao amin’ny reniko sy Masera Antoinette.

Jesoa Kristy Tompontsika anie hitso-drano anareo.

A. Chevrier

191 (241) [14] Ho an’i Masera Véronique

Ho an’i Véronique maseranay, ao amin’ny Providence du Prado,
Rue Dumoulin, 10, Lyon Guillotière - Rhône

J.M.J. [Vichy] 6 jolay 1878

Ry zanaka malala

Tsy tiako ny handeha tsy hamaly akory ny taratasinao sy haneho aminao ny fankasitrahana ho an’ny masera tranainy anankiray eto amin'ny Prado, izay miasa ho amin'ny asa fanasoavana ny ankizy. Eny e, ataovy izay hahamendrika anao ny anarana hoe : Masera ho an’ny ankizy madinika. Nitia ny ankizy madinika i Jesoa Kristy Tompontsika ary niantso azy ireny ho eo aminy. Koa tohizo hatrany ary ny fiasana amin-joto-pò sy faharetana amin’ny asa izay sahaninao, ary raha tsy mamiratra mandrakariva ny fahombiazana, dia hisy vokany izany aoriana. Tsy isan’andro akory no ahitana ny vokatr’izay nafafy fa any amin’ny faran’ny taona, amin’ny fotoam-pijinjana no ahitanao ny vokatra izay ampahafantarin’Andriamanitra anao.

Tiavo tsara ny katesizy, mahafoizà-tena amin’ny fonao manontolo amin’io ianao, fa tena asa tsara io, raha manao izany ianao dia hahazo antoka sy hino marina fa mahita sitraka eo imason’Andriamanitra ary manao izay mahafaly ahy.

Mahereza, mitso-drano anao aho ary rehefa miverina aho, dia tonga hijery ireo ankizy zanak’Andriamanitra ireo.

Veloma amin’i Masera Madeleine sy Masera Félicité.

Mivavaha ho ahy, tsy manadino anao eo anatrehan’Andriamanitra aho.

Hody aho amin’ny Alatsinainy ary dia ho faly hifankahita tava aminareo.

Ilay nikely aina ho anareo ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Ho an’i Masera Thérèse Brun

192 (167) [1] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ramatoakely Brun, St Maurice, Cité de l’Enfant Jésus

J.M.J. [La Cité] 25 Aogositra 1859

Ramatoakely,

Indro alefako ho anao ny angorodao izay efa tena arifomba izao, ary miangavy anao aho mba handray indray ny asanao tahaka ny efa mahazatra, tsy hoe rehefa kivy isika dia hametra-pialàna. Ny fametraha-pialana nalefanao ho ahy dia avy amin’ny hambo-pò adala izay mety ho nampahamenatra ihany angamba tamin’ny fotoana sasany. Raha tsy mahomby araka izay anirianao azy ianao, dia tsy tokony ho gaga amin’izany. Tsy maintsy ampiarahana amin’ny toe-panahy tia vavaka sy miandry an’Andriamanitra ny fahombiazana ; laviko ny fametraha-pialànao ; tsy maintsy ananana ny zotom-pò be dia be, enerjika ary koa fahatokiana an’Andriamanitra, ka dia handeha tsara ny rehetra ao aoriana.

Ilay mikely aina ho anareo ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

193 (167 bis) [2] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an’i Thérèse Brun maseranay ao Chartreux, Lyon

J.M.J. [Prado] 19 m. 1865

Ry Masera malalako

Makà fialan-tsasatra ianao ary araraoty am-pankasitrahana ireo fikarakarana tsara izay irin’ireo Masera tsara fanahy omena anao. Aza manao fiainan’olon-dia, izay tsy misy lalàna, aza matahotra ny hiseho, tsy mora izany, misehoa amin’ny maha-ianao anao ary aza matahotra.

Tsy manoro hevitra anao ny amin’ny fanaovana kônfesy tambabe aho. Tsy mbola manana saina mifantoka tsara mba hanao zava-dehibe toy izany ianao. Mandehàna amim-pahatokiana. Mivavaha amin’Andriamanitra mba hanomezany anao fahasoavana hiovanao,

izany no angatahinay aminy ho anao. Mahereza ary aza manahy koa ny amin'ireo fitsapàna mahazo anao, ka mety manahirana anao momba ny toetrako. Tsy hoe akory masiaka aminao amin'ny andro iray noho ny amin'ny andro hafa aho ; raha kilema ato amiko, ny fiovaovan'ny soritr'endrika fa tsy mitovy mandrakariva, dia hiezaka aho ny hanitsy izany ; nefa fantatrao fa tsy irery ianao ary ny olona mahantra rehetra izay tonga eto amiko dia tsy mitondra raozy mahafaly mandrakariva. Zakao aho ary izaho koa hiezaka ny hizaka ny rehetra.

Mivavaha ho anay ao amin'ny fitokananao samirery.

Mivavaka ho anareo aho.

Hitso-drano anareo anie Jesoa.

A. Chevrier

194 (168) [3] Ho an'i Masera Thérèse Brun

Ho an'i Thérèse Maseranay, ao amin'ny Sœurs de l'Adoration.
Rue de L'enfance Croix-Rousse

(1871)

Ry Zanaka malala

Manome alalana anao hanalava ny andro fialan-tsasatrao aho, tsy afaka ny handeha hijery anao aho satria manao laretirety miaraka amin'ireo seminarista hofaniko.

Makà aina tsara ary mivavaha fatratra ao amin'i Jeso Kristy Tompontsika ho an'ny Eglizy masina sy ity mpanompon'ny mahantra.

Hitso-drano anao anie Jesoa.

A. Chevrier

195 (169) [4] Ho an'i Masera Thérèse Brun

Ho an'i Thérèse maseranay

J.M.J. [St Fons, 1872]

Masera Thérèse tsara fanahy,

Niala tany Lyon tsy namaly akory ny taratasinao aho, fantatrao fa aty Lyon dia matetika no tsy hitako mihitsy izay hasiako ny lohako, ary be ny zavatra ataoko, ary ny ankamaroan'izy ireny dia tena asa maika be mazàna.

Aza misahiran-tsaina, ry zanako malala, mahereza eo anivon’ireo fahantrana ara-panahy sy fahantrana miseho eo amin’ny fiainana andavanandro.

Aza misy atao tsinontsinona, indrindra moa fa ny fanazarana ara-pivavahana, ny famakiana ny Soratra Masina ary ny kôminio.

Matanjahà haingana fa manana asa omena anao aho rehefa tafaverina ianao.

Aza mety kivin’ny alahelo. Tadiavo ao amin’ny raozerinao sy ao amin’ny lalan’ny hazofijalianao ny fahasoavana hanananao hery sy faharetana ilaina, mba hampitera-bokatsoa ny fahantranao. Minoa fa mbola ho hitanay indray ianao hiverina am-pifaliana.

Aza atao ao an-tsaina mihitsy hoe : vesatra ho an’ny ato an-trano ianao, ka hanahirana anay. Tsy izany mihitsy. Mifanohitra amin’izany aza. Tena ilainay ianao, indrindra moa izaho ; ho mpitan-tsoratra ianao ; etsy ary, mahereza, mahareta, matokia an’Andriamanitra fa Izy hitso-drano anao. Mivavaka ho anao aho ary mitso-drano anao.

A. Chevrier

196 (170) [5] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an’i Masera Thérèse

J.M.J. [1873]

Masera Thérèse

Rehefa hangataka kojakoja ho an’ireo ankizy sy ny olona hafa aminao aho dia asiako tarehin-tsoratra eo anoloan’ilay zavatra angatahina : tarehin-tsoratra *a*, raha toa ka ilaina isan’Alahady ilay izy ; *b*, raha zavatra azo leferina ; *c* raha toa ilay izy ka tena ilaina isan’andro.

Pataloha *b*.

A. Chevrier

197 (171) [6] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an’i Thérèse Maseranay ao amin'ny Prado

J.M.J. [1873]

Masera Thérèse malala,

Rehefa tapitra voadikanao daholo ireo taratasy anankiroa nomeko anao, na ilay ranom-bavaka sy sapile, dia adikao ny Mistery Mahafaly ary ampiaraho amin’ny Mistery tsirairay

ny fandalinana ny hatsaram-panahy mifanentana amin’izany, izay nalefako ho anao.

Toy izao no fomba andaharanao ny andininy ao amin’ny Mistery iray :

Tantara araka ny Evanjely.

Fandalinana na famintinana ny mistery.

Ny fizaran’ny Mistery.

Ireo olona voalaza ao.

Fandalinana ny hatsaram-panahy.

Ny fivavahana.

Toy izany no andaharanao ny andininy tsirairay. Manaova aloha kahie iray ho an’ny Mistery Mahafaly rehetra.

Ao amin’ny Fahatongavana ho nofo, azonao apetraka ao ny amin’izay miresaka ny amin’ny mpialoha lalana.

Tsy fantatro raha ho hainao tsara ny hamaky ny taratasiko. Asaivo ampian’i Masera Claire ianao raha ilaina izany.

Mangataka amin’Andriamanitra aho ho anao mba ho salama tsara ianao.

Hitso-drano anao anie Jesoa.

A. Chevrier

198 (172) [7] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Masera Thérèse, ao amin'ny Prado

J.M.J. [1874]

Masera Thérèse malala

Indro alefako aminao izay kely nosoratako mba hameno ny Mistery Mampalahelo. Adikanao mitovy laharana amin’ny toy izay nomeko anao ny amin’ny Mistery Mahafaly izy ity. Izany hoe :

Tantara araka ny Evanjely.

Famintinana.

Fitsinjarana sy fanazavana ireo olona mandray anjara ao anaty tantara.

Fandalinana ny hatsaram-panahy voakasik’izany.

Vavaka sy atrik’asa.

Aza manome zavatra adikan’olon-kafa.

Omeko anao aoriana izay tokony hatao amin’ny manaraka.

Adikao ny ady ainan’i Jesoa Kristy teo amin’ny tendrombohitr’Oliva, toy izay nataonao tao amin’ireo kahie kely, tsy dia ilaina ny fandikàna ny kabary ; manaova kahie iray mitokana ho an’ny Mistery Mampalahelo, fa saingy ataovy mitovy amin’ny teo aloha.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

199 (173) [8] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an’i Thérèse maseranay ao amin'ny Prado

[1875]

Ry Zanaka malala

Tonga manatrika matetika araka izay faran’ny azonao atao mihitsy an’ireo fanazarana maro isan-karazany ary rehefa misy ny fotoana dia mialà tsiny tamin’ny tsy fahafahanao nanatrika ireo fanazarana hafa ssany.

Mivavaha mafy ary angataho amin’Andriamanitra ny fahazavany sy ny fahasoavany ho aminao.

A. Chevrier

200 (174) [9] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an'i Thérèse Maseranay ao amin'ny Prado

J.M.J. [1876]

Masera Thérèse malalako

Efa ela mihitsy aho izay no tsy naharay vaovao avy aty aminao ary dia tena nalahelo mafy tokoa nandritra izany fotoana izany, aza atao tsinontsinona ireo fikarakarana rehetra takian'ny fahasalamanao. Anisan'iray amin'ireo Masera tranainy indrindra teto aminay ianao, koa dia tsy maintsy karakaraina ny *zokiolona*.

Atolory manontolo an'Andriamanitra ireo fijalianao, miaraka sy tafaray amin'i Jesoa Kristy Tompontsika moa izy dia tena ahitana vokatsoa lehibe.

Efa miha-tsara aho izao ary hody amin'ny Alatsinainy ho avy izao, hanatrika fety ary hahita indray an'i Prado mahantra ilay efa tsy hitako hatry ny ela.

Mandra-piandry ny fifaliana hihaonako aminao indray dia raiso ny arahaba avy

amin'ny Ray ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika avy amiko atolotro anao.

A. Chevrier

201 (175) [10] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an'i Thérèse Maseranay ao amin'ny "Providence du Prado"
Rue Dumoulin, 14, Lyon Guillotière

J.M.J. [Lantignié, 9 Jona 1876]

Ry Masera malalako

Henoko tamin'i Andriamatoa Berne fa tena reraka be ianao.

Fotoana iray sarotra lalovana ny Fijaliana... ny Fitsapana, tsy maintsy hiaretana miaraka amin'ny fanekena tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra izy io.

Ekeo amin'ny tena finoan'ny Kristianina, Kristianina tena lavorary tanteraka eo amin'ny fanarahana an'Andriamanitra izy io. Manonitra ny ota maro ao amintsika sy manomana antsika ho any an-danitra ny Fijaliana ; fotoana omen'Andriamanitra ho antsika amin'ny fomba mahagaga io mba hiomanantsika ho eo aminy sy mba ahatonga antsika ho mendrika hiseho ho eo anoloany. Manokatra antsika ho amin'ny lanitra ny fijaliana ary manonitra ireo fahotana kely na lehibe vitantsika teo amin'ny fiainana. Fotoanan'ny famindram-po sy hatsaram-panahy avy amin'Andriamanitra koa izy io, manampy antsika hanao fanatitra ny tenantsika, hanala ny tenantsika amin'ireo zavaboahary ny fijaliana ary raha tsy misy ny fijaliana dia ho sahirana isika hiala amin'izany rehetra izany.

Etsy àry, mahereza, ary ekeo io fitsapana io. Minoa fa ho soa ho anareo izany. Atolory an'Andriamanitra ny fijalianareo ho amin'ny fanaovan-tsoa mba handraisana ny tso-drano rehetra ho amintsika, mba hanjaka ao amintsika anie ny fanetrentena sy ny fitiavana. Mendrika eo anatrehan'Andriamanitra hitondra fahasoavana ho an'ny rehetra ianareo, ary dia ho azonareo avy aminay izay rehetra tsy azonareo tamin'ny fomba hafa. Manaova kôminiô matetika mba ahazoana fiadanana, fahavononana hankato, fitiavanan'Andriamanitra. Manoratà ho ahy na asaivo manoratra ho ahy i Veronique mba hilaza amiko hoe manao ahoana ny fahasalamanareo, ary manao ahoana daholo ny oloko asa na mba hendry, na Masera kely na lehibe, na ny vaovao na ireo izay maniry ho ankizivavin'ny Tompo, omeo vaovao mikasika ny rehetra aho fa ho raisiko am-pifaliana izy ireny, ny amin'ny ankizivavy kelintsika koa.

Mangataka amin'Andriamanitra ho anareo rehetra ny fanahy marina izay tena ilainareo mafy aho. Angataho izany ho ahy, satria raha manana ny fanahin'Andriamanitra isika dia hanana izay rehetra ilaina mba hahahendry sy ho mahatehotia eo anatrehan'Andriamanitra sy hahasoa ny namana.

Hitso-drano anareo anie i Jesoa.

A. Chevrier

A Lantignié, près Beaujeu, chez M. Chanuet, Rhône

202 (176) [11] Ho an'i Masera Thérèse Brun

Ho an'i Thérèse maseranay ao amin'ny La Providene du Prado,
Rue Dumoulin 14, Lyon, Guillotière, Rhône France

J.M.J. Rome, 25 Avrily [1877]

Masera Thérèse mahantrako

Manao ahoana ny fahasalamanao ? Manao ahoana ny tongotrao, ny lohanao, ny rantsam-batanao, tena reraka be mihitsy ianao tamin'izaho nandeha, efa tsara ve ianao ? Mety hahavita ny asan'ny farmasiana ihany ve ianao ao aoriana ? Mahereza, ary dia hanome fotoana vitsivitsy anao ilay Andriamanitra tsara, tsy maintsy antenainao izany mba hahafahanao miasa sy manohy ny fanampiana anay. Manaova soa araka izay azonao atao amin'ireo rehetra manodidina sy miasa ho anao, dia Rtoakely Clotilde sy Claudine izany, ampitao amin'izy ireo ny velomako, ary aoka ianao hanolotra izay rehetra mety ho fijalianao eo amin'Andriamanitra, mba ho voninahiny sy ho fahombiazana eo amin'ireo asantsika ary mba ho fibebahantsika aloha voalohany indrindra.

Mivavaka amin'Andriamanitra ho anareo rehetra izahay.

Rehefa mody avy any Crémieu na Bourgoin i Masera Claire dia lazao azy fa ireo Masera rehetra izay anaovako ny lamesa isan'andro, dia hanome azy sy Ramatoakely Châlon, izay tsy maintsy hiaraka aminy, efitrano kely iray. Manao ahoana i Masera Marie-Bernard ? Mbola any amin'ny ray aman-dreniny ihany ve ? Salama tsara ve izy sy ireo rahavavy rehetra, indrindra i Annette ?

Mivavaha amin'Andriamanitra ho anay, fantatro tsara fa manao izany ianareo, fa angataho indrindra indrindra ny fibebahanay, mba hahasoa anay rehetra anie ny fivahinianana y aty Rome ary dia ho tonga katekista marina tokoa izahay rehetra. Izany no

fahasoavana angatahiko amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fanelanelan’i Md Piera sy Md Paoly.

Arahaba sy veloma ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika ho an’ny rehetra ; veloma amin’ireo ankizivavikelintsika izay tonga isan’Alahady ; veloma amin’ireo ankizikelintsika tonga isan’Alahady sy Alakamisy ; omeo vaovao mikasika an’i Mompera Dutel, izay tena marary mafy aho.

Mivavaka ho anareo rehetra aho ary mitso-drano anareo.

A. Chevrier

Omeo an-dRamatoakely Clotilde sy Claudine ireo sary madinidinika, ary ilay sary lehibe ho anao, nahazo ny tso-dranon’i Papa ireo anabavy ireo.

203 (177) [12] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an’i Thérèse Maseranay, ao amin'ny Prado

[1877]

Ry masera tsara fanahy

Mino aho fa metimety kokoa ny andehananao, ny tenanao mihitsy no mankany amin-dRtoa Franchet any an-tranony, làlana Plat. 2. Nanome toky azy ny handehanako any aminy aho ; kanefa dia hambarako am-pahatsorana fa tsy sahy nanao izany aho, na mety ho fahatahorana ny hanelingelina azy no anton’izany, na amin’ny fangataham-panazavana izay tsy tiako.

Miangavy anao aho mba haneho aminy ny fanajako azy sy ny fankasitrahako tanteraka azy amin’ireo izay tsara rehetra nataony ho antsika.

Handefa asa ho anao mikasika ny Fanahy Masina aho, ataovy amin’ny halemem-panahy ny fanatanterahana azy.

Teneno i Masera Catherine mba ho hendry mandrakariva izy sy tsy ho sahiran-tsaina ary mba hangataka ny hihaona amin’i M. Chapuis raha faniriany izany.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

204 (178) [13] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an’i Thérèse maseranay

J.M.J. [1878]

Ry Masera malalako

Tamin’alahelo tokoa no nandrenesako ny vaovao mampalahelo mikasika ny nahafatesan’ny reninao.

Kanefa ny fahafatesany dia mbola soa avy amin’Andriamanitra ihany. Ny fahafantarany mialoha ny amin’ny ahafatesany dia tena mafy ho azy mihoatra nohon’ny amin’ny maha-fahafatesana azy, noho ireo ahiahy voajanahary tao aminy, koa fantaro fa na dia ao anaty loza aza dia mbola vokatra ny famindram-pon’Andriamanitra ihany izany. Ary, efa tena niomana tsara tokoa izy.

Koa amin’izany àry, dia aza manahy ny aminy.

Efa nivavaka ho azy aho, ary amin’ny Zoma izao dia hanao Sorona Masina ho azy.

Nampanontany ireo bokiny Atoa Picollet, koa raha azo atao dia atero any aminy faran’izay haingana izany. Tena mbola tsy tsara mihitsy ny fahasalamanao, manàna zotom-po sy faharetana. Manàna fanantenana ao amin’Andriamanitra. Aoka isika hiasa ho amin’ny Voninahitr’Andriamanitra sy ho amin’ny fahamasinantsika.

Mivavaha ho ahy. Mitso-drano anao aho.

A. Chevrier

205 (179) [14] Ho an’i Masera Thérèse Brun

Ho an'i Thérèse Maseranay ao amin'ny Providence de Saint-André, Limonest

[Hôpital homéopathique, 3 Janoary, 1879]

Ry zanaka malala

Misaotra amin'ireo firarian-tsoa avy aminareo sy avy amin'ireo Maseranareo ao amin'ny Limonest.

Tohizo tsara ireo asanareo madinidinika ary ataovy izay rehetra azonareo atao mba hahalavorary izany sy hametrahana ny fandriampahalemana, ny firaisana ara-panahy, ny fitiavana ary ny fifaliana ao am-pon'ny rehetra.

Mirary ho aminareo ny fitiavan'i Jesoa Kristy Tompo sy ny faharetana ao amin'ny antson'Andriamanitra ary dia mitso-drano anareo amin'ny foko manontolo.

A. Chevrier

Ho an'i Masera Claire

206 (180) [1] Ho an'i Masera Claire

J.M.J. 24 Aogositra 1867

Ry zanaka malala

Manangana ady aminao ny demony, fa rehefa tonga kosa ny andro izay hitondranao fandresena eo aminy, dia aoka ianao tsy hino intsony ireo hevitra ratsy ao an-tsainao. Mandehana ary tsy misy vato misakana afa-tsy ao amin'ny eritreritrao izay manalehibe foana izay zavatra jerena ka mampitombo ny endriny sy ny fahitanao azy amin'ny tena maha-izy azy.

Mampitebiteby anao ny filazako taminao fa tsy misy na inona na inona azonao atao ny fiainanao raha mbola mitoetra amin'izao toetranao feno tebiteby sy ahiahy lava izao ianao. Inona ary no tianao hatao e, voafatotra anie ianao ê, tsy misy fahafahana, hazavana ; esory hiala aminao ireo gejan'ny demony ary dia ny sitrapon'Andriamanitra amin'izay hatao. Anananao ireo, izay rehetra ilaina mba ahatonga ho tena relijiozy, ho masera mendrika ao amin'i Prado, kanefa atombohy amin'ny alalan'ny fiasana ao anaty fahalalahana tanteraka sy fitiavan'Andriamanitra izany. Maha-andevo ny andevo ny tahotra, fa maha-Zanak'Andriamanitra ny zanak'Andriamanitra kosa ny fitiavana. Mangeja ny saina amam-panahy ny tahotra, fa mamaha izany geja izany kosa ny fitiavana ka mampanidina azy ireo ho any an-danitra. Mahereza àry, ry Zanako malala. Tiavo ilay Andriamanitra tsara, manatona azy amin'ny alalan'ny fitiavana izay nomeny antsika tamin'izy tonga teto anivon'izao tontolo izao, ary aza dia feno fahatahorana an'Andriamanitra, fa tiavo izy ary dia handeha tsara ny zavatra rehetra.

Ento aty izany zazavavy avy any Crémieu izany ary dia hitahy anareo anie i Jesoa ka hanome anareo ny fahasoavany.

A. Chevrier

207 (181) [2] Ho an'i Masera Claire

4 Septembra [1867]

Tsy maintsy miasa mba hamoy ny zava-boahary ianao, ka tsy ho tia azy ireny afa-tsy ho an'Andriamanitra sy ao amin'Andriamanitra. Fadio ny maneho fihetsika ara-pitiavana

ivelany tsy misy antony lehibe sy nahazoana alalana avy tamin’ny lehibe ; aza miraiki-pò amin’ny olona iray manokana ianao.

Mahaiza mandà-tena amin’ny alalan’ny famolahana ireo filàna, ary mahaiza manaiky amin’ny fo sy fanahy tanteraka.

Ento isan’andro ny hazofijalina ka manaraha ny dian’i Jesoa, ary dia hiditra ao amin’ny lalan’ny fahalavorariana ianao.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

208 (182) (3) Ho an’i Masera Claire

[1868]

Ry Masera tsara fanahiko

Tsy tonga dia namaly avy hatrany ny taratasinao ka dia miala tsiny. Raha ny amin'ny fangatahanao indray dia heveriko fa tena ilaina tokoa io,, indrindra koa moa fa efa niteny taminao aho, mba hanome 15000 francs ao amin'ny didim-pananana ho amin'ny fianakavianao.

Kanefa ho fanomezana fahafaham-po ny tenanao manokana dia manome alalana anao aho ny handehananao any amin'ny fianakavianao, ka tsy handanianao ny andronao ho amin'ireo ankizy madinikao.

Hendre tsara ary aoka ianao hiomana tsara hikônfesy mba ahazoanao mandray kôminiô matetika.

Mitso-drano anao aho. Mahereza, matokia.

A. C.

209 (183) [4] Ho an’i Masera Claire

J.M.J. [1868]

Ry Zanaka malala indrindra

Nanoratra ho anao i Masera Marie, nasiako teny kely ho anao ao anatin’izany taratasy izany. Mamaly ny taratasy izay nalefanao ho ahy omaly aho izao.

Nalahelo tokoa aho teo am-pahafantarana fa tsy manao kôminiô intsony ianao. Raha tsy mandray an’Andriamanitra ianao, Ahoana no ataonao ? Hanao ahoana no ho fiafaranao ?

Aza miraviravy tanana eo anoloan'ireo tahotra sy ahiahy eo aminao. Meteza ho zanak'Andriamanitra. Atsaharo ny fetezana ho andevon'ny tahotra. Aoka ianao hanompo amim-pifaliana an'Andriamanitra ary dia ho hitanao fa handeha tsara ny zavatra rehetra.

Raha mba nanao kôminio ianao ka nahatontosa an-tsakany sy an-davany ireo fanazarana ara-pivavahana, dia ho nomeko alalana amim-pifaliana tokoa ianao hitoetra eo anilan-dRamatoa St Cœur de Joseph izay sahaza ho anao ; nefa tsy ho sahy hamela anao ela amin'izany aho raha tsy hoe angaha tapa-kevitra ianao ny hihavana indray amin'Andriamanitra eo amin'ireo Pretra vitsivitsy ao Bourgoin na any an-kafa. Ary efa tonga koa moa ity ny fanaovana kôminiô voalohany, hila anao i Masera Marie mba hanampy azy amin'ny fikarakarana ny ankizy.

Mahereza, ry Zanako malala, Tiavo Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra, ka dia handeha tsara ny rehetra. Efa mihatsara aho izao ary efa manomboka mamindra. Mampamangy, hoy ny reniko.

Hitso-drano anao anie i Jesoa. Ho anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

210 (184) [5] Ho an'i Masera Claire

Masera Claire

[Moulin à vent]

Ry Zanaka malala,

Ity ny lisitr'ireo toko efa voadikanao : fanetren-tena, fahantrana, fanekena, fitiavana, fahalemem-panahy, fandavan-tena, fahadiovana, olona ara-panahy, fahalavorariana kristiana, fianakaviana, finoana, fijaliana, lehibe tompon'andraikitra, apôstôly. Ny sisa hafa rehetra dia tsy misy voadika, toy izany koa ireo notondroinao.

Ny amin'ny fandraisana kôminiô ataovy izany ; izay rehetra zava-mitranga no natao na nolazaina tsy nahy, na tsy misy haratsiam-panahy voaeritreritra dia tsy fahotana lehibe.

Ny amin'ny kahie misy ny Mistery Mahafaly sy Be Voninahitra, dia tsy ampindramiko anao raha tsy amin'ny Alakamisy ao amin'ny Prado, satria misy ilàko azy foana isan'andro.

Mahereza, faly aho aminao sy amin'ny fahavononanao, fa ny fahasambarantsika manontolo eto amin'ity tany ity dia ao amin'ny fianarana sy fahafantarana an'i Jesoa Kristy.

211 (185) [6] Ho an’i Masera Claire

J.M.J. [1868]

Ry zanaka malala,

Inoako fa ny demony dia manao izay rehetra farany azony atao mba hampisiana fisaraham-bazana sy fankahalana. Tena ory sy malahelo ny amin’izany tokoa aho, ary raha fantatro ny fanafody sy ny fanefitra amin’izany, dia ho nampiasaiko marimarina tokoa, ao anatin'ireny fotoana ratsy ireny, ny tena atahorana dia ny zava-madinika rehetra dia lasa hitombo hihalehibe, ary ho tonga bibibe masiaka ka lasa mahatsiaro izay efa nampahory rehetra ny tena, dia mahita sakafo iainany ny fankahalana ; izany rehetra izany dia tsy mba Fanahin’Andriamanitra.

Mamela ahy ianao hanazava zavatra roa loha izay nampahory anao, ka toa azeranao ho andraikitr’i Masera Madeleine sy Masera Marie. Voalohany, ny amin’ny fanaovana fanokanan-tena… tsy nandray mihitsy aho olona, vao niaina herintaona monja teto, hanao fanokanan-tena, ireo Masera rehetra teo aloha dia nitoetra 2 na 3 alohan’ny hanaovan’izy ireo fanokanan-tena ; nataoko ho fitsimbinana ny sasany izany mba tsy hisy hibitsihana anaty ka hilazana fa manao fitia mitanila aho ; izay no antony nahatonga ahy hanao ireny fihetsika ireny ; fa tsy hoe noho ny fanomezan-tsiny nolazain’ny olona momba anao, satria azoko lazaina marina aminao fa tsy nanambara na inona na inona tamiko, i Masera Marie sy Masera Madeleine, zavatra mety hanodina ny saiko tsy handray anao hanao fanokanan-tena alohaloha.

Ny amin’ny fanendrena ny lehibe, dia matoky aho fa tsy ataonao raiki-tapisaka ao an-dohanao izany ka ho loharano hiavian’ny ny fahasahiranana sy tebiteby maharitra ho anao, ka izany no antony nahatonga ahy sahy nilaza taminao mba tsy hanaiky andraikitra izay mety hitondra voka-dratsy aminao izao ankehitriny izao. Raha mba efa teto an-trano hatramin’ny taona maro ianao, ka nanana fisainana voavolavola sy voataiza, dia mety ho hafa ny fihetsika noraisiko, fa izao ankehitriny izao kosa, noheveriko ho adidiko ny miaro ny tombotsoanao. Afaka manome porofo aminao aho fa milaza ny marina amin’izany rehetra izany.

Raha ny amin'ireo eritreritra mibahana ao an-tsainao ny amin'ny tsy fahaizanao miasa

indray, dia tsy misy fantatro ny amin'izany. Mahafantatra kosa aho nefa, ary mahazo antoka tanteraka fa tia sy mankasitraka anao ireo Masera rehetra ; tsy tokony hadika vilana izay fiteny sy fihetsika rehetra sendra voalaza sy tsy ananana sain-dratsy.

Izaho mino fa izay rehetra mitranga dia avy amin'ny fanahy ratsy, sady hitanao tsara koa ny halehiben'ny fitiavan'ireo zaza ireo Masera namanao anao. Raha ny amiko, dia mino mandrakariva aho fa Andriamanitra no nitondra anao aty mba hanaraka ilay sinto-mahery efa napetrany ao am-ponao mba hampianatra ny mahantra sy hiara-miaina aminy, ka amin'ireo zava-mitranga ireo tsy misy tokony hampiova lalana anao amin'ny Antson'Andriamanitra.

Hatramin'izao, dia nihevitra ny fisainako sy ny toro-hevitro ho toy ny avy amin'Andriamanitra ianao, ataoko fa mbola tsy niova koa aho teo amin'ny fitondràna anao.

Mba mivavaha ho ahy amin'Andriamanitra, ary minoa ny fahafoizako tena ho anao.

A Chevrier

212 (186) [7] Ho an'i Masera Claire

J.M.J.

Ry zanako malala indrindra,

Tiako ho tahirizina ny taratasinao ho vavolombelon'ireo faniriana sy fanapahan-kevitra tsara ao aminao. Fantatro tsara fa tsy masiaka na ratsy fanahy ianao ary manana fandavan-tena tsara koa ; tsy niahiahy ny amin'izany mihitsy aho, ary aoka ianao hino fa ny fanahy ratsy dia mampitombo mihoatra lavitra nohon'ny fetran'izaymety ho henonao sy nambara taminao. Izaho mihevitra fa tsy misy na dia iray akory aza amin'ireo ankizy ireo manana fikasan-dratsy. Inoako fa manana fandavan-tena tsara daholo ianareo, ary raha misy fanetren-tena sy fitiavana ao anatin'izany dia handeha tsara ny rehetra ; koa amin'izany àry, aza mety ho sarihin'ny fakam-panahy. Manana finoana mafy sy matanjaka fa hoe manao ny sitrapon'Andriamanitra ianao, amin'ny alalan'ny fanaovana ireo asa madinidinika, ary ny olona rehetra koa dia mikatsaka ny hanao izany asa izany. Ny fitiavana anie hametraka ao an-tsaintsika fisainana tsara manoloana ny hafa ary dia hanana fandriampahalemana, fahasambarana, fifaliana lalandava isika. Mahereza àry, ataovy tsara ny ranom-bavaka, ary aza adino ilay asa kely izay nomeko anao mikasika ny fijanonana izay nampisongadina ireo toetra tsara sy toetra ratsin'ny olona tsirairay avy ao, ary ahitana ny fitondran-tenan'i Jesoa Kristy teo anivon'ny olona maro dia tsy misy hampahatanjaka antsika mihoatra noho izany.

Ary izaho koa ho avy hijery anao sy ireo ankizivavikelinareo.

Ataovy ny kôminionao, toy izay efa nandidiako anao.
Mitso-drano anareo amin’ny foko manontolo aho.

A. Chevrier

213 (187) [8] Ho an’i Masera Claire

Laretiretin'i Fourvière

Hanatrika ny fampianaran'Andriamatoa "Aumônier des Soeurs" ianareo.

Ny andro telo voalohany, dia hangataka amin'Andriamanitra ianareo amin'ny alalan'i Masina Maria virjiny sy Md François ny fiadanan'ny fanahy sy ny fahatoniana ilaina mba hanaovana laretirety tsara.

Ho amin'izany dia manaova fampiharana ny amin'ny fibebahana, fifadian-kanina kely, famolahan-tena, asa fanetrentena mba hividianana ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fahazavany. Ataovy amim-panetrentena ny fiekena ny hadisoana natao, miomàna mba handray ny famelan-keloka.

Ho hitanareo ao anatin'ny fahazavan'Andriamanitra sy ny fahatoniana fa ny faharisarisan'ny fanahinareo sy ny toetra izay sarotra misy aminareo dia avy amin'ny fitiavantena diso tafahoatra sy efa lalim-paka tao aminareo. Mikatsaka mandrakariva ny momban'ny tenanareo ianareo fa tsy mikatsaka ny momba an'Andriamanitra. Maniry te-hotiana. Mbola misy zavatra maro hafa koa izay mampitebiteby anareo sy mahalasa saina ka mahatonga anareo hihevitra fa ny sasany dia tsy manao afa-tsy ny manohitra anareo, eo koa ny fahasarotsarotinana, ny fitanana alahelo madinidinika, ny fankahalana, ny lolom-po, ny fitsaratsaram-poana, fitiavana diso toerana sy ireo zavatra rehetra mamehy ny fanahinareo, mandrava ao aminareo ny fahafahan'ny zanak'Andriamanitra ary mahatonga anareo tsy hahatontosa hatramin'ny farany ny adidy aman'andraikitra. Ireo ny amin'ny ankapoben'ireo kilema lehibe izay ho resenareo. Dieny izao, aoka hangataka amin'Andriamanitra ny fanetrentena marina sy ny fanaovana tsinontsinona ny aminareo ary mivavaha fatratra mba ho eo aminareo ny fahazavan'Andriamanitra.

Manome toky aho ny hivavaka ho anareo, satria eo anivon'ireo kilema ireo dia misy toetra tsara izay azo ampiasaina raha miditra tsikelikely ao amin'ny lalan'Andriamanitra ianareo.

Ny Rainareo izay mitso-drano.

A. Chevrier

214 (188) [9] Ho an’i Masera Claire

J.M.J. [1868]

Ry zanaka malala indrindra

Faly tokoa aho mieritreritra fa tapa-kevitra ny hanao ny kôminiô masina ianao amin’ny Alahady. Aza manadino an’Andriamanitra ary miverena aminay hendry tsara ; ireo hakiviana rehetra dia avy amin’ny fanahy ratsy izay te-hampiodina anao amin’ny fandraisanao fanapahan-kevitra tsara, koa mahereza.

Efa mba mihatsara kely ny fahasalamako, efa manomboka mamindra aho, ny lohako no mbola reraka foana, ho any Tour du Pin, mandritra ny andro vitsivitsy aho.

Tsy any Lyon i Atoa Guinand ka izany no tsy ahazoanao valin-taratasy avy aminy ; raha toa ianao tsy ho afaka ny handoa ny saran’ny kilasimandrin’io zazavavikely io eo no ho eo, dia afaka ny hiandry andro vitsivitsy ireo Masera.

Koa hendre tsara àry, ary aza atao tsinontsinona ny fivavahanao, ny adidinao ary ny kôminiô, dia handeha tsara ny rehetra.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

215 (189) [10] Ho an’i Masera Claire

Ho an’i Claire Maseranay

[1869]

Ry Zanaka mahantra

Mbola manao tendrombohitra amin’ny voam-pasika foana ?

Rahoviana ary ianao vao hahay hanavaka ny vitsika ny elefanta, mandehana ary mizòra mahitsy hatrany, tsy ho voasakatsakan’ireny tsilo apetraky ny demony eny amin’ny lalanao ireny. Tsy handroso mihitsy ao amin’ny fitiavan’Andriamanitra ianao amin’io fisainanao be ahiahy io, mandrara anao mba tsy hiasa saina amin’izany rehetra izany, eny fa na dia ny fanaovana kônfesy sy ny fiheverana ny amin’izany aza.

Ilay anao manontolo mandrakariva.

A. Chevrier

216 (190) [11] Ho an’i Masera Claire

Masera Claire

J.M.J. [1870]

Sahala amin’ireo marary tsy mety mandray ny fanafody omen'ny mpitsabo ianao, tsy misy afa-tsy amin’ny alalan’ny fanaovanao tsinontsinona ny fanirianao sy ireo ahiahy ao aminao ihany no ahafahanao manitsy ny tenanao amin’izany. Efa nilazako ianao fa raha hilaza zavatra mahasoa amiko ka misy hifandraisany amin’ny fanamasinanao tena, na amin’ny fanabeazana ireo ankizy, dia hihaino anao aho fa raha tsy izany kosa, fa ny amin’ireo zavatra efa nambaranao ahy nandritra ny roa taona izay, dia tsy asiako fiheverena akory na kely aza.

Efa nanao ilay kahie kely, fandinihan-tena, ary manohy ny asako ve ianao ? Ireo no tena zava-dehibe, fa ny sisa rehetra, tsy ilaina ny miresaka azy.

Mivavaha, ary ataovy tsinontsinona ireo hevitra rehetra izay mandalo ao an-dohanareo.

Tsy te-hieritreritra afa-tsy izay rehetra mahasoa ny fanahinao sy ny fanahin’ny hafa aho.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

217 (191) [12] Ho an’i Masera Claire

J.M.J. [1870]

Ry Zanaka malala

Ahiahy sy fisalasalana tsy mitombina izay rehetra nambaranao ahy tao anatin’ny taratasinao. Ataovy ny kôminionao ary tadiavo izay hanesoranao ao aminao ireo forongon-javatra tsy mahasoa izay tsy misy dikany fa tsy fahalavorariana fotsiny ihany, na raha be indrindra ireo fahotana madinidinika azo avela. Handeha hidina ao amin’ny trano fikonfesena aho, efa mihamisinda ny fanaintainako.

Hendre tsara daholo, ary mahareta, mahareta eo anivon’ireo fakam-panahy sy ny fandaozanareo ny fianakavianareo.

Ilay rainareo am-panahy izy mikely aina ho anao.

A. Chevrier

218 (192) [13] Ho an’i Masera Claire

Ho an’i Claire Maseranay

J.M.J. [1870]

Ry Zanako malala indrindra

Nahoana no dia mitebiteby saina fatratra toy izao ianao. Efa nambarako im-betsaka fa faly aminao aho ; raha tahiny ka manao tsara ny katesizinao ianao ary manohy tsara izany, toy izay efa nataonao nandritra ny fotoana vitsivitsy dia handeha tsara ny rehetra ; avelao hiteny e, tsy avy amin’Andriamanitra izay rehetra henonao fa avy amin’ny demony mba hampijaly sy hanakivy anao. Aza asiana fiheverena na dia kely akory aza ny amin’izany rehetra izany fa miasà amin-jotom-pò, araraoty izany ho enti-manamasin-tena ary mianara tsara mba hamonoanao ireo fahasarotitsarotinao ; zava-poana ny tenin’olombelona, hoy ny Fanahy Masina, aoka tsy hampitebiteby anao mihitsy intsony izy ireny. Porofo iray fa tsy tena mbola an’Andriamanitra tanteraka isika rehefa mitebiteby amin-javatra bitika sy madinika. Mahereza ary, aza mety ho sarihin’ny fitsiriritana ny momba ahy.

Raha ny amiko, matoky tanteraka aho fa ho tonga Masera katekista tsara ianao, fantatrao tsara fa izay no angatahiko ary rehefa mahay mampianatra tsara ireo ankizintsika isika, dia handeha tsara ny zavatra rehetra, ary ho faly ilay Andriamanitra tsara. Izay ihany no ilaina.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

Aza atao tsinontsinona ireo kôminiônao.

219 (193) [14] Ho an’i Masera Claire

J.M.J. St Fons, 1871

Ry zanako malala

Hitanao tsara fa mila anao ho ato amin’ny Prado ny ankizy. Na izany aza dia manome àlalana anao aho hijanona any hatramin’ny alarobia raha mihatsara ny fahasalamanao, ianao tsy milaza amiko ny amin’ny fahasalamanao ts’inona ; karakarao tsara ny tenanao, ary ataovy izay hamelana aty Limonest ny kohaka sy endrikao valabalaka, fa mba hatanjaka kosa amin’izay.

Raha ny amin’ny fananan ao manoloana ny an-dRangahy io, izay te-hanao asa ho an’ny adalavavy, inoako fa tena tapa-kevitra tsara ianao raha ny filazanao amiko, fantatrao tsara fa tsy tiako ny manome toro-hevitra raha resaka tombotsoa no resahana. Raha te-hanao asa izy, aoka hataony irery izany satria heveriko fa isika tsy ho afaka ny hikambana aminy. Ho amin’izany, dia tsy maintsy miditra ao an-tranon’Atoa Reuil isika ary tafiditra ao anatin’ny fikambanany.

Izao no hevitro : raha mividy ny fananan’Atoa Guy io rangahy io mba hanaovana asa ho an’ireo ankizivavy maditra, ka tena ilainy manontolo koa ny fananan ao mba ho an’ireo ankizilahy maditra, dia amidio aminy izany. Aleo kokoa mampihafy zavatra kely toy izay tsy mampisy asa mahasoa toy izany. Nefa raha tsy mividy kosa izy, dia mitoera ianao amin’ny maha-ianao anao toy izao ihany. Mety ho azontsika ampiasaina ihany io tany io amin’ny tanjona toy izany, any aoriana any. Izay no heveriko fa marina sy mifanaraka amin’ny sitrapon’Andriamanitra.

Aza dia mamiza-tena manoratra loatra, makà aina. Aza misahiran-tsaina ary aza ajanona ireo fanazarana ara-pivavahana sy ny fanaovanao kôminio.

Enga anie hanampy anao sy hitsodrano anao ilay Mpampianatra tsara.

Ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

220 (194) [15] Ho an’i Masera Claire

Masera Claire, ao Limonest

J.M.J. [1871]

Ry Zanaka malala

Tsy misy resaka mihitsy izany hoe : hametraka ny fasian-damba ho eo akaikin’ny ankizilahy izany, tsy nihevitra ny amin’izany mihitsy aho ary tsy hanome alalana ny amin’izany na oviana na oviana. Mety ho noraisinao ho hevitra raikitra angamba ny resaka manidina nataon-dreniko.

Mino aho fa tsy ho avy aty Limonest Atoa Guerrier satria vao henoko teo fa marary ny zanany kely.

Nanana fahatokisana anao foana aho, ary manamarina izany izay nataoko.

Tsy manana faniriana afa-tsy tokana ny aminao aho dia ny mba hanitsianao ny asa ara-

panahy sesilany ao aminao izay miasa mandrakariva amin’ny lafiny ratsy, rehefa ny fisainana no miasa.

Mila fatra na fanetren-tena betsaka, fandavan-tena tanteraka, fanetren-tena, fankatoavana sy fitiavana ianao, miasà mba hahazo ireo hatsaram-panahy ireo amin’ny alalan’ny fampiharana ny ranom-bavaka sy ny kôminio masina. Raha tonga mpanetry tena sy mpankatò ianao, dia tena ilainay tokoa eo amin’ny asanay sy ho mpanompon’Andriamanitra tsara.

Aoka ary ianao, ry Zanako malala, hihatsara ary dia ho tonga Masera kely tsara fanahy ao amin’ny Prado.

Mahatsiaro anao mandrakariva,

ny Rainao

A. Chevrier

221 (195) [16] Ho an’i Masera Claire

Mandràra anao aho mba tsy hanana ahiahy ny amin’ny eritreritrao.

Tsy maintsy mankatò ahy ianao ary mitoetra tsara eo amin’ny zavatra rehetra, efa miteny anao aho izao.

Ataovy ny kôminiônao.

Tiavo Andriamanitra ary aza manahy ny amin’ny sisa rehetra.

222 (196) [17] Ho an’i Masera Claire

Ry zanako malala indrindra

Mamaly ireo fangatahana rahetra nataonao aho izao.

Mety mihitsy ny namelana ny resaka momba ny fisotroana rano aloha ny kôminio androany maraina, toy izany foana no tokony sy tsy maintsy hatao. Manakobàna ny vava ianao ny andro an-katoka mba ho voaaro amin’ny fahasahiranana.

-Mangataka hatsaram-panahy lehibe sy avo indrindra aminao ilay Andriamanitra tsara, fa raha tsy misy izany dia hitoetra ho malahelo foana ianao ; aza misalasala, mampanantena anao fahasambarana aho amin’io fepetra io. Ankatoavy ilay feo anaty ao aminao izay manosika anao ho amin’ny fahatsaram-panahy sy fankatoavana.

-Raha ny amin’ny asa fivalozan’ny fanetren-tena, izay nandidiako anao, dia ataovy ao anaty fotoana fohy izany, minitra vitsy, eo amin’ny 5 mn eo ho eo, amin’ny alalan’ny fanetren-tena

am-po sy am-panahy tanteraka, aza manahy na amin’ny inona na amin’ny inona ny amin’izay rehetra mety handalo ao amin’ny sainao.

-Ho asan’ny hatsaram-panahy izany, izay manala anao amin’ireo fahafalian’ny fo madinidinika, nefa tsy tena fahotana lehibe anefa izany. Tohero tsara ireo izay rehetra ao amin’ny eritreritrao.

-Tsy maintsy tenenina daholo ny zavatra rehetra natao ary tsy misy fahatahorana na tsy milaza afa-tsy ireo izay nanomezako alalana anao holazaina ihany.

-Fantatro tsara mihoatra noho izay heverinao ianao. Manàna fahatokiana. Miankinà tanteraka amiko ianao, ary aza hiverenana intsony ireo konfesinao efa lasa. Mandehàna amin’ny fahatokiana tanteraka an’Andriamanitra eo amin’ny fiainanao rehetra. Tia anao Andriamanitra ary tsy te-handao anao.

-Antenaiko fa amin’izao sisa izao dia hanome fahafaham-po ahy ianao, toy izay nanomezanao fahakiviana sy alahelo ahy hatrizay ka hatramin’izao.

Ny Rainao izay mitso-drano anao.

A. Chevrier

223 (197) [18] Ho an’i Masera Claire

Nieritreritra aho, androany maraina, fa mba hanitsiana anao sy ahatongavanao ho amin'ny vokatra tsara, dia ilaina ny hanaovanao kôminiô isan'andro mandra-pahatsaranao. Koa amin'izany àry dia mandidy anao aho mba hanao kôminiô isan'andro, hataonao izany mba hahazoanao fanahy vaovao, ary mandràra anao aho mba tsy hanahy ny amin'ny sainao, afa-tsy fahefatr'adiny mialoha ny kônfesinao.

Ny Rainao

A. Chevrier

224 (198) [19] Ho an’i Masera Claire

Masera Claire, ao amin'ny Prado

Ry Zanaka malala

Aoka hitoetra mangina eo amin’ny kônfesinao rehetra efa lasa ianao, ary mandrara anao aho mba tsy hamerina izany ; tsy izany rehetra izany no tokony ho ahianao.

Tsy maintsy manahy amim-pahamendrehana ny amin’ny fankatoavana sy ny fanetren-tena ianao. Ao anatin’ny eritreritra no misy ireo fitsaratsaram-poana.

Aza manahy amin’ny konfesinao, mandehàna isaky ny 8 andro ary ataovy am-pilaminana sy tsy amin-tahotra ny kôminionao, entanin’ny fandavan-tena tsara. Izay dia ho ampy, satria tsy maintsy ialàna ny fahasahiranana lehibe. Ry zanako mahantra ! Tena very fotoana betsaka sy ory ianao hatrizay, koa mitsangàna ka mandehàna.

Hadikao tsara indray amim-pankatoavana ny fitsipika madinidinika izay nomeko anao talohan’ny handehanako, ary manaova tatitra amin’i Masera Véronique, isaky ny 2 andro, ny amin’ny fahatanterahan’izany ary angataho fivalozana kely izy ny amin’ny hadisoana. Izay no dingana voalohany hataonao ao amin’ny fanetren-tena sy fankatoavana, izay hitarika fahasoavana bebe kokoa ho anao noho ireo fampiharana tsy araka ny fanao izay mety ahafoizanao tena, izay tsy inona akory fa fahafaham-po ho an’ny fitiavan-tena sy ny fandriky ny devoly no tena fonosiny. Aoka tsy ho diso fotoana ianao ny amin’izay rehetra izay : kônfesy isaky ny 8 andro, kôminio in-3 isan-kerinandro sy ny Alahady, fanaovana tatitra ireo fitsipika, ary dia hiaraka aminao Andriamanitra.

Tamiko no nanomezanao toky ny amin’ny fankatoavàna, tsy maintsy ataonao amiko izany mba ho voninahitr’Andriamanitra sy famonjena anao.

Ho faly tokoa aho raha mba ho azoko ka ho an’Andriamanitra ny fanahinao.

Manàna fandavan-tena tsara dia handeha tsara ny rehetra.

Ny Rainao. Mitso-drano anao aho.

A. Chevrier

225 (199) [20] Ho an’i Masera Claire

[1872]

Mpankatò hatramin’ny fahafatesana teo amin’ny hazo fijaliana i Jesoa.

Nanome teny tamin’ny alalan’ny voady aho mba hamita ireto fitsipika kely ireto ao anatin’ny volana iray sy hankatò ny mpampikônfesy ahy eo amin’ny lafiny rehetra izay mikasika ny fitarihana ny fanahiko.

4 ora 1/2	Mifoha. Manamboatra fandriana	1 ora 1/2	Sapile
5 ora	Vavaka. Ranom-bavaka	2 ora	Asa
6 ora	Fianarana katesizy	4 ora 1/2	Fitsidihana ny Sakramenta masina
7 ora	Lamesan’ny fiombonana	5 ora	Katesizy

8 ora	Sakafo maraina	6 ora	Tantara masina
9 ora	Katesizy	6 ora 1/2	.....
10 ora	Kilasin'ny ankizy	7 ora 1/2	Fanazarana any amin'ny lasapely
11 ora 1/2	Katesizy - Didin'Andriamanitra	8 ora	Fatorian'ny ankizy
12 ora	Sakafo, fialan-tsasatra		Fanadinana
1 ora 1/2	Andraikitry ny tsirairay. Herinandro	9 ora 1/2	Fatoriana - Fahanginana

Isak'izay diso amin'ireo fitsipika ireo aho dia hiaiky izany heloka izany any amin'ny mpampikônfesy ahy na any amin'ny lehibe ambony, ary dia hangataka fivalozana aminy.

Kônfesy ny Alatsinainy ary fitantanana ara-panahy ny Alakamisy.

Kôminio in-3 isan-kerinandro sy ny Alahady.

Fanekena ireo fampiharana fanetren-tena napetraky ny mpampikônfesy ahy.

Havaoziko isam-bolana ny voadiko mandra-pahatongan'ny 10 Desambra.

Eken'ny mpampikônfesy.

A. Chevrier

Alahady

7 ora	Katesizy sy sakafo maraina
11 ora	Fanazavana ny rozery
5 ora hariva	Amboaran-kira
6 ora hariva	Fanazarana any amin'ny lasapely

Ireo zavatra hotandremana

Fadiana ny fitadiavana ny hahasoa ny tena

Tsy manohitra ny fahasoavana

Tsy hanahy ny amin'ny saina afa-tsy fahefatr'adiny alohan'ny fikonfesena sy fotoanan'ny fanadinana manokana isan'andro.

Hanampy anao anie i Jesoa… ary hitahy anao.

226 (200) [21] Ho an'i Masera Claire

Ho an'ny Claire Maseranay, ao amin'ny Prado

J.M.J. [1872]

Ry zanaka malala

Tsy tokony hiasa saina amin’ireo otanao efa lasa, hadino, tsy voalaza tsara na tsy nambara mihitsy intsony ianao raha vao avy mikônfesy sy efa voavela heloka, fa avelao ireny ho any. Fantatrao fa misy fahavalo horesena ao an-tsainao ao, tsy maintsy miady hanohitra ireo ahiahy, hasanganehana, fahasorenana, alahelo ianao ; fa raha tsy izany dia tsy hizotra ho amin’ny hatsaram-panahy mihitsy. Hevero ny amin’ny fampihàrana ny hatsaram-panahy : fanetren-tena, fitiavana, fankatoavana ary aza manao tsinontsinona ny kôminiô noho ny amin’izay mety ho fikorontanana ara-tsaina, satria tsy tokony avela noho ny amin-javatra tsinontsinona sy aloka Andriamanitra.

Aoka ho hendry sy mpankatò ianao.

A. Chevrier

Mba alefaso kely amin’ny alalan’i Suchet ireo kahiem-paminaniako azafady.

Averiko indray, aza miasa saina amin’ny eritreritrao ianao. Mandehàna any Ars ary ataovy ny kôminionao.

Tafiditra ao amin’ny tapany faharoa i Md Joany Batista ary mitovy tahaka amin’ny fahatongavana ho nofo izy io.

227 (201) [22] Ho an’i Masera Claire

Ho an’i Masera Claire, ao amin'ny Prado

J.M.J. [1872]

Ry Zanaka malala

Indro alefako aminao ny taratasin-dRamatoakely Pract sy Andriamatoa Guy. Vitao ary io raharaha io ary mangataha 5 taona amin’izy ireo mba handoavana ny 43 000 francs.

Ilay mahatsiaro anao mandrakariva ao amin’i Jesoa Kristy [Tompo]ntsika.

A. Chevrier

228 (202) [23] Ho an’i Masera Claire

Ry Zanaka malala

Mbola manamafy ny fanapahan-kevitra izay nomeko anao omaly sy tamin’ny taon-dasa ihany aho dia ity : mandrara anao mba tsy hiverina amin’ny efa lasa, mandràra anao koa aho mba tsy hanao kônfesy tambabe. Efa nanao mihoatra lavitra noho izay atao mba hahatontosa ny fahamarinan’ny kônfesy ianao, tamin'ny alalan’ny fiekenao heloka amin’ny

ankapobeny toy izay efa nampanaoviko anao ary ny fiezahana ny ahafantatra ao anatin’ireny fieken-keloka ankapobeny ireny ireo hadisoana rehetra nataonao teo amin’ny fiainanao.

Ny angatahiko aminao sy angatahin’Andriamanitra aminao koa dia ny fandavan-tena marina hiasa ho amin’ny fahalavorarianao, amin’ny fampiharana ireo hatsaram-panahy hentitra, ary tsy handany fotoana amin’ny feon'ny fieritreretanao.

Ny fanenenana ny lasa, ny fandavan-tena tsara ho amin’ny ho avy ary ny fampiharana ny hatsaram-panahy marina isan’andro, miaraka amin’ireo, hahazo antoka ny famelana sy ny famonjena anao ianao.

Ny Rainao.

A. Chevrier

229 (203) [24] Ho an’i Masera Claire

Mandrara anao aho mba tsy hanahy ny amin’ny feon'ny fieritreretanao, ary mandidy anao koa aho mba hanao kôminio. Fankatoavana.

A. Chevrier

230 (204) [25] Ho an’i Masera Claire

Aza manahy na amin'inona na amin'inona intsony ianao, ry zanaka malala, manàna finoana ; efa nahatanteraka asam-panetrentena sy fahatokiana lehibe ianao tamin'ny filazanao ireo eritreritra adalanao ; hanampy anao anie Andriamanitra ary hitahy anao indrindra koa ; tena faly tokoa fa afaka tamin'ireny zavatra ireny ianao, ireny zavatra ireny dia tsy fahotana velively satria teraka avy ao anatin'ny fisainana sy ny fieritreretanao. Mandraisa kôminiô ary dia aza manahy na amin'inona na amin'inona intsony.

Meteza aloha ianao ho hendry tsara ary manàna fahatokiana.

Tanteraho in-telo isan-kerinandro ny kôminiônao.

Mitso-drano anao aho.

A. Chevrier

231 (205) [26] Ho an’i Masera Claire

Ry Zanaka malala

Aza manahy ny amin’ireo lahatsoratra tsy hitanao ianao ; tohizo ny asanao. Misy amin’ireo lahatsoratra ireo no mifandray amin’ny raharahan’i Jesoa Kristy Tompontsika.

Hanome anao boky katesizy aho rehefa afaka hanao izany aho. Tohizo hatrany ny fivavahana amin'Andriamanitra ho an'ireo mahantranareo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

232 (206) [27] Ho an'i Masera Claire

Mandrara anao aho mba tsy hiasa saina amin'ireo zavatra rehetran'ny feon'ny fieritreretanao. Mankatoàva amim-pitandremana, ny fankatoavana mialoha ny zava-drehetra.

Aoka ianao hanao kôminio rahampitso mba hangataka amin'i Jesoa Kristy Tompontsika ny fahatonian'ny fanahy.

Ataovy tsara ireo kahie keliko, tena fanampiana lehibe dia lehibe ho ahy sy ho an'ny ato an-trano izany.

A. C.

233 (207) [28] Ho an'i Masera Claire

Masera Claire

Ry Zanako malala indrindra

Tena nahafaly ahy tokoa ny taratasinao, raha nahita ny fandavan-tenanao mba hamono ny aminao sy ny fanekena ireo fahoriana sy ireo zavatra mampitanondrika ny tenanao. Tsy misy zavatra mahafaly an'Andriamanitra sy ny mpampikônfesy anao hoatra izany.

Mahareta ary miasà ao amin'izany lalàna izany, fa hitondra anao ho any an-danitra izany.

Ekeo amim-panetren-tena tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra. Aza mitebiteby ny amin'ny momban'ny eritreritrao ianao, fa mandehana amim-pahatokiana ary enga anie izany fahatokiana izany ho lehibe noho ny tahotra ; mivoahà ; mivoahà amin'ny fahazazana ka mitomboa.

Ny Rainao.

A. Chevrier

234 (208) [29] Ho an'i Masera Claire

[21 Novembra 1872]

Ry Zanaka malala

Hevero tsara ny halehiben’ny asam-panokanan-tena izay hataonao androany ho anao, ho ahy, ary ho an’ny asan’ny Prado, sy ny voka-tsoa izay aterak’izany.

Ho anao, amin’ny fanoloranao tena toy izao, dia manao fanekena ianao ny tsy maintsy hankatò tanteraka ny lehibenao ankehitriny na ilay izay ho tendreko aorianako.

Fankatoavana tanteraka ho an’ny fanahy, saina, tsy misy famotopotorana sy hevitra ambadika.

Voafehy ianao ny tsy maintsy hiasanao amim-pahamendrehana mba hanitsy ireo toetra ratsy ao aminao fialonana, fahasorisorenana, fikatsahana izay hahasoa ny tena ao aminao, ary hanaiky am-panetren-tena ireo fanitsiana, fietren-tena, izay tena ilainao mba hahatongavanao ho amin’ny fibebahanao.

Voafehy ianao tsy maintsy hiara-miaina amin’ireo Masera, hitia azy ireo ary hiasa, araka izay fara-herinao, mba hahavitana ilay firaisana lavorary izay tsy maintsy apetraka eo amin’ireo masera rehetra miara-miasa ho amin’ny tanjona iray.

Voafehy ianao ny tsy maintsy hiara-mipetraka amin’ireo ankizy mahantra, hampianatra sy hanabe azy, ary ianao dia tsy manana afa-tsy tokana ihany eo amin'ny fiainanao dia ny : hanao katesizy ho an’ny mahantra sy mba hiasanao ho amin’ireo asa eto an-tranontsika.

Voafehy ianao ny tsy maintsy hampiasa ireo fanananao na fara-faharatsiny ny taninao any Limonest, ho amin’ny asan’i Prado, ka hampiditra azy io ho an’isan’ireo fananana iombonana amin’ny alalan’ny fanakambanana azy amin’ireo fananan'ireo vehivavy hafa.

Voafehy ianao ny tsy maintsy hampiala ny fonao amin’ireo zava-maro ianao ka tsy hamikitra azy afa-tsy ho amin’ny fanaovana ny asan’Andriamanitra ary ireo olona miasa amin’izany ihany. Ho ahy, nanao fanekena aho ny tsy maintsy hitazona anao eto aminay.

Voafehy tsy maintsy hanao izay hifehezana sy hampandehanana anao ho amin’ny lalana faran’izay lavorary indrindra araka ny toro-lalan'ny Evanjely.

hampiasa indraindray ireo fomba mafy sy sarotra mba hanitsiana anao amin’ireo hadisoanao, toy ny mpitsabo manapaka sy mandoro, mba ho an’ny tena soa ho anao sy famonjena ny fanahinao.

Hanao izay hampitombo ka hahatonga ho olon-dehibe araka izay fomba sy fitaovana rehetra azoko ampiasaina aho.

Hampijaly anao matetika na dia eo aza ireo fitiavana anao, ary izany dia ho an’ny soa ho an’ny fanahinao.

Fantaro tsara ny hevitr’izany rehetra izany ary mivavahà mba

hanazavan’Andriamanitra anao.

Arakaraka ny hanaovantsika fanatitra ho an’Andriamanitra no maha-sambatra antsika.

Raha tena te-handeha marina ao amin’ny lalan’Andriamanitra ianao sy ho sambatra eto an-tany ary any amin’ilay fiainana iray, dia aza matahotra ny miaina ao anaty famolahana sy fandavana ny tena.

Hanampy anao anie Andriamanitra, manàna fahatokiana ao amin’ny fahasoavany sy fiarovany ary matokia ny fiarovan'i Masina Maria Virijiny.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

235 (209) [30] Voadin’ny Masera Claire

J.M.J. [21 Novembra 1872]

Androany 21 Novembra 1872
Andro fanolorana an’i Mbv Virjiny[7]

Izaho, Masera Claire ao amin’ny Tiers-Ordre Masindahy François d’Assise, no niditra teto Prado 5 taona lasa izay hankatò ny herim-pitiavana nomen’ilay Andriamanitra tsara mba hanokan-tena ho amin’ny asan’Andriamanitra sy fampianarana ireo mahantra, dia mino sy miaiky marina fa izay no sitrapon’Andriamanitra ny amiko.

Mandray ny fanapahan-kevitra am-pahibemaso aho izao, dia ny : hanokan-tena mandritra ny androm-piainako manontolo ho an’ny asa ao amin’ny Prado, izay manana tanjona ny hampianatra ireo mahantra sy tsy mahalala. Hahafoy ny tenako iray manontolo, hanokàna ny fotoanako, ny fiainako, ary ireo fananana izay nomen’Andriamanitra ahy ho amin’izany aho. Manokan-tena ho amin’izany eo ambanin’ny fitarihan’ny lehibe amin’izao fotoana izao, sy ireo izay mbola ho avy aoriana aho.

Manome toky azy ny amin’ny fankatoavana faratampony indrindra aho ary namela azy hitondra sy hitari-dalana ahy araka izay tiany sy sitrapon’Andriamanitra, hankatò tanteraka azy raha ny amin’ny resaka mikasika ny saina, ny fo, ny fanahiko.

Manome toky koa aho, ho fanampin’izany, ny hanao izay rehetra tratry ny heriko mba hiara-miasa am-piraisam-pò tanteraka amin’ireo Masera, hanome azy ireo fitiavana mba

[7] Lahatsoratra nosoratan’i Mompera Chevrier tamin’ny sora-tanany ary dia nadikan’i Masera Claire avy eo.

hiarahana miasa ho voninahitr'Andriamanitra sy ho famonjena ny fanahy, amin'ny fanekena ny fahefan'ny lehibe izay efa napetraka ao sy fangatahana amin'izy ireo ny fahazoana alalana miaraka amin'ny faneken'ny fo sy fanahy.

Ary hanaiky ireo asa rehetra izay omen'ny lehibe sy mpitantana ara-panahy ahy hatao.

Mivavaka amin'Andriamanitra aho mba hanomezany ahy ny fahasoavany ka ho mahatoky aho eo amin'ireo fanapahan-kevitra ireo, ary mangataka amin'i Mb Virjiny aho mba ho izy mihitsy no hampiseho ireo fanapahan-kevitra ireo amin'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpampianatra ahy, mba hahazo fahatokiana sy faharetana mba hahazo fahatokiana sy faharetana avy amiko izy.

Masera Claire

236 (209 bis) [31] Ho an'i Masera Claire

J.M.J. 10 Desambra 1872

Ekeko ny fanoloram-pananana avy amin'i Masera Claire, ary hivavaka amin'Andriamanitra aho mba hanomezany azy ny fahasoavana sy hery hanatanterahany amim-pahatokiana ireo toky nomeny, ary amin'ny alalan'ny fahatokiany dia mba hahazo fahasambarana mandrakizay anie izy.

A. Chevrier

237 (210) [32] Ho an'i Masera Claire

J.M.J. 21 janoary [1873]

Ry Zanako malala indrindra

Tsy nanan-kevitra ny handroaka anao mihitsy aho ; mifanohitra amin'izany aza, te-hitana sy hitazona anao mandrakariva aho ; ary raha nanana fikasana ny tsy hitana anao aho dia tsy ho nanao izay efa nataoko taminao.

Tena ilainay tokoa ianao ho amin'ny fanabeazana ireo masera tanora, raha mandefa an'izy ireny ho antsika ilay Andriamanitra tsara.

Tena maniry amin'ny foko manontolo mihitsy aho mba hanitsy ireo hadisoanao ianao.

Fantatrao fa ny hadisoanao voalohany sy lehibe indrindra dia famelanao ny sainao hiasa izay toy ny milina mandeha amin'ny etona (machine à vapeur), izay tsy maintsy toherinao, nefa indrisy fa izay rehetra mikasika ny fitiavanao manokana dia mibaha-toerana

be avy hatrany, koa atokany ho amin’ny toerana iray izay fahoriana rehetra, vinavina, fitsarana maro samihafa ireny. Fa inona daholo izany ê ! Tsy misy dikany, atolory an’Andriamanitra izany dia handeha tsara ny zava-drehetra avy eo. Aoka ho hendry sy mpanetry tena, ary aoka tsy ampaninona anao ny zava-maro miseho, dia handeha tsara ny sisa manaraka rehetra.

Voaraiko ny mofomamy nalefanao sy ny zavatra maro hafa koa. Misaotra ry zanaka malala amin’ireo fikarakaranao.

Aoka ianao ho malemy fanahy amin’ny olona rehetra, toy izay nanomezan’Andriamanitra anao ny fahasoavana, ary ataovy nohon’ny fitiavana avy any ambony izany.

Mandehana fotsiny mankany amin’Andriamatoa Jaillet, handray anao tsara izy. Tena Ray tsara fanahy tokoa izy, fa saingy izao fotsiny amin’ny fotoana tsy maha eo ahy ianao mankany. Rehefa mody aho dia hifankahita isika ary dia hotantarainao amiko ny zavatra rehetra. Rehefa hikônfesy any St Fons aho, dia hilazako ianao ary omeko alalana ny ho any, kanefa ny pretra Tompon’andraikitra ao St Fons mbola tsy nandeha. Izaho mantsy tsy manana fahefana raha tsy amin’ny fotoana tsy maha-eo azy.

Raha ny amin’ny fivahinianan ao any amin’ny tany masina any Paray dia tsy nandà izany aho. Tena faly mihitsy aho fa ho any ianao ; kanefa tsy ho sitrako ny ahita anao handeha irery miaraka amin’i Masera Agnès, satria tsy dia tsara loatra ny fijerin’olona ny fiarahanareo mandrakariva ; raha azonao atao ny miala tsy hiaraka aminy dia mandehàna, aoka ianao hivavaka amin’Andriamanitra ho ahy sy ho an’ny trano mahantrantsika.

Raha ny amin’ireo taratasy, tsy hitako mihitsy izay tokony hanokafan’ny olon-kafa ankoatra ny tenako azy.

Nomena alalana hahazo taratasy misy fitomboka ianao. Lazao amiko fotsiny hoe rahoviana no andraisanao azy ; tsy ilaina ny ahafantaran’ny masera hafa ny raharahanao ara-panahy sy ara-nofo.

Raha ny amin’ireo otanao efa lasa indray, mandrara anao aho mba tsy hiresaka an’izany na amin’ny fomba ahoana na amin’ny fomba ahoana. Tsy mankatò ahy ianao raha miresaka an’izany. Atokano ho amin’ny toerana iray ireo fanirianao tamin’ny fotoana lasa. Hevero ny amin’izao fotoana izao, efa tena ampy tsara izay ao. Aza miditra amin’ny antsipiriany ianao na dia mahatoky aza fa tsy miampanga an’izy ireny mihitsy. Mitoera ao anaty fiadanam-po. Mandehana amim-pahatokiana lehibe, mandehana. Mompera Jaillet dia

hanambara aminao izay rehetra tokony hatao. Tena mpitari-dalana mahay tokoa izy.

Miasà tsara ao amin'Andriamanitra mba hampiova anao ho tsara. Aoka ho hendry, mpanetry tena, ary mpankatò. Aoka tsy hiasa saina.

Araho ny toro-hevitra nomeko anao raha ny mikasika...

Aza dia sorena loatra. Manàna fahatokiana, mandehana ary mandrosoa hatrany, aza heverina ny amin'izany rehetra izany. Asandrato ny fanahinao. Itaro sy alalaho ho an'Andriamanitra ny fonao. Mbola kely loatra ianao, tery loatra ho an'ilay Andriamanitra tsara. Izany no antony tsy andehananao.

Mandehana àry, aoka hanana fandavan-tena tsara, mandehàna amin'ny fananàna fikasàna tsara ary aza manahy ny amin'ny sisa rehetra.

Ho an'Andriamanitra, apetrako ao am-pon'i Jesoa Kristy Tompontsika ianao.

A. Chevrier

Rehefa manam-potoana ianao, dia mba andefaso taratasy fanamainan-tsoratra aho, tsy maika izany.

238 (211) [33] Ho an'i Masera Claire

[1873]

Ry Zanaka malala

Tena mety ny taratasy nalefanao.

Tsy mandrava ny fifadian-kanina ny fisotroana kafe. Mahazo misotro izay laninao mihitsy ianao amin'ny fotoana tsy maintsy ilàna izany.

Tsy manome alalana anao handray fitaovam-pivalozana aho.

Ny fivalozana tena mahafinaritra indrindra an'Andriamanitra, minoa ahy ianao, dia izay ataonao amim-panetren-tena. Aleoko kokoa mahita anao mihinana akoho isan'andro isan'andro ary mampihatra voana fanetren-tena vitsivitsy, toy izay mahita anao manao asa fivalozana lehibe sy mitahiry ny fisainanao feno hambo sy tsy fankatoavana ; asam-panekena ny fanahinao iray ho an'Andriamanitra sy ho an'ny mpampikônfesy anao mba hiantoka anao dia manana sanda ambony lavitra noho ireo fifadian-kanina sy fampijalian-tena ataonao.

Porofon'izany, be kokoa ny laninao tamin'ny fifadian-kanina nohon'ny amin'ny fankatoavana.

Ny Fanahy Masina mihitsy no niteny hoe : Melior est obedientia quam victimae - Manana sandany kokoa noho ny fanatitra ny fankatoavana.

Koa amin’izany àry, Fankatoavana Fankatoavana, Fanekena ny fanahy ho mpiantoka izay rehetra mikasika ny saina sy ny fanahinao. Fanetren-tena, fankatoavana, izay no lalan’ny famonjena sy fahasambarana.

Raha tena te-hiditra marina amin’io lalana io ianao, dia milazà amiko ary hiara-mandeha isika.

Momba ny amin’ny didy miafina nataonao dia tsy nijery izany aho androany maraina.

Izao no hevitro :

ary satria efa vita izao ny raharahan’i Guy, dia avondrony ho ao amin’ny fikambanana ny fanananao.

Amin’izay ireo vehivavy ireo ho afaka ny hipetraka ao aminao. Aleo kokoa izay toy izay ilay tary amin’ny lafiny ilany, noho ireo zatovolahy izay heveriko ny amin’izy ireo aoriana.

Avy eo ianao hividy sombin-tany eo anoloan’ny misy anao.

Na koa, hanorenantsika lasapely sy tranon’ireo renintsika amin’izao fotoana izao eo amin’ny taninao.

Izay no hevitro, mino aho fa marina sy azo ekena izy ireo.

Ilay mahatsiaro anao mandrakariva ao amin’Andriamanitra, ny zanako vavy sy ny renin’ireo ankizintsika.

239 (212) [34] Ho an’i Masera Claire

Masera Claire ao amin'ny Prado

J.M.J. [1873]

Ry Zanaka malala

Efa nampitaiko any amin’ny reniko ny fanirianao, mety handeha hijery anao any izy amin’ny Sabotsy hariva.

Tsy mbola niteny izany tamin-dRamatoakely de Marguerye aho, kanefa inoako fa hanaiky izy fa saingy iray na roa andro ihany.

Tena marina mihitsy ny filazanao fa tena malahelo tokoa aho mahita fa kely fitiavana ato an-tranontsika ; kanefa manantena, miandry, ary mino aho fa ilay Andriamanitra tsara dia hanazava ireo fanahy tery, tia tena, be fialonana, izay mameno an’i Prado. Mivavahà mba hilamina ny amin’izany rehetra izany ary mba hanazava tsikelikely ny fanahy anie ny

Fanahy Masina.

Tohizo, ry zanako malala, ny fandehanana ao anatin'ny lalan'ny fanetren-tena sy tsy firaiketam-pò amin'ny tena.

Tsy mandeha ao anaty maizina izay manaraka ahy. Tsy mamita-tena mihitsy isika, eo am-panarahana an'i Jesoa Kristy Tompo ; nefa isika dia tsy mety ho madinika indrindra noho izy, tsy hanetry tena, tsy hahantra mihitsy, tsy hampietry tena, tsy ho be fitiavana mihitsy.

Mahereza, ry Masera kely mahantra, aza manahy. Ho aminao anie Jesoa ary dia ho faly mandrakariva aminao aho.

A. Chevrier

240 (212 bis) [35] Ho an'i Masera Claire

Ry zanaka malala

Ataovy ny kôminiônao, na dia eo aza ireo ahiahinao, ataovy foana izany isak'izay manam-paniriana ianao. Ankahalao ny fakam-panahy, raha te-hiroso ho ao amin'ny hatsaram-panahy ianao.

Ny Rainao.

A. Chevrier

241 (213) [36] Ho an'i Masera Claire

Ho an'i Claire Maseranay

J.M.J. [Janoary 1873]

Ry Zanako malala

Nandefa taratasy nampiseho hatezerana ho anao aho androany maraina. Efa voarotsaka ilay taratasy vao naharay ity taratasy iray ity. Misaotra tamin'ny nataonao tao amin'Atoa Guinand.

Mety tokoa ny nataonao tamin'ny nangatahanao ny volan'i Md Girardot 30 000 francs. Afaka mandoa 25 mille isika amin'ny alalan'io, ary tsy maintsy manamasina an'Andriamanitra tamin'ny nanampiany antsika toy izao.

Raha mitahy antsika foana ilay Andriamanitra tsara amin'izao fiainana izao dia tena fahasoavana marina izany ; kanefa fahasoavana ara-panahy no tena angatahiko, indrindra ho

an’ireo izay hampibebaka sy hampifantoka anao amin’Andriamanitra, tena malahelo tokoa aho mahita ao aminao fanahy be ahiahy, mijaly, mahita anao avilivilin’ireo fiheveranao. Fomba tokana ihany no azonao atao. Dia ny mifantoka amin’Andriamanitra sy amin’ny mpitari-dalana anao ; fa raha tsy izany, inona no iafaranao ? Mialà amin’y fahazarana sy ny honahona misy anao. Asam-pahatokiana ao amin’Andriamanitra. Raha nanome toky anao aho tamin’ny alalan’i Jesoa Kristy fa hoe tsy inona daholo izany rehetra izany fa vokatry ny fiheveranao adala fotsiny. Nahoana no tsy mino ahy ianao ? Nahoana ianao no mihaino ny fanahy ratsy.Tsy hitanao angaha fa fahavalontsika anie ny demony e, ary mikatsaka izy ny hanodina anao amin’ny asanao, amiko mba hahafaty antoka ny asantsika amin’ny alalan’ny fanesorany ny tohana. Satria tena mety tokoa ho tohana eo amin’ny asanay ianao. Aoka àry hamindra fo, fa mandehana ao amin’ny lalan’ny fanetren-tena sy fankatoavana.

Maniry tokoa ny hitana sy hihazona anao amin’io asa io aho, efa nomeko porofo lehibe, amin’ny alalan’ny fanolorako izay ananako mba hiantohana ny asa amin’izao fiainana izao ianao. Ankehitriny dia anjaranao indray ny manao araka ny marina, tsy mihaino izay ao an-dohanao, ary mandeha amim-pahatsorana ao amin’ny lalan’ny fanetren-tena sy fankatoavana, sy miasa mba hampibebaka ny fanahy amin’ny alalan’ny fampianarana azy ireny, ny firaiketana marina ao am-po sy amin’ny asa aminay.

Mivavaka ho anao aho, mbola manoratà ho ahy ihany amin’ity herinandro ity mba hilazanao amiko ny fahasalamanao.

A. Chevrier

242 (213 bis) [37] Ho an’i Masera Claire

1 janoary 1874

Hanome anareo firaiketam-pò sy faharetana anie i Jesoa.

A. Chevrier

243 (214) [38] Ho an’i Masera Claire

Ho an’i Claire Maseranay

J.M.J. [1874]

Averimberiko aminao ry zanaka malala fa tena feno katesizy, sy ireo ankizy, ny fo sy ny fanahinao ka tsy manana fotoana hieritreretana zavatra hafa ianao.

Rehefa an'Andriamanitra sy ireo ankizinao ny fonao dia ho hitanao fa hanjavona ireo fahasahiranana madinidinika, ary dia hankahala ireo izay mety hanorisory anao ianao.

Aoka isika tsy handany ny fotoanantsika amin'ny zavatra tsinontsinona, amin'ny fitenenana : ireo fomba sy fihetsika amin'ireo izay tenenina sy atao anoherana antsika. Fa inona daholo izany raha amin'ny fihevitr'Andriamanitra e ?

Mitady izay fomba rehetra handaniantsika fotoana, hamiliana lalana, hanariana antsika ao amin'ilay antso avy amin'Andriamanitra ny demony, izay ihany. Mitandremà ianao amin'ny fihainoana azy. Raha ny momba ny konfesinao indray dia aza mitebiteby saina.

Manatona an'ilay Andriamanitra tsara am-pahatokiana ianao, ary ataovy amin'ny alalan'ny fitiavana an'i Jesoa Kristy Tompo ny zava-drehetra.

Ny Rainao izay mitso-drano anao.

A. Chevrier

244 (215) [39] Ho an'i Masera Claire

Ho an'i Claire Maseranay

J.M.J. [1875]

Aza avela hiasa amin-javatra tsy misy dikany ny sainao. Hitanao tsara izao fa mieritreritra zavatra marobe ianao ! Ny fahatoniana ao am-po sy am-panahy, ny fo sy fanahy miara-miasa amin'ny asany sy andraikiny avy ; izay fotsiny dia ho faly ianao sy ilay Andriamanitra tsara.

Ario ny sisa rehetra, toy ny fakam-panahy lehibe izay tsy manan-katao afa-tsy ny hanimba ny saina sy ny sisa hafa koa.

Ho any St Fons aho amin'ny Alahady hariva hatramin'ny 4 ora sy sasany. Raha afaka mankany ianao mikônfesy, dia tongava, aoka ho tony tanteraka ary aza mitebiteby na amin'ny inona na amin'ny inona.

A. Chevrier

245 (216) [40] Ho an'i Masera Claire (erreur traduction)

[1875]

Ry zanako mahantra

Tsy ho sorena mihitsy ianao raha mba nahay nihaino izay nambara taminao ka

nampihatra izany ; kanefa moa ianao tsy mihaino afa-tsy izay ao an-dohanao ihany. Efa niteny foana izahay, namerimberina in-jato ny fitenenana iray, toy ireny hoe mihira ireny izahay, hany ka nandreraka ny farany. Tsy mihaino izay ambarako ianao na inona na inona, tsy manao na inona na inona izay itenanana anao. Dia toy izany foana ny tantara. Tsy maintsy tonga mikônfesy in-4 na in-5 ianao mba hahazo ny famotsorana. Ao aminao nefa mbola misy foana fahasorenana sy fiheverana maro samihafa. Koa inona ary no tianao hataoko ?

Amiko aloha dia tsoriko marina dia marina tokoa fa tena mampalahelo ahy mafy tokoa ianao, faniriako ny mba ahafahako manampy anao hiala amin'izany ; kanefa tsy tody hatramin'ny farany aho ; anjaranao ny miasa amim-pahamendrehana mba ho mpanetry tena sy mpankatò ; tsy misy lalam-pamonjena hafa afa-tsy izay ho anao.

Raha tsy tonga mpanetry tena sy mpankatò ianao, ary efa nambarako anao in-jato izany ; kanefa moa aminao tsy maintsy averimberina foana ny teny hatao.

Raha te-hankatò ianao, dia tongava ary maneke. Raha tsy mahatsapa hery hankatò ianao dia tsaratsara kokoa ho anao ny manatona mpampikônfesy iray hafa, manana fahefana aminao, ankoatra ny tenako.

Mivavahà ary mivavahà mafy.

Mivavaka ho anao aho ary mangataka ho anao fanetren-tena, fankatoavana.

Ilay mahatsiaro anao mandrakariva ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

246 (217) [41] Ho an'i Masera Claire

[1876]

Ry zanaka malala,

Afaka mandray kôminiô ianao, manana antony mazava tsara anefa ianao mba hilazana amin'i Ramatoa Grager fa tsy afaka ny mitoetra maharitra miaraka aminy.

Tohizo hatrany ny fandinihan-tenanao, ataovy izany amin'ny lohahevitra hoe : Veloma nataon'ny Tompontsika tamin'ny mpianany taorian'ny fihinana farany.

Amin'ny Alakamisy alaiko ny kahieko, aoka ianao ho hendry mandrakariva.

Ny Rainao.

A. Chevrier

247 (218) [42] Ho an’i Masera Claire

[1876]

Ry Zanaka Malala,

Miangavy anao aho, aza miahiahy loatra, tongava rahampitso maraina aloha ny lamesa.

Tena faly amin’ireo asanao aho, fa saingy izao fotsiny aza dia manao reraka loatra, manahy aho fa sao marary eo ianao.

Ny Rainao izay mitso-drano anao.

A. Chevrier

248 (219) [43] Ho an’i Masera Claire

Ho an’i Claire Maseranay, ao amin'ny Prado

9 Jona [1876]

Ry Zanaka Malala,

Voaraiko tamin’ny Sabotsy lasa teo ny fonosan'entana nalefanao. Misaotra amin'ireo asanao. Mandeha tsara izy izany.

Raha ny hiaviako aty indray dia ho hitako eo izany afaka tapa-bolana raha toa ka azo atao, na amin'ny farany. Izaho mihitsy no handeha ho any Limonest aho hampanoratra anao izay ataoko kopia. Hodinihintsika ny amin’izany.

Mandra-piandry izany, hendre tsara, karakarao tsara ireo ankizinao, mivavaha, aza atao tsinontsinona ny fanaovana kôminio masina matetika. Mandehana ianao mikônfesy, aza matahotra an’izany, tsy maintsy miala amin’io toetranao feno fahazazana sy be eritreritra io ianao.

Mandehana manatona an’i Mompera Jaillet na i Mompera Giraud, aza mitoetra tsy manao kôminio izany. Ny ranom-bavakao sy ireo fanazarana madinidinika izay nasaiko nataonao, aza atao tsinontsinona, fa tanteraka ao daholo ny zavatra rehetra.

Karakarao tsara ireo ankizinao ary miasà mba ho hendry tsara, ho mpanara-dalàna ary tena mpankatò sy fatra-panaiky.

Tena mila tokoa ny fahasoavana avy amin’Andiamanitra aho, mivavaha ho ahy, izaho koa hivavaka ho anao.

Mitso-drano sy mikely aina ho anao ao amin’i Jesoa Kristy aho.

A. Chevrier

249 (220) [44] Ho an'i Masera Claire

J.M.J. [1877]

Ry maserako tsara fanahy

Tena nahafaly ahy tokoa ireo taratasinao roa farany. Tiako rehefa manoratra am-pifaliana sy am-pahatokiana ianao. Mandeha tsara izany ny rehetra any. Roahy indray maka daholo ireo alahelo, maintimainty izay mamely ka mahatafintohina anao. Miaraka amin'ny fahatokiana an'Andriamanitra, dia handeha tsara mandrakariva ny zavatra rehetra.

Voalaminao tsara izany ny dianao ho any La Salette. Tsara izany. Manantena aho fa hampiorina mafy anao ao amin'ilay Antson'Anndriamanitra i Maria Virijiny ka hamerina indray aminao ny fahatokiana, fanetren-tena, izay tena ilainao tokoa.

Tadidionao tsara koa fa mba ahafahana manorina trano eo amin'ny toerana mafy, dia tsy maintsy manatsatoka angady ary mandavaka lalina ; fa raha tsy izany dia hirodana ny trano. Avelao ny Tompo hanome tsatok'angady tsara, ary rehefa ho avy ianao hiteny amiko hoe : nandray tsatok'angady roa na telo aho androany nefa tsy niteny na inona na inona akory, dia ho tena faly tokoa aho. Etsy ary aoka hatolontsika ho an'ilay Andriamanitra tsara, izay efa tena nijaly tokoa, ny ananantsika rehetra ; ary ataovy tsara ny fianarana hahasoa an'ireo ankizintsika.

Miandry anao ao amin-dRtoakely Marguerye aho amin'ny Sabotsy, ho faly tokoa ny reniko hahita anao. Raha voarainao ny volanao dia azonao apetraka any amin'ireo ramatoakely ao amin'ny Ben'ny tanàna izany, ho hitantsika izay hampiasana izany vola izany.

Ho an'Andriamanitra, hitso-drano anao anie i Jesoa.

A. Chevrier

250 (221) [45] Ho an'i Masera Claire

J.M.J. [1877]

Mbola tafio-drivotra ihany izany, ry Zanaka malala, omaly, afak'omaly nefa nandeha tsara ny rehetra. Tsy mba mety ho faly mihitsy ve ianao mahita ireo ankizivavintsika feno hasoavan'ilay Andriamanitra tsara ? Ary moa ve tsy tokony hihevitra ny hampamoa ny

fanomezana nomen’Andriamanitra azy ireo ve ianao ? Saingy tonga foana ny demony hamily lalana anao sy hampijery anao zavatra hafa.

Mihevitra angamba ianao fa tsy miraharaha anao aho, kanefa moa ve aho tsy efa tonga teny an-toerana voalohany nijery anao. Izay nataoko tamin’ireo ankizy ireo, moa tsy ho anao ve no nanaovako izany ? Ny hafaliana izay teo amiko tamin’ny fahitàna ireo ankizivavikely ireo, moa tsy miverina aminao izay nikarakara azy ihany va izany ? Fa dia tsy maintsy lazaina aminao sy eo anatrehan’ny rehetra isa minitra izao foana ve fa hoe faly aminao aho ? Fantatrao tsara fa tsy fombako ny manao izany ; eny, mba hilazana azy aminao amim-pahatsorana, tena faly tokoa aho amin’ireo ankizinao, ary aminao indrindra koa, indrindra tato anatin’ny volana vitsivitsy izay efa nambarako anao, tsy haiko na impirimpiry izay, tsy mbola haiko ankehitriny hoe ahoana no ho filazako azy. Aza mba manana izany toetra izany, ry zanaka mahantra. Aoka ary ianao ho tena lehibe, ary aza mety ampahorian’ny mpaka fanahy.

Mahazoa fialan-tsasatra tsara. Tsy hitako mandeha miaraka amin’i Masera Louise ianao. Izay tsy miaraka amiko dia manohitra ahy, hoy i Jesoa Kristy ; nefa i Masera Louise efa nisintaka tanteraka mihitsy. Tsy mihevitra azy ho toy ny olona ato an-trano intsony aho.

Mivavaha mafimafy kokoa, dia ho hitanao fa ho tsaratsara kokoa ny rehetra. Aza atao tsinontsinona ny kôminio, mandehana manatona an’Atoa Boulachon izay mahafantatra anao tsara ; raha pretra tsy mahafantatra anao mantsy no hatoninao dia hampitebiteby anao izy.

Ilay mikely aina ho anao.

A. Chevrier

251 (222) [46] Ho an’i Masera Claire

Ho an’i Claire Maseranay, ao amin'ny Prado

J.M.J.[Rome, faran’ny volana Avrily 1877]

Ry Zanako malala,

Nomeko alalana ho tonga amin’ny fivahinianana any Rome ianao. Tamin’ny foko tokoa no nanomezako anao ny fahazoan-dalana, koa tsy hiala amin’izay efa nekeko aho, tongava àry. Narosonay ny fiaingàna, dia mba tonga aloha be izany ianao. Tongava miaraka amin-dRtoakely Chalon, ary ataovy mihitsy aza izay hitondrana an’i Mama sy Rtoakely Mercier, raha mahafaly sy tsy handreraka azy ireo loatra izany. Raha ny amin’ny efitrano,

dia tsy afaka ny hitana azy aloha loatra izahay.

Hiezaka ny hitady efitrano ho anareo aho amin'ny fiandohan'ny volana Mey, ho lazainareo ahy hoe firy ianareo no ho avy. Mino aho fa hipetraka aty Rome mandritra ny volana Mey ianareo, tena lafo be ny zavatra rehetra aty. Tsy maintsy mitondra vola 500 francs ianao vao afaka mivelona sy mividividy zavatra.

Tena faly tokoa aho raha nahita ireo fikasàna tsara izay asehonareo ahy ao anaty taratasinareo. Eny, tena tsara ny ataonao, ary raha tontosantsika tsara izany, dia ahazo fanahy maro be ho ao amin'Andriamanitra isika. Koa aoka àry isika hihavao tsara amin'ireo fikasana tsara ireo, ary aza mandany fotoana, toy izay nataonao teo aloha ianao ; fandavan-tena tsara no ilaina ary atokano ho amin'ny toerana iray ny sisa rehetra : ireo ahiahy, sorisorin-tsaina, tsy ahavitana na inona na inona ireny. Fandavan-tena tsara, herim-pò ary hatsaram-panahy, dia handeha tsara ny rehetra. Manaovà laretirety raha afaka manao izany ianao. Ampitao tsara amin'i Masera St Cœur de Joseph ny fanajako azy, raha ho any Crémieux ianao. Raha ny mikasika an'i Masera Louise indray dia omeo asa raikitra iray izy ; nefa na izany aza, aza avela ho hahaleo tena irery amin'io asany io, toy izay nataonao, satria manjary lasa ho zaza very sy tsy hanana fanahy manaiky sy mankatò izy amin'izay. Dorako ny taratasy alefanao aty amiko fa aza matahotra.

Tsy maintsy manarina ny fiainanao ianao ary manonitra ireo fahotana tamin'ny lasa amin'ny alalan'ny fahazotoana lehibe eo amin'ny asanao. Ny fiainana misy lalàna sy fankatoavana dia tsaratsara kokoa ho anao noho ny fanaovana kônfesy injato.

Tena faly aho mahita izay... nasehonao ahy amin'ny fitondran-tenan'ireo ankizivavinao. Karakarao tsara izy ireo.

Hendre tsara daholo.

Mitso-drano sy miandry anareo ho amin'ny fivahinianana aho.

A. Chevrier

252 (223) [47] Ho an'i Masera Claire

Ho an'i Claire Maseranay, à la Providence du Prado, Rue Dumoulin 14,
Guillotière Lyon Rhône France

J.M.J. [Rome, 4 Mey 1877]

Ry zanaka malala

Namandrika efitrano ho anao sy Rtoakely Chalon izahay, tena lafo be ny fiainana aty Rome noho ny fitobaham-bokatra eran'izao tontolo izao. 4,50 F isan'andro no vidin'ny efitrano sy ny sakafo miaraka. Tena mora izany, raha jerena amin'ny fotoana sy ny zava-misy ; mba manorata aminay hilazanareo ny ora ahatongavanareo mba hitsenanay anareo, indrindra moa fa raha hoe taratara ny fahatongavanareo ; mirary anareo rehetra mba ho todisoa dia izahay. Itondray vaovao tsara momban'ny rehetra aty izahay. Raha tsy afaka ny hanoratra hilaza aminay ny ora marina ahatongavanareo ho amin'ny taratasy amin'ny Alatsinainy ianareo, dia mandefasa telegrama ao Pise ho anay na ao amin'ny gara farany izay azonareo hijanonana fotoana vitsy, mba hitsenanay anareo.

Miarahaba ny rehetra aty, soava dia ary ny anjely tsaranareo anie homba anareo.

A. Chevrier

Via d'ell orazione e morte 92. Rome

Raha manome anareo taratasy kely ry zareo mpiasan'ny gara, dia mety tsy afaka ny hijanona ela eny an-dalana ianareo izay, tongava aloha, raha azonareo atao. Ataovy mihitsy re izay azonareo atao e !

Fenoy tsara ny poketranareo.

253 (224) [48] Ho an'i Masera Claire

[Novembra 1877]

Ry Zanako mahantra

Efa noteneniko ianao tany am-panaovana kônfesy mba hanao kôminio masina androany, Alahady, ary averiko indray mandeha, intelo, ny tsy hanahianao ny amin'ireo eritreritrao ; hataonao daholo ny kôminionao rehetra ; kanefa tsy misy hanaovanao kônfesy vaovao indray. Alohan'ny kôminio, dia hanao asam-panenenana marina tokoa ianao, ary hanavao ireo asam-pandavan-tena ao amin'i Jesoa Kristy. Hanoratra ho ahy isan'andro ianao ny amin'ny loha-hevitry ny ranom-bavakao miaraka amina fanamarihana roa na telo, ary ny fanapahan-kevitra noraisinao, ary dia hangataka fivalozana amin'ny Masera Hyacinthe ianao isan'andro amin'ireo hadisoanao eo amin'ny fitsipika. Tsy mila anao miresaka amiko ny konfesinao, ny fahotana sy ireo eritreritrao adala intsony aho, ataovy ny asan'Andriamanitra, dia izay.

Ny Rainao

254 (225) [49] Ho an’i Masera Claire

J.M.J.

Miangavy anao re aho ry zanako malala ô, avelao ho amin’ny toerana iray ireo fiahiahin’ny eritreritrao, mandehana, mizora am-pahatokiana.

Raha mbola manaraka ambokony ireo tsy filaminan-tsaina ao aminao ianao dia tsy ho tsara na amin’ny inona na amin’ny inona mihitsy.

Avelao ho amin’ny toerana iray daholo izany ka mizora mahitsy ary mankatoava. Mandehana toy ny hoe mahazo toky fa afaka mandray fahasoavana ianao sy manàna finoana an’Andriamanitra.

Tsy mandao mihitsy fanahy iray izay te-hitia azy sy manana fahatokiana ny amin’ny famindram-pony Andriamanitra.

Mamono anao ireo hevi-dravina (imagination) ao aminao, manakana anao tsy ho an’Andriamanitra ireo fiahiahin’ny fieritreretanao ; raha mba fantatrao fa mampijaly an’Andriamanitra ianao, amin’ny fahitany anao be fanahiana, feno tebiteby ary raha mba fantatrao mantsy koa hoe toy inona ny fifalian’ny demony, izay mangeja anao mandrakariva.

Raha tsy te-hankatò sy hihaino ahy ianao, rehefa miteny anao aho mba hitoetra tsara, dia ho voatery ny handao anao aho satria tena marina e, tsy tokony haharitra izao toe-javatra izao. Tena ao anaty lalana faran’izay ratsy ianao, lalan’ny fahamafisan-doha, lalan’ny fanahiana, lalana diso ; lalana izay, raha marina izy dia tokony ilaozana daholo ny rehetra : ny fivavahana sy ny sisa rehetra…, lalana izay mianjera any amin’ny fahadisoam-panantenana.

Raha mbola manohy ny fandehanana amin’io lalana io ianao, dia hianjera ao amin’ny fahadisoam-panantenana sy ny fandaozanao tanteraka ny andraikitrao. Tadidio tsara izao lazaiko anao izao : tsy maintsy hialanao ny lalan’ny fahaverezana, fieritreretana be, ireo hadalana ao aminao, ny fahadisoam-panantenana mba hidiranao ao amin’ny lalana marin’ny fankatoavana. Tsy maintsy manarina ny fiainanao ianao ary tsy mihaino ireo hevi-dravina, ahiahy, eritreritra tsy marina, diso, manadala ao aminao, ka tsy hankatò afa-tsy ilay hany tokana manana zò ny hanome baiko anao,

raha tsy izany dia hamoy anao tanteraka aho.

Raha tsy manana fahatokiana ny teniko ianao, dia mandehana manatona pretra iray

hafa ; fa saingy izao : aza miverina amiko intsony, satria tena tsy maintsy faranana indray maka izao fivadibadihana izao, ary tonga dia mandehana ao amin'ny lalan'Andriamanitra sy ny lalan'ny fankatoavana, rehefa miteny hoe : mandehàna, dia tsy tokony hihaino mihitsy izay ao an-dohanao ianao na kely akory aza, toy izay efa nataonao foana hatrizay indray.

Veloma ao amin'Andriamanitra, mitso-drano sy mivavaka ho anao aho.

Manome alalana anao ny hanao izay nangatahinao tamiko aho ; kanefa mandray anao kosa aho tsy hamela ny kôminionao n'inoninona antony ; fa *raha tsy izany dia fisarahana tanteraka no hisy eo amintsika*.

255 (226) [50] Ho an'i Masera Claire

Ry Zanako malala indrindra,

Mankatoava, raisiko ho ahy daholo ny zavatra rehetra. Tiavo ilay Andriamanitra tsara ary aza manahy na inona na inona, reseo ireo fakam-panahy maro samihafa, hitanao tsara izao fa ny demony no mitarika anao. Manàna àry fahatokiana ary minoa fa izaho Rainao, ary mihevitra anao ho toy ny zanako aho.

A Chevrier

256 (227) [51] Ho an'i Masera Claire

J. M. J.

Ry Zanaka malala

Nanoratra ho an'ireo vehivavy ao Montchat aho mba hilaza amin'izy ireo hoe toy inona ny alaheloko tamin'ny faharisarisan'izy ireo, ary mamporisika azy ireo koa mba ho tonga rehefa afaka ; mba ampanatero ho any aminy ny taratasy milaza izany.

Aza manahy ny amin'ny eritreritrao, ataovy ny kôminionao, tena be kiriana mihitsy ianao amin'ireo hevitrao an ! Vao nivoaka tao amin'ny trano fikonfesena ianao dia nilazako mba tsy hanahy intsony ny amin'ny eritreritrao, dia mbola nanoratra ho ahy indray ianao roa minitra taorian'izay mba hanazava amiko ireo fahotanao. Fa rahoviana ihany vao atsahatrao ny amin'izany, ry Zanako mahantra. Noho izany, tonga àry dia mandehana ary aza manahy ianao na ny aminao na amin'ireo fahotanao. Hitanao izao fa ny demony dia manadala anao, ary mampandalo anao fiainana tsy mahasoa ho anao sy ho an'ny hafa.

Koa mankatoava àry, mandehana ho amin'ny tsara, ka mba tsy ho voatery hamerimberina aminao zavatra mitovy isan'andro aho.

Ho an'i Masera Gabriel

257 (242) [1] Ho an'i Masera Gabriel

Ho an’i Masera Gabriel Marie-Thérèse ao Saint Sacrement, Marie Mathieu

J.M.J. [1873]

Ry maserakeliko tsara fanahy

Tokony hihevitra bebe kokoa ny amin’i Jesoa Kristy Tompontsika nohon’ny tenantsika sy ireo fahoriana miantra amintsika isika, raha mijery ny tenany foana ny mpanao hosodoko iray fa tsy mijery ny modeliny, dia tsy ahavita handika ilay modely mihitsy izy. Ny zavatra ataonao ry zanako malala dia ny mijery an’i Jesoa Kristy Tompontsika matetitetika ary tsy mihevitra loatra ny aminao, ary amin’izay dia ho lava andro iainana ianao. Miezahà haka tahaka an’i Jesoa Kristy Tompontsika, aza asiana alahelo sy tebiteby ny fanaovana izany, jereo tsara amim-pitiavana sy faniriana te-hanahaka azy izy. Izay dia ampy ; ireo hadisoana sy fahorianao rehetra dia alatsaho ao amin’ny ranomasimben’ny famindram-po izany. Rehefa an’i Jesoa Kristy isika dia tsy tokony hanahy be loatra ny amin’ny sisa rehetra.

Izao no toro-hevitra omeko anao : rehefa ao anaty zaridaina isika dia tsy mijery ny zezika izay ao ; fa mijery kosa ireo voninkazo, dia tahaka izany koa, Andriamanitra ilay zaridaina feno voninkazo, ary ianao kosa no zezika tsy maintsy ampiasaina mba hampitsimoka azy ireo, afafazo ny zezika ary avelao izy ho ao, aza asiana eritreritra be ny amin’izy ireo.

Midira ao amin’ny "Tiers-ordre", ataovy ny fanokanan-tenanao, aza lavina ny fahasoavana avy amin’Andriamanitra, eo am-panaovana fanokanan-tena dia manaovà ianao ezaka mba hitovy bebe kokoa amin’ilay mpampianatra ambony sy avo indrindra, hanahaka azy, ary hampihatra indrindrindrindra ny amin’ny fahantrana sy fijaliana. Ataovy ireo katesizikelinao sy ireo asa kely tombo-pitiavana.

Ampitomboy ao amin’ireny fanahikely maro ireny i Jesoa, toy inona ny fanalana alahelo ao aminao mahita ireto fanahy tanorakely tia an’Andriamanitra, mandefa ao amin’ny fanahin’izy ireo tara-pinoana izay hanavotra azy ireo fitiavana izay hampahatanjaka azy ireo. Mahereza, ry zanaka malala, miasà amin’io asan’Andriamanitra io ary mahareta mandra-

pifidin’ilay mpampianatra tsara anao ho azy.

Jesoa Kristy Tompon’ilay mpampianatra antsika anie hitso-drano anao, ka hanome anao ny fiadanany sy faharetana.

A. Chevrier

258 (243) [2] Ho an'i Masera Gabriel

Masera Gabriel ao amin'ny Prado

J.M.J. [1877]

Ry Zanaka malala

Manangòna hery, manàna fahatokiana an’Andriamanitra, zavatra tokana ihany no tena ilaina : tena tia an’Andriamanitra sy manasoa ny mpiara-belona, aoka ho ampy anao i Jesoa irery. Avelao ny olona hiteny ny hafa fa isika dia hanohy hanao ny tsara hatrany.

Mandeha ny fotoana, manakaiky ny fiainana mandrakizay.

Mitso-drano anao aho.

A. C.

259 (244) [3] Ho an'i Masera Gabriel

Ho an’i Gabriel Maseranay, ao amin'ny Prado

[1878]

Ry zanakovavy malala indrindra

Tiavo Jesoa Kristy Tompontsika ambonin’ny zavatra rehetra, ary mba ho izy irery ihany anie no hameno ny fonao. Manome alalana anao handeha hanatona an’Atoa Farissier aho, tena mila fanohanana ianao amin’ireo alahelonao, ho hitanao ao aminy izany satria efa mahafantapantatra kely ny amin’ireo fahorianao izy.

Mahereza, matokia, aza atao tsinontsinona ny ranom-bavakao ary mivavahà, mangataha aminy mba hahazo hanao ny kôminio masina matetika, ary eo am-pandraisana an’i Jesoa Kristy Tompontsika, dia angataho aminy ny fitiavany ; raha ny amin’ny fanaovana katesizy rehefa Alahady indray dia anontanio Masera Marie raha mamela anao hanao izany izy, fa izaho aloha dia tena maniry izany tokoa.

Mahereza, ry zanaka malala, aoka ho hendry tsara ianao ary aza ariana ilay antson’Andriamanitra ao aminao ; fa mifanohitra amin’izany aza, mihatanjahà tsara ao

amin’ireo fitsapàna madinidinika izay natokan’ilay Andriamanitra tsara ho anao.

Ny Rainao.

A. Chevrier

260 (245) [4] Ho an'i Masera Gabriel

J.M. 1879

Ry zanaka malala

Mifikira mafy ianao amin’ireo toro-hevitry ny mpitari-dalana sy mpampikônfesy anao, satria izy irery ihany, mihoatra nohon’ny hafa rehetra, no manana fahasoavana mba hitondra sy hitarika anao amin’ny fomba tena ara-panahy, marina, amin’ny fanarahana ny toro-hevitr’izy ireo dia manaraka ny lalan’ny Fanahy Masina ianao, izay avy any an-kafa dia saika mandrakariva mifangaro fitiavana voajanahary kely izay ka na avy amin’ny fitiavana izany na avy amin’ny fankahalana ; tadidionao tsara fa, ny fonao taloha dia nampanao anao hadalana kely madinidinika maro be ; tena marina tokoa ny hevitrao ny amin’ny tsy hamerenanao azy ireny intsony ; aoka àry ianao ho hendry sy ho hentitra amin’io resaka io, ary tadidio mandrakariva, saika mandrakariva mihitsy e, fa ankahalaina sy haratsian’ireo izay tena tiantsika indrindra isika, famaizana avy amin’Andriamanitra no namelany an’izany hisy mba hampahafantarany amintsika fa ny fitiavana eto an-tany dia mihelina sy mahafaty antoka ny fanahintsika.

Ary Jesoa Kristy Tompontsika dia nilaza fa : sambatra ianareo raha henjehina. Loza ho anareo izay voadokadoka sy voaindraindra. Misaora an’Andriamanitra tamin’ny nampandalovany anao kely tamin’io lalana io mba hampitombo kely sy ampahatanjaka anao amin’ny hatsaram-panahy.

Mahereza, mitso-drano anao aho.

Aza manao sain-jaza intsony fa meteza ho lehibe sy matanjaka.

A. Chevrier

261 (246) [5] Ho an'i Masera Gabriel

Ho an’i Masera Gabriel

Fahatokiana ny fahasoavan’ilay Andriamanitra tsara, ary hery ho an’ny vatana sy ny fanahy.

Mivavàha amin’ny anjelinao tsara ianao, mba hanomezany anao fahazavana sy hery mba tsy hampiiraiki-pò ianao amin’izao tontolo izao.

Mandehàna am-pahatsorana ary henoy ny fitsipik’i Jesoa Kristy Tompontsika, averiko indray.

Aoka ho malemy toy ny zanak’ondry, ho malina toy ny bibilava ary ho tsotra toy ny voromailala.

Hampianatra anao ka hampahatonga anao ho hendry anie ny Fanahy Masina.

Diniho tsara ny amin’ireo teny telo ireo ; koa enga anie mba ho fitsipika ankapobeny eo amin’ny fitondran-tenantsika izany… (Ho an’i Jesoa Kristy ny zava-drehetra).

Aoka tsy hiteny ho an’ny olona maro isika, ho anao samirery ny ranom-bavaka ataonao, marina raha tsy toy ireny hoe mitory teny ireny ianao, rehefa manao ranom-bavaka.

Tena mamela heloka anao sy mitso-drano anao ary maniry anao koa mba haharitra aho.

Aoka ianao hanohy hivavaka, ry zanako malala, ary dia ho hitanao hoe toy inona ny habetsaky ny fahoriana ao aminao, aza gaga amin’izany ianao ; fa manàna finoana an’i Jesoa Kristy Tompontsika, ilay mpitsabo lehibe antsika ary dia izy no hiandraikitra izay hahasitrana anao.

Maherezà, aoka hanohy hivavaka sy hianatra an’i Jesoa Kristy Tompontsika ianao, ary dia ho hitanao fa hampianatra sy ho tia anao izy. Mitso-drano sy mviavaka ho anao aho mba hamolahanao tena amin’ny zavatra rehetra.

Aza mihevitra ny amin’izany rehetra izany intsony, efa hadino daholo ireny rehetra ireny. Aoka tsy hihevitra afa-tsy ny hanome voninahitra an’Andriamanitra ianao, amin’ny alalan’ny fitondran-tena tsara sy fitadiavana ny hampahalala an’Andriamanitra.

Loza ho anao rehefa handoka anao ny olona.

Sambatra ianao rehefa hanenjika anao izy ireo. Ampitomboy tsara ao aminao ireo toetra rehetra teo amin’i Jesoa Kristy ilay mpampianatra anao.

Mieritreritra loatra ny aminao sy ny hafa ianao ; tsy tokony hihevitra afa-tsy Jesoa Kristy ilay modely sy Mpampianatrao ianao, atokàny ho amin’ny toerana iray daholo izany rehetra izany ary aza mijanona amin’ny hadalana rehetra, hitanao tsara izao fa misangisangy anao ny demony ary mampino anao izay rehetra hitany. Andao àry, mivoaha ianao amin’io toetra ratsy io. Mahereza.

Mivavaka amin’Andriamanitra ho anao aho.

Ho an'i Masera Elizabeth

262 (247) Ho an'i Masera Elizabeth

Mme Valmy, rue De Lyon 67, Lyon, Rhône, France
Mba omena an’i Masera Elisabeth

J.M.J. Rome, 25 Avrily 1877

Ry Masera Elisabeth tsara fanahy,

Voaraiko ny taratasinao ary misaotra amin’ireo vaovao izay omenareo ahy. Manao veloma madinidinika aho ho amin’ireo izay rehetra manontany vaovao ny amiko, indrindra moa Rtoa Valmy, Rtoa Clauselle, mivavaka amin’Andriamanitra ho an’ny zananilahy marary izahay.

Tsy misy afa-tsy fahoriana eto an-tany, tsy maintsy ovàntsika ireo ratsy nataontsika, ho amin’ny tsara, amin’ny alalan’ny finoana sy fitiavana.

Omeo an’i Mad. Perraud ity taratasy ity, tena ho tian’Andriamanitra tokoa io Ramatoa tsara fanahy io. Mivavaka ho azy aho. Hanoratra ho an-dRtoakely Dussigne aho. Raha ny amin’i Md Benoît Labre indray dia tena sarotra be mihitsy ny ahazoana azy vita sary vongana ; ho mora kosa anefa ny ahitana azy vita sary hosodoko, tena misy amin’izy ireny mihitsy vita tsara izao.

Raha te-hanana tabilao vita amin’ny sary hosodoko isika, dia afaka mividy izany aho ; fa raha sary vongana kosa dia tsy maintsy mbola vao hampanao mihitsy izany, ho tena lafo be mihitsy anefa izy amin’izay raha tsy hoe angaha amin’ilay kely no vidina.

Tohizo tsara ny asanao ary hitahy ny dianao anie Andriamanitra.

Salama tsara izahay, ary mivavaka sy miasa. Nanao ny fanadinana ho pretra ireo seminarista ao amintsika ary ho lasa pretra izy ireo afaka iray volana. Mivavaha amin’Andriamanitra ho azy ireo mba hahafahan’izy ireo manao tsara ny asan’Andriamanitra.

Nitso-drano ny tranontsika sy ireo mpanao asa soa ao aminy ny Papa [Ray] Masintsika.

Hitso-drano anao anie Andriamanitra. Arahaba ho an’ny rahalahy sy anabavy rehetra, ao amin’i Jesoa Kristy, ary koa ho an’ireo mpanao asa soantsika.

Ho an'i Masera Hyacinthe

263 (248) Ho an'i Masera Hyacinthe

Ho an’i Hyacynthe maseranay ao amin'ny Prado

Roma 1877

Ry Masera tsara fanahy,

Jesoa Kristy Tompontsika anie hitahy anao, ary hanome anao ny fitiavany sy ny tsy firaiketam-pony tanteraka amin’ny tenany ka mba tsy hivelona afa-tsy ho azy anie ianao.

Enga anie ka tsy hisy zavatra hampitebiteby sy hanakonana antsika eny an-dalana. Jesoa Kristy no tanjona tokana eo amin’ny fiainantsika, fa ny sisa dia tsinontsinona ihany, mba hitia an’i Jesoa Kristy anie isika, ka handeha ho eo aminy ary tsy miarahaba ny zavatra hafa sisa. Mahaiza manolotra ireo alahelo am-pò sy am-panahy ho an’i Jesoa Kristy Tompontsika. Tsinontsinona ny eto an-tany sy izao rehetra izao, Jesoa Kristy no zava-drehetra, indrindra moa fa ho an’ny fanahy izay natolotra ho azy.

Mampamangy any amin-dRtoakely Grand. Ilazao izy fa hangataka tso-drano ho azy sy ho an’ilay fikambanana miara-miasa aminy aho, nefa moa tsy mora mihitsy ny mahazo zavatra any amin’ny Ray Masina.

Fiarahabana ho an’Atoa Belmont, ary koa ho an’ny fahombiazan’ny zanany. Ao amin’io fianakaviana io tokoa ilay Andriamanitra tsara.

Indro misy sary kely ho an-dRtoakely Perline Miland, mpanao mofon’ny ato an-trano, ho fantany ny dikan’io ; lazao koa izy fa hangatahako fiarovana amin’Andriamanitra ny zava-drehetra.

Veloma amin’Atoa sy Rtoa Miland.

Mivavahà ho anay eo anilan’i Jesoa Kristy Tompontsika mba hanomezany ahy fanahy tsara satria tena mila izany tokoa aho.

Atolotro ny Ray tsara Juste ny fanajana. Andriamanitra anie hanasitrana azy mba hanohizany ny asa soa eto an-tany.

Mitso-drano anareo izaho Rainareo.

A. Chevrier

Ity misy sary kely ho an’i Masera Marie-Bernard. Lazao izy fa mivavaka ho azy aho, ary mba ho hendry mandrakariva anie izy, ka hanasitrana azy haingana Andriamanitra.

Ho an-dRamatoakely Marie Tripier

264 (249) Ho an-dRamatoakely Marie Tripier

Ramatoakely Marie Tripier, A Ruy, Par Bourgoin, Isère

J.M.J. [Prado,] 20 Jolay [1868]

Ry zanako malala indrindra

Tara kely ny famaliako ny taratasinao, saingy fantatrao ihany moa hoe toy inona ny fahasahiranana manjo ahy eo amin’ny adidy aman’andraikitro.

Rehefa tapa-kevitra ny ho avy ianao, dia handray anao am-pifaliana aho, ary mino fa ilay Tompo tsara no niantso anao ho eo aminay, mba hiasa ato amin’ny Prado na koa ho amin’ny asan’Andriamanitra. Tongava am-pahatsorana sy am-panetretena tsara.

Mahereza, mivavaha tsara fa hanampy anao handresy ny sarotra izay mety ho tonga ao aminao Andriamanitra.

Mitso-drano sy miandry anao aho.

Enga anie ka hanome anao ny fiadanany i Jesoa.

A. Chevrier

Ho an'ireo ankizivavikely - Kôminiô voalohany

265 (250) Ho an'ireo ankizivavikely ny Kôminiô voalohany

J.M.J. [Rome, 1877]

Ho an’ireo ankizivavikeliko tsara fanahy,

Tena hendry tokoa ianareo tamin’ny nanoratanareo ho ahy taratasy mahafinaritra, alohan’ny kôminionareo voalohany. Novakiako indroa mihitsy ilay izy ary hotahiriziko ho toy ny fahatsiarovana iray avy aminareo ; ary raha toa aho tsy mba manana hasambarana ny hampandray anareo kôminio voalohany amin’io andro io, dia manome toky kosa ny hiaritra anareo sy hanambara ny lamesa masina ho anareo, mba hanaovanareo ankizivavikely rehetra mihitsy kôminio voalohany tsara.

Eritrereto tsara ny hasambarana izay hanananareo amin’ny Alahady ho avy izao, ary

manàna fandavan-tena marina hanao ny kôminio tsara ary mitenena hoe : eny, tena te-ho hendry tokoa aho, te-hanadio ny foko aho mba handray tsara an'i Jesoa Kristy, te-hanao kônfesy tsara, ka hilaza ireo fahotako rehetra tsy amin-tahotra, ary hanao asam-panenenana tsara.

Eny, tia ireo ankizikely tokoa ilay Andriamanitra tsara, ary mandray azy ireo tsara amim-pitiavana, raha manana fandavan-tena tsara izy ireo. Aza matahotra, ry zanako izany, tena tia anareo tokoa Andriamanitra, ary te-hamela heloka izy aloha, raha manambara tsara ny hadisoanareo ianareo, te-ho ao aminareo izy mba hanampy anareo ho tonga hendry tsara.

Aoka ianareo hanohy mandrakariva ny fahatongavana ao amin'ny Prado hitsidika ireo Masera, ary rehefa tafaverina aho dia ho avy daholo ianareo rehetra hijery ahy, izaho koa amin'izay ho faly tokoa hanome, ho anareo tsirairay avy, fahatsiarovana kely nentiko avy any Rome.

Etsy àry, hendre tsara daholo, manaova laretirety tsara ary dia ho faly tokoa aho haheno amin'ny herinandro ambony fa hendry tsara ianareo, ka ho hitanay hisoritra eny amin'ny andrinareo ny fahasoavan'Andriamanitra, ao anaty fifaliana sy fandriampahalemana izay manjaka ao.

Mivavaka amin'ilay Andriamanitra tsara ho anareo aho, mba mivavaha ho ahy koa, ary ho an'ireo diakra efatra izay ho lasa pretra atsy aoriana kely ka hampianatra katesizy amin'ny ankizivavikely sy aminareo koa, rehefa tafaverina ianareo.

Mitso-drano anareo amin'ny foko manontolo aho, ary hangataka aho, amin'ity herinandro ity, tso-drano amin'i Papa Ray Masintsika ho anareo, raha afaka mahita azy izahay.

Ry zanako isany, ny fahasoavan'ilay Andriamanitra tsara anie ho am-ponareo mandrakariva.

Ny Rainareo.

A. Chevrier

Taratasy Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard 1860-1878

Taratasy Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

266 (251) [1] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Bonnard Mercier, Place de Mairie 5, Guillotière

J.M.J. 6 fevroary 1860

Ramatoakely isany

Nieritreritra aho ary ataoka fa raha avelanareo, izaho ihany no hifidy ny lamban'ny akanjoko maha pretra any amin'ny mpivarotray ; raha izaho ihany no manao an'izay dia tsy hanenina mihitsy aho, hanao asa fankataoavana ianareo, ary izao asam-pitiavana ataonareo izao dia tena hahafaly an'Andriamanitra. Iza no nandefasako maraina be ity irakiraka keliko aty aminareo, tiako raha mba hahazo fanekena avy aminareo aho.

Ilay mpanolo-tena mahantranareo o amin'i Jesoa Tompo.

A. Chevrier

267 (252) [2] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier Bonnard, Place du Pont de la Guillotière
12 Maison Milliat, Lyon Rhone

J.M.J. Chatanay, [7 ôktôbra 1860]

Ramatoakely isany sy anabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika,

Vao avy nandray ny volanareo tonga tsy nisy nanalana ary tsy nisy olana aho, misaotra anareo amin'ny foko rehetra aho, ary tena zavatra betsaka no nalefanareo ho ahy. Fahotana ve ny mikarakara ity tena fadiranovana ity ? Mila zavatra kely aho ary hitako aza fa mihoatra noho ny ilaina. Minoa an'izany tsara ianao, manana mihoatra ny ilaina aho ary hatramin'izao tsy mila mikarakara sakafo aho. Amin'ny maraina, misakafo any amin'ny"Curé"ny St Jean izay hanaovako ny lamesa masina, telopolo minitra alohan'ny "la retraite", misakafo hariva indroa tao amin'ny "Curé" tsara fanahyio aho ary indray mandeha tany amin'ny Tour du Pin. Ny hariva dia mandray ny lasopiko any amin'ny anabaviko iray izay mipetraka eo akaikiko mba hahazoako miteny fa namelona ahy Andriamanitra nitondra ahy tsaratsara kokoa mihoatra an'izay mendrika ahy Izy ; misy fadiranovana izay mendrika mihoatra lavitra noho izaho ary tsy manana izay ilaina fa zo inona loatra no ananako mba hokarakaraina mihoatra

azy ireo. Jereo tsara, tsy mendrika na inona na inona aho, ary rehefa manana mofo kelysy rano aho, dia manana mihoatra ny tokony ananako aho. Hivavaka amin'Andriamanitra aho mba honerany izay rehetra nataonareo tamin'ity pretra mahantrany ity.

Hampihariko ny torohevitrareo.

Ny amin'izay nangatahinareo tamiko, ny handefa zavatra ho ahy isan-kerinandro, fahasahiranana be izany, afaka manafatra avy any La Tour du Pin ny hena syny mofo izay mety ilaiko aho. Misy olona tsara sitrapo hitondra izany ho ahy fa ny hahandro azy indray no ho fahasahiranana ho ahy.

Mety tsara aho ato anatin'ny fipetrahana irery. Miasa tontolo andro aho mianatra ny Evanjely ary ny lalana masin'Andriamanitra, mba hampianarako azy indray atsy ho atsy amin'ny fomba tena lavorary. Zavatra tokano no angatahiko amin'Andriamanitra dia ny mba hanomezana ahy ny fanahiny ary hampibebaka ahy tanteraka Izy.

Tena milamina aho, tsy fantatro hoe hafiriana no hijanonako, tsaratsara aho, hahazo hery malakilaky aho. Tsara ny andro hatramin'ny roa andro izay, manantena izahay fa hitohy izany, mitaraina be noho ny orana ny tantsaha mahantra sady tsy afaka miasa tany na mamafy vo aizy ireo, tena antambo avy amin' Andriamanitra izany, izany hoe manafintohina ny any rehetra any izany ary mety hosorena amin'ny vahoakany Andriamanitra ; mivavaha ary ho tanteraka ny sitrapon' Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ary hahita ny voninahiny izy amin'ny sazy izay tiany hampitondraina izao tontolo izao izay mila mahafantatra ny Mpampianatra azy izay manafintohina azy tsy an-kijanona. Tehirizo lalandava ny fanahin'ny Tompontsika izay fanahin' hatsaram-po, fanantena ary fitiavana ; tena ratsy izao tontolo izao ary tsy mitsahatra mitsikera izay masina sy izay marina eto an-tany fa tehirizo tsara ny finoana eto anivon'ny fankahalana fivavahana sy figangangangana ary fisaratsarahana ; mifikira mitombo tsikelikely hatrany amin'ny Tompontsika, aminy irery no tokony isiana, izy irery no tokony ho tiavina, aminy irery no tokony inoana, aminy irery no tokony hankatoavina ary ny Fiangonany Masina no enjehin'izao tontolo izao ankehitriny. Mahereza, andao ho tiavintsika be Jesoa ilay Mpamonjintsika tsara fanahy, ezahintsika ny hanahaka azy. Mivavaha matetika ary aza atao kitoatoa mihitsy kôminiô Masina, ao ny atao hoe fiainana sy fahasambaran'ny kristianina, harena firifiry no fonosin'io Sakramenta tsara io ary very ny olona manalavitra azy.

Amin'Andriamnitra ry anabaviko malala, mivavaha ho ahy.

Mahatsiaro anareo aho ao amin'ny fivavahana amin'ny lamesa

Ho anareo manontolo amin’ny Tompontsika Jesoa Kristy.

A. Chevrier
Aty amin’ny La Tour du Pin, hameau de Chatanay.

268 (253) [3] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier Bonnard, Place du Pont de la Guillotière
12 Maison Milliat, Lyon Rhone

J.M.J. 17 ôktôbra 1860

Ry anabaviko malala ao amin’ny Tompo Jesoa Kristy,

Efa mandroso ity ny asako. Nanararaotra ny fotoanako aho, ary ilay Andriamanitra tsara dia nanome ahy, tao amin’ny itiavany, mihoatra ny tokony ho izay hiainako mandritra ny fisintahako. Tsy tian’ny Tompontsika hijaly aho na aiza na aiza. Mpampianatra tsara loatra Izy, eny fa manome an’izay tsy mendrika azy Izy.

Izao fisintahako izao dia tsy tahaka ny fisintahana satria voatery hisakafo hariva any an-kafa aho, ary tsy afaka miasa araka izay ilaiko intsony aho, nefa mbola mila fotoana hivavahana sy hianarana aho, satria mba hahalalana tsara an’Andriamanitra, fianarana lehibe sy mitatra izany sady mamy mba hanokanana fotoana be loatra. Na izany aza tsy maintsy manapa-kevitra hiainga aho… ary mieritreritra no tonga any Lyon amin’ny sabotsy. Raha tonga amin’ny fiaran-dalam-by amin’ny maraina aho, dia ho any aminao hiarahaba anao ary hisaotra anao tamin’ny famalifalianao ahy. Raha toa moa tsy tonga raha tsy amin’ny hariva aho dia andro hafa aho mandalo.

Manao ahoana i Frère Pierre ? Mampiahiahy foana iny tovolahy mahantra iny, tena te-hanao zavatra ho azy aho, tena tsara fanahy loatra izy hiasa ho an’Andriamanitra, nefa matoky ahy loatra izy, miandry ahy foana izy, manantena foana izy fa hanao zavatra aho nefa tsy dia matoky ten aho mba ho sahy hanao zavatra izay tsy hoankasitrahan’Andriamanitra angamba, nefa moa mba tsy hampiala eo aminy ny ahiahy dia izaho koa tsy maintsy ho toy izany. Tsy tiako loatra ny miteraka fifanoherana, na sorisory avy amin’ny mpitondra ambony, tsy ho tsapako hoe hatanjaka ny soroko hilanja enta-mavesatra toy izany, ny toe-javatra toa ratsy ivelany be ihany ; tsy matanjaka loatra ny fahasalamako ary ambonin’izay dia tsy manana saina matsilo sy havanana aho hiantsoroka ahiahy toa izany, ny fiantsoana ahy dia hitoetra any amin’ny toerana miafina, tsy

fantatr'olona ary hanao asa izay misy nefa tsy mandeha aloha loatra.

Isaky ny lalan-kaleha, na isaky ny fiantsoana dia samy misy fahasahiranana, samy misy tebiteby ary samy misy ahiahy. Zavatra tokana no tsy maintsy angatahina amin'Andriamanitra, dia ny hitiavana azy tsara, ny ny hitia azy ao anaty fahatsiarovana ary enga anie ho tanteraka avokoa ny sitrapony masina.

Enga anie hanome ny tsodranony masina anao i Jesoa Tompontsika, ary koa ho an'ity mpanompony tsy mendrika izay manoratra ho anao ity.

A. Chevrier

269 (254) [4] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ry Ramatoakely isany Mercier Bonnard, (Lyon)

Mba miangavy indrindra ny hatsaram-panahinareo mba hanatitra any amin'Andriamatoa Suchetny kiraro navelako, misy anankiray amin'ny ankizilahiko izay tsy manana kiraro.

A. Chevrier

270 (255) [5] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier Bonnard, Place de la Mairie, 13 Lyon

J.M.J. [1861]

Ramatoakely isany sy anabavy malala

Afaka mandefa lobaka roa sy kitapo iray ho ahy ve ianareo amin'ny alalan'Andriamatoa Suchet.

Mandra-pahafahako misaotra anao am-bava mihitsy dia raiso aloha ny fiarahabako tena vokatry ny foko ho anao.

A. Chevrier

271 (256) [6] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier Bonnard, Place du Pont de la Guillotière
13 Maison Milliat, Lyon Rhone

J.M.J. Chatanay, 16 jolay 1860

Ramatoakely isany sy Ranabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika

Eto amin'ny Tour du Pin izahay, mandeha tsara daholo ny zavatra rehetra, tsy miova endrika ny tranoko fitokana-monina.

Ato aho hatramin'ny sabotsy, mihevitra ny hody antoandro aho. Tsy afaka mijanona ela ho banga aho, tokony eo anivon'ny andian'ondriny ny mpiandry azy, handray an-tanana ny fahasalamako Andriamanitra.

Miangavy anao tsy hanome tsiny ahy raha tsy afaka mijery ao araka ny nampanantenako an-dRamatoakely Pierrette voatarika tany amin'Andriamatoa Boulachon izay nihazona ahy hisakafo hariva tany aminy aho, dia tsy afaka nandeha nijery anao araka ny faniriako aho.

Raha handeha hijery ny raiko ianao, dia azafady ilazao izy mba tsy hitebiteby fa hahita anay indray izy amin'ny sabotsy.

Asaivo ampandrhoiny ny sakafony hariva rahampitso, satria fantatrao fa tsy dia mpahandro tsara izy ary tsy mahay mamahan-tena.

Raha tsy fantatro ny fitiavanao sy ny fandavan-tenanao ho anay, dia tsy ho sahy nampiandraikitra anao iraka tahaka izany aho, fa fantatro moa ianao dia izay no tsy nisalasalako.

Tsy dia mila vatsy be aho satria hita fa tsy hijanona afa-tsy telo andro aho, ary rahafak'ampitso zoma, dia tsy misy afa-tsy ny zoma no ilako zavatra, alefaso ary izay tianareo, ny ora fiaingana dia ireto avy : amin'ny dimy ora maraina, amin'ny valo ora sy sasany, amin'ny iray ary amin'ny dimy ora hariva. Miara-miombona misaotra anareo izaho sy ny reniko ary maneho aminareo ny fankasitrahany feno fitiavana.

Ny adiresiko dia izao : Andriamatoa Abbé Chevrier à la Tour du Pin ao amin'Andriamatoa Ferrand, Chemin de Chatanay, Isère.

A. Chevrier

272 (257) [7] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier Bonnard, Mpivarotra enta-madinika, Place du Pont de la Guillotière,
Maison Milliat, Lyon

J.M.J. Chatanay, 23 avrily [1863]

Ramatoakely isany sy Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Tonga soa aman-tsara omaly hariva aty Tour du Pin izahay. Tsy narary loatra intsony aho, hoatra ny hoe aza mifanohitra amin’izany, miverina kely ny feoko ; dia tenalasa kamo aho, matory aho dia misakafo, teo aloha sy aoriana. Mikarakara ahy ny reniko, ary tsy banga na inona na inona aho miaraka aminy.

Misahirana be aminay koa ianareo sy mangataka amin’Andriamanitra aho hamaly soa anao, ary hanome anao fankatoavana amin’ireo sitrapony maha-te hidera.

Miangavy anao aho mba hilaza amiko ny fahasalaman’ny raiko ; raha manana vaovao momba ny Prado ianao dia mba andefaso izahay. Ataoko fa hisy lamesa amin’ny alahady.

Tsy miova ny adiresiko any amin’ny La Tour du Pin, chemin de Chatanay, Maison Fréchet ihany. Isère. Efa nomeko hafatra ny mpanatitra taratasy hanatitra izay rehetra taratasy ho anay ; mba hahazoanareo mandefa izay tianareo, tonga malaky aty aminay izay.

Raiso ny fanoloranay ny fankasitrahana atolotray.

Miangavy anao ny reniko hanaiky ny fitiavany sy ny fanajana feno ho anao.

Mba ilazao ny raiko fa salama izahay, hanoratra ho azy miaraka amin’ny anao ity koa aho.

A. Chevrier

273 (258) [8] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard / vérifier de près les lettres 273 à 286 qui n’ont pas eu de première relecture et que j’ai saisies moi-même car elles avaient été oubliées

Ramatoakely isany Bonnard Mercier, place du Pont de la Guillotière,
13, Maison Milliat, Lyon

J.M.J. [La Tour du Pin, 28, avrily 1863]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Nety tsara tamiko ny saha, niverina tanteraka ny feo noho Andriamanitra ary ho afaka hiverina handray indray ny asako aho.

Lava ny fotoana rehefa tsy manao na inona na inona sy rehefa miaina mipetra-potsiny noho izay tsy maintsy ataoko. Mieritreritra ny hody amin’ny Alakamisy hariva aho amin’ny fanokafana ny volan’i Masina Maria ; ataoko fa hanomana kely ny hotelin’ny Virjiny Masina tahaka ny tamin’ny taona lasa Ramatoakely Bourchanin ; iangaviako ianao hampahafantaro

azy izany tahaka ny tsy miteny na inona na inona.

Misaotra anao izaho sy ny reniko tamin’ny fikarakarana nataonao ho an’ny raiko tsara fanahy. Ho valian’ Andriamanitra amin’izay rehetra izay anie ianao, ary tsy ho very maina ny hatsaram-ponao satria mamaly soa ny rano mangatsiaka iray vera Andriamanitra.

Mandray ny famangian’ny Curé aho. Miangavy anao aho aza mandefa na inona na inona azafady. Maneho ny fitiavany tsara aminao ny reniko. Ho aminareo ny rehetra ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

274 (259) [9] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier-Bonnard, place du Pont de la Guillotière,
13, Maison Milliat, Lyon, France

J.M.J. Rome, 29 septembra 1864

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Hijanona ela eo amin’ny diako aho tsy arakaraka izay nieritreretako azy ; iray volana, ela be ho ahy izany, ho an’ny tranoko, nefa moa tsy manao araka izay tiana ary tsy afaka manao ny raharahantsika amin’ny fotoana kely isika.

Tena salama tsara aho, nihamafy ny fahasalamako ; rehefa tsy manao na inona na inona, rehefa tsy manao afa tsy mitsangantsangana, tsy misy azo atao afa tsy ny ho salama tsara.

Tsy hoe akory tsy nilaina ny diako ; mitondra ny famindrampo ho an’ny sapeliko aho sy fahefana ho an’ny Tiers-Ordre izay ilaiko ho an’ny tranoko sy ho an’ny kristianina aho ; raha fintinina dia tena faly tamin’ny diako aho, nihevitra ny hahazo ny sonian’ny Ray Masina aza aho ho an’ny asa soan’ny Pretra mahantra ; Pretra Jesoita tsara fanahy iray no miandraikitra izany ary amin’ny fangatahana fihaonana manaraka izay hataony amin’ny Papa, ho azony ho ahy izany ary halefany any Lyon ho ahy ; izany indrindra no niriko, miaraka amin’izany dia tena hamindra amin-kasahiana aho.

Hankany Rome rahampitso maraina izaho ary handeha any amin’ny Lorette sy any amin’ny Assise, fivahinianana masina roa hataoko amim-pahafinaretana tokoa izany, hitsikika ny fasan’i Md. François mba hahazo ny fahantrany sy ny fitiavany an’Andriamanitra, tena te-hitondra zavatra amin’ny fahamarinany aho.

Hiainga amin’ny zoma 7 ho avy ary handeha any Marseille izahay ary ho tonga any Lyon Alahady na Alatsinainy, an-kafaliana no hahitako indray an’ny Lyon, ny ray aman-dreniko, ny namako sy ny olom-pantatra, ny tranobongoko mahantra ary hanomboka indray ny asako madinidinika. Manantena hahita anareo indray amim-pahasalamana aho, tsy adinoko ao anatin’ny vavako ianareo ary ny Sorona Masina.

Iangaviako ianareo ampionony kely ny ray aman-dreniko amin’ny tsy maha eo ela be ahy, ary lazao azy ireo fa ny andro vitsivitsy mbola kely sisa dia handalo malaky.

Ilay anareo manontolo ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

275 (260) [10] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier-Bonnard, place du Pont de la Guillotière, 12, Lyon

J.M.J. La Tour du Pin, 7 septembra 1867

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Tonga ato Chatanay izahay efa hatramin’ny afak’omaly, ny rivotra tsara sy ny fialan-tsasatra dia nampalaky hahatsara ahy ary antenaiko izany ary koa ny famonjen’ny vavaka tsara, mandeha tsaratsara aho, mavesatra kely foana ny loha, nanomboka ny fanafodin’i Ry Emery aho ; tamin’ity alina ity dia tsemboka kely ny lohako, fa tsemboka ny tongotro sy ny tanako izay efa nahazo ahy hatramin’ny 20 taona ; tsy fantatro raha hitohy izany vokatra tsara azo avy amin’ny fanafody izany ; ny rehetra dia avy amin'ny fiombenan’ilay Andriamanitra tsara fanahy. Tsy maniry na inona na inona afa tsy zavatra iray aho, dia ny ho sitrana malaky ary hiverina any amin’ny tontolokeliko.

Tsy tsara tsy ratsy ny reniko, tamana ao an-tanàna izy rehefa tsy irery, mirahaba anao izy ary miangavy anao mba hanome anay ny vaovaonao izy. Vizaka be ianao rehefa nandeha izahay, mila fialan-tsasatra ianao mbola manoatra noho izaho ary menatra aho rehefa mahita ny sasany miasa ary izaho manao kamolahy… fa mifalia tsara amim-pinoana sy faharetana ary Andriamanitra izay tsara, tsy mamela na inona na inona tsy hisy valisoa dia tsy hanadino ny asanareo, ny fangejana izao tontolo izao anareo, ary any an-danitra no hahazoantsika ny fotoana malalaka hialantsika sasatra nefa tokony hanantena fa alohan’ny hahatongavana any amin’ilay Andriamanitra tsara fanahy dia hanome andro vitsivitsy anareo hialanareo sasatra eto amin’ity izao tontolo izao ity.

Miandry ny vaovaonareo izaho sy ny reniko ary mandefa ny fitiavanay tena vokatry ny

fo.

A. Chevrier

276 (261) [11] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier-Bonnard, A Monchat, avenue du Château, 24

J.M.J. [Lyon,] 19 novembra [1872]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Nitondra taratasy avy tany Limonest ho anareo, Masera Françoise alefako ho anareo amin'ny alalan' Andriamatoa Suchet izany ; nanoratra ho an'i Mgr aho tamin'ity maraina ity izay alalana anay hankalaza ny Lamessa Masina tany Limonest hametraka any ity asasoanay.

Andro tsara ny Alakamisy andro Fanehoana ny Virjiny Masina mba hisintona ao an-trano ny tsodranon' Andriamanitra.

Hanao izany tsy misy tabataba sy fitsofana trompetra izahay : hankalaza ny Lamessa amin'ny Alatsinainy maraina aho ary hangataka mafy amin' Andriamanitra tsara fanahy mba handeha tsara ny zavatra rehetra ho voninahiny sy ho famonjena ny fanahy.

Miangavy anareo izany ary ho tonga rahampitso hariva, handeha hikarakara ny sapely Andriamatoa Jaricot ary hanao izay mety rehetra izahay.

Mankasitraka sy manolo-tena ho anareo ao amin'ny Tompontsika,

A. Chevrier

277 (262) [12] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ramatoakely isany Mercier-Bonnard, Place du Pont, Guillotière, Lyon

J.M.J. 15 novembra [1873]

Ranbavy malaal isany a amin'i Jesoa Tompontsika,

Manomboka « neuvaine » iray amin'ity hariva ity aho, iangaviako ianareo hiombom-paniriana amiko.

Fantatrareo fa tamin'ny hazofijaliana no namonjena antsika ary amin'ny alalan'ny hazofijaliana no hahasitrana ahy satria avo noho ny olombelona ny hevitr' Andriamanitra ; araka izany dia hahato ny torohevitry ny fahasoavana, ho laniako ao anaty ireo sivy andro ireo ao anaty fipetrahana irery ary ny fibebahana amin'ny fiononana amin'ny sakafo izay tian'ny ao an-trano hatao ho ahy.

Apetrako amin’ Andriamanitra irery ny fitokisako rehetra ary fantatro fa mahery Andriamanitra ka somimofo izay tsofiny dia tsara noho ny fanafody rehetra eto amin’ izao tontolo izao.

Ka noho izany tsy mivoaka aho mandritra ireo andro ireo, aza gaga ianareo, mandraisa anjara fotsiny amin’ny faniriana hanao ny sitrapon’ Andriamanitra sy hanaraka ny torohevitry ny fahasoavany,

ary minoa ny fanajana sy ny fitiavana tena vokatry ny fo avy amiko ho anareo, ry ranabaviko tsara fanahy izay tiako ao amin’i Jesoa Tompontsika.

A. Chevrier

278 (263) [13] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. mey 12 [1874]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Soa ihany tonga Masera Elisabeth hitondra ny taratasiko ho anareo.

Ho lazaiko anareo fa nahatsapa alahelo be aho rehefa nilaozana fa lasa ianareo.

Tsy afaka nizara ny fahalasanareo afa tsy alahelo izay efa tsapanareo, hiangavy anareo aho mba tsy halahelovanareo na hampakivy anareo amin’ny asa soam-pitiavana ataonareo amiko ; ny asa soa dia misy zavatra manelingelina foana ary vao mainka mahafinaritra an’ Andriamanitra izy ireo rehefa ahatsapana sorisory.

Toa vonona tsara hanao izay tianareo ny reniko.

Tena irery aho izao, irery ato amin’ny efitranoko, mitsangantsangana irery, tena manantena aho fa tsy hamela ahy tanteraka ny lehibeko.

Raha afaka mahita an’ Andriamatoa Levrat ianareo, anontanio izy izay hatao mba hampiala ity tazo izay mihazona ahy saika maharitra ity ary manakana ahy hahazo hery indray.

Mangataka amin’ Andriamanitra aho ho anareo mba hihamafy ny fahasalamanareo ary hanome ny tsodranony ho anareo anie ilay Mpampianatra tsara fanahy.

Mandrapihaona, raiso ny famangiako tena feno fitiavana.

A. Chevrier

279 (264) [14] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. 15 novembra [1873]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Reko fa narary ianareo, tsy mahagaga izany taorian'ny alahelonareo ahy ; mipetraka tsy matory na miala sasatra iray volana mahery ary ny asa izay atao, tsy ho afaka hanonitra izay rehefa nataonareo ho ahy aho, tsy nandritra ity aretina ity fotsiny, fa mbola hatramin'ny fahasambarako tamin'ny nahalalana anareo, te-ho afaka hanao zavatra kely ho anareo aho, matokia fa izay rehetra ananako ary izay rehetra ho azoko dia ampiasainareo, ary miangavy anareo aho hampiasa azy tahaka ny anareo.

Raha mila ny Maserantsika amin'ny iraka ampanaovinareo na amin'ny asa anaty dia ho faly izy ireo hanampy anareo.

Aza mihafahafa na amin'inona na inona aminay ary ianareo anareo izahay tahaka izay naha anay anareo, satria tokony ho fianakaviana iray eo anatrehan' Andriamanitra isika.

Izaho efa mihatsara hatrany. Raha tsy mitohy re foana ny hatsiaka, dia mbola tsaratsara aho satria tsy mahazo mivoaka kely any ivelany aho.

Mieritreritra ny ho afaka hanomboka ny Lamesa Masina aminy Alakamisy, andron'ny Fiakarana an-danitra ny Tompontsika aho, ela be izay no niandrasana ahy io fahasambarana io ; raha tsy hoe lavitra be ary raha tsy vizaka ianareo dia ho nasaiko ianareo.

Nanana andro tsy fiasana izahay tamin'ny Alakamisy lasa izay nahitako ny mpianatro latinista sy ireo Lehilahy ireo afa-tsy Atoa Dutel sy Atoa Jaricot.

Omaly Alatsinainy dia Andriamatoa Curé avy any Limonest no tonga nanao ny Lamessa teo amin'ny sapelin'ny St André, nanao filaharam-be ny fiangonana.

Misy fotoana tokony hiseoanareo tompon'ireny toerana ireny ;

ary maniry aho ny hananareo fonenana mendrika ao anaty trano mba ahazoanareo miseho tahaka ny tompon-trano ary ho fantatray ny olona hoe aiza no ahitana anareo ary ahazoana miteny hoe : ao ireo madame ireo, mipetraka ao zareo. Tokony ho azo atao tsara ny mandamina izany ka tsy ho sarotra.

Tsy tsara tsy ratsy ny reniko na dia movonto ny maso ilany ary vizaka ny lohany nandritra ny andro vitsivitsy.

Mandrapihaona, tsy ho ela raha afaka ianareo, mandra-piandry ny handehanako izaho tenany hamangy anareo.

Raiso ny famangiako tena feno fitiavana ary tena mankasitraka.

A. Chevrier

280 (265) [15] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. 2 novembra [1874]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin'ny…

Ataoko fa amin'ity indray mitoraka ity dia hanomboka ny asasoanay any Limonest izahay, ary iriko tokoa fa ho ao ianareo hahafeno ny fanokanana ity raharaha ity. Toy izao no nieritreretanay hatao azy.

Rahampitso hariva, Talata hiakatra any Limonest Masera Joséphine, Masera Marie, Masera Françoise ary Masera Catherine miaraka amin'ny vaovao roa sy ny tovovavy lehibe roa ao amin'ny tranonay.

Alarobia maraina, hanao ny Lamessa aho hisintonana ny tsodranon' Andriamanitra amin'ity fanombohana kely ity ary Andriamatoa Jaricot izay nitokana ankehitriny hiakatra any amin'ny faran'ny herinandro hijanona any ary hanao fanazarana tena izay tokony hataony. Afak'omaly dia nanoratra ho an'Andriamatoa Curé aho nampandre azy ary nasaiko tonga izy hahita anay Alarobia maraina ; nanome toky ho tonga izy hanome tsodrano anay, azo inoana fa hanaiky fiaraha-misakafo kely izy amin'ny antoandro raha te-hijanona izy.

Manantena anareo aho izany ka ho amin'ny toerana maha tompon-trano anareo.

Tena mila ny fahasoavana sy ny fiarovan' Andriamanitra izahay mba hilaminan'ny rehetra tsaratsara kokoa ; tandremo tsara ny fahasalamanareo ary ny tsodranon' Andriamanitra anie ho aminareo.

Azafady ekeo ny famangiako feno fitiavana sy vokatry ny fo.

A. Chevrier

281 (266) [16] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. [1875]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin'ny…

Reko fa tokony handeha any Villefranche Andriamatoa Bertholier rahampitso hividy ampondralahy iray ho azy ; tena mila iray koa izahay hitondrana ny lamba eny amin'ny fanasana lamba indrindra amin'ny ririnina izay maharatsy ny lalana. Raha sitrakareo dia hanome iraka an'io mpifanolo-bodirindrina io izahay mba hividy iray ho anay ataonay

fampiasa.

Raha tsy manana ny fitokanana amin'ity herinandro ity aho, dia mandeha hijery anareo fa tsy azoko atao ny mivoaka.

Lasa any Latour du Pin omaly ny reniko hijery ny rahavaviny.

Mahereza sy mahareta.

Ilay manolo tena ao amin'ny Tompontsika ho anareo.

A. Chevrier

282 (267) [17] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Mesdemoiselles Mercier-Bonnard, avenue du Château
A Montchat, près Lyon, Rhône

J.M.J. [Lantigné,] 9 juin [1876]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala

Tonga aho hanome vaovao kely momba ahy.

Tonga nisintona kely aty Lantigné aho akaiky Beaujeu, ato amin' Atoa Chanuet, Rhône.

Faly aho ato. Mipetraka irery aho ary manana fotoana hiasana sy manana sapely kely hanaovana Lamessa.

Tsy ao ny fianakaviana Chanuet, tsy ho tong aizy raha amin'ny faran'ny volana, noho izany milamina tsara aho izao, tsy mila afa tsy ny fahazavan' Andriamanitra tsara fanahy aho mba hanazava ahy ary hanaovako tsara ny asa kely izay inoako tokony hatao ho soa ho an'ny rehetra, enga anie hanome ahy ny fahasoavany sy ny fahazavany ilay Andriamanitra tsara fanahy.

Metimety kokoa aho noho ny tamin'ny nandehanako rehefa niainga aho ary manantena aho fa hihatanjaka hatrany hatrany.

Mba ilazao ny vaovaonareo aho, manao ahoana ianareo, lasa any amin'ny Donjon miaraka amin'ny fianakaviana Crouzier ny reniko, nahazo ny vaovaony aho, tsaratsara izy, mampiasa ny sandriny tsy manana sarotra izy.

Tsy fantatro hoe hafirina no hijanonako aty Lantigné, hataoko izay azoko atao hiverenako tsy ho ela.

Mivavaha ho ahy, tsy adinoko eo amin' Andriamanitra tsara fanahy ianareo.

Ilay manolo tena manontolo ho anareo.

A. Chevrier

283 (268) [18] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. [Ôktôbra 1876]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala

Manao fitokanana aty Limonest hatramin'ny Alatsinainy izahay. Toa nitsahatra nangotraka ny divay hatramin'ny omaly, ho tena ilaina ny maha eto anareo mba handaminana ireo zavatra ireo.

Miangavy anareo ho tonga ary azafady, raha ho afaka ho tongan y reniko dia hahafaly ahy. Ilay manolotena feno ho anareo.

A. Chevrier

Alefako ho anareo ny fiara rahampitso maraina.

284 (269) [19] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. [Rome, 28 marsa 1877]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala

Miandry ny vaovaonareo sy ny an'ny reniko aho, ataoko fa salama tsara daholo ianareo.

Tsy misy na inona na inona vaovao aty Rome, tsara ny fahasalamanay ; voan'ny sery kely roa andro aho, satria nivoaka fa efa lasa izany hatramin'ny omaly.

Manana vehivavy iray tena tsara izahay manao ny asanay, tsy mitovy amin'ny any amin'ny hotely mihitsy, tena mitady marina ny hahafaly anay sy manome anay izay tianay izy, atao amin'ny dibera ny sakafonay, ary ho ahy dia manao sakafo manokana izy : atidohan-kena, hena endasina, tena finaritra tsara izahay.

Misy seminarista marary iray avy any Lachassagne matory koa ao akaikinay ; nampitondra « centpote » divay avy an'ny taniny izy ary handefa 20 tavoahangy amin'izany ho ahy, divain'ny Lachassagne efa 19 taona izay tena tsara izany, izay hieritreretako fa ohatra ny tena any Frantsa aho, manantena fa vao mainka hanome hery ho ahy ny fialan-tsasatra ary ny fijanonako aty Rome tsy ho fotoana manimba ; iangaviako ianareo ary mba hiteny amin'ny reniko mba ho tony tsara izy.

Tsy mivoaka mihitsy aho, tsy tsara ny andro hatramin'ny andro vitsivitsy izay avy ny orana ; miasa ao amin'ny efitranoko aho ary miaraka amin'ny tanora.

Iangaviako ianareo mivavaha ho ahy mba hahazo vokatra tsara miaraka amin'izy ireo aho ka ho afaka hanampy ahy izy ireo aoriana kely.

Orony ny reniko ary lazao izy fa tena tiako izy.

Mandefa ity taratasy kely ity ho an'I Masera Claire izay nanoratra ho ahy aho, miangavy anareo mba ampitao any aminy ity ary minoa ny fifikirako aminareo tena vokatry ny fo.

A. Chevrier
Via d'ell orazione e morte, 92, Roma, Italia

285 (270) [20] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

Ho an-dRamatoakely isany Mercier-Bonnard, à Monchat, akaiky Lyon

J.M.J. [St Fons,] 23 juin [1877]

Ramatoakeliko malala isany sy Ranabavy ao amin'ny Jesoa Tompontsika,

Misintona andro vitsivitsy aty St Fons aho mba hiasa aty sy hivavaka mangina aty ; na dia ao anatin'ny fipetrahako irery aza dia tsy havelako handalo ny fetin'ny Md Joany sy Md Piera nareo ka tsy handefa tenikelim-pahatsiarovana ireny ho anareo, ampiarahako ao anatin'ny vonikazo kelin'ny tendrombohitr'i St Fons iray.

Mangataka amin' Andriamanitra aho mba hanomezana fahasalamana tsara ho anareo, enga anie ho avelan' Andriamanitra ho vita ny asasoa natombony tamin'ny alalantsika ary enga anie ianareo hanorina ny fikambanan'ny renintsika mandalo amin'ny fanohanana ny asasoan'ny Prado.

Raha misy zavatra tianareo ampilazana ahy dia afaka manoratra any amin' Andriamatoa le Curé n'ny St Fons ianareo mba hampitaina any amin'i Abbé Chevrier amin'ny Vénissieux hoe.

Niankina amin'ny vavakanareo ary tsy manadino anareo aho amin'ny fivavahako.

Eo am-piandrasana ny fifaliako hahita anareo, iangaviako ianareo handray ny fihetsem-poko tena vokatry ny fo feno fankasitrahana sy fitiavana ho amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

286 (271) [21] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

30 avrily [1878]

Ramatoa kely isany sy Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Hanome andro tsy fiasana ho an'ny mpianatray aho amin'ny Talata ho avy, handeha any koa ireny lehilahy ireny dia hijanona aty Limonest miaraka amin'ny reniko aho hatramin'ny Alatsinainy na Talata manaraka ; tongava ary ianareo dia hiaraka andro vitsivitsy isika, iangaviako ianareo lazao ahy ny andro, andefasako mpiara-miasa tsara ianareo hitsena anareo, raha afaka ho tonga aloan'ny amin'ny 9 ora ianareo, na raikoto izay andronareo.

Ekeo ny famangiako feno fitiavana sy vokatry ny fo.

A. Chevrier

287 (272) [22] Ho an-dRamatoakely isany Mercier sy Bonnard

J.M.J. [Vichy,] 29 jiona 1878

Ramatoa sy anabavy malala ao amin'ny Tompo

Androany ny fetin'y Md Piera, lehibenareo. Nirary soa anareo ho an'izany ary mangataka an'i Md Piera aho ny hanomezany anareo ny finoany sy ny fitiavany ny Tompontsika, tsy manana fehezam-boninkazoatolotra anareo mihoatra noho izay aho.

Salama tsaratsara izahay, salama toy izany hatrany Ramatoakely Jenny, misotra ronono betska isan'andro izy, izaho koa torak'izany ; mandany andro mitsangatsangana izahay, misakafo sy miresaka, tena fiainan'ny kamo e !tara kely ny hody mba hiasa kely ; salamalama aho, fa ny vavoniko no mbola tsy tafarina tanteraka satria tsy mahazaka ovy nefa tena tiako ery ; salama tsara ny reniko, mazoto homana tsara izyary tsy mahandry tsy hihinana alohan'ny sakafo hariva ; efa mihatsara i Masera Antoinette.

Manantena izahay fa ho salama tsara ianao ary hifankahita aminareo tsy ho ela ao anatin'ny fahasalamana tsara ; mirary fety tsara ho anareo rehetra, enga anie hiara-mankalaza izany any an-danitra isika indray andro any.

Raiso am-pifaliana ny famangianay sy ny fisaoranay manokana tamin'ny nanomezana anay an-dRamatoakely Mercier.

Enga anie ilay Andriamanitra tsara fanahy hanampy sy hanome anao ny fiadanany.

A. Chevrier

Taratasin’ ny « direction » 1862-1878

Ho an'ny fianakavian'i Velly

288 (435) Ho an’Andriamatoa Velly

Ho an'Andriamatoa Velly

[1862]

Manàna fahatokisana bebe kokoa an'Andriamanitra ianao, tsy dia ampy loatra mantsy io fahatokiana an'Andriamanitra io ao aminao, ka izany no mahatonga anao hijaly be.

Raha mivavaka am-pinoana, dia hanafaka anao amin'io tsy faharesenao tsara io Andriamanitra, ary dia ho fantatrao amin'izay fa tsy mandao anao izy fa saingy kosa ilaina ny mendrika azy amin'ny alalan'ny fahatokiana. Ambarao ao fonao manontolo io faniriana io, 9 pater et ave, mandritra ny 9 andro. Miara-miombom-paniriana isika ka tsy maintsy manantena mafy an'izany ao amin'i Jesoa. Hoy Jesoa : izay rehetra angatahanareo amin'ny Ray amin'ny anarako dia ho tanteraka aminareo. Tsy mandao izay rehetra tia sy manana fanantenana ao amin'Andriamanitra ny Ray.

Meteza ianao hino fa io aretinao io dia hanampy anao bebe kokoa ho amin'ny fibebahana sy fahamasinana ary ho sambatra ianao fa mijaly tamin-javatra iray mba ho fanasaziana anao noho ny otanao ary ho famonjena anao.

Hitso-drano anao anie i Jesoa.

289 (436) Masera Marie St André

Ho an'i Ramatoakely Velly (Masera Marie St André)

J.M.J. 16 julay 1871

Ry Masera malala,

Tena diso tanteraka ianao niasa saina ny amin'ny Masera Valentine, tsy hanontany anao ny fanahiny Andriamanitra fa ny fanahinao, koa amin'izany àry mivavaha amin'Andriamanitra ianao mba hanomezany anao ny tena fitiavana marina. Maty ho antsika rehetra Andriamanitra, koa very fotoana be isika raha mieritreritra ny amin'ny hadisoan'ny hafa. Aza atao tsinontsinona ny ranom-bavakao, hianaro Jesoa Kristy Tompo, ny hatsaram-pony, ny fitiavany ny olona rehetra ary dia ho hitanao izay mety hampitony ireo

fangirifiriana.

Hitso-drano anao anie Jesoa.

A. Chevrier

290 (437) Masera Marie St André

Masera Marie Saint André

J.M.J. [1873]

Ranabavy malala ao amin’ny Tompo Jesoa Kristy

Tsy nazava tsara taminao ny fandalovan’i Mômpera Saint-Jure, azo atao ny mieritreritra ny zavatra rehetra ho an’Andriamanitra ; mampiseho amintsika an’Andriamanitra ny zavatra rehatra eto an-tany, ary tokony hitondra antsika eo amin’Andriamanitra ny zavatra rehetra. Tsy ilaina ihany koa ny hieritreritra izany foana ankehitriny, manolo-tena amin’Andriamanitra isa-maraina dia ampy, ary tsy manao asa mifanohitra amin’izany, ny faniriana mahazatra dia ampy. Mahereza ary ary aza matahotra. Tsar Andriamanitra ary tsy mandao ny zanany Izy. Tia anao Andriamanitra ary hanome anao ny fahasoavany Izy mba hampilofo anao. Sokafo amin’ny namana tsara iray ny fonao, aza mipetraka irery, mahonena loatra izany ; miresaha ianao amin’ny olona tsara fanahy, ary ho hitanao ny fiononana amin’ity fahantranao ara-panahy.

Ho tahina Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

Ho an’i Ramatoa Franchet

291 (273) [1] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ho an-dramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J Alarobian'ny lavenona [1863]

Ho anao Ramatoa, anabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika

Amin'ny alalan'ny fanekena ireo fijaliana rehetra ho amin'ny fitiavana an'i Jesoa Kristy Tompo sy mba hampiharana ny fanetrentena, faharetana ary fitiavana, dia hahafaly tokoa an'i Jesoa Kristy Tompo ianao ary inoako koa fa mahita antsika am-pifaliana ilay Tompo tsara rehefa mitombo ao amin'ny fitiavana isika, ary ny fahoriana sy ny hazo fijaliana dia fomba

iray tena haingana indrindra sy tena azo antoka mba hahatongavantsika amin'ny fahalavorarian'ny fitiavana.

Aoka ianao hatoky ao amin'ny ranom-bavakao, manàtona ny latabatra masina ary raha mbola mitondra anao ho akaiky ahy Andriamanitra, hiezaka aho mba hanampy anao na hanatanteraka izany satria izy mahay izany kokoa noho izaho.

Mivavaha ho an'ny Pretra tsy mendrika sy mahantra an'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

292 (274) [2] Ho an'i Ramatoa Franchet

J.M.J [Prado,] 3 Desambra [1863]

Ho anao Ramatoa, anabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika

Noheveriko fa ho fanomezam-boninahitra ahy ny fanasana anao ho tonga hihogo ireo ankizy madinika mahantrako , Jesoa Kristy Tompontsika nanambara tamintsika fa rehefa manompo mahantra ireny isika dia manompo Azy koa ; nandà an'Andriamanitra ianao tamin'io asa izay nangatahany taminao io, koa tsy mahazo fanomezam-pahasoavana izany ianao, izaho no nanatanteraka an'io asa io teo amin'ny toerany ary faly tokoa nanatontosa fa asam-pitiavana io, ary manomboka izao dia tsy omeko olon-kafa ny toerako, satria hain'Ilay Tompo tsara ny mamaly amim-pitiavana lehibe an'ireo asa izay natao taminy, fa saingy izao fotsiny mba ahafahana mandray anjara amin'io asa io dia miangavy anao ny mba hitondra ho ahy fihogo tsaratsara kokoa noho ny ahy, amin'ny manaraka rehefa ho avy aty ianao. Mangataka amin'Andriamanitra ho anao mba hanananao fahalalaham-po bebe kokoa aho eo amin'ny asany.

Raha mihevitra ianao fa matory Andriamanitra ka tsy maheno, fohazy izy toy ny nataon'ireo apôstôly amin'ny fiantsoana mafy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fisarihana ny tso-dranon'Andriamanitra ho eo aminao amin'ny alalan'ny ireo asam-pamindram-po, fantatro efa hatry ny ela fa moramora kokoa ny mihogo volo noho ny mihogo fanahy, ny manasa tongotra noho ny manasa fanahy, koa alohan'ny hahatongavanao hanatona ahy àry dia mivavaha amin'Andriamanitra ho ahy ianao mba hahitako fanafody famonjena anao.

Aoka ho tsaroanao koa fa izay rehetra mihatra amintsika dia tsy tonga raha tsy amin'ny alalan'ny fanomezan-dalan'Andriamanitra ary sarotra amin'ny olombelona ny hamantatra ny lalan'Andriamanitra. Koa aoka ianao ho tony eo amin'ireo alahelonao ary mitenena tahaka Ilay Tompo tsara hoe : "Ho tanteraka anie ny sitraponao fa tsy ny ahy" ary ny asam-

pankatoavana feno fanetrentena io anie hahamendrika ireo fanatitra izay hataonao amin'Andriamanitra, amin'ireo zavatra rehetra tena sarobidy taminao, fa saingy tsy tokony hisy mihitsy zavatra eo amintsika sarobidy lavitra mihoatra ny sitrapon'Ilay Tompontsika tsara Masina izay tianao arahina sy hotiavina.

Hitahy anao sy ny zanakao lahy, ary ny vadinao anie i Jesoa Kristy Tompo sy ilay Reny tsarany.

A. Chevrier

293 (275) [3] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ho an-dramatoa Franchet, Quai St Vincent, 43, Lyon, France

J.M.J. [Rome, 20 Septambra 1864]

Mitana ny teny nomeko anao aho ny amin'ny hanoratako ho anao ry Masera malalako indrindra, ary ianao moa mba nitana ny teninao ny amin'ny ho hendry mandritry ny fotoana tsy maha eo ahy ? Nanao ny kôminiônao sy ny ranom-bavakao ve ianao ? Moa tsy niova ve ianao tamin'ny fandraisanao fanapahan-kevitra tsara, raha toa ka tsy izany no tanteraka dia manangona hery indray ianao ary miverena manompo an'Andriamanitra amin'ny fonao manontolo, hain'Andriamanitra ny malala tanana indraindray, hainy koa ny mitia ilay Mpamonjy rehefa tiany izany, aoka ho feno fifaliana sy fitiavana ny andronao rehetra.

Sambatra izay manam-pinoana, tsy mila mandeha lavitra izy mba hijery zavatra tsara maro, ananany ao amin'ny Eôkaristia daholo ny zava-drehetra, hitany ao amin'ny tranon'omby sy ny kalivery ary ny Senakla izany. Manao dia lavitra isika mba hijery Masindahy sy Masimbavy.ary mamela ho antsika fahatsiarovana tsara indrindra sy tena sarobidy ny amin'ny tenany sy ny ràny ilay Mpamonjy antsika.

Tena sambatra tokoa isika manana izany harena rehetra izany na aiza na aiza, mba ahafahan'ny mahantra, na dia tsy mandeha lavitra sy tsy manambola aza izy, manao fivahiniana tsara indrindra amin'izao tontolo izao, moa tsy marina izany ? Ary any St-Louis ao amin'ny paroasinareo dia azonareo atao tsara ny manao fivahinianana lehibe toy ny any Rome sy ny any Jerosalema. Koa mandehana ary am-pinoana sy am-pitiavana eo amin'ny tranon'omby sy eo amin'ny kalverin'ilay Mpamonjy tsara antsika.

Koa mivavàha tsara àry aminy, tiavo izy ho anao sy ho ahy koa, izay tsy dia tena tia azy loatra, tena ory sy mahantra aho ka mahatsiaro menatra eto anivon'izao tontolo izao sy

eto amin'ity tany ity ka mila hisitrika hiafina ao anaty lavaka kely ny tenako, na dia izany aza, angamba ho hitako ihany ilay Ray Masina, koa hanao fangatahana aminy aho. Mba mivavaha re ianao e, ka mba hotanteraka amiko sy amin'ny hafa anie ny sitrapon'Andriamanitra ka ho avy amin'ilay Mpamonjy antsika anie ny valin-teny. Ho faly tokoa aho amin'ny voninahitr'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahantrana sy ny fanoloran-tena ka mba hisy Jesoa Kristy hafa eto an-tany amin'ireo mpianany ka ahafahantsika manavao indray ny tranon'omby, ny kalvery ary ny tabernakla amin'ny alalan'ny fampiharana ireo hatsaram-panahy izay nanomezany ohatra tsara antsika. Mivavaha ho ahy ary mivavaha koa ho an'ireo rehetra izay antsoin'Andriamanitra ho amin'ny fahantrana masin'i Kristiny.

Tiavo Andriamanitra ! tiavo izy ho an'ireo zavaboahary rehetra tsy tia azy, tiavo izy ho ahy ;

tena tia an'Andriamanitra ho anareo sy ho an'ny zavaboahary rehetra eto an-tany koa aho, izay no azontsika angatahina eto an-tany sy any an-danitra.

Hitso-drano anao sy ny fianakavianao anie i Jesoa.

A. Chevrier
Via d'ella Minerva 53, Rome

294 (276) [4] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J[Md Jean de Dieu,] 15 Martsa 1865

Ry Masera malalako indrindra ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika,

Eto St Jean de Dieu aho izao mandritra ny andro maro, mandray sy mamaly ny taratasinao arak'izay tarihin'ny saiko ahy aho ankehitriny, ary dia ambarako am-pahatsorana ny marina.

Raha tonga nanatona ahy momba ny amin'ny fitantanana ny saina amam-panahy ianao, tonga dia voasarika ny feo amin'ny fanehoana laza diso ara-pahalalana sy ara-pahamasinana ka nanambara ny amiko izay tsy fantatro hoe amin'ny fomba ahoana na ny amin'inona fa tena mahatsiaro tena ho voalatsa aho indraindray, satria betsaka ireo olona no mino fa hahita zavatra avy ao amiko ary rehefa mahita ahy mandritra ny fotoana vitsivitsy izy ireo dia tsapany fa foana ireo nofinofy noheveriny sy ireo fahadisoana ka dia diso fanantenana tanteraka izy ireo toy izany koa ohatra ianao, mamela ny hisian'izany Andriamanitra mba hampahamenatra ary koa hampahafantatra ahy fa izay rehetra tanteraka dia izy no nanao azy

fa tsy izaho akory, koa isaorako azy amin'ny foko manontolo izany.Olona manam-pahalalana maro, eny olona milatsaka ho pretra no milaza fa tsy hahavita ny asan'i Prado satria kely saina aho, marina ny ambaran'izy ireo ary ho izany mihitsy ny marina fa raha mahomby ny asantsika dia tsy ho izaho no nampanao izay hampahomby azy fa Andriamanitra satria misy zavatra iray tena mahagaga ahy mihitsy ny mahita olona sahy be herim-po, tonga manatona maka torohevitra sy mikônfesy amiko, mino aho fa manana anjara ao ny demony mba hampianjera azy ireo ao anaty fahadisoana amin'ny alalan'ny tsy fahaizako ka hampatonga ahy ho tompon'andraikitra amin'ny hadisoana nataon'izy ireo avy eo.

Koa ny torohevitra tsara indrindra azoko omena sy atolotro amin'ny fo sy fahatokian'ny saina amam-panahy anao dia hoe : tsara ny hanatonanao pretra iray mba hitarika anao, ny zazavao indrindra amin'ny fivavahana dia ho afaka hanome torohevitra tsaratsara kokoa anao noho izaho ary dia ho azo antoka kokoa ny fanahinao ao am-pelantanan'izy ireo noho ny eo am-pelatanako.

Mamporisika sy mitalaho aminao aho mba hivavaka ho ahy satria tena mahantra aho : ny enta-mavesatra ao an-tsoroko, ny trano bongo ho tantanako, ireo zaza maro be hampibebahana ; tsapako ho milefitra indraindray ny soroko, koa mila olona iray aho hanampy ahy hitondra io enta-mavesatra io, mitady aho ary mila tsy hahita olona mihitsy. Vitsy ny mpiasa, ka manimba ny asan'Andriamanitra isika amin'izany, raha tokony hanao ny asa dia mandrava izany isika matetika ; tena mampijaly ahy mihitsy ny hakamoako, ka tena mahantra aho noho izany eo anatrehan'Andriamanitra. Mivavaha ho an'ity mahantra izay tsy maintsy hitoetra, kanefa dia mihodina amin'ny asa mba tsy hanao na inona na inona.

Veloma ao amin'Andriamanitra, ry Masera malala, ary mba aza adino aho farafaharatsiny ao anatin'ny vavakareo ary raha mba afaka ny miantso ahy ianao, dia mba tanteraho amiko izany azafady indrindra, fa tena hankasitraka anao mandrakariva aho amin'izany.

Mba lazao raha azoko alefa ho anao ny kahiekely famandrihana boky atonta.

Jesoa anie, hitso-drano anao, ny zanakao lahy ary ny vadinao izay tsy maintsy tiavina ho amin'ny fitiavana an'i Jesoa.

A. Chevrier

295 (277) [5] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

Ry zanaka malala indrindra,

Misaotra amin'ny taratasy mahafinaritra avy aminao, mahafaly mandrakariva ny marina, tena tsapako tokoa ny fahamarinan'ireo izay rehetra nambaranao ahy ka tiako ho hita avy hatrany ny fampiharana azy satria ireo fikorontanana sy ireo tsy fanatanterahana ny fitsipika izay manjaka ato an-trano dia toy ny vesatra iray lehibe mitambesatra ato amiko, koa tiako ny afaka hanala izany, amin'ny lafiny iray hafa dia tena tsapako tokoa ny tsy fananako hery sy ny tsy fahaizako ka ilazako matetika amin'Andriamanitra hoe : Andriamanitra ô ! tsy mamita- tena ve ianao amin'ny hametrahanao eo an-tampon'ny asa iray lehibe, olona mahia sy saozanina toa ahy, tena mahantra, mpanota tsy mahalala na inona na inona aho ka raha tsy mandefa olona iray hanao ny asany Andriamanitra, dia ho lo izany asa izany. Hatsaran-toetra toy inona, hatsaram-panahy manao ahoana no ilaina mba ahafahana mametraka zavatra iray, manantanteraka an-tsakany sy an-davany arak'izay takiana amin'ny asan'Andriamanitra, fantatro tsara fa mifidy izay olona tiany Andriamanitra ary ny madinika sy ny mahantra indrindra matetika no anehoany ny voninahiny sy ny heviny ka mba ho afaka ny hanambara ny rehetra hoe : Tena Andriamanitra mihitsy no nanao an'izany, kanefa dia tsy maintsy mifanaraka tsara amin'ny fahasoavana, izany olona izany, tsy maintsy olona tia fivavahana sy feno fanoloran-tena izy, tsapako fa manohitra mandrakariva ny sitrapo-masin'Andriamanitra aho ary manataraiky ny asany. Mila olona iray mitoetra mandrakariva eo anilako aho manosika sy mampahatsiahy ahy izay tokony hataoko, tena malahelo sy tena mitaraina aho, raha tsy manao izay andraikitra tian'Andriamanitra ataoko. Ho fitsarana manao ahoana, ho fanamelohana toy inona izany ho ahy.

Nandritra ny taona maro aho no efa nilaza tamin'Andriamanitra hoe Ry Andriamanitra ô ! Raha mila olona mahantra ianao, inty aho, raha mila adala ianao, inty aho ary tsapako fa manana ny fahasoavana hanao izay rehetra angatahin'Andriamanitra amiko aho, koa ankehitriny tonga ity ny fotoana izay tokony hiasana, tena kamo sy kanosa aho. Indrisy raha tsy misy fanahy maro izay mivavaka ho ahy, manosika ahy dia very aho, raha mandefa rahalahy mpiara-miasa anankiray izay mahalala tsara ny asan'Andriamanitra dia hahazo hery tokoa aho amin'izay, hanan-kery kokoa, fa dia irery, irery eny foana, tsapako fa tsy manana hery aho ka mila fahasoavana lehibe sy mahagaga izay mbola tsy mendrika akory ny fahasoavan'Andriamanitra, satria tsy maintsy vidina izy ireny ary mba hividianana ny fahasoavan'Andriamanitra dia tsy fantatsika loatra izay hatao, indrindra raha tsy maintsy

miaraka amin'ny famonjena ny fanahy sy ny voninahitry ny Eglizy izy.

Miala tsiny aho ry zanako malala raha miteny aminao amin-kitsimpo toy izany ary mamosaka tsikelikely koa ny alahelon'ny fanahiko, izany dia mba hahafahako mahita ao aminao fanahy iray izay mivavaka sy manampy ahy mba hanatontosa ny sitrapo-masin'Andriamanitra, satria raha nanao an'i Prado Andriamanitra dia tsy ny hanomezana ahy fananana mitentina 100.000 francs mihitsy akory izany, ataoko izany fa nomeko an'Andriamanitra daholo ny zava-drehetra ary tsy nangataka taminy afa-tsy ny fahantrana masina ho lova aho, koa misy zavatra hafa àry izany. Koa ampio àry aho hanao izay angatahan'Andriamanitra, indrindra ny amin'ity asan'ny pretra mahantra ho an'ny paroasy ity, ny pretra , eny tsy misy afa-tsy ny pretra ihany no afaka ny hanao zavatra. Ny pretra, izy no zava-drehetra... Jesoa Kristy Tompontsika eto an-tany, tsy maintsy tonga Jesoa Kristy Tompontsika iray hafa eto an-tany aho mba ho tonga Jesoa Kristy Tompontsika velona koa ireo izay rehetra tonga eto. Tsy misy afa-tsy izay no ahafahana manova fanahy maro.

Tena mahavita tsangambato tsara tokoa ny zanakao lahy, kanefa tsy ny tsangambato vita amin'ny vangin'alefata na vatosoa (marbre) no hanova fanahy maro, fa raha mba afaka manao izay ahatonga ny tenany ho tsangam-batovelon'i Jesoa Kristy Tompontsika aho dia tena hanao asa mahafaly an'i Jesoa Kristy Tompontsika sy mahasoa tokoa ny Eglizy.

Koa aoka àry isika hivavaka, ho tanteraka eo amintsika tsirairay anie ny sitrapo-masin'Andriamanitra ka mba tsy ho eo amin'ny asan'Andriamanitra anie ny hakamoana sy ny tsy firaharahintsika ka tsy hampihitsoka ny asan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hakamoana sy ny tsy fitandremana.

Tsy dia misy antony tokony hiresahana ny amiko, kanefa moa efa mangataka izany ianao dia hambarako anao fa salama tsara aho, mamindra aho, sitrana ny lohako, mandray ara-dalana ireo fanafody nomen'Andriamatoa Emery aho.

Ho any amin'ny Prado aho amin'ny Alarobia hariva mba hanomboka hanao indray ny asako, hitso-drano izany asa izany anie Andriamanitra ka mba hanatontosako tsara ny asa sy aminareo koa.

Koa hitso-drano anao sy ny fianakavianao anie Jesoa.

A. Chevrier

296 (278) [6] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43 Lyon

J.M.J. 20 marsa [1866]

Ramatoa sy Ranabavy malala ao amin'ny Tompo,

Manoratra ho anao mba hangataka hivavaka ho hay ao anatin'ny fivavahanao mandritra ity herinandro ity. Mila mitokana aho hivavaka amin'Andriamanitra, hibebaka sy handray ny fahasoavana sy ny fahazavana izay ilaiko be tokoa mba hameno ny adidy mahapretra ahysy ho an'ny zavatra hafa.

Misaotra anao koa aho ny tamin'ny mieritreretanao anay sy ho an'ny ankizinay. Mila akanjo ny ankizivavinay madinika, izay ananany dia efa tonta, teno ho fifaliana ho anay raha mba afaka manome lamba ho an'izany ianao.

Ny amin'ny haingo fahazavana, inoako fa tsy afaka mifanaraka zavatra mirentirenty ny « Chapelle »nay. Ho solon'io zavatra io, ho faly izahay raha afaka manaiky ny fikojakojana ny jiron'ny Sakramenta Masina ianao mandritra ny fiainanao, mino aho fa ho tratranao ny tanjona.

Miangavy anao aho hamela ahy tamin'ireo fahasahiranana nataoko anareo, ary koa tamin'ireo hadisoana rehetra hitanareo teo amiko, ary tsy ho avelako ho simba ireo rehetra nankiiny tamiko.

Eo am-pivavahana ho ahy sy ny fibebahako dia mahatonga ahy ho tsara eo anatrehan'Andriamanitra ianao ary ho tena mendrika ny hivavaka ho an'ny hafa sy ho anao ary ho an'ny fianakavianao.

Izaho ilay ao anatin'ny fon'i Jesoa sy Maria, mpanomponao mahatoky sy mankasitraka anao.

A. Chevrier

297 (279) [7] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43 Lyon

J.M.J. [1866]

Ry Ranabavy malala sy zanaka ao amin'ny Tompontsika,

Nitaraina tamin'i Jesoa indray andro ny hazofijaliana mavesatra ampitondrainy azy i Mb Catherine ary namaly azy ny Tompontsika hoe : Tiako tokoa ny mahit anao eo ambany vesatry ny hazofijaliana, hankalaza ahy mihoatra noho tamin'ireo taona maro nifalianao sy niadananao ianao noho ny amin'ny fotoana nampahory anao niaraka tamiko. Ry zanako

malala, tsara arivoarivo lavitra teo amin'i Jesoa ianao tamin'ireny fotoanan'ny fahoriana sy fizahan-toetra ireny noho ny tamin'ireny taloha tao anatin'ny fifaliana sy hasambarana ireny ; mionona ianao, manatanteraka ny fanirianao i Jesoa, naniry ny ho azy manontolo ianao ; hoefain'Izy samy irery ny fanirianao ; marina fa mikony ny natiora, tena mafy araka izany ny mandao ny tena manontolo, fa tsy maintsy misy izany, ary tsy ho azy mihitsy ianao raha tsy Izy no hanaisotra anao amin'ny zavatry ny tany rehetra, fantatrao tsara tahaka ny ahoana ny zavatra voajanahary no miasa any aminao, noho izany, mba handravana izany, mila fotoana, mila kapoka « maritô », avelao omena an'i Jesoa irery, Izy no hiandraikitra ny rehetra. Hitanao satria Izy no efa nanomboka tsara, ary satria mpiasa tsara Izy, avelao hanao izay tsara Izy, hanitsy anao tsara Izy ary hanongotra izay tafahoatra ao aminao.

Ekeo am-pankatoavana ny zavatra rehetra, manahirana ahy ny fijalianao fa tsy afaka hanakana ahy hisaotra an'Andriamanitra izany amin'ny hanaovany tsra ny asany ary mangataka ho anao koa aho mba hanomezany anao ny fahasoavana hanekenao azy, ary ny tsy hanoheranao ny asan'Andriamanitra ao anatinao.

Hotahian'i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

Ho tonga hiasa ao amin'ny Prado tahaka ny mahazatra ianao, na izany aza dia eritrereto fa hampihoron-koditra ny rehetra ianao.

Ny zavatra rehetra ho an'ny fitiavan'i Jesoa.

Relire avec attention ces lettres 298 à 307 qui manquaient, que j'ai saisies et qui n'ont pas été relues

298 (280) [8] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. Prado, 15 mey 1867

Ry zanaka malala

Atolory an' Andriamanitra ny sorona kely nangatahako taminareo ary ny fahafoizan-tenanareo ho mendrika ny fahasoavana izay ilainareo ao anaty oram-baratra be izay hatsangan'ny demony hiady amin'ny fanahinao mahantra

Jereo Jesoa teo ambony hazofijaliana, tsy nanana intsony afa tsy ny Reniny ary

nomeny ho an’ny mpanota, izaho sy ianao izy.

Maty amin’ny rehetra, maty amin’ny tenany, izany no tena fahasambarana marina.

Ny Rainao manolo tena mitsodrano sy mivavaka ho an’ny fanahinao.

A. Chevrier

299 (281) [9] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. Prado, 13 agositra 1867

Ry zanako malala tsara

Avy nandray an’ Andriamatoa Emery aho namangy ary tena nahafaly be ahy izany. Sambatra mahita olona izay manana finoana ary miasa araka ny fotokevitr’izany finoana izany, manjary lehibe avokoa ny rehetra ary betsaka ny zavatra mazava ho azy.

Ho anao, ry zanaka malala, aza mihorohoro tahaka ny io ataonao io ianao ; tsy mihetsika eo afovoan’ny onjan-drano masina ny vatolampy ; mba hentitra ary ao anatin’ny adinao, minoa fa mivavaka ho anao aho.

Enga anie Jesoa hitsodrano sy hanampy anao. Amin’ny Alarobia.

A. Chevrier

300 (282) [10] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. 11 h du soir, 29 septambra 1867

Ry zanaka malala tsara,

Miainga rahampitso maraina hanao fitokanana kely aho, iangaviako ianao mba hivavaka ho ahy mba hanazava ahy Andriamanitra hanova fo ahy, ary hanome hery sy fikirizana ho ahy anatin’ny fanapahan-kevitro ; tsy hody raha tsy Asabotsy.

Raha tsy afaka manao ny kominio masina ianao, mandehana mihavana, tsy fandeferana izany, fantatrao tahaka ny inona no ilanao Mpampianatra tsara. Hendre tsara ary aza toherina ny fahatsaran’i Jesoa.

Hivavaka ho anao, iangaviako ianao mieritreritra ahy… Mitsodrano anao aho.

A. Chevrier

301 (283) [11] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. Prado, 24 desambra 1867

Ry zanaka malala,

Nandre tamim-pifaliana ny vaovao aho. Hendre, mivavaha ho anay; tongava amin’ny Alakamisy, ho ao aho.

Enga anie hitsodrano anao Jesoa ary koa Charles olon-tianao sy ny vadinao.

A. Chevrier

Mandeha mandray an’i Jesoa amin’ity alina ity ary tiavo Izy amin’y fonao rehetra.

302 (284) [12] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. Prado, 23 janvie 1868

Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Nihevitra ny handeha hahita anao omaly hisaotra anao, ianao sy Andriamatoa zanakao lahy tamin’ny fitiavana hamalifaly izay nataonao hampitandrina ahy ny amin’io dia ho any amin’ Andriamatoa …, nisy narary roa nanakana ahy ho any aminao.

Tsy nanana raharaha natao aho, toa tsy tena vonona ny amin’ilay zaza ary mino aho fa ho anton’ny fifamaliana izany atsy aoriana kely, dia aleo mangina ary mamela azy hanao izay ataony.

Mianara ny ho faty ary avelao Andriamanitra ity fahafatesana irina loatra ity. Raiso ny hazofijalianao ary manaraha ahy, hoy Jesoa Kristy ; tsy maintsy maty ny voa mba hiterahany.

Enga anie hitsodrano anao Jesoa.

A. Chevrier

303 (285) [13] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. [Moulin-à-Vent 1868]

Ranabavy malala sy zanaka ao amin'ny Tompontsika,

Raha te-hanararaotra ny fotoana izay andalovako ao amin'ny Moulin à Vent hanao ny fitokananao, dia ho afaka ianao ; tsy hisy zavatra sarotra afa tsy ny trano fonenana raha tsy hoe angaha hanaiky ny an-dry Masera ianao izay tsy tena manara-penitra, tongava dia ho afaka hifanaraka ny amin'izany isika.

Misaotra tamin'ny siboara tsara tarehy, tena mety sy tena tsara tarehy izy (saika hiteny aho fa manome zavatra tsara foana ianao, fahasoavana manokana, fa tsy tokony ho lazaiko izany, araka ny fantatrao).

Sambatra aho nahalala fa faly tamin'ny androny maraina Andriamatoa zanakalahinao ; hangataka amin' Andriamanitra ho anao sy ho azy aho, enga anie hanazava anareo ny fahasoavany sy hitarika anareo amin'ny asanareo faran'izay madinika indrindra, angataho ho ahy koa izany.

Ilay Rainao manolo-tena ho anao

A. Chevrier

Hatraty amin'ny tranon'ny St Jean de Dieu ny omnibus ny Vénissieux, hatreo dia mivilia havia ianao dia ho hitanao ny Moulin à Vent.

304 (286) [14] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. [1868]

Averiko aminao ny teny vitsivitsy nosoratanao ho ahy.[8] Raha ampiharinao ireny dia hanao ny zavatra angatahin'i Jesoa aminao ianao, ary izay iriko ho anao koa, sarotra ny toe-zavatra fa tadidinao nefa hoy Md Paoly : Afaka manao ny rehetra aho ao amin'ilay mankahery ahy.

Tsy mitaky mihitsy ny hialanao amin'ny fitarainana rehetra aho, tsy fahotana ny milaza ny alahelony amin'izay manan-io handre izany.

Hanaova ny voadin'ny fankatoavana ianao.

[8] Ny fanahy fisoronana iray tsy miova ho an'ny tena sy ny fitiavana lehibe ho an'ny olona rehetra, ny tsy fikarakarana ny tena noho ny fanimbana tena sy ny fampijaliana tena mba hiantsoana ny fahasoavan'ny fiovam-po sy ny fikirizana ho an'ny fanahy rehetra izay tena ankinin'i Jesoa amintsika, ho ahy Mompera, tokony ho fintinina eo ny zavatra rehetra : mijaly sy mitia, manimba tena amin'ny lafiny iray ary manolo-tena amin'ny lafiny iray hafa, izany ny asa rehetra.

Maty ho an’ny tena mba hametrahana ny fiainan’i Jesoa Kristy.
Enga anie hitsodrano anao Jesoa.

A. Chevrier

305 (287) [15] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. [La Tour du Pin, 8 mey 1868]

Ranabavy malala sy zanaka
Naniry hanoratra ho anao alohan’ny iaingana ary olona maro, izao asa isao no nanakana ahy arabakiteny hanana fotoana hanaovana izany ; tonga any amin’ny La Tour du Pin dimy andro hatramin’ny Sabotsy izay handehanako kely hampiala sasatra ny lohako ; kamolahy sy tia ben y fiadanako aho nefa mila izany kely aho ary mamalifaly ny reniko aho haka andro vitsivitsy ; noho izany tsy ho tonga atý amin’ny Prado ianao, tahizo ny kominionao, hendre tsara ary aza mety ho resin’ny demony, hivavaka ho anao ary hanolo tena ho anao aho.

A. Chevrier
any amin’ny ray aman-dreniny à la Tour du Pin, chemin de Chatanay, Isère

306 (288) [16] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. [1868]

Ry zanaka malala,
Andriamatoa Berne no hanao ny rakitra any amin’ny La Charité.
Amin’ny Alahady ao amin’ny Prado ny Kominio voalohany.
Mivavaha ho an’ireo ankizy mahantra ireo. Hanao ny jobilin’ny St Fons izahay hitoriana teny amin’ny herinandro ho avy.
Betsaka ny ahiahy sy ny fahasosorana anatiny sy ivelany.
Enga anie ho tahian’ Andriamanitra ny zavatra rehetra ary hahay handray ny zavatra rehetra ho toy ny fanorenana ny fahotako aho.
Ilay manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

Raha afaka ho tonga ianao rahampitso antoandro, dia tongava satria ho any St Fons aho amin’ny herinandro ho avy.

307 (289) [17] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. Moulin à Vent, 24 septembre 1868

Ry zanaka malala,
Atý Moulin à Vent hatramin’ny omaly hariva aho ka hatramin’ny Sabotsy.
Tongava na dia lavitra aza ary aza mijanona ao anatin’io alahelo io.
Enga anie hitsodrano anao sy hanome hery anao i Jesoa.

A. Chevrier

308 (290) [18] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. La Tour du Pin, 20 avrily 1869

Ry Zanala malala loatra,

Faly ery aho tamin’ny taratasinao farany izay nampahafantatra ahy ny amin’ny fahsoavana manokana ho anao avy tamin’i Md Joseph. Mino aho fa niteny taminao momba io olomasina tsara fanahy tamin’ny taratsiko farany, ary mangataka io fahatoniana io ho anao aho, dia ilay filaminan-tsaina izay nampihariny tsara tao anatin’ny fotoan-tsarotra teo amin’ny fiainany, azonao atao ny manahaka azy na koa hanana izany fahasoavana izany hanoma anao io olomasina tsara tokony tahafina io.

Mahereza ary, mahareta amin’ny zavatra rehetra, ekeo avokoa izay rehetra miseho tahaka ny avy amin’Andriamanitra Ray manodina ny zavatra rehetra izay manorisory sy manahirana antsika ho amin’ny fahalavorariana, satria nahodin’i Jesoa ho tsara ho antsikany zava-dratsy ; aoka isika koa hahay hanodina ny zava-dratsy teo amin’ny zavaboaharyna izay ratsy inoantsika ho hita ao amin’ny fahalavorariantsika.

Mamaly ny taratasinao voalohany aho, tao ho ao raikitra tamin’ny zava-miafin’ny Tompontsika aho ary teo am-panahafana Azy, dia nahita fampianarana tsara

hoampiharintsika rehetra aho.

1° Voadin’ny fankatiavana mandra-pahafaty ary hatramin’ny fahafatesan’ny hazofijliana, ny tiako holazaina dia hoe ny Tompontsika dia nampihatra izany, noho izany tokony hikendry ny hanahaka Azy isika, indrindra ny hampihatra izany hatramin’ny eo amin’ny zavatra madinika eo amin’ny fiainana izay avy amin’Andriamanitra na avy amin’ny zavaboahary hafa, ary manavao izany ara-potoana eo amin’ny mpampikôfesy azy.

2° Ny fahasorenana tsapanao rehefa mandeha any amin-dry Masera tsy fahalavorariana ihany fa tsy ho fahotana. Mangataha ny fahasoavana handresy anao.

3° Rehefa mangataka zavatra avy aminao aho, aza manome valinteny, io fombanao izay milaza zavatra io foana dia tena mbola lavitra ny fankatoavana.

4° Tonga indray mandeha any amin’ny Prado isan-kerinandro dia ampy aloha izao.

5° Ny fahatsorana dia mifototra amin’ny tsy hisaintsaina ny ao anatin’ny fony sy ny ao anatin’ny fanahiny ny amin’izay zavatra miseho eo amintsika na izay hitantsika ; anontanio an’I Md Joseph izany, sarotra ho an’ny fanahy sasany ny mahazo izany.

6° Raha nasiaka ianao, mangataha fibebahana, eny.

7° Mba ho tsara fahafatesana, ny fanekena izay tonga eo amintsika dia efa zava-dehibe, Andriamanitra no miandraikitra isan’andro hanome antsika ny fomba rehetra iatrehana izany ka tokony hahita izany eo amin’ny toetranao ny toe-panahinao sy ny toe-ponao.

8° Tena tsy fahalavorariana ny tsy fitenenana rehefa tojo zava-tsarotra sy sorena, midongy izany ; ny fidongiana dia zanakavavin’ny fiavonavonana sy ny mbola fihobiana ny fiainantsika.

9° Ny tebiteby tsapanao taorianan’nyfikônfesenao dia avy amin’ny tsy fahavitanao izay nirinao ; mifalia amin’izay sombintsombiny azo ianao rehefa tsy nahazo betsaka ary aza avela noho ny amin’izany ny kômonio.

10° Ny famelana tanteraka ny rehatra eo an-tanan’Andriamanitra dia fohetsika lafatra, tsy maintsy tokony ho ny fitiavana madio sy marina no mampanao antsika izany malefaka lalandava eo imason’izao tontolo izao ary ny fiainan’I Jesoa Kristy anie ho ao aminao amin’ny fotoana rehetra amin’ny alalan’ny kômonio masina raisinao isan’andro.

Aoka isika hivavaka ho an’ny Fiangonana masina, ny Pretran’ny Tompo, mba hanantsika ny fanahy araka ny maha olona antsika, tsy tokony ho hita eo amintsika afa-tsy anjely ; indrisy diso loatra ny fiheveran’izao : niaraka tamina Pretra maro aho, nankasitrahina ireo izay nanamboatra fiangonana tsara tarehy, presbitera tsara endrika. Olo-

mahantra ! Tsy mankaleo ve ny mahita ny hadalana amin’ny fanamboarana, ny manorina fiangonana, trano ; izany no andaniana andro ary dia mipetra-drery ilay Mpampianatra tsara, tsy mieritreritra azy intsony ; mandany fotoana hitady vola, mihazakazaka eran’izao tontolo izao dia rava ny fiorenana ara-panahy. Eh ! Iza no hanandratra ny fanorenana ara-panahy an’ilay Andriamanitra tsara ? Iza no hanefy ireny vato ireny ? Iza ary no hiaro azy ireny amin’ny fanamontsanana azy ? Iza no hanarina azy amin’ny fanimban’ny taona sy ireo kapoky ny fahavalony ? Izay no asantsika.

Mivavaha amin’Andriamanitra ho antsika rehetra ry zanaka malalan’Andriamanitra, ary angataho lalandava izy mba hahazoako manofana pretra tsara vitsivitsy araka ny sitraky ny fony.

Efa mihatsaratsara izao aho hatramin’ny roa andro fa tsy afaka mivoaka amin’ny hatsiaka aho ka tsy ho farim-peo. Amin’ity herinandro ity, handray olona betsaka aho : Andriamatoa Berne, Joseph mirahalahy efa tonga, ary angamba Masera iray na roa ka izay no tsy asaiko hahatongavano amin’ity herinandro ity fa amin’ny alatsinainy amin’ny herinandro ho avy. Tsy afaka mampanao laretirety anareo aho satria tsy manana fahefana amin’izanyfa famangiana vetivety fotsiny ihany.

Ho an’Andriamanitra, ho tahin’i Jesoa ianao, ianao sy ny fiankavianao.

A. Chevrier

Azafady mandraisa solomaso rehefa hamaky ny taratasiko, mandeha malaky loatra ny tanako.

309 (291) [19] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J La Tour du Pin, 3 Mey 1869

Ry zanaka malala indrindra,

Tsy mbola nisaotra anao tamin'ny fitsidihana nataonao sy ny vadinao taty aminay aho. Tena nanao izay nahafaly ahy tokoa ianareo, miala tsiny aho fa tara loatra aho vao nanoratra ary raiso ny fankasitrahako anao ; nirahin'ny reniko sy Andriamatoa Le Curé aho andro vitsivitsy asa izay, mba haneho aminao ny arahaba feno fanajana avy amin'izy ireo. Aoka ianao tsy hino fa hoe niteraka alahelo ho ahy ny taratasinao ; tsia mifanohitra amin'izany, nahafaly ahy ny fahatsoranao, misy zavatsoa mandrakariva ao anatin'ireny taratasy ireny ;

fantatrao tsara fa na dia eo amin'ny tany faran'izay ratsydia azontsika atao ny mioty voninkazo. Koa arak'izany àry, aza miasa saina ianao amin'izay zavatra rehetra azonao ambara ahy, fa horaisiko ho toy ny avy amina-fanahy tsara iray, izay maniry an'i hahita an'i Jesoa deraina sy tian'ny zavaboahary ireny.

Eny, manome alalana anao aho ny amin'ny fanaovana kôminiô masina isan'andro ary mandritra ny volana Mey.

Sy hividy ireo akanjo ho anao anankiroa aho.

Raha ny amin'ny faharisarisako indray, dia angamba Andriamanitra no nanao izany, efa hatry ny ela mantsy no nangatahako taminy ny mba hampisiany aretina vitsivitsy izay manery ahy hihataka amin'izao tontolo izao, ka hiasa amim-pahamalinana ny asan'Andriamanitra, raha Andriamanitra tokoa no namaly ny faniriako arak'izay nanantenako azy, dia tokony ho hitako ao anatin'izany faharisarisana misy eo amiko izany ny sitrapon'i Jesoa izay mampihataka ahy mba ho an'ny trano, ho an'ireo ankiziko ; kanefa dia mahatsiaro tena ho tsy mahavita na inona na inona aho, tena mahantra, tena bitika ka tena menatra ; ary raha tsy fantatro fa ao anaty Evanjely masina sy ny Vaovao Mahafalin'i Md Paoly no ahitako ny zava-drehetra, dia tsy ho sahy nanomboka ny asa aho satria tena tsy mahalala na inona na inona ; efa mba namaky kely an'izy ireo ihany aho, tsy fantatro izay mpanoratra namahavaha ny amin'ireo fandaniana lehibe mikasika ny fiainana ara-pinoana, fanoloran-tena, tsy ho azonareo atao ny misaintsaina sy maneho hevitra ny amin'ny tsy fahalalako sy izay rehetra mety mikasika sy momba ahy ; fa miaraka amin'ny Evanjely masina kosa dia hitako fa matanjaka be aho, ary afaka manantena satria, tsy izaho no velona fa i Jesoa Kristy no velona ato amiko, ary rehefa miaraka aminy dia tsy ho voafitaka mihitsy isika, satria manana fahefana, matanjaka be ary tsy manan-javatra ho lazaina amintsika ny olona. Koa aminy aho no miankina ary izy no ametrahako fanantenana. Koa mivavaha tsara àry, mba ahafahako mampiasa ireo fotoana rehetra izay homen'Andriamanitra ka hanatontosako tsara ny asany. Toy izany no fahafantarako ny zava-misy satria mangataka matetika tamin'Andriamanitra aho ny mba hanereny ahy hiasa ho azy amin'ny alalan'ny fanalavitana ahy amin'ireo fahasahiranana maro samihafa, izay tsy mitondra ahy eny amin'ny tanjona izay efa novinavinaiko.

Ary ny amin'ny raharahan'ny zanakao lahy, nanao ahoana ihany ny niafarany, aiza ho aiza izao ? Tena nivavaka ho azy tokoa arak'izay efa nangatahinao tamiko aho tamin'ny Sabotsy teo. Tsy maintsy manaiky ny sitrapon'Andriamanitra isika eo amin'ny zava-drehetra,

haneho ny famonjeny amin'ny toerana maro izy ary hankalaza an'i Jesoa ; ho tanteraka eo amin'ny zavaboahary rehetra, eo amin'ny kely toy ny amin'ny lehibe anie ny sitrapon'Andriamanitra ary aoka isika tsy ho kivy raha toa ka hitantsika fa tsy tanteraka ny faniriantsika ; tsia, tsy manameloka ireo Eglizy maro be kanefa Eglizy iray ihany ho an'Andriamanitra nefa tsy tiako ireo fotoana verivery fotsiny ho an'ny fanahy ary amin'ny ankapobeny, rehefa variana mikarakara ireo vato maro amin'ny fanorenana ny Eglizy isika dia manadino ny Tempoly ara-panahy izay tena mahafaly an'Andriamanitra. Mahita aho olona masina maro manangana Eglizy nefa ao amin'ny asa ataon'izy ireo dia miasa ho an'Andriamanitra koa izy ary satria tsy maintsy atao izay ahatongavana ho olona masina, dia tena hain'izy ireo tokoa ny manao izany, hain'ireo olona masina ireo ny manodina ny zavatry ny tany ho amin'ny voninahitr'Andriamanitra. Mangataka amin'Andriamanitra aho mba ho tonga olona masina ianao, zanakao, vadinao...

Mivavaha koa ianareo mba hiantran'Andriamanitra amin'ny fahoriako, ka mba havoakany ao anaty fakon'ny fahotana aho, ka homeny ny fahazavany, ny fahasoavany mba hiainako ny fiainany ka hanomezako betsaka amin'izany fiainana izany an'ireo manodidina ahy ary manan-trosa amiko koa amin'izany fiainana ara-panahy izany, izay anambarana an'i Jesoa Kristy : Izaho no fiainana, omeko an'izao tontolo izao ny fiainana ; tsy maintsy manome io fiainana io ny pretra, kanefa indrisy fa mahatsiaro tena fa maty aho, ary tsy dia manaparitaka loatra an'io fiainana io ; tsapako anefa fa tena mila vavaka sy fandinihana an'Andriamanitra aho ary tsy misy afa-tsy ao no ahitako ny fahazavana sy ilay fiainana izay tena ilaintsika tokoa.

Mivavaka ho anareo ao amin'Andriamanitra aho. Raha mba manana fotoana kely holaniana ianao sy ny zanakao dia tongava, efa hitanareo izao ny lalana, ho fialan-tsasatra kely ho anareo angamba ny fanaovana izany. Raha ny amin'ireny fety ireny, dia tsy misy tokony hiasanareo loha. Arahaba feno fitiavana sy fanajana tanteraka ho an'Andriamatoa vadinao sy ho an'ny zanakao lahy, izay tena tiako tokoa, eny fa na dia tsy hitako aza.

Ilay Ray mikely aina ho anao, izay mitso-drano anao.

A. Chevrier

310 (292) [20] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. La Tour du Pin, 13 mey 1869

Ry zanako malala,

Dia efa andro maro izay no teo io lohateny io, eo am-piandrasana ny sisa, dia iny ary aho.

Efa mihatsara aho izao hatramin'ny valo andro izay, hody amin'ny zoma hariva aho, dia ho afaka hanomboka ny ampahan'ny asako farafaharatsiny.

Tena te-hamita ny asako madinidika aho izay tena ilain'io tontolo keliko io, tsy ny fitsipika ao amin'ny trano io asa kely ataoko io fa ny fottry ny fampianarana izay tokony hapetratsika hampianarana ny ankizy ary hanomezana azy ny fitiavam-bavaka.

Ny "Rosaire", ny hazofijaliana, ny lamesa masina, ireo no vato telo fototra amin'ny fampianarantsika tsirairay, avy amin'ireo no tokony iavian'ny finoana sy ny fitiavam-bavaka izay tokony omentsika ny hafa ; tiako raha ireo rehetra miaraka amiko hanana ny dika mitovy amin'io asa io ary hamaky andalany vitsivitsy isan'andro mba hamakafaka aza ary hisintona ireo harena rehetra izay mirakitra ao ; minoa ahy ianao fa tsy misy tsara, mahery, manan-karena toa izany teny sy asan'ny Tompontsika izany. hoy ny Tompontsika :"Fiainako sy fanahy ny teniko ary izany tokoa no fahamarinana.

Mba hampianarana ny olona rehetra hahita ny marina sy ny fiainana ao anatin'ireny mistery ireny, dia isan'andro alohan'ny sapile sy ny lalan'ny hazofijaliana dia hanazva an'ireo amin'ny ankizy sy ny olon-dehibe zavatra iray aho ; amin'izay afaka hampianatra azy ireo aho ary hampianatra azy ireo koa hampianatra ny hafa ; tahaka izany no fahazoako ny fampianarana izay tokony omena ny olona rehetra ary tokony handray ho an'ny hafa koa izy ireo. Izay no asa voalohany nampahafantarin'ny Tompo ahyfa tokony hanao zavatra ho an'ny voninahiny sy ny ilana ny fanahy aho, mbola manana asa betsaka atao aho, manantena aho fa ilay Andriamanitra tsara hanome fotoana ahy, ary hampita kely amiko ny fanahiny satria tena mila izany aho.

Aza atao kitoatoa ny kômomionao isaka ny …, tsy tokony hijanona hihinana ny fanafodiny ny marary iray ary izay tia, tsy tokony hijanona koa hampiseho ny fitiavany.

Marina izay nolazainao ahy momba ny fankatoavana, nefa ahoana no ampiarahana ny adidinao amin'ny mahavady sy mahareny amin'ity fahalavorarian'ny Evanjely ? Mino aho eto amin'izao tontolo izao, tsy afaka hanana fahalavorariana ivelany izay mety hisy ao amin'ny fiaraha-monina ny olona nefa raha tsy afaka hampihatra ilay fahalavorariana ivelany izy, mety ho tonga amin'ny fahalavorariana anaty amin'ny tsy fironan'ny fanahy amin'ireny

zavatra rehetra ireny ; tena sarotra satria eo ny fahantrana eo ambany maso miaraka amin'ny tsy fahampiana ara-bola sy ny fihafiana, mora foana ny manahaka ny Tompontsika, manoroka ireny rindrina matevina ireny sy ireny lalam-bato misy lavadavaka ireny izay mampiseho amintsika ny tranon'ombin'I Betlehema, any mantsy, tsy misy tiana afa-tsy i Jesoa satria tsy misy afa-tsy Izy no iantefan'ny fijerintsika, ary tsy misy na inona na inona afaka mahavariana azy. Eny ho aho, mahatahotra loatra ny fahantrana ary arakaraka ny mampitovy ny trano iray amin'ny tranon'omby no mahatsara ny mipetraka ao, mampitia ny zavatra rehetra ny fitiavana. Indrisy raha fantatry ny olombelona io harena sarobiby io, tsy hisahirana akory izy hampiasa fanaka hipetraka ao amin'ny trano sy hilamindamina, mandalo daholo anefa ireny rehetra ireny.

Ny fiainana mihoatra ny herin'olombelona dia tsy hita afa-tsy ao amin'ny fahalalana an'i Jesoa, ny fianarana ny Teniny sy ny asa ataony, Teny iray an'i Jesoa dia manandratra ny fanahy, asa iray ataon'ny Tompo dia mahavita mihoatra noho ny sisa ; hangataka aminy aho mba hanomezany anareo ny fanahiny amin'ity fetin'ny Pantekôty ity mba hahalalanareo azy tsara.

Mivavaka ho an'ny zanaka malalanao aho mba handray ny fahafahana masina ho an'ny fo sy ny saina, izay tena tombontsoa manokan'ny ny zanak'Andriamanitra.

Hotahian'i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

311 (293) [21] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J. [Prado, 12 jiona 1869]

Ranabavy malala ao amin'ny Tompo

Ilay kahie nomeko anao dia tohin'ilay voalohany satria mitahiry ny ampahany amin'ny misterin'ny Rosaire izy iny afa-tsy ny Flagellation izay voalaza fohy loatra ao anatin' ny Evanjely omeko anao aoriana hoadikanao amin'ny manaraka ho tahaka ny *fanampiny*.

Homeko amin'ny manaraka ny zava-miafina manan-daza.

Raha azonao atao ny mandika malakilaky ny kahien'ny lalan'ny hazofijaliana, dia tena mankasitraka anao aho satria ilaiko amin'ny fampianarana katesizy io.

Aza aseho ny famonjeny na ajanona fanahy iniana eo ambanin'ny fitarihan'ny olona

izay tsy hitarika anao any an-danitra.

Tsy maintsy raisina ny hazofijaliany ary manaraka an'I Jesoa Kristy, na inona na inona hazofijaliana omeny antsika dia ilaintsika mandrakariva izany.

Ny Fanahy Masina anie hanome anao ny fahasoavany sy ny fitiavany.

Ny mpanomponao mahatoky ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

1° Fotsy loatra ny ranomaintinao.

2° Tsy lehibe tsara ny soratrao.

3° Adinonao ny fitanisana fohy ny zava-miafina izay any amin'ny faran'ny isaka ny mistery.

Ny sisa dia mandeha tsara.

Misaotra. Ilay mpanomponao ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

312 (294) [22] Ho an'i Ramatoa Franchet

J.M.J. Chalamont, 13 juin 1869

Ry zanako malala

Misy zavatra tsara ao anatin'ireo taratasinao ireo ary izay rehetra lazainao ahy dia manaporofo amiko ny fahafalianao aminay sy ny asa soa ataonay, fa ny fanatanterahana azy no sarotra, ary tsy maintsy mila fahsoavana lehibe avy amin'Andriamanitra raha hanatanteraka sy hahalala ny sitrapony masina, mivavaha ary ho ahy mba hanaovako manontolo ny sitrapon'Ilay Mpampianatra, amin'izany rehetra izany dia tsy maintsy hanana fiainana lehibe, ary hanome izany fiainana izany, hanaparitaka azy amin'ny manodidina ny tena, tsy manana azy ary manana azy be dia be, ary ao amin'ny vavaka sy ao amin'ny vavaka am-po ihany no ahazoana izany, tahaka ny inon izany fiombonana am-po amin'ny Tompontsika, tahaka ny ahoana ny fahasoavana avy amin'ny Fanahy Masinamba hahazoana mihetsika, ary dia mahatsapa tena ho malemy aho, tena mahantra ary marina fa tsy sahy manao na inona na inona aho indraindray.

Tokony ho tena hendry koa ianao, ho tena mafy eo anoloan'ny fakam-panahin'ny satana ka hanohitra amin'ny fanafihana lehibe izay ataony anao indraindray ; tena nety ny nataonao mikônfesy mba ty hanaovanao kitoatoa ny kômonio.

Mieritreritra ny hody aho amin’ny fety alakamisy, miankina amin’ny fivavahanareo aho ary tsy manadino anareo.

Ho anareo rehetra ao amin’Ilay Tompontsika.

A. Chevrier

313 (295) [23] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. [Prado, 8 jolay 1869]

Ry zanako malala

Niandry anao tamin’ity maraina ity… tena tsy afaka tonga ianao. Raha avelanao aho dia handeha rahampitso, aorian’ny rakitry ny Charité, mba hahalala ny vaovaonao ary hangataka sombi-mofo kely aminao.

Enga anie ilay fanahin’ny hery sy ny fahendrena hihazona anao, hanazava anao.

Rahampitso amin’ny lamesa, hivavaka amin’ny Anjelinao tsara aho mba hitarihany sy tsy handaozany anao.

Ilay tena mahafoy tena ho anao.

A. Chevrier

314 (296) [24] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. [1869]

Ry zanako malala

Ho any Chalamont hiaraka amin’Andriamatoa Boulachon aho rahampitso.

Ny fanomezana nataonao tamiko dia tena nampihetsi-po ahy ary tsy holaviko raha ilaiko izany any aoriana any ; nefa dia amin’izay tena ilana azy satria, araka ny hevitra, tsy fanafody ny rano raha tsy amin’ny zavatra lehibe eto amin’izao tontolo izao.

Manoro hevitra anao aho mba handeha hikônfesy mba tsy hijanona handray kômonio, mila ny Eôkaristia masina ianao, fiainanao izany ary raha tsy misy io famonjena io dia tsy afaka manao na inona na inona ianao, lazao ahy fa mandray Kômonio Masina ianao ary hahafaly ahy izany.

Miankina amin’ny vavakao aho ary tsy manadino anao.
Ilay mahafoy tena ho anao amin’i Jesoa Kristy Tompo.

A. Chevrier
Aty Chalamont, ao amin’Andriamatoa Boulachon, Ain

315 (297) [25] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J. [29 jolay 1869]

Ranabavy malala
Niandry anao mihitsy aho tamin’ity herinandro ity tsy ho afaka hijery anao aho rahampitso satria handeha hitanty rakitra Andriamatoa Berne. Raha mamela anao hanao kômonio ny fahasalamanao dia aza manao kitoatoa fa manolora tena ho an’ny Tompontsika mba hanarenana ny fifamonoana rehetra eto amin’izao tontolo izaosy hangataka ny fahasoavana rehetra izay ilaintsika.
Amin’ny sabotsy maraina amin’ny 7 ora hanamasina pretra ny Frera Joseph ao amin’ny Sapelan’ny Prado i Monseigneur Dubuis ary hanao ny lamesany voalohany izy amin’ny alahady amin’ny 9 ora. Raha afaka manatrika ny iray amin’ireo fety ireo ianao dia hahafaly anay izany, dia handray anjara amin’ny fitahiana izay mahazatra amin’ireny fotoana ireny dia tena mirotsaka be dia be amin’izay mandray azy any ho any.
Nanoratra taratasy kely ho an’Andriamatoa zanakao aho nilaza sy niangavy azy hanatrika.
Mivavaha ho anay, tsy manadino anao aho. Enga anie hitso-drano anao Jesoa ary hanome anao faharetana sy fitiavana.

A. Chevrier

316 (298) [26] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. [Prado, 6 agositra 1869]

Ry zanako malala
Afaka ho tonga ianao rahampitso antoandro hanomboka ny fitokananao, antsoy ny Fanahy Masina mba ho feno fahafenoana ireo andro ireo.
Ilay mahafoy tena ho anao.

A. Chevrier

317 (299) [27] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. [16 agositra 1869]

Ry zanako malala,

Manao ady aminao ny Satana, tokony hanohitra azy ianao ary hahalala ny fandrika velariny.

Afaka manamarina aho fa tsy misy na iza na iza te hanome alahelo anao ary vao mainka moa izaho ; tsy afaka nikônfesy aho tao ho ao noho ny hatsiaka nahazo ahy tamin’izahay nandeha tany Fourvière niaraka tamin’ny ankiziko. Ataoko fa ho afaka handray ny asa keliko aho rahampitso ary handre ny kônfesinao.

Hitahy anao sy ny fianakavianao anie Jesoa.

A. Chevrier

318 (300) [27] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J Prado, 14 Septambra 1869

Ry Masera malalako,

Voavakiko ny taratasinao, tsy misy mihitsy tao, zavatra tsy mahafaly ahy, milaza ny marina ianao ary misaotra anao aho ny amin' ireo rehetra nambaranao, izay araka ny fanahy avokoa, koa manome toky anao aho mba hanao araka izay azoko atao, mba hifanaraka amin'io. Aoka kosa anefa ianao fa tsy mora ny manao araka izay rentsika, tsy azontsika atao ny mitarika fanahy maro tonga dia ho amin'ny fihatahana lavorary sy tonga lafatra avy hatrany araka izay efa fahitanao azy koa, matetika isika no voaheloka sy voatsara ao amin'ny zavatra izay tena mampijaly antsika mafy ka mahatonga antsika hizaka izany amin'ny fitiavana an'i Kristy sy hahasoa ny fanahy, mangata-pamelana mafy amin'ireo izay rehetra mety nanaovako zavatra manafintohina aho, ary matetika aho, alohan'ny hanambarana ny lamesa masina no voatery mandohalika eo afovoan'ny fiangonana mba hietry tena sy hangataka famelana amin'ny rehetra izay nataoko ka mety ho nanafintohina sy nahatezitra azy ireo, fantatro tsara fa mahatezitra ny hafa ny zavatra ataoko kanefa akory atao ? Tsy

maintsy ho ratsy fanahy sy miseho ho masiaka va manoloana izay tarihin'Andriamanitra mba hahafaly fanahy vitsy izay mety saro-piaro sy manakon-lazaina mandrakariva ho an'ny an'ny hafa.

Tena sarotra tokoa ny ho malina tsy hitsara sy handefa eritreritra, aoka ianao hino fa fantatro tsara ny amin'io, ary asa izay tsy nampafantarin'Andriamanitra ahy, kanefa amin'ny alalan'ny fironana mandrakariva any amin'ny halemem-panahy sy hatsaram-po dia hiezaka aho ny hisarika azy ireo amin'io fomba io, koa amin'izany mamelà ahy ianao ary mivavaha amin'ilay Tompo tsara mba hamelàny ahy ireo heloka maro be.

Tena faly be tokoa aho amin'ny fahitana fanahy iray be fiantrana izay mahatakatra ny zava-misy ary manambara amiko izay tian'i Jesoa.

Misaotra ary dia hitahy anao sy ny rehetra ao an-tranonao anie i Jesoa.

A. Chevrier

319 (301) [29] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. Prado, 26 avrily 1870

Ry zanako malala,

Afaka ho tonga any St Fons ianao rahampitso alarobia amin’ny roa ka hatramin’ny telo ora. Mivavaha ho ahy sy ho an’ny mponina ao St Fons ary ho an’i Genon mahantrantsika izay hohaterina any am-pasana afaka fotoana vitsy.

Ilay mahafoy tena ho anao

A. Chevrier

320 (302) [30] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. St Fons, jeudi 19 mey 1870

Ry zanako malala,

Vao izao antoandron’ny alakamisy izao no voaraiko ny taratasinao tamin’ny 16, nentin’Andriamatoa Suchet any St Fons izay nitokanako hatramin’ny alatsinainy.

Tena mahazo ahy ny tahotra ato amin’ity tranon’ny Prado ity, feno olona, feno fizarazaram-pihetseham-po, feno fifanoherana…

Mandositra aho ary mangataka amin'Andriamanitra ny hazavana sy ny hery hanohizana ny asa soan'Andriamanitra, na koa hanomboka azy amin'ny fomba tena ilain'ny voninahitr'Andriamanitra sy ny famonjena ny mpianakavy.

Raha afaka ho tonga hatrany St Fons ianao, mandraisa fiara dia tongava mikônfesy.

Azo antoka fa tena hijanona any hatramin'ny andro Fiakarana aho ; mila an'Ilay Andriamanitra tsara ianao ; ry zanako mahantra, tongava, na raha tena tsy ho afaka mihitsy ianao dia mandehana mitady Mômpera iray na iza na iza hamela ny fahotanao dia ho afaka miverina mandray Kômonio ianao.

Mivavaha ho an'ilay sesitany mahantran'i St Fons.

A. Chevrier

Lazao ahy ny andro sy ny ora amin'ny alalan'Andriamatoa Suchet, ho any amin'ny Eglizy aho.

321 (303) [31] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. Lyon, 14 aogositra 1870

Ry zanako malala

Tena manafay an'i Frantsa malantsika Andriamanitra ary asainy manonitra ny faniratsirany sy ny filibany. Tsy misy fianakaviana izay tsy mitomany, ary ho tonga hatrany aminareo ve ny fahamarinan'Andriamanitra ? tsia kosa, ary manantena izany aho, ary dia hivavaka tsara amin'Andriamanitra ny amin'izany aho. Tsy nahazo ny kapoka mahafaty Isaka na dia voatendry ny ho amin'izany aza. Aoka hanantena an'Andriamanitra isika, ary indrindra aoka tsy hanary ny fahamendrehan'ny fanoloran-tena izay angatahin'Andriamanitra amintsika isika. Aoka hahay halala-po isika dia ho toy izany koa Andriamanitra amintsika.

Mba lazao an'ny zanakao lahy malalanao ny fanehoam-pitiavako sy ny vavaka ho azy, ary minoa anareo fa tsy manadino anareo aho eo akaikin'ny Tompontsika ao anatin'ny fanoloran-tena masina.

A. Chevrier

Amin'ny sabotsy hariva. Raha vao misy fotoana malalaka dia hijery anao aho.

322 (304) [32] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J. 19 avrily 1871

Ramatoa sy anabavy malala ao amin’ny Tompo,

Voarainay ny lamba izay nalefanao tamim-pahatsoram-po ho an’ny ankizivavikelinay, tena mahafinaritra ny rehetra ny safidy sy ny hatsarany ary tena isaoranay feno ianao, indrindra moa izaho manokana.

Tsy hisy ny kômonio voalohany aty aminay raha tsy afaka iray volana, amin’ny andro Fiakarana, iangaviako ianao hanao vavaka kely ho an’ny ankizintsika, mba ho andro tsara ho an’ny rehetra io andro io, ho azy ireo sy ho antsika.

Tsy hanadino anareo koa izahay ao anaty vavakay, ary koa ho an’ny zanakalahy malalanao sy ny vadinao.

Marina fa miova ny zavatra rehetra tao anatin’ny fotoana vitsivitsy izay. Mihevitra aho fa ny andraikitra roa miova hatramin’ny iray na roa taona izao, tsy mpikônfesy intsony ianao ary izaho tsy mpampikônfesinao intsony. Manana fanomezan-tsiny sy fiampangana ahy lalandava inao, na dia ny trano ikônfesena, tsy dia mifanentana loatra, inoako izany ; voasivana daholo nyasako, ary adika vilana ny fikasako, noho izany dia azo antoka fa ity fomba ity dia sady tsy maharitra no tsy mahafaly an’Andriamanitra ; raha ny amiko dia efa very ny fahefakoary tsy hitako intsony izay holazaina anao satria manampo fiverenan-dalana foana aho, hoatra ny mahatsapa hoe mikatona ny vavako, dia izay rehetra fitantanana nanjary tsy azo atao.

Mino aho fa ny mpikôfesy iray dia dia tokony hampikônfesy sy mpampikônfesy, ary ny mpikônfesy dia tokony hampiseho fankatoavana sy fanetren-tena, tokony holanjalanjainao ny fiandrandran’ny fanahinao ary hanindry ny fisainanao ao amin’ny fetran’ny fahaiza-mandanjalanja mba hahazoana mizotra amin’ny lalana tsara ; mivavaha ary ary antsoy ny Fanahy Masina mba hanazavany anao amin’ny fahavazany ary hanomezana anao ny fitiavan’ny fanahy tahak’izay ananao ny fitiavana ao am-po.

Hotahin’i Jesoa anie ianao ary hofenoiny fahasoavana sy fahazavana anie ianao.

Misy fihetseham-po lalina sy fankasitrahana ato amiko, ilay manolotra ho anao ao amin’ny Tompo.

A. Chevrier

323 (304) [33] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, any Evian-Les-Bains, Hôtel de France

J.M.J. 14 jolay 1872

Ry zanako malala,

Ny taratasinao voalohany dia nilazako tamiko fa efa salamalama ny zanakao tianao, ary mahatonga anao hanantena ny fiverenan’ny fahasalamana ; minoa ianao fa nisaorako an’Andramanitra izany ary isan’andro dia nieritreritra tany aminao aho sy nivavaka ho anao (ianareo mianaka) ary hahita amim-pifaliana ny fiverenanao, araka ny noteneninao, ireny toerana filomana ireny dia tsy fialan-tsasatry ny pretra, ary tsy hanakaiky toe-javatra toy izany aho raha tsy amin’ny ambavahoana ; salama tsara aho, efa mandray ny asako isan-karazany aho, fa-tsy ny sandriko havanana izay tsy nohetsehiko nandritra ny efatra andro, noho ny fanaintainana mafy tao amin’ny soroka ; sitrana koa izy izao, izay no antony tsy nahafahako nanaraka avy hatrany.

Miangavy anao aho hivavaka amin’Andriamanitra mba handefasany amintsika ny fanahy mba hahavitantsika ny sitrapo masin’Andriamanitra amin’ny zavatra rehetra ; aza kivy eo anatrehan’ny lalan-tsarotra ho amin’ny fahalavorariana, tanteraka izay ary mahay manaiky ny zavatra rehetra ary mahita ny sitapon’Andriamanitra ao amin’ny zavatra rehetra na ao amin’ny fanonerana ny fahotantsika na ny fandrosoana ara-panahy ao amintsika.

Teo am-panaovana ny lalan’ny hazofijaliana tamin’ny alahady dia niteny tamin’ny fijanonana faha 11 aho fa nahita ny sitrapo masin’Andriamanitra i Jesoa tao amin’ireo lozabe mpanapa-doha izay nanenjika sy namantsika azy ary dia nankato an’ireo lehilahy lozabe izy tahaka ny nankatoavany ny Rainy raha nibaiko azy teo imasoimaso izy ; raha marina teo amin’i Jesoa Kristy izany, nahoana no tsy ho marina ho antsika, ary nahoana no tsy nahitantsika tao amin’ny zavatra rehetra ny sitrapon’Andriamanitra izay mamela ny zavatra rehetra ho an’ny fahamasinantsika sy ny famonjenantsika.

Feno tsy fahamarinana sy tsy fahalalana izao tontolo izao. Aoka isika hivavaka mba handefan’ny Rain’ny fianakaviana mpiasa tsara ary ho afaka hitrandraka ny voly izay maina izy ireo satria tsy misy fambolena.

Mivavaha ho ahy sy ny fibebahako.

Ampitao any amin’ny zanaka malalanao ny famangiako feno fanajana sy fitiavana ho azy.

Mivavaka ho azy sy ho anao aho, ary izaho ilay manolo-tena ho anao ao amin’ny Tompo.

A. Chevrier

324 (306) [34] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. Lyon, 14 aogositra 1870

Valiny ho an’ireo olanao.

1° Sarotra ho anao ny hanaiky ny tsy misy, ny fandaozana satria mahazatra anao ny miezaka hahafantatra ny tenanao, mitenena toy ny Apôstôly hoe : Mpanompo tsy mahasoa aho, rehefa avy miasa tsara.

2° Io tebiteby io dia tonga ao aminao amim-pahatanjahan’ny fanahy, ka tsara raha lanjalanjaina tsara fa aza vonoina.

3° Tena mifanaraka amin’ny fahatsorana sy ny fankatoavana ny miresaka izany amin’ny Tale ary manaiky tahaka izany amin’ny fankatoavana.

4° Aza maminavina na inona na inona aloha, ary mahalalà noana sahala amin’i Md Paoly rehefa tsy manana na inona na inona ary mahalalà hanan-karena rehefa manam-be.

5° Tokony hiomana ianao hanao ny fitokananao amim-pankatoavana ary ao anatin’ny filana izany.

6° Tsy maintsy tiavina ireny ao amin’ny Tompo ary ho an’ny Tompo, misy firaiketam-po tena ara-panahy izay tsy maintsy ananana ary hiendahana amin’ny firaiketana… natoraly, fantatra moa fa tsotra izany rehefa mieritreritra matetika an’izy ireo, ary tsy mieritreritra azy ireo loatra, koa dia manao ny asany hamalifaliana azy sy mba hahazoana ny fitiavany ary hahafaly ny tena ihany koa.

7° Tsia, rehefa voadion’ny fitiavan’Andriamanitra io fahafinaretana io ary rehefa miomana tsy hanao na inona na inona izay tsy hahafaly an’Andriamanitra sy mifady ny zavatra rehetra mba hahafaly an’Andriamanitra.

8° Ao anatin’ny fisaintsainana sy ao anatin’ny kômonio dia adinoy ny zavatra rehetra mba hieritreretana an’Andriamanitra, adinoy aza izay mety hitondrana anao ao amin’Andriamanitra.

9° Tena tsara eo amin’Andriamanitra.

10° Eny e, nofinofy izany satria raha manao izany dia tsy manao afa-tsy ny sitrapon’ny tena ary dia mandeha irery ; tsy maintsy folahina ny eritreritra, ny faniriana, dia ao amin’ny sitrapon’izay mitarika antsika.

11° Tsy manao fandinihan-tena manokana amin’ny fotoana tsy miova isan’andro ary manery ny tenanao amin’ny asa fibebahana tamin’ireo hadisoana na mangataka izany.

12° Nofonofy, ny amin’izany dia aza mihevitra amin’izany fahafinaretana izany, aleo aza manadino.

13° Aleo aza milaza ny fampijalian-tena ataonao toy izay manafina azy, rehefa manafina azy ianao dia mampihena fotsiny ny fahamendrehany.

Aza mijanona fotsiny eo amin’ny lalan’ny fitiavan’Andriamanitra, mandrosoa hatrany, manana ny zavatra rehetra hahatongavana ao hatrany amin’ny farany ianao.

A. Chevrier

325 (307) [35] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry zanaka malala

Izay nolazainao tamin’ireny lehilahy ireny dia mifanaraka amin’ny fanahin’ny Tompontsika satria izany no nataony nandritra ny fijaliany. Omen’ny Tompo sotroinao ny kapoakany, aza lavina izany, rehefa misotro indray mitete isika dia hahafaly izy ny mahita olona izay manampy azy hisotra ny azy.

Ireto valin’ireo andalana isan-karazany narosona tamiko :

1° Raha tsy miverina any amin-dry masera ianao dia angamba voatariky ny fihetseham-po mora tezitra sy fitiavan-tena ianao.

2° Ao anatin’ny fitsapana dia tsy maintsy mivavaka sy mangataka. Teo ilay Samaritana nitsabo ilay maratra mahantra.

3° Asa fahafatesana ny tena izany.

4° Eny, fa kosa manao ny zavatra am-pahatsorana nefa fanazaran-tena tsy be loatra.

5° Eny, hanao asa tsara sy mendrika ho anao ianao.

6° Eny, tena mahafinaritra an’Andriamanitra izany.

7° Izany no lalan’ny fahalavorariana.

8° Tahaka ny valiny fahaefatra.

9° Rehefa miasa ho amin’ny fahamasinana ny tena ary raha mitady hankalaza an’Andriamanitra ao anatin’ny fahafatesan’ny tena dia fantaro fa ilaina izay ny olona iray ary dia mahafinaritra an’Andriamanitra ny fiainantsika.

Ho hitantsika sy ho azontsika izany rehetra izany any an-danitra.

Ny rainao.

A. Chevrier

326 (308) [36] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry zanako malala,

Misaotra tamin’ny fanomezanao rehetra, fantatro fa avy tamin’ny fonao tsara ireny. Mino aho fa ilay Andriamanitry ny fitiavana hamaly soa anao tokoa amin’izay rehetra tianao hatao ho an’ity olomahantra tahaka ahy.

Farifarim-peo no mahazo ahy indraindray, tahaka izay mbola mahazo ahy tato ho ato. Nefa dia mila ny feoko aho hitenenako mandritra ny fotoanan’ny karemysy ny mpinkônfesena, nefa dia tena nesorin’Andriamanitra izany satria tsy manao tsara ny asany aho ; hoderaina anie ny anarany ary ho tanteraka anie ny sitrapony.

Hanararaotra ity fotoana ity hianatra kely ny fijalian’ny Tompotsika, tsy ho fotoana very izany, misy zavatra tsara loatra amin’ity fijlian’ny Mpamonjy ity. Ary ianao, manao ahoana ny fahasalamanao ? Efa ela ianao no tsy nandray kômonio. Raha manana hery sy fotoana hahafahana ianao, tongava amin’ny hariva raha vao afaka ianao, amin’ny telo na amin’ny efatra eo, afaka mampikônfesy mangina anao aho, ary dia ho afaka mandray kômonio indray ianao satria ny fotoana dia tokony hitohy ho anao.

Ilay ray manolo-tena amim-panetren-tena ho anao.

A. Chevrier

327 (309) [37] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Azafady, Ranabavy malala, mba ilazao ry Soeurs de la Visitation mba handefa ilay

tovolahy nolazaina aty aminay mba hahazoanay mahita azy sy mieritreritra ny amin’ny fahafahany.

Raha tsara ny andro rahampitso dia ho any Ars izahay (ny olona rehetra ato an-trano), ka noho izany, raha afaka ho tonga ianao, aza mifidy amin’ireo andro roa ireo, satria azo antoka tsy ho ao aho, aleo tonga androany raha afaka ianao.

Ilay manolo-tena ho anao ao amin’ny Tompo.

Hotahiany anie ianao.

A. Chevrier

328 (310) [38] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai St Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry Zanako malala, ny mpampianatra antsika dia nitsapa anao fotoana vitsivitsy lasa izay, fitsapana ny amin'ny lafin'izao tontolo izao, ny amin'ny lafiny fianakaviana, ny amin'ny lafiny tenako rahateo ; tena niteraka alahelo ho ahy tokoa ireo taratasinao farany, ka nanetsika ny fahantran'ny foko ho any aminao, manantena aho anefa fa, miaraka amin'ny famonjen'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy dia handresy ireo fanafihan'ny demony ianao, satria tsy mahita afa-tsy fanafihana mahery vaika ataon'ny fanahy ratsy izay tezitra mahita ny hatsaram-panahy asehonao eo amin'ny fanompoana an'i Jesoa Kristy. Koa manana àry finoana ary minoa fa tsy handao anao Andriamanitra, tohizo tsara ny kôminiônao sy ny ranom-bavakao am-piraisam-po tanteraka ao amin'ny Jesoa Kristy na dia mifanohitra amin'ny fiantsian'ity sy ny momba azy aza, mahereza, mikiriza fo, efa nivavaka ho anao ary mbola hanohy hivavaka ho anao aho.

Handeha hitsena ny reniko any La Tour du Pin aho androany hariva, koa tsy ho eto aho rahampitso ; koa mba tsy hampiverenana anao indroa dia tongava sabotsy maraina.

Ilay nanokan-tena ho anao ao amin'i Jesoa Kristy, izy anie hitahy anao.

A. Chevrier

329 (311) [39] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Ry zanaka malala,

Tsy mino aho fa ny fahadisoanao tsy dia toetranao tsy hanaovanao kômonio. Manetre tena tokoa ianao ary ekao am-pankatoavana ao am-po ny alahelo, ny hasosorana izay miseho eo aminao, ireo rehetra ireo dia tokony hahatonga antsika ho tena lavorary, tao anatin'ny fijaliany anie ny Tompo no tena tsara sy tena tanteraka e ! ; herezo ary, manolora tena ho an'Andriamanitra ianao dia ianao sy ireo rehetra miaraka aminao,

dia hivavaka amin'Andriamanitra mba hitivanao azy bebe kokoa, ary enga anie ho tanteraka aminao sy ireo miaraka aminao ny sitrapony.

Misaotra tamin'ireo taratasy kelinao, amin'ny sabotsy aho vao mamory ireo miaraka amiko ary hilazao ami'izy ireo izay heveriko fa ilain'ny Tompo aminay.

A. Chevrier

330 (312) [40] Ho an'i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Mba lazao amin'Andriamatoa Suchet raha tys afaka ho tonga any amin'ny Prado ianao, ho any amin'ny Charité aho, afaka mankany ianao amin'ny 3 ora, ho any aho dia afaka hikônfesy ianao.

Ilay tena manolo-tena ho anao ao amin'ny Tompo.

A. Chevrier

331 (313) [41] Ho an'i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Ranabavy malala,

Nody tamin'ny telo aho omaly hampikônfesy anao, nefa vao lasa ianao, nalahelo aho tamin'io fifandisoam-potoana io, fantatro fa mila an'I Jesoa ianao, aza kivy ianao, tia anao foana Andriamanitra na dia ao anatin'ny fahamavomavoanao, ao anatin'ny fanoloran-tenantsika no mahafaly an'Andriamanitra.

Ho anao manontolo ao amin'i Jesoa soron'ny fitiavana ny mpanota.

Hotahin'I Jesoa ianao.

A. Chevrier

332 (314) [42] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet

J.M.J.

Tsy miandry anao tamin’ity andro ratsy loatra ity aho. Vizaka kely aho tao anatin’ny andro vitsivitsy.

Tsy afaka mampianatra anao aty amin’ny efitranoko aho, tsy azo atao izany

Tsy mahazo midina aho noho ny fanafody nohaniko aninkeo maraina.

Raha te hikônfesy ianao dia afaka manao izany miaraka amin’Andriamatoa Jaricot amin’ity indray mandeha ity.

Mivavaha ho an’ity mahantranao, tsy manadino anao eo anatrehan’Andriamanitra aho.

A. Chevrier

333 (315) [43] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J. 7 aogositra

Ranabavy malala

Tsy ho any amin’ny La Trappe aho, nisy tratasy niangavy ahy hanemotra ny famangiako, na eo aza izany, ho banga ko ireo andro roa na telo ireo handehanako hisaotra ny mpanao asa soa vitsivitsy eto amin’ny tranontsika. Asa fibebahana ny mandeha nefa ataoko fa ilainao izany.

Hangataka fahendrena sy ny fitiavany amin’Andriamanitra aho, ary efa miomana hanao ny zavatra rehetra hahazoako izany. Mivavaha ho ahy hahazo izany, tsy maintsy manetry tena, afaka tsara, lany fananana tahaka ny mpangataka mahantra iray, rahoviana re aho no ho tena ratsy eo amin’ny masoko sy eo ambany mason’izao tontolo izao mba hanazava ny fahazavan’Andriamanitra ahy sy hitarihany ahy.

Mijaly ianao ry zanako malala, raha mihamadio moa ny fanahy, tsy maninona ! Tsy maintsy mitombo ny fanahy rehefa mihena ny tena.

Raha tsy afaka mandray an’i Jesoa ianao, irio izy ary asaivonao tonga ao anatin’ny fonao izy amin’ny alalan’ny fitiavana mavaivay.

Angataho amin’i Jesoa ny tena fahantrana masina sy marina ary koa fahazavana velona mba hahalalana ny sitrapon’Andriamanitra.

Hitahy anao anie Jesoa, ianao sy ny fianakavaianao mahantra.

A. Chevrier

334 (316) [44] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43

J.M.J.

Mampalahelo ny mamaky ny taratasinao fa tsy tokony ho kivy ianao. Tohizo ny kômonio ao amim-pankatoavana ary tiavo hatrany ilay Mpamonjy antsika tsara.

A. Chevrier

335 (317) [45] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Ry zanako malala

Tratran’ny fanaintainana teo amin’ny lohalika ahoizay nanakana ahy tsy handeha, tsy handeha anao rakitra aho androany, dia noho izany tsy afaka ho faly ny handeha any aminao aho, miala tsiny.

Tohizo hatrany ny fanazaran-tenanao, ny fivavahana, ny kômonio, ny tsy fivadihana amin’ny fahasoavana ary ho amintsika lalandava Andriamanitra.

Ilay manolo-tena tanteraka ho anao.

A. Chevrier

336 (318) [46] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry zanako malala,

Mavesatra loatra ny hazofijaliana ary tena mijaly am-panahy ianao amin’ity ady anaty momba ny fahasoavana sy ity adin’ny natiora mahantra ity ; hisy fahombiazana lehibe ho anao izay ho hitanao tsy ho ela ary hahatonga voninahitra ho anao any an-danitra, raha mijanona mahery foana ianao sy mametraka fitokiana amin’ilay mpampahery antsika.

Hoy ianao raha nanoratra ho ahy : « Te ho faty aho. Eny e ! » Tsy maintsy ho izany ary ho afaka ianao amin’ny alalan’ny fahasoavan’Andriamanitra, ampiasao daholo ny zavatra

rehetra izay miseho aminao mba iasan’ity fahafatesana mihoatra ny voajanahary izay tsara loatra eo amin’Andriamanitra ity ary mahatonga antsika ho sorona manitra.

Mivavaka ho anao aho ary mametraka anao eo amin’i Jesoa, mofo velona sy mandrakizay izay mamono tena ho amin’ny fitiavana ny mpanota sy ho anao isan’andro.

Raiso ny tsodranon’ny Tompontsika.

A. Chevrier

Raha afaka tongava ianao rahampitso mba tsy hijanona ela tsy misy kômonio.

Tsy mandeha hijery anao aho androany.

337 (319) [47] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. 26 aogositra

Ry zanako malala

Rahampitso handeha hijery manao ahoana ianao, amin’ny iray ora tolakandro, raha avelanao aho dia hitatitra amiko ny fitokananao kely ianao.

Hanome anao ny fiadanany, ny fifaliany anie ny Tompontsika, ary hamindra fo amin’ny fanahinao anie izy.

Ilay manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

338 (320) [48] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry zanako malala

Nisintaka kely tao amin’ny trano keliko ao St Fons andro vitsivitsy aho mba hanomezan’ilay Mpampianatra tsara fahazavana sy hery ho ahy ao anatin’ny fivavahana sy fianarana ny soratra masina.

Miangavy ny fivavahanao aho, mivavaka ho anao sy ireo miaraka aminao aho.

A. Chevrier

339 (321) [49] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Averiko aminao ireo andalana vitsivitsy izay nosoratanao ho ahy[9] mba hodinidinihinao matetika, leson’ilay Mpampianatra masina ireo, aza adinoina ireo.

Tsara loatra i Jesoa rehefa mampianatra antsika, endry, marina ny teniny ! izany no izany no tena fahafenoanao, ary mitsiriritra aho ahoana no ampiasan’ilay Mpampianatra tsara ny zavatra rehetra mba hahatafita anao, aza mandany fotoana handehanana any amin’ny sakelidalanaizay ampitazaniny anao : mandehana, mandehana, ilay Mpampianatra tsara dia tsy hanadino anao.

A. Chevrier

[Rehefa nosimban’ny fahoriana ny toetra voajanaharinao, raha ao anatin’ny fanahinao ny fahanginanao, tsy hoe taitra mandalo fotsiny, na ho « tetezamita » fa maharitra sy marim-pototra, tokony hahay hamehy saina ianao ka handalo tsy hamela fahasimbana hita maso ny orana ; ka ny firaisanao amiko anie ho tena akaiky mba hanadinoanao ao ny zavatra rehetra, ka hanekena ny rehetra izay no tsy maintsy tratrarina araka ny nilazany azy tamiko mazava. Azoko tsara izany, tsy tokony hanolo-tena afa-tsy amin’Andriamanitra fa kosa manaiky ny olona rehetra ho voninahitr’Andriamanitra, tsy mamato-tena na mandini-tena…]

340 (322) [50] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry zanako malala

Anjarako rahampitso ny handeha hanao fisintahana kely mba hiofana indray ary hibebaka raha azo atao.

Noho izany, tohio hatrany ny fanazaran-tenano ary indrindra ny kômonionao.

Mangataka ny vavakao aho, ary tsy hanadino anao eo anatrehan’Andriamanitra aho

[9] Amin’ny faran’ity taratasy ity sora mandry ny eritreritry Ramatoa Franchet ary any lavitra be.

mba hitomboan’ny vokatra tsara ao aminao.

Enga anie hitahy anao sy ny zanakao Jesoa.

A. Chevrier

341 (323) [51] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Tokony hivoaka aho amin’ity maraina ity, rahampitso aho ho tonga any.

Mivavaha ho an’ny ankizintsika ao amin’ny kômonio voalohany izay tokony hatao amin’ny alahady ; manantena hazofijaliana 12 aho.

Ho anao manontolo ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

342 (324) [52] Ho an’i Ramatoa Franchet

J.M.J.

Ry zanaka malala

Misaotra tamin’ilay kofehinao tena mety tsara izy.

Mijaly ianao, ry zanako mahantra, ary tsy manana an’i Jesoa hampionona anao ianao. Matoky aho fa ao anatin’ny fahasoavana ianao, koa raha afaka mivoaka ianao ato ho ato, mandehana mandray ny Tompo ary hampianatra ano hijaly anie izy ho amin’ny fitiavany sy ny famonjeny ny mpanota, ary ao anatin’izay aho.

Ny rainareo.

A. Chevrier

343 (325) [53] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J.

Ry zanako malala,

Tsy ho eto ao anatin’ny andro vitsivitsy indray ahoefa manomboka mihatsra aho, ary manantena aho fa ny famonjen’Andriamanitra ahy sy ny rivotra madio any ambanivohitra dia hihatsara malaky aho, faly aho hisintona kely mba hiasa satria tena mila izany tokoa aho.

Mandehana aloha mitady Mômpera iray hafa mandra-piandry ny hiverenako,

amin’izay tsy ataonao kitoatoa ny kômonio.

Manorata kely indray. Nentiko ny taratasinao hamaliako azy. Tongava raha afaka amin’izay mahamety azy.

Mivavaha ho an’ny rainao izay mitso-drano anao.

A. Chevrier

Chez M. le Curé de St Jean de Soudain par la Tour du Pin, Isère

344 (325) [54] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. [Talata hariva]

Ry zanako malala,

Efa aty amin’ny fitokanana aho hatramin’io maraina io, vao namaky ny taratasinao tao anatin’ny Bokim-pivavahako aho.

Ny fanadiovanao ny fanahinao dia ao anatin’ny fanekena ny alahelo sy ny fahamainana sy ny fihafiana izay mihatra aminao ; aza mametra tena hanolotra eo amin’Andriamanitra ihany ny alahelonao, apetraho eo am-pelatanan’i Masina Maria Virjiny koa ny zavatra rehetra, izy no ilay Mpizara ny fahasoavan’Andriamanitra, ary raha manana zavatra izay ilaina ianao, atolory ny Eglizy izany, na ho an’ny pretra, ary angataho amin’Andriamanitra ny fahamasin’ny pretra mba tsy hametraka sakana amin’ny famonjena ny fanahy sy ny fianahan’ny fahasoavanaeo amin’ireo mpivavaka noho ny fahotanay.

Mivavaka ho anao aho ary mangataka mba ho maivamaivana hatrany ny fanahinao mba ho volamena madio mendrika atolotra an’Andriamanitra. Andriamanitra no nametraka anao tao anaty afo mba hanadio anao, mandre tsaratsara kokoa noho isika Izy amin’izany, avelatsika hanao izay tiany izy, ny zavatra rehetra dia ho voninahiny ary aza adinonina ny fahasoavany sy ny toroheviny, tsy hanary anao ireo.

Ivavaho aho mba hampibebahan’Andriamanitra, ary mba hahazo io fanetren-tena sy io fitiavana io ary io hery izay ilaiko io aho mba hanatanterahako ny sitrapony.

Ilay manolo-tena ao amin’ny Tompontsika ho anao.

A. Chevrier

345 (327) [55] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

Tsy ho eo aho amin’ny alarobia fa raha mety ny fahasalamanao dia tongava ianao.

A. Chevrier

346 (328) [56] Ho an’i Ramatoa Franchet

Ramatoa Franchet, Quai Saint Vincent 43, Lyon

J.M.J. 21 jiona

Ry zanako malala,

Misaotra tamin’ireo taratasy kelinao nankiroa. tsy nitohy ny fnaintainako, nangatsiaka fotsiny aho tao amin’ny lohalika y ny ranjoko.

Mba omeo kilaoty roa aho azafady ary ho afaka misoroka io tsy metimety kely io aho.

Handeha hijery anao aho rahampitso talata fa tsy hisakafo hariva satria tsy maintsy miverina amin’ny vavaka hariva aho.

Ny amin’ilay nolazainao ahy momba ny zanakao lahy dia avelao hiasa ny fahasoavana, handefa teny kely ho azy aho rahampitso sy hanome sary kely ho azy. Hendre tsara lalandava ary hotahin’Andriamanitra ianareo rehetra.

A. Chevrier

347 (329) [57] Ho an’i Ramatoa Franchet (traduction manquante)

ôktôbra 1873

1° Sarotra ho ahy ny mampitombo ny fangatahana ho amin’ny fankataovana satria matetika tsy mahavita aho dia mampitebiteby ahy ; sa tsy maintsy angatahina ihany izany ?

- Eny, raha ialina fotsiny izany.

2° Mba hahatongavana eo amin’ny firaisana akaiky amin’Andriamanitra, tsy maintsy esorina hatramin’ny eritreritra tsy ilaina ?

- Eny, rehefa hita sy tsapa izany.

3° Afaka mivavaka tsara an-kalalahana ho an’ny fanahy izay manam-pitiavana hitarika ahy aho na tsy mandini-tena ?

- Angamba izany.

4° Rehefa misy zavatra anankiray mahafinaritra, tsy maintsy atokana avy hatrany ve ?

-Tsy izany foana kosa e !

na atao ihany ka ankinina amin'Andriamanitra ?

Pas été traduit

5° Rehefa te hampiseho fahamaontinana ve dia tsy maintsy idifiana foana ny fijerin'ny olona eny an-dalana, na miondrika foana ny maso, sarotra be ny anaovana izany nefa afaka mandroso.

-Tsy maintsy mizatra manao tahaka an'i Masindahy François de Sales : mahita fa tsy finaritra mijery.

6° Eo amin'ny lafiny fahasalamana, moa ve misy manery anao hampiasa fanafody tsy dia mety ?

- Ny amin'io mba tsy hamita-tena dia fahendrena ny manao izay inoana fa rariny ny manoro hevitra ny hafa.

7° Afa-tsy izany, ny fijaliana ara- batana dia manandratra ny fanahy, manadio sa tsy izay ? Izaho izay tsy manao fahadisoana na amin'iza na amin'iza, tsy misy na inona na inona hampitony azy.

- Tsia, mety hitarika amin'ny fihoaram-pefy izany. Araho ny torohevitra voalaza etsy ambony.

8° Ho tsara aho miaraka amin'ny zanako lahy, tsy mieritreritra zavatra hafa na inona na inona, raha tolorana ankizy aho dia hitandrina araka izay azo atao, raha tsy itenenana na inona na inona aho, hanao tahaka ny talohaihany aho. Raha tsy misy henamaso, ny rehetra ho an'Andriamanitra, raha omena alahelo aho, ho an'ny fanahy rehetra, izany ve no izy ?

- ENY, TENA TSARA.

9° Amin'ny kilema, manao ahoana no hanaovako fandinihan-tena ?

- Efa niresaka izany foana moa aho ?

10° Afaka manao voadin'ny fahantrana ve eo amin'ny androm-piainako sisa ?

- Tsy dia hitako ny ilana izany.

11° Ho an'ny "ma med…" mandray fehezanteny ao amin'ny "L'Imitation" (Boky "Ny

Fakantahaka”).

- Iray na maromaro.

12° Raha toa ka manolo-tena amin’Andriamanitra hifady voankazo aho ?

- Tsy voatery, ho hita foana izany, aleo aloha miafina.

13° Rehefa irery eo akaikin’ny afo ve, tsy maintsy mifady ny zavatra tsara madinika sy mampiadana eo amin’ny fiainana ?

- Ataovy fotsiny izay ilaina.

14° Mitoko sapile isan’andro aho amin’ny hariva, miaraka amin’ny vadiko, ary rehefa irery aho dia raisiko ny tanan’ny Masina Maria Virjiny, dia mandeha mitsangantsangana an’eritreritra miaraka aminy aho, mety ve izany ?

- Azo atao izay fa dia mifantoka loatra amin’izany.

15° Amin’ny kômonion’ny andro faran’ny fitokanako ve tsy maintsy manolo-tena amin’i Jesoa indray aho hoatra ny sorona ? Tsy manana zavatra manintona aho.

- Araho aloha ny zava-manintona amin’izay.

16° Mômpera a ! Ianao foana ve no manokatra ny taratasinao fa tsy mpitan-tsoratrao ?

- Eny, ary izaho no mandrovitra azy. Aza matahotra.

17° Tamin’ny fivorian’ny T.O. des Maristes, andro vitsivitsy izay, ny mômpera nitory teny taminay niteny hoe :”Mivavaha foana amin’i MasinaMaria Virjiny mba hahazo ny fahasoavana mba hiseho aminao izy alohan’ny hahafatesana ; toa mahantra aho hangataka izany tombontsoa manokana izany.

- Mangataha foana, tsy misy sahisahy foana izany eo akaikin’i Maria ! ! !

18° Te hilofo amin’ny fomba manokana mihitsy aho mba ho tsara, mpiombona alahelo aman’olona, araka ny hevitro izay ny toetra tsara eo amin’ny vehivavy antitra, mety ho faty ny fanahy fa mety mitombo ny hatsaram-panahy, ahoana hoy ianao ?

- Tena ekeko izany.

19° Lazao ahy ao anatin’ny teny roa ny fandaozana ny zavatr’ity tany ity, ahoana no tsy maintsy atao ?

- Hoatra ny ho faty rahampitso ianao.

Ny sabotsy fetin'ny Olomasina rehetra, tongava any amin'ny Sapely amin'ny zoma tokotokony amin'ny 1 ora sy sasany.

348 (330) [58] Ho an'i Ramatoa Franchet

1° Ity mosary ara-panahy izay toa ametrahana ahy ity ve tsy maintsy ekena tsy itenenana na inona na inona, tsy aniriana na inona na inona, eny, odiana tsy hitako aza ? Tsy mitady ny sakafony ve ny fitiavan-tena ?

- Ekeo.

2° Mifikitra loatra amin'ny zava-boary angamba aho, ny fahafinaretana amin'ny fanaovana fanomezana kely azy dia manaporofo izany. raha tiano, rehefa mila zavatra ianao, manàna fitiavana miteny tsotra amiko dia mba hanana fahamendrehana amin'nyfankatoavana aho…nefa mampanantena ahy ianao fa tsy hanahirana anao izany, raha tsy izany dia hitohy tahaka ny teo ihany aho, ho voninhitra ho anao izany ary izaho kosa ho olona afaka ho an'Andriamanitra, ho tombontsoa daholo izany

- Eny.

3° Fikarohana ny momba ahy ve ny fanoratana izay eritreretiko ho anao ? Tokony ajanoko ve izany ?

- Tsia.

4° Raha mijaly noho ny fahafaham-baraka aho, ary nampihatra asa soa noho izany, nomena alahelo aho, moa tsy fahafaham-po ho ahy ny milaza izany aminao, indraindray mifangaro ao ny fitiavan-tena, tsy maintsy esorina amiko izany ?

- Eny amin'ny toe-javatra sasany, tsia amin'ny hafa.

5° Rehefa eo anatrehanao, tsy afaka manontany na inona na inona anao aho, ary enga anie ny fitiavanao namana hanome fahalemem-panahy ahy, afaka mifaly ao am-po ve aho mba hisaorako an'Andriamanitra ?

- Ho ara-panahy daholo ny zavatra rehetra.

6° Eo amin'ny fanambaniana, ahoana no atao mba hisintonana izay rehetra azo atao.

- Aza mitaraina amin'izany.

7° Rehefa mijaly loatra aho ao anaty vavaka ka matahotra ny hanafintohina an'Andriamanitra, tsy maintsy mijanona eo amin'ny fotoana tiana ?

- Eny, mazava loatra.

8° Amin'ny 11 ora hatramin'ny miasak'alina, tena mijaly be aho, angamba te hanery ahy hanao an'izany ho ora masina Izy, ahoana ny fiheveranao izany ?

- Indroa isan-kerinandro.

9° Tsy afaka maminavina asa tsara na inona na inona aho, toetra hafahafa ve izany ? Tsy maintsy terena na asaina mionona handray izay rehetra mandalo eo amiko ve aho ?

- Tsy maintsy atao izy roa.

10° Hatramin'ny fotoana vitsivitsy izao, tsy miraharaha ahy ny vadiko, zara raha mamaly ahy izy rehefa miresaka aminy aho, tokony hanova fomba atao rehefa miaraka aminy sa ekena fotsiny ?

- Mihatsara hatrahy sy mahakolokolo.

11° Angamba eo anatrehan'ny p. de J., tian'i Jesoa hanao zavatra aho hihavanako aminy ve ? Angamba koa ny avonavoko ve no mahatonga ahy hametraka izany fanontaniana izany aminao ? Fantatro fa miteny zavatra ratsy momba ahy tsy misy hena-maso izy ary manambany ahy izany. hataoko daholo izay teneninao ahy, tsy mihoatra an'izany.

- Mba mijery azy indray mandeha.

12° Mômpera ô ! Inona no ataonao hoe famangiana tsy ilaina ? Hanontny ahy ianao indray andro, raha manao izany aho, dia hovaliako hoe : "Tsia" ianao, hitako aloha fa tsy misy na iray aza nilaina loatra ho an'ny fanahy fa mba hoe fahalalam-pomba, fifandraisana tsara dia nilaina ireny ; tsy ampy izay ?

- Eny.

13° Mba ho sorona araka ny fon'Andriamanitra, tsy maintsy mijanona mihitsy ve eo alohan'ny fijaliana alefany, tsy mamela ny fiombonan'ny tahotra vitsivitsy mba….tsy mitaraina mihitsy na amin'inona na amin'ino, na amin'iza na amin'iza, tsy maintsy manana tetika ve mba hahatongavana amin'izany ?

- Tsy maintsy mahay ho faty tsara.

4° Hoatra tena mahatsiaro voatery hanaiky aho, hangina eo am-panatrehana ny

fahamavomavoako, ary dia mahita azy ao amin'Andriamanitra tahaka ny fanambaniana rehefa avy eo tahaka ny fitiavana. Ma ve tsy fakam-panahy hiavonavona izany ?

- TSIA.

15° Raha te ho faty amin'ny rehetra, tsy manaiky lembenana ve ? Tsy miezaka afa-tsy ny tsy hanohitra ny asam-pahasoavana ao amintsika amin'ny alalan'ny fikomiantsika ary ny fahalalahan-tanankelintsika ?

- SAROTRA IZANY.

16° Tsy maintsy miezaka ve aho hamono ity firehetam-po lehibe loatra ity ?

- Eny.

Fahalemena ve izany ?

- Indraindray.

Tsy mitarika tsy fahalavorariana mihoapampana ve izany ?

- Eny.

Manimba ny fandinihan-tena anaty izany ?

- Eny.

Manakana ny tsy hahafehy tena ?

- Eny.

Mba asio teny kely hoe izany.

- Tsy maintsy vonoina ny toetra voajanahary, ary mifehy tena na mitarika ny tsara. Sarotra izany.

17° Mila fitarihana kely aho, tena tony aho, dia ho haingitraingitra raha managataka izany aminao ?

- Tsia.

18° Tsy mahatsiaro zavatra manintona mihitsy intsony ho amin'ny fampijalian-tena ivelany aho ; hakanosana ve izany ? sa tsy maintsy atao ihany ?

- Ataovy izay alefan'Andriamanitra ho anao, ho ampy aloha izay ao anatin'ny fotoana fohy.

Hotahin'Andriamanitra anie ianao.

349 (331) [59] Ho an'i Ramatoa Franchet

Ankasitrahiko ny fitsipi-piainanao ary hivavaka aho hanampian'Andriamanitra anao hahatanteraka izany.

A. Chevrier

Tsy maintsy mampanantena hiezaka foana ve amin'ny alalan'ny finiavana, (araka ny refin'ny fahazavako) mba hisy zavatra tena tsara ary hanao izany ami'ny fo, amin'ny fotoana rehetra ?

- TSY VOATERY.

Rehefa tsy miraika loatra ianao ary izaho anefa efa nandray fanapahan-kevitra hilaza zavatra aminao, tsiny ve rha mandeha fotsiny tsy manao izany aho ?

- ENY.

Angamba, avonavona manafintohina fa tsy miteny aminao intsony aho ho tonga aty an-trano ary aleoko tsy manao kômonio toy izay hiverina hilaza aminao izay manahirana ahy alohan'ny fotana voatendry, tsy hanontany anao mihitsy na inona na inona tianao ary hijanona any aoriana aho amin'ny rehetra ary tena mafy amiko ny handeha any amin-dry Masera, teny indrim-bava azafady ?

- Eny.

Ho an-dRamatoakely Marie

350 (545) Ho an-dRamatoakely Marie

J.M.J. 9 janoary 1865

Mahafaly ahy ny fahatsoranao Ramatoakely Marie malala, ary mino aho fa amin'izao finiavana tsara anananao izao, hahafaly an'Ilay Mpamonjy antsika sy Masina Maria Virjiny ilay Reny malalanao.

Mianara amiko fa malemy sy tsy miavona am-po aho hoy ny Tompontika tamin'ny mpianany. Ireo no fahamarinana roa izay tokony hotdiavinao ho azo sy hampiharina. Mpirahavavy ireo fahamarinana roa ireo ka raha mampihatra ny iray ianao dia mahazo ny iray hafa. Manàna lalandava ny Tompontsika eo ambany masonao, ny fahatsorany sy ny fanetren-tenany tao amin'ny tranon'omby, manahafa azy ary vonoy io toetra mandokandoka tena sy ireny fanindrahindrana ny fitiavan-tena izay manandratra anao ireny.

Aza mamaly mihitsy rehefa misy manao fanamarihana anao, ekeo fotsiny tsy misy

fankahalana sy fanakianana izany, ary eritrereto fa manana zo hiteny anao ny olona noho ny kilemanao ary tokony hisaotra azy ireo tsara aza ianao rehefa misy manao fanamarihana ny kilemanao izy.

Ny ezaka vitanao taloha anie dia antoka tsara ho an'ny ho avy e ! ary matoky aho fa handeha tsara ny zavatra rehetra. Ampitao amin-dRamatoa Lehibenao ary amin'ireo mpampianatrao tsara fanahy, indrindra any amin-dranabavy Génévième ny fanajako azy ireo.

Aza adinoina aho ao anatin'ny vavakareo. Mahatsiaro anareo aho ao amin'ny St Sacrifice.

Hotahin'i Jesoa ianareo.

A. Chevrier

Ho an'i Masera Séraphine, Visitandine

351 (438) [1] Ho an'i Masera Séraphine

Ho an'i Masera Séraphine hajaina indrindra ao amin'ny Couvent ny Visitation, Lyon

J.M.J.

Ry Masera malala ao amin'ny Tompontsika,

Malahelo aho fa tsy afaka nahita an'i Mômpera Magnan ny anadahinao, fa nateriko tany aminy ny taratasy vao voaraiko, ary tsy dia maika loatra araka ny iheveranao aho.

Raha ny amin'ny Mômpera Magnan, dia niteny tamin'Andriamatoa Dutel izay misolo ahy ato an-trano izy, nahazo ny taratasin'io Mômpera io aho, izay nilaza tamiko momba ny tetik'asa iray omenao ahy, manana hevitra ambony loatra momba ahy io Mômpera io, tsy mino aho fa ho afaka hanome izay torohevitra mafonja, satria tsy mahomby loatra aho ary tsy afaka hampibebaka an'ireo nankininy tamiko, koa ahoana no ahafahako hoe ilain'ny hafa ?

Mivavaha ho ahy azafady, nampangatahiko ny anadahinao ny taratasy, dia miandry an'ireo aho hataoko ao anatin'ny ahy. Hotahin'i Jesoa Kristy Tompo anie ianao ary hanome anao ny fahazavana sy ny fahasoavana.

Ilay Mpanomponao mahatoky ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

352 (439) [2] Ho an'i Masera Séraphine, Visitandine

Ho an’ny Masera Séraphine Marie Julie hajaina-dRamatoakely
Couvent de la Visitation, Lyon

J.M.J. 31 marsa 1867

Masera malala ao amin’ny Tompo,

Nieritreritra hitondra ny taratasy miaraka ami’ny valiny aho fa tsy tratrako. Miala tsiny. Faly aho ny amin’ny anadahinao, tazoninay am-pifaliana izy. Raha manahirana anao izy dia azafady lazao anay, hahafalifaly anay ianao, hareninay izany.

Mivavaha ho anay rehetra izay tena mila izany.

Ny mpanomponao mahatoky.

A. Chevrier

353 (440) [3] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine

J.M.J. 16 fevroary

Ry Masera malala ao amin’n Tompontsika,

Misaotra tamin’ny fandefasanao ireo zavatra vitsivitsy ho an’ny anadahinao.

Ho azoko ny aiko handre ny vaovaon’ilay anadahikelinao mahantra raha mihasalama izy.

Hendre tsara foana sy mikiriza ao anatin’izao fiantsoana tsara anao. Hangataka amin’Andriamanitra ity fahasoavana ity ho anao aho.

Hotahin’Andriamanitra ianao sy ny fianakavianao. Mivavaha ho an’ny mpanomponao mahantra.

A. Chevrier

354 (441) [4] Ho an’i Masera Séraphine, Visitandine

J.M.J.

Ry zanaka malala,

Aza manapatapaka na inona na inona raha tsy misy tororhevitra avy amin’ny Masera reverende, izay hany tokana manana fahefana hamela hametraka anao any amin’ny trano hafa. Asandrato avo ny fanahinao mba tsy hahatratra anao ny zavatry ny tany.

Manolora tena isan’andro amin’Andriamanitra, ary aza raisina indray izay homenao azy ; tsinontsinona isika ary ity tenantsika mahantra ity dia toy ny zezika kely ampiasaina

hanome aina ny hazom-piangonana, ka raha tian'Andriamanitra dia aza lavina ho azy izany.

Misaotra ny amin'ny fahatsiarovana tsara sy ny fankasitrahana tamin'ny zavatra kely tsy toa inona.

Tia an'Andriamanitra ny anadahinao ary Andriamanitra koa tia azy ary matokia fa hiaro azy Izy.

Hotahin'i Jesoa ianao ary mivavaha ho an'ity mpanompony mahantra ity.

A. Chevrier

355 (442) [5] Ho an'i Masera Séraphine, Visitandine

Ho an'i Maseranay Séraphine, any La Visitation, Lyon

J.M.J.

Ranabavy malala

Manohy mivavaka araka ny fikasanareo tsara izahay, atero eo am-pototry ny hazofijaliana ny fangatahanao sy ny ahiahinao rehetra ary ilay Andriamanitra raintsika handray an-tanana antsika.

Mitonia, matokia ary manana faharetana ao amin'ny fon'i Jesoa izay mitahy antsika.

A. Chevrier

356 (443) [6] Ho an'i Masera Séraphine, Visitandine

Ho an'i Masera Séraphine, ao amin'ny Couvent La Visitation
Saint Marcellin Isère

J.M.J. 6 marsa 1871

Masera malalako

Koa satria salama kokoa ara-batana indrindra ara-panahy ianao any Saint Marcellin, ataoko fa tsara ho anao mijanona any araka izay azonao atao, raha toa ka mahazo alalana avy amin'ny reverende mèrenareo ianao.

Ny famonjena no alohan'ny zavatra rehetra, ka ny fahatonian'ny fanahy dia fomba iray matanjaka hahatongavana amin'izany.

Holazaiko ny anadahinao ny fanirianao, ary antenaiko fa ho tonga izy, tsy marary izy.

Tsy maintsy ivavahana ny rainao, mba hitady ny famonjena izy.

Nisy taratasy roa an'ny rainao ao anatin'ny anao, lazao ahy izay anaovako azy.

Hotahin’i Jesoa anie ianao ary horaisiny ny finiavanao tsara.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa Perraud

357 (415) [1] Ho an-dRamatoa Perraud

28 avrily 1869

... amin’ny famindrampony. Tsy misy na inona na inona amin’izay ijaliantsika no ho very maina raha toa koa miaritra amim-pinoana sy amim-pitiavana isika.

Eritrereto indraindray eny amin’ny fiantsonan’ny lalan’ny hazofijalian’ny Tompontsika dia manampy sy mampahery antsika. Mahereza ary any amin’ny faran’ity fiainana ity, hahita ny tsara indrindra isika ary hahita an’i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika isika. Manàna izany antoka izany ao anatin’ny fanahinao satria tena tia anao Andriamanitra.

Hotahin’i Jesoa anie ianao. Mivavaha ho ahy.

Ny mpanomponao ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

358 (416) [2] Ho an-dRamatoa Perraud

Ranabavy malalako

Mbola ao amin’ny alahelonao sy ny ahiahinao, nefa jereo tsara ny fahamendrehana ho azonao eo am-pitsaboana ny vadinao.

Mampalahelo ny manatrika isan’andro ny faharavan’ny olon-tiana, nefa izay no sitrak’Andriamanitra ho an’ny tenantsika, tsy maintsy ho rava ity vatantsika voalohany ity ary haverina tahaka ny endrik’i Jesoa Kristy Tompontsika rehefa avy eo, manana ary finoana tsara sy fanetren-tena amin’ny sitrapo masin’Andriamanitra mijery ity faharavana ity tahaka ny sazy marina vokatry ny fahotana, tsy hisy aretina intsony any an-danitra, na fijaliana na fisarahana, enga anie Andriamanitra hanome anao ny fahasoavany sy ny faharetany tsara ary hitso-drano anao aho.

Raiso ny fanajako ny vadinao.

A. Ch.

359 (417) [3] Ho an-dRamatoa Perraud

J.M.J.

Ranabavy malalako

Hivavaka amin'Andriamanitra isika mba hilaminan'ny raharahanao haingana araka ozay azo atao, ary koa tsy maintsy mandeha manao fivavahana masina ianao any Ars mba fitoniam-panahy avy amin'ny Curé masin'ny Ars ianao.

Rehefa afaka ianao dia tongava mijery any amin'ny Prado, fantatrao tsara fa vonona foana izahay raha ilainao ; matokia ary ary aza malahelo tsy handao anao ilay Andriamanitra tsara.

Herezo ary, hitso-drano anao lalandava aho ary ho mpanolo-tena ho anao.

A. Chevrier

360 (418) [4] Ho an-dRamatoa Perraud

J.M.J.

Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Aza mety ho azon'ny fahasorenana ao anatin'ny fahasahiranana sy ny fijalianao, tsy maintsy entina amim-pinoana sy fanetren-tena ny hazofijaliany, ho tanindrazantsika indray andro ny lanitra, ary ho voaonitra isika tamin'ireo fahoriana niaretantsika teto an-tany ; mahareta, ataovy tsara isan'andro ny lalan'ny hazofijaliana dia ho hitanao amin'ity fanazaran-tena ity ny hery sy ny risi-po mba hanao tsara sy hijaly tsara.

Mitso-drano sy mivavaka ho anao aho.

Enga anie ilay Mpampianatra tsara hitahy koa ny vadinao ary hanome azy ny fiadanana.

A. Chevrier

361 (419) [5] Ho an-dRamatoa Perraud

Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Manome toky anao aho fa hanohy ny kômonio ao... araka ny mahazatra mandra-piveriko amin'ny faran'ny volana.

Tohizo hatrany ny fanazaran-tenanao ary hendre tsara lalandava.

Mivavaka ho anao aho ary hangataka ny tso-drano masina amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

362 (420) [6] Ho an-dRamatoa Perraud

Ho an-dRamatoa Perraud any Lyon

12 jiona 1876

Ranabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy,

Nisintaka kely tany amin'ny tranon'ny lehilahy iray manana lasapely iray aho nandritra ny fotoana vitsivitsy hiasa sy hivavaka no naha tany aho.

Azafady mivavaha kely ho ahykoa, tsy manadino anao aho ao amin'ny fanoloran-tena masina mandritra ny lamesa.

Tohizo foana ny kômonionao sy ny fivavahanao mandra-piveriko afaka tapa-bolana angamba.

Aza sorena ianao, lazao matetika hoe : "Andriamanitra ô ! Hatao anie ny sitraponao fa tsy ny ahy." Mazotoa ao aman'ny fanazaran-tenanao amin'ny fahareana sy fitiavana an'Andriamanitra, aza manahy ny amin'ny sisa.

Mivavaka ho anao aho ary hangataka amin'ilay Andriamanitra tsara mba hanampiany anao ary hampionona anao sy ny vadinao amin'ny fahoriam-panahy.

Ilay manolo-tena ho anao ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

363 (421) [7] Ho an-dRamatoa Perraud

J.M.J.

Ranabaviko malala

Misaotra ny amin'ny hatsaram-panahinao aminay.

Apetraho eo amin'Andriamanitra ny faniriana rehetra sy ny fahasalaman'ny vadinao sy ny anao ary indrindra hangataka ny fahendrena amin'Andriamanitra aho mba hahazo ny rehetra ianao ho an'ny famonjena anao.

Mahereza ary, Ramatoa ary meteza ho resy lahatra tsara fa handeha tsara ny zavatra rehetra.

Mitso-drano anao amin'ny anaran'Andriamanitra aho
ary ho mpanomponao mahatoky aho.

A. Chevrier

364 (422) [8] Ho an-dRamatoa Perraud

Rome, 25 avril [1877]

Ramatoa sy ranabavy malala ao amin'ny Tompo Jesoa Kristy

Nandray vaovao momba anao sy ny vadinao tamin'ny Masera Elisabeth aho. Miangavy anao mba hionononanao tsara ao amin'ny Tompontsika, tsy hiferin'aina, fantatrao tsara fa izay ny fahadisoana any aminareo.

Matokia an'Andriamanitra ary ary ataovy ny fombanao tahaka ny mahazatra, ny fanahy iray manana finiavana tsara dia tsy tokony hatahotra na inona na inona ary tokony hizotra amim-pitokiana, tohizo ireny fanazaran-tenanao ireny, ny kômonio, ary meteza ho resy lahatra fa ianao ilay zaza ampihantain'Andriamanitra be fitiavana ary indray andro any, ho tsara tarehy ny satroboninahitrao any an-danitra satria ilay Andriamanitra be fitiavana dia tia ny fanahy feno fiantrana.

Mivavaka ho anao aho any Rôma, ary mangataka fahatokiana, fanantenana, ary ny fitoloran-tena tanteraka eo am-pelantanany ho anao.

Ny Papa Ray Masina dia nitso-drano ny mpanao asa soa antsika rehetra ary ianao koa satria anisan'izany ianao.

Matokia tsara lalandava an'Andriamanitra ary Andriamanitra anie hitahy anao. Mampamangy am-panajana an'Andriamatoa Perraud.

Ilay anareo manontolo ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

365 (423) [9] Ho an-dRamatoa Perraud

J.M.J. 3 febroary 1878

Ranabavy malala

Mahereza eo anivon'ny fizahan-toeta rehetra izay mahazo anao, tsy maintsy ekena amim-panetren-tena sy amim-pankatoavana ireny, avy amin'ny fahotana ny ratsy toy izany ny fijaliana sy ny fahafatesana, ary ireo mahay manaiky ny fijaliana araka ny tokony ho izy, izany hoe amin'ny fomba kristianina dia manana ny fahamendrehana ka hahazo ny fahasoavana amin'ny fotoana sy ho mandrakizay.

Mivavaka ho an'ny vadinao sy ho anao aho mba hivadiko ho famonjena izay rehetra mahazo anao.

Manàna fahtokisana lehibe an’Andriamanitra ary aza manahy na amin’inona na amin’inona.

Mitso-drano anao aho ary mangataka anao aho mba hino ahy.

ilay pretra mpanomponao manolo tena ho anao.

A. Chevrier

366 (424) [10] Ho an-dRamatoa Perraud

J.M.J. 6 febroary 1878

Ranabavy malala

Mionona eo amin’ny sitrapo masin’Andriamanitra ianao, asaivo tonga i Mômpera Vincent mba hampikônfesy azy indray ary hanome azy ny kômonio masina ary matokia an’Andriamanitra ho an’ny famonjena azy ; fanoloran-tena ngatahin’Andriamanitra aminao izany, tsy maintsy atao ami-pankatoavana izany ary hahazo ny valisoa rehetra ianao.

Handefa olona haka an’i Mômpera Vincent aho, matokia ary mahereza.

Mivavaka sy mampanao vavaka ho anao aho sy ho an’ity marary malalanao, ary hitso-drano anao amin’ny foko rehetra.

Ilay manolo-tena ho anao,

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely Grivet

367 (363) [1] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Louise Grivet aux Eaux d’Uriage, G. Hôtel des Bains, Isère

J.M.J. Lyon, 8 septambra 1872

Ry zanaka malala

Fantatrao fa tahaka ny ahoana matetika rehefa diso fanantenana ao anatin’ny fanantenana ny tena ; mandeha mitady fahasalamana nefa aretina no hita. Ary tahaka ny ahoana no mijaly ianao ry zanaka malala rehafa mahita ny reninao mahantra marary. Tsaboy tsara izy na dia tsy mila mibaiko anao amin’izany aho, ny fonao dia tsara tokoa ka hanao izany tahaka ny hanaovan’ny zaza iray tena kristianina amin’izany. Lazao ny reninao ny fahasahiranan-tsaiko, ary omeo toky izy fa mivavaka amin’Andriamanitra ho azy sy ny

fiverenan’ny fahasalamany aho.

Ataovy am-pitiavana ity adidin’ny zanaka amin’ny raiamandreny ity, ataovy amim-pahakingana sy fankatoavana, hazony lalandava ny fitoniana sy ny fanatrehan’Andriamanitra amin’ny zavatra rehetra, hitanao fa rehefa tsy tony, ary rehefa maimaika tahaka anao izao dia mandoro trano, ary dia sarotra ny mamono azy rehefa avy eo ka tsy ho may ny rantsan-tanana, amin’ny zavatra rehetra ny fahatoniana, ny fahamalinana eny ny fitiavam-bavaka aza, rehefa misy ireo dia ho hitanao fa handeha tsara ny zavatra rehetra. Aza atao kitoatoa ny vavaka ao anatin’ny asa, ary mifoha tsara ny rivotra tsara eny an-tampon-tendrombohitra, raha afaka ianao, ataovy vatsy tsara izany, mba hahazoana tsy hatahotra loatra ny rivotry ny Guillotière rehefa avy eo.

Aza miferinaina amin’ilay asa saina kely nomeko anao, aza atao io raha tsy hoe tsy misy asa ianao, mila miala sasatra ianao, ary araraoty izany rehefa manana fahafahana ianao. Hendre lalandava fa Andriamanitra miantoka ny rehetra.

Sorena ianao noho i Marthe, tsy hoe avy aminao ve ny fahadisoana ? Nahoana no avelanao manome anao anarana tsy azon’ny olona rehetra sy tsy eken’ny olona rehetra ianao ? Angamba nambanian’ny olona teo imason’ny fianakaviany ilay zaza mahantra taorian’ny namakiana ity taratay ity. Sorohy hy tsy iantsoan’olona anao tahaka izany, satria tsy mitondra na aiza na aiza izany, ary tsy manome fahamendrehana sy fahalehibeazana izany ho an’ny fanahy, ka mahatonga fihetseham-po be loatra. Mandraisa fitiavana miorim-paka avy amin’ny mpianatra, fitiavana avy amin’ny faharesen-dahatra amin’ireo ataonao aminay.

Aoka ny zavatra rehetra hampianatra sy hanitsy antsika ary hanandratra antsika any amin’ilay Mpampianatra tokana izay any an-danitra, ilay tokana mendrika ny fiderana sy fitiavana.

Ry zanaka malala, hotahin’i Jesoa ao amin’Andriamanitra anie ianao sy ny reny malalanao ka ny fahasalamanan’ny fanahy sy ny vatana anie hiroboroo ao aminao.

A. Chevrier

368 (364) [2] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ho an’Andriamatoa Jaricot ho an-dRamatoakely Grivet

J.M.J. [Jiona 1873]

Ry zanako malala

Kômonio roa ihany no avelako ataon'i Marthe mandritra ny herinandron'ny havaloana amin'ny Fête Dieu ;tsy maintsy miasa tsara amin'ny fahamasinany mba hanaovana izany matetika.

Ary ianao, ry zanako malala, tonga amin'ny ilana azy ianao, miady aminao foana io fonao io, ary dia mangataka famelana amiko ianao. Eny, ry zanako malala, mamela anao aho, ary mamela anao tsara amin'ny rehetra ; tsy lehibe ny fahotanao amiko, amin'Andriamanitra indrindra no tokony angatahana famelana ho an'ny fiaretana sy ho an'ny hery kely anananao mba handresy ; mahereza, ary aza dia be fikirizana loatra rehefa manitsy an'i Marthe indrindra ho an'ny zavatra tsy inona loatra tahaka ny randrana kely na ny fihogony, miala ho azy izany rehefa mahazo toerana ao am-pony Andriamanitra, mikiriza foana ao amin'ny fanapahan-kevitrao.

Ny fandinihan-tena, ny fanadinana manokana, ny kômonio, ny fitonian'ny fo sy ny fanahy.

Hendre tsara ao amin'Andriamanitra, ry zanaka malala. Ho tsofiko rano ianao.

A. Chevrier

369 (365) [3] Ho an-dRamatoakely Grivet

22 janoary 1874

Ry zanako mahantra ! Fahantrana izany, hitanao tahaka ny ahoana no itarihan'ny fiainana anao, ary tahaka ny ahona ny fiainana mihoatra ny voajanahary no manjary sarotra ho anao satria ataona kitoatoa ny vavakao ; tadidionao tsara fa ny vavaka no fototra iorenan'ny fiainana kristianina, ary tena kristianina, ka raha tsy manao ny fandihan-tenanao amin'ny fotoana tsy miova ianao dia hitohy handeha any amin'ny tsy izy ianao, mandeha ho azy any amin'ny nahariana anao ianao, tsy manao afa-tsy izay mahafinaritra anao,ary dia mamela izay misy vidiny aminao. Ndao miarena ianao, ivereno ny fiainana ao amin'ny Tompontsika, ianaro ny fahamarinany, ary manahafa an'ilay Mpampianatrao ianao, manery anao amin'ny vavaka antsasak'adiny isa-maraina, amin'ny fifohazanao amin'ny 5 sy sasany na amin'ny 6 ora hatramin'ny faran'ty volana ity.

Amim-panetren-tena no handehananao mikônfesy amin'ny pretra iray izay fidinao rahariva ; ary dia miorena tsara amim-pahatsorana amin'ilay asa ho an'ny fahamasinanao.

Hotahin'i Jesoa anie ianao ary manantena aho fa ho hendry ianao.

Ny Rainao.

A. C.

370 (366) [4] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Louise Grivet, Lyon

J.M.J. 15 mey 1874

Ry zanaka malala

Manana herim-po mba hanana fihetsika fanetren-tena handeha hamboraka ny fahadisoanao amin’ny pretra izay solontenan’ny Mpampianatra tsara isan’andro, aza mety ho entin’ny fo ; fahadisoanao izany, aoka ho porofo sy ho fototry ny asantsika ny finoana sy ny fitiavana, ary indrindra raha momba ny fanaovana adidy tsara, toy ny kômonio masina ; mahereza ary ry zanako, mitomboa ao amin’ny fitiavan’i Jesoa sy ny herin’ny Fanahy Masina.

Izay no fetin’ny Pantekôty, manaova fivavahana hasiviana lehibe hangataka ny fanahy mahery mba hitomboana sy hampahery anao ao anatin’ny fiainana ara-panahy ary hahay hampihatra fanoloran-tena sy ny tsy firaiketam-po ianao.

Mitomboa, mitomboa, aza mijanona ho zazakely foana satria tsy misy ilana azy ny zazakely, tsy maintsy kolokoloina foana izy, safosafoina, dokadokafana, ary tsy ampiasaina mihitsy, izany no fahamarinanao hampihrina, ataovy ny kômonio ao anatin’ny faniriana handray ny Fanahy Masina izay mameno ny Tompontsika ary homeny anao izany.

Ny fiadanan’ny Tompo anie ho aminao, hampitombo anao amin’ny fitiavany anie izy, ary hanome anao ny fitonian’ny fanahy sy ny fo.

A. Chevrier

371 (367) [5] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ho an-dRamatoakely Louise Grivet, ao amin'ny Prado

J.M.J 25 Mey 1874

Ry zanako malala

Mbola mihevi-tena ho zazakely mandrakariva ianao, tena mampalahelo tokoa izany fa tsy te-ho lehibe ianao ny anton'izany, rehefa lehibe isika dia miasa, manampy ny Ray aman-dReny ary manasoa ny rehetra, tsy mitomanimany foana, tsy trotroina sy safosafoina.

Manana ny lafiny tsara ireo ankizy madinika, kanefa manana koa ny lafiny ratsy, tsy maintsy levonina ireo lafiny ratsy ary tazomina kosa ireo lafiny tsara, koa meteza ho olon-dehibe ry zanako, hisintona anao amin-kery mba hahalehibe anao aho.

Tsy maintsy diovina, farafaha-ratsiny indray mandeha isan-kerinandro ny efitrano, toy izany koa ny fanahintsika, tsy maintsy diovina farafaha-ratsiny indray mandeha isan-kerinandro, amin'izay ianao dia ho afaka ny hikônfesy am-pahatsorana , tanteraho ny kônfesinao isan'andro afa-tsy amin'ny andro iray.

Mbola somary reraka ihany aho, tsy misinda ny fanaviana, ka raha nankasitrahana teo imason'Andriamanitra aho dia afaka manatontosa tsara ny sitrapony masina.

Ilazao ilay rahavavinao tianao indrindra, Masera Christine fa horaisinay rehefa miteny frantsay ka afaka mandalo ny fitsapam-pahaizana vakiteny, sora-kaliana ary gramera frantsay. Ny zaza mahay tsara ny taranja frantsay dia mahay kokoa mandrakariva ny teny latina, ka tonga mpianatra mahay any aoriana.

Hitahy anareo roa anie i Jesoa ka hanome anareo ny fanetren-tena feno fitiavana ary ny fiadanany masina.

A. Chevrier

372 (368) [6] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Grivet, Guillotière

J.M.J. [7 septambra 1874]

Ry zanaka malala

Manaova fakan-drivotra tsara. Mila izany ianao.

Rehefa handeha any amin’ny fisintahan’ny mpampianatra ianao dia araraoty io fotoana io handehananao any amin-dRamatoakely Marguerye.

Raha ny amin’ny leson’ny ankiziko dia tsy azo atao ny hanao izany fa afaka manome kajy izay hataony ianao, ary alefany any aminao amin’ny alalan’i Wilhelm ny asany.

Eto akaikiko i Zenfantko manomboka mahazo tsara izy, ary afaka iray taona, afaka manaraka tsara any am-pianarana izy, afaka mandray azy tsy ho ela izahay.

Hotahin’i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

Alefaso amin’ny alalan’i Wilhelm ny kajy atao.

A. Chevrier

373 (369) [7] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, cours de Brosse 4, Lyon

7 septambra 1874

Ry zanaka malala

Azafady mba adikao am-pitiavana ireo taratasy fanazavana nomeko anao ary averinao amiko rehefa avy eo, ilaiko ireo amin'ny asa kely izay ataoko.

Misaotra amin'ny asanao. Hotahina anie ianao.

A. Chevrier

374 (370) [8] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, Cours de Brosse 4, Lyon, Guillotière

J.M.J. 9 jiona 1876

Ry zanaka malala

Ilay Mpampianatra tsara anie hanome anao ny fahasoavany sy ny tso-dranony, mba hiasanao isan'andro ka hitiavanao azy amin'ny fonao tokoa sy amim-pahatsorana.

Misaotra amin'ireo firarian-tsoanao sy ireo vavakao tsara.tena mila fanampiana avy any ambony aho sy hery mba hahatanterahako izay angatahin'ny Mpampianatra tsara amiko.

Mangataka amin'Andriamanitra ho anao mba handehananao ao amin'ny fandinihan-tena, fa ny fiainanao amin'ny maha kristianina dia voasampontsampon'ny sakantsakana mpahazo ny fanahy sy ny fo. Hamono antoka anao io toetra mora tohina io... Noho izany, miasa amin'ny herinao rehetra hahasedra ireny fahantrana voajanahary ireny. Mivavaha amin'ny Fanahy Masina hanome anao io fitoniana i, io fahatokiana io no toetra fototry ny hatsaram-panahy matotra sy maharitra. Tokony hahita fahasoavana ianao ho an'izany ao anatin'ny kômonio masina.

Miangavy ahy ianao handray kômonio isan'andro ; tena tiako izany, ka hanararaotra ity fahasoavana lehibe ity ianao mba hanitsy anao amin'ity hadisoana lehibe ity. Ary dia misy aminao anie ny fialonana, ny fahamoran-tohina e ! Ao no tena anton'ny filondolondonao matetika ary tena matetika. Ndao ary, tadiavo ilay Andriamanitra tsara. Mangataha ny fahendrena, tsara loatra, lehibe, ambony ary marina ka tsy maintsy vidina na

ohatrinona na ohatrinona.

Mandefa taratasy amin'ireny olona tsara fanahy izay namoy ny havany, manaova fitokanana kely, ataoka fa vita izany, aza ato kitoatoa ny fandinihan-tena kelinao, mianara ny Tompontsika Jesoa Kristy, ao amin'ny zavatra rehetra, ary mitadiava iray amin'ny teniny isan'andro na asa iray nataony mba hampiharina na farafaharatsinyandramaa ny hatsarany sy ny tsirony.

Ampitao amin'ny reninao tsara fanahy ny fanehoam-pifankatiavana feno fanajana, aza ampjaliana izy, ampionony izy, ampandreneso sy ankatoavo izy, hitahy anao sy hampahendry anao anie ilay Andriamanitra tsara.

Hanao asa fibebahana kely ianao ary asa fanasoavana amin'ny fanomezana an'ity taratasy ity an'i Masera Hyacinthe.

Ny rainao ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

375 (371) [9] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, Cours de Brosse 4, Lyon, Guillotière

J.M.J. 16 jolay [1876]

Ry zanaka malala,

Md Paoly dia miteny amintsika fa miova ho anjelin'ny fahazavana hamitaka antsika ny demony, izany hoe miseho ho anjely na ho masindahy na ho masimbavy izy araka izay tiany, ary isika izay adala, miavonavona loatra,dia mino fa mifampiraharaha amin'ny anjely na amin'ny olomasina nefa demony no ifampiraharahantsika ; hatramin'ny niandohan'ny fahotana dia efa nanana hery mitarika antsika ny demony, ary indrindra amin'ireo voatosika amin'ny avonavona ka tia ireo zavatra hafahafa, manararaotra an'izany ny demony hakany fanahy azy ireo ary hisintona azy amin'ny asan-demony ; mahalana ny mahita fanahy voasariky ny Fanahin'Andriamanitra marina.

Ny fijaliana sy ny fizahan-toetra no marika iray lehibe ahafantarana fa voatariky ny Fanahin'Andriamanitra ny fanahy iray. Ny fanahy iray tsy vaoatsapa dia mora sosotra, tsy mbola nijaly tamin'izany fifanoherana izany, ary tsy niaritra fitsapana dia tsy afaka hotarihin'ny Fanahin'Andriamanitra ary dia lazao an'izany olona izany hoe : "Ny demony no manainga anao", ho hitanao ny tarehy ratsy ataony ary dia ho fantatrao amin'izany fa ny

demony no mitarika azy na ny fisainany samirery ; raha Andriamanitra tsara no mitarika azy dia ho mahimahin-dava izy, hatahotra ho tratry ny hadisoan-kevitra izy, hanahy ny zavatra mahavariana izy, ary hangataka amin'Andriamanitra hanafaka azy amin'izany, ka tsy hiteny mihitsy amin'olona an'izany zavatra izany, noho ny fahatahorana ho voafitaka na ho afa-baraka.

Tena olon'ny fahotana tokoa isika ! Ary koa tsy maintsy mangovitra eo am-pahitana loz maro sy fahavalo !

Hendre tsara ry zanaka malala, mijanona hatrany ao anaty fanetren-tena.

Toneo ny sainao sy ny fonao indrindra, ataovy isan'andro foana ny fandinihan-tena tena kelinao, ary mianara ao anatin'ny fianarana ny Tompontsika ny amin'ny tokony hitondranao tena sy ny amin'ny tokony hitiavanao an'Andriamanitra sy ny namanao.

Efa mihatsara aho fa tian'ny mpitsabo ho any Vichy, izay mahasorena ahy tokoa, ary tsy ho any aho raha tsy terena.

Mampamangy indrindra any amin'ny reninao tsara fanahy.

Hotahin'Andriamanitra anie ianao ary honome anao ny fahasoavany sy ny fitiavany anie Izy.

A. Chevrier

376 (372) [10] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, Cours de Brosse 4, Lyon, Guillotière

J.M.J. Rôma, 18 avrily 1876

Ry zanaka malala,

Tsy te hibedy anao aho amin'izay rehetra noteninao tamiko tao anaty taratasinao farany. Tsy ianao mantsy no nanoratra ; na izany aza tsapako fa misy zavatra iray marina, izany heo rehefa be loatra ny fo dia mipoaka, dia mpiaritaka ho ranon'afero sy vinaingitra, fa miofampikasoka ny tendrony roa ary tsy maintsy hazonina ny marimaritra iraisana izay avy amin'ny Fanahy Masina, izay fitoniana, fahalemem-panahy, faharetana ary tene fitiava-namana, efa el no nilazako izany taminao ary efa nasaiko nodinihinao, fa ny natiora moa dia mitovy foana, sarotra ny manova azy, asa ela sy mitaky zotom-po.

Fa tsy kivy aho, na izany aza asaiko dinihinao foana izay ratsy ao aminao, ho voninahitr'Andriamanitra sy ho an'izay mahasoa anao manokana satria nisafidy ahy ho ray

ianao dia tsy maintsy manatanteraka ny adidy aho, tsy hampihanta anao amin'ny taratasy malefaka na mamy aho fa amin'ny fanitsiana matotra sy ilaina. Jereo ! Tsy vitanao ny adidinao, aza manaraka ambokony ny lolom-po, ny lonilony, ny fahakintonkintonana ianao, rehefa tsy voavaly avy hatrany ny fangatahana dia tsy afaka mandefitra na amin'inona na amin'inona ianao, tsy afaka miaritra ary dia ankahalainao daholo ny rehetra, tianao hirehidrehitra tahaka anao ny rehetra, tsy hainao mihintsy ny manisy sakana na amin'ny fisainanao na amin'ny fonao, na amin'ny rantsam-batanao, tsy maintsy mandeha ny zavatra rehetra, tsy maintsy lasa ; koa mipetraha kely ianao eo an-tongotry ny Tompontsika, ary iangavio Izy hampitony izany toetra izany.

Ampy loatra izay ny amin'iny zavatra iny !

Misaotra, ry zanako malala, tamin'ny firarian-tsoa mamy sy ny fahatsiarovanao ny andro nahaterahako – 51 taona izao no naha teto an-tany ahy, nefa dia mbola tsy hitako izay nataoko tamin'izany. Mivavaha kely ho ahy, mba tsy hoe tsy ilaina ny fiainako, fa hamita ity asa soa izay nasain'Andriamanitra nataoko ity aho, asa lehibe loatra ary tena tsapako ny halemeko hanao an'izany mihoatra noho ny hatramin'izay izo dia azoko fa tsy maintsy ho masin-toetra raha hanao zavatra mahasoa, maharitra ary tsara. Mitady ny fahendrena sy ny fahamasinana aho, fantatro tsara aiza izy, fa sahirana aho hampihatra azy, mitovy kely aminao aho, te-ho masina aho fa tsy tafavoaka amin'izany aho, hivavaka maraka isika mianaka ho an'ny fibebahantsika, ka izay ho tonga masina aloha hanampy ny iray mba ho masina koa.

Mampamangy indrindra amin-dRamatoa reninao, lazao azy avy ny mba hananany faharetana amin'ilay zazavavy ratsy loatra, ilay Andriamanitra tsara anie hamaly soa azy amin'ny fikarakarany anao.

Karakarao tsara ny reninao, hendre tsara, aza atao kitoatoa ny kôonionao, ny vavakao, ary hotahin'ny Tompo anie ianao.

A. Chevrier

377 (373) [11] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Grivet, Cours de Brosse, 4, Lyon, Guillotière, Rhône, France

J.M.J. Rôma, 19 mey 1877

Ry zanaka malala

Tsy maintsy mihafy ny amin’ny dia ho any Rôma.

Tsy afaka mandao ny mpianatrao ianao ary tsy misy ilana izany, fa hoa fahafaham-po fotsiny, afaka handeha any ianao mandritra ny fakan-drivotra.

Raha ny amin’ny fanambadianao, tsy sahy manoro hevitra na amin’inona na amin’inona voafaritra tsara aho ; raha mpivavaka izy ary mahafinaritra anao ary mahatsapa ho voasarika amin’ny fanambadiana ianareo dia tsy hanakivy anareo aho, satria mila mitomba tsara ny sainareo sy ny fonareo, ary tsy maintsy mila hatsaram-panahy lehibe mba ho hendry eto amin’izao tontolo izao, mila hery tsara hanoherana ny fahakiviana, ny fankahalana eto amin’izao tontolo izao ary ity fitokanana irery izay miandry anao, mivavaha mafy.

Rehefa tsy eo aho ka sorena ianao ka tsy mahita olona hampikôfesy anao araka ny tianao, ary rehefa tsy maintsy hifandao tanteraka, raha tsy hoe angaha hiantso anao alohako Andriamanitra, tokony hanana fahafahana bebe kokoa eo amin’ny fanahy sy ny eritreritra.

Mieritrereta amim-pahamatorana tsara alohan’ny handavana tanteraka.

Raha ny aminay aloha dia salama tsara izahay, mihatsara hatrany ny fasalamako, salama kokoa noho ny tany Lyon aho afaka iray volana.

Mivavaha ho anay sy ho an’ireo diakrantsika tanora izay ho pretra atsy ho atsy.

Mampamangy ny reninao tsara fanahy. Hotahin’Andriamanitra anie ianao.

Ny rainao ara-panahy.

A. Chevrier

378 (374) [12] Ho an-dRamatoakely Grivet

[aogositra 1877]

Araraoty tsara ny fijanonanao any La Salette mba hahazoana vatsy ara-pahasalaman’ny fanahy sy ny vatana, ary dia avelo eo akaikin’i Masina Maria virjiny ny fahamoran-tohinao, ny loniloninao, ary ny lolom-ponao, avelao eo ny fiainanao mba hiverenana ho tena fenon’ny fiainana ara-panahysy ny fiainan-danitra, mianara ny ho faty.

Mivavaha ho antsika rehetra, hivavaka hoanao sy ny fahamarinanao aho.

Mahereza sy mahareta. Ilay ray tena manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

Mampamangy ny reninao tsara fanahy sy ny fianakaviana Vallet.

379 (375) [13] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Grivet, Lyon

J.M.J. [Septambra 1877]

Ry zanako malala,

Hamasino tsara ny fahorianao sy ny fifadianao.

Ilay Andriamanitra, Mpampianatra tsara, handefa ho an’ny tsirairay izay ilaina hanaovana ny fibebahana.

Mahay mijaly tsara ho fahalavorariana tanteraka.

Mahaiza manao fanoloran-tena ao amin’ny kômonio raha ilaina izany mba hahafinaritra an’Andriamanitra, ary hanome ny fahasoavana izay ilanao Andriamanitra ao anatin’ny fiombonana ara-panahy.

Mitso-drano anao aho ary izaho no rainao ara-panahy.

A. Chevrier

380 (376) [14] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Grivet, Cours de Brosse, 4, A La Guillotière, Lyon

J.M.J. 17 nôvambra 1877

Ry zanako vavy malala ao amin’i Jesoa Kristy.

Hody any amin’ny Prado aho rahampitso, dia afaka ho tonga hikônfesy ianao amin’ny hariva, aloha kelin’ny alina, na rahampitso antoandro, aza manaraka ambokony ny fisalasalana na alina fihetseham-po mifanohitra amin’ny hatsaram-panahy, tsy maintsy ekena izay mahazo antsika ho an’ny fahamasinantsika ary mampianatra antsika hampihatra ny fanetren-tana, ny fahamalinana sy ny fankatoavana.

Meteza isika ho an’Andriamanitra manontolo, Andriamanitra irery no mendrika ny fontsika, tsinontsinona ny zavaboahary, tsy manao afa-tsy mampijaly antsika izy, satria tsy misy zavaboahary roa eto an-tany na tokana aza izy ireo, ary tsy nijaly tamin’ny fifampikasohany, navelan’Andrimanitra ho amin’izao izany mba hahatsapantsika fa izy irery no soa ho antsika, izy irery no soa ho an’ny fanahintsika ary tsy misy afa-tsy ao aminy irery no misy ny fitsaharana sy ny fahasambarana.

Ilay ray tena manolo-tena ho anao ao amin’ny Tompo.

A. Ch.

381 (377) [15] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, Cours de Brosse, 4, Lyon

J.M.J. [20 desambra 1877]

Ry zanako malala

Averiko ny takelaka iray tamin’ny taratasinao izay niresahanao tamiko momba an-dRamatoakely Margot. Marina loatra ireny zavatra ireny ka tiako hovakinao indray ho azonao tsara satria tsy zavatra na inona na inona tsy tiako noho ireny fandokadokafana manaitra ireny sy ireny resaka fihetseham-po mitarika amin’ny ara-panahy ireny, ny traikefa dia maneho amiko isan’andro tahaka ny ahona moa ireny fomba fanao ireny no manimba ny fanahy ary manary azy matetika, hitanay matetika izany, izahay mpampikônfesy izay mahita olona betsaka, raha tsara loatra ho anao aho, ary raha mahazo toearana ei amin’ny fifandraisantsika ny fihetseham-po ara-boajanahary, miala amiko avy hatrany, Jesoa Kristy alohan’ny zavatra rehetra, Izy irery no mendrika ny fitiavantsika, ary tsy tokony hahita afa-tsy Izy amin’ny zavatra rehetra, ko araka izany, ianao tia mamoaka ny ao am-po ary tena manao am-po ny ftiavana io, raha mihita mpitondra tahaka anao ianao dia samy ho very ianareo roa.

Meteza hiaina ao anatin’ny fanoloran-tena, ary raha misy fanoloran-tena vokatra ny fo atao, aza mihemotra hanao izany avy hatrany noho ny amin’ny fitiavana a’i Jesoa izay Mpampianatra tokana antsika.

Tsy ho afaka hampikônfesy ela angamba aho, mbola malemy ny feoko sy ny avokavoko, ary ty mbola mihena mihitsy ny kohaka ; ataoko fa afaka mandeha mitady an’Andriamtoa Farrissier, pretra tena mahafoy tena izy ary tia ny Tompontsika.

Ekeo ny fitokananao, ary matokia fa eo amin’ny fotoana tena mahamafy ny alahelo, ilay Andriamanitra tsara dia handefa olona hanampy anao.

Aza atao kitoatoa ny vavakao ary aza avela ny kômonionao izay fiainana ary loharanon’ny fiainana.

Ndao hivavaka miaraka isika rehetra mba ho tonga ety an-tany sy an anatin’ny fiainantsika ny fanjakan’Andriamanitra, ary ho tonga koa izy aorian’ny fahafatesantsika ; izany no faniriana tsara indrindra ifanaovantsika.

Enga anie hanampy sy hitahy anao ao amin’Andriamanitra ilay Mpampianatra tsara, ry zanako malala, ary enga anie ho hendry lalandava ianao.

Mahereza ary miantra olona, ary aoka ny finoana ho fitsiky ny asanao rehehtra izay hotarihin’ny fihetseham-pom-pitiava-namana marina.

Ilay rainao manolo-tena ho anao.

A. C.

382 (378) [16] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely Grivet, Lyon

J.M.J. [Desambra 1877]

Ry zanako vavy ao amin’ny ompontsika,

Avelako tsara ianao hianatra hanao sary, fa tsy hamizaka anao izany.

Ampiasao tsara ny fotoananao hianatra indrindra ny Tompontsika.

Afaka manontany amin’i Masera Cathérine ianao boky misy ny fiainan’ny Tompontsika izay ahitanao ihany koa sary tsara tarehy izay hanovozanao aingam-panahy.

Ny rainao lalandava.

383 (379) [17] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, Cours de Brosse, 4, Lyon

J.M.J. [8 janoary 1878]

Ry zanako vavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Misaotra anao aho tamin’ireo firariantsoanao ho an’ny taona vaovao, ny fahatsoran’ny fonao sy ny finoanao dia mampanantena fa hohenoin’Andriamanitra ireny ; angataho indra ho aho ny fahendrena, izay no zava-dehibe, misy vidiny tokoa izany noho ny fahasalamana sy nyharena rehetra.

Hitako fa liana ny siansa foana ianao, hianatra ny zavatra rehetra, hahay ny zavatra rehetra ; tena tsara izany, nefa tsy ho afaka hianatra ny zavatra rehetra eto an-tany ianao, hahay ny zavatra rehetra isika any an-danitra, ary Andriamanitra no ho fahazavantsika.

Ataoko fa mety kokoa ho anao ny mijanona amin’ny zavatra iray ary tsy hisindintsidina amin’ny karazana siansa, efa naomboka nanao hosodoka ianao, raha tafita amin’izany haikanto izany ianao dia misy ilana anao ho anay ary o an’ny hafa, mianara

manao lalan’ny hazofijaliana lehibe, manao vavaka lehibe, tabilao lehibe ho an’ny fianarana katesizy, hanampy anay betsaka ianao, raha afaka ho tafita ianao, amin’ny fampianarana ny ankizintsika madinika ; tsy misy afa-tsy ny mpanankarena no hividy ny bakoly, ary ny asan’n fanaovanao bakoly izay eo ambony “Cheminée” iray dia tsy afaka hitondra vokatra lehibe, izay rehetra miditra ao anatin’ny hajejoana dia tsy mitondra na inona na inona ho an’Andriamanitra. Tabilao lehibe ho an’ny ankizintsika, ny zanak’i Wilhelm.

Hitsofiko rano ianao ary rainao lalandava aho.

A. Chevrier

384 (380) [18] Ho an-dRamatoakely Grivet

[12 janoary 1878]

Ry zanaka malala,

Tsy mandray olona ao amin’ny efitranoko aho, ary tsy afaka mandeha any amin’ny Sakristy, tsy maintsy niandry andro vitsivitsy ianao.

Tena mbola tsy manam-paharetana amin’ny zavatra rehetra foana ianao, ary mila menaka iray barika mihitsy ianao hampahalemy sy hananao faharetana.

Hanome anao ny fahasoavany anie Andriamanitra.

Na izany aza, aza afangaro ny laharan’ny rainay sy ny talenao indrindra indrindra.

A. Chevrier

Mampamangy ny reninao.

385 (381) [19] Ho an-dRamatoakely Grivet

[janoary 1878]

Valiny.

Nindrana ny zava-miafina mangirifiry aho, ary rehefa haverina amiko izay dia ampindramiko anao.

Ataovy amim-pahatsorana ny rehetra, na dia amin’ny mpampikônfesy anao vaovao aza. Aza mandany fotoana loatra amin’ny hosodokonao ny alahady.

Efa mihatsara kely aho.

Hitahy sy hanome anao ny fiadanana anie i Jesoa.

386 (382) [20] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, Cours de Brosse, 4, La Guillotière, Lyon, Rhône

J.M.J. Vichy, 4 jolay 1878

Ry zanako malala,

Tena faly aho mahita ny ezaka masin'ny fonao aho amin'ny tsara, ny fiovan'ny fanahy sy izao tontolo izao. Ilay Mpampinatra tsara anie hamaly soa ny faniriana tsara, enga anie ho tanteraka ireny andray andro any. Tsy tsara ianao raha tsy mandeha mampianatra ireo mbola haolo any Afrika sy any Azia ary raha sendra hoatra hamita iraka amin'iny faritra iny aho dia ianao no halefakoan-tsitra-po any. Mivavaha amin'Andriamanitra mba hahafahantsika mitory ny Evanjely eran-tany, nefa indrisy, ny faritry ny fananantsika mbola voafetra ihany.

Mivavaha aamin'Andriamanitra mba handefasany mpiasa ho an'ny vokany.

Aza manahy na inona na inona ianao, ho tonga amin'ny fotoanany ny zavatra rehetra. Raha tsy afaka mahazo an'i Wilhelm izao dia hahzo azy ianao aoriana kely, ianao mantsy dia tianao atelina indray mandeha foanany zavatra rehetra, tsy mety izany ; mandritra ny fakan-drivotra dia azonao atao tsara ny manao zavatra tsara amin'i Wilhelm.

Raha ny amin'ny mpianatrao indray, aza miferin'aina loatra ianao, ary miezaha ianao satria fantatrao tsara fa izay rehetra tianao, izay rehetra irinao dia tsy voatery ho tsara mandrakariva, mikendry ny lafatra indrindra ianao, ary dia tianao ho azo avy hatrany izany, tsy mahay miandry sy maharitra ianao, nefa tsy maintsy mahay miandry tsara rehefa miaraka amin'ny olona rehetra, eny na dia amin'ny tenanao aza satria isika anie tsy mandeha malaky tahaka izay ilain'Andriamanitra, koa manana faharetana sy faherezana.

Mivavaka amin'Andriamanitra ho anao aho, ho an'ny reninao tsara fanahy sy ho an'ny mpianatrao ; hendre tsara hatrany, mivavaha, manaova kômonio ary manantenà an'Andriamanitra ilay Rainao sy herinao.

Ary momba ilay mpianatra tsy manana antokom-pinoana, mivavaha ho azy, ary miezaha ianao hiankina amin'ny tena fahamarinana : misy Andriamanitra iray, Andriamanitra niteny tamin'ny olombelona tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy zanany ; raha nampanao ireo asa roa voalohany amin'ny finoana amin'ireo fahamarinana lehibe ireo ianao, dia ho lasa lavitra nefa kosa raha mbola tsy nametraka ireo fototra roa lehibe voalohany ho an'ny fiorenana ara-panahy, dia tahaka ny tsy manao na inona na inona ianao, iangavio Andriamanitra mba hitahiany ny tenanao y ny fikasanao.

Efa mihatsara aho ary hiverina tsy ho ela any amin’ny Prado.

Hotahin’Andriamanitra anie ianao. Ho anao ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

387 (383) [21] Ho an-dRamatoakely Grivet / vérifier traduction faite par moi surlignée en jaune

Ramatoakely L. Grivet, ao amin-dRamatoa reniny any Lyon
Cours de Brosse, 4, Guillotière.

J.M.J. [Septambra 1878]

Mino aho fa amin’izao toe-panahy misy anao izao, ny mety aminao dia ny manao fitokanana any Fourvière, any amin’ireo vehivavy mpanao fitokanana.

Hanao ny fisiana kely ihany no nataoko ianao.

Mivavaha amin’ny Fanahy Masina hanome anao ny fitonian’ny fanahy sy ny fo mba hatao ao anatin’ny fiadanan’Andriamanitra sy ny fahamasinan’ny fanahinao ny zavatra rehetra.

Azo antoka fa tsy hody aho raha tsy amin’ny sabotsy ho avy. Raha tonga any Lyon Andriamatoa Mermillod, miangavia iray amin’ireo lehilahy ireo hitondra azy any amin’ny trano keliko ; fa tsy afaka hamaly amin’izay rehetra nolazainao momba ahy kosa aho, angamba satria ùbola fantatrao tsara fa izaho dia lehilahy mahantra izay tsy tsara ho hita afa-tsy avy eny lavitra eny fa tsy akaiky akory.

Mivavaka amin’Andriamanitra aho ho an’ny reninao tsara fanahy sy ho anao ary izaho ilay ray manolo-tena ho anao ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

388 (384) [22] Ho an-dRamatoakely Grivet

Ramatoakely L. Grivet, any Lyon

J.M.J. [Septambra 1878]

Ry zanaka malala

Miferinaina amin’ny zavatra kely foana ianao, tokony hanjary tony sy ho bonaika ianao, handray ny fahasoavana nomena anao ary hionona amin’izay nomena antsika amin’izao fotoana izao, tsy mitovy ny fotoana rehetra, na ny taona aza tsy mitovy foana na

tondraka ara-boankaza sy ara-bojatra, tsy maintsy mahay mifaly amin'izay omen'Andriamanitra antsika isika ary handray izany hatrany amim-pankasitrahana feno, satria ny kely omeny antsika dia betsaka lavitra noho izay mendrika antsika. Mangetaheta loatra anjara tsara ianao sy anjara izay mifanaraka aminaoary izay araka ny fanirianao. Mifalia ianao rehefa manana kely, ary raiso amim-pankansitrahana izay omena anao.

Raha ny amin'ny fangatahanao, manome toky anao ny amin'ny handraisanao kômonio isan'andro aho nefa dia mialà tsiny in-telo amin'Andriamatoa Farissier ianao tamin'ny fitsoahanao ny trano nataonao.

In-telo isan-kerinandro ny fitsipika, ary ny "bracelets" dia isan'andro fa isa-maraina kosa.

Ny fandinihan-tena eo amin'ny fandavana ny tena no tena fototry ny fandinihan-tena ary amin'izany no handraisanao fanapahan-kevitra.

Fandinihana ny fahatsiarovan-tena tamin'izay rehetra nataon'Andriamanitra sy ny nanomezany tsiny anao tamin'ny vavaka nataonao.

Ny telo andro voalohany dia atokany amin'ny fibebahana mba hahazoana ny fahasoavana.

Tsaroanao koa fa ny Tale tsara indrindra dia ny Fanahy Masina ; ny Tompontsika no Tale lehibe indrindra ho an'ny fanahintsikaraha mitafa aminy ianao, h... mihoatra ahy sy ny hafa Izy, ary mianara mifaly kely Aminy ianao, ary hanome tsiny anao tamin'ny hadisoana natao tao anatin'ny fahanginan'ny vavaka izay tsy ho azoko natao ao antin'ny kabary izay ataoko ho anao.

Hitso-drano anao aho ary rainay aho.

A. C.

389 (385) [23] Ho an-dRamatoakely Grivet

[Novambra 1878]

Hitay anao anie i Jesoa Tompontsika, ary hanome anao ny fanahin'ny fanoloran-tena izay hiaritra ny zavatra rehetra araka ny sitrapon'Andriamanitra.

A. Chevrier

390 (386) [24] Ho an-dRamatoakely Grivet

[St Luc, 22 desambra 1878]

Ry zanaka malala,

Aza malahelo tahaka an'io ianao, fa mba misaina tsara, mahereza ary mahareta, Andriamanitra anie hitahy anao amin'ny fahasahiranan-tsainanao rehetra sy ny alahelonao anaty, nieritreritra aho ny hamela anao ho tonga miaraka amin'ny reninao rehefa afaka izy amin'ireo fety ireo.

Salama tsara tsy miova eny ihany aho na dia eo ho eo ihany aza anefa ; mivavaka ho anao aho ary mitso-drano anao koa.

A. C.

391 (387) [25] Ho an-dRamatoakely Grivet

J.M.J. 17 janoary 1879

Aza mitebiteby ianao, ry zanaka malala, amin'ireny eritreritra tonga ao an-tsainao ireny, tsy misy dikany ireny, arakaraka ny ifantohanao betsaka aminy no anananao betsaka azy, aza atao misy antony izany.

Ny amin'izay, vizaka be aho hatramin'ny andro vitsivitsy izay, miverina indray ny fandoavana, ary dia miverina mangingina sy manirery aho.

Mitso-drano anao aho. Misaotra tamin'ireo fanomezana tsara.

A. C.

392 (388) [26] Ho an-dRamatoakely Grivet

[Febroary 1879]

Sady toetra ratsy sy maha-meloka aza ny tsy misahirana raha toa ka eo akaikinao misy olona marary... aiza ny fitiavanao namana amin'izany ?

Ao anatin'ny fisehoan-javatra no ahafantarana ny tena sy izay lanjan'ny tena, kanefa ny fitiava-namana no voalohany eo amin'ny fahamarinan'ny kristianina.

393 (389) [27] Ho an-dRamatoakely Grivet

[Febroary 1879]

Satria tsy iandraiketan-dRamatokely Luquin ianao dia tsy tokony hikarakara azy na ny fitondrany ; raha mangataka torohevitra vitsivitsy aminao izy dia afaka manome azy

an’izany ianao, raha tsy izay dia avelao izy hipetraka tsara, tsy tokony hitsabaka mihitsy amin’ny hadalany sy ny tsy fahamarinany ianao ary hino tsara fa hianjera aminy daholo izany indray andro, satria ny fahazavana dia hatao na ho ela na ho haingana, tsy misy na inona na inona miafina tsy ho fantatra.

Ho anao dia aoka ho marina foana ianao ary ho aminao anie Andriamanitra. Ny tsy fahamarinana sy ny ratsy dia afaka mamiratra anatin’ny fotoana fohy ary tsy maintsy maty sy mianjera ao anatin’ny haratony foana izy amin’ny farany.

394 (390) [28] Ho an-dRamatoakely Grivet

Asan-kantsaram-panahy tokony hatao.

Ô ! Ry Jesoa masina ô ! Ianao izay manadino ny tenanao hatramin’ny fanekana ho ambaniana sy ankahlain’izao tontolo izao, nanaiky hotsaraina sy hohelohin’ny olona ary hi faty tamin’ny fomba mahamenatra teo ambony Hazofijaliana.

Izaho izay maniry ny ho mpianatrao ary nampanantena ny hanaraka anao, ahoana no hahafahako hanao fitondran-tena tsy mitovy ary mifanohitra amin’ny anao, mitady ny ho ahy foana, tsy mihevitra afa-tsy ny ho ahy, ary dia mijery ny ho ahy amin’izay rehetra, ataoko ahoana no mba hahafahako ho mora tohina, izaho izay be fialonana, izay sarotiny raha hizaka ny fahadisoana kely ao amin’ny hafa rehefa mba feno hadisoana koa aho. Indrisy menatra aho Andriamanitra ô tamin’ny nanalavitako anao ary tamin’ny niainako tao anatin’ny fomba tsy dia mifanaraka amin’ny tarigetranao sy ny ohatra apetrakao. Jesoa ô mba omeo ahy amin’ny alalan’i Masina Maria Virjiny izay manetry tena sy kely amin’ny fijerena azy, ny mba tsy hitadiavako ho ahy foana na amin’inona na amin’inona, fa hanaiky amim-panetren-tena sy am-pitiava-namana, manadino ny tenako, tsy hiteny momba ahy mihitsy, tsy hikarakara ny tenako intsony, tsy hifantoka amin’izay mety ho eritreretin’ny olona na izay resahiny momba ahy, hametraka ny fitokisako manontolo aminao, hitady izay hahafinaritra anao amin’ny zavatra rehetra, ary tsy hihevitra izay fitsaran’izao rehetra izao, hampangina ao anatiko ao izao rehetra mifanohitra amin’ny fitiava-namana sy ny fanetren-tena kristianina.

Izany no fanapahan-kevitra raisiko eo an-tongotrao androany, ry Mpampianatro Masina sy Môdeliko, koa manantena ny handinika miaraka amin’ny famonjen’ny fahasoavanao sy ny fiarovan’i Masina Maria Virjiny, reniko izay mpisolo vava ahy o akaikinao anie aho.

Ary manome toky fankatoavana ny mpampikôfesy ahy aho, tsy hahita ao amin'ny fitondran-tenany ny amin'ny fiheverana ahy afa-tsy ny fomba hmpiasainy hanitsiany ahy amin'ny fahadisoako, ary hampitombo ahy ka hampihatra ny hatsaram-panahy.

Tsy te ho zazakely mitomany lava aho, fa teno ho mpianatr'i Jesoa marina tokoa.

395 (391) [29] Ho an-dRamatoakely Grivet

Rozery, lalan'ny hazofijaliana ; kômonio isan'andro.

Via dell'orazione e morte 92

Mora tohina, be fialonana.
Mijaly amin'ny rehetra ary tsy manao na inona na inona hampijaly ny hafa.

396 (392) [30] Ho an-dRamatoakely Grivet

Torolalana kely.

Sambatra izay malemy am-panahy, satria izy ireo no hanana ny fo.
[Tia ny rahavavy] fa tsy dia be resaka loatra.
Miankina amin'Andrioamanita irery ary tia ny olona rehetra.
Manana ny tenin'Andriamanitra ary afaka mpihatra izany.
Fanetren-tena, fanetren-tena. [kômonio] afa-tsy andro iray.
Fahatoniana, fahanginana, fahamalinana. Fahalalana onona ao anatin'ny saina, ny fo ary ny vatana.

Tsy maintsy mila fahendrena sy fahalalana onona amin'ny zavatra rehetra.
Tokony ho fianarana tsara ho antsika ny fahadisoantsika.

Amin'ireny fangatahantsika rehetra ireny dia miverina ami'ny fanapahan-kevitr'i Mômpera Farissier aho. Fanetren-tena, fanekena ary fanadavana ny rehetra
Mitso-drano anao aho. Ny rainao.

A. Ch.

Aza mino an-ireny fandokafana feno lainga ireny.
Manaiky tsara ny fitondran'i Mômpera Farissier.

[Afaka mahita ahy ianao] rahampitso aorian'ny lamesa.
Tony an-tsaina sy am-po.
Manao zavatra tafahoatra loatra ianao.

Fahanginana sy fahamalinana. Tsy be tari-dalana amin’ny mpianatrao.

Hotahin’i Jesoa anie ianao ary hanome anao ny fitonian-tsina sy ny fitoniam-po anie Izy.

A. Ch.

397 (393) [31] Ho an-dRamatoakely Grivet

Tsy mbola fotoana ieritreretana ny fiantsoana anao izao. Mivavaha sy mankatoava ny ray aman-dreninao ary hanome ny fahasoavana izay ilinao atsy ho atsy Andriamanitra.

Tsy maintsy hovakiko indray mandeha ny kahie alohan’ny hanomezako azy anao mba hanalana izay mihoatra nataon’ny mpandika.

398 (394) [32] Ho an-dRamatoakely Grivet

[1870]

Ataoko fa ao amin’ny fizahan-takelaka ity asa soratra ity (Tantaran’ny vahoakan’Andriamnaitra nosoratan’i Berruyer.

399 (395) [33] Ho an-dRamatoakely Grivet

J.M.J.

Tsy te hanoratra ho anao aho ry zanaka malala, satria ho faly loatra ianao, ka ny taratasy amin’ny fotoana toy izao dia toa hafahafa tsy mahazatra.

Hotahin’i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

400 (396) [34] Ho an-dRamatoakely Grivet

Tsy ampy fahamalinana ianao tamin’ny nitenenanao fa ho any amin’Andriamatoa Aubin ianao.

Aza manadino na ny fitavana namana na ny fahamalinana kristianina ary ataovy foana izay tsy hahasaikatra na iza na iza.

Mitenena zavatra amin’ny ankapobeny.

401 (397) [35] Ho an-dRamatoakely Grivet

Mba iadiana amin'ireny fakam-panahy ireny, ataovy tahaka ny manam-pinoana ianao, tsy mirehareha mihitsy amin'izay eritreritra tonga aminao, dia lazao matetika hoe : Andriamanitra ô ! izay namorona ny zavatra izay misy ho toy izao, mamindra fo amiko.

Hotahin'i Jeso anie ianao.

A. Chevrier

402 (398) [36] Ho an-dRamatoakely Grivet

Avelako manavao ny voadinao hatramin'ny Paka ihany ianao.

Hendre tsara mandrakariva ary hotahin'Andriamanitra anie anao.

A. Ch.

Ho an-dRamatoakely Tamisier

403 (445) [1] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. [1872]

Ranabavy malala,

Nahoana ianao no gaga amin'ny zavatra voajanahary heverinao izany fa hipetraka aty aminao i Mad. de M. ary hanome haja ny fisiany ao amin'ny tananan'i Ars manontolo ianao. Hevitra tena miavonavona izay tsy hisy vokany izany ary dia efa nanao tahaka izany ianao.

Aza dia mianoka ao anaty nofinofy ianao. Mijanòna ho zazakely foana eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona rehetra. Fanetren-tena kely tahaka ny voatsinapy dia hahasoa anao ny fanahinao sy ny fonao.

Ireny tebiteby ireny, ireny fahasorenana ireny, na ambony, na ambany, inona moa ireny afa-tsy avonavona, fanambonian-tena. Ataovy ambany daholo ireny rehetra ireny dia ho sambatra sy ho faly ianao. Tsy ho izany mihitsy ao anatin'ny firehetam-po.

Ny fiainana kristianina, ny fahafatesan'ny tena, izany no ilaina, ary handeha tsara ny rehetra miaraka amin'izany. Avelao hilamina ny olona, aza mikarakara azy ianao. Eritrereto ny famonjena anao, amin'ny fahalavorarianao, raha afaka manao izany ianao, rehefa avy eo tsy mieritreritra zavatra hafa na inona na inona.

Jesoa anie hitahy anao sy hanome fanetren-tena kely sy fitiava-namana tena marina anao.

A. Chevrier

404 (446) [2] Ho an-dRamatoakely Tamisier

[12 jiona 1873]

Ry zanaka malala,

Nisafidy fomba lehibe iray ianao manahy mafy aho fa te handray fepetra iray mitovy amin'izany ireo lehilahy ireo, izany hoe hangataka fiankohofana maharitra any amin'ny fiangonana rehetra.

Ny asan'Andriamanitra dia manomboka amin'ny zavatra madinika. Ny tranonomby, ny kalvery, izay no fiantombohan'ny asa tsaran'Andriamanitra. Izay miantomboka amin'ny fomba hafa dia tsy mitohy na ratsy fahombiazana.

Mivavaha, miandrasa am-paharetana, miankohofa ary manomboha mifanaraka amin'ny fanirianao, mora aminao ny ho tafita ao anatin'ny fahatsorana sy fanetren-tena.

Mivavaha ho ahy amin'Andriamanitra ary izaho hivavaka ho anao.

A. Chevrier

405 (447) [3] Ho an-dRamatoakely Tamisier

[22 septambra 1873]

Ao anatin'ny fanetren-tena, fibebahana ary fanadinoana ny tena no iaino ary aza manomboka mandray izao tontolo izao ho anao.

A. Chevrier

406 (448) [4] Ho an-dRamatoakely Tamisier

[Prado, 16 ôktôbra 1873]

Ramatoakely,

Tena tsara ny fanirianao. Hivavaka amin'ny Tompontsika aho ny hanampiany anao hahatanteraka ireny.

A. Chevrier

407 (449) [5] Ho an-dRamatoakely Tamisier

Androany faha 28 ôktôbra 1873

Ramatoakely,

Tena tsara sy maha-te-hidera ny fanirianao ary hitako fa mifanaraka amin’ny fanirian’ny Tompontsika. Hivavaka amin’i Jesoa ilay Mpampianatra tsara ho antsika aho hanampy anao hahatanteraka an’izany.

A. Chevrier

408 (450) [6] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. [1873]

Hivavaka amin’Andriamanitra aho ny mba hitahiany anao ary handefa ny Fanahiny Masina Izy ka ny toroheviny madio loatra hampandeha anao ao amin’ny lalana izay manome voninahitra ny Tompontsika araka izay azo atao.

Marie Madeleina dia nandray ny anjara tsara indrindra teo an-tongotry ny Tompontsika.

Tena tiako kokoa ny mahita anao manao vavaka akaikin’ny Mpampianatra toy izay hitety izao tontolo izao tsy hanao na inona na inona.

Hotahina anie ianao.

A. Ch.

409 (451) [7] Ho an-dRamatoakely Tamisier

[1873]

Tiavo ny Tompontsika ao anatin’ny hazofijalianaosy ny tsy fanampiana anao.

A. Chevrier ho an-dRamatoakely T.

410 (452) [8] Ho an-dRamatoakely Tamisier

[Lyon, 16 marsa 1874]

Reko tamin’Andriamatoa Bridet fa mandeha tsara ny resaka amin’Andriamanitra. Mahereza ary hanampy anie ny Tompontsika, ary indrindra hanome hanome anao ny fanetren-tena, ny fanahin’ny fibebahana sy ny fiadanana.

A. Chevrier

411 (453) [9] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. [jolay 1875]

Hanao ny Veni Creator isan'andro ianao mba hanapa-kevitra ny momba anao ny amin'izay fahazoana tombon-tsoa ny amin'ny famonjena anao ny Fanahy Masina.

Hotahin'i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

412 (454) [16] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. [jolay 1875]

Rehefa misy zavatra tonga ho azy dia tsy maintsy eritreretina fa avy amin'Andriamanitra ireny.

Satria amin'ny lafiny iray, voaroaka ianao, ary amin'ny lafiny iray omena trano fonenana ianao, tsy misy isalasalana izany, tsy maintsy ekena ary tonga hijery ianao raha mety mifanaraka aminao amin'ny lafiny hafa.

Hotahin'Andriamanitra anie ianao.

A. Chevrier

413 (455) [11] Ho an-dRamatoakely Tamisier

+ [23 marsa 1876]

Raha hahita an'Andriamatoa Cissey Ramatoakely Tamisier, iangaviako izy hanao araka izay rehetra azony atao eo amin'ity lehilahy tsara fanahy ity mba hahazo ny fahasoavana izay angatahin'ity ray mahantra ity ho an'ny zanany lahy. Fantatro io tovolahy io, nijanona ela tao amn'ny tranontsika izy. Tovolahy marina, tsara fanahy, kristianina, ary ireo ray aman-dreniny dia mendrika ny hanaovana zavatra.

Tena hankasitraka anao aho ary handoa izany fankasitrahako izany amin'ny alalan'ny fitondrako am-bavaka eo anatrehan'Andriamanitra ho anao sy ho an'Andriamatoa Cissey tsara fanahy. Ilay Andriamanitra tsara anie hanampy sy hampahery ary hitahy anao.

A. Chevrier, ato amin'ny Prado

414 (456) [12] Ho an-dRamatoakely Tamisier

[1876]

Ramatokely anabavy malala,

Ity ny renin'ilay tovolahy, maniry handeha any Besançon, izay nahazo fahazoan-

dalana tamin’ny vadiny, izay ao amin’ny lalamby.

Afaka mitondra ny taratasinao sy ny ahy any amin-dRamatoa de Carmejane izy ary afaka manao izay azony atao ho an’ny zanany eo an-toerana izy.

Hotahin’Andriamanitra anie ianao ary hivavaka ho an’ny fanirianao aho.

A. Chevrier

415 (457) [13] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. [5 avrily 1876]

Ramatoakely sy ranabavy malala ao amin’ny Tompo,

Ilay ahiantsika dia vao avy nanoratra tamin’ny ray aman-dreniny fa mikarakara ny amin’ny fiovany ny tompon’andraikitra ka tsy maintsy hahita kôlônely iray na manam-boninahitra any Besançon izay handray azy ao amin’ny vondron-tafika misy azy.

Toa tadidiko ianao niteny tamiko momba an-dRamatoa Carmejane hoe vadina miaramila. Mety hahazo izay angatahina raha misy fanelanelana ary ho vita malaky ny raharaha.

Azafady ary mba resaho amin’Andriamatoa Suchet raha azo ifadaminana arak’izany ity raharaha ity ary dia ampitao any aminy ny famangiako azy amin’ny foko ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier, ato amin’ny Prado

Ity ny taratasin’ilay tovolahy.

416 (458) [14] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. [1876]

Ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Aza mifantoka amin’ny taratasin-dRamatoa Jacquemin, te hampanambady ny zanany lahy amina tovovavy lehibe sy manan-karena noho i Marie izy. Te hamilivily ny eritreriny amin’ilay fanambadiana no anoratany tahaka an’iny. Aza mieritreritra an’iny ianao. Ny aminao indray dia mivavaha sy manana faharetana ao anatin’ny fahasahirananao, ary raha raisin’ny olona any Lantignié ianao, fotoana fohy foana no ijanonanao any. Mahereza ary matokia, tiavo lalandava Andriamanitra.

A. Chevrier

417 (459) [15] Ho an-dRamatoakely Tamisier

J.M.J. 9 desambra 1876

Ramatoakely anabavy malala,

Reko tamin'alahelo ny toe-pahasalaman'ny zanak'anadahinao aoka hanantena ianao fa ny aretiny dia soa ho azy amin'ny fampahazoana azy fa rehefa miditra amin'ny fanambadiana dia misy fandaminana tsara tokony ananana.

Andriamanitra anie hanampy azy sy hanazava azy ary hanome azy ny fahasoavany. Mivavaha ho azy, ary ampionony ny ray aman-dreniny, ary tsy maintsy manantena fa hivadika ho voninhitr'Andriamnitra ny zavatra rehetra sy ho an'ny famonjena azy.

Mivavaha ho ahy sy ny asa soa keliko.

Hotahin'Andriamanitra ianao sy ny fianakavianao rehetra.

A. Chevrier

418 (460) [16] Ho an-dRamatoakely Tamisier

Tsy zavatra tsy inona isika ka tsy maintsy ho gaga na amin'inona na amin'inona.

Ilay manolo-tena ho anao ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

419 (461) [17] Ho an-dRamatoakely Tamisier

FANONTANIANA AVERINA ANY AMIN-DRAMATOAKELY E.T.

1° Ny vavaky ny ray ho an'ilay marary malalantsika mba hanafainganan'Andriamanitra ny fiverenana aty sy hiahiany ny ho aviny.

- Eny.

2° Vavaka mbo hisehoan'ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fandehanana any Afrika na amin'ny fifamaihan-toerana ? Inona no tokony antenaina ?

- Fanekena

3° Vavaka ho an'ny fianakaviana iray tena voazarazara ary ny fifanohanana ao amin'ny toetra sarotiny.

- Fifanohanana

4° Afaka manantena ny fahasitranako avy amin'ny mpitsabo ve aho ?

- Fanamaivanana.

5° Tsy manan-tsiny ve aho raha manalava ny fijanonako any Tours ?

- Tsia.

6°Tokony hitady hiasa aty amin'ny asa soan'ny Sakramenta Masina ve aho ?

- Tsia.

7° Rehefa miala any Tours, tokony hikarakara ny fivahinianana masina any Favernay (Besançon) izay notapahin'ny kôngresin'i Lille ho ivon'ny hetsika Eôkaristika amin'ny taona 1877 ve aho ?

- Eny.

Ny RR. Mômpera ao Sakramenta Masina sy ireo hafa dia samy naka ity asa soa ity, mbola ilaina ve ny idirako amin'izany ? Tsy manimba zavatra ve izany ?

- Fahamalinana

Avy amin'ny misy ahy dia maniry ahy tsy hanao na inona na inona Andriamatoa de Cissey, ary hamela ho azy ny fitondrana ny zavatra rehetra amin'ny anaran'ny "Réparation nationale" asa soa izay mitatra ary apetraka saika eny rehetra eny mba hamintinana ny asam-bahoaka rehetra ?

- Eny.

420 (462) [18] Ho an-dRamatoakely Tamisier

Manolotra ny fanajan-janaka feno fanajana an'i Mômpera ChevrierRamatoakely Tamisier ary mampanontany hoe :

1° Ny vaovaony

Tsaratsara.

2° Raha nahavoaray taratasy ara-panjakana ny amin'ny fiverenan'ny Jacquemin any France ilay ahian'i Mômpera

Voaverina.

3° Voaomana ihany ny fety any Avignon. Amporisihin'i Mômpera handeha any ve aho ? Mila ny heviny mihitsy ny amin'ny io aho.

Tsy fantatro.

4° Mangataka vaovao avy amin'i Mômpera ho an'ireo faniriako rehetra aho.

Eny.

Miangavy azy aho handray ny fanajako lalim-paka.

E. Tamisier

Mahereza, hanampy anao anie Andriamanitra tsara ary hanome anao ny fahasoavany sy ny fiarovany. Misoatra ny amin'ny fikarakarana sy ny sisa. Mitso-drano anareo aho.

A. Chevrier

Ho an-Ramatoakely de Marguerie

421 (332) [1] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1872]

Ry zanaka tena malala

Mangataka amin'Andrimanitra aho mba hanomezany ny fahasoavany be dia be mba hahazoany mampanaiky ny sitrapony masina amin'ny zavatra rehetra, ary raha ny fahafatesana ihany no fomba iray hamonjena anao, enga anie hataony izay ahatongvanao any aminy amin'io fomba io.

Hotahin'i Jesoa anie ianao. Aza atao kitoatoa ny kômonio.

Amin'ny anaran'Andriamanitra.

A. Chevrier

422 (333) [2] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1873]

Ry zanaka tena malala

Manana faniriana izay tsy fantatro foana aho, rehefa manome toky aho, dia tena manana finiavana hitana azy aho, dia tonga ny sakana zatoambiarivo izay manakana ahy hihetsika ; manana fahatokiana kely fa ho avy ao aminao Andriamanitra hanampy anao.

Mieritrertra matetika ny fahantranao aho ary dia mivavaka amin'Andriamanitra hampionona anao.

Mahereza ary. Somary vizaka kely aho, mila miasa koa aho, rahampitso hiakatra any Limonest aho hiasa sy ho ao anaty fahanginana ; mahereza, hotahin'Andriamanitra sy hampiany anie ianao.

A. Chevrier

423 (334) [3] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1873]

Ry zanaka malala sady anabavy ao amin'ny Tompontsika

Ity ilay olona nolazaiko taminao tany am-piangonana andro vitsivitsy izay.

Ampio izy, azafady, hiala amin'io toetra malahelohelo misy azy amin'izao fotoana izao io miaraka amin'ny zanany.

Hotahin'Andriamanitra sy hampiany anie ianao.

A. Chevrier

424 (335) [4] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [S^{t} Fons, jolay 1873]

Ry zanaka tena malala,

Raha manana ny hery sy hafanam-po ho any Paray ianao dia tsara raha mandeha mistidika ny masimbavy tsara fanahy izay nanambara ny zava-miafin'ny fon'ny Tompontsika ary nampianatra antsika ny fampiharana ny fanetren-tena sy ny fankatoavana.

Ny andro itsivitsy hialana sasatra any Paray dia hanome fahazavana lehibe ny amn'ny fitiavan'i Jesoa ho antsika ary hampahafantatra kely anao ny amin'ny fampiharana ireny fahamarinana izay sarotra loatra ho anao ireny nefa mendri-piderana rehefa hainao ny mampiasa azy amin'ny asa madinidinika.

Miangavy anao koa aho amin'ny vavakao ho ahy. Tsy manadino anao koa aho ao anatin'ny fitokanako irery izay angatahako ihany koa amin'ny Tompontsika ny hanomezany ahy herim-po haharitra raha izany no sitrapony.

Raha any Paray ianao amin'ny alahady ho avy, azo antoka angamba fa ho hita ao ny tanoran'i Alix, hisy olona iray hanamora izany.

Hotahin'i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

425 (336) [5] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. 24 septambra [1873]

Ry zanako tena malalako

Araka ny hevitro, noho ny fankasitrahana, dia tokony handeha any Lourdes ianao mba hisaotra kely ny Virjiny Masinaary miangavy azy mba hanao zavatra ho an’ny fanahinao tahaka izay nataony tamin’ny vatanao, tena ilainao izany.

Izaho ilay rainao manolo-tena ho anao sy mitso-drano anao.

A. Chevrier

426 (337) [6] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1874]

Ry zanaka vavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Misaotra ny amin’ny fitiavanao namana. Hanome anao ny fahasoavany anie ilay Mpampianatra tsara sy ny fiainany ara-panahy izay mitondra ho any amin’ny fiainana mandrakizay.

Hataoko izay azoko atao handeha hijery anao ary handray anjara amin’ny fivorianareo mendri-kaja loatra.

Mieritreritra aho fa voninahitra ho ahy ny hahita anao alohan’ny alakamisy.

Ilay mpanompo manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

427 (338) [7] Ho an-Ramatoakely de Marguerie / vérifier +++ traduction faite par moi phrase en jaune

J.M.J. [1874]

Ry zanako vavy malala,

Hody any amin’ny Prado aho rahampitso asabotsy maraina, afaka ho tonga ny alatsinainy ianao, ho ao aho, ary afaka mandamna ny eritreritrao ianao raha ialainao.

Izay rehetra miseho, dia tsy tonga amintsika raha tsy avy amin’ny alalan’ilay Raintsika, ary tokony hahay hidera Azy isika amin’ny zavatra rehetra na amin’ny tsara tahaka ny amin’ny ratsy.

Matokia re an’ Andriamanitra Raintsika ary mba omeo Azy voninahitra amin’ny zavatra rehetra na ao anatin’ny tsara na ao anatin’ny ratsy. Tsy manao ratsy Andriamanitra, isika no manao izany, ary iay no ratsy, izany hoe ny fahotana no fototry ny ratsy rehetra eto

amin’izao tontolo izao ; araka izany dia manaiky ny vokatry ny fototry ny ratsy izay nataontsika ihany isika.

Hendre tsara ary dia araraoty ny ny fiainana kelinao hanompoana an’Andriamanitra sy hitia Azy handehananao any an-danitra.

Hotahin’Andriamanitra anie ianao ary hanampy anao Izy amin’ny fahorianao.

A. Chevrier

428 (339) [8] Ho an-Ramatoakely de Marguerie / vérifier +++ traduction faite par moi phrase en jaune

8 desambra 1874

Tsy manadino anao aho eo anatrehan’ilay Andriamanitra tsara ary mivavaka mba ho tsara ny dianao ary hanaparitaka ny tso-dranon’Andriamanitra any amin’ny fianakavianao ianao tahaka ny nanaparitahan’i Virjiny Masina izany tao an-tranon’i Masimbavy Elisabeth.

Ataovy toy ny lainga ny ohabolana hoe : vato izay mikodiadia tsy mandroaka lomotra ; eo am-pikodikodianana sy eo am-pandehandehanana dia mianara hahafantatra ny tontolo ny hakeliny, ny tsy misy ao aminy, ny fieboeboany ary ny faharetany fohy, ary fantaro koa eto an-tany na aiza na aiza dia tsy miy afa-tsy ny fahantrana, fahasahiranana sy alahelo.

Mivavaka ho anao aho ary mangataka amin’Andriamanitra ny hanomezany anao fahafatesana vetivety izay irinao ; ary raha Andriamanitra hanome anao io fahafatesana amin’izao fiainana izao no maniry ianao dia ny mba handehanao tsy ho ela hihaona amin’i Jesoa Kristy Mpampianatra antsika.

Tsy misy afa-tsy zavatra tokana no irina eto an-tany : mahafantattra an’i Jesoa Kristy Tompontsika, tia Azy sy manaraka Azy, tsinontsinona ny sisa, fa sambatra izay izany ka mapihatra azy.

Aza adinoina ny fivavahanao, ny fanazarana madinidinika amin’ny vavakasy ny kômonio, tokony hila an’Andriamanitra ianao ary aza avela Izy.

Misaotra tamin’ny fahatsiarovanao sy ny fanirianao tsara ho anay.

Hotahin’Andriamanitra ianao sy ny fianakavianao.

A. Chevrier

429 (340) [9] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Janoary 1875]

Ry zanako tena malalako,

Misaotra tamin'ireo fanomezana kely, enga anie ho voarain'i Jesoa zazakely masina ary hanonitra izany avo zato heny ho anao izy amim-pahasoavana ara-panahy.

Mirary fanetren-tena sy fitiava-namana tonga lafatra ho anao aho.

Mirary anao ho any an-danitra tsy ho ela aho, azoko tsara ny fijalianao, ny fahasahirananao, ny fahasorenanao, ary ny fitokananao ; mangataka amin'Andriamanitra aho hanova ireny ho fiainana tsara amin'ny fametrahany anao eo anilany.

Tena mahantra sy mahonena ny tany, ao amin'ny fivalozana isika, tsy maintsy vidiny amin'ny alalan'ny fijaliana ny lanitra. Eritrereto fa manana anjara lehibe amin'ny fijaliana ianao ary vokatr'izany manana anjara amin'ny valisoa ianao.

Hanao lamesa masina ho anao aho rahampitso ary hamerina ireo fanomezanao. Eo am-panaovana ny kômonio masina dia handray ny harem-pahasoavana ianao.

Enga anie hotahin'i Jesoa ianao ary hanome anao izay angatahinao ho anao Izy.

A. Chevrier

430 (341) [10] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Janoary 1875]

Ry zanaka malala,

Tsy tompon'ny fotoanako na ny fiainako aho.

Maniry indrindra ny ho afaka mankato anao aho, fahafinaretana azo zaraina tsara izany, fantatro. Mivavaha amin'Andriamanitra mba hanomezany fotoana ho ahy ary ho sambatra aho raha handeha hiaraba ny Virjiny masina renintsika, ary handeha hijery ny zanany vavy malalany.

Enga anie hotahin'i Jesoa ianao.

A. Chevrier

Hosokafako indray mandeha ny taratasy kelinao hirariako taona tsara ho anao ary fahendrena mba ho sambatra ianao araka an'Andriamanitra.

A. Chevrier

431 (342) [11] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1875]

Ry zanaka tena malalako,

Nanoratra taratasy tsy tsara loatra ianao indray andro iny, raha nanana fotoana aho dia nandeha nijery anao fa mahatsiaro voarakaraka foana aho.

Mahatsapa fahasahiranana aho amin'ny fahatsapana anao ao anatin'izany toe-javatra mampalahelo izany sy ao anatin'izany faniriana tsy misy farany ny fahafatesana izany, ao re, atrakao ity fanahy mahantra ity.

Aza mijanona eo amin'io toerana kelinao io, tongava indraindray fa hanokana fotoana kely ho anao foana aho.

Tena mampahonena ianao, hivavaka ho anao aho ary hiangavy an'ilay Mpampianatra tsara hanome anao herim-po ary hahitanao tombontsoa ara-panahy ny fahantranao rehetra.

Mitso-drano anao aho.

Ho any St Fons aho angamba amin'ny herinandro ho avy hisolo toerana an'Andriamatoa Curé izay tsy ho eo an-toerana. Raha tsy mandeha any aho dia hijery anao.

A. Chevrier

432 (343) [12] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

[Tsy misy pejy iray...] tsy fantany izay ao anatin'ny taratasy fa ho afarako.

Voaraiko ny valin'ny taratasy farany ary tena novakiko tamim-pahafinaretana satria natahotra aho sao ity fotoana farany ity hanipy anao ao anatin'ny fahasahiranana nefa hitako fa zakanao amin-kerim-po ny fitsapana, ary manantena aho fa hilamina ny zavatra rehetra ho voninahitr'Andriamanitra sy sy ny hatsaran'ny asa soa ataontsika.

Miantehitra amin'ny vavakao aho ary tsy manadina anao eo anatrehan'Andriamanitra.

Mba omeo ny vaovaonao aho.

Ny rainao Mompera Chevrier manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

433 (344) [13] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [St Fons,] 25 jiona [1875]

Ry zanaka tena malalako,

Ato amin'ny fitokanako kely aty St Fons aho mandritra ny andro vitsivitsy. Mivavaha

mba hanampian’ilay Mpampianatra ahy, hanazavany ay, hanovany sy hampaherezany ahy, tena mila ny fahasoavany sy ny fanomezany ny Fanahiny izay tadiaviko indrindra. Atolory an’Andriamanitra Tompontsika ny vavakao vitsivitsy sy ny fiovanao amin’ny fiovam-pon’ny mpanota ary ao anatin’izany aho ; sarotra ny hanjary olomasinailaina hafa mihity ny fahasoavan’Andriamanitra, ny fifandraisana amin’ity fahasoavana ity izay mitaky ezaka betsaka ary mikatsaka fanahy mahery sy mihantra olona, mba ho faty matetika na lalandava, mampitahotra ny lalako sy ny tsy fahampian’ny fifandraisako amin’ny fahasoavan’Andriamanitra ary ny tsy fahampian’ny zavatra tsara ataoko sy ny zavatra ratsy ataoko na avelako atao.

Mivavaha mba hianarako mitia an’Andriamanitra araka ny tokony ho izy mba hampianarako ny hafa ary hanao hitiavanao azy bebe kokoa, hangataka ny fanetren-tena ho anao aho, ka ny fanetren-tena lalim-paka sy vokatry ny fo marina izay adino ho azy, izay mankahala ny tenany tsy an’eritreritra ihany fa indrindra amin’ny asa : manetry tena eo anatrehan’Andriamanitra, eo amin’ny namanao, ary manetry tena ao anatinao ; enga anie hahafinaritra eo amin’ny Tompontsika ianao raha mampihatra ity fahamarinana tsara ity, ity fahamarinana tsara izay tsy ampy ao aminao matetika ity no fototry ny fahasahirananao sy ny alahelonao ary ny fahasorenanao eo amin”ny fiainana, araraoty lalandava ny fijalianao, io ilay harena miafin’ilay Mpampiantra tsara, hahatonga anao hitovy lasitra Aminy ary hametraka anao eo amin’ny hazofijaliana Izy, hanao ho toy ny vato izay tokony hiditra araka ny nolazain’i Masindahy Piera ao amin’ny faritry ny tranony ara-panahy sy any an-danitra izay ampijaliany anao, meteza ary ianao hoamboarina tsara, misy zavatra betsaka hoesorina ao amin’ity vato ity ary tsy hisalasalanao akory nefa dia tena marina izany.

Ao anatin’ny fijaliana no hampiharanao ny fanetren-tena, ny faheretana, ny fitiavana namana, ny fekena an’Andriamanitra ary manadio izany rehetra izany, manadio ary manatsara ; mahereza, avelao hiasa ny mpiasa tsaran’ny lanitra, fantany tsara hoe aiza no tokony hopehina ary tratrany tsara ny tapany tokony hesorina, fantatrao tsara ny vato maromaro dia mila hopehina bebe kokoa noho ny hafa, iray amin’ireny vato ireny ianao, maneke ary avelao ary izy hiasa.

Mangataha ny fanetren-tena ho anao aho, ny faharetana, ary ny fanekena am-panetren-tena izay rehetra tian’Andriamanitra ho an’ny voninahiny sy ny famonjena anao.

Hanome anao ny fiadanana anie i Jesoa Tompontsika, ny fahasoavany sy ny tso-dranony.

Ilay ray ratsy sy mahonena manolo-tena ho anao.

A. Chevrier
Ao amin’Andriamantoa pretran’i St Fons, Vénissieux

434 (345) [14] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. 19 jolay [1875]

Ry zanaka malala,

Mino aho fa ny ranon’ny fahasoavana dia misy vidiny kokoa noho ny ranon’ny tany.

Arak’izany dia handeha aho amin’ny talata na alarobia farafahatarany ho any amin’ny Masindahy François Régis ; any no hahitako pretra tsara izay hanampy ahy hiova fo, ary ny ranon’i Masindahy François Régis hanome vokatra tena tsara noho ny ranon’ny tany.

Mivavaha ho ahy izay tsy misy vidiny ary mangataha amin’Andriamanitra mba hanao fitokanana tsara aho.

Ny rainao mankasitraka anao.

A. Chevrier

435 (346) [15] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. 29 agostitra 1875

Ry zanako malala indrindra ao amin'i Jesoa Kristy

Ny tso-dranon'ilay Andriamanitra tsara anie ho aminao sy ho amin'izay anananao, izany no firarian-tsoa voalohany avy amin'ny fo ataoko aminao satria fantatro tsara fa tena mila izany ianao mba hamakivakianao ity fiainana izay tena mafy ho anao ity, kanefa mety hahamendrika anao raha hainao ny manararaotra azy.

Koa aoka àry isika samy hieritreritra ao an-tsaina fa fohy ny fiainana, fitsapana tsy maintsy lalovana izao fotoana izao, azo avadika ho amin'ny tsara ireo izay rehetra mitranga amintsika, ary ireo asa rehetra feno hatsaram-panahy tanterahana am-pinoana sy am-pitiavana dia hahazoantsika voninahi-dehibe any an-danitra, tsara tokoa ny finoana satria mampitony antsika eo amin'ny alahelo sy fangirifiriantsika , koa ahodino ho amin'ny lafy tsara amin'ny alalan'ny finoana sy ny fitiavana ireo fahoriana sy aretinao, maniry mandrakariva ny ho faty ianao, kanefa fampijalian-tena ny fahafatesana, ary tsy afaka miova izy raha tsy mampanantona antsika amin'Andriamanitra sy mampahatonga antsika ho fananan'Andriamanitra. Maniry aho raha maniry mba ho lalana iray tena azo antoka

hahatongavana eo amin'Andriamanitra izay nangatahanareo amin'io fomba io, kanefa ho amin'izany dia tsy maintsy mahery sy ambony lavitra noho ny fisainan'ny eto an-tany sy fisainan'olomhelona ny fitiavan'Andriamanitra. Amin'izay mantsy dia tena fitiavana lavorary sy tonga lafatra tokoa. Nefa na izany aza dia mihevitra aho fa asam-panekena ny sitrapo masin'Andriamanitra dia mitarika bebe kokoa ho amin'ny faniriana ny fahafatesana.

Hangataka amin'Andriamanitra izay zavatra nangatahanao tamiko aho, kanefa raha ny amiko, ho anao manokana dia tiako ny mahita anareo velona mba hanome voninahitr'Andriamanitra sy hiasa hoan'ny famonjena ny hafa toy izay mahita anareo maty, satria vitsy ny fanahy miasa mba hampitia an'Andriamanitra eto an-tany ka mahafaly ny mahita olona hanatontosa io asa tsara io, koa mahereza àry ry zanako malala, hanome anao ny fahasoavany anie Andriamanitra satria voavaly amin'ny fomba maro samihafa mandrakariva ny vavaka.

Raha hitanao ny rahalahinao, Atoa Evrard, dia meteza ianao mba haneho aminy ny fanehoam-pitiavana feno fanajana avy amiko ary mivavaka ho azy aho.

Ary ianao ry zanako malala, maharetà ary enga anie ianao mba hitombo ao amin'ny fitiavana an'i Jesoa sy eo amin'ny fiatahana tanteraka amin'ny tenanao.

Hanome asa anao aho amin'ny fiverenako.

Raha mba mahita fahendrena kely ianao any amin'ny dia alehanao any dia mba hitondray vatsy maro amin'izany ho ahy satria tena mila betsaka an'izany tokoa aho sy ho an'ny hafa ary aza ariana eny am-pandehanana izany.

Aoka isika rehetra hivavaka mafy tokoa mba hahazo izany.

Mbola mamerina mitso-drano indray aho ary ho eo amin'ny fiverenanao anie ny anjely tsaranao.

Ilay Rainao nanokan-tena ao amin'ny Jesoa.

A. Chevrier

436 (347) [16] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Novambra 1875]

Ry zanaka malala ao amin'Andriamanitra tsara

Mandalo ihany ny tsy fahasalamana, vokatry ny fofona loko avy amin'ilay sarin'i Kristy tao ambadiky ny ôtely, fifohana rivotra kely ao anatin'ny ora vitsy dia efa ampy hampisinda izany.

Mangataka ho anao ny mba hiainanao io fiainana ara-panahin'i Jesoa Kristy izay tena fahafatesana marina, ary manome antsika koa ny fiainana mandrakizay io aho. Raha ny fahafatesan'ny vatana no ilaina mba hahatongavana amin'ny fiainana, enga anie mba omen'Andriamanitra anao izany, ka hangatahaka aminy amin'ny foko manontolo aho.

Hitahy anao anie i Jesoa ka hanome anao ny fahasoavany, ny fahazavany ary ny fitiavany.

Aoka ho velona sy ho faty ao amin'Andriamanitra ianao.

A. Chevrier

437 (348) [17] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Marsa 1876]

Ry zanakovavy malala indrindra ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika,

Tena manome alalana anao tokoa aho ny hisotro kafe ho solon'ny sokolà satria nankarary anao io, fa saingy kafe tsy misy ronono ary miaraka amin'ny mofo kely ihany no nohaninao. Tsy mandray olona i Monseigneur ny alatsinainy, tena reraka be angamba izy, tsy voaray izahay, fa mbola hiverina any amin'ny manaraka.

Aoka ianao ho tena mpanetry tena, izany no fahasoavana lehibe indrindra azon'Andriamanitra omena anao eto an-tany, amin'ny alalan'io hatsaram-panahy io no hahavonjy anao, ary rehefa manana kely amin'io hatsaram-panahy io ianao dia ho azonao daholo ny fahasoavana rehetra.

Mivavaka mandrakariva ho anao aho ary mangataka ny soa sy tsara indrindra ka ho tonga mpanetry tena sy be fitiavana anie ianao ka hanana fahafatesana sambatra.

Ilay nanokan-tena ho anao ao amin'i Jesoa Kristy Tompo.

A. Chevrier

438 (349) [18] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1876]

Ry razanako vavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Mamela ahy ianao hanolotra olona iray anao, olona izay mila olona hanampy azy ary hanohana azy ao amin’izao toerana misy azy izao, teraka katôlika ary niova ho prôtestanta taty aoriana, tao anatin’ny fahoriana izy ary mila mahita toerana tsara hivelomany.

Raha miresaka aminao izy dia ho hitanao fa tsotra izy, misokatra amin’olona, ary angamba raha omena zavatra kely izy dia azo atao angamba ny mamerina azy ao amin’Andriamnitra.

Tsy hitako izao ianao tao anatin’ny andro vitsivitsy. Manao ahoana ny fahasalamana ? Mivavaka ho anao aho mba hanampian’Andriamanitra anao ao anatin’ny fahasahirananao sy ny alahelonao.

Hotahin’ilay Mpampianatra tsara sy hampiany anie ianao.

Ilay tena mahafoy tena ho anao.

A. Chevrier

439 (350) [19] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1876]

Ry zanaka malala,

Tsy mety ho ahy ny handeha any Fourvière amin’ny antoandro, hahatsapa fahasahiranana be loatra aho handamina ny raharahako rehetra miaraka amin’ity famangiana ity.

Raha afaka aho dia hijery anao amin’ny fiverenako, fa aza manomana na inona na inona satria tsy miankina amiko ny fiaianako, fa an’Andriamanitra sy an’ny adidiko aho.

Hanome ny finoana, ny fahatokisana, ny fitiava-namana anao anie Andriamanitra ary hitahy ao anatin’ny fijalianao.

Ilay rainao tena manolo-tena ho anao ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

440 (351) [20] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Lantigné, jiona 1876]

Ry zanako malala indrindra

Mieritreritra mandrakariva ny fanahinao mahantra aho ary mangataka amin'Andriamanitra isan'andro ny mba hanomezany anao ny fahasoavan'ny fiainana sy ny fahafatesana tsara.

Raha mba fantatrao ny vidin'ny fijaliana dia tsy ho nanary ny zavatra rehetra toy izay ataonao izao ianao ary hahay hanararaotra izany amin'ny andro izay hiantsoan'Andriamanitra

anao ho eo aminy. Amin'izay, rehefa ho avy aminao ilay andro lehibe, ilay hazavana lehibe izay ho hitanao dia ho fantatrao amin'izay ny fitarihan'Andriamanitra sy ny fikasany ho aminao ary ireo zavaboahary rehetra, tena tsara sy marina mandrakizay Andriamanitra ary izay rehetra mihatra amintsika dia tonga ho soa lehibe ho antsika.

Tena faly tokoa aho mieritreritra fa mifankahita amin'i Mompera Wamy tsara fanahy foana ianao, tena tiako tokoa ireo taratasy nosoratany taminao, io no fanahy fara-tampony sy akaiky an’Andriamanitra, hitanao fa tena nijaly tokoa izy iny ary be herim-po teo amin'ny fiainany, hampianatra anao izay rehetra nataony izy ary hametraka anao ao amin'ny lalana tsara.

Nilaza tamiko ianao fa tsy mino ny fiairizanao aho, tsia tena mino tokoa aho ary matoky fa rehefa ampiasainao avokoa ireo fomba rehetra izay omen'Andriamanitra anao, ny vavaka, ny fanaovana kôminiô masina, dia haharitra miaraka amin'ny fanohanana izay nomen'Andriamanitra anao ianao, mahereza àry, fa ho hitanao mbola mizotra tsara ny famindranao ary tsy ho ela dia ho hitanao ilay Ray any an-danitra.

Nanontany ahy ianao raha mahita fahendrena aho, rehefa manana an‘i Jesoa Kristy dia tena manana ny fahendrena, ary izay mahafantatra an'i Jesoa dia mahalala ny fahendrena, nahita kely an'izany fahendrena izany aho tao amin'ny fianarana ny tenin'i Jesoa Kristy izay tena tsara sy ambony indrindra, fa tsy maintsy mionona mijery azy na dia tsy afaka hampihatra izany ay hatrany aza ; mampihatra ny fahendrena araka ny nanomezan’i Jesoa Kristy azy antsika tao amin'ireo teny masin'Andriamanitra izay naloaky ny vavany ka nangonin'ireo Apôstôly mba ho ampitainy amintsika. Ka dia hiaina toy ny anjely sy ho tonga fanjakan’ny lanitra daholo ny eto an-tany, ary diniho anefa fa mety tsy hisy olona ahatratra io tanjona tsara sy avo indrindra io, tena mampalahelo ! Tazako kely ihany ny fahendrena ary tiako hananana sy ho ampiharina, fa tsy maintsy ilàna herim-po, angovo ary fitiavana lehibe izany, tsy maintsy manana elatra mafy tsara mba hanidinana avo dia avo ka tsy ahalalana vizana.

Ny fahendrena dia ao anatin’ny fiatahana tanteraka amin'ny maha-fahendrena azy, amin’ny zavaboahary rehetra, ary ny zavatry ny tany, rehefa tena nahazo an'io fiatahana feno io dia afaka ny hiara-hisandratra amin'i Jesoa Kristy, eo amin'ny faritra ambony indrindra amin'ny fitiavany. Amin'izay dia tsy manana na inona na inona amintsika intsony isika, tsy manana ny zavatry ny tany, tsy misy intsony ny hampalahelo anao, tsy misy ny hamely anao, tsy misy ny hampikorontana ny sainao satria izay an'ny tany dia ho levona, miara-miaina

amin'i Jesoa Kristy, hanaraka azy isika ary amin'ny faritra farany ambony momba ny fitiavana-namana, ny zotom-po, ny fijaliana ary ny fahafatesana.

Endrey ! Tsara tokoa ny olona, ny pretra mandeha amin'io lalana io, ary rehefa manaraka izany miaraka amin'i Jesoa Kristy izy dia afaka manao zavatra maro, ary tonga lehibe eto anivon'ity tontolo tena kely ity, mahantra ary ratsy ity, nanam-pahendrena tokoa i Md Paul. Tsara avokoa ireo taratasiny ary mirakitra izany hatsarana izany ny teny tsirairay ao.

Angataho mandrakariva amin'Andriamanitra ho ahy ny fahendrena satria tena mila izany tokoa aho, tsy hojereko fotsiny fa mba ho hampihariko, ary io no tena sarotra.

Samia ho tahian'Andriamanitra ry zanako malala, hanome fahendrena kely anao anie ny Tompo tsara, koa mba hitombo amin'ny fahendrena ianao eo anivon'ny fianakavianao, ka mba hampita izay kely anananao amin'ny manodidina anao.

Fanajana avy amiko ho an'ny rahalahinao Evrard.

Ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier
chez M. Chanuet, Lantigné, près Beaujeu

441 (352) [21] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. Limonest, jolay 1876

Ry zanaka tena malalako,

Tonga tara kely aho hirary soa anao tratry ny fety, raha mbola tsy nanao izany an-tsoratra aho dia efa nataoko tao am-po teo anatrehan’Andriamanitra, enga Masindahy Camille ilay olomasina lehibe izay tia tokoa ny olona miala aina ary mitarika azy ireo any an-danitra amin’ny alalan’ny vavaka ataony sy nyfampiononany hahazo ho anao ny fahasoavana mitovy, ary amin’ny rojom-bavaka ataony, handalo fahafatesana tsara sy masina ianao, ka niomanana tamin’ny fiainana masina ny fandaozana ity fiainana ity eo am-pelatanan’ilay Mpiahy masina.

Efa mihasalama kely aho, manomboka mihinana trondro aho sy henankisoa, tian’ny mpitsabo handeha any Vichy aho mba hitsabo ny vavoniko ary ho afaka amin’ny tazovony izay sisa mbola mihazona ahy, hiainga amin’ny herinandro ho avy aho noho izany, alatsinainy na talata, 24 na 25 jolay ary hijanona 15 andro any aho.

Hanararaotra amin’ny alalana nomenao aho haka ao amin’ny volanao mba hanampiako

amin’ny diako ; efa nisy olona vitsivitsy nandefa zavatra ho ahy dia miaraka amin’ny vola 100 Francs alaiko tsy averina aminao, dia hanana ampy tsara amin’ny ampiasaiko amin’ny fandaniako manokana aho ; misaotra min’ny fitiavanao namana.

Mivavaha ho ahy mba hanamasinako tena any amin’ireny toerana tsy mahalala ireny izay handehanako ao anatin’ny alahelo, satria ny fanafody any dia fanafodin’izao tontolo izao izay tena lehibe ary izaho dia anaty tontolo kely.

Mino aho fa tsy hilofika ny fanahinao ary eo akaikin’i Mômpera Wamy dia hahita hery sy herim-po ianao.

Rehefa tonga any Vichy aho, dia hanome anao ny adiresiko mba handraisako ny vaovaonao koa ary hanomezako anao ny ahy koa.

Miangavy anao aho hivavaka ho ahy.

A. Chevrier

442 (353) [22] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Limonest,] 16 septambra [1876]

Ry zanako malala indrindra,

Misaotra indrindra tamin’ny firarian-tsoa, izay ataonao amin’ity tenako mahantra.

Efa mihatsara aho izao, ary mino fa hahazo hery indray, tsy entina hanohizana ireo asa rehetra izay nataoko taloha akory, fa mba hanatanterahana ny ampahany ihany amin’izany.

Eto Limonest aho efa nandritra ny hafoloana izao, tena nanatanjaka ny vavoniko tokoa ny fialan-tsasatra sy ny rivotra ety, efa mba afaka mandevona sakafo tsara mantsy izy izao, fa hitso-drano ny zavatra rehetra anie Andriamanitra, ny vavaka fanaoko, mahazatra dia ny hoe : Tompo ô ! Raha mbola hitanao fa ilaina ihany aho eo amin’ny fanaovana ny asanao dia arovy, na raha tsy izany dia alaivo aho ho any aminao.

Mba manomeza koa moa ianareo vaovao ho ahy, mirotsaha indray ao anaty fivavahana ary manangonà vatsim-pahasoavana ao amin’ny fitokananao samy irery mba hahafahanao ho tonga olon-kendry any Lyon, ny teny sy ny fampianarana omen’i Mompera Wamy anie no mba ho fitsipi-pitondrantenao ary ho sakafon’ny fonao. Aoka isika hanararaotra ny andro hahavelomantsika mba hitiavana an’i Jesoa Kristy Mpamonjy sady Mpampianatra-ntsika, ka avy amin’ny alalany no ahafahantsika migoka hafaliana amin’Andriamanitra, izay any an-danitra, ho tonga tsy ho ela eo amin’ny faran’ny fiainana isika ary amin’izay fotoana izay no hahafantarantsika marina ny vidin’ny fiainana sy ny asa nataontsika.

Mivavaka ho anao mandrakariva aho, ary androany maraina dia nanao lamesa ho anao araka izay efa fanao sy ny nifanarahantsika.

Nampanoratra taratasy an'i Boulachon alefa any Rome aho mba hahalalana ny toerana tokony hametrahana an'ireo diakra tanora eto amintsika, mbola tsy nahazo valin-teny aho.

Mikasa ny handeha ho any amin'i Andriamatoa de Serres sy any amin'i Mgr aho amin'ny herinandro ambony mba hiresaka ny amin'io raharaha io sy hahafantatra marina izay zavatra tokony ho tazonintsika. Tena hita ho vonona lalandava ireo tanora eto amintsika, kanefa ny rivotra mitsoka eto Rome dia tsy hahatsara azy kokoa noho ny rivotra mitsoka any Lyon, ary amin'ny fiverenan'izy ireo mody, raha avelan'i Mgr hanao izany dia ho tonga mpiombona am-po amam-panahy bebe kokoa sady ho namantsika tanteraka izy ireo.

Mivavaha ho antsika amin'Andriamanitra satria raha toy izany ny sitrapon'ilay Mpampianatra tsara dia mba hilamina araka ny faniriany sy ny sitrapony Masina ny zavatra rehetra, satria mantsy ny fisainantsika dia tsy mifanaraka velively amin'ny fisainan'Andriamanitra, raha mahita fahombiazana amin'ny zavatra iray aho dia hampahafantariko anao izany.

Samia ho tahian'Andriamanitra, ry zanaka malala, ilay Andriamanitra tsara anie no hiaro sy hanohana ary hanampy anao ao anatin'ny fahoriana mianjady aminao, ka hanomezany anao ny fiadanam-pony.

Arahaba feno fanajana avy amiko, ho an'ny fianakavianao, izany hoe ny rahalahinao Andriamatoa Evrard sy ireo izay rehetra mety mahafantatra anay.

Manao veloma ao am-pon'ilay Tompontsika ary manome anao ny tso-dranony.

A. Chevrier

Hody any amin'ny Prado aho, amin'ny Asabotsy 23 Septambra ho avy izao.

443 (354) [23] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. 3 ôktôbra 1876

Ry zanaka malalako tokoa

Vaovao tsara ! Vao nahazo ny fahazoan-dalana tamin'ny Monseigneur l'Archevêque handefa ny ankiziko ao amin'ny grand séminaire any Rôma aho, azonao an-tsaina angamba fa sambatra izy ireo.

Miandry pretra iray avy any Rôma izahay, pretra "Sulpicien" iray izay hanoema anay

torohevitra vitsivitsy amin'izay tokony hatao mba handaminanay sy hahitanay trano iray na trano fiofanana ho pretra iray.

Misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'izany fahasoavana izany satria mijery izao zavatra izao ho toy ny tombontsoa lehibe ho an'ny asa soantsika aho, antsika izy ireo manomboka izao. Monseigneur no manome antsika raha ny marina, dia manao fifaneka amintsika adidy tena matotra sy mafy.

Mieritreritra ny handeha any mihitsy aho roa na telo volana alohan'ny hanokanana azy io mba hampianatra sy hampiofana azy ireo, fomba iray hampitombina tsara nyasa soantsika ary hahazoana fankatoavana madinidinika izay ilaintsinka

Miantehitra tanteraka aminao aho hanampy ahy amin'ity raharaha lehibe ity, aminao mihitsy sy ny fandavan-tenanao, rehefa miverina ianao, hisy zavatra efa voafaritra tsara ny amin'ny lamina momba ny trano any Rôma ary hampandre anao ny amin'ny fomba handaminana ny rehetra ho tsaratsara koa.

Tsaratsara ny fahasalamako na dia tsy mbola afaka mitoriteny sy mampikônfesy aza aho, mitandrin-tena kely aho sy manery tena.

Ilazao ny vaovaonareo aho ary dia minoa amin'ny eritreritra mahatoky sy amim-pitiavan-dray ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

444 (355) [24] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J.[Lyon, tokony ho tamin'ny 15 ôktôbra 1876]

Ry zanaka tena malala,

Ekeko am-pifaliana sy am-pankasitrahana ny tolotr'asa izay ataonareo ho an'ny ankizy any Rôma.

Andriamatoa Jaricot no hiaraka aminy, handeha hiaraka amin'i Mômpera Duret hitady trano fonenana izy amin'ny talata ho avy raha afakampitso, na hahita raha ireo efa novolavolaina ho antsika dia mamaly ny tanjona noeritreretsika.

Ny fiainana relijiozy, manomboka ao amin'ny fiainana ho relijiozy miaraka aminy amin'ireo asa soa ho an'ny Prado no tanjontsika. Manaraka izay, ireo pretra telo dia hiainga valo andro aty aoriana mba hipetraka any amin'ny "Toussaint".

Andriamatoa Jaricot moa dia tsy eto Limonest maharitra, naverinay any amin'ny Prado, ary amin'ny fiverenanao any Lyon, dia hanapa-kevitra ny amin'izay hanaovana azy.

Handeha any Rôma koa aho amin’iny volana janoary iny hiaraka amin’izy ireo ary hiteny aminy ny zavatra rehetra tokony holazaiko aminy mandra-pahatongan’ny fanamasinana azy ireo izay hatao amin’ny faran’ny volana may.

Amin’ny fiverenanao any Lyon, handinika zavatra hafa isika. Misaotra anao mialoha aho amin’izay rehetra hataonao ho anay sy ny zanakay.

Ilay manolo-tena ho anao foana sy mankasitraka anao.

Sady Pretra sy Ray.

A. Chevrier

445 (356) [25] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Lyon, faran’ny volana ôktôbra 1876]

Ry zanaka malala

Tsy afaka miteny aminao aho hoe inona ny fandaminana mety horaisinay any Rôma aho. Lasa omaly hitady trano honenana Andriamanitra Jaricot sy Andriamatoa Duret sy hahita ahoana no hahazoany mifandamina. Ny zavatra izay azoko holazaina dia ny hoe rehefa mandeha any Rôma ianao dia afaka manampy anay amin’ny fanadiovana ny lamba sy ny amin’ny lakozia amin’ny alalan’ny soratra fa hisaraka tanteraka amin’ny fiainanay ny fiainanao, ny fifandraisantsika dia eo amin’izay ilana azy ihany, ar tsy ho tsara izany raha tsy any amin’ny toerana afaka hifandaminan’ny zavatra miseho.

Raha vao mahazo vaovao avy any Rôma aho dia holazaiko aminao.

Matokia an’Andriamanitra izay tsy manadino ny zanany ary mikiriza amin’ny fivavahana sy amin’ny asan’ilay Andriamanitra tsara.

Ao anatin’ny fon’ilay Jesoa manolo-tena ho anao aho.

Ray sy Pretra.

A. Chevrier

446 (357) [26] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. Limonest, 9 febroary 1877

Ry zanako vavy tena malala ao amin’ny Tompontsika

Tena tratra aoriana no anoratako ho anao ary ny amaliako anao tamin’ny taratasinao rehetra, fantatro ny fahatsaranao aminay, mety ho mafy taminao izany.

Misaotra aloha tamin’ny fahatsiarovanao noho ny taona vaovao sy ny fety ; ekeko am-pankasitrahana ireo fihetseham-po tsara avy amin’ny fo, ary mivavaka amin’Andriamanitra aho hitahiany an’ireny sy izay rehetra nanofanako anao ; manohy manao lamesa aho isaka ny asabotsy ho anao araka ny fanirianao, ary dia mangataka fahendrena sy fahasoavana ho anao aho mba hahay hanararaotra ny zavatra rehetra ho an’ny famonjena anao.

Efa niverina avy tany Rôma i Monseigneur hatramin’ny folo andro izao, tsy mbola nahita azy aho, tsy tao izy tamin’izaho nandeha namangy azy ; fa ny tanorantsika diakra nahita azy imbetsaka tany Rôma dia nafarany ho any Rôma aho rehefa afaka. Te hahita an’i Monseignaur mba hahazoako antoka ny fahazoan-dalana ary hifanaraka aminy ny hamaritana ny fiaingako izay eritreritiko ho amin’ny volana ho avy raha tsy misy ny sakana ; tsindrian-daona izy ireo miandry ahy, maniry mafy izy ireo hanana ahy eo akaikiny mba hamita ny fampianarana tsy ara-teôlôjia fa ara-pivavahana ho an’ny Prado, ary izaho koa rahateo maniry mafy an’izany ; araka izany, manantena ho afaka manefa ny faniriako aho, mba hahita ny fanantanterahan’ny fanantenako, satria nataon’Andriamanitra ho ahy izay rehetra angatahiko.

Nisintona tany Limonest hiasa sy hivavaka aho mba hahazoako miteny amin’izy ireo miraka amin’ny Evanjely. Tena tsapako ny mahazava-dehibe ity raharaha ity ary tsapako tahaka ny ahoana no ilako ny fahasoavan’Andriamanitra sy ny fahazaony ho tonga zavatra mivaingana, tena izy ary maharitra. Fantatro fa tsy misy afa-tsy fahefan’ny Tompontsika no afaka manome hery sy fanohanana eo akaikin’izy ireo ary tsy maintsy mivelona amin’ny fiainany aho, amin’ny teniny mba hahazoako miteny amin’ny anarany, sarotra izany. Miangavy ny fivavahanao aho noho izany mba hahazo vokatra.

Ekeko an-tsitrapo ny fanomezanao feno fitiavana.

Tsy mbola fantatro rahoviana no hiainga aho. Rehefa raikitra ny fiaingako dia hanoratra ho anao aho ; fa izao fotsiny, miezaha miainga aloha na aoriana ianao mba hihazona ny fahendrena sy ny fahamalinana amin’ny zavatra rehetra.

Mivavaha ho ahy izay tsy manadino anao eo akaikin’Andriamanitra ary ilay manolotena ho anao ao amin’ny Tompontsika.

Hotahin’Andriamanitra anie ianao sy ny fianakavianao.

A. Chevrier

447 (358) [27] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Febroary 1877]

Ry zanaka malala ao amin'ny Tompontsika

Hiezaka handeha hijery anao miaraka amin'Andramatoa Jaricot aho amin'ny asabotsy antoandro.

Azafady karakarao lasopy kely aho, hiresadresaka vetivety ny raharaha mahaliana antsika isika.

Hitahy sy hamaly ny vavakao anie ilay Mpampianatra tsara.

Ny rainao.

A. Chevrier

448 (359) [28] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. Rôma, 29 marsa 1877

Ry zanaka vavy malala ao amin'ny Tomponotsika

Tonga tany Rôma aho ny andron'ny 19 marsa, 10 andro izay, nijanona kely 2 andro aho mba hiala ny sery be sy ny havizanana tany Lyon ; ny fijanonana tany Rôma tsy dia hanimba ny fahasalamana, tsapako fa hatramin'ireo 10 andro ireo, toa mihatsara ny andro, mikohaka latsadatsaka noho ny tamin'ireo andro voalohany aho, ny andro tsara dia azo antoka fa hanala ireo rofirofy isan'andro izay nahazo ahy tao amin'ny Prado.

Enga anie hanampy ahy Andriamanitra, tsy hoe hampiverina ny fahasalamako fa ny handraikitra ny asa soantsika ary hahatonga azy ho marim-pototra amin'ny alalan'ny asa izay ataoko aty ho an'ireo diakra tanorantsika ireo. Mbola mila vavaka aho koa aza adinoina.

Miasa amin'ny fitadiavana trano itoerana ho anareo ato amin'ny trano ihany izahay, hisy trano misy efitra telo ahofa eto akaikintsika afaka 15 andro, mbola ipetrahana vehivavy roa sy lehilahy iray izy izao, fa 150 francs isam-bolana no hofany.mieritreritra ny hahita iray moramora, tena akaiky izahay, ao amin'ny tranon'i Masimbavy Brigitte, eo amin'ny 30 metatra miala eto amintsika. Tokony hanome valiny mahafapo antsika i Mômpera Brigittain afaka roa na telo andro, satria sahirana izy.

Raha te ho tonga ary ianao hanampy ahy kely amin'ny asa kelinao sy amin'ny vavakao, dia tena hankasitraka anao aho.

Mety tsara izahay aty amin'ny misy anay, misy vehivavy mora karama sy mahery fo tena hoatra ny reny ho anay no mikarakara anay amin'ny zavatra madinidinika ho anay

rehetra indrindra ho ahy.

Azafady ary mba valio aho sy lazao raha mbola manana faniriana ianao hanampy kely anay.

Hivavaka ho anao aho mba hanampian'Andriamanitra anao sy hanomezany herimpo ho anao hahazakanao ny fahantranao.

Noho ny amin'Andriamanitra, ary ilay manolotra ho anao foana ao amin'ny Tompontsika, mametraka mandrapihaona ho anao.

A. Chevrier
Via d'ell orazione e morte 92, Roma, Italia

449 (360) [29] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [Rôma,] 10 avrily 1877

Ry zanaka vavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Ilay trano eo akaikinay dia tsy halalaka raha tsy amin'ny faran'ny volana, mbola ipetrahan'ny vehivavy roa izay miandry ny zanak'anadahiny ho avy tsy ho ela izay hiaraka handeha aminy ; misy efitra telo izay feno fanaka ary 150 francs isam-bolay ny hofany.

Misy iray hafa, misy efitra dimy, ao amin'ny trano mifanolobodirindrina anay, lafo be. Sarotra be ihany mahita izay tena ilaina ary takatry ny fahefa-mividy ; raha hotazonina ny an'ilay mpifanolobodirindra, lazao anay azafady.

Azoko ny aiko raha nandre fa Andriamatoa anadahinao dia tapa-kevitra ho tonga aty Rôma ; antenaiko fa ilainy io dia ilainy io, ary hanararaotany hanalany ny alahelony ao anatin'ny fanahiny, ary ianao koa ry zanaka malala, ilay Mpampianatra tsara anie hanampy anao ary hihazona anao amin'ny fitiavany.

Metimety ny fahasalamako, tsy manana fahasahiranana sy asa firy aho aty, mirindra be ny fiainako, tsapako fa miverina ny heriko na dia miadana aza. Raha ny amin'ireo tanorako dia faly amin'izy ireo aho, indrindra misy roa dia miditra tsara ao anatin'ny hevitry ny fahantrana sy ny tsy firaiketan-po amin'ny zavatra hafa.

Azafady indrindra mivavaha ho azy ireo sy ho ahy, tena mahantra amin'ny zavatra rehetra aho, menatra ny tenako foana aho, ary tsy fantatro nahoana Andriamanitra no nametraka raharaha be tahaka ity ato an-dohako.

Mivavaha ho ahy mba tsy hanimba na inona na inona aho ary tsy ho izaho ihany koa no tena sakana lehibe.

Raha hahalala zavatra raikitra ho an’ny tranonao aho dia hanoratra ho anao.

Raiso ary ny famangiako manokana sy feno fitiavana ao antin’ny fon’i Jesoa Mpampianatra antsika ho anao.

Hotahin’i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

450 (361) [30] Ho an-Ramatoakely de Marguerie / Vérifier traduction surlignée en jaune et faite par moi

J.M.J. [Rôma] 28 avrily 1877

Ry zanako malala ao amin’ny Tompontsika

Tsy mbola malalaka ato ho ato ny mpifanolobodirindrina aminay, vao tonga ny zanak’anadahiny dia azo antoka fa tsy hiala eto Rôma izy ireo raha tsy aorian’ny fivahiniana masina any Lyon, satria avy any Lyon koa izy ireo.

Tongava ary raha vao afaka ianao, afaka mipetraka any amin’ny hôtel de la Minerve ianao na any amin’ny ôtely misy mpivahiny frantsay ho an’ny andro vitsivitsy mandrapahitantsika miaraka trano iray izay mety hifanaraka aminao ; ho eto any amin’ny toerana ianao ary ho afaka mifidy trano mety ho anao.

Raha mitondra an’Andriamatoa Jaricot ianao dia ho faly indrindra amin’izany aho, fa aza miteny amin’Andriamatoa Richoud fa mitady azy aho satria heveriko fa tsy antony hamelana azy ho tonga izany, mifanohitra amin’izany aza, satria tsy mbola nahita antsika nandeha tamin-kafaliana izy. Raha afaka mitondra azy ianao dia ho faly indrindra amin’izany aho satria mifankahazo tsara amin’ny zavatra ara-panahy.

Milaza ny marina ianao raha miteny fa raha mahomby ny zavatra atao dia ho porofo tsara fa asan’Andriamanitra no hatao ; dia gaga ny amin’izany aho ary tsapako tsara ny fahalemeko sy ny tsy fahaizako fa ho fahagagan’Andriamanitra izany.

Mivavaha ho ahy ary noho izany azafady ary tongava raha vao afaka ianao.

Andefaso taratasy aho ny amin’ny fiainganao sy ny fahatongavanao mba hahazoanay mandeha mamonjy anao mialoha.

Mivavaha ho ahy, tsy adiniko eo anatrehan’Andriamanitra ianao.

Ilay manolo-tena marina ho anao.

Ampitao amin’Andriamatoa Evrard ny fanajako ary lazao azy fa ho tena faly aho hahita azy any Rôma.

451 (362) [31] Ho an-Ramatoakely de Marguerie

J.M.J. [1878]

Ry zanako malala ao amin'ny Tompontsika

Ao anatin'ny fahasalamana sy fahoriana lalim-paka foana ianao, te ho afaka hanala anao amin'ny aretina aho, atao izay azoko atao, tsy maintsy miandry ny fotoanan'Andriamanitra sy ny fahasoavany, tsy maintsy mihevitra ihany koa fa ny aretin'ny tany dia tena ilaina ho antsika indraindray rehefa manana finoana, satria te hanamasina antsika eo amin'ny hazofijaliana Andriamanitra, ary ianao indrindra, tsy manana fomba hafa hanamasinana anao Andriamanitra hafa tsy amin'ny alalan'ny fijaliana sy amin'ny mahatsinontsinona anao, mieritreritra lalina ny hamotehana ny avonavonao sy ny fisainanao izy, mba hahazoanao tsara fa tsinontsinona ianao, ary tsy afaka manao na inona na inona, tsara Andriamanitra amin'izay rehetra ataony, ary ho azontsika any aoriana ny famindrampony sy ny fahamarinany amintsika ary hitsaoka sy hisaotra azy isika amin'ny fitondrany antsika tsy hay hazavaina amin'izao fotoana izao.

Aza miala amin'ny fivavahana sy ny kômonio masina, diniho matetika ny tenin'ny Tompontsika isan'andro, amin'ny famelomana ihany koa ny fanahinao amin'ny alalan'ny tenin'ilay Mpampianatra, hahazo zavatra betsaka ianao ary hahery sy ho tena marina ao amin'ireny alahelo sy fahoriana ireny.

Hivavaka ho anao aho mba hahazoanao mampihatra ireny zavatra ireny ary hahazo azy tsara ianao eo am-pototry ny hazofijaliana ary manontany tsara an'Andriamanitra matetika ny fiovanao sy ny fahamasinanao, sady anontanio azy tsara koa ny fahafatesanao ara-panahy sy ny fahafatesanao ara-batana.

Mihatsara ny fahasalamako, mahatsapa aho fa manana hery bebe kokoa. Mitandrina foana ny amin'ny sakafo aho, fa manantena kosa fa ho afaka miasa kely mandritra ny fotoana fohifohy aho indrindra ny ara-panahy ao an-tranoko.

Misaotra tamin'ireo fahatsiarovana tsara taminao ary ireo firariana tsara ho anay, hivavaka amin'Andriamanitra aho mba ho tanteraka izy ireny.

Mba mivavaha ho ahy, tsy hanadino anao eo anilan'ny Tompontsika aho ary mitsodrano anao amin'ny foko rehetra.

A. Chevrier

Mieritreritra ny hody amin’ny fiandohan’ny herinandro ho avy aho.

Ho an-dRamatoakely Roche

452 (463) Ho an-dRamatoakely Roche

Ramatoakely Roche, any Boen

J.M.J. [Mey 1873]

Ramatoakely ary ranabavy amin’ny Tompontsika Jesoa-Kristy,

Noho ny fangatahan-dRamatoakely Mathilde, anabavikelinao mahafinaritra any Lyon, no anoratako ho anao ireto teny kely izay tokony hataony ao anaty taratasiny.

Mifohaza amin’ny harendremana iainanao hatramin’ny ela ianao ary miasa amin-jotom-po ho an’ny fahamasinanao amin’ny alalan’ny vavaka sy ny fanatanterahana marina ny lalanan’Andriamanitra. Fantatrao fa tsy manana afa-tsy zavatra tokana atao isika eto an-tany : ny famonjena antsika ary tokony afoy ny sisa. Tery loatra ny lalana mitarika any amin’ny fiainana ary tsy maintsy miezaka mafy mba hidirana any.

Mahereza ary, mivavaha kely isan’andro, tanisao ny rôzerinao isan-kerinandro tsy tapaka ; ho hitanao ny hery sy fahasoavana amin’izany mba hahatanterahanao ny adidinao sy ny tsy fiovan’ny fampanantenanao. Hivavaka ho anao amin’Andriamanitra izahay.

Ho tahin’i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa Mathieu

453 (427) [1] Ho an-dRamatoa Mathieu

Ho an’i Madeleine de Jésus, veuve Mathieu

J.M.J. [Mey 1873]

Ramatoa anabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Valiako ao anatin’ny teny vitsivitsy ny taratasinao mahafinaritra.

Ny amin’ny fiainanao, avelao tanteraka eo am-pelatanan’Andriamanitra izay tompon’ny fahefana hanala izany amintsika no hitahiry izany amintsika, aoka tsy haniry ny

hiaina ka hoe hanao ny tsara aorina, satria tsy hanao mihoatra noho ny taloha isika, izay matetika ny fahadisoavan-kevitra eo amin'ny toe-panahy ary ny fankatoavana masina dia asa tena tonga lafatra.

Raha ny amin'i Marie indray, dia afaka mifaly amin'ny toetrany tsara ianareo ary mivavaka tsara amin'Andriamanitra mba homeny fikirizana hatrany izy, asan'Andriamanitra io fampianarany katesizy kely io, ary tokony hiezaka amin'io izy satria fahasoavana lehibe avy amin'ilay Andriamanitra tsara izany sy fanomezana lehibe noho ny famindrampony ny fahazoana mampiantra ny hafa ; aorina, hioty ny vokatr'izay nafafany tao anatin'ny fony ireny ankizy ireny ary aoriana kely dia afaka manampy antsika izy satria efa mahalala ny asa keliny.

Ny amin'ny rainao indray dia hazofijaliana lehibe, nefa tsy maintsy mbola zakaina amin-kerim-po izany. Niaritra ny mpianany, eny na dia i Jodasy aza izay lavitra ny fanahiny, ny Tompontsika. Izay tsy azontsika vonjena na eo aza ny ezaka ataontsika, dia tsy maintsy ilaozantsika ho eo amin'ny famindrampon'ny Tompontsika, fantatsika fa marina sy tsara Andriamanitra, ampy antsika izany, aza manahy loatra ny amin'ny sisa isika.

Raha ny amin'ny "Tiers Ordre" indray, aza mandà ny fahasoavan'Andriamanitra, eo am-panaovana ny asan'Andriamanitra an-kalalahana isika, dia handray ny fahantrana sy ny fijaliana ho toy ny fifampizarana tahaka ny Tompontsika, ary tokony ho faly afaka manahaka tanteraka an'i Jesoa Kristy isika ; mahereza, miomana tsara ary ianao amin'ity asa fifanomezana sy fanafahana an'i Jesoa Kristy mpampianatrao anao ity.

Raha ny amin'Andriamatoa Dutel indray, mikiriza amin'ny safidinao, angamba tsy hilaina loatra noho izy ny pretra izay ifikiranao loatra, misy hazofijaliana na aiza na aiza eo amin'ny zavatra rehetra ny eo amin'ny ara-panahy tahaka ny eo amin'izay mandalo vetivety, afafy eny amin'ny rehetra eny izy ; ndao hianatra hamafy azy araka ny tokony ho izy ary hanao izany ho vokatry ny famonjena.

Ho ao aminao anie Andriamanitra ry zanako malala, hiaro anao anie izy, hanome anao ny fiadanany sy ny fampaherezana anie izy mandra-pahitantsika azy any an-danitra.

Mivavaha ho ahy.

A. Chevrier

454 (428) [2] Ho an-dRamatoa Mathieu

J.M.J. 10 jiona [1876]

Ranabaviko malala ao amin’ny Tompontsika,

Inoana fa hamela anao hamerina an’i Alexis ao aminao Andriamanitra, tsy mampahendry sy tsy kristianina ny fiainana miaramila.

Raiso indray ary izy, omeo toerana, ampanambadio izy ka tadiavo olona iray hendry sy kristianina ary ho hitanao izany, ary rehefa manana tokantrano sy manambady, dia hanome anao fiononana feno noho ny zavatra hafa io zaza io satria raha ny tena marina, tsy ratsy izy, ary ho faly izy toy izany koa ianao.

Izay izany ary no hataonao amin’ity zaza farany ity, ary tsy maintsy manao izay rehetra azonao atao ho azy koa ianao mba hampahendry sy hametraka azy amin’ny lalana tsara.

Mahereza, miasà hatramin’ny farany mba hanefanao ny adidinao amin’ny mahareny kristianina anao.

Aza sorena ao anatin’ny fitokananao irery ; manompoa an’Andriamanitra amim-pifaliana sy amim-pitiavana, meteza ho mahatoky amin’ny fanazaran-tena amin’ny fitiavam-bavaka, amin’ny kômonionao isaka izay mahafaka anao, ary handeha tsara ny zavatra rehetra satria ianao ilay zanaka ampihantain’Andriamanitra eto an-tany ary mbola vao mainka any amin’ny fiainana hafa.

Mampamangy an’i Neny tsara fanahy, ary ny tsodranon’Andriamanitra anie ho ao aminao sy ny zanakao rehetra.

Mivavaha ho an’ity pretra mahantran’i Jesoa Kristy ity.

A. Chevrier

455 (429) [3] Ho an-dRamatoa Mathieu

Ho an-dRamatoa veuve Mathieu, Rue des Asperges 60, Lyon Guillotière

13 ôktôbra 1878

Manana hazofijaliana hoentina ianao, manana ny fianakavianao ianao, manana zanaka tsaboina, tarihina, ireo ny adidinao ary ny adidy mialoha ny zavatra rehetra ; tsy maintsy maty eo ambony hazofijaliana tahaka ny Tompontsika, lanjaina mandritra ny androm-piainana izy, manaiky fantsihana ka ho faty eo, ary raha manao izany isika dia manao ny sitrapon’Andriamanitra ary eo amin’ny lalan’ny lanitra isika.

Mahereza ry zanaka malalan’Andriamanitra, tia anao ilay Andriamanitra tsara na dia eo aza ny fahantranao sy ny fahalemenao sy ny fahasoavana maro izay nataony ho anao izay

porofon’ny fitiavany anao, mahereza ary mikiriza, ho any an-danitra ianao miaraka amin’ny zanakao rehetra indray andro any.

Mivavaka ho anao sy mitsodrano anao aho.

Ilay mpanompo tena ho anao ao amin’i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely Fournet

456 (464) [1] Ho an-dRamatoakely Fournet

Ramatoakely Estelle Fournet

J.M.J. [1874]

Ranabavy keliko,

Fahasoavana lehibe iray avy amin’Andriamanitra tsara no ahazoanao foana hanefa ny adidinao masina eo anivon’ireo fifanoherana tsy an-kijanona izay atrehanao anatin’ny fianakiavanao, mikiriza ry zanaka malala, hotohizan’Andriamanitra ho anao ny fahasoavany.

Manana finiavana tsara hatrany, ary ankahalao ireo fakam-panahy mitohy izay manafika anao.

Hajao ny ray aman-dreninao, na dia eo aza ny fahadisoany taminao ary mivavaha ho azy ireo.

Hihamafy bebe kokoa ny fahamasinanao ao anatin’ireny adidy misesy izay iaretanao raha tsy hoe tsy misy na inona na inona zakainao, araka izany ary, mikiriza, tena mahafinaritra an’Andriamanitra ianao ao amin’izao misy anao izao noho izay any amin’ny toerana hafa rehetra.

Aza atao kitoatoa ny manao fandinihan-tena ny amin’i Jesoa Kristy fahefatr’adiny isan’andro : ny fiainany sy ny fahafatesany.

Ny rôzerinao andininy iray asan’andro,

ary ny kômonio indraindray rehefa afaka ianao, ary hivavaka ho anao aho mba hampazoto anao ary mba hidiranao ao anaty lalana tena mora ho an’ny famonjena anao.

Mitsodrano anao aho.

A. Chevrier

457 (465) [2] Ho an-dRamatoakely Fournet

Ry zanaka malala,

Ireo ohatra ireo anie hiasa aminao hahaizanao miaina tsara, mba hahitanao amin'izao fotoana mafy izao ny finoana sy ny fitiavan'Andriamanitra izay afaka miasa ao aminao.

Tsara ny fahafatesan'ny olomasina, nahita vitsivitsy tamin'izy ireo maty aho. Mivavaha ho an'ny nenitoanao, mivavaka ho anao aho.

A. C.

Ho an-dRamatoa Guillet

458 (466) Ho an-dRamatoa Guillet

J.M.J. 23 aogositra [1876]

Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Tsy maintsy hazonina lalandava ny fitiava-namana ao anatin'ny fifandraisana amin'ny ray aman-dreny sy ny havana. Somary tara loatra izao ny hiova trano, tsy afaka hanao izany ianao ka tsy hahatonga tsiny betsaka, tsy maintsy ho natao dieny tany am-piandohana izany.

Tokony hanam-paharetana ianao hizaka ny ray aman-dreninao ary tsy mivoaka amin'izany raha tsy hoe afaka manao an'izany ka tsy manimba ny fitiava-manao sy ny zavatra mampetipety.

Hotahin'Andriamanitra anie ianao ary hanampy anao hitondra tsara ny hazofijalianao Izy ary hitsodrano anao.

A. Chevrier

Ho an'i Masera Marie de Saint Raphaël

459 (468) Ho an'i Masera Marie de Saint Raphaël

Ho an'i Masera Marie de Saint Raphaël,
Relijiozy ao amin'ny Notre Dame de Charité.

J.M.J. 14 janoary 1878

Masera Ranabavy malala ao amin'ny Tompontsika,

Araka ny hevitro, toa mieritreritra be loatra ny momba anao ianao ary tsy mieritreritra loatra ny Tompontsika ilay Mpampianatra masina antsika. Tsy mahita afa-tsy fahantrana

ianao ao aminao, ary arakaraky ny ieritreretanao an'izany vao mainka mahafadiranovana anao. Asandrato kely ny masonao ho any ambony, jereo ny Tompontsika, ianaro ny Teniny masina, ireo ohatra masina nomeny, fenoy azy ny tenanao, miveloma aminy ianao, dia ho hitanao fa hanjavona ireny avelo ireny. Ho ao amin'ny fiainanao anie i Jesoa Kristy, Masera malala, ary Jesoa Kristy anie ho fitiavanao. Jereo ao amin'ny zanakao ny voary novidin'i Jesoa Tompontsika sy nolotoin'ny fahotana ary nanao ho azy izay nataon'ny Tompontsika ho azy ihany ; tiavo tahaka izay nitiavan'i Jesoa Kristy azy ireo ary ho hitanareo ao anaty fitiavan'ny Tompontsika ny misitery hahasoa sy ilain'izy ireo.

Fanahy tsara an'Andriamanitra ianao, notiavin'ny Tompontsika ianao ary hitako tao amin'ny taratasinao fa tia be anao foana izy, fa izao kosa valin'ny fitiavany, tsy hoe handeha any an-jorony araka ny noteneninao fa amin'ny alalan'ny fisokafana ny hazavana sy ny hafanana izay miparitaka eo amin'ny zavaboary hanatsara azy. Mameno anao amin'ny fitiavana anie Jesoa ary hahay hanovo izany ao amin'ny vavaka sy ao amin'ny Eôkaristia masina ianao. Tanteraho tsara ny asanao, izay no zavatra tsara indrindra azon'ny Tompontsika ankinina aminao, voninahitra lehibe ny mandray anjara amin'ny iraka masina izay mampianatra sy manasitrana, tena ho sambatra ianao ary aza mieritreritra mihitsy handao ny toeram-piasana.

Misokafa amin'ny Lehibenao handray avy aminy ny anatra izay azony omena anao, aza kivy, ny demony no maka fanahy anao.

Zavatra iray no azoko lazaina anao, tia anao Andriamanitra ary rehefa tia antsika Izy, tsy maintsy sambatra isika, ary handeha amin-kerim-po sy fahazotoana.

Mivavaha ho ahy izay mahantra ara-pitiavana an'Andriamanitra ary izay tena mila izany anefa mba hanome izany amin'ireo rehetra manodidina ahy.

Hitahy anao anie i Jesoa ary hanome anao ny fiadanany.

A. Chevrier
Aum... du Prado

Ho an-dRamatoa Balmon Ferrière

460 (469) [1] Ho an-dRamatoa Balmon Ferrière

J.M.J. 24 marsa 1878

Ramatoa malala,

Ao anatin’ny alahelo sy fahasahiranana ianao, tsy misy afa-tsy kapoka iray avy amin’Andriamanitra no afaka hamaha anao amin’izany.

Tsy maintsy mivavaka sy mangataka famonjena matanjaka avy amin’Andriamanitra. Mahereza. Hangataka ho anao amin’Andriamanitra izany famonjena izany izahay, ary raha manaiky hamaly vavaka anay Izy, hifaly miaraka isika.

Hitahy anao anie ilay Mpampianatra tsara, ianao sy ny zanakao. Entiko am-bavavaka eo amin’Andriamanitra ianao ary mitsodrano anao amin’ny foko rehetra aho.

Ilay pretra sady mpanomponao.

A. Chevrier

461 (470) [2] Ho an-dRamatoa Balmon Ferrière

J.M.J. 11 agositra 1878

Ramatoa anabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Ho any Lyon aho aorian’ny Assomption ary ho afaka handray anao ny asabotsy na ny alahady manaraka an’io fety io.

Mampamangy indrindra amin’ny fo ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely Chambard

462 (471) [1] Ho an-dRamatoakely Chambard

Ramatoakely Philiberte Chambard, Etablissement de Jujurieux, Ain

J.M.J. 27 mey 1878

Ry zanaka malala,

Hosoavin’Andriamanitra anie ny asanao sy ny asa fitiava-namana nataonao ho an’ny asanay ao amin’ny Prado.

Ny fandefasana voninkazo sy zavatra hafa ataonao ho anay indraindray dia mahafaly anay foana, ary raisinay amim-pankasitrahana ireny ary hiasa ho anao anie ireny, hampitombo ny fahamendrehanao any an-danitra.

Aza atao kitoatoa, ry zanaka malala, ny fampiharana ny “Tiers Ordre” tahaka ny fanompoam-pivavahana, ny vavaka sy ny kômonio masina, hanampy anao hiaina am-pahamasinana ireny sy hahazakanao ny fahoriana madinika ao amin’ny fiainana, misy

fahasahiranana sy fijaliana daholo na aiza na aiza, ary ho an'ireto mahay mijaly tsara no ilazan'ny Tompontsika hoe : Sambatra ny mijaly satria izay mahay mijaly tsara amin'ny finoana, fanetren-tena ary fiononana no hahazo valisoa lehibe ; ataovy ny lalan'ny hazofijaliana eo am-piasana,ary meteza ho tsara sy malemy fanahy amin'ny olona rehetra, aza tezitra mihitsy, aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza, zakao ny tsiny madinidinika ataonao amim-panambaniana, amin'ny finoana koa fa manana fahadisoana hanomezanao tsiny ny tenanao ianao, ary amin'ny fametrahana izany rehetra izany eo am-pototry ny hazofijaliana, hahazo valisoa betsaka eo anatrehan'Andriamanitra ianao.

Nahazo "Tiers Ordre" Ramatoakely Claudine ary nomenay azy ny anaran'i Masera Joseph, faly taminy izahay, mahafoy tena tsara izy ary tia namana tsara. Aty an-trano andro vitsivitsy Ramatoakely Demiaz, tsy mbola fantatray raha ho voaray izy, mbola aloha loatra ; mila manao ezaka avy aminy izy.

Miezaha ho relijiozy tsara eto amin'izao tontolo izao, ao amin'ny toeram-piasanao, manao ny tsara azonao atao ary ilay Andriamanitra tsara hihevitra izay rehetra hataonao ho azy.

Mivavaka ho anao aho ary ho an'ny namanao tsara rehetra izay miasa miaraka aminao ho an'ny asantsika.

Mitsodrano anao sy ny namanao rehetra aho.

Ndao hiaraka hivavaka isika ho an'ny Eglizy sy ho an'ny fiovam-pon'ny mpanota amin'ny faran'ity volan'i Maria ity ary hiaro anareo anie izy.

Ilay manolo-tena ho anareo ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier
aum. du Prado

463 (472) [2] Ramatoakely Philibert Chambard

Ramatoakely Philiberte Chambard, Etablissement de Jujurieux, Ain

J.M.J. 21 septambra [1878]

Ry anabaviko kely Philiberte,

Tsara fanahy loatra ianao raha hiasa ho an'ireo marary mahantra ao amin'ny fokontany. Misaotra anao tokoa izahay noho ny amin'izy ireo ary koa noho ny amin'ny maseranay izay mitsabo azy ireo. Lazao amin'ireny Ramatoakely rehetra izay manampy

anao amin'ity asa tsara ity ireny fa mivavaka amin'Andriamanitra ho azy rehetra izahay ary ho anao ary omeo sary kely anankiray alefako ho anao izy ireo mba ho vavolombelon'ny fankasitrahanay.

Hotahin'Andriamanitra any ianareo rehetra ary ny tsodranon'Andriamanitra anie ho amin'ny trano rehetra, ny fiadanana, ny fiantrana ary ny fitiavan'Andriamanitra anie hanjaka ao amin'ny fonareo rehetra.

Ilay manolo-tena manontolo ho anao ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

464 (473) Ramatoakely talen'ny « Œuvre des peigneuses »

J.M.J.

Napetraky ny Abbé Chevrier tamin-dRamatoakely Talen'ny "Oeuvre des peigneuses » ao amin'ny hôpitaly Ramatoakely Philibert Chambard izay naniry ho mpikambana amin'ity asa soa ity.

Raha te handray azy ianao dia ho hitanareo ao aminy zazavavymahafoy tena sy finiavana.

Raiso ny famangiako tena vokatry ny fo ao amin'ny Tompontsika Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely Gauthier (Ramatoa Chion)

465 (467) Ho an-dRamatoakely Gauthier (Ramatoa Chion

Ramatoakely ary anabavy ao amin'ny Tompontsika,

Misy antso hafa kely izay avy amin'Andriamanitra ary izay manana izany antso izany dia tsy maintsy mandresy ny sakana rehetra izay manohitra ny fanarahana ny lalan'Andriamanitra. Misy fiantsoana tsotra, fanahy tsara sy kristianina ireny izay manomana relijiozy tsara raha miditra any amin'ny couvent izy ireny, ary hahazo koa ny fahasoavana ilaina hanamboarana kristianina tsara eto amin'izao tontolo izao.

Mino aho fa tsy manana famantarana fiantsoana hafa noho ny rehetra ianao. Raha etsy andaniny tsy manana afa-tsy fiantsoana iray tena tsotra ianao, ary manana adidy matotra atao amin'ny ray aman-dreninao, afaka mijanona eo akaikin'ny ray aman-dreninao ianao manefa ny adidy amin'ny mahazazavavy tsara anao ary hahazo ny fahasoavana hamonjy anao ianao.

Ialao tanteraka ny manao voady na dia fotoana fohy sy mora efaina aza.
Ilay manolo-tena manontolo ho anao ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa …

466 (444) Ho an-dRamatoa …

J.M.J. [18 marsa]

Ry zanako malala

Novakiko ireo …nao roa tamim-pahafinaretana satria hitako fa niaraka taminao i Jesoa ary ny Kôminio masina dia nanome vokatra tsara tao amin'ny fanahinao mahantra ; hoderaina anie Andriamanitra ka ho azy anie ny fahasoavana rehetra izay ho an'izay rehetra mety hanao zavatra tsara ao amintsika.

Ireo no valiny madinika izay azoko omena anao tamin'ireo fanontaniana izay napetrakao tamiko.

Raha ny amin'ny fahasalamako, mihatsara aho, miverina ny feoko, mitohy amiko ny fotoana eo akaikin'ny tontolo iainako ; matahotra aho sao dia hanalavitra ny tenako ny andian'ondry noho ny hakamoana ka hangataka tatitra amiko Andriamanitra.

Miresaka amiko momba ny fivavahana ianao, hampiasa vavaka am-bava izahay mba ho any amin'Andriamanitra, dingana maromaro mampiakatra any amn'Andriamanitra ny teny, nefa rehefa mahita an'Andriamanitra izahay, dia tsy mila tohatohatra intsony, ary rehefa mahatsapa miakatra ho any amin'Andriamanitra ianao, ary mifaly ao amin'ny alalan'ny fibanjinana ny hakanton'ny zavaboary ianao, ka mahalala ny tia an'Andriamanitra, avelao ny teny mba hiainoanao an'Andriamanitra Mpampianatra ary mipetraha tsara tahaka ny mpianatra iray eo akaikin'ny mpampianatra azy hiaino lesona sy hampihatra izany, amin'izay miasa ny fahasoavan'Andriamanitra ka mampiseho amintsika ny zava-miafiny ary mampahery antsika amin'ny hosotra masina izay avy amin'izany, mazotoa amin'io vavaka io, ny amin'izay fahitana any anaty fo lalina, na fahitana manokana, dia mba malina ary manetre tena lalandava eo anatrehan'Andriamanitra resy lahatra amin'ny tsy fahamendrehanao sy ny fahantranao. Manolora tena amin'Andriamanitra ary angatahao izy hampiasa ny fialantsasatrao raha ilainy ny tsy hanoheranao an'izany fa mila ny famonjeny kosa ianao, ary rahateo ny natiora any aminareo somary maty ka tsy mbola ho afaka ho tena

tsara amin-javatra lehibe ianao. Rahoviana ary no ho hitako ao aminao izany fahafatesana izany, izany fitoniana izany, izany fitsaharana izay manamafy ny mampikiry ny fanahy izany ? Tsy tokony hisy hampikorontana anao, mahaiza noho izany manaiky izay rehetra tonga miaraka amin'ity fanahin'Andriamanitra ity izay mahatonga antsika hitory amin'ny tenantsika ihany ary tarihin'Andriamanitra foana.

Hankalaza ny fetin'i Masindahy Josefa izahay rahampitso, jereo fa tony ery Masindahy Josefa amin'izay rehetra tonga aminy. Na any Nazareta, na any Betlehema, na any Jerosalema, na any Ejipta izy dia mitovy foana ny toe-tsainy, ny fahalemem-panahiny, ny fandaozany ny tenany, ny fankatoavany, ny fahamalinany ; manontania tsara amin'io olomasina lehibe io, io ohatry ny fiainana anaty io, ny fahamarinana izay nampihariny nandritra ny fiainany ka tokony hitarika kely ny fiainanao.

Koa satria masina Andriamanitra, lehibe, mitoetra avo ambonin'ny fanahin'ny olona dia jereo : mamaky momba ny fijaliana ao anaty Evanjely aho tato ho ato izao, fanahy ianiana no nitadiavako raha hahita ao anaty Evanjely manontolo teny kely manala baraka na manome tsiny mikasika ireo mpanenjika, ireo mpitsara, ireo mpampijaly an'i Jesoa, tsy misy na iray aza, na dia hoe alokaloka kely na fitenenan-dratsy. Afaka nilaza tsara momba an'I Piaty tsy manana hazon-damosina ny mpanoratra ny Evanjely, ny mpampijaly izay nampiseho hasiahana taminy ; tsia, tsia, tsy misy na inona na inona na dia hoe aloka na fitenenan-dratsy, tsy misy teny iray mamofona tsiny na alahelo amin'ireo nampijaly azy, tsy misy afa-tsy ny Fanahy Masina no afaka miasa toy izany ary afaka mamindra fo rehefa manao tantara toy izany. Tahaka ny hoe mitory teny momba ny fahafatesana amintsika ihany koa isika, maty ara-batana, maty ara-panahy, maty amin'ny fo, maty amin'izay rehetra mombamomba antsika, mba ho fitaovana hendry sy malefaka eo am-pelatanany.

Ny amin'ny fampijalian-tena indray, ireny dia mbola fomban-javatra na sazy ihany ; tokony hampiasaintsika ireny amin'io zava-kendrena io, tahaka ny eo sazy tamin'ny fahotantsika taloha na amin'izao fotoana izao, na koa ialantsika amin'ny zavatra ivelany na ara-nofo izay manalavitra antsika an'Andriamanitra. Rehefa tsy manimba ny fahasalamantsika dia azo ampiasaina ireny fa kosa mampadefitra azy amin'ny fankatoavana izay tokony hanitsy ireny zavatra ivelany ireny.

Raha ny fihetsikao amiko indray dia tokony ho tsotra, mahitsy ary manetry tena ; antenaiko hoekenao an-kitsim-po sy am-panahim-pibebahana ny fakam-panahy tonga ao aminao momba ahy ; izay rehetra tonga ao aminao, ireny eritreritra hafahafa ireny, ireny

hevitra fanenjehana, fahasiahana izay tao amiko na nataoko anao ireny, ekeo izany. Navelan'Andriamanitra hiseho ireny hanoneranao na hahafaty anao, ary amin'izany Andriamanitra no tsy maintsy hampiharanao ny ho faty ary izay no famantarana ny fahalavorianao, aza mino ny demony, matokisa an'Andriamanitra, ary averiko amiano, raiso daholo izany tonga ao aminao momba ahy ho tahaka ny fomba iray ampiasain'Andriamanitra mba hampatonga amin'ny fanamasinanao tena sy ny fahalavorarianao ary meteza ho amin'ny fandaozana tonga lafatra eo anatrehan'Andriamanitra ny momba ny ho avinao ary tadidio ity tenin'Andriamanitra ity : Aoka ho mahatoky amin'ny zavatra madinika ary hapetrako eo amin'ny zavatra lehibe, koa noho izany alohan'ny hanaovana zavatra lehibe, manomboka amin'ny zavatra madinika.

Ankehitriny, mba hahatonga ny fahalavorariana ety ambonin'ny tany, aza mitady ny fananana ny fahalavorariana izay tsy misy afa-tsy any an-danitra, miasa hahazo azy ary aza sahirana ianao raha tsy mahazo azy. Masindahy Bernard dia nilaza fa nanota isan'andro izy, isika koa dia hanota isan'andro mandra-pahatapitry ny fiainantsika, hisy avonavona kely, fahamora tohina kely, fahantrana kely ao anatinao, izay no hahatonga ny fahamendrehantsika eo imason'Andriamanitra.

Ny tsy fahalavorariantsika sy ny fahadisoantsika no manazatra antsika amin'ny fitiava-namana, amin'ny fanetren-tena, amin'ny faharetana, amin'ny fahamoram-panahy, miaraka amin'ny finiavana tsara, afaka manatona an'Andriamanitra isika ary azontsika antoka fa mamalifaly an'Andriamanitra isika rehefa mitady hamalifaly azy amin'ny fontsika manontolo isika ary mampiasa ny fomba hahatongavana amin'izany.

Noho izany, matokia, mahereza, mandehana amin'ny lalan'ny fitiavan'Andramanitra, mianara miresaka momba an'Andriamanitra, ny misiteriny, mba hiantsoan'Andriamanitra satria ilaina ho an'ny hafa ; afaka hahay hiresaka an'Andriamanitra amin'ireo izay andefasany anao ianao.

Hiverina tsy ho ela aho, ataoko fa hiverina ao amin'ny Prado aho amin'ny asabotsy. Zavatra iray no angatahiko dia ny hahalala an'i Jesoa Kristy Mpamonjiko ary hiresaka ny momba azy amin'ireo rehetra izay anirahany ahy.

Ny fitiavan'i Jesoa anie hampirehitra ary hameno ny fontsika ary ny fanahintsika anie tsy hahita fahasambarana raha tsy mifampidinidinika ny momba azy, ny misiteriny.

Hitahy anao anie Andriamanitra.

A. Chevrier

Tsy manana fotoana hiverenana hamaky ny taratasiko aho, tsy fantatro na afaka mamaky ny rehetra ianao.

Ho an-dRamatoa …

467 (477) Ho an-dRamatoa …

J.M.J.

Aza tapahina mihitsy ny manao ny fandinihan-tenanao isan'andro ao anatin'ny antsasak'adiny, ary ao anatin'ny fandinihan-tenanao, misaora foana ny Tompontsika ny amin'ireo fahasoavana lehibe nataony ho an'ny olona tamin'ny nahatongavany ety an-tany, ary ny nahafatesany ho azy ireo sy ho anao.

Aza mijanona ny mandalo ao anatin'ny fahatsiarovan'ny fo ireo zava-miafina lehiben'ny Tompontsika ; ny Tranon'omby, ny Kalvery, ny Tabernakila ; amin'ny Tranon'omby dia hianatra hiala amin'ny zavatra rehetra ianao, ny hiaina ao anaty fahantrana sy fahadinoana an'izao tontolo izao sy ny zavatry ny tany ; Kalvery, hianatra hijaly ianao, hibebaka sy hamono ny amin'ny tenanao, hijaly ary ho faty miaraka amin'ny Tompontsika, ao amin'ny Tabernakila indray dia hianatra hahalala ny fitiava-namana lehibe ao amin'ny Tompontsika izay manome ny teniny, ny fanahiny, ny fahamasinany ary hianatra hitia ny rahalahinao ary hanolo-tena ho azy ireo tahaka an'i Jesoa Kristy ianao.

Mitadiava ary hanahaka ny Tompontsika, raha te ho tonga olona tanteraka ianao, aza mivoaka amin'ity fandinihana ny fahamarinan'ilay Mpampianatrao masina ity, ary ataovy ireo fijanonana kely telo ireo dia ampanantenao ny Mpamonjinao ny hanaovanao zavatra noho ny fitiavany.

Mitomboa amin'ny finoana sy fitiavana amin'ny Tompontsika amin'ny alalan'ny fandinihan-tena isan'andro, ary rehefa avy eo dia ataovy izay hanaingan'ny Tompontsika ao amin'ny fahantrana, ny fibebahana sy ny fitiava-namana.

Hotahin'i Jesoa sy hanome anao ny fitiavany anie i Jesoa.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa …

468 (474) [1] Ho an-dRamatoa …

J.M.J.

Ramatoa sy anabavy malala ao amin'ny Tompontsika

Mahatsara anao angamba ny mangataka fihaonana amin'Andriamatoa Prefet amin'ny alalan'Andriamatoa…, nefa mampatahotra ny tsy hahazoanao zavatra lehibe. Na izany, hoentinay am-bavaka eo anatrehan'Andriamanitra ihany ny raharahanao.

Ilay mpanomponao manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

469 (475) [2] Ho an-dRamatoa …

J.M.J.

Tsy mahita zavatra sarotra amin'ny hanekena ny fanambadian'ny zanakao vavy amin'io lehilahy io aho. Afaka hamita ny adidy masina izy ary hitady ny famonjena azy, ary ny fiainany miadana izay hisy azy dia hahatonga azy ho ilainareo ary hanao asa soa vitsivitsy.

Hotahin'i Jesoa anie ianao.

A. Chevrier

470 (476) [3] Ho an-dRamatoa …

Filaminana sy fitokiana an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra ary aza toherina ny fiantsoana ny zanakao.

A. Chevrier

Anatra fohy[10]

471 (478)

17 janoary 1873

Mangataka ny fiainana ara-panahy.

A. Chevrier

31 desambra 1873

[10] Voasoratra ambony sary na boky.

Enga anie haniry ao anatinao ireny madinika ara-panahy ireny.[11]

A. Chevrier

1 janaory 1876

Mifanaraka tsara amin’ny olona rehetra.

Limonest, Noely 1877

Amin’ny alalan’ny vavaka sy ny fandinihan-tena no amelombelomantsika ny fanahintsika.

A. Chevrier [marary]

6 jolay 1879

Hanome fiainana anao anie Andriamanitra. A. Chevrier

Mivavaha mba tsy hianjera ary areno ireo izay mianjera. A. Chevrier

Tsy maintsy velomina amin’Andriamanitra ny zanaka ary ho tonga mofo tsara.

Mba hanomezana dia tsy maintsy mandray ary Andriamanitra no manome. A.Ch.

Fahamatorana ao anatin’ny fanefana ny adidintsika. A.Chev.

Ny hazofijaliana no lalan’ny lanitra andao arahintsika izany. A. Chevrier

Tsy mankany an-danitra ny olona raha tsy amin’ny hazofijalian’ny fanetren-tena. A. Chevrier

Hiaro anao anie i Maria ary hanampy anao ao amin’ny fanaintainanao. A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely de M… niaina araka izay azoko atao aho, ary mankato amin’ny olona rehetra.

Ialao ny fahotana madinika hiomananao amin’ny kômonio masina. A. Chevrier

Hanome anao ny finiavana tsara anie Andriamanitra.

[11] Voasoratra ambony ny boky “Petites Fleurs d’Ars” na “Vonikazo kely avy any Ars”

Ivavaho ny anjelinao tsara hanome anao ny fahazavana tsara sy ny hery ialanao amin’izao tontolo izao.

Noenjehin’ny ray aman-dreniny, ny jiosy, ny farisiana, ny mpianatra iray, ny mponina, ny pretra, ny miaramila.

Dia nanolo-tena hiaina anaty fanetren-tena aho ambonin’izany, ao anaty fahantrana sy fankatoavana mifanaraka amin’ny fitsipika ao an-trano.

Tsy fivadihana amin’ny fahasoavan’Andriamanitra. A. Chevrier

472 (554)

Hoy ny Tompontsika tamin’ireo Apôstôliny : Ny sakafoko dia ny manao ny sitrapon’Andriamanitra.[12]

Mitadiava hanao ny sitrapon’Andriamanitra amin’ny izay rehetra atao dia hanana fahalavorariana ianao.

rôzery
lalan’ny +
fahanginana
asa
fitiava-namana

Tsy maintsy mianatra ny sitrapon’Andriamanitra ao anaty fandinihan-tena, ao anatin’ny vavaka am-po, ary ao anatin’ny fivavahana mangataka ny hery hanefa izany.[13]

[12] Voasoratra ambony pajy anankirain’ny karine
[13] Nosoratana mena tamin’ny soratanana hafa noho ny an’i Mompera Chevrier

Taratasy ho an’ireo mpanao soa sy ireo naman’ny Prado. 1863-1878

Ho an'Andriamatoa Sellier

473 (542) Ho an'Andriamatoa Sellier

Ho an'Andriamatoa Sellier [Dokotera miaramila sy Inspekiteran'ny A. P., any Versailles [1840-1903]

J.M.J. 20 aogositra 1863

Andriamatoa malala,

Misaotra anao tokoa izahay tamin'ny fahatsiarovana tsara izay notananareo ho anay, tena nanohina indrindra ny raiko sy ny reniko izany. Faly izahay fa efa tsaratsara ny fahasalamanao. Andriamanitra anie hitsimbina anao ao amin'ireo marary mahantra ao aminao sy ny zavatra tsara izay asaina ataonao ho azy ireo, mandray anjara amin'ny asan'ny pretra ny mpitsabo ary manampy azy matetika amin'ny famonjena izay ataony amin'ireo mahantra mijaly. Mangataka an'izany amin'Andriamanitra ho anao aho.

Miandry anao ny ray aman-dreniko ary hahita anao hiverina amin-kafaliana sy fahasambarana. Ary raha faly aminy ianao dia hanohy hanao izay rehetra azony atao izy ireo mba hanampy sy hanome tanana anao, satria lazaiko anao tsilintsofina ihany fa tena mankasitraka sy tia anao be izy ireo. Raha ny amin'ny entanao, tsy manelingelina anay izy ireo, azonao avela aty, ho hitanao eo izy amin'ny fiverenanao ary hotandremanay tsara.

Mbola marefo kely foana ny fahasalaman'ny ray aman-dreniko. Mikohaka foana ny raiko, nijaly kely aza izy tamin'ny volana lasa dia voatery nasiana fanafody mampiempaka ka salama kely izy. Nivonto ny sandrin'ny reniko havia, izao efa mihatsara. Tamin'ianao teto akaikinay dia tena nanampy anay indraindray tamin'ireo mahantra ianao, misaotra anao noho ny amin'izy ireo izahay ary misaotra anao amin'ny fony tokoa izy ireo.

Angamba tsara ianareo raha mampandre ny ray aman-dreniko andro vitsivitsy alohan'ny fiverenanao mba ho vonona ny efitra ho anao, handray amin-kafaliana tokoa izahay.

Tena faly aho maneho aminao fankasitrahako ary maneho anao ny famangiako feno fitiavana sy fanajana.

A. Chevrier
aumônier du Prado, Guillotière

Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Hallot

474 (547) [1] Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Hallot

J.M.J. 1 marsa 1866

Andriamatoa sy Ramatoa,

Nolazaina anao ny zatovolahy iray ao amin'ny Moulin à Vent hanao mpianatra asa momba ny mofo, raha ilainao izy dia azonao raisina, fantatro ny fianakaviana, olona tsara fanahy izy ireo ary hoatry ny tsara fanahy amiko ilay zatovolahy.

Raiso ny famangiako tena an-kitsim-po avy amiko.

A. Chevrier

475 (399) [2] Ho an-dRamatoa Hallot

J.M.J. 8 janoary 1867

Ramatoa

Reko fa mila olona hiasa ao amin'ny trano fivarotanao, ity misy olona izay fantatro, raha mety aminao izy dia azonao raisina. Vehivavy mahatoky mety hilainao angamba.

Raiso ny famangiako feno fanajana.

A. Chevrier

476 (400) [3] Ho an-dRamatoa Hallot

J.M.J. 21 janoary 1867

Ramatoa,

Miangavy indrindra ny hatsaram-ponao amin'ny fiahiana an-dRamatoakely Maria Boisson mba hahazo toerana mpanjaitra ho azy ao amin-dRamatoa Collet. Tena olona tsara izy ary tsy hanananao tsiny.

Raiso ny famangiako feno fanajana sy ny fisaorako tena an-kitsim-po.

A. Chevrier, an'ny Prado

Afaka manao zavatra tsara ho anao angamba izy, azafady diniho.

477 (401) [4] Ho an-dRamatoa Hallot

Ramatoa Hallot, mpivarotra mofo mamy, Rue Impériale, an-kavia

[Prado, 1868]

Voaraiko ity taratasin’i Mômpera Séraphin ity. Azafady ary diniho izay alefan’i Mômpera aty aminao dia mandehana mahita azy.

A. Chevrier

478 (402) [5] Ho an-dRamatoa Hallot

J.M.J. Prado,17 septambra 1871

Ramatoa,

Hitako fa tena maika ianao tamin’ny maraina hany ka adinoko ny nanontany zavatra iray anao. Amin’ny asabotsy amin’ny roa ora, manana tanora atao batemy aho, ary te hanontany anao raha manaiky ho reny mpiahy ianao ary ny vadinao ho ray mpiahy, na tsara raha misy amin’ireo olom-pantatrao mety ho faly amin’io anaram-boninahitra io.

Azafady mba omeo valiny aho.

Ilay manolo-tena ho anao sy mpanompo mankasitraka anao.

A. Chevrier

18 taona ilay tovolahy atolotro anao.

479 (403) [6] Ho an-dRamatoa Hallot

J.M.J. [Prado,] 7 mey 1872

Ry zanako tena malala,

Tsy azo antoka fa ho afaka hahomby ianao raha hangataka amin’ny tompon-trano, ary tsy hanao afa-tsy izay ialany aminao ianao amin’ny fangatahana io fanampiana io aminy ; ny fahamalinana dia tsy manaiky ny hanaovana izany ; apetraho amin’Andriamanitra ny fitokianao ary anontanio azy iza no afaka mampindrana tsy misy antoka ho an’ny fivarotanao, aza kivy, mampitombo ny fanahy ny fizahan-toetra ary mampiakatra any an-danitra.

Ho anareo ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

480 (404) [7] Ho an-dRamatoa Hallot

2 febroary 1878

Noho ny fitiavan’i Jesoa Kristy Tompontsika ary noho ny voninahitr’i Masina Maria Virjiny,

dia mirotsaka an-tsitra-po aho hanefa ny fitsipika kely manaraka ity :

isa-maraina, aorian'ny fifohazako dia handany fahefatr'adiny ho an'ny vavaka sy fieritreretana aho ary aorian'ny fandaminana ny entako ao an-tranoko sy ny fivarotako dia hamonjy lamesa masina aho farafahakeliny in-telo isan-kerinandro.

Handray kômonio masina aho isaka ny mahazo fahazoan-dalana.

Hitanisa tapany kely amin'ny rôzeriko aho isan'andro eo am-pieritreretana, mba ho voalazako daholo izy rehetra amin'ny faran'ny herinandro.

Vakiteny kely folo minitra isan'andro.

Ny lalan'ny hazofijaliana isan-kerinandro.

Ny kônfesiko isaka ny valo andro, fandinihan-tena manokana isaka ny hariva.

Fahalemem-panahy, hatsaram-panahy, fanajana ary famalifaliana tsy mamela ahy hanao teny tsy mendrika amin'ny vadiko.

Amin'ny zanako indray dia fanaraha-maso, fitiavana amin'ny maha kristianina, fahamatorana sy faharetana.

Amin'ny vahiny, fifehezan-tena, ialana ny resaka sy ny famangiana tsy dia misy dikany, ny fifanaratsiana ary ny fifandraisana masaka loatra.

Ary amin'ny tenako manokana, ialana ny fahakiviana sy ny fiahiahiana an'Andriamanitra, tandremana ny fahatoniana sy ny faharetana.

Ny vavaka dia fomba iray ho an'ny famonjena sy ny fikirizna, mampiasa azy matetika.

Fetin'ny fanadiovan-tenan'ny Virjiny Masina, ny 2 febroary 1876

481 (405) [8] Ho an-dRamatoa Hallot

J.M.J. Rôma, 2 avrily [1877]

Ramatoa ary anabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy.

Nampitsofinay rano ny sapile izay nangatahinao ho an-dRamatoakely Collet zanak'anadahinao.

Tokony ho lasa rahariva na rahampitso marain avy tany Rôma any amin'ny paositra io, ary ho azo antoka fa ho tonga any aminao amin'ny alakamisy na zoma, nahazo famelan-keloka tamin'ny Raimasintsika tamin'ny alakamisy lasa.

Faly aho nandray anjara tamin'io fanomezana kely io ary mirary fa ny tso-drano tamin'ny Papa hitondra vokatra masina amin'ny alalan'ny sapile ho an'ny mpivady vao ;

miray fo amin’ny fetinareo aho ary mirary fahasambarana sy fahombiazana ho an’ity fianakaviana mahafinaritra izay fantatro ity.

Any ianao Ramatoa Hallot, manao ahoana ny fahasalamanao ary manao ahona koa ny vadinao ?

Milamina tsara ve ny raharahanareo, malalaka tsara ve ianareo ? Mirary tsara fa ilay Andriamanitra tsara hanampy anao ary hanome anao ny fahasoavany handamina ny rehetra. Aza kivy, izay mahay miandry no mahay mahazo.

Mampamangy an’i Elise, enga anie ho hendry sy ho mpankato izy, ary hihaino tsara ny reniny anie izy.

Mampamangy an’i Joseph sy i Caroline kely.

Handefa tsodrano tsara ho azy ireo aho sy ho an’ny rehetra ary rehefa mahazo ny hasambarana fa vaotsodranon’ny Ray Masina dia hahazo izany ho anareo koa aho.

Raiso ny famangiako tena vokatry ny fo ary ho manolo-tena lalandava ho anareo.

A. Chevrier
Via dell'orazione e morte 92, Roma, ltalia

482 (406) [9] Ho an-dRamatoa Hallot

J.M.J. [Prado, febroary 1878]

Ry zanaka malala,

Ny fandrarana nataoko taminao anikeheo maraina dia tsy misy fifandraisana mihitsy aminao fa fifandraisana amin’ny tranontsika.

Tsy afaka niteny izany tamin’ny taratasy aho fa holazaiko am-bava aminao raha sitrakao.

Aza manahy. Manana fahatokiana tanteraka anao aho ary tena tsy mikasika anao sy ny rakitrao izany.

Raiso ny fihetseham-poko feno fankasitrahana sy fanoloran-tena tsara indrindra.

A. Chevrier

483 (407) [10] Ho an-dRamatoa Hallot[14]

Hoy ny Tompontsika tamin’ireo mpianany : Ny sakafoko dia ny hanao ny sitrapon’ny

[14] Voasoratra ao amin’ny takelaky ny karine

Raiko.

Mikatsaka ny hanaovana ny sitrapon’Andriamanitra amin’ny zavatra rehetra :
Rôzery
Lalan’ny +
Fahanginana
Asa
Fitiava-namana

484 (546) [11] Ho an-dRamatoa Hallot

Ramatoa Halot, rue Impériale, Hotel Collet

J.M.J.

Ramatoa malalako
Ity ny olona avy any La Tour-du-Pin izay nolazaiko anao.
Diniho tsara izy azafady, mifanaraha aminy ianao raha hitanao fa mety aminao izy.
Raiso ny haja vokatry ny foko.

A. Chevrier

Ho an’ny fianakaviana Avout

485 (525) [1] Ho an’ny fianakaviana Avout

J.M.J. 15 jiona 1866

Andriamatoa Commandant,

Tsy navelan’Andriamanitra hahita anao aho omaly ; nalahelo daholo isika. Androany, androko fanaovana rakitra, ary tsy mahazo manapaka aho fa amin’ny andro voalohany mahafaka dia manome alalana ny tenako hitondra ny andian’ondrikeliko any aminao aho. Famangiana fanehoam-pankasitrahana io ary koa ho fifaliana ho an’ny rehetra.

Voninahitra ho ahy ny ho tonga am-panetren-tena.
Ilay mpanomponao tena manetry tena sy mankato.

A. Chevrier

486 (526) [2] Ho an’ny fianakaviana Avout

J.M.J.

Andriamatoa Commandant,

Alefako any aminao ny ankizilahy keliko, ary dia misaotra anao mialoha aho amin'ny fitiavana andraisanao azy ireo ary misaotra ny vadinao torak'izany koa.

Misy asa lehibe manakana ahy hivoaka androany hariva. Tena fifaliana ho ahy ny maneho aminao ny porofom-pankasitrahana tena vokatry ny foko. Tena fanoloran-tena ho ahy izany. Mirary koa aho raha mirary fa hiaraka amin'ireo zanako ny anjely tsara ary hitondra ny tsodranon'ny lanitra rehetra ao an-tranonao anie izy ireo.

Mamelà ahy hanolotra ho anao vovoka tao amin'ny fasan'ny olontsambatra Labre.

Hotahian'i Jesoa anie ianao ary hanasitrana anao anie Izy.

Ilay anao manontolo ao amin'i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

487 (527) [3] Ho an'ny fianakaviana Avout

J.M.J. 12 desambra 1866

Andriamatoa Commandant,

Nanontany an'Andriamatoa Vicaire Général aho raha ho afaka hanaiky ny anarana ho ray mpiahy dia manome ny fahazoan-dalana izy. Ekeko ary ity voninahitra sy ity adidy apetrakao amiko ity, izaho izay olona mahantra sy tsy mendrika, ary dia miantehitra aminao sy amin'ny vadinao aho hanampy ahy hanefako izany andraikitra izany.

Amin'ny fanaovana ny Batemiko dia nandray ny anarana hoe Antoine aho ary François Marie amin'ny fivavahana. Raha sitrakao sy Ramatoa ny hanome ny anarana ireo an'ity zaza izay efa tiantsika ity, dia tena ho faly izahay.

Azafady soraty ho ahy ny andro nahaterahany mba hahazoako mankalaza lamesa ho azy, ary mba hitahirizany ny tsy fananany tsiny eo amin'ny fiainany.

Misaotra aho noho ny voninahitra nomenao ahy ary hanolo-tena hivavaka ho anao amin'Andriamanitra aho.

Ny tsodranon'Andriamnitra anie hidina aminao sy ao amin'ny zanakao.

A. Chevrier, au Prado

488 (528) [4] Ho an'ny fianakaviana Avout

J.M.J. Alahadin’ny Sampakazo

Andriamatoa sy Ramatoa,

Elaela izay no tsy nahazoako vaovaon’i Joseph kelintsika. Nieritreritra azy matetika aho nandritra ity volana ity indrindra tamin’ny andron’ny fetiny. Manao ahoana izy izay ? Manomboka miteny vitsivitsy ve izy ? Manabe azy tsara foana ny anabaviny ? Taloha, nanome vaovao ahy avy ny amin’ny Charité Ramatoakely du Fay fa fotoana vitsivitsy izay dia tsy hitako intsony azy, mino aho fa tsy salama izy.

Tsy fahasalamana somary mafimafy no nanery ahy hiala sasatra tao anatin’ny andro vitsivitsy tany amin’ny pretra tsara fanahy iray manodidina an’i Lyon no nandray ahy hatramin’ny fofo andro izay, dia izay no manome fotoana kely ho ahy hanoratana sy hieritreretana kely amin’ireo izay liana amin’ny asa soantsika fa hody any amin’ny Prado aho raha afak’ampitso. Raha sahy mangataka valiny kely aminao aho dia faly indrindra handray izany ary dia mankasitraka indrindra.

Voninahitra ho ahy ny ho mpanomponao tena manetry tena ao amin’i J. K.

A. Chevrier
Providence du Prado, rue Chabrol 55

489 (529) [5] Ho an’ny fianakaviana Avout

J.M.J. 4 ôktôbra 1870, S^{t} François

Ramatoa anabavy malala ao amin’i Tompontsika Jesoa Kristy,

Mieritreritra any aminao foana aho amin’ny lamesa masina eo amin’ny ôtely, any amin’ny vady malalanao sy ny zanakao. Tsy adinoko indrindra i Joseph keliko izay tena tiako amin’ny fitiavana manokana noho ilay fatotra ara-panahy izay napetraky ny sakramenta tao aminay ary fantatro fa setrin’izany dia mivavaka ho azy aho.

Eo afovoan’ny toe-javatra mafy ka nandavoan’ny fahotana antsika dia tsy maintsy mijanona ao amin’ny toerana nomen’Andriamanitra antsika isika ary tsy mivoaka ao raha tsy afaka manatsaratsara kokoa na voatery amin’izany. Raha manao toy izany dia mahazo antoka fa manao ny sitrapon’Andriamanitra. Mampahonena anie ny renim-pianakaviantsika ary miombona alahelo aminao aho amin’ny anjaranao sy ny fanahianao ny zanaka malalanao.

Nefa matokia, ndao isika hivavaka ary hivavaka tsy mijanona ; misy andro tena tsara no omanina ho antsika. Hiara-mitsangana amin’ny maty Rôma sy Frantsa ary manomana

filaminana sy fahendrena ho an’ny zanany Andriamanitra nefa tiany hovidintsika amin’ny sazy izany, indrisy mendrika antsika izany.

Ho faly handre ny vaovao aho, azafady mba omeo an’izany aho ary minoa ianao fa miraiki-po amin’ny fivavahana

Ilay mpanomponao manolo-tena ho anao ao amin’i Jesoa Kristy

A. Chevrier

Hotahin’i Jesoa anie ianareo rehetra.

490 (530) [6] Ho an’ny fianakaviana Avout

J.M.J. 4 febroary 1876

Ramatoa,

Somary tara aho amin’ny famaliana ny firarian-tsoanao sy ny an’i Joseph keliko, zanako amin’ny batemy.

Misaotra ny amin’ny fahatsiarovana tsara ary ny fanomezana an-kalalaham-po ho an’ny ankizintsika ; hotahin’Andriamanitra anie ianao ary hanome ho anareo ny fahasoavana, fahasalamana ary fahombiazana anie Izy. Eny, tena tiako ny fianakavianao ary fantatro koa fa tia azy koa Andriamanitra, ary ny fahasoavan’Andriamanitra anie ho aminareo rehetra satria tsinontsinona ny eto an-tany fa ny lanitra no zava-drehetra. Rehefa ho any an-danitra isika dia ampy izay. Mahereza sy mazotoa, satria indray andro hanana anjara amin’ny fahasoavan’Andriamanitra ianao miaraka amin’ny zanakao.

Mamporisika tsara lalandava an’i Joseph kely aho mba ho hendry, mba hanao ny fivavahany amim-pitiavana sy amim-pitandremana ary hihaino tsara lalandava ny ray aman-dreniny sy Andriamatoa Curé izay tsara fanahy mikarakara azy. Mivavaka amin’Andriamanitra ho azy aho, ary mangataka amin’Andriamanitra hiambina azy tsara mba hahatonga azy ho sakaizany sy ho mpanompony mazoto.

Mahereza, mahareta, mikiriza.

Mitsodrano anareo rehetra aho, Joseph kely, ny rahalahiny Albert sy Alfred ary ny anabavy, ary hanaparitaka ny tsodranony be dia be indrindra ho an’ny vadinao sy ho anao anie ilay Mpampianatra tsara, Ramatoa sy anabavy malala ao amin’ny Tompontsika.

Tsy hanadino anao eo anatrehan’Andriamanitra ao amin’ny Sorona Masina.

Mampamangy anao koa ny zanako rehetra ary mivavaka ho anao.

A. Chevrier
aum. du Prado, à Lyon

Indro misy sary kely ho an'io Joseph keliko.

Ho an'Andriamatoa Revol

491 (503) Ho an'Andriamatoa Revol

Andriamatoa Revol [Ben'ny tananan'i La Guillotière]

J.M.J. Prado, 15 septambra [1867]

Andriamatoa malala

Hanana kômonio voalohany izahay rahampitso ato amin'ny Providence amin'ny 7 ora, ary Monseigneur de Charbonnel no hanome ny sakramentan'ny Fankaherezana amin'ny 8 ora sy sasany, rehefa avy eo, hanome voninahitra anay amin'ny alalan'ny sakafo antoandro i Monseigneur. Tena ho faly sy heni-boninahitra aho hanana anao eo afovoanay raha hamela anao amin'izany ny asanao.

Azafady raiso ny haja feno fankasitrahana avy amin'ny mpanomponao.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Servan

492 (413) [1] Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Servan

J.M.J. 1 janoary 1878

Voninahitra ho an'ny Abbé Chevrier ny maneho ny firarian-tsoany noho ny taona vaovao amin'Andriamatoa Servan ary miangavy azy hanaiky ny porofon'ny fankasitrahanay tamin'ireo tombontsoa rehetra nomeny ny Providencenay Prado.

Hotahin'i Jesoa Tompontsika sy ny Reny Masina anie ianao, ny zanaka malalanao, ny fianakavianao sy ny fanirianao rehetra.

A. Chevrier

493 (414) [2] Ho an'Andriamatoa sy Ramatoa Servan

J.M.J.

Ranabavy kely malalako ao amin’ny Tompontsika,

Misaotra tamin’ny fiantrana tsara nataonao ho an’ny zanakay ary hovalian’ny Tompo fahasoavana anie izany ary ny Fanahy Masina hanome anao ny fahazavany masina.

Alahelo tahaka ny inona no ametrahan’ny fanahy fetsy anao ary fakam-panahy inona no amadihany anao. Azoko tsara ny toerana mampalahelo misy anao ary mampanantena anao hivavaka amin’ny Tompontsika mba hanampy anao hahazaka izany, ary hanafaka anao raha izay no sitrapony.

Nisedra ireny fitsapana nataon’ny saim-petsy ireny ny Tompontsika tao amin’ny zaridainan’ny Oliva ary hoy izy : hatao anie ny sitraponao Ray ô fa tsy ny ahy. Ary izany fanekena izany no nahamendrika antsika ny herim-pahasoavana ka hahatonga ny fianakaviantsika ho mendrika hoderaina. Araka izany ary, matokia, minoa aho fa manana famendrehana betsaka eo imason’Andriamanitra amin’ity fitsapana ity, ary faly mijery anao miady sy mivavaka ao afovoan’ny adinao anie Andriamanitra. Tadidionao fa nitaraina tamin’ny Tompontsika noho ny fahoriany Md Paoly ary voavaly izy fa ny fahamarinana dia mihalavorary ao anatin’ny fitsapana.

Mahereza ary, ary ataovy tahaka ny tsy manana fakam-panahy ianao na iray aza. Tsinontsinona izay ivelany ihany, aza malahelo an’izany ianao. Tano eny an-tananao ny hazofijalianao ; fihino mafy eo amin’ny fonao izy dia lazao hoe : Ry Mpampianatra tsara, fantatrao fa anao aho, aza avela hanafintohina anao mihitsy aho satria ny hijaliako no sitraponao, ary manaiky izany an-tsitra-po aho. Atolotro Anao izany rehetra izany ho an’ny fiadanana sy fandresen’ny Eglizinao masina, ho an’ny famonjena ho an’ny Frantsa.

Mahereza ry zanaka malala, faly aho mieritreritra fa mendrika zavatra betsaka ianao, ary hidera an’Andriamanitra ianao ao anatin’ny hamavomavoanao mihoatra noho ny amin’ny zavatra hafa.

Mitsodrano anao amin’ny foko rehetra aho ary mivavaka ho anao isan’andro eo amin’ny Ôtely Masina.

A. Chevrier

Hanafaka anao tsy ho ela Andriamanaitra, matokia.

Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier

494 (408) [1] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier

Andriamatoa Dorier, Place Grolier 3, Lyon

J.M.J. Lyon, 10 avrily [1868]

Andriamatoa,

Nanafatra ahy ny zanakalahinao tao amin’ny taratasy nalefany ho ahy avy tany Rôma ny mba hiangavy ny rainy mba hanao Paka. Te hampionona azy aho hiteny fa efa voavaly ny vavaka nataony sy ny antsika.

Afaka roa andro ny Paka, fa ny fotoanan’ny Paka dia mbola maharitra tapa-bolana. Raha afaka manao zavatra sasantsasany ho anao aho amin’ity vanim-potoana ity dia ho anao tanteraka aho.

Voninahitra ho ahy amim-panajana lalina ny ho mpanompo manetry tena ho anao.

A. Chevrier

495 (409) [2] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier

Ho an’Andriamatoa Dorier

J.M.J. Lyon, 20 desambra [1868]

Andriamatoa,

Teo am-panehoana ny hafaliako taminao tamin’ny fahitana anao ny zoma teo dia adinoko ny niteny taminao fa malalaka aho isan’andro amin’ny iray ora ka hatramin’ny 3 ora.

Araka izany, raha fanirianao ny ho tonga hitsidika ahy kely, tena voninahitra ho ahy ny handray anao ny alarobia na ny talata amin’io ora io.

Ho voninahitra ho ahy ny ho ao am-panajana sy amim-pankasitrahana avy ao am-po dia ny mpanomponao tena manetry tena aho.

A. Chevrier ao amin’ny Prado

496 (410) [3] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier

Ramatoa Dorier, Brignais, Rhône

J.M.J. Lyon, 5 jiona [1874]

Ramatoa ary ranabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Tena manana fitiavana ianao amin’ny anoratanao ho ahy hanasa ahy ho any aminao andro vitsivitsy, mba hamarana ny fametrahana ahy indray ka hanaisotra ny hery izay mbola

tsy ampy ato amiko. Manome porofom-pitiavana izay mameno anao ho an’ny Tompontsika sy ny mahantrany ianao sy Andriamatoa Dorier. Tsy misy azoka atao afa-tsy ny misaotra anao amin’ny foko manontolo amin’ny anarany, ary miteny aminao fa raha tsy nampiantrano ahy tany aminy hatramin’ny ela ireo vehivavy tany Limonest izay nitsabo ahy nandritra ny aretiko dia efa nody ela tamim-pifaliana taty aminao aho, fa izao efa mihatsara aho ary manantena handray ny asako indray izay mampatsara ahy … fahatarana.

Raiso ary ny fisaorana tena vokatry ny fo eo am-piandrasana ny andro iray izay hanehoako izaho tenako izany any Brignais.

Raiso koa ny fihetsehampom-panajana sy fankasitrahana avy amin’ny mpanomponao manetry tena ao amin’i Jesoa Kristy, ary toy izany koa Andriamatoa Dorier.

A. Chevrier

Reko tamim-pifaliana fa salamalama ny ankizy madinikao. Enga anie ho voatazonao ao anaty fahasalamana sy fahendrena izy ireo ka hiparitaka ao aminareo ny tsodranony rehetra be dia be indrindra ary ny fiadanany masina.

497 (411) [4] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier

Ramatoa Dorier, Place Grolier 3, Lyon

J.M.J. [Lyon, desambra 1875]

Ramatoa malalako,

Misaotra tamin’ireo vaovao izay nomenao aho avy tamin’i Dorier tamin’ny hatsaram-panahy.

Tsy maintsy manantena fa mbola hitahiry anao Andriamanitra ; tsapako tsara fa mihaosa izy tamin’ny fitsidihana farany tao amin’ny Prado.

Tsy maintsy miambina ary. Amin’ity herin’andro ity, ataoko izay rehetra azoko atao mba hahitana anao.

Ampian’Andriamanitra sy hotahiny anie ny ho avin’ny fanambadian’ny zanany lahy. Hanao lamesa masina ho anareo rehetra aho amin’ny alarobia.

A. Chevrier

498 (412) [5] Ho an’Andriamatoa sy Ramataoa Dorier

Ramatoa Dorier, Place Grolier 3, Lyon

J.M.J. Lyon, 21 desambra 1875

Ramatoa malala,

Hanefa ny adidiko anatrehan'Andriamanitra, ny asa ampiandraiketina ankininareo amiko momba an'Andriamatoa Dorier ary nampanantena ny handeha hahita anareo aho raha vao afaka mivoaka.

Mahereza ary matokia an'ilay Mpampianatrantsika tsara fanahy izay mitsapa antsika mba hampamendrika antsika ny paradisany ary hampitomboantsika ao anaty fitiavany.

Ilay manolotena amin'ny Tompontsika ho anareo.

A. Chevrier

Ho an'ny Dokotera Dubuisson-Christol

499 (504) Ho an'ny Dokotera Dubuisson-Christol

J.M.J. 23 aogositra [1870]

Andriamatoa mpitsabo,

Ekeko amim-pankasitrahana ny fanomezana amim-pahatsoram-panahy ataonao aminay, amin'ny fahatongavana mamangy ny mahantra izay hankinina aminy ao amin'ny Providence, rue Chabrol 55, Guillotière.

Raha noho izany ny …
Naratra …
Fitokisana …
Avy aminareo … (Taratasy voarovitra)
Ny voninahitra …
Sy ny …
Mpanolo-tena …

Raha izahay …

Raiso … ny antoka … haja …

Ho an-dRamatoa Félissant

500 (430) Ho an-dRamatoa Félissant

J.M.J. 21 jolay 1872

Ramatoa sy anabavy malala ao amin’ny Tompontsika,

Hotahin’ny Tompontsika anie ianao ary hanome anao ny fahasoavany Izy tamin’ny tombontsoa nomenao anay. Misaotra anao eram-po aho amin’izany ary hivavaka amin’Andriamanitra izahay hanampy sy hanome anao ny fahazavany. Aza manahy ianao ry zanaka malalan’Andriamanitra, tia anao ilay Andrimanitra tsara ary ny fahoriana izay sedrainao dia fizahan-toetra mamatotra anao tanteraka amin’ny Tompontsika amin’ny fampaniriany anao ny fahasoavany sy ny fitiavany. Aza manana fanahiana ary, tiavo ilay Andriamanitra tsara fanahy ary aza manahy ny amin’ny sisa, ho sambatra isika any an-danitra, ao an-dalana isika, mahereza.

Mivavaka ho anareo aho ary mivavaka kely ho ahy mba hahafahako manohy ny asa soa izay nankinin’Andriamanitra tamiko raha izay no sitrapony.

Ilay manolo-tena ho anao ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa Legendre

501 (505) Ho an-dRamatoa Legendre

Ramatoa Legendre, Place Bellecour 35

J.M.J. 22 novambra [1872]

Ramatoa malala,

Isan-taona dia mampiseho hatsaram-panahy aminay ianao manome fanampiana ho an’ny ankizin’ny Providence Prado. Miangavy anao aho mba hanohy ho anay izany tombontsoa izany ianao. Tena hankasitraka anao amin’izany izahay.

Hanome anao ny tsodranony anie ilay Mpampianatra tsara ary miangavy anao handray ny famangiana vokatry ny fo amin’ilay manolo-tena ho anao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier, ao amin’ny Prado

Ho an’Andriamatoa Ramel

502 (506) Ho an’Andriamatoa Ramel

Andriamatoa Ramel, any Saint Etienne

J.M.J. Lyon, 30 desambra 1872

Andriamatoa,

Tsy avelako handalo mihitsy ny faran’ny taona raha tsy ho tonga hisaotra anao tamin’ireo fanomezana tsara izay nomenao anay fotoana vitsivitsy izay.ho an’ny Providence nay Prado ary ny faniriana tsara izay asehonao aminay.

Hamaly soa anao anie ilay Mpampianatra tsara ary hanome anao ny fahasoavana ara-panahy izay ilainao ho an’ny famonjena.

Hanao Sorona Masina amin’ny lamesa ho anao sy ny fanirianao aho amin’ny alakamisy ho avy, izay no fomba tokana omena ahy mba hanehoako ny fankasitrahako amin’ny fanahy tsara rehetra izay mieritreritra antsika.

Raiso ny famangiana tena vokatry ny fo avy amin’ilay mpanomponao tena feno fankasitrahana.

A. Chevrier
Mpiara-dia amin’ny Prado

Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy, Solombavambahoaka, Jura

503 (548) [1] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy

J.M.J. 20 jolay

Ry Andriamatoa malala,

Noho ny fetin’Andriamatoa rainao izay maty dia hanao lamesa ho an’ny fialantsasatry ny fanahiny sy ny fiderany any an-danitra aho rahampitso. Rehefa nanana raiamandreny tsara loatra tety an-tany dia tsy afaka hisalasala ny amin’ny fahasambaran’izy ireo any amin’ilay fiainana hafa ary fiononana ho antsika ny fahatsiarovantsika ny fahamarinany taloha mba hahazoantsika ny anjarany tsara,

ary hitany am-pahasambarana ny amin’ny diany izay navelany tety an-tany.

Misaotra amin’ny anaran’ny ankiziko rehetra, tamin’ny fanampiana nalefanao ho ahy amin’izao fotoana izao.

Mahereza afovoan’ny asanao mahasasatra ihany.

Miaraka mitolona ny olombelona fa enga anie hotahin’Andriamanitra ianao

Andriamatoa malala.

Mivavaka azy ho an’ny olona rehetra izahay ary ho anao manokana sy ho an’ny reninao tsara fanahy, ary mirary ho anao ny tsodranon’ny lanitra rehetra.

Miaraka amin’ny fanajana lalina sy fankasitrahana feno
ny mpanomponao manolo-tena ho anao.

A. Chevrier
An’ny Prado, Lyon

504 (549) [2] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy

J.M.J. 1 janoary 1873

Andriamatoa malala

Mamela ahy amin’izao fiantombohan’ity taona ity izao ho tonga hanolotra anao ny firariantsoako ary ny faniriako tena vokatry ny fo.

Miresaka anao matetika miaraka amin’i nenitoanao izahay ary am-pifaliana foana no ahatsiarovako ny fitsidihanao kely tany amin’ny Prado izay nanome voninahitra ahy ny fahalalako anao.

Mivavaka ho anao ao amin’ny Sorona Masina aho mba hotsofin’Andriamanitra rano tsara ny asanao sarotra ary hanome anao fahasalamana sy ny fahasoavana ho an’ny fahasambaranao Izy ary ny ho an’i France koa.

Miaraka amin’ny fanajana lalina aho
ilay mpanomponao manetry tena.

A. Chevrier

505 (550) [3] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy

J.M.J. 13 ôktôbra 1873

Andriamatoa tena malala

Nanome fampanantenana ahy Ramatoakely Pernet nenitoa malalanao ny hahitako anao amin’ny fandalovanao any Lyon fa ny fisehoan-javatra teo amin’ny fotoana dia tsy namela anao hijanona tao an-tanananay ary nanafoana ilay hasambarana.

Tadidiko foana am-pifaliana ny fotoana kely nomenao anay taona iray lasa izay sy ny toe-po kristianina sy ambony izay nameno anao mba hanefanao ity adidy lehibe sy mendrika

napetraka taminao ity. Amin’ny ankapobeny, ny fiombonana dia tahaka ny adidintsika rehetra, dia mivavaka ho anao manokana aho, atosik’ilay fihetsehampom-pitiavana (mamela ahy hampiasa io teny io amin’ny pretra) izay tsapako ho anao manokana ny toetra tsara izay napetrak’ilay Mpampianatra tsara ao aminao.

Mahereza ary, ao amin’izao asa masinao izao, ampandreseo ny tsara amin’ny alalan’ny teny mendrika ary ny Fanahy Masina izay tompon’ny tsara rehetra ary mpanolo-kevitra amin’ny eritreritra tsara rehetra anie ho amin’ny asanao ary hanome anao ny fahombiazana.

Izay no fanirian’ny foko ary hanolotra anao amin’Andriamnitra aho ao amin’ny Sorona Masina mba hitahiany anao sy hanefany anao amin’ny asany.

Raiso ny fihetseham-po feno fanajana sy vokatry ny fo avy amin’ilay mpanomponao manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

506 (551) [4] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy

J.M.J. 3 marsa 1874

Andriamatoa malala,

Tara be aho ny misaotra anao tamin’ny fitiavana nasehonao anay fa izay tsy mbola vitako an-tsoratra dia efa vitako teo anatrehan’ny Tompontsika ho anao, miangavy Azy hitahy anao sy hanampy anao amin’ny asanao mavesa-danja izay nankinin’Andriamanitra taminao

ary ny ankizinay eo am-piarahana aminay hivavaka araka ny fanirianao amin’ny fomba tena manokana. Ho faly aho hanana fotoana hanao izany am-bava raha azo atao izany.

Hotahin’Andrimanitra anie ianao sy ny fianakavianao rehetra ary dia raiso ny famanagiana tena feno fanajana sy ny fankasitrahana tena marina avy amin’ny mpanomponao tena manetry tena

ary manolo-tena ho anao.

A. Chevrier
aumônier du Prado, Lyon

507 (552) [5] Ho an’Andriamatoa Etienne Lamy

J.M.J. 5 janoary 1875

Andriamatoa malala,

Mamela ahy ho tonga amin’ny fiantombohan’ny taona haneho aminao ny firarian-tsoa tena vokatry ny fo ary ny firariako tamin’ny tombontsoa nomenao ny ankizinay ao amin’ny Prado.

Mivavaka amin’Andriamanitra aho mba hiangavy Azy hitahy anao, ianao sy ny Reny malalanao ary hanaparitaka ny fahazavany amin’ny asanao mafy, sy fahasoavana sy ny fiarovany ary miteny am-pahasambarana ny mpanomponao manolo-tena ho anao amin’i Kristy

ny Mpampianatra iombonantsika.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa Crouzier

508 (508) [1] Ho an-dRamatoa Crouzier

J.M.J. 14 janoary

Ramatoa sy Ranabavy ao amin’i Jesoa Kristy,

Lehibe loatra ny alahelon’ny zanakao mahantra, tsy mainty ekena am-panetren-tena sy faharetana izany ary mino aho fa ity fijaliana ity dia ampiasaina be amin’ny fahamasinanao amin’ny fampianarana anao hampihatra ny fahamarinana rehetra.

Hotahin’i Jesoa sy homeny faharetana, fiononana sy fahasitrananan’ny zanakao anie anao raha izay no sitrapony masina.

Raiso ny famangiako tena vokatry ny fo ho anao.

A. Chevrier

509 (509) [2] Ho an-dRamatoa Crouzier

Guillotière, 16 nôvambra 1875

Manankina ireo ankizy maro ao amin’ny Providence Prado amin’ny fitiavanao namana ny abbé Chevrier ; ary miangavy anao hanome azy ny fandrotsaham-bola izay omenao azy am-piatiavana isan-taona.

Hanaparitaka ho anao ny fitiavany be dia be anie Andriamanitra.

A. Chevrier

aum. du Prado

Ho an'Andriamatoa Vial

510 (521) Ho an'Andriamatoa Vial

Andriamatoa Vial, Rue d'Aboukir, 96, Paris.

J.M.J. 19 mey 1876

Andriamatoa malala,

Araka ny efa nolazaiko anao, ny hevitro dia hoe raha tianao hahomby ny varotra dia tsy maintsy mandray ny fitondrana ny varotra tanteraka Andriamatoa Ed. Vial de Lyon sy ny fitantanana ny raharaha ary dia manaiky ny fitsarany ny olona. Ny fandavan-tenany efa nataony tamin'ny nandehanany tany Paris ary ny vola efa novelavelariny dia manome azy ny zo hitantana amin'ny firahalahiana tanteraka, ary tokony tsy handany fotoana. Tsy maintsy mahay manana fahafoizana ny fo hihazonana ny fahamarinana eo anatrehan'Andriamanitra sy izao tontolo izao.

Hotahin'Andriamanitra sy homeny ny fahazavany anie ianao. Hanana fahasahiranana betsaka ianao, nefa aza kivy.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely de Foulquier

511 (431) [1] Ho an-dRamatoakely de Foulquier

Lyon, 10 marsa 1877

Mamerina ireo ankizy maro eo amin'ny Providence ny amin'ny fitiavanao namana ny Abbé Chevrier ary miangavy anao mba hametraka ny fanampiana ao amin'ireo vehivavy izay miseho ao aminao.

Andrialanitra anie hanaparitaka ny tsodranony amin'ireo mpanao asasoanay.

A. Chevrier

512 (432) [2] Ho an-dRamatoakely de Foulquier

6 janoary 1878

Ramatoa anabavy malala ao amin’ny Tompontsika

Misaotra anareo amin’ny firariantsoa ary ny finiavana tsara ao aminao aho, hivavaka amin’Andriamanitra aho hamaly vavaka sy hanome anareo koa, ny fahasalamana, ny fiadanan’Andriamanitra ary ny fahasoavany mba hameno ny fiafaranareo eto an-tany ary hotahin’Andriamanitra any an-danitra.

Hotsofiko rano ireo mofo telo kelinao mba ho tonga hery, fahafinaretana ary fitiavana ho anao.

Jesoa kely anie hitahy anao ary koa ny mpanomponao.

A. Chevrier

513 (433) [3] Ho an-dRamatoakely de Foulquier

Guillotière, 6 janoary 1878

Manankina ireo ankizy maro ao amin’ny fitiavanao namana ny Abbé Chevrier aumônier Providence du Prado (Guillotière), ankizy ao amin’ny tranony, ary miangavy anao hanohy ny fanampiana izay omenao azy isan-tona tahaka ny mahazatra.

Hanaparitaka naminao ny tsodranony be dia be anie Andriamanitra.

A. Chevrier aum. du Prado

514 (434) [4] Ho an-dRamatoakely de Foulquier

Lyon faha 12 janoary 1879

MM.

Azafady miangavy amim-pahatsaram-panahy amin’ny fitiavana mahazatra Ramatoa Hallot sy Ramatoakely Foulquier izay miseho eo aminao, amin’ny anaranay, mba handray ny fanampiana ho an’ireo ankizy maro ao amin’ny Providencen’ny Prado.

Horaisinay amim-pifaliana izay rehetra tianareo omena anay ary matokia ny fandraisanay anjara amin’ny fivavahana sy ny fankasitrahanay vokatry ny fo.

A. Chevrier

Ho an’ny fianakaviana de Murard

515 (533) [1] Ho an’ny fianakaviana de Murard

Ho an-dRamatoa Comtesse de Murard

J.M.J.

Ramatoa

Nanao tsy niera aho handefa aty aminao ny abbé Brochard noresahiko taminao omaly ary ato an-tranonay izy izao.

Mino aho fa ho afaka hanao tsara ny asa tianao ankinina aminy eo akaikin'ireo zanakao madinika izy. Marani-tsaina izy ary ataoko fa manam-paharetana sy mazoto izy hanatsara ny fanabeazana an'ireo ankizy ireo. Rehefa nieritreritra tsara aho dia mino fa afaka mandray azy ianao ary ho faly amin'izany ary hanana ny toetra tsara tadiavinao anie izy. Tena faly aho afaka maneho aminao ny fankasitrahako amin'ny fanomezana anao mpampianatra tsara iray.

Raiso ny fanajako lalina anao ary ny antoky ny fankasitrahako.

A. Chevrier

516 (512) [2] Ho an'ny fianakaviana de Murard

Ho an-dRamatoa La Marquise de Murard, Place de Bellecour 30, Lyon

Rôma, 16 mey 1877

Ramatoa,

Misaotra anao aho tamin'ny kalisy tsara tarehy nalefanao tamim-pitiavana ho an'Andriamatoa Farissier. Ho fahatsiarovana sarobidy ho azy sy ho anay izany.

Hahatsiaro an-dRamatoa mpanao asasoa sy ny fianakaviany rehetra ireo Andriamatoa Pretra vaovao isany ary koa izahay rehetra rehefa mankalaza ireo Mistery Masina voalohany sy amin'ny manaraka rehetra.

Niditra nanao fitokanana ny diakranay mba hiomana amin'ny fanokanana izay hatao any amin'ny Saint Jean de Latran amin'ny asabotsy alohan'ny Trinite. Mba mivavaha ho azy ireo Ramatoa, eo am-piandrasana ny hahafahany manao izany ho azy.

Manaja tanteraka an'Andriamatoa Le Marquis de Murard sy Andriamatoa Monteynard mivady aho.

Voninahitra ho ahy ny maneho ny fankasitrahana vokatry ny fo ary ny fanajako lalina Ramatoa. Ny mpanomponao manetry tena.

A. Chevrier

517 (513) [3] Ho an’ny fianakaviana de Murard

Ho an’Andriamatoa Le Comte de Monteynard

J.M.J. Lyon, 26 mey 1878

Andriamatoa Le Comte,

Tonga hangataka ny fiarovanao aho hampiditra ao Perron ny ankizivavy iray ao amin’ny Providence-nay, 43 taona izy ary efa tao aminay fito (7) taona izay ary efa nanao ny kômoniony voalohany izahay. Efa tratra ny tanjonay, azonay alefa ho any amin’izao tontolo izao satria tsy manan-dray sy reny, tsy manana afa-tsy nenitoa izay tsy afaka mandray azy izy.

Somary adaladala kely izy ary tsy afaka mitady fivelomana ary angamba tena hampanahy any amin’izay rehetra halehany. Tena ho fitiava-namana noho izany ny hametrahana azy any amin’ny toerana azo antoka ary dia izany no ahatongavako hangataka aty aminao ity asam-pitiavana ity.

Mivavaka amin’Andriamanitra ho anao izahay, ho an’ny vadinao sy ny zanakao ary ny hanomezany anao ny fiadanany sy ny fiononany.

Raiso ny famangiana feno fanajana avy amin’ny mpanomponao ary ny fankasitrahany ny asa rehetra izay efa nataonao taminy.

A. Chevrier

Ho an-dry Ramatoakely Dussigne

518 (425) [1] Ho an-dry Ramatoakely Dussigne

J.M.J. 28 avrily

Ry Ramatoakely sy Ranabavy isany ao amin’ny Tompontsika,

Vao avy nandray ny vola fiandry nalefanao ho ahy tamin’i Masera Elisabeth aho, tena fitiavana tanteraka ny famalifaliana avy aminao izany, tena mifamahofaho amiko ny fiheverana feno fitiavana anananao ; averin’Andriamanitra ho fahasoavana ara-panahy anie izay ataonao ho anay rehetra.

Efa tsara aho izay andro vitsivitsy, manantena aho fa ho afaka handray ny asako indray tsy ho ela aho miaraka amin’ny fahasoavan’Andriamanitra, eny e, izay no iriko.

Raiso ny fankasitrahako sy ny tsodrano avy amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier

à la Tour du Pin, chez M. le Curé de St Jean

519 (426) [2] Ho an-dry Ramatoakely Dussigne

Ry Ramatoakely Dussigne, Rue des Asperges 60,
Lyon, Guillotière, Rhone, France

J.M.J. Rôma, 25 mey 1877

Ry Ramatoakely ry Ranabavy malala isany ao amin'ny Tompontsika,

Efa ela no naniriako hanoratra ho anareo dia akisako foana noho ny antony iray na hafa. Kamo foana aho ary tsy mahahitsy tena mihitsy, koa mamela ahy, ataoko fa salama tsara ianareo, mangataka amin'Andriamanitra izahay mba hanomezany fahasalamana ho an'ny vatana sy ho an'ny fanahy ary mba hamaliany soa ny asasoa ataonareo aminay.

Salamalama eny ihany izahay aty Rôma, any amin'ny fisintahana ny lehilahinay ary handray ny asan'ny pretra rahampitso, enga anie hanamboatra olomasina ity sakramenta ity ary hanome azy ireo ny fahasoavana rehetra ilaina ka hahatonga azy ireo ho tena misioneran'ny Prado. Miandry ny zavatra rehetra avy amin'ilay Andriamanitra tsara izahay, ary manantena ny famindrampony lehibe izahay satria raha ny avy aminay dia tsy afaka manao na inona na inona izahay ary hanome anay ny fahasoavany anie Andriamanitra raha ho mendrika izahay amin'ny vavaka sy ny fanoloran-tena, noho izany dia mangataka an'ireo amin'ny vavakareo aho mba hampitomboiny ao anatin'izy ireo anie ny fahasoavan'ny raharaha maha-mpisorona izay horaisina ka hody tsy ho ela amin-kery izahay ka hiasa amim-paherezana ny asan'Andriamanitra, fahasambarana ho ahy ary ny nahita ny Ray Masina Papa tamin'ny asabotsy lasa iny nahazo ny tsodrano ho an'ireo mpanao asasoa antsika, indrindra ho anao.

Mamela ahy hanavao ny fisaorako tamin'izay rehetra nataonao ho anay, tamin'ny kômonio voalohany sy tamin'ny alakamisy masina koa.

Salama tsara i Masera Claire ary mampiandraikitra ahy haneho ny famangiany feno fitiavana sy fanajana.

Mampamangy any amin'ny fianakaviana Broche, salama tsara ny zanany lahy ary rehefa miteny hoe raha afak'ampitso ny lamesanay voalohany dia hieritreritra tsara any amin'ny fianakaviany sy any amin'ny mpanao asasoany izy, manantena aho fa hamaly soa ny fahafoizan-tena izay hataon'ny ray aman-drenin'ireto pretranay tanora ireto amin'ny tsy

fahafahana hanatrika ny lamesa voalohany fa ho afaka hanonitra izy ireo aoriana ; mieritreritra aho fa hifankahita indray isika tsy ho ela ary ilay Andriamanitra tsara anie hamory antsika rehetra mba hiasa amin-kafaliam-po sy ho an’ny voninahiny, ampiana sy tohanan’ny Fanahy tsara lalandava izay nomeny antsika ho tahaka ny reny sy mpanohana.

Ao anatin’ny hafaliana sy fankasitrahana aho izay mpanomponao manetry tena ao amin’i Jesoa Kristy.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely Rousset

520 (522) Ho an-dRamatoakely Rousset

Ho an-dRamatoakely Rousset, des Avenières

Prado, mey 1877

Tena malahelo aho amin’ny tsy ahafahako mandeha any amin’ny fanasanao handeha hijery an’Andriamatoa Rousset, fa voaozona hijanona ato amin’ny efitrano amin’ity herinandro ity noho ny risarisa tsy mamela ahy hivoaka.

Raiso azafady ny fialan-tsiniko. Hoentiko am-bavaka any amin’Andriamanitra tsara ny tsy fahasalamanao ary manantenà fa handeha tsara ny zavatra rehetra.

A. Chevrier

Ho any Masera…

521 (543) Ho any Masera…

J.M.J. 4 nôvambra 1877

Révérende Mère malalako,

Nandefa fiantrana be ho ahy ianao ho an’ny asa kely nataon’ny lehilahy iray tao aminay nandritra ny fotoana vitsivitsy tamin’ny fandehanana hanao Lamesa Masina tao amin’ny fikambananareo nandritra ny tsy nahateo ny mpiara-dia aminareo.

Misaotra anao amin’ny foko tokoa aho, efa nanome sakafo ho an’ireo ankizy madinikantsika sahady izy ary nampanaoviny kômonio voalohany izy ireo.

Mangataka ny vavakareo izahay ary hivavaka ho anareo koa mba hitahin’Andriamanitra

ny asasoanareo ary hanome anaro ny fahasoavana hampibebaka fanahy maro ho amin'i Jesoa Kristy Mpampianatra antsika ary Mpamonjy antsika.

Ny tsodranon'Andriamanitra anie ho ao aminareo sy ho ao amin'ny fianakavianareo rehetra.

Mpanompo sy pretranao
ilay manolo-tena ho anao aho.

A. Chevrier
aum. Du Prado, rue Chabrol 75

Ho an-dRamatoa…

522 (523) Ho an-dRamatoa…

\+ 1 janoary 1878

Satria tsy afaka handeha hijery anao aho dia maneho ny firariantsoako, ho taon-tsambatra sy tsara anie ny taona vaovao. Andriamanitra anie hanome anao ny fahasoavana mba hahay hanararaotra ny fahorianao rehetra ka ho satro-boninahitrao any an-danitra ireny.

Hivavaka amin'Andriamanitra aho mba hanasitrana anao ary afaka hanompo Azy amin-kafaliana sy am-pahazotoana ianao ao anatin'ny fahasalamana.

Hanome anao ny tsodranony anie Jesoa ary hameno anao ny tombontsoany.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa…

523 (514) Ho an-dRamatoa…

J.M.J. 12 janoary 1878

Ramatoa tsara fanahy

Isan-taona dia manam-pitiavana mandefa fiantrana ho anay ianao, ho an'ireo zaza maro ao amin'ny Providence Prado.

Azafady indrindra mba tohizo ho anay izany, tena fanampiana lehibe ataonao ho anay izany.

Avy aty aminay dia manome toky ny hivavaka amin'Andriamanitra ho anao sy ny fianakavianao izahay, ho tena faly foana izahay hiteny ny aminay.

Ilay mpanomponao tena manetry tena sy feno fankasitrahana.

A. Chevrier, aum. du Prado

Ho an'Andriamatoa

524 (515) Ho an'Andriamatoa

J.M.J. 20 janoary 1878

Andriamatoa

Mamelà ahy handefa aty aminao vehivavy iray te-handraikitra ny fandraisana ny asa fiantrana ho an'ny tombontsoan'ireo ankizy marobe ato amin'ny Providence Prado ato amin'ny La Guillotère.

Rehefa manome anay fiantrana dia tena manome fanampiana lehibe ho anay, manome toky kosa izahay ho takalona ny hivavaka amin'Andriamanitra ho anao sy ny fianakavaianao ary ho faly izahay hiteny ny aminay.

Ilay mpanomponao tena manetry tena
sy feno fankasitrahana.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa Jannez

525 (516) [1] Ho an'Andriamatoa Jannez

J.M.J. 26 avrily 1878

Andriamatoa tsara fanahy,

Hitako fa tsy namaly ny taratasinao mahafinaritra tamin'ny 31 marsa aho. Mamelà ahy.

Ary vao mainka aza sahirana aho fa hay ianao ilay lehilahy ao anatin'ny fizahan-toetra ka mendrika fiheverana be sy fikarakarana ary fijeren'ny Mpiahy ara-panahy amin'ny alalan'ny hery izay nosotroanao ny kalisin'ny fijaliana ; mahereza ary matokia.

Ny tena kristianina dia miofana rehefa mihamalemy ny hafa ary manome Fanahy mahery izay tokony hidera sy hanao izay itiavana Azy anao ilay Andriamanitra tsara fanahy.

Na toy inona na toy inona ny vokatry ny zava-misy eto amin'ity izao tontolo izao ity dia tsy misy na inona na inona hampihorohoro na hanimba antsika satria Jesoa Kristy no fototra itombenantsika ary Izy no vatolampy tsy azo hozongozonina. Noho izany, Andriamatoa

malala, mirary fitoniana, fiadanana ary faharetana ho anao aho eo anivon'ny zavatra rehetra, ary hivavaka amin'Andriamanitra aho hanomezany fahendrena ny zanakao fa ny tena fahendrena marina sy ny tena siansa no zava-dehibe eto amin'ity izao tontolo izao ity, ary koa ho an'ny vadinao dia ny fiononana eo am-pahitana anareo rehetra sambatra.

Raiso ary Andrimatoa malala ny famangiana tena vokatry ny fo sy tena lalina avy amin'ity pretra tena manolo-tena sy mpanomponao.

A. Chevrier
aumônier du Prado, rue Chabrol 75, Lyon-Guillotière

526 (517) [2] Ho an'Andriamatoa Jannez

Ho an'Andriamatoa Jannez, Banquier, Roanne, Loire

J.M.J. Limonest, 24 mey 1878

Andriamatoa tsara fanahy,

Satria vizaka aho dia nisintona kely tao amin'ny Providence S^{t} André aty Limonset ary vao nandre tamin'ny abbé-nay fa nanana fitiavana ianao nandefa barikan-divay iray ho anay andro vitsivitsy izay. Ho tonga hisaotra anao amin'ny foko rehetra aho ary hivavaka amin'Andriamanitra hamaly izany aminao amin'ny fahasoavana ara-panahy ireo fanomezana mivaingana ataonao ho anay.

Eo anatrehan'Andriamanitra dia mahatsiaro matetika anao sy ny fianakavianao tsara fanahy aho. Miverina ao an-tsaiko ny fahorianao ary mankalaza an'Andriamanitra aho ny nanomezana faherezana, faharetana, fiononana tena ilaina tamin'ireny fotoan-tsarotra ireny.

Amin'izao alakamisy izao, andro Fiakarana, dia hanolotra Sorona Masin'ny Lamesa ho anao aho, ary hangataka amin'Andriamanitra ny hanaparitahany ny fitahiany eo aminao sy ny fianakavianao rehetra.

Raiso ny famangiana feno fanajana sy fankasitrahana avy amin'ny pretra mpanomponao manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa Cartier

527 (507) Ho an-dRamatoa Cartier

J.M.J. 19 janoary

Ramatoa anabavy malala ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika,

Tonga hisaotra anao aho tamin'ny fanomezana izay nalefanao ho anay, ho an'ny ankizy ao amin'ny Prado andro vistivitsy lasa izay.

Enga anie hanjary tsodrano ho anao sy ho an'ireo olon-tianao rehetra, indrindra ho an'ilay itomanianao.

Tsy maintsy manaiky am-panetren-tena ny didy masin'Andriamanitra ary miteny amin'ny Tompontsika hoe : "Atao anie ny sitraponao."Any an-danitra ihany isika no ho sambatra satria tsy hisy ranomaso intsony any an-danitra any, tsy misy fanaintainana na fisarahana intsony. Hivavaka amin'Andriamanitra aho hitahiany anao sy hanomezany anao ny fiadanany.

Misaotra. Izaho ilay mpanomponao manolo-tena ho anao.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoakely Chaine

528 (511) Ho an-dRamatoakely Chaine

Ramatoakely Marie Chaine

Ranabavy malala,

Nanoratra teny iray momba an'Andriamatoa Deschamps ho ahy ianao. Holazaiko anao fa tsy nahita an'io lehilahy io hatramin'ny ela, hatramin'izay niverenan'ny reniny tany aminy aho ; mandeha amin'ny fotoam-bavaka any amin'ny S^{t} André izy ary hitako indraindray, tsy fantatro raha any Lyon izy izao. Zava-tsarotra sy saro-pady izay ka tsy idirana lalina.

Hendre tsara lalandava ary Andriamanitra tsara anie hitahy ny rainao sy ny fianakavianao.

Raiso ny famangiako tena vokatry ny fo ao amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier

Ho an'i Dokotera Levrat

529 (510) Ho an'i Dokotera Levrat

J.M.J.

Andriamatoa Dokotera

Tratran’ny hatsiaka marina ny reniko omaly ; nandrehoka ra izy omaly ary tamin’ity maraina ity dia mbola nisy ary mandre marary be izy ao amin’ny voany. Mitovitovy tamin’ny fambara tsapany herinandro lasa vitsivitsy izay, tamin’izy nisy fivontosana tao amin’ny tratrany.

Azafady indrindra mba lazao izahay ny amin’ny tokony hatao amin’ny fotoana tahaka izao,

ary raiso ny famangiako vokatry ny fo sy feno fankasitrahana.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa …

530 (544) Ho an-dRamatoa …

J.M.J.

Ry zanaka malala

Heveriko fa aloha loatra raha hieritreritra ny amin’ny taona vaovao.

Tokony hiandry ny fetin’ny olomasina rehetra, angamba ny zavatra eto amin’izao tontolo izao dia mety hisy fiovana hafahafa ka tokony miasa amim-pahamalinana be ianareo.

Ho anao manontolo.

A. Chevrier

Taratasy Famporisihana 1857-1878

Ho an'Andriamatoa Curé Savignat Ho tombontsoan'Andriamatoa Jacques Artis

531 (481) Ho an'Andriamatoa Curé Savignat

Lyon, 8 mey 1857

Izaho, Vicaire S^{t} André, 3ème arrondissement ao Lyon, izay manao sonia eto ambany dia manamarina fa mahalala ny olona antsoina hoe Jacques Artis, teraka tao Savignac, kaominin'i Talizat, ary manao ny asa fandrangitana antsy, hatramin'ny taona maro tany Lyon. Hatramin'ny fotoana nahalalako azy dia nanatanteraka am-pahamarinana ny adidiny masina izy, nanatona tsy tapaka ny sakramenta ary nanome ohatra tsara tao amin'ny fiangonana.

Voninahitra ho ahy ny manankina azy amin'ny halemem-panahin'Andriamatoa Curé Savignac, Talizat, ary miangavy azy mba hirona aminy ka hanome asa kely ho azy izay hotanterahiny amin'ny fahafaham-po.

Nomena tao Lyon ny 8 may 1857

A. Chevrier
vicaire à S^{t} André, Lyon

Ho an'Andriamatoa mpiara-dia ao amin'ny hôpitaly miaramila Ho tombontsoan'dRamatoakely Galley

532 (482) [1]

J.M.J. 23 nôvambra 1867

Andriamatoa mpiara-dia,

Indro misy olona mahery fo ato amin'ny fokontaninay izay fantatro tsara hatramin'ny ela izay miangavy anao mba hampiditra azy ho mpanjaitra ny rovitra ao amin'ny hôpitaly miaramila na ho mpiambina amin'ny alina any amin'ny Charité.

Afaka manao io asa io ity tovovavy ity ary mendrika fitokisana izy.

Raiso ny famangiana feno fanajana avy amin'ny mpanomponao tena manolo-tena.

A. Chevrier

Taratasy fanamarinana Ho an-dRamatoakely Galley

533 (483) [2] Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Galley

J.M.J. Lyon, 9 ôktôbra 1874

Ankininay amin’ny fitiavan’olona vitsivitsy tia namana Ramatoakely Valentine Galley, mipetraka eto akaikinay ato amin’ny Prado, raiki-trosa noho ny aretina sy ny fitsaharana tamin’ny asa ity zazavavy mahantra tena kristianina ity, ho voaray tao amin’ny fikambanana iray izy raha tsy nisy ity sakana ity.

Tena asasoa tsara araka izany ny hanampiana azy.

A. Chevrier

534 (484) [3] Ho an-dRamatoakely Galley

J.M.J. Lyon, 3 desambra 1876

Fantatro Ramatoakely Valentine Galley hatramin’ny taona maro izay ary afaka manamarina fa tovovavy kristianina tsara sy mendrika tombontsoa amin’ny toerana misy azy izy ary azo itokiana amin’ny fahamarinany sy ny toe-panahiny.

Ho any Masera … ho an-dRamatoakely Galley

535 (485) [4] Ho any Masera … ho an-dRamatoakely Galley

J.M.J. Lyon, 3 septambra 1878

Révérende Mère,

Fantatro tsara Ramatoakely Valentine Galley izay mangataka hovoaray ato amin’ny fikambananareo ary izay novalianareo ho tonga aty aminareo hanao andran’asa.

Nanefa ny adidy masina eto amin’izao tontolo izao ity tovovavy tsara ity, tsotra sy tsy manan-tsiny izy ary mino aho fa afaka manao tsara ny asa kely omenao tahaka ny masera manompo izy, ary ho azy, ny tena fasambarany dia ny fahafahany mijanona ao amin’ny fikambanan-drelijiozy.

Manao voady aho mba hanomezan’Andriamanitra tsara ny fahasoavana ho azy ny amin’izany.

Faranako ny taratasy amin’ny fangatahana ny vavakao ary miangavy anao handray ny

fangatahako tena feno fanajana ao amin’ny Tompontsika ilay Mpampianatra masina.

A. Chevrier,
aumônier du Prado

Ho an’ny Dokotera … ho an’ny tombotsoan’ny tovolahy iray

536 (486) Ho an’ny Dokotera … ho an’ny tombotsoan’ny tovolahy iray

J.M.J. 22 ôktôbra 1869

Andriamatoa mpitsabo

Voninahitra ho ahy ny mandefa tovolahy tsara iray avy ato amin’ny tranonay izay marary hatramin’ny volana maro, tsemboka be izy amin’ny alina, mikohaka, malain-komana.

Satria ianteherako mafy izy dia miangavy anao hanasitrana azy aho, vonona hanao ny fahafoizana rehetra ho azy aho, raha hotazonin’Andriamanitra ho ahy izy dia ho famonjena lehibe ho ahy izy.

Voninahitra ho ahy ny manolotra fanajana lalina.

Ny mpanomponao feno fankasitrahana manolotra ho anao.

A. Chevrier,
aumônier du Prado

Tapakila ho an-dRamatoakely Vincent

537 (519) Tapakila ho an-dRamatoakely Vincent

Tapakila

15 marsa 1870

Tapakilan-dRamatoakely Jeannette Vincent, vola roa arivo Farantsa avy amin’ny fanomezana natao tao amin’ny Providence Prado avy amin-dRamatoa vadin-dRatompokolahy Sens maty 14 volana izay.

Manaiky aho fa hiantoka an-dRamatoakely Jeannette Vincent mandritra ny fiainany, ny zanabola amin’ity vola ity dia 4 isan-jato.

Natao tao Lyon ny 15 marsa 1870.

A. Chevrier,
aumônier du Prado

Taratasy fanamarinana ho an'Andriamatoa Guerre

538 (531) [1] Taratasy fanamarinana Ho an'Andriamatoa Guerre

\+ 10 febroary 1871

Izaho, pretra, talen'ny La Providence Prado, Guillotière dia manamarina fa Andriamatoa Guerre Louis dia nijanona tato an-tranonay nandritra ny efatra taona tahaka ny mpiasa, ary faly lalandava taminy izahay teo amin'ny fitondrantena, ny filaminana ary ny fahamarinana.

Malahelo izahay fa toe-javatra manokana no nanery azy hanalavitra anay, very olona mendri-pitokisana izahay.

Lyon, 10 febroary 1871

A. Chevrier,

Havaoziko etoana ity taratasy fanamarinana ambony ity ho an'ny roa taona sy tapany nandalovan'Andriamatoa Guerre tato amin'ny Prado tranonay.

Lyon, 17 ôktôbra 1873

A. Chevrier,

Ho an'Andriamatoa Guerre

539 (532) [2] Ho an'Andriamatoa Guerre

J.M.J. 25 jolay

Ry namako mahalala,

Tratra aoriana kely aho vao mamaly anao, tsy hoe tsy te-hamaly anao avy hatrany aho fa fantatrao ihany toy inona ny fiainako ato amin'ny Prado, tsy fantatro matetika aiza no asiako ny lohako hoy ny fitenenana.

Lazaiko anao ary aloha fa sahiran-tsaina be aho fa mino ianao hoe nanoratra zavatra mifanohitra aminao izahay. Izaho aloha tsy manana zavatra manohitra anao aho, mifanohitra amin'izany aza, nandritra ny fotoana nijanonanao tao amin'ny tranonay, namita tsara tami-pahamarinana sy tamim-pahaizana ny adidinao ianao ; ary tsy nisy na inona na inona

nanomezako tsiny anao. Tsy niala tao aminay ianao raha tsy hoe izay no tianao ary nalahelo be izahay.

Ataoko fa tsy nisy olona nanoratra mifanohitra aminao ary raha fantatro izany dia teneniko hanarina izay nolazainy izy. Tsy mino aho raha tsy hitako ny taratasy. Aza manaiky be fahatany ianao ry namako malala amin'ireny fiheverana rehetra ireny, ary minoa ianao, tsy manana zavatra mifanohitra aminao izahay, na fankahalana na valifaty na lolompo.

Faly amin'ny asanao ry Masera ary imbetsaka Masera Dominique miteny hoe : "Raha nanana an'Andriamatoa Guerre izahay dia nisy filaminana tsara ato amin'ny toerana fampiriman-damba". Ary miangavy anao hino fa raha mahita toerana tsara ho anao dia faly hanolotra anao izany. Ary raha mahita zavatra ianao dia anorato aho fa mampanantena anao hanao vavolombelona tsara ho an'ny tombotsoanao mba hahafahanao miasa tsara. Afa-tsy izany, tongava mizaha anay ary hiaraka hiresaka isika ary hataoko izay azoko atao ho anao.

Hendre tsara lalandava aza atao kitotoa ny adidim-pihavanana ary hanome ny fahasoavany sy ny tsodranony anie ily Andramanitra tsara.

Ilay manolo-tena ho anao ao amin'ny Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier

Taratasy fanamarinana ho an'ny fianakaviana Dennesson

540 (489) Taratasy fanamarinana ho an'ny fianakaviana Dennesson

Lyon, 1 aogositra 1871

Ny abbé Chevrier, mpiara-dia amin'ny Prado Guillotière, Lyon, dia mahalala hatramin'ny ela ny fianakaviana Dennesson ary mijoro vavolombelona fa fianakaviana matoky sy kristianina io fianakaviana io.

Ny zanany iray atao hoe Joannès dia narary hatramin'ny ela ; nentin'ny reniny tsara fanahy tany amin'i Md François Régis mba hahazo fahasitranana.

Narahinay firarian-tsoa sy vavaka izy ary apetrakay am-bavaka amin'io Olomasina lehibe io.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa … ho an'i Pierre Thibaudier

541 (487) [1] Ho an'Andriamatoa … ho an'i Pierre Thibaudier

22 mey

Andriamatoa tsara fanahy

Nitady tovolahy kely hanao ny irakirakao sy ny zaridainanao ianao, andro vitsivitsy lasa izay.

Asehoko anao io zazalahy kely izay avy nanao ny kômoniony voalohany io, raha tianao ny handray azy dia afaka manome toky anao aho fa ho faly amin'ny asa keliny ianao.

Raiso ny famangiako vokatry ny fo.

A. Chevrier

Pierre Thibaudier.

542 (490) [2] Ho an'Andriamatoa … ho an'i Pierre Thibaudier

J.M.J. 29 desambra 1871

Tompoko,

Manoratra ho anao aho hisaotra anao ny amin'ny fitiava-namana izay anananao tamin'ny nandraisanao an'i André Thibaudier tanoranay, ary manantena izahay fa hamalifaly anao izy amin'ny fankatoavany, ny fitiavany vavaka ary ny asany.

I Piera zandriny, 15 taona, koa maniry hatramin'ny ela handeha any aminao dia mampanantena azy aho fa raha faly amin'ny zokiny ny olona, angamba ho tsara fanahy ko ianao handray azy koa.

Tonga hiangavy anao ary aho raha mbola maniry handray azy ianao dia inona ny valiny tokony homena azy.

Raiso ny firariantsoako tena vokatry ny fo ho an'ny taona vaovao sy ny fisaorana ho an'ny fitiavanao ireo zanakay ary koa ho an'Andriamatoa Didelot, ary minoa ny fankasitrahana vokatry ny fo avy amin'ny Tompontsika.

A. Chevrier
Any Prado, Guillotière

Ho an-dRamatoa Supérieure de N.D. des sept Douleurs Ho an-dRamatoakely Vallet

543 (492) [1] Ho an-dRamatoa Supérieure de N.D. des sept Douleurs Ho an-dRamatoakely Vallet

J.M.J. 19 avrily 1873

Voninahitra ho an’ny abbé Chevrier maneho ny hasina feno fanajana mandrapahafy an’ny Révérende Mère de l’Adoration ary miangavy azy ahatsiaro ilay olona atao hoe Annette Vallet fantany taloha, te-hiditra ao amin’ny fikambanany izy. Manantena aho, rehefa tarihin’ny anatranatrao hendry izy, mety ho tonga mpitsaoka mafana fo ny Sakramenta izy, ary miangavy anao aho hivavaka amin’Andriamanitra ho anay sy ho an’ny zanakay.

A. Chevrier

Ho an’ny tombontsoan-dRamatoakely Marmoiton

544 (493) [2] Ho an’ny tombontsoan-dRamatoakely Marmoiton

J.M.J. 26 desambra 1877

Ho an’i Révérende Mère,

Mamelà ahy hangataka ny halemem-panahinao ho an’ny tovovay iray atao hoe Eugenie Marmoiton napetrak’i Révérend Père abbé de Sept Fons. Notazoniny tao an-tranonay nandritra ny vola maro izy, fa noho izahay tsy manana trano mihitsy omena azy dia napetrakay tany amin’ny infirmerie izy mandra-piandry, rehefa avy eo nisy marary tonga ka voatery nametraka azy tany amin’ny tovovavy tsara fanahy iray mpifanolo-bodorindrina aminay izahay.

Te-hahita azy mipetraka ao amin’ny fikambanana iray izahay, any izy mba hanana tombontsoa hamonjy lamesa ary hanao ny adidim-bavaka. Olona tsara mpivavaka izay mila fampaherezana sy fiononana izy.

Manararaotra izao fotoana izao aho hanolotra ny famangiako fena fanajana ary mangataka ny vavakao sy ny an’ny fikambananao.

Ilay manolo-tena tanteraka ho anao ao amin’ny Tompontsika.

A. Chevrier, aum. du Prado

Ho an’Andriamatoa … Ho tombontsoan’Andriamatoa Dupasquier

545 (491) Ho an'Andriamatoa … Ho tombontsoan'Andriamatoa Dupasquier

J.M.J. 14 janoary 1874

Andriamatoa tsara fanahy,

Mamelà ahy hangataka ny halemem-panahinao ho an'ny tovolahy mpanao mari-trano 23 taona iray atao hoe Dupasquier, fantatry Ramatoa Bernard tsara. Vao namoy ny rainy miasa any Genève ity tovolahy ity ary any mampalahelo fa misedra amin'ny fanariana ny finoana sy ny sisa ny tanora. Tena ho sambatra ny reniny mahonena raha mahita azy mipetra ka any Lyon ary indrindra ao amin'Andriamatoa Bossan. Koa afaka manampy io tovolahy io sy ny reniny ianao eo am-pandraisana azy ao amin'ny asanao any Lyon na afa-tsy izany tena fanampiana lehibe ho an'ity reny mahantra ity sy ho an'io zanaka lahy io izany.

Meteza Andriamatoa tsara fanahy, hanaiky ny firariantsoa vokatry ny fo avy amin'ny mpanomponao manolo-tena ho anao sy ny porofo tena avy amin'ny fo ny fanoloran-tena feno fanajana.

A. Chevrier, aumônier du Prado

Ho an'Andriamatoa Talen'ny Toeram-pitsaboana Ho tombontsoan'Andriamatoa Faure

546 (494) Ho an'Andriamatoa Talen'ny Toeram-pitsaboana Ho tombontsoan'Andriamatoa Faure

11 febroary 1874

Andriamatoa Tale

Miangavy ny hatsaram-ponao mba hanome ny karatry Ramatoakely de Murard St Romain, laharana faha 922 any amin'Andriamatoa Faure, rue Béchelin, 11, marary izay mila famonjena.

Raiso ny famangiana fena fanetren-tena avy amin'ny mpanomponaomanolo-tena.

A. Chevrier, nahazo fahefana

Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Convert

547 (495) Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Convert

[Lyon, Prado, 18 aogositra 1875]

Fantatro hatry ny ela Ramatoakely Louise Convert ary afaka manome filazalazana tsara momba ny antokom-pinoany, ny toe-panahiny ary ny fahamarinany aho.

Maniry ny hananany toerana tsara aho ary mivavaka amin'Andriamanitra mba hahafahany mamalifaly ny mpampiasa tsara mety hanaiky azy.

A. Chevrier,
aum. du Prado

Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Crozier

548 (497) Taratasy fanamarinana ho an-dRamatoakely Crozier

Lyon, faha 2 ôktôbra 1876

Izahay, Pretra Tiers Ordre de Saint François d'Assise, izay manao sonia eto ambony, nahazo alalana avy amin'ny Supérieurs Généraux, dia nandray avy amin'ny tiers Ordre n'ny Masindahy François Ramatoakely Marie Crozier de Vaugneray tamin'ny 27 jiona 1875, ary navelanay hiasa izy ny 2 ôktôbra 1876, araka izany dia manome azy ity fanamarinana ity izahay mba hahazoany miseho any amin'ny fivorian'ny « Tiers Ordre » sy mandray anjara amin'ny tombontsoan'izy ireo.

A. Chevrier,
aumônier du Prado, du Tiers-ordre de St François

Taratasy fanamarinana ho an'Andriamatoa Chapotton

549 (496) Taratasy fanamarinana ho an'Andriamatoa Chapotton

[Ho an'Andriamatoa Chapotton]

Lyon faha 4 ôktôbra 1875

Fantatro Andriamatoa Louis Chapotton, mpampianatra teny anglisy, mipetraka any amin'ny rue de l'hotel de Ville 55, ary mametraka azy amin'Andriamtoa isany Supérieurs ao amin'ny toeram-panabeazna aho, ary afaka mampanantena azy ireo aho fa amin'ny fahaizana sy ny fitondran-tenany tsara ary ny fahamarinany dia hanampy ny mpianatra ankinina aminy izy.

A. Chevrier
aum. du Prado. Lyon

Ho an'Andriamatoa Dufour

550 (498) Ho an'Andriamatoa Dufour

11 janoary 1877

Andriamatoa Dufour

Tonga hanavao aminao indray min'ny alalan'ity taratasy ity izay efa nolazaiko taminao am-bava aho, ary izay nohamafisiko koa tamin'ny solotenan'Andriammatoa Mpitsara manomana ny tari-dalam-pitsarana roa volana lasa izay fa tsy nandray na inona na inona tamin'Andriamatoa Chatelard aho. Tsy namaly vetivety aho satria efa niteny izany im-betsaka ka tsy hitako ny hamerenana izany indray.

Raha ny amin'ny toerana nolazainao ahy dia azafady teneno amin'Andriamatoa Dutel izay mahalala betsaka an'Andriamatoa Gillet ary azonao ilaina amin'ity toe-javatra ity.

Raiso ny famangiana izy tena vokatry ny fo avy amin'ny mpanomponao izay manolo-tena ho anao.

A. Chevrier, aum. du Prado

Ho an'Andriamatoa Gilet ho tombontsoan'Andriamatoa Dufour

551 (501) Ho an'Andriamatoa Gilet ho tombontsoan'Andriamatoa Dufour

22 jolay 1878

Ny abbé Chevrier, Mpiara-dia amin'ny Prado, dia maneho ny hasina feno fanajana ho an'Andriamatoa Gilet ary miangavy azy handry n4andriamatoa Jean Dufour, mipetraka any amin'ny Cité Lafayette 37, izay efa mahalala kely momba ny fanadiovan-damba, ho toy ny mpiasa ao amin'ny toerna fiasana.

Raim-pianakaviana tsara izy izay mila miasa ary mendrika hahazo tombontsoa.

Raiso ny famangiako tena vokatry ny fo.

A. Chevrier

Ho an'i Masera Nouvel ho tombontsoan-dRamatoakely Guillet

552 (499) Ho an’i Masera Nouvel ho tombontsoan-dRamatoakely Guillet

Ho an’i Masera tena hajaina, Maîtresse ao amin’ny Efitra Fiterahana
Any Charité, Lyon

J.M.J. Lyon, faha 4 aogositra 1877

Mangataka ny fiahian’ny Supérieure ao amin’ny Efitrano Fiterahana ao amin’ny Charité ny zazavavy atao hoe Marie Guillet izay hiditra tsy ho ela ao aminy ny abbé Chevrier.

Mampiseho fahavononana hiaina amin’ny fomba kristianina ity olona ity ary manana faniriana tsara hanefa ny adidiny.

Miaraka amin’izany dia miangavy an’I Masera izy handray ny famangiana vokatry ny fo.

A. Chevrier

Ho an’Andriamatoa Mpiara-dia amin’ny Hôtel-Dieu ho tombontsoan’i [Wilhelm Antoni]

553 (500) Ho an’Andriamatoa Mpiara-dia amin’ny Hôtel-Dieu ho tombontsoan’i [Wilhelm Antoni]

11 jiona 1878

Andriamatoa Supérieur hajaina,

Nanome baiko ny tovolahinay iray ato amin’ny sekoly ekleziatikan’ny Prado handro amin’ny rano mangatsiaka ny lehiben’ny hôpitaly.

Tsy azonay atao ny hampanao azy io fitsaboana io ato an-trano. Raha afaka mampanao io fisasana io aty amin’ny hôpitaly ianao dia tena fanampiana lehibe ho anay sy ho an’io tovolahy io ary irinay ny hahita azy mihasalama mba ho tonga pretra tsara any aoriana.

Raiso ny fisaorako sy ny famangiako tena feno fanajana.

A. Chevrier

Ho an-dRamatoa Supérieure-Refuge N.D. de Compassion ho tombontsoan’i Marie Lausdat

554 (502) Ho an-dRamatoa Supérieure-Refuge N.D. de Compassion ho tombontsoan'i Marie Lausdat

J.M.J. Lyon faha 23 aogositra 1878

Ma Révérende Mère

Manana ankizivavy 14 taona izay nanao kômonio voalohany tato amin'ny tranonay ato amin'ny Prado izahay ary mandeha tsara izy, tsy afaka manao na inona na inona ho azy ny reniny ; tsy afaka mijanona no aiza na aiza izy, manomboka mianjera ao anaty hafetsifetsena izy, ary raha tsy voasintona izy dia ho lasa olona ratsy. Marie Lausdat no anarany, mipetraka ao amin'ny rue Thomassin 97, rihana faharoa. Miangavy mba raiso ao amin'ny tranonao izy, angamba ho voavonjinao izy ary hanao asasoa tsara ianareo.

Hivavaka amin'Andriamanitra aho mba hankasitrahanao ny fangatahako ary ho mpanomponao sy ho pretranao manana fanajana lalina anao, ilay mpanolo-tena ho anao.

A. Chevrier
aum. du Prado

Ho an-dRamatoakely Chagny ho tombontsoan-dRamatoakely Bealun

555 (488) Ho an-dRamatoakely Chagny ho tombontsoan-dRamatoakely Bealun

Ramatoakely du Chagny, rue Saint Joseph, 38, Lyon

J.M.J. 9 aogositra

Ramatoakely,

Misy olona tao hoe Antoinette Bealun mangataka taratasy fiangaviana mba hiseho aminao mba hahazo fanampiana.

Tsy fantatro io olona io. Tsy nahita azy afa-tsy indroa na intelo aho tao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny na tany am-piangonana.

Raha mety hilaina ny fiantranao dia tsy manohitra mihitsy aho, mifanohitra amin'izany, tsy misy azoko atao afa-tsy ny mampanantena fiantrana ho an'ity olona toa tena fadiranovana ity.

A. Chevrier

Ho an'Andriamatoa Perisse ho tombontsoan'[Andriamatoa Lati]

556 (502 bis) Ho an'Andriamatoa Perisse ho tombontsoan'[Andriamatoa Lati]

J.M.J.

Voninahitra ho an'ny abbé Chevrier ny mangataka fikolokoloana feno fitiavana an'Andriamatoa Perisse, ilay lehilahy mahery fo izay tsy manana toerana ka afaka manao tsara asa ilana fitokisana any amin'ny magazay na toerana fiasana.

Kristianina tsara io lehilahy io ary tena mendrika tombontsoa.

Raiso ny famangina feno fanajana avy amin'ny mpanomponao tsy mendrika ao amin'ny Jesoa Kristy Tompontsika.

A. Chevrier,
Ao amin'ny Prado, Guillotière

M. Lati, rue de Marseille, 26.

Ho an'Andriamatoa Curé … ho tombontsoan-dRamatoa Caillat

557 (518) Ho an'Andriamatoa Curé … ho tombontsoan-dRamatoa Caillat

Andriamatoa Curé,

Miantso vonjy amin'ny fitiavanao mamalifaly mba ho an'ny vehivavy iray mahantra, mpivavaka ato amiko izay vao avy namoy ny vadiny ary maniry hahalala filazalazana vitsivitsy momba ny lova kely izay mety ho azy ny tenako.

Vao maty i Jean Caillot, zanak'i André sy Berthe Plautard, vady fahatelon'Barbe Ofenhaüser. Ny fifanaraham-panambadiana tamin'ireto mpivady voalaza etsy ambony ireto dia milaza fa mifanome ny fananany izy ireo amin'izay velona farany. Noho izany, Ramatoa vady navelan'i Tompokolahy Caillat dia te-hahalala raha manana tany vitsivitsy any Saint Sylvestre marina ny vadiny, ary manana tombam-bidy marina ihany koa ary raha afaka manao ny fiangaviana izy mba hahatomombana ny fananana.

Teo am-pahafatesana dia namela trosa vitsivitsy ity lehilahy ity ary mafy taminy ny ho voatery …

Ho an'Andriamatoa Préfet ho tombontsoan'ny asasoan'ny Prado

558 (520) Ho an’Andriamatoa Préfet ho tombontsoan’ny asasoan’ny Prado

Andriamatoa Préfet,

Voninahitra ho ahy abbé Chevrier, Talen’ny Providence Prado any Guillotière, rue Chabrol 55, sy rue Dumoulin 14, no mamelebelatra fa ny tarehimariky ny hetra dia tafakatra 265 francs ary mangataka ny fanalefahana io tarehimarika io izy noho ny antony manaraka ireto.

[Voninahitra ho azy] ny mangataka ny fiheverana am-pitiavana ny hetra eo amin’ny asasoan’ny Prado, mba hahazo fihenana amin’ny hetra izay mampandany ity Provid …

Ny tanjon’ny asasoan’ny Prado dia ny hanomanana ny kômonio vaolohan’ny ankizy mahantra sy be taona izay tsy afaka manao izany any amin’ny fiangonany noho ny taonany, noho ny fahadisoany na ny tsy fahaizany, misy an-jatony foana ny amin’izy ireo …

Tsy mandoa solon-tsakafo mihitsy izy ireo satria mahantra avokoa izy rehetra na avy amin’ny fianakaviana mahantra indrindra eto an-tanana. Tsy manana afa-tsy ny fiantran’ny fanjakana izahay hametrahana azy, hamelomana azy ary hanafiana azy amin’ny fotoana rehetra ijanonany ao an-trano.

Tsy miasa ireo ankizy ireo satria miomana amin’ny kômonio voalohany fotsiny ny maha ao azy ary noho izany tsy manonitra na inona na inona amin’ny asasoa.

Arak’izany tsy manana afa-tsy izay tena ilaina izahay ho an’ny trano amin’ny fampiantranoana ary ny tokotany ho an’ny fakan-drivotra, tsy misy zaridaina mihitsy.

Miankina amin’ny vola miditra … ny hetra. Nefa io vola miditra io tsy misy satria voatery mamelona, mampitafy sy manadio ireo mpanofa trano kely mahantra ireo rehefa tsy mandoa ny solon-tsakafo izy ireo. Andriamatoa Ben’ny Tanana miara-miasa amin’ny biraon’ny fanaovana asasoa, rehefa nahita ny ilana ity trano ity dia mamatsy mofo maromaro ho an’ny ankizinay isam-bolana, ary manome vola 700 francs anay isan-taona ny tanana. Manana lasapely iray misokatra ho an’ny olona rehetra izahay ao anatin’ny tranon’ny Prado izay mety tsy ampandoavina hetra.

Noho izany antony rehetra izany dia avy hiangavy an’Andriamatoa Préfet aho mba hanome fanalefahana eo amin’ny hetranay izay mamesatra ity trano ity, ary manantena izahay fa hanaiky amim-pankasitrahana ny fahatongavanay ianao.

Voninahitra ho ahy ny …

Indro ampiarahiko amin’ity taratasy ity ny rosian’ity telo volana ity.

Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana ho tombontsoan'Andriamatoa Drevon

559 (480) Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana ho tombontsoan'Andriamatoa Drevon

Andriamatoa,

Voninahitra ho an'ny vadin'i Drevon, mpanjaitra, monina any Lyon (Rhône) fokontanin'i La Guillotière, rue passet 54, ny mamelabelatra etoana fa ny vadiny, "Brigadier d'octroi" taloha tao amin'ny La Guillotière dia voaheloka an-tranomaizina herin-taona araka ny didin'ny Amperoran'ny Lyon, tamin'ny fakana an-tsokosoko ny rosia manome alalana mpitondra entana hivoaka ny tanana tamin'ny 22 desambra lasa teo.

Tao amin'ny ambaratonga voalohany ary araka ny fitsaran'ny fitsarana… sns… Drevon vadiny dia niresaka tamin'ny Emperora Andriamanjakan'i Fr … mba hiangavy azy hanome tombontsoa ho azy amin'ny alalan'ny famindrampony sy hanafaka azy amin'ny sazy mahafa-baraka izay mihatra taminy hatramin'ny fotoana vitsivitsy. Tonga ihany koa aho … Miantefa any amin'ny tompokolahy hajaina ny vadiny mba hangataka azy hanohana ny fangatahany any amin'Andriamanjaka ary hametraka aty raim-pianakaviana mahantra voatana any am-ponja ary ao an-tranony dia fandaozana ao anatin'ny alahelo lehibe ka ny mangidy indrindra dia ny vady fadiranovana, ny zanaka kely telo … ary reny 84 taona izay izy avokoa no hany tokana mpiahy azy ireo.

Raha manome toky ahy ny fiarovanao eo anatrehan'Andriamanjaka ianao dia tsy miahiahy aho hoe tsy hoekena ny famelan-keloka ho an'ny vadiko ka hamerina rain-janaka amin'ny renin-janany ianao, hamerina amin-reniny ny zanany, hamerina amin-janany ny rainy ka hameno fahasambarana ho anay ianao, ary hitahiry fankasitrahana mandrakizay ao anatin'ny fonay izahay.

Androany dia ny vadiny no tonga miantoraka eo an-tongotry ny Fahalehibeazanao hangataka fiarovana sy fanohanana eo anatrehan'Andriamanjaka ary mitalaho aminy hanalalana ho tombontsoan'ny raim-pianakaviana mahantra iray voatana any am-ponja ary mamela any an-tranony ao anaty alahelo lehibe sy ao anaty fahoriana tsy hay lazaina renin-janaka iray, zaza telo … iray ary reny antitra 84 taona iray izay izy avokoa … sy mpanohana azy ireo.

Tsy miahiahy aho fa …

Ho an’i Masina Maria Virjiny

560 (479) Ho an’i Masina Maria Virjiny

Masina Maria Virjiny,

Mpampionona ny ory sy mpamonjy ny mahantra rehetra, apetrako aminao ity fanahy mahantra ity mba hojerenao amin’ny maso feno famindrampo sy fangorahana. Sitrano ny fanahiny sy ny fony ary levony ny fakam-panahin’ny fanahy ratsy izay manafika azy ary ampitoero ao anatin’ny fanahiny ny fitoniana, ny fitsaharana sy ny fitiavan’i Jesoa Zanakao Masina.

Mangataka izany amim-pitiavana izay anananao aho noho ny fanahy rehetra voaavotran’i Jesoa Zanakao Lahy Masina.

Ny mpanomponao tsy mendrika sy Pretran’i Jesoa Kristy.

A. Ch.